

Malagasy, Tsimihety: Bible for 1 Corinthians, 1 John, 1 Peter, 1
Thessalonians, 1 Timothy, 2 Corinthians, 2 John, 2 Peter, 2 Thessalonians, 2
Timothy, 3 John, Acts, Colossians, Ephesians, Galatians, Hebrews, James,
John, Jude, Luke, Mark, Matthew, Philemon, Philippians, Revelation,
Romans, Titus

Formatted for Translators

©2022 Wycliffe Associates

Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at <https://unfoldingword.bible/ult/>.

The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at <https://unfoldingword.bible/utn>.

The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit <http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/>

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.

You are free to:

- Share — copy and redistribute the material in any medium or format.
- Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.

Under the following conditions:

- Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at <https://BibleInEveryLanguage.org>." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
- ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original.
- No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:

You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.

No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Matthew

Chapter 1

¹Ny Bokin'gny razan'i Jesosy Kristy zanak'i Davida zanak'i Abrahama. ²Abrahama no iadan'Isaka, ary Isaka no iadan'i Jakoba, aveo Jakoba no iadan'i Joda ndraiky reo rahalahiginy. ³Joda no iadan'i Fareza ndraiky Zara tamin'i Tamara, Fareza no iadan'i Herzona, ary Herzona no iadan'i Rama. ⁴Rama no iadan'i Aminadaba, ary Aminadaba no iadan'i Nasona, avakeo Nasona no iadan'i Salmona. Salmona no iadan'i Boaza tamin'ny ⁵Rahaba, Boaza no iadan'i Obeda tamin'i Rota, Obeda no iadan'i Jese. ⁶Ary Jese no iadan'i Davida mpanjaka, Davida no iadan'i Solomona tamin'ny alalan'ny vadin'i Oria. ⁷Solomona no iadan'i Rehoboama, Rehoboama no iadan'i Abia, aveo Abia no iadan'i Asa. ⁸Asa no iadan'i Jaosafata, ary Jaosafata no iadan'i Jorama, ary Jorama no razan'i Ozia. ¹²Tafaran'ny fandroahagna ho akagny Babylona, dia Jekonia no iadan'i Sealtiel, ary Sealtiel no razan'i Zerobabela. ¹³Zerobabela no iadan'i Abihoda, Abihoda no iadan'i Eliakima, aveo Eliakima no iadan'i Azora. ¹⁴Azora no iadan'i Zadoka, Zadoka no iadan'i Akima, avakeo Akima no iadan'i Elihoda. ¹⁵Elihoda no iadan'i Eliazara, Eliazara no iadan'i Matana, avakeo Matana no iadan'i Jakoba. ¹⁶Jakoba no iadan'i Josefa zay vadin'i Maria, lehy nitairaka Jesôsy, zay antsôvigny Kristy. ¹⁷Ny taminga jiaby manomboka amin'i Abrahama zisiky amin'i Davida dia taminga aifatra ambin'ny fôlo, manomboka amin'i Davida zisiky amin'ny fandroahagna ho akagny Babylona dia aifatra ambin'ny fôlo, ary manomboka amin'ny fandroahagna ho akagny Babylona zisiky amin'i kristy dia taminga aifatra ambin'ny fôlo. ¹⁸Karaha zao no nitrangan'ny fahaterahan'i Jesôsy Kristy. Nininy, Maria, afa nataokagna hanambady Josefa, fao talaohany niarahan-jareo, hita fao bibôko izy avy tamin'ny Fagnahy Masigny. ¹⁹Josefa vadiny, lalahy marigny, salakady tsy te-hangala baraka azy ampahibemaso. Kay nanapa-kevitry izy ny hagnambaila mangingiginy ny fagnikiagna taminazy. ²²Zany jiaby zany niboaka mbô hahatô zay nivolagnin'ny Tompo tamin'ny alalan'i lehy mpagnazary, magnanjao: ²³"Tô, ny virijiny ho bibôko kay hitairaka zaza lalahy, aveo zareo hagnantso agnarany ho Imanoela" _ Zay midika: "Amintsika Zagnahary." ²⁴Nonjogno tamin'ny tôromasony Josefa avakeo nitsabo taokagna zay nagnirahan'ny anjelin'ny Tompo azy aveo nagala azy ho vadiny. ²⁵Fao tsy niray taminazy izy mandrapitairaka zaza lalahy. Ary nantsôvigny Jesôsy agnarany.

Chapter 2

¹Tafaran'ny nahatirahan'i Jesôsy tao Betlehemana i Jodia tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, tonga tao Jerosalema reo lalahy manam-pahaizagna avy akagny antignianagna nivaolagna:² "Aiza Izy zay tairaka ho Mpanjakan'i Jiosy? Nahita lakintagna avy agny antignianagna zahay aveo havy mbô hidaira Azy."³ Koafa naharegny zany Heroda mpanjaka, nangôrohôro izy, ndraiky Jerosalema jiaby niaraka taminazy.⁷ Avakeo nagnantso mangingiginy reo lalahy manam-pahaizagna i Heroda mbô hagnontany zareo mazava tsara ny fotoagna niboahan'lehy lakintagna. ⁸Nalaifany tagny Betlehema zareo, magnanjao: "Mandihiana aveo agnintania tsara ny amin'lehy zaza. Koafa hitanareo Izy, dia ambara zaho, mbô afahako mandaiha agny koa kay hidaira Azy."⁹Tafaran'ny narignaisan-jareo ny mpanjaka, dia nandaiha tamin'ny lâlany zareo, avakeo ny lakintagna zay hitan-jareo tagny antignianagna no nandaiha alaohaka zareo mandra-pijanonany teo agnambonin'ny toairagna nisy lehy zaza.¹⁰ Koafa nahita lakintagna zareo, dia niravo tamin-karavoagna gaida.¹¹Nitsôfotro tao amin'lehy tragno zareo aveo nahita ny zaza niaraka tamin'i Maria nininy. Niankaohaka ndraiky nidaira Azy zareo. Nanaokatra ny fipitranan-kariagna zareo nanôlotro fagnomaizagna volamena, ditin-kakazo mangitry, avakeo miora Aminazy. ¹² Nampitandrigny zareo tamin'ny nôfy Zagnahary mbô tsy himpôdy agny amin'i Heroda, kay lâlagna hafa no nandihianan-jareo namonjy ny firenenany avy.¹⁶Avakeo Heroda, koafa nahita fao voafitaka reo lalahy manampahaizagna, dia vingitry mafy. Nagniraka ndraiky nampamono ny zaza lalahy jiaby aroa tagno mijôtso zay tao Bethlehema ndraiky tao amin'ny faritry jiaby igny izy, araka ny fotoagna zay nagnadihadiany mazava tamin'ny reo lalahy manam-pahaizagna.¹⁷Aveo dia tanteraka ny vaolagna zay nambara tamin'ny alalan'i Jeremia mpagnazary magnanjao: ¹⁸"Nisy feo regny tao Rama, fitomagniana ndraiky fisaonagna gaida, mitomoagny nohon'ny amin'ny zanany i Rahely, ary tsy nangeky ny hampanginigny izy, satria afa maty zareo."

Chapter 3

¹Tamin'izany andro zany dia nandaiha nitôry tagny antanimatin'ny Jodia Jaona mapagnano Batisa magnanjao:

²"Mibaihaba, fao afa marikitry ny fanjakan'ny langitry." ³Fao izy no lehy nivolagnin'Isaia mpagnazary, magnanjao:

"Misy feo araiky magnantso mafy akagny antanimaty magnanjao: 'Tsaboy ny lalan'ny Tompo, ahitsio ny lâlagna nazy.'"

⁷Fao kofa nahita reo Fariseo ndraiky Sadoseo maro nagnatogno azy mbô ho tsabogny batisa izy, dia hoizy izy tamin-jareo: "Oa tamingan'ny biby lava feno poizigny, zôvy nampitandrigny areo hilaifa fahatizairagna zay hoavy?"

⁸Mamoaza voa magnaiva ny fibaibahagna ⁹Aveo aza mieritreritry ny hivaolagna am-pô magnanjao:

'Managna Abrahama ho iadanay zahay.' Fa amabarako areo fao Zagnahary dia mahavita manangagna zanaka ho an'i Abrahama na dia avy amin'ireto vato reto aby.

Chapter 4

¹Avakeo Jesôsy nitarihin'ny Fagnahy handaiha akagny antanimaty mbô halain'ny devoly fagnahy. ²Koafa avy nifady hanigny aifapôlo andro ndraiky aifapôlo haligny Izy dia tihinagna. ³Nagnatogno ny mpangala fagnahy kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Raha Zanaka Zagnahary Anao, volagno biaka hanjary môfo reto vato reto." ⁴Fao Jesôsy namaly kay nagnanjao taminazy: "Voasaoratra nagnanjao: 'Tsy ny môfo faogna no hivilaoman'ôlogno fao zay vaolagna jiaby koragnin'ny vavan-Jagnahary.'" ⁵Avakeo ny devoly ninday Azy tagny amin'ny tanàgna masigny kay nampidôko azy teo amin'ny faran'ny agnambon'ny tempoly, ⁶aveo nivaolagna Taminazy nagnanjao: "Koa Zanaka Zagnahary Anao, mitandatsaha akagny ambany akagny, fao voasaoratra nagnanjao: 'Izy hibeko reo anjeliny hiaro Anao' avakeo 'hanandratra Anao amin'ny tagnany zareo, kay tsy ho tafintôhigny amin'ny vato ny hongotroa.'" ⁷Jesôsy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Mbôla voasaoratra faogna: 'Tsy tôkony hitsapa ny Tompo Zagnaharinao anao.'" ⁸Nindessin'ny devoly handaiha amin'ny toeragna taigina ambo Izy avakeo nagnaboaka Azy ny fanjakagna jiaby magnairan-tany ndraiky ny hatsaragnan-jareo. ⁹Nivaolagna izy Taminazy: "Reo jiaby reo hamiako Anao, koa miankaohaka aketo agnatraihako aveo midaira zaho Anao." ¹⁰Avakeo Jesôsy nivaolagna taminazy: "Mialà aketo anao, ry Satana! Fao afa voasaoratra: 'Anao hidaira ny Tompo Zagnaharinao, aveo izy araiky faogna no tompoinao.'" ¹¹Avakeo niala Azy ny devoly, ary tô, nisy anjely avy kay nanompo Azy. ¹²Ary koafa regnin'i Jesôsy fao voasambotro Jaona, dia nimpôdy nandaiha Galilia Izy. ¹³Niala Nazareta Izy kay nadaiha avakeo nitoby tao Kapernomy, zay akeo amôron-dranomasin'ny Galilia, ao amin'ny zaratanin'i Zebolana ndraiky Naftaly. ¹⁴Zany no nitranga mbô hahatantairaka zay nikoragnin'Isaia mpagnazary nagnanjao: ¹⁵"Ny tanagnan'i Zebolana ndraiky ny tanagnan'i Naftaly, magnagny amin'ny ranomasigny, akagny ampitan'i Jordana, Galilian'reo Jentilisa!" ¹⁶Reo ôlogno nibidôko tamin'ny mahizigny dia nahita fahazavagna gaida, aveo reo zay nibidôko tamin'ny faritry ndraiky ny aloky ny fahafataisagna, dia taminjareo no nipoahan'ny fahazavagna. ¹⁷Ary tamin'ny zany fotoagna zany Jesôsy dia nanomboka nitory vaolagna ndraiky nivaolagna nagnanjao: "Mibaibaha, fao afa marikitry ny fanjakan'ny langitry." ¹⁸Koafa nandaiha tegny amin'ny sisin'ny ranomasin'i Galilia Izy, dia nahita mpirahalalahy aroa, Simona zay antsôvigny hoe Petera, avakeo Andrea rahalahiny, nanopy ny haratony tegny amin'ny ranomasigny, fao mpagnarato zareo. ¹⁹Nivaolagna Jesôsy tamin-jareo: "Alôhy, hagnaraka Zaho, fao hatako mpagnarato ôlogno areo." ²⁰Samby teo faogna dia niala reo harato zareo kay nagnaraka Azy.

Chapter 5

¹Koafa nahita reo vahoaka Jesôsy, nakatra tan-tampon-tanety. Koafa nantotry Izy, dia nagnatogno Azy reo mpianany. ²Nanaokatra vavany Izy aveo nampianatra zareo, magnanjao: ³"Sambatra ny mijaly am-pagnahy, fao nihinjareo ny fanjakan'ny langitry. ⁴Sambatra reo misaona, fa hampiononigny zareo." ¹¹Sambatra areo raha magniratsira areo salakady magnenjiky areo ny ôlogno, avakeo mivaolagna karazagna vandy ratsy jiaby hanohitry areo nohon'ny Aminaha. ¹²Mifalià sady miravoravoa, fao gaida ny valisoanareo akagny an-dangitry. Fao karaha zany ny fomba nagninjaihan'ny ôlogno reo mpagnazary zay niaigny talaohanareo. ¹³Areo no siran'ny tany. Fao koa sira manjary matsatso, amin'ny fomba akôry no hankamasigny zany indraiky? Tsy ho tsara na amin'ino na amin'ino eky zany fao hariagna salakady ho diavin'ny hongotr'ôlogno. ¹⁴Areo no fahazavan'ny izao tontolo izao. Ny tanàgna mijodigny eo amin'ny dôngogno dia tsy azo havôny eky. ¹⁷Aza mieritreritry hoe avy handrava lalàgna na reo mpagnazary Zaho. Tsy avy hamotiky reo Zaho, fao hagnatantairaka zareo. ¹⁸Fa volagniky marigny aminareo fao mandra-pahalevon'ny langitry ndraiky tany, dia tsy ho foagna amin'ny lalàgna na dia litera araiky aveo tendrin-tsaoratra araiky aby, mandra-pahatantairaka raha jiaby. ¹⁹Noho zany na zôvy na zôvy mandika na dia ny taigina hely amin'ny reo didy reo salakady mampianatra ny hafa anao tôtro zany dia ho antsôvigny hoe taigina hely ao amin'ny fanjakan'ny langitry. Fao na zôvy na zôvy mankatô salakady mampianatra reo dia ho antsôvigny hoe gaida ao amin'ny fanjakan'ny langitry. ²⁰Fa volagniky aminareo fao raha tsy mihoatra nohon'ny mpanaotra lalàgna ndraiky fariseo ny fahamarignanareo, dia tsy hiditry ao amin'ny fanjakan'ny langitry velively areo. ²¹Afa regninareo fao voavalagna tamin-jareo fahigny magnanjao: 'Aza mamono ôlogno,' aveo 'Na zôvy na zôvy mamono ôlogno dia ho helohigny agny amin'ny fitsaragna.' ²²Fa volagniky aminareo fao zay jiaby vingitry amin'ny rahalahiny dia magnaiva ho helohigny agny amin'ny fitsaragna; avakeo na zôvy na zôvy mivaolagna rahalahiny magnanjao: 'Anao ôlom-poagna!' dia ho helohigny agny amin'ny filan-kevity; ary na zôvy na zôvy mivaolagna: 'Laifaka anao!' dia magnaiva ho agny amin'ny matsabôry mirehitry môtro. ²³Noho zany raha manôlotro fagnatitry eo amin'ny alitara anao kay tsaroanao teo fao managna alahelo aminao ny rahalahinao, ²⁴dia ambilao eo agnoloan'ny alitara ny fagnatitria, kay mandihiana araho ny lalagnào. Mihavàgna alaoha amin'ny rahalahinao, avakeo mimpodiana dia atolôry ny fagnatitria. ²⁷Afa regninareo fao voavaolagna: 'Aza mijangajanga.' ²⁸Kanaifa volagniky aminareo fao zay jiaby mizaha vaiavy kay magniry azy dia afa nijangajanga tao am-pôny edy. ²⁹Raha magnafintôhigny anao ny masonao ankahery, dia alào zany aveo alifaso lavitry anao. Fao taigina tsara aminao raha ny ilany araiky amin'ny hainginao no tôkony ho aratigny fao tsy ny hainginao jiaby no atopy akagny amin'ny helo. ³⁰Raha magnafintôhigny anao ny tagnagnao ankahery, dia tapaho avakeo alifaso lavitry hiala aminao. Fao taigina tsara aminao raha ny hilany araiky amin'ny hainginao no tôkony ho very fao tsy hainginao jiaby no atopy agny amin'ny helo. ³¹Avakeo afa voavaolagna faogna koa: 'Na zôvy na zôvy misaraka amin'ny vadiny, dia aoka izy hagnamia azy taratasy fisaraham-panambadiagna.' ³²Fao Zaho koa mivaolagna aminareo fao zay jiaby misaraka amin'ny vadiny, koa tsy nohon'ny fijangajangagna, dia mampijangajanga azy. Na zôvy na zôvy manambady azy afaran'ny fisarahany dia mijangajanga. ³⁸Regninareo fao voavaolagna: 'Maso solon'ny maso, avakeo nify solon'ny nify.' ³⁹Fao Zaho koa mivaolagna aminareo, aza manohitry zay ratsy. Fao, na zôvy na zôvy mamely takaolakào ankahery dia atolôry azy koa ny ilany. ⁴³Afa regninareo fao voavaolagna: 'Tsy maintsy mankatia ny mpiara-belogno aminao anao avakeo malaigny fahavalonao.' ⁴⁴Fao volagniky aminareo, tiavo ny fahavalonareo aveo mivavaha ho an'ny zay magnenjiky areo, [Fagnamarihagna: Ny fomba fivolagnagna talaoha bahery tsara dia manaoatra ny: ""Misaora reo zay magnôzogno areo, magnanaova tsara amin'ny reo zay malaigny areo.""] ⁴⁵biaka ho tonga zanaky ny Iadanareo zay akagny an-dangitry areo. Fao Izy dia mampazava masaovany amin'ny ratsy ndraiky tsara, aveo mandatsaka mahalegny amin'ny marigny ndraiky ny tsy marigny. ⁴⁶Fao raha reo zay tia areo faogna ankatiavinareo, ino no valisoa azonareo? Moa na dia ny mpamôry haitra aby tsy mbô magnano karaha zany koa? ⁴⁷Raha ny rahalahinareo zeraiky faogna no arahabainareo, ino no mbô tsabonareo mihoatra ny hafa? Moa na dia ny Jentilisa aby tsy mbô mitsabo tôtro zany koa? ⁴⁸Noho zany dia tsy maintsy tantairaka areo, karaha ny fahatantirahan'ny Iadanareo zay akagny an-dangitry.

Chapter 6

¹Mitandraima mbô tsy hitsabo ny asan'ny fahamarignanareo eo agnatraihan'ny ôlogno areo biaka ho hitan-jareo, fao raha tsy zany dia tsy hahazo ny valisoa avy amin'ny Iadanareo zay akagny an-dangitry. ²Noho zany koafa magnano fihantragna areo, dia aza mitsotro trompetra mitariky ny hafa tôtro ny tsabon'ny mpiatsara velatsihy agny amin'ny synagoga ndraiky egny amin'ny lâlagna, biaka hahazo ny fidairan'ny ôlogno zareo. Volagniky marigny aminareo, fao zareo dia afa nahazo ny valisoany.⁵Koafa mivavaka areo, aza mitsabo karaha ny mpiatsaravelatsihy, fao zareo tia mitsangagna sady mivavaka eo amin'ny synagoga ndraiky amôron-dalagna, biaka ho hitan'ny ôlogno. Volagniky marigny aminareo, fao zareo dia afa nahazo ny valisoany. ⁶Fao areo, koafa mivavaka, mitsofaora ao amin'ny efi-tragnonareo. Hidio ny varavaragna, dia mivavaha amin'ny Iadanareo zay ao amin'ny mangingigny. Avakeo ny Iadanareo zay mahita ao amin'ny mangingigny no hamaly tsara areo. ⁷Koafa mivavaka areo, aza mivaolagna maro tsisy ilâgna azy karaha ny tsabon'ny Jentilisa, ny amin'ny fihevairagna fao ho regny zareo nohon'ny vaolagna maro zay tsabony.⁸Noho zany, aza mitsabo tôtro zareo, fao Iadanareo dia afa mahay reo raha zay ilainareo alaohan'ny angatahanareo Aminazy. ⁹Noho zany mivavaha karaha zao: 'Iadanay akagny an-dangitry, hoamasignigny ny agnaragnao. ¹⁰Ho tonga ny fanjakanao. Hitsabogny ny sitrapônao aketo antany tôtro ny akagny an-dangitry.¹¹Amaizo zahay niany ny hanigny hampy zahay. ¹²Avotsôro ny helokoay, karaha ny namotsaoranay zay meloko taminay. ¹³Aveo aza minday zahay amin'ny fakam-pagnahy, fao afaho zahay amin'ny ratsy.'[Fagnamarihagna: Ny fomba fivolagnagna talaoha bahery tsara dia mangala: "Fa Anao ny fanjakagna ndraiky angôvo avakeo ny vonginahitry bariky dintany. Amena."]¹⁴Fao raha mamôtsofro ny hadisoan'ôlogno areo, dia hamôtsofro areo faogna koa ny Iadanareo zay akagny an-dangitry.¹⁵Fao koa tsy mamôtsofro ny hadisoan-jareo areo, dia tsy hamôtsofro ny hadisoagnanareo velively ny Iadanareo.¹⁹Aza mikajy hariagnanareo aketo an-tany, zay aratin'ny kalalao salakady horifesigny, avakeo hidiran'ny reo mpangalatra an-keriny kay hangalatra. ²⁰Fao ndraiky, akajio ny hariagnanareo akagny an-dangitry, zay tsy ho aratin'ny kalalao salakady tsy horifesigny, aveo tsy hidiran'ny reo mpangalatra an-keriny kay hangalatra.²¹Fao zay misy ny hariagnanao, no idaohan'ny fônao faogna koa.²²Ny maso no jiron'ny vatagna. Noho zany, raha tsara masonao, dia ho feno fahazavagna ny haigny jiaby.²³Fao koa ratsy ny masonao, dia ho feno hizigny ny haiginao jiaby. Noho zany, raha mahizigny ny fahazavagna zay agnatinao amin'ny zao, magnankôry ny hagidasan'ny zany hizigny zany! ²⁴Tsisy afaka hanompo tompo aroa, fao halaigny ny araiky izy avakeo hankatia ny araiky, koa tsy zany hanolo-taigna ho an'ny araiky ka halaigny ny araiky hafa. Anao dia tsy afaka hanompo Zagnahary ndraiky hariagna.³²Fao reo Jentilisa mitady reo raha reo, avakeo ny Iadanareo zay akagny an-dangitry dia mahay fao mila reo areo.³³Fao tadiavo alaoha ny fanjakany ndraiky fahamarignany dia hamiany areo reo raha reo. ³⁴Noho zany, aza miahiahy ny amaraigny, fao ny amaraigny hagnahy ny azy. Ampy ho an'ny andro tsiarairaiky ny ratsy ao aminazy.

Chapter 7

¹Aza mitsara, dia tsy ho tsaraigny areo. ²Fao amin'ny fitsaragna atanareo, no hitsaragna areo, avakeo amin'ny aohatra agnohoaranareo, no hagnoharagna areo. ³Nagnino anao mizaha singam-milôlo hely zay agnaty mason'ny rahalahinao, kanaifa tsy hitanao ny andry agnaty masonao? ⁴Akôry no hivolagnanao rahalahinao hoe: 'Ambilao zaho hangala ny singa-milôlo zay ao agnaty masonao,' koa mbôla ao agnaty masonao lehy andry? ⁵Ry mpiatsaravelatsihy? Alào alaoha ny andry zay ao agnaty masonao, avakeo anao hahita tsara koafa mangala ny singa-molôlo zay eo amin'ny mason'ny rahalahinao. ⁷Mangataha, dia amiagna areo. Mitadiava, dia hahita areo. Konkogno, fao hisaokatra aminareo zany. ⁸Fao zay jiaby mangataka, dia mahazo; reo jiaby zay mitady, dia mahita; avakeo ho an'ny ôlogno magnonkôgno, dia hisokoafigny. ⁹Sa zôvy aminareo, koa angatahan'ny zanany môfo, no hagnamia vato azy? ¹⁰Na koa nangatahiny lako, kay hagnamia bibilava azy? ¹¹Noho zany, raha areo zay ratsy aby mahay magnamia reo fagnomaizagna zay tsara amin-janakareo, moa tsy gaida mihoatra ny raha tsara amian'ny ladanareo zay akagny an-dangitry amin'ny reo zay mangataka Aminazy? ¹²Noho zany, na ino na ino raha tianareo ho tsabon'ôlogno amin'ny haigninareo, dia tôkony hitsabo tôrotrô zany amin-jareo faogna koa areo, fao zany no làlagna ndraiky reo mpagnazary. ¹³Mitsofaora amin'ny varavaragna mahety. Fao goalahy ny varavaragna aveo malalaka ny làlagna mitondra akagny amin'ny fahaviraizagna, avakeo maro reo ôlogno zay mandaiha amin'ny zany. ¹⁴Fao mahety ny varavaragna avakeo sarotro ny làlagna zay mitariky mandaiha amin'ny fiainagna, aveo vitsy reo zay mahita zany. ¹⁵Mitandraima amin-jareo mpagnazary sandoko, zay magnatogno areo amin'ny fitafiagnan'ondry kanaifa amboadia taigna mpangôrognô. ¹⁶Amin'ny alalan'ny voany no hahaizanareo zareo. Misangotro voaloboko amin'ny fatsiky moa ny ôlogno, na koa aviavy amin'ny egny raokadraokaka? ¹⁷Mitôvy amin'ny zany, ny kakazo tsara jiaby dia mamoa voa tsara, fao ny kakazo ratsy dia mamoa voa ratsy. ¹⁸Ny kakazo tsara tsy afaka hamoa voa ratsy, na koa kakazo ratsy tsy afaka mamoa voa tsara. ¹⁹Ny kakazo jiaby zay tsy mamoa voa tsara dia kapaiginy avakeo hatopy akagny agnaty môtro. ²⁰Kay noho zany, ho hainareo zareo amin'ny alalan'ny voany.

Chapter 8

¹Koafa nijôtso avy egny an-tanety Jesôsy, dia vahoaka maro no nagnaraka Azy. ²Tô, nisy boka araiky nagnatogno Azy avakeo nivaolagna t'agnatraihany, nagnanjao: "Tompo, koa sitrakão, dia afaka magnadío zaho Anao. ³"Nagnainjagna tagnany Jesôsy aveo nikasiky azy, nagnanjao: "Sitrako. Mahadiova anao." Samby te dia nadio tamin'ny fahabokagnany izy. ¹⁴Koafa niditry t'an-tragnon'i Petera Jesôsy, dia nahita rafaozam-bavin'i Petera nandry nararan'ny tazo Izy. ¹⁵Nikasihany Jesôsy ny tagnany, avakeo niala taminazy ny tazo. Dia nitsangagna izy aveo nanomboka nagnamia hanigny Azy. ¹⁶Koafa tonga ny haligny, dia maro reo nifiheziny masantôko nindessin'ôlogno tamin'i Jesôsy. Nandroaka reo fagnahy tamin'ny vaolagna Izy aveo nampahivagna reo jiaby zay narary. ¹⁷Karaha zany no nahatantairaka zay nambara tamin'Isaia mpagnazary, nagnanjao: "Izy haigniny nangala ny faharatsiantsika ndraiky nitondra reo aretintsika." ²³Koafa niditry t'agnaty lakagna araiky Jesôsy, dia nagnaraka Azy t'agnatiny reo mpianany. ²⁴Tô, nisy valolan-drivotro mafy niboaka t'amin'ny ranomasigny, kay feno rano ny lakagna. Fao tafandry Jesôsy. ²⁵Nandaiha Aminazy reo mpianatra aveo nagnonjogno Azy, nagnanjao: "Vonjeo atsika, Tompo; hifoaty atsika!" ²⁶Nivaolagna Jesôsy tamin-jareo: "Nagnino areo ambory, ry hely finoagna?" Dia nitsangagna Izy avy te aveo nivaolagna mafy rivotro ndraiky ranomasigny. Dia nijanogno avy te. ²⁷Gaga reo lalahy aveo nivaolagna: "Fao karazagna lalahy ino tô, fao na dia ny rivotro ndraiky ranomasigny aby magneky Azy?" ²⁸Koafa homby t'andafirô ndraiky t'amin'ny tanàgnan'ny Gadarenesa Jesôsy, dia nisy lalahy aroa zay hazon'ny masantôko fanôjy Taminazy. Zareo dia niboaka avy agny amin'ny reo fasagna avakeo tagna nahery saitra, noho zany dia tsisy mpandaiha afaka nandalo zany làlagna zany. ²⁹Tô, nangaiky mafy zareo avakeo nagnanjao: "Moa mpifagnino zahay ndraiky Anao, ry Zanaka Zagnahary? Avy aketo moa Anao hampihorohoro zahay alaohan'ny fotoagna voataokagna?" ³⁰Aveo nisy andian-kisoa maro nihinagna teo, tsy dia lavitry zareo. ³¹Mbôla nangavigny Jesôsy faogna reo masantôko avakeo nagnanjao: "Raha mandroaka zahay Anao, dia alifaso agnatin'ny reo andian-kisoa reo zahay." ³²Nivaolagna tamin-jareo Jesôsy: "Mandihiana!" Dia niboaka reo masantôko kay niditry amin'ny reo kisoa; ary tô, reo andiany jiaby nihônstsigny nijôtso tanety nandaiha an-dranomasigny aveo maty t'agnaty rano zareo. ³³Reo zay nikarakara reo kisoa dia nihazakazaka aveo nagnagny an-tanàgna zareo avakeo nitantara raha jiaby, aveo zay niboaka tamin'ny reo lalahy zay hazon'ireo masantôko. ³⁴Tô, niboaka reo tao an-tanàgna jiaby mbô hiaro amin'i Jesôsy. Koafa hitan-jareo Izy, dia nangataka Azy mbô hiala ny faritry n-jareo.

Chapter 9

⁷Aveo nitsangagna lehy lalahy avakeo nandaiha an-tragnony. ⁸Koafa nahita zany ny vahoaka, dia gaga zareo aveo nidaira Zagnahary, zay nagnamia fahefagna karaha zany ho an'ny ôlogno. ⁹Ary raha niala avy te Jesôsy, dia nahita lalahy nantsôvigny hoe Matio Izy, zay nibidôko t'amin'ny tragno famoriagna hetra. Nivaolagna Izy taminazy: "Magnaraha Zaho." Nitsagagna izy aveo nagnaraka Azy. ¹⁰Aveo raha nidôko hihinagna t'an-tragno Jesôsy, tô, mpamôry hetra ndraiky ôlogno mpanota maro havy avakeo niara-nihinagna tamin'i Jesôsy ndraiky reo mpianany. ¹¹Koafa nahita zany reo fariseo, dia nivaolagna tamin'ny reo mpianany zareo nagnanjao: "Nagnino ny mpampianatr'areo miaraka haomagna amin'ny mpamôry hetra ndraiky ôlogno mpanota?" ¹⁴Aveo nagnatogno Azy reo mpianatr'i Jaona kay nivaolagna nagnanjao: "Nagnino zahay ndraiky reo fariseo mifady hanigny mazàgna, fao reo mpianatrao ndraiky tsy mbô mifady?" ¹⁵Hoizy Jesôsy tamin-jareo hoe: "Mety alahelo moa reo havan'ny mpampakatra, raha mbôla miaraka amin-jareo ny mpampakatra? Fao ho avy ny andro hangalagna ny mpampakatra amin-jareo, dia amin'ny zay zareo vao hifady hanigny." ²⁰Tô, nisy vaiavy zay afa nandaiha lio nandritran'ny aroa ambin'ny fôlo tagno, nandaiha afaran'i Jesôsy aveo nikasiky ny ravin'ny ankajony. ²¹Fao hoizy tamin'ny haigniny: "Raha mahakasiky lambany faogna zaho, dia ho mahivagna." ²²Fao nitodiky Jesôsy kay nahita azy, dia nivaolagna: "Ry zanako vaiavy, mahiraiza; ny finoagnanao no nampahivagna anao." Ary nahivagna lehy vaiavy nanomboko tamin'io fotoagna io. ²⁵Koafa naboaka tagny ambailany ny vahoaka, dia niditry t'agn'efitragno Izy avakeo nangala azy tamin'ny tagnagna, aveo nitsangagna lehy zaza vaiavy. ²⁶Niparitaka nagnairagna faritry jiaby ny vava mahakasiky zany. ²⁷Avakeo koa niala teo Jesôsy, dia nisy gila aroa lahy nagnaraka Azy. Tsy nijanogno nagnantso zareo salakady nivaolagna: "Mamindrà fô aminay, ry zanaka Davida!" ²⁸Koafa homby t'antragno Jesôsy, dia nagnatogno Azy reo lalahy gila. Hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Mino moa areo fao mahay magnano zany Zaho?" Dia hoizy zareo taminazy hoe: "Ia, Tômpo." ³²Aveo raha lôsogno zare rolahy, dia tô, nisy lalahy mōa nibidaohan'ny masantôko nindesigny tamin'i Jesôsy. ³³Aveo koafa naboaka lehy masantôko, dia nivaolagna lehy lalahy mōa. Gaga ny vahoaka kay nivaolagna: "Tsy mbôla fohita hatrizay tamin'i Israely zao!" ³⁴Fao hoizy fariseo: "Tamin'ny fanapahan'ny reo masantôko, no nandroahany reo masantôko."

Chapter 10

²Aveo reto aby ny agnaragna reo apostoly aroa ambiny fôlo. Voalohany, Simona (zay antsôvigny hoe Petera), Avakeo Andrea rahalahiny; Jakoba zanaka lalahin'i Zebede, ndraiky Jaona rahalahiny; ³Filipo, ndraiky Barteleomy; Tomasy, ndraiky Matio lehy mpamôry haitra; Jakoba zanakalahin'i Alfeosy, avakeo Tadeosy; ⁴Simona lehy Zelota, aveo Jodasy Iskariota, lehy hamadiky Azy. ⁵Nirahin'i Jesôsy izy aroa ambiny fôlo. Nanoro zareo Izy aveo nivaolagna: "Aza mandaiha agny amin'ny toeragna zay hipitrahan'ny Jentilisa areo, aveo aza miditry amin'ny renivôhitr'ireo Samaritana. ⁶Fao mandihiana ndraiky agny amin'ny reo ondry very aminy'ny tamingan'Israely; ⁷Kay koafa mandaiha areo, dia mitoria avakeo volagno: 'Afa marikitry ny fahavian'ny Fanjakan'ny langitry. ⁸Ampahivagno ny marary, atsangano ny maty, diovy reo boka, avakeo roaho reo masantôko. Araka ny nazahoanareo maimaimpoagna, dia magnamaiza faogna koa maimaimpogna. ⁹Aza mitodra vaolamaina, vaolafôtsy, na varahigny ao amin'ny kitapom-baolanareo. ¹⁰Aza mitondra kitapom-batsy amin'ny zay handihanareo, na fitafy hafa, na kiraro, na tongôzo, fao ny mpiasa dia magaiva hahazo ny haniny. ¹¹Na ino na ino tanàm-be na tanàgna hely hidiranareo, zahavo zay magnaiva ao, aveo mibidaoha ao mandra-pialareo. ¹²Raha vao miditry akao amin'lehy tragno areo, dia magnamaiza finaritry, ny akao. Raha magnaiva lehy tragno, dia aoka ny fiadanareo ho tonga akao. ¹³Fao raha tsy magnaiva ndraiky zany, dia aoka ny fiadanareo himpôdy aminareo. ¹⁴Ho an'ireo zay tsy mandray areo na tsy mitandregny ny koragnanareo, dia ahintsagno ny jôfo amin'ny hongotroareo, koafa miala amin'ny zany tragno na tanàgna gaida zany areo. ¹⁵Volagniky marigny aminareo, fao ho taigna moramora ny tagny Sodoma ndraiky Gomora amin'ny andro fitsaragna noho zany tanam-be zany. ¹⁶Tô, hagnandaifa areo karaha ny ondry eo agnivon'ny amboadia Zaho, kay misia fagnahy tôtroto menapitsiko avakeo tsy manan-tsigny karaha ny vôromailala. ¹⁷Mitandrima ny amin'ny ôlogno! Hanôlotro are amin'ny filan-kevitra zareo, avakeo hamboko areo ao amin'ny sinagogan-jareo. ¹⁸Aveo hindesigny agnatraihany governora ndraiky mpanjaka areo nohon'ny Aminaha, mbô ho antomoa amin-jareo ndraiky amin'ny reo Jentilisa. ¹⁹Koafa manôlotro areo zareo, dia aza managna ahiahy amin'ny fomba na ino ho volagninareo, fao hamiagna areo amin'io fotoagna io zay tôkony hikoragninareo. ²⁰Fao tsy areo no hivaolagna, fao ny Fagnahin'i Iadanareo no hivaolagna ao aminareo. ²¹Ny mpianatra dia tsy gaida noho ny mpampianany, na ny mpanompo ho agnambony noho ny tompony. ²²Ampy hoan'ny mpianatra raha tonga tôtroto mpampianany izy, avakeo ny mpanompo tôtroto ny tompony. Raha nantsôvin-jareo ho Belzeboba ny tômpon'ny tragno, dia ho ratsy lavitry karaha akôry reo agnaragna hagnantsaovan-jareo ny isam-pianakaviagna! ²³Aza matahotro reo zay mamono ny haiginy kanaifa tsy afaka mamono fagnahy. Fao ndraiky, matahaora zay afaka mamotiky fagnahy ndraiky vatagna akagny amin'ny helo. ²⁴Moa tsy vaola madiniky hely no hamaraotagna fôdy aroa? Fao tsy mbôla misy na araiky amin-jareo aby lavo amin'ny tany raha tsisy fahaizan'ny Iadanareo. ²⁵Fao na ny volon-daohanareo aby voahisa jiaby. ²⁶Aza ambory. Taigna manan-danja noho ny fôdy maro areo. ²⁷Noho zany zay jiaby mangeky Zaho eo agnatraihan'ny ôlogno, dia hikehiky faogna koa eo agnatraihan'ny Iadako zay akagny andangitry. ²⁸Fao zay tsy magneky Zaho agnatraihan'ny ôlogno ndraiky, dia ho laviky faogna koa eo agnatraihan'ny Iadako zay akagny andangitry. ²⁹Aza mimenimeny fao Zaho dia avy hinday fiadanagna aketo an-tany. Tsy avy mbô hitondra fiadanagna Zaho, fao meso. ³⁰Fao avy Zaho hagnasaraka ny zanaka lalahy amin'ny iadany, ndraiky zanaka vaiavy amin'ny nininy, aveo ny vinato vaiavy amin'ny rafozam-baviny. ³¹Reo zay ao an-tokatragnony faogna no hanjary fahavalon'ny ôlogno. ³²Zay bahery tia iada na nininy mihoatra Zaho dia tsy magnaiva Zaho; ave zay bahery tia ny zanaka lalahy na ny zanany vaiavy mandikotra Zaho dia tsy magnaiva Zaho. ³³Zay tsy malaka kakazofijaliany kay tsy magnaraka Zaho dia tsy magnaiva Zaho. ³⁴Zay magnavotro haiginy dia hahavery azy. Fao zay magnary haiginy nohony ny Aminaha dia hahita zany. ³⁵Zay mangala areo dia mangala Zaho, avakeo zay mangala Zaho dia mangala lehy nagniraka Zaho faogna koa. ³⁶Zay mangala mpagnazary satria mpagnazary izy dia hahazo ny valisoan'ny mpagnazary, avakeo zay mandray ôlo-marigny satria ôlo-marigny izy dia hahazo valisoan'ny ôlo-marigny. ³⁷Na zôvy na zôvy magnamia ny araiky amin'ny regny bahery madiniky regny, na dia rano manitsy kôpy araiky higiahy aby, satria izy mpianatra, dia volagniky marigny aminareo fao, tsy ho very ny valisoany."

Chapter 11

¹Aveo koafa avy nampianatra reo mpianany aroa ambin'ny fôlo Jesôsy, dia niala avy teo Izy hampianatra ndraiky hitory akagny amin'ny tanagnan-jareo. ²Ary koafa regnin'i Jaona t'angadra ny mahakasiky reo asan'i Kristy, dia nagnandaifa hafatra tamin'ny alalan'ny reo mpianany izy ³kay nivaolagna Azy nagnanjao: "Anao moa lehy araiky zay ho avy, sa tôkony hizaha hafa zahay?"⁴Jesôsy namaly aveo nivaolagna zareo: "Mandihiana avakeo volagno amin'i Jaona zay hitanareo ndraiky regninareo."⁵ Mahita reo gila, mandaiha reo ôlogno malemy, dioviginy reo boka, maharegny indraiky reo ôlogno maregnigny, atsangan-ko velogno reo ôlogno maty, avakeo agnambaragna reo vava maharavo ny mijaly. ⁶Sambatra zay tsy tafintôhigny nohony Aminaha."⁹Naifa hizaha ino no niboahanareo - mpagnazary? Ia, mivaolagna aminareo Zaho, aveo mihoatra lavitry noho ny mpagnazary.¹⁰ Izy leha zay voasaoratra magnanjao: 'Zahavo, magniraka ny irahiky hialaoha haigninareo Zaho, izay hagnajary lalagn'areo."¹¹Volagniky marigny aminareo, fao amin'ny reo zay nataira-biavy dia tsisy gaida mihoatra noho Jaona mpagnano Batisa. Naifa ny ôlogno bahery tsy manan-danja eo amin'ny fanjakan'ny langitry dia gaida noho izy. ¹²Nanomboka tamin'ny andron'i Jaona mpagnano Batisa kay zisiky aminjeo, dia miaritry amin'ny herisaitra ny fanjakan'ny langitry, aveo reo ôlogno maherisaitra dia mangala azy an-keriny.¹⁶Amin'ino no tôkony hampitoviako tô taminga tô? Zany dia karaha ny zaza misaoma bazary, zay mibidôko ndraiky mifagnantsognantso¹⁷ kay mivaolagna magnanjao: 'Nitsiro sodigny aminareo zahay, fao tsy nandihy areo. Nagnano hira fisaonagna zahay, fao tsy nitomoagny areo."²⁰Aveo Jesôsy nanomboka nivaolagna mafy reo tanàgna zay nitsaboany ankamaroan'ny asany mahagaga, satria tsy nibaibaika zareo. ²¹"Loza hoanareo, ry Korazina! Loza hoanareo, ry Betsaida! Raha nitsabogny tagny Tyra ndraiky Sidona reo asa mahagaga zay nitsabogny teto aminareo, dia afa aila no nibaibaika tamin'ny lamba fisaonagna ndraiky lavenona zareo. ²²Naifa ho taigna moramora ny an'ny Tyra ndraiky Sidona amin'ny andron'ny fitsaragna mihoatra noho ny areo. ²³Areo, ry Kapernaomy, mihevitra moa areo fao hakarigny agny an-dangitry? Tsia, ho ndesigny hijôtso akagny amin'ny helo areo. Satria raha tagny Sodoma no nitsabogny reo asa mahagaga zay nitsabogny teto aminareo, dia mbôla ho tavaila zany zisiky niany."²⁴ Naifa mivaolagna aminareo Zaho fao ho taigna mora hoan'ny tanin'i Sodoma amin'ny andro fitsaragna noho ny aminareo."

Chapter 12

¹Tamin'ny zany fotoagna zany Jesôsy nandaiha namakivaky tanimbary tamin'ny andro Sabata. Tihinagna reo mpianany kay nisangotro vary aveo nihinagna zareo. ²Kanaifa koafa hitan'ny reo Fariseo zany, nivaolagna zareo tamin'i Jesôsy nagnanjao: "Zahavo, reo mpianatrao mitsabo raha tsy manjary amin'ny Sabata." ³Fao Jesôsy nivaolagna zareo nagnanjao: "Mbôla tsy nivakinareo velively moa ny raha nitsabon'i Davida, koafa tihinagna izy, ndraiky reo lalahy jiaby niaraka taminazy? ⁴Nitsôfotro tao amin'ny tragnon-Jagnahary izy avakeo nihinagna mofon'ny fagnatraihagna, izay tsy mety aminazy raha hanigny aveo tsy manjary amin'ny reo zay niaraka taminazy, kanaifa manjary amin'ny sojaben'ny mpisôrognô azeraiaky faogna. ⁵Tsy mbôla nivakinareo moa ny akao amin'ny lalàgna, fao amin'ny Sabata reo mpisôrognô ampiangonagna dia manota ny Sabata kanaifa tsy manan-tsigny? ⁶Kanaifa volagniky aminareo fao aketo ny araiky goalahy noho ny fiangonagna. ⁷Raha hainareo ny dikany hoe: 'Famindram-pô no iriky fao tsy sôrognô,' ave tsy nagnameloko ny tsy manan-tsigny areo. ⁸Fao ny Zanak'Ôlogno no Tômpony Sabata. ⁹Avakeo Jesôsy niala tao kay nitsôfotro tamin'ny synagogan-jareo. ¹⁰Tô, nisy lalahy malemy tagnagna teo. Nagnontany Jesôsy reo Fariseo, nagnanjao: "Manjary moa mampahivagna amin'ny Sabata?" mbô hiampangan-jareo Azy amin'ny fahotagna. ¹¹Avakeo nivaolagna Jesôsy tamin'ny ngiahy nagnanjao: "Vavaro tagnagnao." Dia nivavarany zany, kay nimpôdy ny fahasalamagnany, tôrotrô tagnany ilany. ¹²Fao niboaka reo Fariseo kay nivaolagna ny hamono Azy. Nitady hevitra ny amin'ny fomba mety hamonoagna Azy zareo. ¹³Koafa nahay zany Jesôsy, dia niala teo Izy. Ôlogno maro nagnaraka Azy, aveo nampahivagniny izy jiaby. ¹⁴Dia nandidy zareo Izy mbô tsy hagnambara Azy amin'ny hafa, ¹⁵mbô hahatô, zay afa nikoragnigny tamin'ny alalan'Isaia mpagnazary, nagnanjao: ¹⁶Kanaifa koafa nahiregny zany fahagagagna zany reo Fariseo, nivaolagna zareo nagnanjao: "Io lalahy io tsy mandroaka masantôko raha tsy amin'ny alalan'i Belzeboba, lehiben'ny masantôko." ¹⁷Kanaifa han'i Jesôsy ny menimenin-jare kay nivaolagna zareo Izy nagnanjao: "Ny fanjakagna jiaby miady an-tragno tsy hatagna, aveo ny tanàgna na tragno jiaby miady an-tragno dia ho rava. ¹⁸Raha mandroaka satana ny satana, miady an-tragno izy. Akôry aminy zany no hitsanganan'ny fanjakany? ¹⁹Avakeo koa mandroaka reo masantôko amin'ny alalan'i Belzeboba Zaho, amin'ny alalan-jôvy zany no androahan'ny zanak'areo zareo? Noho zany antony zany dia ho mpitsaranao zareo. ²⁰Noho zany volagniky aminareo fao, ho avotsotro heloka ny ôlogno amin'ny fahotany ndraiky fivolagnan-dratsy jiaby, fao ny fivolagnan-dratsy amin'ny Fagnahy Masigny dia tsy hahazo famontsaoran-keloka. ²¹Na zôvy na zôvy mivaolagna manohitra ny Zanak'Ôlogno, dia ho avôtsotro izy. Fao na zôvy na zôvy mivaolagna manohitra ny Fagnahy Masigny, dia tsy ho voavôtsotro izy, na amin'ny zao fiainagna zao, na amin'ny lehy ho avy. ²²Tsabo tsara ny kakazo dia hamoa tsara zany, na tsabo ratsy ny kakazo dia hamoa ratsy zany, fao hay amin'ny voany ny kakazo. ²³Areo tamingan'ny bibilava, satria ratsy fagnahy areo, koa akôry no ahafahanareo mivaolagna raha tsara? Fao avy amin'ny hafontrizan'ny ao am-pô no ivolagnany vavany. ²⁴Ny ôlogno tsara avy amin'ny hariagna tsara ao am-pôny dia magnaboaka zay tsara, aveo ny ôlogno ratsy avy amin'ny hariagna ratsy ao am-pôny dia magnaboaka zay ratsy. ²⁵Aveo nisy mpanaora-dalàgna ndraiky Fariseo sanany namaly Jesôsy aveo nivaolagna nagnanjao: "Oa Mpagnanatra, magniry ny ahita famantaragna avy aminao zahay." ²⁶Fao namaly Jesôsy avakeo nivaolagna zareo nagnanjao: "Misy taminga ratsy fagnahy ndraiky mpijangajanga mitady famantaragna. Kanaifa tsisy famantaragna amiagna azy koa tsy famantaragna amin'i Jona mpagnazary. ²⁷Fao tôrotrô Jona zay telo andro ndraiky telo aligny tan-kibon-dako gaida, dia karaha zany koa no hidaohan'ny Zanak'Ôlogno telo andro ndraiky telo aligny agnaty tany. ²⁸Ireo ôlogno Ninive hitsangagna eo amin'ny fitsaragna miaraka amin'ny tô taminga tô avakeo hagnameloka zany. Fao nibaibaka zareo tamin'ny toritenin'i Jona, aveo tô, misy Ôlogno gaida noho Jona aketo. ²⁹Ny mpanjakavavin'ny atsimo dia hiaraka hitsangagna amin'ny reo lalahin'ny tô taminga tô amin'ny andron'ny fitsaragna avakeo hagnameloka zany. Tonga avy amin'ny faran'ny tany izy mbô hitandregny fahendriagnan'i Solomona, aveo tô, misy ôlogno gaida noho Solomona aketo. ³⁰Koafa nisy fagnahy ratsy niboaka tamin'ny lalahy araiky, dia mandalo tany tsisy raha izy avakeo mitady fitsaharagna, kanaifa tsy mahita zany. ³¹Izany dia mivaolagna: 'Himpôdy agny amin'ny tragnoko zay nahaviako zaho.' Aveo tonga, nahita fao voafafa ny tragno sady nilamigny. ³²Aveo nandaiha zany salakady ninday fagnahy ratsy fito niaraka taminazy zay ratsy mihoatra azy, kay niditry nitoby tao izy jiaby. Avakeo nahay ratsy noho ny voalohany ny fiasaragnany zany lalahy zany. Aveo ho tôrotrô zany koa ny amin'ny tô taminga ratsy fagnahy tô." ³³Fao namaly Jesôsy aveo nivaolagna tamin'ny lehy nivaolagna Azy: "Zôvy niniky aveo zôvy reo rahalahiky?" ³⁴Avakeo nivavarany tamin'ny reo mpianany ny tagnany aveo nivaolagna nagnanjao: "Zahavo, reto niniky ndraiky rahalahiky! ³⁵Fao zay magnano sitrapôn'ny Iadako zay akagny an-dangitry, dia zany ôlogno zany no rahalahiky, ndraiky anabaviky, avakeo niniky."

Chapter 13

¹Tamin'ny zany andro zany Jesôsy nandaiha niboaka tragno avakeo nibidôko t'amôron-dranomasigny.² Nisy vahoaka maro nivôry nagnodidigny Azy, kay nitsôfotro t'agnaty lakagna Izy aveo nantotry tao amin'ny zany, raha nitsangagna t'amôro-ndranomasigny ndraiky ny vahoaka jiaby.³ Avakeo Jesôsy nivaolagna raha maro tamin-jareo tamin'ny alalan'ny aohatra. Nivaolagna Izy: "Tô, nisy mpamboly araiky nandaiha niboaka hamafy voa."⁴ Raha izy namafy igny, dia nisy voa sasany latsaka t'amôron-dâlagna, avakeo avy reo vôrognô kay nihinagna reo.⁵ Ireo voa hafa ndraiky latsaka tamin'ny tany maro vato, zay tsy nazahoan-jareo nôfon-tany tsara. Samby te naniry reo, satria tsy laligny ny tany.⁶ Fao koafa niboaka masaova, maigny reo satria tsisy fôtony, aveo nalazo.⁷ Latsaka tamin'ny fatsiky reo voa hafa. Naniry reo fatsiky avakeo nanery zareo.⁸ Reo voa hafa latsaka tamin'ny tany tsara avakeo namoa voany, ny sasany nitômbo zato, sasany enim-pôlo, aveo ny sasany telopôlo.⁹ Zay managna sôfigny, aoka izy hitandregny.¹⁰ Fao nanjary donto ny fôn'ny tô vahoaka tô, avakeo mafy sôfigny zareo, aveo napin-jareo ny masonry, biaka tsy hahita amin'ny mason-jareo, na haharegny amin'ny sôfigny n-jareo, na hahazo amin'ny fôn-jareo, kay hibaibaka ndraiky zareo, avakeo hampahivagna zareo Zaho.¹¹ Fao sambatra ny masonareo, satria mahita; ave ny sôfign'areo, satria maharegny.¹² Volagniky marigny aminareo fao mpagnazary ndraiky ôlogno marigny maro no nagniry hahita reo raha zay hitanareo, kanaifa tsy nahita reo. Nagniry hitandregny reo raha zay regninareo zareo, kanaifa tsy naharegny reo.¹³ Leha nafafy tamin'ny tany maro vato dia ny ôlogno zay maharegny ny vaolagna aveo igny malaka azy an-karavoagna, ¹⁴naifa tsy mbôla mijodigny agnatiny izy avakeo tsy mahadigny aila aby. Koafa avy fahoriagna na fagninjaihagna nohon'ny amin'ny vaolagna, dia malaky tafintohigny izy.¹⁵ Leha nafafy tamin'ny fatsiky, dia ny ôlogno zay maharegny ny vaolagna, naifa ny fiahiahian'izao tontolo izao ndraiky ny fitaka ny hariagna no manery ny vaolagna, avakeo nanjary tsy mamoa izy.¹⁶ Leha nafafy tamin'ny tany tsara, ny ôlogno zay mitandregny ny vaolagna salakady mahazo zany. Mamoa voan-kakazo izy aveo mahatonga ny voa araiky, hagnamia tômbony zato mihoatra zay navoly, ny sasany enim-pôlo, ny sasany tômbony telopôlo.¹⁷ Leha tômpon-tany nivaolagna: "Tsia. Satria raha magnombotro reo sary vary areo, dia mety hagnombotro ny fôtony vary miaraka amin-jareo koa."¹⁸ Ambilao hiaraka haniry zareo roa zisiky izy didiagna. Amin'ny fotoam-pandidiagna dia hivaolagna amin'ny mpadidy zaho magnanjao: "Alao alaoha reo ahi-dratsy avakeo fihezo tady maromaro mbô hagnoroagna zareo, fao afom-pôno ao amin'ny fambilagna vaokatra ndraiky reo vary."¹⁹ Aohatra no nagnambaran'i Jesôsy reo raha jiaby reo tamin'ny vahoaka; aveo tsy nivaolagna na ino na ino tamin-jareo koa tsy tamin'ny aohatra Izy.²⁰ Zany biaka hahatô zay nivolagnigny tamin'ny alalan'ny mpagnazary, koafa nivaolagna Izy nagnanjao: "Zaho hivaolagna amin'ny alalan'ny aohatra. Hivaolagna raha zay navôny letrizay nagnoraignagna izao tontolo izao Zaho."²¹ Avakeo Jesôsy niala reo vahoaka aveo nitsôfotro antragnô. Nagneo aminazy reo mpianany avakeo nivaolagna nagnanjao: "Hazavay aminay ny aohatra mahakasiky leha sary varin'ny saha."²² Namaly Jesôsy aveo nivaolagna: "Leha mamafy voa tsara dia ny Zanak'Ôlogno."²³ Ny saha dia izao tontolo izao; avakeo ny voa tsara, reo no zanaky ny fanjakagna. Ny sary vary dia reo zanaky Leha ratsy,²⁴ aveo ny fahavalo zay namafy zareo dia devoly. Ny fandidiagna dia ny fahatapairan'izao tontolo izao, avakeo ny mpandidy dia reo anjely.²⁵ Noho zany, karaha ny amompaonagna ndraiky agnoroagna reo sary vary amin'ny môtro, no atao koa amin'ny fahatapairan'izao tontolo izao.²⁶ Hagniraka reo anjeliny ny Zanak'Ôlogno, aveo ho avôrin-jareo hiala amin'ny fanjakany reo raha jiaby zay mahatonga fahotagna, ndraiky reo zay mitsabo ratsy.²⁷ Ho atopin-jareo ao amin'ny lafaoro gaida mirehitry môtro zareo, zay hisy ny fitomoagnia ndraiky fikotroha-nify.²⁸ Avakeo hangilatra tôtroto masaova ao amin'ny fanjakan'ny Iadan-jareo ny ôlo-marigny. Izay manan-tsôfigny, aoka izy hitandregny.²⁹ Ny fanjakan'ny langitry dia karaha hariagna zay mivôny ao amin'ny saha araiky. Nisy lalahy nahita zany aveo navôny. Nandaiha tamin'ny haravoagna izy, nivarotro zay jiaby nanagnany, avakeo nividy saha io.³⁰ Aveo koa, ny fanjakan'ny langitry dia tôtroto lalahy zay mpivarotro mitady vato lafo vidy.³¹ Koafa nahita vato araiky zay tainga lafo izy dia nandaiha kay nivarotro zay jiaby nanagnany kay nividy zany.³² Aveo koa, ny fanjakan'ny langitry karaha ny harato zay natopy tagny an-dranomasigny, avakeo nafômpogno reo karazan-draha managn'aigny jiaby.³³ Koafa feno zany, dia nisintonin-jareo mpagnarato ho akeo amôron-dranomasigny. Aveo zareo nantotry kay namôry reo raha tsara hoamin'ny toairany, fao reo raha tsy ilaigny ndraiky narian-jareo.³⁴ Azonare moa zany raha jiaby zany?" Nivaolagna reo mpianany Taminazy nagnanjao: "Ia."³⁵ Avakeo Jesôsy nivaolagna tamin-jareo: "Noho zany ny mpanora-dâlagna jiaby zay nanjary mpianatra eo amin'ny fanjakan'ny langitry dia karaha ny lalahy tômpon-tragno araiky, zay magnaboaka reo raha haila ndraiky reo raha vava avy ao amin'ny hariagnany."³⁶ Avakeo koafa nahavita reo aohatra reo Jesôsy, dia niala tamin'ny zany toairagna zany Izy.³⁷ Avakeo Jesôsy niditry tao amin'ny taniny aveo nampianatra reo vahoaka tao amin'ny synagogan-jareo. Vokatra zany gaga zareo aveo nivaolagna nagnanjao: "Avy aiza no nazahoan'i tô lalahy tô fahendriagna ndraiky reo fahagagagna reo?"³⁸ Tsy io lalahy io moa no zanak'leha

mpandrafitry? Tsy Maria moa no agnantsaovagna nininy? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, aveo Jodasy moa rahalahiny? ⁵⁶Tsy miaraka amintsika moa reo anabaviny jiaby? Avy aiza nazahoany reo raha jaby reo?"⁵⁷Tôhigny nohon'ny Aminazy zareo. Fao nivaolagna Jesôsy tamin-jareo nagnanjao: "Tsisy mpagnazary tsisy hajany raha tsy amin'ny fireneny ndraiky ao amin'ny fianakaviany faogna." ⁵⁸Tsy dia nitsabo fahagagagna maro tao Izy nohon'ny tsy finoagnan-jareo.

Chapter 14

⁸Koafa avy nitoroan'ny nininy marika, dia hoizy izy: "Amiazo zaho aketo, agnambon'ny lovia, ny laohan'i Jaona mpitsabo batisa." ⁹Nalahelo mafy nohon'ny fangatahany ny mpanjaka, naifa nohon'ny voadiny ndraiky nohon'ny reo jiaby nihinagna niaraka tamin'ny, dia nagnamia baiko izy fao tôkony ho vita zany. ¹³Ary koafa nahiregny zany Jesôsy, dia niala avy teo tamin'ny lakagna araiky Izy hagnagny amin'ny toairagna mitaokagna araiky. Koafa nahiregny zany reo vahoaka, dia nagnaraka Azy an-kongotro avy tagny amin'ny reo tanam-be. ¹⁴Aveo Jesôsy nagneo agnatraihan-jareo avakeo nahita reo vahoaka maro be. Nangoraka zareo Izy aveo nampahivagna aretigny n-jareo. ¹⁵Koafa havy ny haligny, dia nagneo aminazy reo mpianatra avakeo nivaolagna nagnanjao: "Tô dia toairagna foagna, aveo afa tapitry edy ny andro. Alifaso reo vahoaka, mbô ahafahan-jareo mandaiha akagny amin'ny reo tanagna aveo hividny hanigny hoan'ny haignin-jareo." ¹⁹Avakeo Jesôsy nibaiko reo vahoaka mbô hantotry amin'ny faotaka. Nalainy reo môfo dimy ndraiky hazandrano aroa. Nianga t'andangitry, dia nisaotra Izy aveo nanapaka reo môfo kay namiany reo mpianatra, avakeo reo mpianatra nagnamia zany amin'ny reo vahoaka. ²⁰Nihinagna jiaby izy jiaby avakeo vôky. Aveo nafômpogno reo lambiny reo hanigny kay nahafeno aroa ambiny fôlo harogno. ²¹Teo amin'ny dimy arivo lahy teo reo nihinagna, ankoatran'ny reo zaza ndraiky vaiavy. ²³Tamin'ny fotoagna faha aifatra tamin'ny haligny dia nagnatogno zareo Jesôsy, nandaiha t'ambony ranomasigny. ²⁶Koafa nahita Azy nandaiha tambony ranomasigny reo mpianatra, dia ambory kay nivaolagna nagnanjao: "Iagnandraha io," avakeo nangaikingaiky tamin'ny hamboriagna zareo. ²⁷Fao Jesôsy nivaolagna tamin-jareo samby teo nagnanjao: "Maheraiza! Zaho tô! Aza ambory." ²⁸Namaly Azy Petera nagnanjao: "Tompo, raha Anao io, iraho magnatogno Anao egn'ny ambonin'ny rano zaho." ²⁹Hozizy Jesôsy: "Magnataogno." Kay niala avy tamin'ny lakagna Petera aveo nandaiha tambony rano mbô hagnatogno Jesôsy. ³⁰Fao koafa nahita rivotro Petera, nanjary ambory. Raha nanomboko nilentiky izy, dia nangaiky mafy izy sady nivaolagna nagnanjao: "Tompo, avatry zaho!" ³¹Samby teo Jesôsy namavatra tagnany, nitagna Petera, aveo nivaolagna: "Anao ry hely finoagna, fao magnino anao niasalasa?" ³²Aveo Jesôsy ndraiky Petera nandaiha amin'ny lakagna, nijanogno ny dalavoko ny rivotro. ³³Aveo reo mpianatra t'agnaty lakagna nidaira Jesôsy avakeo nivaolagna: "Anao marigny no Zanaka Zagnahary." ³⁴Koafa avy nitsaka zareo, dia tonga t'an-tanety tao Genesareta. ³⁵Koafa nahay Jesôsy reo lalahy tao amin'ny zany toeragna zany, dia nagnandaifa hafatra tegny amin'ny faritry magnodidigny jiaby, aveo nindesindreo Aminazy zay ôlogno marary jiaby. ³⁶Niangavigny Taminazy zareo mbô hahafahan-jareo mikasiky zôrondambany faogna, aveo maro reo nikasiky zany kay nahivagna.

Chapter 15

⁷Oa mpiatsaravelatsihy! Marigny ny faminaniagnan'Isaia mahakasiky areo raha nivaolagna izy nagnanjao: ⁸"Tô vahoaka tô dia magnaja zaho amin'ny vavan-jareo, fao ny fôn-jareo lavitry zaho. ⁹Tsisy dikany ny fiderany zaho, satria zareo mampianatra ny didin'ôlombelogo karaha fampianaran-jareo." ¹⁰Aveo nagnantso vahoaka handaiha Aminazy Izy avakeo nivaolagna tamin-jareo: "Mitandrignaisa kay mahazoa_ ¹¹Tsy ny miditry ao ambavan'ôlogno no mandoto ôlogno. Fao ndraiky, zay aboaka ny vava, no mandoto ny ôlogno." ¹²Aveo nagnatogno reo mpianatra avakeo nivaolagna tamin'i Jesôsy: "Moa hainareo fao tôhigny reo Fariseo nohon'ny naharegny zany vaolagna zany?" ¹³Jesôsy namaly kay nivaolagna nagnanjao: "Reo raha maniry zay tsy navoliny lehy iadako akagny andangitry dia ho mbotako jiaby. ¹⁴Ambilao zareo akeo, zare dia mpitariky ngila. Raha misy ôlogno gila araiky mitariky gila araiky hafa, dia samy hivarigny andavaka zareroa." ¹⁵Petera namaly kay nivaolagna tamin'i Jesôsy nagnanjao: "Hazavay aminay zany aohatra zany." ¹⁶Hozizy Jesôsy: "Tsy manam-pahaizagna faogna koa moa areo?" ¹⁷Tsy hitanao moa fao zay miditry amin'ny vava dia mandaiha am-bôko avakeo miboaka akagny amin'ny lava-piriny?" ¹⁸Fao reo raha zay aboakany vava dia avy amin'ny fô. Reo raha reo no mandoto ny ôlogno araiky. ¹⁹Fao avy amin'ny fô no iboahan'ny saigny ratsy, ny famonoagna ôlogno, ny fijangajangagna, ny fangalaragna vadin'ny ôlogno, ny halatra, ny fitsanganagna antomo tsy marigny, aveo ny fivolagnan-dratsy. ²⁰Reo raha reo no mandoto ny ôlogno araiky. Fao ny mihinagna amin'ny tagnagna tsy sasagna dia tsy mandoto ny ôlogno araiky." ²⁴Fao Jesôsy namaly avakeo nivaolagna nagnajao: "Tsy nirahigny ho amin-jôvy na zôvy Zaho koa tsy amin'ny ondry very amin'ny tamangan'Israely." ²⁵Fao avy nangataka ndraiky niankohaka t'agnoloany izy, nagnanjao: "Tampo, avatry zaho." ²⁶Namaly Izy kay nagnanjao: "Tsy manjary alaigny ny môfon-jaza kay atopy ho amin'ny amboa." ²⁹Niala teo Jesôsy kay nagnagny narikitry ranomasigny Galilia. Aveo nakatra t'an-tanety araiky Izy kay nidôko teo. ³⁰Vahoaka maro no nagnatogno Azy. Nindessin-jareo niaraka tamin-jareo ny mandringa, ny gila, ny môa, ny kilemaigny, avakeo ny marary maro hafa koa. Nabitôkon-jareo tan-tongotro Jesôsy reo; kay nampahivagniny. ³¹Kay sondriagna ny vahoaka raha nahita reo môa mivaolagna, ny kilemaigny nahivagna, ny malemy afaka mandaiha, aveo ny gila mahita. Nankalaza Zagnaharin'Israely zareo. ³²Nagnantso reo mpianany mbô hagnatogno Azy Jesôsy aveo nivaolagna: "Mangoraka reo vahoaka Zaho, satria afa telo andro zareo nidôko niaraka taminaha kanaifa tsy managna ho hoanigny. Tsy te hagnandaifa zareo tsy mihinagna Zaho, fao tsaha be ho toragna egn'ny an-dâlagna." ³³Hoizy reo mpianatra taminazy: "Aiza hahitavanay môfo mahampy reo vahoaka fôntry be reo atoy antanimaty?" ³⁴Hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Môfo firy no agny aminareo?" Ary hoizy zareo: "Fito, ndraiky hazandrano madiniky tsy fôntry." ³⁵Avakeo Jesôsy nandidy vahoaka mbô hantotry amin'ny tany. ³⁶Nangala môfo fito lambin'ny hazandrano Izy, aveo koafa nisaotra, dia namaky môfo kay nanôlotro reo amin'ny mpianatra. Reo mpianatra nagnamia reo hoany vahoaka. ³⁷Nihinagna kay afa-pô ny vahoaka jiaby. Avakeo zareo namômpogno harogno fito feno lambilambiny zay tsy lany. ³⁸Reo zay nihinagna dia aifatra arivo lahy, tsy agnatiny zaza ndraiky vaiavy. ³⁹Avakeo Jesôsy nampôdy vahoaka kay nitikigny lakagna aveo nagnagny amin'ny faritry Magadagna

Chapter 16

¹Avy reo Fariseo ndraiky Sadoseo aveo nitsapa Azy kay nangataka Azy mbô hagnaboaka amin-jareo famantaragna avy akagny an-dangitry.² Fao Izy namaly avakeo nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Koafa hariva, dia hoizy areo: 'Ho tsara ny andro, fao maina ny langitry.'³Koafa marandraigny, hoizy areo: 'Ho ratsy ny andro, fao maina sady manjombona ny andro.' Hainareo ny maminavina ny bikany ny langitry, fao areo tsy afaka mandiniky reo famantaragna ny fotoagna.⁴Ny taminga ratsy ndraiky mpijangajanga dia mitady famantaragna, fao tsy hoisy famantaragna hamiagna azy ivailany ny famantaran'i Jona." Avakeo Jesôsy niala zareo kay lôsogno.⁵Koafa tonga tagny andafirô reo mpianatra, dia hadignanjareo ninday môfo.⁶ Hoizy Jesôsy taminjareo: "Mandrasa aveo mitandraima amin'ny masimasin'ny reo Fariseo ndraiky Sadoseo."⁷ Niady hevitra reo mpianatra kay nivaolagna nagnanjao: "Nohony atsika tsy ninday môfo zany."⁸ Jesôsy nahay zany kay nivaolagna: "Areo ry hely finoagna, nagnino areo miady hevitra aminareo kay mivaolagna fao nohon'ny tsy nindaisanareo môfo zany?"⁹Mbôla tsy hainareo na tsaroanareo moa ny môfo dimy hoan'ny dimy arivo, aveo harogno firy no nafôpogno areo?¹⁰Na reo môfo fito hoan'reo aifatr'arivo, ary harogno firy no nalainare?¹³Ary koafa tonga tagny amin'ny faritry narikitry Kaisaria-filipo Jesôsy, dia nagnontany reo mpianany Izy: "Atan'ôlogno ho zôvy moa ny Zanak'Ôlogno?"¹⁴Hoizy zareo namaly: "Ny sasany mivaolagna fao Jaona mpagnano batisa; ny sasany, Elia; aveo reo hafa, Jeremia, na araiky amin'ny reo mpagnazary."¹⁵Hoizy Izy taminjareo: "Fao areo ndraiky magnano Zaho ho zôvy?"¹⁶Namaly, Simona Petera nagnanjao: "Anao no Kristy, Zanak'lehy Zagnahary velogno."¹⁹Hamiako areo ny fangalahidin'ny langitry. Na ino na ino fihezinao aketo ambonin'ny tany dia hifihezigny akagny an-dangitry, avakeo na ino na ino no vahanao aketo an-tany dia hivahagna akagny an-dangitry."²⁰Aveo Jesôsy nagniraka reo mpianatra fao zareo tsy tôkony hivaolagna na aminjôvy na zôvy fao Izy no Kristy.²⁴Avakeo Jesôsy nivaolagna taminjareo mpianany: "Raha misy te hagnaraka Zaho, dia tsy maintsy miala ny hagniny izy, hinday kakazofijaliany, aveo magnaraka Zaho."²⁵Fao na zôvy na zôvy tehagnavotro ny hagniny dia hahavery azy, aveo na zôvy na zôvy no hahavery ny aigniny nohon'ny Aminaha, dia hahazo zany.²⁶Fao ino moa no tsara ho azon'ôlogno koa mahazo zao tontolo zao kanaifa very ny aigniny? Ino no amian'ôlogno ho takalon'ny aigniny?

Chapter 17

¹Enign'andro tatoy afara Jesôsy dia nalaka Petera, Jakoba, avakeo Jaona rahalahiny niaraka taminazy, aveo nitondra zareo nakatra tanety ambo tamin'ny haingninareo. ²Niaova bika teo agnatraihanjareo Izy. Nangilatra mitôvy masaoava ny hainginy, aveo ny lambanazy nanjary nangilatra mitôvy hazavagna. ³Tô, niboaka taminjareo Mosesy ndraiky Elia nikoragna taminazy. ⁴Namaly Petera aveo nagnanjabo tamin'i Jesôsy: "Tampo, tsara amintsika aketo. Raha sitrakao, hitsabo tragno telo ho antsika aketo zaho, araiky nihinao, araiky nihin'i Mosesy aveo araiky nihin'i Elia." ⁵Raha mbôla nivaolagna Izy, tô, nisy zavogno mazava nanafotro zareo, aveo igny, nisy feo niboaka avy tao amin'ny zavogno, nagnanjabo: "Tô no Zanak'ô tiako, zay taigna sitrako. Tandrinaiso Izy." ⁶Koafa regniny reo mpianatra zany, dia lavo zareo aveo ambory mafy. ⁷Avake havy Jesôsy ary nikasiky zareo kay nivaolagna: "Mitsangàna ary aza ambory." ⁸Aveo nizaha agnambo zareo fao tsy nahita na zôvy na zôvy koa tsy Jesôsy zeraiky. ⁹Raha nijôtso tanety zareo, dia nagniraka zareo Jesôsy, nagnanjabo: "Aza ambara zao fahitagna zao na aminjôvy na aminjôvy mandra-pitsanganan'ny Zanak'ôlogno amin'ny maty." ¹⁰Nagnontany Azy reo mpianany, nagnanjabo: "Nagnino ary reo mpanaoratra lalàgno mivaolagna fao Elia dia tsy maintsy hoavy alaoha?" ¹¹Jesôsy namaly aveo nivaolagna: "Elia dia taigna hoavy aveo hagnampôdy amin'ny naniny ny raha jiaby. ¹²Naifa koragniky aminareo, fao afa avy Elia, fao zareo tsy nahay azy. Mifanohitry amin'ny zany, nagnano raha jiaby zay tiany nitsabogny taminazy zareo. Ary karaha zany faogna koa, ny Zanak'ôlogno faogna koa dia hijaly eo agnolagnanjarahy. ¹³Aveo dia azon'ny reo mpianatra fao nivaolagna taminjarahy mahakasiky Jaona mpitsabo Batisa Izy. ¹⁴Koafa tonga teo amin'ny vahoaka zareo, dia nisy lalahy araiky nagnatogno Azy, nandongoalitra talaohany, aveo nivaolagna, ¹⁵"Tampo, manàgna famindram-pô amin'ny zanako lalahy, fao voan'ny androbe izy aveo mijaly mafy. Fao lavo mazagna agny agnaty môtro na rano izy. ¹⁶Nitondra azy tamin'ny reo mpianatrao zaho, fao tsy afaka nampahivagna azy zareo." ¹⁷Raha nidôko tagny Galilia zareo, dia hoizy Jesôsy tamin'ny reo mpianany: "Ny Zanak'ôlogno dia hatôlotro eo an-tagnan'ny ôlogno, ¹⁸ary zareo hamono Azy, ary andro fahatelo dia hatsangagna Izy." Nanjary nalahelo tantairaka reo mpianatra. ¹⁹Koafa nivaolagna Petera: "Avy amin'ny reo vahiny." Dia hoizy Jesôsy taminazy: "Dia afaka amin'ny fagnifagna zany reo vahoaka. ²⁰Fao mbô tsy hampanotantsika ny mpamôry haitra, dia mandihiana agny amin'ny ranomasigny, atopizo harato akao, aveo alaivo lako zay makatra voalaohany. Koafa voasaokatra vavany, dia hahita sekely anao. Alaivo zany ary amiazo reo mpamôry haitra ho ninaha ndraiky anao."

Chapter 18

⁹Raha mahatonga fagnafintohinagna aminao ny masonao araiky, mbôto zany aveo alào aminao. Taigna tsara aminao ny miditry akagny amin'ny fiainagna bariky dintany miaraka amin'ny maso ilany noho ny ho very akagny amin'ny môtôro tsy mety maty miaraka amin'ny maso aroa.¹⁰Tandremo tsy hagnano tsinitsinona reo zaza madiniky reo areo. Fao mivaolagna aminareo Zaho fao agny an-dangitry reo anjeliny dia mizaha faogna ny bikany ladako zay akagny an-dangitry.¹¹ [Fagnamarihagna: Ny diaka-teny talaoha taigna tsara dia tsy ahitagna ny fehezanteny zay miboaka hotra ny v.11. hoe: "Fao ny Zanak'Ôlogno dia tonga mbô hagnavotro zay very."]¹⁵Raha manota aminao ny rahalahinao, mandihiana aveo koragno aminazy ny hadisoagnany, aminao ndraiky izy zeraiky faogna. Raha mitandregny anao izy, dia hifankahazo amin'ny rahalahinao indraiky anao.¹⁶Kanaifa raha tsy mitandregny anao izy, dia alaivo araiky na aroa hafa miaraka aminao, amin'ny zay mbô amin'ny vavan'ny reo antomoa aroa na telo no ahafahana magnamarigny ny vaolagna jiaby.¹⁷Ary koa tsy mangneky ny hitandregny zareo izy, dia koragno amin'ny fiangonagna ny raha misy. Raha tsy magneky hitandregny fiangonagna faogna koa izy, dia ambilao izy ho karaha ny Jentilisa ndraiky mpamôry haitra.²³Noho zany ny fanjakan'ny langitry dia mitôvy amin'ny mpanjaka araiky zay tihifandamigny ara-baola miaraka amin'ny reo mpanompony.²⁴Raha vo nanomboko ny fandaminagna izy, dia nisy mpanompo araiky nindesigny tamin'ny zay nanagnany talenta ray aligny.²⁵Naifa satria tsy nanagna fomba hagnifany zany izy, dia nangiraka ny hamaraotagna azy ny tompony, miaraka amin'ny vadiny ndraiky reo zanany avakeo zay hanagnany jiaby, kay ho vita ny fagnifagna traosa.²⁶Noho zany dia nondriky lehy mpanompo, aveo niankaohaka t'agnatraihany, ary nivaolagna nagnanjao: "Tompo, manàgna faharaitagna aminaha, dia hifaiky aminao raha jiaby."²⁷Noho zany ny tompony zany mpanompo zany, dia nangoraka, kay nagnafaka azy ary nagnambaila traosa taminazy.²⁸Fao niboaka mpanompo io kay nahita ny araiky tamin'ny reo mpiara-manompo aminazy, zay nanagnany dinaria zato. Nisambôriny izy, niraisiny tamin'ny taindany, aveo nivaolagna nagnanjao: 'Hifay aminaha zay nitrosainao.'²⁹Naifa nondriky mpiara-manompo aminazy io aveo nitalaho taminazy, nagnanjao: 'Manàgna faharaitagna aminaha, dia hifaiky aminao indraiky.'³⁰Kanaifa tsy nagneky lehy mpanompo voalaohany. Mifanohitry amin'ny zany, nandaiha izy ary natany tagny am-pigadragna lehy mpiara-manompo aminazy mandra-pagnifany aminazy zay nitrosainy.³¹Koafa nahita zay nitranga reo mpiara-manompo aminazy, dia taigna nalahelo zareo. Nandaiha ary nivaolagna tamin'ny tompony zay jiaby nitranga zareo.

Chapter 19

¹Ary koafa nahavita reo koragna reo Jesôsy, niala tagny Galilia Izy, ary nagnagny amin'ny faritry Jodia zay tany andafirôndranon'ny Jordana. ²Vahoaka maro nagnaraka Azy, kay nampahivagna zareo tagny Izy. ³Nagnatogno Azy reo Fariseo, nitsapa Azy, nivaolagna taminazy nagnanjao: "Ara-dalâgna amin'ny lalahy moa ny misaraka amin'ny vadiny noho zay mety ho antony?" ⁴Jesôsy namaly salakady nivaolagna nagnanjao: "Tsy nivakinareo moa fao Izy zay nagnano zareo tamin'ny voalaohany dia nagnano zareo ho lalahy ndraiky vaiavy?" Hoizy zareo taminazy: "Nagnino zany Mosesy magniraka zahay hagnamia taratasy fagnamarignam-pisarahagna aveo hampôdy azy?" ⁸Hoizy Izy taminjareo: "Fao ny hamafisam-pônareo no nagnambilan'i Mosesy areo hisaraka amin'ny vadinareo, fao tamin'ny voalaohany dia tsy zany no fomba." ⁹Koragniky areo, na zôvy na zôvy misaraka amin'ny vadiny, koa tsy nohon'ny fijangajangagna, kay manambady hafa, dia magnitsakitsa-bady; ary ny lalahy manambady vaiavy zay afa nisara-bady dia mijangajanga." ¹⁶Tô, nisy lalahy nagnatogno Jesôsy aveo nivaolagna nagnanjao: "Mpampianatra, ino raha tsara tsy maintsy tsaboky biaka hazahoako fiainagna bariky dintany?" ¹⁷Jesôsy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Nagnino anao magnintany mahakasiky zay tsara atoy aminaha? Araiky faogna tsara, fao raha tihiditry akagny amin'ny fiainagna anao, dia tandremo reo didy." ²⁰Lehy zatovo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Afa nankatôviky jiaby zany jiaby zany. Ino no mbôla ilaiky?" ²¹Jesôsy nivaolagna taminazy: "Raha magniry ho tonga lafatra anao, dia mandihana, avidio zay anagnanao, aveo amiazo ny mijaly, kay hanagna hariagna akagny an-dangitry anao; ary avia, magnaraha Zaho." ²²Fao koafa nahiregny zay nivolagnin'i Jesôsy lehy zatovo, dia niala tamin'ny alahelo izy satria nanagna fanagnagna maro. ²³Hoizy Jesôsy tamin'ny reo mpianatra nagnanjao: "Ambarako marigny aminareo, sarotro hoan'ny mpanankariagna ny hiditry ny fanjakan'ny langitry." ²⁴Ary mbôla koragniky aminareo indraiky, taigna mora hoan'ny ramaiva ny miditry amin'ny vôdim-panjaitry toy zay ny idiran'ny mpanankariagna ao amin'ny fanjakan-Jagnahary." ²⁵Koafa naharegny zany reo mpianatra, dia taigna sondriagna kay nivaolagna nagnanjao: "Zôvy ary zany no afaka ho avaotagna?" ²⁶Nizaha azy zareo Jesôsy aveo nivaolagna: "Amin'ny ôlogno dia tsy hay tsabogny zany, fao amin-Jagnahary ny raha jiaby dia azo tsabogny." ²⁷Avakeo Petera namaly aveo nivaolagna nagnanjao: "Tô, nambailanay ny raha jiaby ary nagnaraka Anao zahay. Ino ary no hoazonay?" ²⁹Ny ôlogno jiaby zay niala tragno, rahalahiny, anabaviny, iada, niny, zanaka, na tany nohon'ny agnarako, dia hahazo tômbony zato ave handaova fiainagna bariky dintany. ³⁰Fao maro reo zay voalaohany hanjary farany, aveo ny farany ho voalaohany.

Chapter 20

¹Fao ny fanjakan'ny langitry dia tôtroto tompon-tany zay nandaiha marandraigny hagnakarama mpiasa amin'ny tanim-boalobony. ²Koafa avy nifagnaraka tamin'ny reo mpiasa izy fao ho denaria araiky isan'andro ny karamanjareo, dia nalaifany tagny amin'ny tanim-boaloboko zareo. ¹¹koafa nahazo karamany zareo, dia nitaraigny mahakasiky lehy tompon-tany azareo. ¹²Hoizy zareo nagnagnanjao: "Reo mpiasa farany reo niasa adiny araiky edy, naifa nampitovisinao taminay zareo, zahay zay nizaka havisaragna ny tontolo andro ndraiky niaritry haign'andro." ¹⁵Tsy manan-jo hitsabo zay tiako amin'ny zay ninaha moa zaho? Sa mialogno moa areo satria malala-tagnagna zaho? ¹⁶Kay ny farany ho voalaohany, aveo ny voalaohany ho farany. ["Fagnamarihagna: Ny dika-teny talaoha taigna tsara dia magnala ny hoe: "Maro no antsôvigny fao vitsy ny voafidy.""] ¹⁷Raha hiala hoagny Jerosalema Jesôsy, dia nalaka reo aroa ambin'ny fôlo t'ankilany Izy, aveo tegny an-dalagna Izy nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: ¹⁸"Tô, hakatra hoagny Jerosalema atsika, ary ny Zanak'Ôlogno hatôlotro eo amin'ny laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo mpanora-dalagna. Zareo hagnameloko Azy hofloaty ¹⁹aveo hanôlotro Azy amin'ny reo Jentilisa mbô himohaizagna, ho bobohigny, ary hamantsiky Azy amin'ny kakazo fijaliagna. Fao amin'ny andro fahatelo hatsangagna indraiky Izy." ²⁰Aveo ny ninin'ny reo zanaka lalahin'i Zebedio nagnatogno Jesôsy niaraka tamin'ny reo zanany lalahy. Niankaohaka t'agnatraihany izy ary nangataka raha avy Aminazy. ²¹Hoizy Jesôsy taminazy: "Ino tianao" Hoizy izy taminazy: "Magniraha mbô hidaohan'ny reto zanako aroa lahy reto, araiky an-tagnagnao ankahery aveo araiky an-tagnagnao ankavia, amin'ny fanjakanao." ²⁹Raha niboaka avy akagny Jeriko zareo, vahoaka maro nagnaraka Azy. ³⁰Nisy lalahy gila aroa nidôko t'amôron-dalagna. Koafa naharegny fao nandalo Jesôsy, nangaiky mafy zareo nagnanjao: "Tompo, zanak'i Davida, mamindrà fô aminay." ³¹Nasiaka zareo ny vahoaka, nivaolagna zareo mbô hangigny, kanaifa zareo nahay nangaiky mafy nagnanjao: "Tompo, zanak'i Davida, mamindrà fô aminay."

Chapter 21

⁴Ary t  zany mb  hahatantairaka zay nambara tamin'ny alalan'ny mpagnazary. Hoizy Izy: ⁵"Koragno ny zanaka vaiavin'ny Ziona magnanjao: 'T , ny mpanjakanao magnatogno anao, manetry taigna aveo mitikigny boriky-zanaboriky lahy.'" ⁹Avakeo reo vahoaka nandaiha alaohan'i Jes sy ndraiky reo zay nagnaraka azy nitabataba nagnanjao: "Hosana hoan'ny zanak'i Davida! Isaoragna lehy tonga avy amin'ny agnaran'ny Tompo! Hosana agny amin'ny taigna agnambo!" ¹⁰Koafa niditry tao Jerosalema Jes sy, dia nangaiky ny tanagna araiky kay nagnanjao: "Z vy moa io?" ¹¹Ny vahoaka namaly: "Izy no Jes sy lehy mpagnazary avy akagny Nazareta agny Galilia." ¹⁵Fao koafa nahita ny raha-mahagaga nitsabony ny lehiben'ny mpis rogno ndraiky ny mpanora-dal gna, aveo koafa regnin-jareo ny zaza madiniky nitabataba t'an-tempoly nagnanjao: "Hosana hoan'ny zanak'i Davida," dia vingitry mafy zareo. ¹⁶Hoizy Izy reo taminazy: "Regninareo moa zany koragnin'ny reo  logno reo?" Namaly zareo Jes sy nagnanjao: "Ia! Fao tsy mb la nivakinareo velively moa ny magnanjao: 'Avy amin'ny vavan'ny zaza madiniky ndraiky ny zaza minono no nandavorarinareo ny fideragna?'" ¹⁷Avakeo niala zareo Jes sy kay nandaiha tagny amin'ny tan gnan'i Betania aveo nid ko tao aligny. ¹⁸Ary koafa marandraigny raha nimp dy tagny an-tanagna Izy, dia tihinagna. ¹⁹Nahita kakazon'aviavy tagny an-tsisin-d lagna, dia nagnatogno tagny Izy aveo tsy nahita na ino na ino teo koa tsy raviny. Hoizy Izy taminazy nagnanjao: "Aoka tsy hoisy tagnany eky avy aminao bariky dintany," ary niaraka tamin'ny zay dia maigny lehy aviavy. ²³Koafa niditry t'an-tempoly Jes sy, dia nagnatogno Azy ny lehiben'ny mpis rogno ndraiky ny zoki logno raha nampianatra Izy aveo nivaolagna: "Fahefagna avy aiza moa agnanaovanao regny raha regny, ary z vy no nagnamia anao zany fahefagna zany?" ²⁴Namaly Jes sy aveo nivaolagna taminjare nagnanjao: "Hambil ko fagnontaniagna araiky faogna koa areo. Raha koragninareo aminaha, dia ho volagniky aminareo ny fahefagna agnanaovako regny raha regny." ²⁸Fao ak ry ny hevitr'areo? Nisy lalahy araiky nanagna zanaka lalahy aroa. Nandaiha nagnagny amin'ny lehy voalaohany izy aveo nagnanjao: 'Zanaka, mandihiana miasa agny amin'ny tanim-boaloboko niany.' ²⁹Lehy zanany lahy namaly azy nagnanjao: 'Tsy andaiha akagny zaho,' fao aveo niaova hevitra izy kay l sogno. ³⁰Avakeo nagnagny amin'ny lehy faharoa izy ary nivaolagna t rotro zany faogna koa. Namaly izy kay nivaolagna nagnanjao: 'Handaiha agny zaho, tompoko,' naifa tsy nadaiha izy. ³³Tandrignaiso t  aohatra araiky hafa t . Nisy lalahy araiky, tompony tany. Nagnano tanim-boaloboko izy, natany vala, nandavahany famiazagna t'agnatiny, nananganany tilikambo, aveo nampamondroany tamin'ny reo mpamboly voaloboko. Aviteo nagnagny amin'ny tan gna hafa izy. ³⁴Koa narikitry ny tagnom-pamokaragna, dia nagniraka sasany tamin'ny reo mpanompony izy hoagny amin'ny reo mpamboly voaloboko halaka vokatra nazy. ³⁵Fao nisamb rinjareo mpamboly voaloboko reo mpanompony, nibobohiny ny araiky, nivonony ny hafa, dia mb la nitopiagna vato ny hafa. ³⁶Avakeo mb la, nandaifa mpanompony hafa indraiky lehy t mpon-tany, maro hotra ny tamin'ny voalaohany, fao natanjareo t rotro zany faogna koa. ³⁷Tafaran'ny zany, nagniraka zanany lahitaokagna tagny amin'ny reo ny t mpon-tany, nivaolagna nagnanjao: 'Hagnaja ny zanako zareo.' ³⁸Fao koafa nahita lehy zanaka lahy reo mpamboly voaloboko, dia nifampivaolagna zareo nagnanjao: 'T  no mpandaova. Al hy, ho vonontsika izy aveo hoalaintsika ny vaola.' ³⁹Noho zany dia nisamb rin-jareo izy, natopy ta'gnatin'ny tanim-boaloboko ary nivonogny. ⁴²Jes sy nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Tsy mb la namaky Saoratra Masigny velively moa areo magnanjao: 'Ny vato nilavin'ny mpagnorin-tragno no natao vato fehizoro. Avy tamin'ny Tompo zany, aveo mahasondriagna eo masontsika?'" ⁴³Noha zany koragniky aminareo, hal ko aminareo ny fanjakan-Jagnahary aveo hat lotro ny firenena zay mamokatra reo voany. ⁴⁴Na z vy na z vy ho lavoan'ny io vato io dia ho potipotiky. Fao zay hilavoany ndraiky dia ho r tor to."

Chapter 22

⁴Nandaifa reo mpanompony hafa indraiky mpanjaka, nagnanjao: 'Volagno reo zay nasaigny magnanjao: "Zahavo, afa nikarakaraiky ny hanigny. Afa nivonogny ny aomby ndraiky zanaka aomby tarimiky, ary afa paré raha jiaby. Avia ao amin'ny lagnonam-pampakaram-bady."⁵Naifa tsy niraharaha zareo avakeo lôsogno nandaiha, ny araiky namonjy ny toairam-mpitarimiazany, ny hafa tamin'ny raharaham-barotrony.⁶ Reo sasany nanambotro reo mpanompon'ny mpanjaka, nagnala baraka azy zareo, ary namono azy zareo.⁷Vingitry ny mpanjaka kay nagniraka reo miaramilany, ary namono mpamono ôlogno reo zareo, aveo nagnoro tanagnany.⁸Avakeo nindesiny reo mpanompony izy nagnanjao: 'Afa paré ny fampakaram-bady, fao reo zay nantsôvigny no tsy mendriky.⁹Noho zany mandihana akagny amin'ny sampan'arabe ary magnasão ôlogno maro zay hitanareo handaiha amin'ny lagnonam-pampakaram-bady.'¹⁰Nandaiha niboaka tagny amin'ny arabe reo mpanompo ary namôro ny ôlogno jiaby zay hitanareo, na ny tsara na ny ratsy. Noho zany dia feno vahiny lehy hefitragno gaida nisy fampakaram-bady.¹¹Fao koafa niditry mpanjaka mbô hizaha reo vahiny, dia nahita lalahy tsy nisikigny lamba findesigny amin'ny fampakaram-bady izy.¹²Nivaolagna taminazy ny mpanjaka nagnanjao: 'Ry sakaiza, nagnino no idiranao ato tsy miaraka amin'ny lamba findesigny amin'ny fampakaram-bady?' Fao tsy tafivaolagna lehy lalahy.¹⁸Naifa hain'i Jesôsy ny faharatsianjareo kay nivaolagna nagnanjao: "Nagnino mitsapa Zaho areo, ry mpiatsaravelatsihy?¹⁹Aboaho Zaho ny farantsa amin'ny hetra." Avake nitondra denaria taminazy zareo.³¹Fao mahakasiky ny fitsanganan'ny maty, mbôla tsy nivakinare moa zay nikoragnin-jagnahary taminareo, magnanjao: ³²"Zaho no Zagnaharin'ny Abrahama, Zagnaharin'ny Isaka, avakeo Zagnaharin'i Jakoba"? Zagnahary dia tsy Zagnaharin'ny maty, fao nihin'ny velogno."³³Koafa naharegny zany reo vahoaka, dia sondriagna tamin'ny fampianarany.³⁴Fao koafa regnin'ny reo Fariseo ny nampanginan'i Jesôsy ny Sadoseo, dia niaraka nivôndrognô zareo.³⁵Ny araiky taminjareo, mpahay lalâgna, namaitra-pagnontaniagna taminazy, nalaka fagnahy Azy nagnanjao: ³⁶"Oa mpampianatra, ino no taigna gaida amin'ny didy aka amin'ny lalâgna?"³⁷Nivaolagna taminazy Jesôsy nagnanjao: 'Tiavo amin'ny fônareo jiaby, amin'ny fagnahinareo jiaby, avakeo amin'ny saigninareo jiaby ny Tompo Zagnaharinareo.'³⁸Zany no didy gaida salakady voalaohany.³⁹Aveo ny didy faharoa dia karaha zany faogna: 'Tiavo ny mpiara-belogno aminareo karaha haigninareo.'⁴⁰Amin'ny reo didy aroa reo no iankinan'ny lalâgna jiaby ndraiky reo mpagnazary."⁴³Hoizy Jesôsy taminjareo nagnanjao: "Nagnino ary Davida mitoaotra ao amin'ny Fagnahy no magnantso Azy Tompo, magnanjao: ⁴⁴"Ny Tompo nivaolagna tamin'ny Tompoko nagnanjao: "Midaoha amin'ny tagnako ankahery, mandra-pamonoako ny fahavalona ho fidaohan-tongontroa?"⁴⁵Raha Davida aby magnantso Kristy: 'Tomo,' dia akôry no maha-zanaka'i Davida Azy?"⁴⁶Tsisy nahavalay Azy tamin'ny vaolagna, ary tsisy ôlogno nahasaky namaitra-pagnontaniagna hafa eky nanomboko tamin'ny zany andro zany.

Chapter 23

⁸Fao areo tsy azo antsôvigny magnanjabo: 'Raby,' fao araiky faogna ny mpampianatrareo, ary mpirahalany areo jiahy. ⁹Ary aza magnantso ôlogno aketo an-tany ho iadanareo, fao araiky faogna iadanareo, aveo Izy dia akagny an-dangitry. ¹⁰Areo aza magneky antsôvigny: 'Mpampianatra,' fa araiky avao no mpampianatrareo, dia i Kristy. ¹⁶Lozanareo, ry mpitariky gila, areo zay mivaolagna magnanjabo: 'Na zôvy na zôvy mifanta amin'ny tempoly, dia tsisy dikany zany. Fao na zôvy na zôvy mifanta amin'ny vaolamainan'ny tempoly, dia voatadin'ny fiainagna izy.' ¹⁷Areo ry gila laifaka! Zôvy no taigna gaida, ny vaolamaina sa ny tempoly zay magnano ny vaolamaina ho masigny? ¹⁸Aveo, 'Na zôvy na zôvy mifanta amin'ny alitara, dia tsisy dikany zany. Fao na zôvy na zôvy mifanta amin'ny fagnatitry zay eo agnambony zany, dia voatady ny fiainany izy.' ¹⁹Areo ry ôlogno gila! Zôvy no taigna gaida, ny fagnatitry sa ny alitara zay magnano ny fagnatitry ho masigny? ²⁰Noho zany, zay mifanta amin'ny alitara, dia mifanta amin'ny zany ndraiky amin'ny raha jiahy akeo agnambony. ²¹Ny araiky zay mifanta amin'ny tempoly, dia mifanta amin'ny zany ndraiky amin'ny zay midôko aminazay, ²²ary ny araiky zay mifanta amin'ny langitry, dia mifanta amin'ny dabilio fiandrianan-jagnahary ndraiky aminy zay midôko agnambony zany. ²³Lozanareo, ry mpanora-dalàgna ndraiky Fariseo, mpiatsaravelatsihy! Fao magnaifa ny fahafôlon'ny solila ndraiky ny aneta aveo ny komina areo, fao areo tsy nankatô ny raharaha taigna mavaisan-danja amin'ny lalàgna dia ny rariny ndraiky ny famindram-pô avakeo ny finoagna. Fao reo no tôkony nitsabonareo ary tsy tôkony nambailanareo ho tsy vita ny araiky hafa. ²⁴Areo ry mpitariky gila, areo zay misivagna ny langitry naifa miteligny ramaiva! ²⁷Loza hoanareo, ry mpanora-dalàgna ndraiky Fariseo, mpiatsaravelatsihy! Fao areo dia tôrotra fasagna voalalotro fôtsy; zay tsara ambailany, fao ny agnatiny ndraiky feno taolam-paty ndraiky loto jiahy. ²⁸Hotra zany faogna koa, eto ambailany areo ho marigny eo amin'ny ôlogno, naifa ny akao agnatinareo feno fiatsarambelatsihy ndraiky heloko. ²⁹Loza hoanareo ry mpanora-dalàgna ndraiky Fariseo, mpiatsaravelatsihy! Fao magnorigny ny fasan'ny mpagnazary areo ary magnaingo fasan'ny ôlo-marigny. ³⁰Hoizy are magnanjabo: 'Raha niaigny tamin'ny andron'ny razambentsika atsika, dia tsy ho nalalaka anjara niaraka tamin-jareo tamin'ny fandatsahagna ny lin'ny mpagnazary atsika.' ³¹Noho zany dia mitsangagna atomoa amin'ny hagninareo areo fao zanaka reo zay namono ny mpagnazary. ³²Areo faogna koa nahafeno ny fahotagnany reo razambenareo. ³³Areo ry mainapitsiko, areo ry tamingany ny mainapitsoko, akôry no hilifasanareo ny fagnamelaohagna hoagny amin'ny helo? ³⁴Noho zany, tô, magniraka mpagnazary ndraiky ôlon-kendry aveo mpanora-dalàgna hoaminareo Zaho. Ny sasany amin-jareo dia ho vononareo ndraiky hifantsaihanareo; aveo ny sasany ho bobohinareo ao amin'ny Synagoganareo ary handroaka azy hiala ao an-tanàgna. ³⁵Ny vokatry zany dia hivaly aminareo ny li marigny jiahy zay nalatsaka teto an-tany, nanomboko tamin'ny lin'i Abela marigny, kay zisiky amin'ny lin'i Zakaria zanak'i Barakia, zay nivononareo teo agnailagnailan'ny fitoairagna masigny ndraiky Alitara. ³⁶Koragniky marigny aminareo, fao ny raha jiahy dia ho tonga amin'ny tô taminga tô. ³⁷Oa Jerosalema, oa Jerosalema, anao zay mamono ny mpagnazary ndraiky manopy vato zay irahigny hoaminao! Impiry Zaho magniry ny hamôry zanaka miaraka, karaha ny akôho vavy araiky mamôry akôho madiniky ambany haimbany, naifa tsy nety areo! ³⁸Tô, ny tragonareo no ambaila ho lao hoanareo. ³⁹Fao koragniky aminareo, zisiky amijeo, taigna tsy hahita Zaho areo mandra-pivolagnanareo magnanjabo: 'Isaoragna zay avy amin'ny agnaran'ny Tompo.'"

Chapter 24

³Raha nidô t'an-tanetin'Oliva Izy, dia nagnatogno Azy mangingigny reo mpianany aveo nivaolagna nagnanjao: "Ambarao zahay, afiriagna reo raha jiaby reo no hoisy? Ino no famantaragna ny fahatongavanao ndraiky ny fara-andro?" ⁴Namaly Jesôsy avakeo nivaolagna zareo nagnanjao: "Mitandraima mbô tsy hoisy hamitaka areo." ⁵Fao ho maro ny hoavy amin'ny Agnarako. Aveo hivaolagna zareo magnanjao: 'Zaho no Kristy,' ary maro no ho voafitaka. ⁶Hahiregny ady ndraiky tatitry ady areo. Mitandraima mbô tsy himenimenigny areo, fao tsy maintsy hitranga zany raha jiaby zany; naifa tsy mbôla tonga ny farany. ⁷Fao hoisy firenena hitsangagna hanohitry firenena, ary fanjakagna hanohitry fanjakagna. Hisy silagno ndraiky horohoron-tany amin'ny toairagna samihafa. ⁸Naifa zany raha zany dia fiantombaohan'ny fanaintainan'ny fitirahagna faogna. ¹⁵Noho zany, raha mahita ny fahavaitavaitagna ny fandravagna areo, zay nivolagnin'i Daniela mpagnazary, dia hitsangagna akeo amin'ny toairagna Masigny areo" (aoka ny mpamaky hahatakatra), ¹⁶"Aoka reo zay akagny Jodia hilaifa hoagny an-tanety, ¹⁷aoka zay antragny tsy hijôto hangala raha avy ao antragny-nazy, ¹⁸avakeo aoka zay agny an-tsaha tsy himpôdy hangala ny lambany. ²³Fao raha misy ôlogno mivaolagna areo magnanjao: 'Tô, atoy lehy Kristy' na, 'aroy lehy Kristy' aza mino zany. ²⁴Fao ny Kristy sandoko ndraiky ny mpagnazary sandoko dia hoavy aveo hagnaboaka famantaragna goalahy ndraiky raha mahagaga, mbô hamitaka, raha azo ata, ia fao na reo ôlom-boafidy aby. ²⁵Tô, afa nikoragniky areo alaohan'ny fotoagna. ²⁶Noho zany, raha mivaolagna areo zareo magnanjao: 'Tô, akagny antanimaty izy', aza magnagny an-tanimaty. Na magnanjao: 'Tô, akagny agnaty hefitragny izy' aza mino. ²⁷Fao tôtroto varatra zay mitsailatra avy akagny atignianagna kay mazava zisiky andraifagna, dia karaha zany ny fiavian'ny Zanak'Ôlogno. ²⁸Na aiza na aiza misy biby maty, dia agny no hivorian'ny voltora. ³⁰Avakeo dia hiboaka egny amin'ny langitry ny famantaran'ny Zanak'Ôlogno, avakeo ny foko jiaby ambonin'ny tany hisaona. Hahita ny Zanak'Ôlogno tonga amin'ny zavogn'ny langitry miaraka amin'ny angôvo gaida Zareo. ³¹Handaifa reo anjely Izy miaraka amin'ny feo trompetra mafy, aveo hamômpogno ny ôlom-boafidy avy akagny amin'ny vazan-tany aifatra zareo, manomboko amin'ny faravôdlangitry kay zisiky amin'ny hafa. ³²Mianara lesogno avy amin'ny aviavy. Raha hainy fao matoy ny sampany avakeo hagnaboaka ny raviny, dia hainareo fao marikitry ny fahavaratra. ³³Tôtroto zany faogna koa, raha mahita zany raha jiaby zany areo, dia tôkony ho hainareo fao afa marikitry Izy, eo amin'ny reo varavaragna lasite. ⁴³Fao tadidio zao, raha hain'ny tômpon-tragno hoe amin'ny firy aligny no havian'ny mpangalatra, dia ho niambigny izy avakeo tsy nagnambaila tragnonazy ho vaky. ⁴⁴Noho zany dia tsy maintsy mivôgnogno faogna koa areo, fao hoavy ny Zanak'Ôlogno amin'ny fotoagna tsy ampoizinareo. ⁴⁸Fao raha misy mpanompo ratsy mivaolagna ao am-pôny magnanjao: 'Aila ny tompoko', ⁴⁹kay manomboko mamono reo mpanompo namany, ndraiky mihinagna aveo migiaka miaraka amin'ny reo mamolava; ⁵⁰dia hoavy ny tompon'ny lehy mpanompo amin'ny fotoagna zay tsy ampoiziny amin'ny fotoagna zay tsy hainy. ⁵¹Dia ho bobobobohin'ny tompony izy aveo hatany hotra reo mpiatsaravelatsihy ny anjarany, zay hoisy ny fitomagnia nagnanjao ny fikotrohanify.

Chapter 25

¹Ny fanjakan'ny langitry dia ho karaha ny virijiny fôlo zay nangala ny jirony kay nandaiha nitratro tamin'ny mpampakatra. ²Laifaka ny dimy taminjareo fao ny dimy ndraiky misy fagnahy. ³Ary koafa nitondra reo jiro reo virijiny laifaka, dia tsy ninday soliky niaraka taminazy. ⁴Fao reo virijiny misy fagnahy ndraiky dia ninday fikajian-tsoliky niaraka tamin'ny jirony. ⁷Aveo nihira reo virijiny jiaby kay nikarakara ny jirony. ⁸Hoizy reo laifaka tamin'ny reo misy fagnahy: "Mbô amiazo ampahany amin'ny soliky are zahay fao afa hofloaty ny jironay. ⁹Fao namaly reo misy fagnahy kay nivaolagna nagnanjao: "Tsaha tsy ampy nihinay ndraiky nihinareo, fao mandihiana ndraiky akagny amin'ny reo mpivarotro kay mividianana ho nihinareo." ¹⁷Karaha zany koa lehy araiky zay nangala talainta arao nahazo aroa hafa. ¹⁸Fao lehy mpanompo araiky zay nahazo talainta araiky ndraiky, nandaiha kay nangady lavaka tamin'ny tany, aveo nandevigny vaolan'ny tompony. ²⁴Avakeo lehy mpanompo zay nalaka talainta araiky nagnatogno salakady nivaolagna nagnanjao: "Tompoko, haiky fao lalahy matotro anao. Mijianja egny amin'ny zay tsy namafazanao anao, sady mamôry vokatry egny amin'ny zay tsy navolinao. ²⁵Ambory zaho, kay nandaiha aveo namôny talaintanao t'agnaty tany. Zahavo, tô zay nihinao. ²⁸Noho zany alaivo akagny aminazy ny talainta aveo amiazo ho nihin'ny lehy mpanompo zay managna talainta fôlo. ²⁹Fao zay jiaby managna hamiagna maromaro mihoatra lavitry aby. Fao aminjareo zay tsy managna na ino na ino ndraiky, na zay hanagnany aby dia halagna aminazy. ³⁰Ariao akagny amin'ny mahizigny akagny ambailany ny mpanompo tsy mendriky, agny no misy fitomoagniaha ndraiky fikitroha-nify. ⁴¹Aveo izy hivaolagna amin'ny reo zay ankaviany magnanjao: 'Milào aminaha, areo zay voahôzogno, hoagny amin'ny môtô mirehitry bariky dintany zay afa voahomagna hoan'ny devoly ndraiky reo anjeliny, ⁴²satria tihinagna Zaho, fao tsy namianareo hanigny; tihigiaka Zaho, fao tsy namianareo higiahigny; ⁴³nivahiny Zaho, fao tsy nampandrosonareo; nitanjaka Zaho, naifa tsy nampitafinareo; narary ndraiky t'an-gadra Zaho, fao tsy nikarikarainareo.'

Chapter 26

¹Koafa vitan'i Jesôsy zany koragna jiaby zany, dia nivaolagna tamin'ny reo mpianany Izy nagnanjao: ²"Hainareo fao afaka aroa andro ho tonga Paska, aveo hatôlotro hifantsaihagna amin'ny kakazofijaliagna ny Zanak'Ôlogno." ³Avakeo ny lehiben'ny mpisôrognô ndraiky ny sojabe niaraka nivôry tamin'ny lapan'ny mpisôrognô-be, zay nantsôvigny Kaiafa. ⁴Niaraka nagnano tetiky zareo mbô hanambaoragna mangigny Jesôsy ary hamono Azy. ⁵Fao hoizy zareo nagnanjao: "Tsy amin'ny fety, mbô tsy hisian'ny korontagna eo amin'ôlogno." ¹⁰Fao Jesôsy, nahay zany, nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Nagnino areo manahiran-tsaiginy aminy ravehivavy? Fao raha tsara nitsabony taminaha. ¹¹Eo aminareo lalandava ny mijaly, fao Zaho tsy ho eo aminareo lalandava. ¹²Fao koafa nandrarakana mainaka mangitry zany tamin'ny haiginy izy, dia nitsabony hoan'ny fandivaingnagna Zaho. ¹³Koragniky marigny aminareo, na aiza na aiza hitoriagna vava maharavo aketo amin'ny zao tontolo jiaby zao, zay nitsabon'ny tô vaiavy tô ho koragnigny fao koa ho fahatsaoraovagna azy." ¹⁴Aveo araiky tamin'ny reo aroa ambiny fôlo, zay nantsôvigny Jodasy Iskariota, nagnagny amin'ny lehiben'ny mpisôrognô ¹⁵ary nagnanjao: "Amianareo hoatrino zaho hanolaorako Azy aminareo?" Nandanja vaolafôtsy madiniky telopôlo zareo ho nihinazy. ¹⁶Tamin'ny zany fotoagna zany nitady fahafahagna izy mbô hanolaoragna Azy aminjareo. ¹⁷Tamin'ny andro voalaohany môfo tsisy lalivay dia nagnatogno Jesôsy reo mpianatra kay nivaolagna nagnanjao: "Aiza no tianao hagnomanagna hoanao hihinanagna hanigny paska?" ¹⁸Namaly Izy nagnanjao: "Midira ao antanagna misy lalahy araiky avakeo volagno izy: 'Hoizy mpampianatra: 'Afa marikitry ny fotoagna. Ato an-tragnonao Zaho hagnano ny paska miaraka amin'ny reo mpianatra naha.'"¹⁹Natan'ny reo mpianatra tôroto zay nikoragnin'i Jesôsy zany, aveo nagnomagna hanignin'ny paska zareo. ²³Namaly Izy nagnanjao: "Zay niaraka nanjôbo tagnagna taminaha tagnaty lovia no lehy araiky hamadiky Zaho. ²⁴Handaiha ny Zanak'Ôlogno, araka zay afa voasaoratra mahakasiky Azy. Naifa lozan'ny ôlogno zay hamadiky Zanak'Ôlogno! Taigina tsara amin'ny zany ôlogno zany no tsy tairaka aby." ²⁵Jodasy, zay hamadiky Azy nivaolagna nagnanjao: "Zaho moa zany, Raby o?" Hoizy Izy taminazy: "Voalazanao." ³⁰Koafa nihira hira fidairagna zareo, dia nandaiha tagny amin'ny tanetin'i Oliva. ³¹Aveo hoizy Jesôsy taminjareo: "Areo jiaby hiala Zaho nohon'ny aminaha niany haligny, fao voasaoratra magnanjao: 'Hamely ny mpiambigny ondry Zaho dia hiparitaka ny ondry'. ³²Fao afaran'ny fitsanganako amin'ny maty, dia hialoha areo akagny Galilia." ³⁶Aveo Jesôsy nandaiha niaraka taminjareo nagnagny amin'ny toairagna antsôvigny Getsemane avakeo nivaolagna tamin'ny mpianany nagnanjao: "Midaoha aketo raha mbôla handaiha aroy hivavaka Zaho." ³⁷Nitondra Petera ndraiky zanak'i Zebedio aroa lahy Izy aveo nanomboko nalahelo ndraiky ory. ³⁸Avakeo hoizy Izy taminjareo: "Fadiranovana ny fagnahiko, hotra ny afa hofloaty. Midaoha aketo aveo miambaisa miaraka aminaha." ³⁹Niala hely Izy, niankaohaka avakeo nivavaka. Hoizy Izy nagnanjao: "Oa Iadako, raha azo atao, aoka alanao aminaha tô kapoaka tô. Naifa aoka tsy araky ny sitraka fôko, fao ny sitraka fônao." ⁴⁰Nagnatogno reo mpianatra Izy aveo nahita zareo resin-tory, kay hoizy Izy tamin'i Petera nagnanjao: "Ino, tsy mahavita miambigny miaraka aminaha na dia fotoagna araiky aby moa areo?" ⁴¹Miambaisa aveo mivavaha mbô tsy hoazon'ny fakam-pagnahy areo. Mety faogina ny fagnahy, fao ny nôfo no malemy." ⁴²Mbôla nandaiha fagnindrony Izy aveo nivavaka. Hoizy Izy: "Oa Iadako, raha tsy azo alâna aminaha tô raha tsy maintsy zakaiko, dia ho tsabogny ny sitraka fônao." ⁴³Nimpôdy indraiky Izy aveo mbôla nahita zareo nandry, fao navaisatra masonjareo. ⁴⁴Kay niala zareo ndraiky Izy, lôsogno aveo nivavaka fagnintelony, nivaolagna reo koragna reo faogina. ⁴⁵Avakeo Jesôsy nagnatogno reo mpianatra kay nagnano taminjareo nagnanjao: "Mbôla mandry ndraiky miala sasatra moa areo? Zahavo, afa marikitry ny fotoagna, avakeo ny Zanak'Ôlogno hatôlotro an-tagnan'ny reo mpanota. ⁴⁶Mitsangàna, andaiha atsika. Zahavo, afa marikitry lehy hamadiky Zaho." ⁵⁵Tamin'ny zany andro zany Jesôsy nivaolagna tamin'ny vahoaka nagnanjao: "Havy miaraka amin'ny meso ndraiky kobay hanambotro Zaho hotra dahalo moa areo? Isan'andro nidôko nampianatra teo amin'ny tempoly Zaho, fao tsy nisambôrinareo. ⁵⁶Fao zany jiaby zany niboaka mbô hahatantairaka zay voasaoratra reo mpagnazary." Aveo niala Azy reo mpianatra jiaby kay nilaifa. ⁵⁹Ary reo lehiben'ny mpisôrognô ndraiky reo Synedrioa jiaby dia nitady fiampangagna tsy marigny manohitry Jesôsy, mbô mety ahafahan-jareo mamono Azy. ⁶⁰Tsy nahita na ino na ino zareo, na dia nisy mpitsangagna antomoa maro tsy marigny havany aby teo. Ary avakeo nisy aroa havany nagnatogno teo ⁶¹aveo nivaolagna nagnanjao: "Io lalahy io nivaolagna nagnanjao: 'Afaka mandravagna tempolin-jagnahary Zaho aveo manangagna zany indraiky afaka telo andro.'"⁶²Nitsangagna lehy mpisôrognobe kay nagnano taminazy nagnanjao: "Tsy managna havaly moa Anao? Ino zany hiampanganjareo Anao zany?" ⁶³Fao nangigny Jesôsy. Hoizy ny mpisôrognobe taminazy: "Magniraka Anao amin'ny alalan-jagnahary velogno zaho, koragno aminay raha Anao no Kristy, Zanak'Ôlogno." ⁶⁴Jesôsy namaly azy: "Volazanao. Fao koragniky aminareo, manomboko zao dia ho hitanareo ny Zanak'Ôlogno hidôko an-tagnagna an-kaherin'ny Angôvo, ary ho tonga eo amin'ny zavogno ny langitry." ⁶⁵Aveo ny mpisôrognobe nangnatriaka ankajony ary nivaolagna nagnanjao: "Nivaolagna

ratsy Izy! Nagnino atsika mbôla mila mpitsangagna antomoa? Tô, regninareo ny fivolagnan-dratsy zao. ⁶⁶Ino no hevitrareo?" Namaly zareo nagnanjao: "Magnaiva ho foaty Izy."⁶⁷ Avakeo zareo nandrora ny haiginy ndraiky namboko Azy, ary namely taifamaso Azy, ⁶⁸aveo nagnanjao: "Maminania aminay, ry Kristy. Zôvy namboko Anao?"⁷³ Koafa afaka helihely nagnatogno reo zay nitsangagna teo avakeo nivaolagna tamin'i Petera nagnanjao: "Anao faogna koa taigna araiky amin'ny izy regny, fao ny fomba fivolagnagnao magnambara anao." ⁷⁴Aveo izy nanomboko nagnôzogno ndraiky nifanta kay nagnanjao: "Tsy haiky zany lalahy zany." Ary samby teo nagneno akôho. ⁷⁵Tsaroan'i Petera koragna nambaran'i Jesôsy nagnanjao: "Mbôla tsy magneno akôho dia hadao Zaho intelo anao." Avakeo izy niboaka ary taigna nitomoagny.

Chapter 27

¹Ary koafa tonga marandraigny, nikasa hanohitry Jesôsy mbô hamono Azy reo lehiben'ny mpisôrognô ndraiky ny sojabe jiaby. ²Zareo nanady Azy, nitariky Azy tagny ambailany, aveo nanôlotro Azy tamin'i Pilato governora. ³Ary Jodasy, lehy namadiky Azy, koafa nahita fao voaheloko Jesôsy, dia nibaibaka izy ary nagnampôdy reo vaolafôtsy telopôlo tamin'ny reo lehiben'ny mpisôrognô ndraiky reo sojabe, ⁴avakeo nivaolagna nagnanjao: "Nanota zaho tamin'ny namadihako lio tsy manan-tsigny." Fao zareo nivaolagna: "Ahoanay ino? Anao zany." ⁵Dia natopiny tantempoly reo vaolafôtsy, aveo nandaiha niboaka ary nagnantontaigna izy. ⁶Aveo tantairaka zay vaovaolagna tamin'ny mpagnazary Jeremia, magnanjao: "Nalaka vaolafôtsy telopôlo zareo, vidiny namantsaihan'ny reo vahoakan' Israely Azy, ¹⁰ary zareo nagnamia zany amin'ny sahan'ny mpitsabo vilagny tanimanga, araka ny natoron'ny Tompo zaho." ¹¹Avakeo Jesôsy nitsangagna tagnatraihan'ny governora, aveo governora nagnontany Azy nagnanjao: "Anao moa mpanjakan'ny Jiosy?" Jesôsy namaly azy: "Volazanao." ¹²Fao koafa nampangaigny reo lehiben'ny mpisôrognô ndraiky reo sojabe Izy, tsy namaly na ino na ino. ¹³Dia nivaolagna tamin'ny Pilato nagnanjao: "Tsy regninao moa fampangagna jiaby atao aminao?" ¹⁴Fao tsy namaly na dia vaolagna araiky aby Izy, gaga tatô be noho zany ny governora. ¹⁵Aveo isaka firavoravoagna dia fomban'ny governora mamôtsotro gadra araiky voafidin'ny vahoaka. ¹⁶Tamin'io fotoagna io, nanagna gadra malaza ratsy antsôvigny hoe Barabasy zareo. ²³Dia hoizy izy: Nagnino, ino no heloko nitsabony?" Fao nahay nangaiky mafy zareo nagnanjao: "Fantsiho amin'ny kakazofijaliagna Izy." ²⁴Fao koafa hitan'i Pilato fao tsy afaka hagnano na ino na ino izy, kanaifa afa nanomboko ny tabataba, dia nalaka rano izy, nanasa tagnany tagnatraihany vahoaka, aveo nagnanjao: "Tsy manan-tsigny amin'ny lin'ny tô lalahy tsy manantsigny tô zaho. Fao asanareo zany." ²⁵Reo ôlogno jiaby nivaolagna nagnanjao: "Ho aminay ndraiky zanakay ny linazy." ²⁶Dia nalaifany amin-jareo Barabasy, fao namboko karavasy Jesôsy izy ary nanôlotro Azy ho fantsihagna. ³⁰Nandroroan-jareo Izy, avakeo nalainjareo tongôzo dia namboko Azy mazanjagna tamin'ny laohany. ³¹Koafa avy nandatsa Azy zareo, dia nalaka ankanjo lavany ary nampisikiginy Azy ny fitafiany, aveo nitondra Azy niboaka mbô hamantsiky Azy amin'ny kakazofijaliagna. ³²Koafa niboaka zareo, nahita lalahy araiky avy akagany Syrena antsôvigny Simona, zay nirahinjareo hiaraka aminjareo mbô hampilanjaigny ny kakazofijaliany. ³³Nagnagny amin'ny toairagna antsôvigny Golgota zareo, zay midika "Toairan'ny Karandaoha." ³⁴Namianjareo divay mifangaro amin'ny afero Izy mbô ho giahiny. Fao koafa nandramany, dia tsy nigiaka Izy. ³⁵Koafa nifantsihanjareo tamin'ny kakazofijaliagna Izy, dia natan-jareo loka ny fizaragna reo lambanazy, ³⁶kay nipaitraka zareo aveo nijanogno niambigny Azy. ³⁷T'ambonin'ny laohany no nampitahanjareo saoratra mivaolagna nagnamelaoahagna Azy, zay mivaky magnanjao: "Tô Jesôsy, mpanjakan'ny Jiosy." ⁴³Natoky Zagnahary Izy, ambilao Zagnahary hagnavotro Azy zao, raha mankasitraka Azy Zagnahary. Fao na Izy aby nivaolagna nagnanjao: "Zaho no Zanaka Zagnahary." ⁴⁴Karaha zany koa reo Jiolahy zay nifantsaihagna niaraka tamin'ny nivaolagna fanevataivagna tamin'ny faogna koa. ⁴⁸Samby teo dia nihazakazaka ny araiky tamin'ny reo aveo nalaka sponjy, namiaka zany tamin'ny vinaigitra, nagnapaitraka zany tamin'ny tohitohigny bararaty, ary nagnamia zany Azy mbô ho giahiny. ⁴⁹Ny sasany taminjareo nivaolagna: "Ambilao Izy. Hitantsika eo raha ho avy hagnavotro Azy Elia." ⁵⁰Dia nangaiky mafy indraiky Jesôsy avakeo nanôlotro fagnahiny. ⁵¹Tô, ny lamban'ny tempoly natriaka aroa rango ambony kay zisiky ambany, ary nihorohoro ny tany, avakeo vaky nisasaka reo vatolampy. ⁵²Nisaokatra reo fasagna, ary ny fatin'ny reo ôlon-jagnahary maro zay nodimandry natsangagna. ⁵³Zareo niboaka avy tamin'ny fasagna tafaran'ny fitsanganany tamin'ny maty, niditry ny tanàgna masigny, aveo niboaka tamin'ny maro. ⁵⁴Avakeo reo kapiteny ndraiky reo zay nizaha Jesôsy koafa nahita ny horohoron-tany ndraiky reo raha zay niboaka, dia nanjary ambory mafy aveo nagnanjao: "Zanaka Zagnahary marigny tô." ⁵⁵Nisy vaiavy maro zay nagnaraka Jesôsy zisiky Galilia mbô hikarakara Azy teo nizaha avy lavitry. ⁵⁶Tamin'izy reo Maria Magdalena, Maria renin'i Jakoba ndraiky Josefa, aveo renin'ny reo zanakalahin'i Zebedio. ⁵⁹Nalaka ny faty Josefa, namôgno tamin'ny lamba rongony madio, ⁶⁰avakeo nampandry azy tamin'ny fasany vava zay nilavahany tamin'ny vatolampy. Dia nanakodia vato gaida hamodiagna varavarany fasagna izy aveo niboaka. ⁶¹Maria Magdalena ndraiky reo Maria hafa teo, nidôko tanilany fasagna. ⁶²Ny andro magnaraka, zay andro afaran'ny fagnomanagna, dia niara-nivôry tamin'i Pilato reo lehiben'ny mpisôrognô ndraiky reo Fariseo. ⁶³Hoizy zareo nagnanjao: "Tompoko, tsaroanay fao tamin'ny mbôla velogno igny mpamitaka igny, dia hoizy Izy: 'Afarany telo andro, hitsangagna indraiky Zaho.'" ⁶⁴Kay noho zany, magniraha mbô ho iambaisagna ny fasagna zisiky amin'ny andro fahatelo, raha tsy zany reo mpianany mety hoavy avakeo hangalatra Azy dia hivaolagna hagnanjao: 'Nitsangagna tamin'ny maty Izy,' aveo ny fitaka farany dia ho ratsy noho lehy tamin'ny voalaohany. ⁶⁵Hoizy Pilato taminjareo: "Mangalao mpiambigny. Mandihiana avakeo ambaiso tsara araka zay vitanareo zany." ⁶⁶Dia nandaiha zareo ary niambigny fasagna, nagnisy tombo-kase ny vato aveo namaitraka ny mpiambigny.

Chapter 28

¹Ary tamin'ny aligny Sabata, raha vo nanomboko mahizingizigny andro voalaohany amin'ny herigniandro, dia lôsogno nandaiha nizaha fasagna Maria Magdalena ndraiky lehy Maria araiky hafa. ²Tô, nisy horohoron-tany be, fao ny anjelin'ny Tompo no nijôtso avy akagny an-dangitry, havy avakeo nagnateky vato kay nipaitraka tamboniny. ³Ny bikany karaha sinkailatra, aveo ny ankanjony fôtsy karaha vontro. ⁴Ambory reo mpiambigny kay nanjary hotra ny lalahy maty. ⁵Nikoragna tamin'ny reo vaiavy lehy anjely aveo nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Aza ambory, haiky fao mitady Jesôsy areo, lehy nifantsaihagna tamin'ny kakazo fijaliagna. ⁶Tsy akato Izy, fao afa nitsangagna, araka ny afa nikoragniny. Avia zahavo toairagna zay nandrian'ny Tompo. ⁷Mandihiana malaky ary volagno reo mpianany magnanjao: 'Nitsangagna tamin'ny maty Izy. Tô, afa nandaiha nialaoha areo akagny Galilia Izy. Agny no hahaitavanareo Azy.' Tô, afa nambarako taminareo." ⁸Niala nalaky ny fasagna tamin'ny hamboriagna ndraiky tamin'ny haravoagna gaida reo vaiavy, ave nilomoay mbô hivaolagna reo mpianany. ⁹Tô, nitratro taminjareo Jesôsy avakeo nivaolagna nagnanjao: "Arahaba!" Nagnatogno reo vaiavy, nitagna hongony aveo nidaira Azy. ¹⁰Avakeo Jesôsy nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Aza ambory. Mandihiana mivaolagna amin'ny reo rahalahiko mbô hiala kay handaiha Galilia. Agny no hahitavan-jareo Zaho." ¹¹Avakeo raha mbôla nadaiha reo vaiavy, tô, ny sasany taminjareo mpiambigny nagnagny antanam-be aveo nivaolagna tamin'ny laohan'ny mpisôrognô ny raha jiaby zay niboaka. ¹²Koafa nitratro tamin'ny reo sojabe ny mpisôrognô aveo nikoragna mahakasiky ny olagna tamin-jareo, dia nagnamia vaola fôntry reo miaramila zareo ¹³ary nivaolagna zareo: "Volagno amin'ny reo hafa magnanjao: 'Havy tamin'ny andro aligny reo mpianatr'i Jesôsy aveo nangalatra ny vatany raha mbôla nandry zahay.' ¹⁴Raha tonga akagny amin'ny governora tatitra zany, dia handresy lahatra azy atsika aveo hangala ahiahy aminareo." ¹⁵Aveo nalain'ny miaramila ny vaola ary nagnano tôotro zay afa nikoragniny taminjareo. Ary zany tatitry zany dia niparitaka tamin'ny reo Jiosy aveo mitôhy zisiky avazo aby. ¹⁶Fao nagnagny Galilia reo mpianatra araiky ambin'ny fôlo, tagny amin'ny tanety zay afa nivolagniny Jesôsy taminjareo. ¹⁷Koafa nahita Azy zareo, dia nidaira Azy, fao ny sasany ndraiky niahiahy.

Mark

Chapter 1

¹Tô ny niantomboahan'ny vaovao maharavoravon'i Jesôsy Kristy, lehy Zanaka Zagnahary. ²Araka zay voasaoratra akao amin'Isaia mpagnazary hoe : " tô, Zaho magniraka irakanaha handaiha alohaka Anao, lehy araiky hagnajary lalagnanao. ³Misy feo regny magnantso mafy agny antany maty hoe: " atôvo vôgnogno lalagna Tompo; atôvo mahitsy lalagna himboany." ⁴Avy Jaona, nagnano batisa tagny antany maty avakeo nagnambara ny batisan'ny fifônagna ho amin'ny famotsora-keloka nohon'ny fahadisoagna. ⁵Ny tanin'ny Jodia jiaby ndraiky mponigny jiaby ao Jerosalema dia avy nagnatogno azy. Natany batisa tao amin'ny matsabôrin'ny jordana zareo, koafa nagneky ny fahadisoany. ⁶Jaona dia nisikigny lamba volomparasy avakeo nagnano fêhimbôko hôditry tagnandilany, aveo mendry ndraiky antely no nihoaniny. ⁷Nivaolagna izy hoe: " Misy araiky hoavy fagnaraka zaho lehy mafy mihoatra zaho, aveo tsy magnaiva zaho na dia hamaha tadinkirarony aby. ⁸Zaho nagnano batisa areo tamin'ny rano, fao Izy ndraiky hagnano batisa areo amin'ny Fagnahy Masigny." ⁹Tamin'ny reo andro navian'i Jesôsy avy agny Nazareta tao Galilia no niboaka zany, avakeo natan'i Jaona batisa tamin'ny matsabôrin'ny Jordana Izy. ¹⁰Koafa niboaka tamin'ny rano Jesosy, dia hitany nisaokatra ny langitry aveo nijôtso taminazy mitôvy amin'ny pizigny ny Fagnahy. ¹¹Aveo nisy feo avy tagny andangitry nagnano hoe: "Anao no Zanaiko tiako. Anao no foko." ¹²Avakeo dia nitahômin'ny Fagnahy handaiha agny an-tanimaty Jesôsy. ¹³Efapôlo andro Izy tagny an-tany maty, nalain'ny masantôko totry. Nipaitraka niaraka tamin'ny bibidia Izy, aveo nanompo Azy reo anjely. ¹⁴Koafa voasambotra Jaona, dia avy tao Galilia Jesôsy nagnambara ny vaovao maharavon-Jagnahary, ¹⁵avakeo nivaolagna hoe: "Afa avy ny fotoagna, aveo afa marikitry ny fanjakagnan-Jagnahary. Mifonào dia mankatoava ny vaovao maharavo." ¹⁶Koafa nandaiha tagny nagnôlotro matsabôrin'i Galilia Izy, dia nahita an'i Simona ndraiky Andrea rahalahin'i Simona nagnarato, satria mpagnarato zareo. ¹⁷Nivoalagna Jesôsy tamin-jareo : "Avia, nagnaraha Zaho, fao ataoko mpagnarato ôlogno areo." ¹⁸Samby teo dia nagnambaila harato zareo kay nagnaraka Azy. ¹⁹Koafa nandaiha lavidavitry Jesôsy, dia nahita an'i Jakoba zanaka Zebedio ndraiky Jaona rahalahiny; tagnaty lakagna nagnamboatra ny harato. ²⁰Nagnantso zareo Izy ka dia nilahaosany tagnaty lakagna samy teo Zebedio babany niaraka tamin-jareo mpikarama, kay nizôhy Azy zareo. ²¹Avakeo dia homby tagny kapernaomy zareo, ary

tamin'ny andro Sabata, dia nitsôfotro tamin'ny synagoga Jesôsy ary nampianatra. ²²Variagna tamin'ny fampianarany zareo, satria nampianatra zareo mitôvy amin'ny ôlogno managna fahefagna Izy fao tsy karaha reo mpanaoratra lalâgna. ²³Aveo nisy lalahy araiky tamin'ny sinagogan-jareo zay nanagna fagnahy ratsy nangaiky mafy, ²⁴nagnano hoe: " Ino moa hifandraisanay aminao, ry Jesôsy avy akagany Nazareta? Avy hagnapotiky zahay moa Anao? Haiko hoe zôvy anao. Anao lehy Masin-Jagnahary!" ²⁵Nivaolagna mafy ny masantôko Jesôsy kay nagnano hoe: " Mangina aveo mialao aminazy!" ²⁶Ary ny fagnahy ratsy nandavo azy ndraiky niboaka taminazy kay nagnantso tamin'ny feo mafy. ²⁷Gaga ny ôlogno jiaby, kay nifagnontany zareo hoe: " Ino tô? Fampianaragna vaovao misy fahefagna? Bikony na dia fagnahy ratsy aby aveo magneky Azy zareo!" ²⁸Ny vaovao mahakasiky Azy dia nipariaka tany jiaby tagny tamin'ny faritry Galilia jiaby. ²⁹Koafa avy niboaka ny synagoga, dia homby tantragnon'i Simona ndraiky Andrea zareo, niarak tamin'i Jakoba ndraiky Jaona. ³⁰Ary ny rafozam-bavin'i Simona nandry nararin'ny tazo, kay nivolagnin-jareo tamin'i Jesôsy ny mahakasiky azy. ³¹Dia nagnatogno Izy, kay nanambotro azy tamin'ny tagnany, aveo nagnako azy; dia niala ny tazony, ary nanomboko nanompo Azy zareo. ³²Tamin'io aligny io, tafaran'ny maty masaova, dia nihentin-jareo tamin'Azy lehy marary jiaby na misy masantôko. ³³Tafivory niaraka teo am-baravaragna ny tao antanagna jiaby. ³⁴Nampahivagna ôlogno fôntry lehy nararin' ny aretigny maro isan-karazany Izy ary nandroaka masantôko maro, fao tsy nambailany hivaolagna reo masantôko satria nahay Azy zareo. ³⁵Nonjonkiaka Izy, tamin'ny andro mbôla mahizigny; niala teo Izy kay nandaiha tagny amin'ny toeragna mitokagna ary teo Izy no nivavaka. ³⁶Nizaha Azy Simona ndraiky lehy niaraka taminazy. ³⁷Nahita Azy zareo ary nivolagna hoe: " Mizaha Anao ny ôlogno jiaby." ³⁸Nivaolagna Izy hoe : "Alôhy atsika handaiha amin'ny toairagna hafa, agny ambailany ao amin'ny reo tanâgna magnodidigny, mbô ahavitako mitority teny agny koa. Fa zany no antony niboahako tatô." ³⁹Dia nitety an'i Galilia jiaby Izy, nitority teny tao amin'ny synagogan-jareo salakady nandroaka masantôko maro. ⁴⁰Nisy boka araiky avy Taminazy. Nitalaho Taminazy izy; nandongoalitra teo Aminy aveo nivaolagna taminazy hoe: "Izy koa mety Aminao, dia afaka magnadio zaho Anao." ⁴¹Naforaigany azy Izy, dia namavatra ny tagnany Jesôsy ary nikasiky azy, nivaolagna taminazy hoe: "Mety. Madiova anao." ⁴²Niala taminazy samby teo ny habokagna, ary nadio izy. ⁴³Nampitandrigny mafy azy Jesôsy aveo nagnandaifa azy. ⁴⁴Nivaolagna Izy taminy hoe: "Tandremo tsy hivaolagna na ino na ino amin-jôvy na amin-jôvy anao, fao mandihiana, amboaho amin'ny mpisôrognô ny taignananao, aveo magnanaova fagnatitry nohon'ny fagnadiovagna anao araka ny nandidian'i Mosesy, mbô ho fijoroagna vavolombelôgnô amin-jareo." ⁴⁵Fao niboaka izy ary nanomboko nagnambara tamin'ôlogno jiaby ndraiky nagnapariaka loatra ny volagna kay tsy afaka nitsôfotro an-kalalahagna tagny amin'ny tanâgna jiaby eky Jesôsy. Kay nipaitraka tagny ambailany amin'ny toairagna mitaokagna Izy avakeo nagnatogno Azy ny ôlogno avy amin'ny toairagna jiaby.

Chapter 2

¹Koafa nimpôdy tao Kapernaomy Izy afaka andro vitsivitsy, dia regny fa tan-tragno Izy. ²tatôboe ny ôlogno nitangôrognio teo kay tsisy toeragna eky, nambaha antamiagna aby. Aveo nagnambara ny teny tamin-jareo Jesôsy. ³nisy lalahy fôntrifôntry nagnatogno Azy zay nitonga lalahy malemy araiky; lehy nilanjain'ôlogno aifa-dahy. ⁴koafa tsy afaka nagnatogno Azy marikitry zareo hazony hafontrirany vahoaka, dia nalan-jareo ny tafontragnio lehy teo ambonin'i Jesôsy, izy Koafa voasôratra zareo, dia najôtsonjareo ny fandriagna lehy nandriany lalahy malemy. ⁵koafa nahita ny finoagnan-jareo, dia nivaolagna Jesôsy tamin'ny lalahy malemy hoe: "Zanako, voavaila ny helokoa." ⁶Aviteo nisy sasany tamin-jareo mpanoratra lalâna nibidôko teo, kay nignomognomogno tamin'ny fôny zareo hoe: "no afahan'io lalahy io mivaolagna karaha zany? Mivaolan-dratsy izy! Tsy zagnahary araiky faogna moa afaka magnambaila heloka?" ⁷Fao Jesôsy tonga dia nahay tamin'ny fagnahianazy ny raha niminiminen-jareo. kay nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Nagnino moa areo mieritreritry raha magnan-jany akao am-pônareo?" ⁸Ino moa môramôra mivaolagna amin'ny lehy lalahy malemy hoe: "voavaila ny helokoa" sa ny hoe: "Mitsangàna, batay fandriagnanao, avakeo mandiana?" ⁹Fao mbô hahazanareo fa managna fahefagna hamôtsotro heloka eto an-tany ny zanak'ôlogno, "Nivaolagna izy tamin'ny lehy malemy hoe: ¹⁰"Volagniky aminao, mitsangàna, batay fandriagnanao, avakeo mandiana agny an-tragnonao." ¹¹Aviteo nitsangàna izy kay nibata ny fandriagnanazy, aveo niboaka lehy tragno manoloagna zareo jiaby teo, kay gaga zareo jiaby ka nagnomia voginahitra Zagnahary, aviteo nivaolagna zareo hoe: "Tsy mbaola nahita raha karaha tô zahay." ¹²Aveo niboaka teo magnôlo-dranomasigny koa Izy, avakeo nagnantogno azy aby vahoaka jiaby, kay nanàriny zareo. ¹³Izy kaofa nandalo Izy, dia nahita an'i Levy zanak'Alfeo nibidôko teo amin'ny toairagna famoriagna haitra kay nivaolagna Izy taminazy hoe: "Magnaraha zaha." Aviteo nitsangagna izy ka nizôho Azy. ¹⁴Nihinagna tao an-tragnon'i Levy Jesôsy aveo mpamôry haitra sindraiky ôlogno mpanota fôntry no niaraka nihinagna taminazy sy reo mpianany, fao fôntry zareo tao aveo nangaraka Azy. ¹⁵Ary reo mpanôratra lalâna, zay Fariseho, izy koafa nahita Jesôsy niaraka nihinagna tamin-jareo mpanota sindraiky reo mpamôry haitra, dia nagnontany ny mpianany hoe: "Nagnino moa Izy miaraka mihinagna amin'ôlogno mpamôry haitra sindraiky ôlogno mpanota?" ¹⁶Izy koa fa regniny Jesôsy zany dia nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Tsy ny salama no mila mpitsabo; fao ny marary faogna no mila zany. Tsy tonga hagnantso ôlogno marigny zaha fao ny mpagnano raha tsy manjary." ¹⁷Ary nifady hanigny reo mpiantr'i Jaona sy reo Fariseho. Lalahy maromaro no nagnatogno Azy kay nivaolagna taminazy hoe: "Nagnino moa mpianatra Jaona sindraiky mpianatra reo Fariseho no mifady hanigny?" ¹⁸Dia nivaolagna Jesôsy tamin-jareo hoe: "Afaka mifady hanigny moa ny mpagnatriky ny tsaboraha izy koa mboala akeo ny mpampiakatra." Izy koa mbaola miaraka amin-jareo akeo ny mpampiakatra, dia tsy afaka mifady hanigny zareo. ¹⁹Hoavy ny andro hagnalagna ny mpampiakatra akeo amin-jareo, kay amin-jany andro zany, no hifady hanigny zareo. ²⁰Tsisy mambada lamba kôro amin'ny lamba vaovao, koa tsy zany edy hiala aminy lehy tapa-damba, ny vaovao hiala amin'ny taloha, ary mahay ho ratsy fôgna ny fatriahany. ²¹Ary tsisy ôlogno magnano divay vaovao akao agnatin'ny seho hoditry kôro, koa tsy zany dia ho triaka ny divay ny seho hoditra kay samby ho very aby na ny divay na ny seho hoditra. Fao naifa, divay vaovao atao akao agnatin'ny seho hoditry vaovao. ²²Tamin'ny andro Sabata Jesôsy nandaiha tagny amin'ny tanimbary maromaro, aveo nanomboka nitsogno salôhimbary ny mpianatranazy. ²³Nivaolagna reo Fariseho taminazy: "Zahavo, nagnino zareo no magnano raha tsy araka ny lalânan'ny andro Sabata?" ²⁴Nivaolagna Izy tamin-jareo: "Mbaola tsy novakinareo moa raha nitsabon'i Davida koafa tao agnatiny tsy fahampiagna sindraiky tihinagna izy avakeo reo lalahy niaraka tamininazy." ²⁵nanakôry ny fomba nitsoforany tantragnon-jagnahary tamin'andron'i Abiataza mpisôronabe, kay nihinagna ny mofon'ny fagnantraihagna, zay tsy magnara-dalâna na amin-jôvy na amin-jôvy ny mihinagn'azy afa tsy ny mpisôrognio, aveo mbaola nagnamiazany maromaro reo lehy niaraka taminazy?" ²⁶Jesôsy nivaolagna hoe: "Ny Sabata dia nitsabogny ho an'ny zanak'ôlombelognio fao, zanak'ôlombelognio no ho an'ny Sabata." ²⁷Noho zany, ny zanak'ôlogno no tômpo, na dia ny Sabata aza." ²⁸

Chapter 3

¹Dia nandaiha tao amin'ny Synagoga ndraiky Jesôsy ary nisy lalaha maty tagnagna tao.²Nizaha narikitry Aza ny ôlogno sasantsasany mbô hizaha raha hampahivagna azy amin'ny Sabata Izy mbô ahavitan-jareo magnameloko Azy.³Nivôlagna Jesôsy tamin'ny lehy lalaha maty tagnagna hoe: "Mitsangàna avakeo mitsangana aketo agnivor'ôlogno jiaby aketo." ⁴Dia nivôlagna tamin'ôlogno Izy hoe: "Ara-dalàgna moa ny mitsabo raha tsara amin'ny andro Sabata sa ny magnano ratsy; ny magnavotro aigny, sa ny mamono?" Kanaifa zareo tsy tafivôlagna.⁵Nizaha zareo tamin'ny havigniragna Jesôsy, avakeo nalahelo Izy nohon'ny hamafisan'ny fôn-jareo, dia nivôlagna tamin'ny lehy lalaha Izy hoe: "Vavaro ny tagnagnao." Dia nivavarany lehy lalaha ny tagnany kay nahivagna.⁶Niboaka reo fariseo avakeo nivôrivôry malaky niaraka tamin'ny Herodiana hizaha fomba hamonoagna Azy.⁷Avakeo Jesôsy, niaraka tamin'ny reo mpianany, nandaiha an-dranomasigny, ary nisy vahoaka fôntry nagnaraka avy agny Galilia sindraiky avy akagny Jodia ⁸avakeo avy akagny Jerosalema sindraiky avy akagny Edoma ary baroko amin'ny matsabôrin'i Jordana sindraiky magnodidigny Tyra ndraiky Sidona. Koafa naharegny mikasiky reo raha nitsabony zareo, dia nisy vaoaka fôntry nandaiha taminazy.⁹Dia nampizaha lakagna ny mpianany Jesôsy hamiagna Azy nohon'ny hafôntriran' ôlogno teo, mbô tsy hifanosihan'ny ôlogno Izy.¹⁰Nohony Izy nangasitragn'ôlogno fôntry Izy, dia nifandrômbo nagnatogno Azy ny ôlogno jiaby lehy nanagna aretigny mbô hikasiky Azy.¹¹Atsika ny nahita Azy reo fagnahy ratsy, dia nondriky teo alohany avakeo niafatrafaatra, ary nivôlagna zareo hoe: "Anao no zanaka Zagnahary." ¹²Nivolagniny mafy zareo mbô tsy hagnambara Azy.¹³Niakatra tagny an-tampon-tanety Izy, ary nagnantso ireo lehy tiany, dia nagnatogno azy zareo. ¹⁴Nagniraka reo roa ambinifôlo Izy (lehy nantsôviny hoe Apostôly), mbô hahavitan-jareo miaraka aminazy avakeo hahavitany magnandaifa zareo hagnambara ny hafatra, ¹⁵aveo hanagna fahefagna handroaka masantôko. ¹⁶Avakeo koa nagniraka reo roa ambinifôlo Izy: Simona, lehy namiany agnaragna hoe Petera;¹⁷Jakoba zanak'i Zebedio, ndraiky Jaona rahalahiny, lehy namiany agnaragna hoe Boanarijesy, lehy midika hoe, zana-baratra; ¹⁸ary Andrea, Filipino, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanak'i Alfeo, Tadeo, Simona Zelota,¹⁹ avakeo Jodasy Iskariota, lehy hamadiky Azy.²⁰Dia nôdy tagny an-tragno Izy, avakeo niaraka homby indraiky ny vahoaka, naifa tsy afaka nihinagna aby zareo, ²¹koafa naharegny raha mikasiky zany ny fianakaviagna, dia niboaka zareo hangala Azy, satria nivôlagnin-jareo hoe: "Laifaka Izy." ²²Avakeo reo mpanoratra lalàgna lehy nijôtso avy tagny Jerosalama dia nivôlagna fao: "Pitrahan'i Belzeboba Izy", kay, "Amin'ny alalan'ny mpanapaka ny masantôko no androahany ny masantôko."²³Dia nantsôvin'i Jesôsy hagnatogno Azy zareo kay nivôlagna zareo tamin'ny alalan'ny fagnoharagna hoe: "Magnankôry moa hahavitan'i Masantôko magnaboaka an'i Masantôko? ²⁴Iziko misy fanjakagna miady an-tragno, dia ho ravagna zany. ²⁵Avakeo koa misy tokan-tragno miady an-tragno, dia halaky ravagna zany tokan-tragno zany.²⁶Koafa nitsangagna namaly ny haigniny Masantôko avakeo nisaraka, dia tsy hadigny hailsa, kay hifaragna. ²⁷Fao tsisy afaka mitsôfotro akao amin'ny tragnon'ny lalahy matanjaka araiky avakeo mandratra ny fanagnany koa tsy manady lehy matanjaka aloha, ary handratra ny tragnony izy avakeo.²⁸Ambarako marigny aminareo, ho voavailsa aby ny heloky ny zanak'ôlombelogo, na dia reo koragna ratsy jiaby zay aboakan'ny vavany aby, ²⁹fao zay mivôlagna ratsy ny Fagnahy Masigny ndraiky dia tsy ho voavailsa heloko bariaky dintany."

³⁰Nagnabara zany Jesôsy avy amin'ny fagnambaran-jareo hoe: "Managna fagnahy maloto Izy."³¹Avakeo dia homby ny nininy ndraiky reo rahalahiny avakeo nitsangagna tagny ambailany. Nagnandaifa ôlogno nagnambara Azy zareo, kay nampagnantso Azy. ³²Nantotry magnodidigny Azy ny vahoaka ary nivôlagna taminazy zareo hoe: "Ny nininao ndraiky reo rahalahinao dia akao ambailany akao, avakeo mizaha anao zareo."³³Ary Izy namaly hoe: "Zôvy moa niniky ndraiky rahalahiky?" ³⁴Ary nizaha nagnodidigny tamin'ny ôlogno nantotry magnodidigny Azy Izy avakeo nivôlagna Izy hoe: "Zahavo, reto niniky sindraiky rahalahiky!" ³⁵Fao na zôvy na zôvy magnano ny sitrapôn-jagnahary, dia zany ôlogno zany no rahalahiky, ndraiky rokivaviky, avakeo niniky."

Chapter 4

¹Avakeo nanomboka nagnanatra teo môron-dranomasigny koa Izy, avakeo nisy vahoaka maro nivôry nagnodidigny Azy. Nitsôfotro tao agnatin'ny lakagna zay teo an-dranomasigny Izy, avakeo nantotry tamin-jany. Ny vahoaka jiaby ndraiky nijanogno teo amôron-dranomasigny. ²Nagnampianatra zareo raha maro tamin'ny alalan'ny fagnoharagna Izy, avakeo tao amin'ny fampianarany, dia zao no nikoragniny tamin-jareo. ³Tandrignaiso, nisy mpamafy handaiha hamafy ambeo. ⁴Ary raha namafy izy, dia nisy ambeo sanany nirabaraba tamin'ny lalagna, kay havy reo vôrogo aveo nihinagna zany. ⁵Ny ambeo sanany nirabaraba tamin'ny tany feno vatovato, zay tsisy fotaka maro. Tonga dia naniry izy reo, satria tsy laligny ny fotaka nisy azy. ⁶Izy koafa niboaka ny masoandro, dia nalazo zareo, avakeo satria tsisy vahany izy reo, kay maiginy. ⁷Ny ambeo sasany latsaka tamin'ny tany rakotro fatsiky. Avakeo niboaka nahay giaida reo fatsika ireo kay nampijaly azy, kay tsy magnaboaka taignany. ⁸Ny ambeo sasany latsaka tamin'ny tany tsara kay namokatra taignany agnatiny izy mitômbo aveo nahay fôntry, avakeo ny sanany nisôsoko telopôlo ambon'ny lehy teo, ny sanany enimpôlo, avakeo ny sanany zato. ⁹Aveo nivaolagna Izy hoe: "Zay misy sôfigny hindsigny mitandregny, izy tôkony hitandregny!" ¹⁰Koafa nanaokagna Jesôsy, dia nagnontany azy mikasiky io ohatra io reo zay nariny Azy avakeo reo mpianany aroa ambinifôlo. ¹¹Nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Areo no namiako raha mivôny amin'ny fanjakan-Jagnahary. Fao ho an-jareo lehy akagny vailany agny dia ohatra aby, ¹²mbô amin'ny fotoagna hizahavan-jareo, ia hizaha zareo, kanaifa tsy hahita, avakeo mbô amin'ny fotoagna hitandrignesan-jareo, ia haharegny zareo, kanaifa tsy hahay zany, na koa himpôdy zareo kay hamindra fô amin-jareo Zagnahary." ¹³Aveo nivaolagna izy tamin-jareo hoe: "Tsy azonareo moa zany fagnoharagna zany? Akôry zany mbô hahazahoanareo reo fagnoharagna hafa jiaby? ¹⁴Lehy mpamboly lehy mamafy ny ambeo dia ny ôlogno araiiky lehy mamafy ny teny. ¹⁵Reto no lehy nirabaraba tamin'ny lalagna, lehy namafazagna ny teny, koafa regnin-jareo zany, dia tonga dia havy Masantôko avakeo hangalatra ny teny zay voapariaka tamin-jareo. ¹⁶Reto lehy voafafy tamin'ny tany feno vatovato, lehy, koafa nangala ny teny, tonga dia nangala zany tamim-piravoravoagna. ¹⁷Tsisy vahany akao amin-jareo, fao mahadigny fotoagna fohy faogna. Dia tonga ny fijaliagna na ny fagnindriagna nohon'ny teny, kay tonga dia lavo zareo. ¹⁸Reo hafa lehy voafafa tamin'ny tany feno fatsika. Regnin-jareo ny koragna, ¹⁹fao ny fisalasalan'ny tany jiaby, ny famitahan'ny fanagnagna, avakeo ny filàgna raha hafa dia tafitsôfotro kay manabataba ny teny, kay tsy mamoa vokatra zany. ²⁰Avakeo lehy voafafy tamin'ny tany tsara dia reo lehy mitandregny ny koragna avakeo mangala zany, kay namoa vokatra zareo telopôlo, enimpôlo, na nitômbo zato ambonin'ny lehy nafafy. ²¹Jesôsy nivaolagna tamin-jareo hoe: "Entinao akao antragno moa ny jiro mbô hatao ambany harogno, na ambanin'ny fandriagna? Indesinao miditry zany avakeo atanao ambonin'ny fantairan-jiro. ²²Fao tsisy raha mivôny kay tsy ho hay, avakeo tsisy tsiambaratelo zay tsy hiboaka. ²³Raha misy manantsôfigny hindsigny mitandregny, izy tôkony hitandregny. ²⁴Nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Mitandraima amin'ny koragna lehy regninareo, fao arakaraka ny ohatra agnohanareo faogna, no agnoharagna areo, avakeo hampiagna aminareo zany. ²⁵Satria na zôvy na zôvy managna, dia hamiagna taigna fôntry izy, avakeo na zôvy na zôvy tsy managna, na lehy anagnany aby alagna aminazy. ²⁶Avakeo nivaolagna koa Izy hoe: "Ny fanjakagnan-Jagnahary dia karaha ôlogno araiiky magnapariaka ny ambeny amin'ny tany. ²⁷Mandry izy amin'ny aligny avakeo monjogno amin'ny marandraigny, avakeo ny ambeo dia miboaka kay maniry, fao tsy hainy hoe manankôry. ²⁸Ny tany dia mamoa amin'ny haiginy faogna: voalohany ny rantsany, avakeo ny tahaolany, avakeo ny taignany matoa akeo amin'ny tahaolany. ²⁹avakeo koafa matoa ny taignany dia tonga dia izy hagnandaifa fandidiagna, fao afa laira ny fotoam-pandidiagna. ³⁰Ary nivaolagna koa Izy hoe: "Ino moa raha azontsika ampitoviagna ny fanjakan-Jagnahary, na ino ny fagnoharagna hampiasaintsika hagnazavagna zany? ³¹Zany dia karaha ny voatsinampy lehy, koafa hafafy, dia izy no ambeo farany hely amin'ny ambeo jiaby eto ambonin'ny tany. ³²Kanaifa, koafa voapariaka zany, dia miboaka avakeo manjary giadagaidan'ny kakazo jiabay, avakeo mamoa rantsagna giaida, kay hazon'ny vôrogo magnembagna hagnamboaragna ny tragnony akeo amin'ny naranarany. ³³Ary fagnoharagna fôntry karaha zany no nagnambarany ny vaolagna tamin-jareo, araka lehy fahazahoan-jareo azy, ³⁴avakeo tsy nikoragna tamin-jareo koa tsy tamin'ny fagnoharagna Izy. Kanaifa koafa latsatôkagna Izy, dia nazavainy tamin'ny reo mpianany manaokagna ny raha jiaby. ³⁵Tamin'ny zany andro zany, koafa tonga ny aligny, dia ninainagna Izy tamin-jareo hoe: Andaiha atsika hitsaka arô an-dafirô. ³⁶Kay niala teo amin'ny reo vahoaka zareo, ninday Jesôsy niaraka tamin-jareo, koafa igny Izy, tao angatin'ny lakagna igny. Nisy lakagna hafa nandaiha niaraka taminy. ³⁷Avakeo nanomboka nisy rivotro mafy aveo daroba nanafotro ny lakagna kay afa tsoko feno rano ny lakagna. ³⁸Ary Jesôsy zeraiky nandry teo ambon'ny lakagna, tambon'ny ondagna. Ninjonin-jareo Izy, ninainagna hoe: "Mpagnanatra ô, tsy mampagnino Anao moa koa hofotay aketo atsika?" ³⁹Avakeo nonjogno Izy, dia ninainagna mafy tamin'ny rivotro, avakeo ninainagna tamin'ny ranomasigny hoe: "Mijanona! milamina! Aveo nijanogno ny rivotro, kay nisy

filaminagna be.⁴⁰ Avakeo nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Nagnino moa areo matahotro? Mboala tsy managna finoagna foagna moa areo"? ⁴¹Feno tahotro zareo kay nifampivaolagna hoe: "Zôvy moa tô, fao na dia ny rivotro ndraiky ranomasigny aby magneky Azy?"

Chapter 5

¹Tonga tagny andafirôn-dranomasigny zareo, tao amin'ny faritr'i Gerasena. ²Koafa niala tao amin'ny lakagna Jesôsy, tonga dia nisy lalahy araiky azon'ny fagnahy maloto nagnatogno Azy avy tagny amin'ny fasagna. ³Nipaitraka tagny amin'ny fasagna tô lalahy tô. Tsisy afaka nitagna azy eky, na dia tamin'ny silisily aby. ⁴Voatady mazagna tamin'ny gadra vy ndraiky silisily izy. Nitapahany reo rôjo ary potiky reo gadra vy. Tsisy nanagna ngôvo nitagna azy. ⁵Isan'aligny ndraiky isan'andro tagny amin'ny reo fasagna ndraiky tagny an-tampontanety, dia nangaikingaiky izy aveo nandratra ny hainginy tamin'ny vato marangitry. ⁶Koafa nahita Jesôsy avy lavitry izy, dia nilomoay nagnatogno Azy sady nondriky Talaohany. ⁷Ary nangaiky tamin'ny feo mafy izy hoe: "Ino moa ifandraisako aminao, ry Jesôsy, Zanaka Zagnahary Taigna Ambony? Miangavy Anao amin'ny agnaran-Jagnahary araiky faogna zaho, aza mampijaly zaho." ⁸Fao Izy nivaolagna taminy hoe: "Miboaha amin'io lalahy io, ry fagnahy maloto." ⁹Ary Izy nagnontany azy hoe: "Zôvy moa agnaragnao?" kay nivaliany hoe: "Legiona agnarako, satria maro be zahay." ¹⁰Ary nagavigny mafy Taminy lalandava izy tsy hanaora zareo agny ambailan'ny faritry. ¹¹Ary nisy andian-kisoa nihinagna tan-tanety, ¹²ary niangavy Taminy zareo, nagnano hoe: "alifaso amin'ny reo kisoa zahay; ambilao zahay hiditry amin-jareo." ¹³Kay nambailany zareo; ary niboaka reo fagnahy maloto kay nitsôfotro tamin'ny reo kisoa, aveo nilaifa tagny an-taivagna hoagny an-dranomasigny zareo, ary kisoa tôkony roa arivo no maty an-dranomasigny. ¹⁴Nilafa reo nampihinagna kisoa aveo nagnambara raha jiaby nisy tao antanàgna ndraiky tagny ambanivôhotro, ary ôlogno maro no niboaka hizaha ny raha nisy. ¹⁵Aveo zareo nandaiha amin'i Jesôsy ary hitan-jareo lehy lalahy nibidaohan'ny masantôko, lehy araiky zay nibidaohan'ny legionna, nipaitraka teo, nisikigny, ary nisy fagnahy; kay natahotra zareo. ¹⁶Reo zay nahita ny raha nisy tamin'ny lehy lalahy nibidaohan'ny masantôko dia nitantara tamin-jareo ny mahakasiky zany tamin'ny antsimpiriany, aveo koa nitantara mahakasika reo kisoa tamin-jareo. ¹⁷Dia nanomboko niangavigny Azy zareo mbô hialany eo amin'ny faritry zareo. ¹⁸Koafa hiakatra tamin'ny lakagna Izy, dia niangavy Taminy lehy lalahy nibidaohan'ny masantôko mbô hiaraka Aminy. ¹⁹Kanaifa tsy nagnambaila azy Jesôsy, fao nagnano hoe: "Mandihana môdy agny amin'ny tragnonao ndraiky fianakaviagnanao ary tantaray amin-jareo raha natan'ny Tômpo taminao, ndraiky namindrany fô taminao!" ²⁰Dia lôsogno nôdy izy aveo nanomboko nagnambara ny zava-dehibe zay natan'i Jesôsy taminy tagny Dekapolis, ary gaga ny jiaby. ²¹Ary koafa nandaiha nitsaka ndraiky Jesôsy, tamin'ny lakagna, dia igny nisy ôlogno maro taigna maro nivôry nagnodidigny Azy, koafa teo amorondranomasigny igny Izy. ²²Avakeo avy ny araiky amin-jareo mpitariky synagoga, antsôvigny hoe Jairo, koafa nahita Azy, dia niantoraka tamin'ny hogony. ²³Niangavy lalandava izy, naganano hoe: "Marary mafy afa hofoty ny zanako vaiavy. Miangavy Anao zaho, avia, avakeo apitraho aminazy ny tagnagnao mbô hahivagna izy." ²⁴Dia lôsogno niaraka taminy Izy, ary vahoaka maro no nagnaraka ndraiky nankahety nagnodidigny Azy. ²⁵Ary nisy vaiavy araiky teo voan'ny fahaveraizan-dio lava nandritran'ny roambinifolo tagno. ²⁶Sahiragna mafy izy ary afa nitety mpitsabo maro ndraiky nandany fanagangna jiaby kanaifa tsy nahivagna fao voa maika nahay nify. ²⁷Koafa naharegny reo tatitry mahakasika Jesôsy izy, dia nandaiha tafarany tao agnaty ôlogno maro izy, aveo nikasiky lambany. ²⁸Satria nivolagna izy hoe: "izikoa mikasiky lambany fogna zaho, dia hahivagna." ²⁹Koafa nikasiky Azy izy, dia nijanogno ny fahaveraizan-dio. Aveo tsapany hatragny agnatiny fa nahivagna tamin'ny aretigny izy. ³⁰Hain'i Jesôsy niaraka tamin'ny zay fao nisy hery lôsogno tamin'Azy. Nitodiky tagny amin'ny ôlogno Izy aveo nivolagna hoe: "Zôvy no nikasiky lambanaha?" ³¹Dia namaly Azy reo mpianatra hoe: Hitanao ôlogno reo maro mifanitsiditsidigny aminao reo, kay hozy Anao hoe: "Zôvy nikasiky zaho." ³²Fao ninizaha ny magôlotro Azy Jesôsy mbô hahitavany zay nagnano zany. ³³Lehy vaiavy, nahay zay raha nitranga taminazy, dia natahotro aveo nangitakitaka. Lôsogno izy avakeo niantoraka talohaka Jesôsy kay nivaolagna taminazy ny marigny jiaby. ³⁴Dia nivaolagna Jesôsy taminazy hoe: "Zanako ny finoagnanao no nampahivagna anao. Mandihana amin'ny fiadanagna ary mahivàgna amin'ny aretigny nao." ³⁵Koa mbôla nivaolagna Izy, dia avy ny ôlogno sasany avy tagny amin'ny mpitariky synagoga, nagnano hoe: "Afa maty ny zanakao. Nagnino mbôla manahiragna Mpagnanatra faogna?" ³⁶Koafa naharegny zay nivolagnin-jareo Jesôsy, dia nivaolagna Izy tamin'ny lehy mpitariky synagoga hoe: "Aza ambory, magnikaiha faogna." ³⁷Ary tsisy nambailany hiaraka Aminazy, koa tsy Petera, Jakoba, aveo Jaona, rahilahin'i Jakoba. ³⁸Tonga tagny antragnon'ny lehy mpitariky ny synagoga zareo avakeo nahita ôlogno naraisaka mafy teo izy; nitomoagny ndraiky nivolambolagna mafy zareo. ³⁹Koafa niditry ny tragnon Izy, dia nivaolagna tamin-jareo Izy hoe: Nagnino areo mivolambolagna ndraiky mitomoagny? Tsy maty ny zaza fao mandry." ⁴⁰Nimoehy Azy zareo. Kanaifa naboakany tagny ambailany zareo jiaby avakeo nangala ny babany ndraiky ninin'ny lehy zaza ndraiky reo zay niaraka taminazy, aveo nitsôfotro tao amin'ny tragnon nisy lehy zaza Izy. ⁴¹Nalainy ny tagnan'ny lehy zaza avakeo nivaolagna taminazy hoe: "Talita, Komy!" zay adika hoe: "Razazavavy, mivaolagna aminao Zaho, mitsangàna." ⁴²Niraka tamin'igany nitsangagna razazavavy, aveo nandaiha (Satria roa ambin'ny folo tagno izy). Tonga dia afa

gaga zareo. ⁴³Naraovany mafy zareo mbô tsy hisy na zôvy na zôvy hahay ny mahakasika zao. Avakeo nirahiny namiagna hanigy lehy zazavaivavy.

Chapter 6

¹Nialàny toairagna io kay nôdy an-tanindrazagnanazy Izy, aviteo nagnaraka aza aby mpianatranazy.²Izy koafa tonga ny andro Sabata, nagnampianatra tao amin'ny Synagoga Izy. Fôntry ny ôlogno nitandregny Azy salakady gaga koa zareo. Nivaolagna zareo hoe: "Mbô avy aiza eky azahoany fampianaragna magnanany?" "Avakeo mbô zôvy koa nagnamia Azy zany fahendriagny zany?" "Avakeo koa fahagagagna aby tsabony tagnagnanazy reo?"
³"Tsy ngiaha mpandrafitra igny moa io, ny araiky zanaka Marie sy ndraiky rahalahin'ny Jakoba aveo Josefa sy Jodasy avakeo Simona? Avakeo tsy miaraka amintsika eto moa rokivaviny regny? Vignitry tamin'ny Jesôsy zareo aviteo.⁴Ary nivaolagna Jesôsy tamin-jareo: "Tsisy mpagnazary tsy hamegny haja, afa tsy lehy akao amin'ny tany faviany avakeo akao amin'ny havany marikitry azy avakeo koa amin'ny fianakaviagnazy tôkagna edy." ⁵Tsy afaka magnano asa mahagaga eky izy, koa tsy famitrahantagnagna amin'ny marary vitsivitsy avakeo mampahivagna zareo.⁶Lany fagnaha amin'ny tsy finoagnan-jareo baka Izy. aviteo lôsogno nagnodidigny tanagna Izy ndehagnanatra. Aveo nagnantso zareo roa ambinifôlo lahy Izy avakeo nanomboka nagniraka zareo tsiroaroa, aveo namiany fahefagna akao amin'ny fagnaha maloto zareo,⁸avakeo nampitandrigny zareo tsy hinday raha amin'ny tany zay avy nimbon-jareo, na môfo, na sakelika, na vola amin'ny fehinkibon-jareo afa tsy tongôzo edy.
⁹Fa hagnano kiraro, avakeo ndraiky tsy hagnano ankanjo aroa.¹⁰Nivaolagna izy tamin-jareo hoe: "Na afiriagna na afiriagna aby areo hitsôfotra amin'ny tragno araiky, dia mibidoha agny fôgna areo papiky areo hôdy." ¹¹Izy koa ndraiky misy tanagna tsy mampiditry areo na mitandregny areo, izy koa fa miala ao amin'ny toairagna zany areo, dia araraho aby vovoko jiaby amin'ny tongotroareo mbô hijoroagna vavolombelogo amin-jareo."¹²Lôsogno zareo avakeo nagnambara tamin'ôlogno fa tôkony hifôgno amin'ny raha tsy manjary nataony.¹³Nandroaka masantôko fôntry zareo, ary nagnôsotro marary fôntry tamin'ny mainaka aviteo nampahivagna zareo.¹⁴Regniny Heroda mpanjaka zany, satria nanjary nalaza agnaragna Jesôsy. Ny sasany nivaolagna hoe: "Nitsangagna tamin'ny maty Jaona mpagnano batisa izy koafa nagnan'igny, dia nanjary niasa tamin'ny angôvo mahagaga zareo."¹⁵Fa ny sanany tamin-jareo ndraiky nivaolagna hoe: "Elia Izy." nivaolagna koa ny sanany hoe: "Mpagnazary Izy, tôtroto lehy araiky tamin'ny andron'ny mpagnazary taloha regny."¹⁶Izy koafa naharegny zany Heroda dia nivaolagna izy hoe: "Jaona, lehy nitapahiky lôha, no nitsangagna avy tamin'ny maty."¹⁷Fao Heroda baka nagniraka ôlogno nanambotra i Jaona aveo nagnandaifa azy tagny antragno mahizigny avy tamin'ny raharahan'ny Herodia sy (vadiny Filipo rahalahiny), satria nivadiny io vaiavy io.¹⁸Aviteo Jaona nivaolagna tamin'ny Heroda hoe: "Mifanipaka amin'ny lalâgna ny hanambadiananao vadin'ny rahalahinao."¹⁹Fao vignitra tamininazy Herodiasy kay nitsakaraka raha hamonoagna azy, kanaifa tsy afaka,²⁰satria matahotra Jaona Heroda; hainy tsarabe fao ôlogno marigny Jaona salakady feno fahamasinagna aviteo niarôvany izy. Nampanahiragn'azy ny fitandrignaizany azy, kanaifa mbaola nitandrignaizany tamin'ny haravoagna faogna izy.²¹Pehy tonga ndraiky fitsingeran'ny taogno nahatirahin'i Heroda aviteo izy nagnasa reo ôlogno maventiny, sindraiky mpifehy, aveo zareo mpitarika Galilia.²²Kay nitsôfotra tamin'ny hefitry tragno fagnasagna ny zanakavavin'i Herodiasy aveo izy nandihy hoan-jareo, kay naharavoravo Heroda sy reo vahiny nafarigny tamin'ny fihinanagna raha natany. Kay nivaolagna mpanjaka tamin'ny vaiavy io: "Angahoy aminaha raha tianao fa ameky aby."²³Ary nifanta taminazy izy nagnano hoe: "Na ino na ino raha angahonao aminaha, dia hameky anao, na sasahigny aby fanjakagnanahy."
²⁴kay niboaka izy aveo nivaolagna tamin'ny nininy hoe: "Ino mao raha tokony angahoky aminazy? Nivaolagna nininy hoe: "Talandôhan'i Jaona mpagnano batisa."²⁵koafa naharegny zany nimpody nalaky tamin'ny mpanjaka izy, kay nangaho, nivaolagna hoe: "Tiako amaizanao zaho, amin-jeo, akeo amboniny kapilany lôhan'ny Jaona mpagnano batisa."²⁶Na dia nampiasa lôha mpanjaka mafy aby zany, dia tsy afaka nitsipahiny fangatahany satria afa nagnome toky izy salakady mbaola teo aby reo vahiny nafariny tamin'ny fihinagna.²⁷Koafa zany nagniraka miaramilany araiky avy tamin'ny mpiambigny ny mpanjaka avakeo nagnamia baiko zareo izy hinday lôhany Jaona aminazy. Lôsogno mpiambigny aveo nanapaka lôhany tao antragno mahizigny.²⁸Nindesiny teo amboniny kapila ny lôhany aviteo nameny zaza vaiavy, aviteo vaiavy io ninday salakady nagnamia azy nininy.²⁹Koafa naharegny zany mpianatra nazy, homby tagny zareo ary nalaka ny nôfony kay nagnambaila zany tao am-pasagna.³⁰Nimpôdy tamin'ny jesôsy reo apostôly, aveo nitantara raha jiaby vitan-jareo tagny sy nagnanarany zareo.³¹Nivôlagna Izy tamin-jareo: "Alôho atsika andaiha antany maty hangala rairaka hely". Fa fôntry ôlogno mihirihory, aveo tsisy fotoagna hinanagna hanigny aby zareo.³²Kay lôsogno tamboniny lakagna zareo mbô handaiha agny amin'ny tany maty.³³Fao zareo nahita fao lôsogno zareo aveo fôntry ôlogna nahay zareo, aviteo niaraka nilomoay an-tongotra avy tamin'ny tanagna jiaby zareo, avakeo homby talohan'jareo.³⁴Zareo koafa tonga tamin'ny magnôlotro, dia nahita vahoaka fôntry Izy aviteo nafiraigny Azy zareo satria karaha ondry tsisy mpikôpoko regny zareo. Kay nanomboka nagnanatra raha fôntry tamin-jareo.³⁵Koafa haligny andro, nagnatogno Azy mpianatranazy reo nivaolagna hoe: "Tany maty tany misy atsika tô avakeo andro io fa marikitry aligny."³⁶kay

alifaso zareo mbô handaiha mody antanàgna magnodidigny hivagna hanigny hoanin-jareo.³⁷ Kay namaly Izy aviteo nivaolagna hoe: "Amezonareo raha hoanigny zareo." Dia nivaolagna zareo taminazy hoe: Afaka mandaiha mivanga mofo amin'ny vola roanjato moa zahay kay agnamaizanay zareo raha hoanigny? ³⁸ Dia nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Firy moa mofo anagnanareo?" Ndao zahavo "izy aviteo koafa hitany nivaolagna zareo hoe: "Mofo dimy sindraiky lako aroa." ³⁹ Aviteo nagnirako ôlogno jiaby hantotry mitsitrôkotrôko amin'ny ahitra mahitso Izy. ⁴⁰ Aviteo nantotry araka amin'ny an-tokony zareo; tokony dimampôlo ambiny zato zareo. ⁴¹ Nalainy mofo dimy sindraiky lako aroa, aviteo nizaha lagnitry Izy salakady nankasitraka aveo nagnamia mofo tamin'ny mpianatranazy mbô hagnamezan-jareo azy amin'ôlogno. Aveo lako dimy koa norasaigny tamin-jareo aby. ⁴² Nihinagana aby zareo jiaby kay voky. ⁴³ Koafa navôry lambiny mofo tsy lany tokony ho roambinifôlo garaba, nagnanjany koa lako. ⁴⁴ Nahampy dimy arivo lalahy zareo nihinagna mofo reo. ⁴⁵ koafa vitan-jareo zany nirahiny nakatra amin'ny lakagna mpianatranazy mbô hitsaina Azy andafirô, handaiha agny Betsadia, raha nagnandaifa vahoaka Izy. ⁴⁶ Zareo aviteo koafa lôsogno nakatra antampon-tanety Izy mbô hivavaka. ⁴⁷ Tonga ny aligny, ary ny lakagna fa tagnivondrano masigny, kay nanjary izy araiky faogna tantanety. ⁴⁸ Ary hitany fao taigna nijaly namily ny lakagna zareo, satria namaly zareo nafy ny rivotro. Tokony tamin'ny fotoagna fiambaisagna ny faha aifatra ny aligny nandaiha tamin-jareo Izy salakady nandaiha teo ambonin'ny ranomasigny, ary managna fikasagna handalo amin-jareo Izy. ⁴⁹ Koafa hitan-jareo nandaiha tambonin'ny ranomasigny Izy, ambory zareo satria nantan-jareo lôlô, niafatrafatra zareo, ⁵⁰ satria nahita Azy zareo salakady ambory. Ingy edy haila nivaolagna tamin-jareo Izy: "Matokisa! Fa zaha faogna tô! Aza ambory!" ⁵¹ Izy aviteo niditry tamin'ny lakagna niaraka tamin-jareo, nijanogno tsy nandrivotro eky andro. Gaga zareo aviteo. ⁵² Satria tsy azon'ny menimen-jareo hely aby ny dikany mofo. fa nahay nafy fô faogna zareo. ⁵³ Koafa tafitsaka zareo, dia tonga tao Genesareta reo kay nijanogno tao. ⁵⁴ Koafa nijotso avy tamboniny lakagna zareo, tonga dia hain'ôlogno tao, ⁵⁵ kay nilomoay nagnairany faritry jiaby zareo, aviteo nintonga ôlogno narary tamin'ny fandriagna tamin'ny tany jiaby narignaisanjareo Azy. ⁵⁶ Fao na taiza na taiza tany nimboany na tantanàgna, na tanàgna gaida, na amin'ny tanagna madiniky, dia napaitraka zareo tamin'ny banja faogna ôlogno marary. Nangavignin-jareo Izy mbô hagnambaila zareo hikasika ny rambon'ankanjony, ary fôntry zareo nikasika Azy aviteo nahivagna aby.

Chapter 7

²Ary hitan-jareo ny mpianatranazy sanany nihinagna mofo tamin'ny tagnagna maloto izany hoe tsy voasasa. ³(Fao ny Fariseho sindraiky Jiosy jiaby dia tsy mbaola mihinagna izy koa tsy avy nanasa tagnagnan-jareo, satria maganaraka fombafomban'ny reo lohôlogno.) ⁴Koafa nimpôdy avy tagny an-tsaina reo Fariseho, dia tsy mihinagana zareo raha tsy avy miseky, avakeo mitandrigny fomba fôntry hafa fatatra zareo, tôtroto ny fanasagna ny kapoaka, sindraiky famaragna, aveo fanagnanga varahigny, avakeo koa fandriagna lehy ihinanan-jareo.) ⁵Zareo Fariseho sindraiky mpanôratra lalâgna nagnontany Jesôsy hoe: "Nagnino moa mpianatrao no tsy mandaiha araka ny fomanban-jareo lôhologno, kay homagna ny môfon-jareo amin'ny tagnagna tsy voasasa?" ⁶Naifa nivaolagna Izy tamin-jareo: "Isaia naminagny tsara mikasika areo mpihatsaravelatsihy. Nosoroatany hoe: 'Tô vahoaka tô magnaja Zaho amin'ny sogniny, fa ny fônny ndraiky lavitry Zaha. ⁷Tsisy aby ny fivavahanga amaizan-jareo Zaho, izy koa maganatra ny fitsipik'ôlombelogo ho fampianaragnan-jareo.' ⁸Ambailanareo ny didin-jagnahary kay hitananareo mafy ny fômban'ôlogno. ⁹"Aviteo nivaolagna ndraiky koa Izy tamin-jareo: "Karaha akôry moa fagnarianreo didin-jagnahary mbô hitandraimanareo ny fomban-drazagnareo!" ¹⁰Nivaolagna Mosesy: 'Magnaja babanao sindraiky nininao,' aveo koa, 'Lehy mivôlagna ratsy ny babany ndraiky nininy dia ho foaty tatôbe.' ¹¹Kanaifa areo mivaolagna hoe: 'Izy koa misy lalahy araiky mivaolagna ny babany na koa nininy hoe: "Na ino na ino tianao hoazo avy aminaha dia afa korbana,"' (zany hoe: namaizagna zagnahary)– ¹²kay tsy ambailanareo hitsabo na ino na ino amin'ny babany sindraiky nininy eky izy. ¹³Magnafoagna ny tenin-jagnahary areo noho ny fomban-drazagnareo lehy nitananare. Ave raha fôntry tôkagana zany koa no tsabonareo. ¹⁴Aveo nagnantso vahoaka koa Izy kay nivaolagna tamin-jareo hoe: "Mitandrignaisa Zaha, areo jiaby, kay alaihonogno. ¹⁵Tsisy raha avy akeo vailany izay mitsôfotro akao agnantin'ôlogno kay afaka mandoto azy koafa mitsôfotro aminazy akao. Fa lehy miboaka avy akao agnantin'ôlogno no mandoto azy." ¹⁶[Ny fandikagna taigna tsara dia tsy atao akao ny andininy faha 16: Raha misy manan-tsôfigny hitandrignaisagna, aoka izy hitandregny.] ¹⁷Koafa niala teo amin'ny vahoaka Jesôsy kay nitsôfotra tao an-tragno, ny mpianatranazy nagnontany Azy mikasika lehy fagnoharagna. ¹⁸Nivaolagna Jesôsy taminy: "Areo koa moa mbaola tsy managna fahalalagna? Tsy hitanareo moa lehy jiaby mitsôfotro akao agnatin'ôlogno avy ankagny vailany tsy mandoto azy, ¹⁹satria tsy afaka mitsôfotro ao am-pôny zany fa akao agnati-bokoanazy faogna kay miboaka agny amin'ny fiboahagna?" Tamin-jany fagnambaragna zany dia nahatonga hanigny jiaby ho madio i Jesôsy. ²⁰Nivaolagna Izy: "Lehy miboaka avy akao amin'ôlogno no mandoto azy." ²¹Fao avy akao agnatin'ôlogno, avy am-pôny, no iboahan'ny saingy ratsy, ny fahavetavetagna, ny halatra, ny fomonoagn'ôlogno, ²²ny fijangajangagna, ny fagniriagna, ny haratsiam-pagnahy, ny vandy, ny fijejojejoagna, ny fialôgnagna, ny fagnambaragna vandy, ny avognavogno, ny halifahagna. ²³Zany raha ratsy jiaby zany no miboaka avy akao agnatin'ôlogno, avakeo reo no mandoto azy." ²⁴Niala teo Izy kay lôsogno nandaiha tagny amin'ny faritra Tyro sy Sidona. Nitsôfotro tan-tragno araiky Izy ary tsy tiany hain'ôlongo na zôvy na zôvy fao tao Izy, kanaifa tsy afaka nivony. ²⁵Kanaifa niaraka tamin-jany nisy vaiavy araiky, lehy nisy nisy fagnahy maloto araiky ny zanany vaiavy hely, naharegny ny aminy, avy, ary niondriky tamin-tongontroanazy. ²⁶Aveo Grika lehy vaiavy, Syro-foinika no naviany. Niangavy taminazy izy mbô hagnaboaka masantôko hibaoka amin'ny zanany vaiavy. ²⁷Nivaolagna Izy taminazy: "Tokony hamegny hanigny aloha ny zaza. Satria tsy manjary ny malaka ny mofon-jaza kay manopy azy ho amin'ny amboa." ²⁸Naifa namaly Izy kay nagnano Tamininazy hoe: "Ia, Tômpo, na amboa akao ambaniny latabatra aby mbô homagna ny lambilambiny amin'ny mofon-jaza." ²⁹Kay nivaolagna Izy taminazy: "Noho ny zany koragnanao zany, afaka mandaiha anao. Afa niboka tamin-janakao vaiavy ny masantôko." ³⁰Koafa nimpôdy tagny an-tragnony vaiavy dia nahita zaza nandry teo ambonin'ny fandriagna, ary ny masantôko afa lôsogno. ³¹Jesôsy niboaka koa niala faritry Tyro, dia nagnivaka agny Sidona bariky amin'ny Ranomasigny Galilia kay niakatra ny faritry Dekapolisy. ³²nentin-jareo taminazy ny ôlogno araiky maregnigny salakady mijaly izy koa mivaolagna, ary niangavy Azy zareo mbô hametraka tagnagna aminazy. ³³Nitonga lalahy io nitokagna niala teo amin'ny vahoaka Izy, Kay nametraka ny ratsan-tagnany tao an-tsôfiny Izy, koafa avy nandrora, dia nikasiky ny lailany. ³⁴Kay niandra lagnitry Izy, dia nintemp ka nagnano taminazy hoe: "Efata," zany hoe: "Mahivagna!" ³⁵Ary nalaky teo faogna sofignianazy dia nahivagna, ary lehy mamehy ny lailany dia ravagna aveo afaka nivaolagna soamantsara izy. ³⁶Ary Jesôsy nandraova zareo tsy hivaolagna na amin-jôvy na amin-jôvy. Kanaifa na dia naraovagna aby zareo, nahay nagnaparitaka azy mafy faogna. ³⁷Kay lany fagnaha tanteraka ny ôlogno, kay nivaolagna hoe: "Natany tsara aby ny raha jiaby. Natany maharegny aby lehy maregnigny avakeo nivôlagna lehy tsy mivaolagna."

Chapter 8

¹Tamin-jany andro zany, dia nisy vahoaka fôntry koa, ary tsisy raha hoanigny zareo. Dia nagnantso ny mpianany Jesôsy avakeo nivaolagna tamin-jareo hoe: ²"Maforaigny zaho reo vahoaka, satria afa telo andro zareo nizôhy zaho ary tsisy raha hoanigny. ³Raha alaifako môdy akagny an-tragnony dia tsy mihinagna zareo, dia mety azomafo andalagna. Ny sanany amin-jareo dia avy akagny an-tany lavitry." ⁴Namaly Azy reo mpianany hoe: "Aiza hitsakarahantsika môfo hahavôky reo vahoaka reo an-tany tsisy raha tô?" ⁵Nagnotany zareo Izy hoe: "Firy moa môfo misy aminareo?" Ninainagna zareo hoe: "Fito" ⁶Nagniraka ny vahoaka mbô hibafoka amin'ny fôtaka Izy. Nalainy ny môfo fito, dia nagnamia misaotra Izy, avakeo nitapahany reo. Namiany ny mpianany zany mbô ho rasain-jareo amin'ny vahoaka, avakeo napaitran-jareo teo alohakan'ny vahoaka zany. ⁷Ary mboala nanagna lako madiniky vitsivitsy koa zareo, koafa afavy nagnamia misaotra reo Izy, dia nagniraka reo mpianatra mbô hagnamia zany koa Izy. ⁸Dia nihinagna zareo kay vôky, aveo nalain-jareo ny lambilambiny tavaila, zay mboala nahafeno garaba fito giaida. ⁹Tôkony ho efatr'arivo teo ho eo ny ôlogno tamin'ny zany. Avakeo dia nalaifan'ny nôdy zareo. ¹⁰Tonga dia nakatra tao agnatin'ny lakagna niaraka tamin'ny reo mpianany Izy, ary nandaiha tagny amin'ny faritr'i Dalmanota zareo. ¹¹Dia niboaka reo fariseo avakeo nanomboko nimalo taminy. Nitsakaraka famantaragna avy akagny an-dangitry tamin-jareo, mbô hitsapagna Azy. ¹²Nihetsiketsika ny tarifôn'Azy avakeo nivaolagna hoe: "Nagnino moa mizaha famantaragna tô taminga tô? Naifa volagniky marigny aminareo, fa tsisy famantaragna amiagna tô taminga tô zany." ¹³Aveo dia nilahaosany zareo, nakatra tao agnatin'ny lakagna koa, avakeo niala lavitry handaiha akagny andafirô. ¹⁴Ary tsitsaroan'ny mpianatra ny ninday môfo niaraka tamin-jareo. Tsy nanagna mihoatra ny araiky zareo tao agnaty sambo. ¹⁵Dia nampitandrigny zareo Izy kay nivaolagna hoe: "Mivognôsa avakeo mangalao honondraha amin'ny lailamamin'ny reo Fariseo sindraiky lailamamin'i Heroda." ¹⁶Dia nifagnontany tainga ny mpianatra hoe: "Nohon'ny atsika tsy managna môfo zany." ¹⁷Hain'i Jesôsy zany, avakeo nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Nagnino moa amin'ny tsy fanagnagna môfo ny diniky areo? Mboala tsy azonareo moa? Mboala tsy takatrareo faogna? Nanjary donty moa ny fônareo?" ¹⁸Managna maso areo, fao tsy mahita moa? Manan-tsôfigny areo, fao tsy mitandregny moa? Tsy tsaroanareo moa? ¹⁹Koafa nanapaka môfo dimy hamiagna ôlogno dimy arivo Zaho, dia garaba firy feno lambilambiny môfo no nafômpognoareo?" Nivaolagna zareo Taminazy hoe: "Roambinifôlo." ²⁰Koafa nanapaka reo môfo fito hamiagn'ôlogno aifatr'arivo Zaho, firy garaba lambiny nafômpognoareo?" Nivaolagna zareo Taminazy hoe: "Fito." ²¹Ary novaolagna Izy hoe: "Mboala tsy hainareo faogna moa?" ²²Tonga tagny Betsaida zareo. Aveo nisy gila araiky nindessin'ôlogno Taminazy ary nangavian-jareo Jesôsy mbô hikasiky azy. ²³Nindessin'i Jesôsy tamin'ny tagnagna lehy gila, avakeo nitariky azy hiboaka ny tanàgna. Koafa nandrora teo amin'ny masony Izy avakeo nagnapaitraka ny tagnany teo aminy, dia nagnontany azy Izy hoe: "Mahita raha moa anao?" ²⁴Dia nianko lôha izy, kay nivaolagna hoe: "Mahita ôlogno karaha kakazo mandaihandaiha zaho. ²⁵"Napaitrak'i Jesôsy teo amin'ny masony koa ny tagnany, avakeo naboliakany lehy lalahy ny masony, dia nimpôdy tamin'ny laoniny ny fizahagnanazy, ary nahita mazava tsara ny raha jiaby izy. ²⁶Dia nalaifan'i Jesôsy nôdy izy avakeo nivolagniny hoe: "Aza mitsôfotro akao an-tanàgna." ²⁷Nandaiha niboaka Jesôsy sindraiky ny mpianany nandaiha tagny amin'ny tanagnan'i Kaisaria Filipo. Tagny an-dalagna dia nagnontany reo mpianany Izy hoe: "Hatan'ôlogno ho zôvy moa Zaho?" ²⁸Namaly Azy zareo kay nivaolagna hoe: "Jaona mpagnano batisa. Ny sanany mivaolagna hoe: 'Elia', avakeo ny sanany hoe: 'Araiky amin'ny reo mpagnazary.'" ²⁹Nagnontany zareo Izy hoe: "Fao areo ndraiky moa magnano Zaho Zôvy?" Dia namaly Azy Petera hoe: "Anao no Kristy." ³⁰Nampitandrigny zareo Jesôsy mbô tsy hivaolagna ny mahakasiky Azy na amin-jôvy na amin-jôvy. ³¹Nanomboko nagnampianatra zareo Izy fao tsy maintsy hijaly ny Zanak'ôlogno, ary tsy hankatoavin'ny lohandôhan'ôlogno sindraiky reo lôhan'ny mpisôrognô avakeo mpanoratra lalàgna, ary ho vonogny, kay hitsangagna amin'ny maty afaka telo andro. ³²Nambarany mazava tsara zany. Aveo nantsôvin'i Petera manginginy Jesôsy kay nanomboko ninainagna mafy Azy. ³³Naifa nitodiky Jesôsy dia nizaha reo mpianany ary avakeo ninainagna mafy an'i Petera kay nagnano hoe: "Mialà marikitry Zaho, ana masantôko! Tsy mbô misaigny ny rahan-Jagnahary anao, fa ny rahan'ôlogno." ³⁴Avakeo dia nagnantso ny vahoaka sindraiky ny mpianany niaraka Izy, ary nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Raha misy tia-hagnaraka Zaho, dia tsy maintsy mahafoy haignianazy izy, mangala ny kakazo fijaliagna, avakeo magnaraka Zaho." ³⁵Na zôvy na zôvy tia-hamomjy ny haignianazy dia hagnary zany, ary lehy magnary ny haigniny noho ny Aminaha sindraiky ny vaovao maharavoravo, dia hamonjy zany. ³⁶Fao ino ndraiky moa tombontsoa hazon'ôlogno araiky, raha mahazo tany jiaby, ary avakeo very ny haignianazy? ³⁷Ino moa raha araiky hafaka takalozan'ôlogno haignianazy? ³⁸Na vôvy na zôvy maignatra Zaho sindraiky koragnanahy aketo amin'ny tô taminga mijangajanga avakeo mpanota tô, dia ho maignatra azy koa ny Zanak'ôlogno koafa tonga akao amin'ny vogninahitry ny Baba miaraka amin'ny reo anjely masigny Izy."

Chapter 9

¹ Nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Ambarako aminareo marigny tatôbe, fao misy aminareo zay mitsangagna aketo no tsy hagnandragna zany fahafataisagna zany alôhan'ny hahitan-jareo ny fanjakan-Jagnahary zay ho avy amin'ny hery lehibe." ² Ary enigny andro tatô afara, dia nindessin'i Jesôsy niaraka taminazy Petera ndraiky Jakoba ary Jaona tagny an-tampontanety hambo, ary zareo fogna tagny. Avy eo niaova saora teo agnilan-jareo Izy. ³ Ny lambanazy niaova nangilangilatra salakady mavaza, ary taigña fôtsy, fôtsy mihoatran'ny raha nankafotsigny teto ambonin'ny tany. ⁴ Avy eo Elia ndraiky Mosesy niboaka tamin-jareo, salakady nikoragna tamin'i Jesôsy zareo. ⁵ Petera namaly kay nivolagna tamin'i Jesôsy hoe: " Mpagnanatra ô, tsara raha mitoby aketo atsika, kay andeha hagnano lay telo, ny araiky nihinao, ny araiky nihin'ny Mosesy, ary ny araiky nihin'ny Elia." ⁶ (Fao tsy hainy raha tokony ho volagniny, satria natahotro mafy zare.) ⁷ Nisy zavogno avy kay nandrakotro zareo. Ary nisy volagna niboaka avy tamin-javogno hoe : " Tô zanako tiako, mitandrignaisa Azy." ⁸ Tampoko teo, raha nizaha magnodidigny zareo, dia tsy nahita na zôvy na zôvy eky, koafa tsy Jesôsy zeraiky edy. ⁹ Koafa nandrôrognô avy tan-tampon-tanety zareo, dia nirarany mafy mbo tsy hivolambolagna na amin-jôvy na amin-jôvy ny raha hitan-jareo, koa tsy raha mitsangagna amin'ny maty edy ny Zanak'Ologno. ¹⁰ Ary dia nitanan-jareo hoan-jareo fogna zany volagna zany, kanaifa nifampagnotany zareo ny amin'ny tôkôny ho dikany zany " fitsanganagna amin'ny maty" zany. ¹¹ Nagnontany Azy zareo hoe: " Nagnino zareo mpanoratra lalâgna no magnambara fao tsy maintsy hoavy alaoha Elia?" ¹² Nivôlagna Izy tamin-jareo hoe : "Afa tonga voalohany Elia hagnarigny raha jiaby." Ary nagnino no voasoratra fao ny Zanak'Ologno dia hijaly mafy amin'ny raha maro ary hatao mitôvy amin'ologno tsisy dikany? ¹³ Kanaifa ambarako aminareo fao afa avy Elia, ary natan'ologno taminazy raha jiaby tiany fôny, araka zay afa nivolagnin'ny Soratra Masigny mahakasiky azy. ¹⁴ Koafa nimpôdy tamin'ny mpianatra zareo, dia nahita ologno maro magnodidigny zareo ary zareo mpanoratra lalâgna niady hevitra taminazy. ¹⁵ Koafa nahita Jesôsy zareo, dia gaga vahoaka jiaby ary raha igny nihazakazaka nagnatogno Azy igny zareo dia nagnamia finaritry Azy. ¹⁶ Nagnontany reo mpianany Izy hoe: "Mahakasiky ino raha hiadiavanareo hevitra amin-jareo." ¹⁷ Ary nisy araiky taminjareo vahoaka namaly Azy hoe: "Mpagnanatra ô, nindesiky aketo aminao ny zanako lalahy. Misy fagnahy maloto tsy mampivolagna azy izy. ¹⁸ Manambotro azy io kay mandavondavo azy aveo mifaotafaota izy, mihidy nify, ary nanjary mihainjagna izy. Nangavigny tamin'iregny mpianatrao zaho mbo hagnaboaka zany hiala amin'azy, kanaifa tsy vitan-jareo zany. ¹⁹ "Ary namaly zareo Izy hoe: "Oa taranaka tsy mino, manomboka afiriagna no hibidaohako eto aminareo?" manbomoka afiriagna no handifairako aminareo? Ndeso atô aminaha izy." ²⁰ Ary nindesigny teo aminy lehy zazalalahy, ary koafa nahita Jesôsy lehy fagnahy ratsy, dia nampifanintontsitogno azy zany. Lavo tamin'ny tany lehy zazalalahy aveo feno raniviny ny vavany. ²¹ Jesôsy nagnontany babany hoe: "tafiriagna nampagnantô azy?" Dia nivôlagna babany: "Nanomboko izy mbala hely. ²² Ndraikindraiky io fagnahy ratsy io nandavo azy tagny agnaty môtro na tagny agnaty rano ary nagnandragna ny hagnapotiky azy. Koa mahay magnano raha jiaby anao, dia miantrà zahay aveo ampià zahay." ²³ Jesôsy nivolagna taminazy hoe: "koa mahay anao? ²⁴ Raha jiaby dia hainy ze mino." Ary niaraka tamin-jany ny baban'ny iehy zaza dia nangaiky mafy hoe: " Mino zaho! Ampia zaho amin'ny tsy finoagnanaha! " ²⁵ Koafa hitan'i Jesôsy regny vahoaka nihazakazaka nagnatogno azy zareo, dia nivolagniny mafy lehy fagnahy ratsy nagnano hoe: "Oa fagnahy môa salakady maregnigny, mandidy anao Zaho, miboaha aminazy, ary aza mimpôdy miditra aminazy eky." ²⁶ Nangaikingaiky mafy izany kay nampifanintogno lehy zazalalahy avekeo niboaka. Mitôvy ôlogno maty lehy zazalalahy, kay maro ny nivolagna hoe: "Maty zy. ²⁷ Fao Jesôsy nalaka azy tamin'ny tagnagna kay nagnako azy, dia nitsangana lehy zazalalahy. ²⁸ Koafa niditry tantragnô Jesôsy, dia nagnontany Azy manôkagna ny mpianany hoe: "Nagnino zahay no tsy nahavoaroaka lehy fagnahy ratsy? ²⁹ Nivôlagna Izy taminjareo hoe: "Raha tôtroto regny dia tsy afaka roasigny koa tsy amin'ny alalan'ny vavaka." ³⁰ Niala teo zareo ary nandalo tagny Galilia. Tsy tiàny ho hain-jôvy na zôvy hoe taiza zareo, ³¹ fa nampianatra reo mpianany Izy. Nivôlagna Izy tamin-jare hoe : " Ny Zanak'Ologno dia hatôlotro agny antagnagnan'ologno, kay hivonon-jareo Izy. Ary koafa voavono Izy, dia hitsangagna amin'ny maty ndraiky afaka telo andro. ³² Fa tsy takatra zareo io fagnambaragna io, ary natahotro zare nagnontany Azy. ³³ Avakeo tonga tagny Kaperinaomy zareo. Koafa avy niditry tantragnô Izy dia nagnontany azy zareo hoe: "Ino raha nifampikoragnanareo tagny andâlagna?" ³⁴ Fao nangigny zareo. Satria afa niady hevitra tagny an-dalagna zareo ny amin'ny ze tegna gaida. ³⁵ Nipaitraka dia nagnantso regny aroa ambinifolo lahy niaraka Izy ary nivôlagna tamin-jareo hoe: "koa misy tehi- voaloahany, dia tsy maintsy farany amin'ny jiaby izy, ary ho andevony jiaby." ³⁶ Nangala zazahely araiky Izy aveo natany tagnivon-jareo. Nivotrovotrony tamin'ny trarany izy ary nivôlagna tamin-jareo hoe: ³⁷ "Na zôvy na zôvy mangala ny zaza tôtroto tô amin'ny agnarako, dia mangala Zaho koa, ary koa misy mangala Zaho, dia tsy mangala Zaho zeraiky izy, fa Lehy nagniraka Zaho koa. ³⁸ Nivôlagna Jaona taminazy hoe: "Mpagnanatra ô, nahita ôlogno nagnaboaka masantôko tamin'ny agnaragnao zahay aveo

nisakananay izy, satria tsy magnaraka atsika." ³⁹Fao Jesôsy nivolagna hoe: "Aza manakagna azy, fa tsisy ôlogno hagnano asa gaida amin'ny agnarako kanaifa tsy aila afaran'izay aby dia hivôlagna raha ratsy mahakasiky Zaho. ⁴⁰Na zôvy na zôvy tsy manohitry atsika dia miaraka amintsika. ⁴¹Na zôvy na zôvy magnamia anao rano airan'ny kôpy higiahiginy satria nihin'i Kristy anao, dia volagniky aminao marigny koa, fa tsy hovery ny valim-pitiavany. ⁴²Na zôvy na zôvy no manafintohiginy ny araiky amin-jareo hely mino Zaho reo, dia tsara aminazy ny agnantôgnagna vato gaida fikisôham-bary mifehy eo amin'ny ambozony ary hatsipy agny amin'ny ranomasigny. ⁴³Koa tagnagnanao no mahatonga anao ho tafintohiginy, tapaho zany. Fa tsara aminao no miditry kilemaigny agny amin'ny fiainagna, tsitôko zay managna tagnagna aroa ary handaiha agny amin'ny afobe, agny amin'ny môtro tsy manjary vonogny. ⁴⁴[Fagnamarignagna: ny fandikagna tegna tsara dia tsy maintsy ny fehefantenany agny amin'ny andininy faha 44 ndraiky faha 46: "Zay tsy maty lehibe ny kankan-jareo ary ny môtro tsy hifoaty barikidintany."]⁴⁵Koa hongotroa no manafintohiginy anao, tapaho zany. Tsaratsara aminao ny miditry misy antsa agny amin'ny fiainagna tsitôko managna hongotro aroa ary hariagna agny amin'ny ofobe. ⁴⁶[Zahao ny fagnamarignagna agny amin'ny andininy faha 44]⁴⁷Koa masona no mahafintohiginy anao, alao agny zany. Tsara aminao no miditry ny fanjakagnan-Jagnahary miaraka amin'ny maso araiky tsitôko maso aroa ary hariagna agny amin'ny afobe, ⁴⁸agny amin'ny toairagna zay tsy mahafaty ny kankan-jareo, ary ny môtro tsy manjary vonogny. ⁴⁹Fao ôlogno jiaby dia samby ho voasira amin'ny môtro, ⁵⁰Tsara ny sira, fao raha ny sira manjary matsatso, manakôry no ahafanao mampasira azy ndraiky? Asiavo sira ao aminareo, aveo mihavagna amin'ny tseraikiraiky aby."

Chapter 10

¹Niala teo amin'ny zany toeragna zany Jesôsy, avy eo nandaiha tagny amin'ny faritr'i Jodia ndraiky tagny amin'ny faritra ambanin'ny reniranon'i Jordana, avy eo nandaiha taminazy ndraiky ny vahaoka. Ary araka ny fatany, dia nampianatra zareo ndraiky Izy. ²Aveo nagnontany Azy zareo fariseo mbô hitsapa Azy kay nagnontany hoe: "Ara-dàlagna amin'ny lalahy moa misaraka amin'ny vadiny?" ³Namaly Izy hoe: "Ino moa raha nandidian'i Mosesy areo?" ⁴Nivolagna zareo hoe: "Mosesy dia nagnambela lalahy araiky hanoratra taratasy fagnamarinagna fisaraham-panambadiagna ary nandaifa azy aveo." ⁵Nivolagna Jesôsy tamin-jareo hoe: "Nohony hamafisany fônareo no nanoratany aminareo zany lalagna zany." ⁶Fao tagny ampiandohagnan'ny famoraonagna, 'Zagnahary nagnano zareo lalahy ndraiky vaiavy.' ⁷Amin-jany antony zany dia hiala ny Babany ndraiky Nininy ny lalahy kay hikambagna amin'ny vadiny, ⁸aveo hanjary nôfotro araiky zareo roa. "Kay tsy ho araiky eky zareo fao ho nôfotro araiky faogna. ⁹Kay zay nakamban-Jagnahary, dia tsy tôkony ho sarahin'ôlombelogo." ¹⁰Raha afa tantragny zareo, dia mbola nagnampôdy nagnontany mahakasika zany ndraiky reo mpianatra. ¹¹Nivolagna Izy tamin-jareo hoe: "Na zôvy na zôvy lalahy misaraka amin'ny vadiny kay mampakatra vaiavy hafa dia mijanganjanga. ¹²Raha misaraka amin'ny vadiny ny vaiavy kay manambady lalahy hafa, dia mijanganjanga izy." ¹³Aveo zareo dia nitondra ny zanaka zareo tamin'Azy mbô hampitrahagna tagnagna, fao nasiahan'ny mpianatra zareo. ¹⁴Fa raha hain'i Jesôsy zany, dia vingitry mafy Izy kay nivolagna tamin-jareo hoe: "Ambilao ny zaza hagnatogno zaho, aveo aza sakanagna zareo, fao ny fanjakan-Jagnahary dia amin-jareo mitôvy zareo." ¹⁵Volagniko aminareo marigny koa: na zôvy na zôvy tsy mandray ny fanjakan-Jagnahary mitôvy ny gamadiniky dia tsy hitsôfotro amin' zany velively. ¹⁶Aveo dia nivotrovotrony reo zaza reo kay notsofony rano salakady namitrahany tagnagna. ¹⁷Aveo raha nanomboka nandaiha Izy, dia nisy lalahy nihazakazaka kay nandongoalitra talohany, ary nagnontany hoe: "Oa Mpagnanatra tsara, ino raha tôkony atako mbô handovàko ny fianagna bariky ditany?" ¹⁸Jesôsy nivolagna hoe: "Nagnino moa antsôvinao hoe tsara Zaho? tsisy raha tsara, kô tsy Zagnahary araiky fôgna. ¹⁹Hainao ny didy hoe: 'Aza mamono ôlogno, aza mijanganjanga, aza mangalatra, Aza mijoro ho vavolombelogo tsy marigny, aza mavady, hajay ny Babanao ndraiky Nininao.'" ²⁰Nivolagna lehy lalahy hoe: "Mpagnanatra ô, afa narahiko nanomboka tamin'ny fahatanorako jiaby zareo jiaby reo." ²¹Nizaha azy jesôsy dia tia azy. Ary nivolagna Izy taminy hoe: "Misy raha tsy feno araiky aminao. Tsy maintsy avidinao zay raha jiaby anagnanao, aveo amiazao ny mijaly zany, dia hanagna hariagna agny andangitry anao. Aveo, mizohià zaho." ²²Fa nohony zany fagnambaragna zany dia nalahelo izy kay nandaiha nangahiahy, satria nanankariagna maro izy. ²³Nizaha ny magnodidigny Azy Jesôsy aveo nivolagna tamin-jareo mpianany hoe: "Tainga sarotro ho amin'areo manankariagna ny mitsôfotro amin'ny fajakan-Jagnahary!" ²⁴Dia gaga tamin'ny teniny reo mpianatra. Nivolagna ndraiky Jesôsy tamin-jareo hoe: "Zanako, sarotro ny fitsofaoragna ao amin'ny fajakan-Jagnahary!" ²⁵Moramora amin-dramaiva ny miditry amin'ny vodim-panjaitry tsy tôko hidiran'ny mpanankariagna ao amin'ny fanjakan-Jagnahary." ²⁶ok ²⁶Dia mbola gaga ndraiky ny mpianatra aveo dia nifagnontany zareo hoe: "Zôvy zany no mety havaotagna?" ²⁷Nizaha zareo Jesôsy kay nivaolagna Izy hoe: "Tsy haifan'ôlogno zany, fao vitan-jagnahary. Satria ny raha jiaby dia hain-jagnahary tsabôgny." ²⁸Dia nanomboka nivaolagna taminy i Petera hoe: "Zahavo, zahay jiaby dia nahafy ny raha jiaby aveo nagnaraka Anao." ²⁹Ary nivaolagna Jesôsy: "Ambarako marigny aminareo, tsisy ôlogno zay niala ny tragnony, na ny rahalahiny, na ny rahavaviny, na ny nininy, na ny babany, na ny zanany, na ny taniny avy aminaha, sindraiky vaovao maharavo, 30 kay tsy nahazo amboniny zato heny amin'izao taonjato avaiho zao: dia tragno, rahalahy, rahavavy, niny, zanaka, sy tany, miaraka amin'ny fagnenjahagna, ary amin'taonjato ho avy, dia fiainagna bariki ditany. 31 Fao maro ny voalohany no hanjary farany, ary ny farany hanjary ho voalohany." ³²Tagny an-dalagna zareo, hakatra akagny Jerosaleme, ary Jesôsy nandaiha talohaka zareo. Gaga zareo mpianatra, ary zareo zay nagnaraka Azy tafara dia natahotro. Nantsovin'ny Jesôsy handaiha Aminy ndraiky zareo aroa ambinifolo aveo dia nanomboka nagnambara raha hihiatra Aminazy tsy ho aila Izy. ³³"Zahavo, miakatra handaiha akagny Jerosalema atsika zeo io, ary ny Zanak'Ologno dia atolotro ny mpisoronabe ndraiky ny mpanoratra lalagna. Ho helohin-jareo ho foaty Izy aveo hatolony jentilisa. 34 Zareo dia hagnaratsy Azy, handrora Azy, hamboko Azy, ndraiky hamono Azy. Fao afaka telo andro dia hitsangagna amin'ny maty Izy." ³⁵Jakoba ndraiky Jaona, zanak'i Zebedio, nagnatogno Azy ary nivolagna hoe: "Mpagnanatra ô, mbo tiàny raha mbo atanao zay raha jiaby angahonay aminao." ³⁶Dia nivolagna Izy tamin-jareo hoe: "Ino no tiànareo ho atako aminareo?" ³⁷Nivolagna zareo hoe: "Ambilao zahay hiara-hipaitraka aminao akao amin'ny vogninahitriaio, kay ny araiky akeo an-tagnagna ankaherinao aveo ny araiky akeo ankavianao." ³⁸Fao Jesôsy namaly zareo hoe: "Tsy hainareo zay angahonareo. Areo moa afaka mihiaka amin'ny kapoaka zay higiahako na hiaritry hatao batisa amin'ny zay hanaovagna batisa Zaho." ³⁹Nivolagna zareo Taminazy hoe: "Vitanay zany." Ary nivolagna tamin-jareo Jesôsy hoe: "Ny kapoaka zay higiahako, dia higiahanao, ary amin'ny batisa zay hanaovam-batisa Zaho, ni hanaovam-batisa areo koa. ⁴⁰Fao

zay hipairaka akeo an-tagnagna ankaherinaha na akeo ankavianaha ndraiky dia tsy miankigny aminaha zany, fao zany dia hoan-jareo zay nagnomagna zany.⁴¹ Koafa naharegny ny mahakasiky zany zareo mpianatra folo hafa, dia nanomboko vingitry mafy tamin'i Jakoba ndraiky Jaona.⁴² Nantsovin'i Jesôsy handaiha aminanazy zareo ary nivolagna hoe: "Hainareo fao zareo zay antenaiginy ho mpanapaky ny Jentilisa dia mampanompo zareo, aveo ny lehibe mpifehy zareo dia magnampatra fahefagna amin-jareo."⁴³ Fa tsy tôkony hagnan-jany ny aminareo. Fao na zôvy na zôvy magniry ho lehibe aminareo dia aoka izy ho mpanomponareo,⁴⁴ ary na zôvy na zôvy no magniry ho voalohany aminareo dia aoka izy ho andevonarreo jiaby.⁴⁵ Fao ny Zanak'Ologno tsy avy mbo hitompogny, fa mbo hanompo, ndraiky hanolotro ny aigniny ho takalon'aiginy ho an'ny maro.⁴⁶ Homby tao Jeriko zareo. Koafa nihoaka ny tanàgna niaraka tamin'ny mpianany ndraiky vahoaka marobe Izy, ny zanak'i TImeo, Bartolomeo zay mpangaho salakady gila, nantotry teo amoron-dalàlagna.⁴⁷ Koafa naharegny izy fao Jesôsy avy agny Nazareta zany, dia nanomboko nangaikingaiky mafy izy salakady nivolagna hoe: "Ry Jesôsy, Zanak'i Davida ô, mamindra fô aminaha!"⁴⁸ Maro no nivolagna mafy lehy gila, nivolagna taminy mbô hangiginy. Fa vao maika izy nangaiky mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida ô, mamindra fô aminaha!"⁴⁹ Nijanogno Jesôsy aveo nampagnantso azy. Nantsovin-jareo lehy gila, aveo nivolagniny hoe: "Maharaiza! Mitsangàna! Magnantso anao Izy."⁵⁰ Nariany ny saimbony, aveo nitsangagna, kay nandaiha tamin'i Jesôsy izy.⁵¹ Dia namaly azy Jesôsy aveo nivaolagna hoe: "Ino no tiànao atako aminao?" Nivaolagna lay lalahy gila hoe: "Mpagnanatra ô, te-hahita zaho."⁵² Ary nivaolagna Jesôsy taminazy hoe: "Mandihiana. Ny finoagnanao no nagnavotro anao." Dia nahita niaraka tamin'iginy ny masony, ary nizohy an'i Jesôsy tagny an-dalàgna izy.

Chapter 11

¹Ary koafa nandaiha tagny Jerosalema zareo, dia narikitry an'i Betifaga ndraiky Betania, agny an-tampon-tanety Oliva, ary Jesôsy nagniraka aroa tamin-jareo mpianany 2 salakady nivaolagna tamin-jareo hoe: "Mandihiana amin'ny rô tanagna hely marikitra atsika rô. Izy koa tafatsôfotro akao areo, dia hahita zana-boriky araiky mbala tsy nitikignan'ologno. Vahao izy dia ndeso atô aminaha. 3 Izikoa misy ologno mivaolagna aminaremo hoe: "Nagnino areo no magnano zao? " Dia atôvo hoe: " Misy ilan'ny Tompo azy dia hampodiny malaky atô izy."⁴Nandaiha niboaka zareo dia nahita zana-boriky araiky nirôhy ake ambailan'ny tragno ankilan'ny tamiagna araiky akeo magnôlo-dalâlagna, ary nivotsôran-jareo ny tadinazy.⁵ Nisy ologno sasany nitsangagna teo salakady nivaolagna tamin-jareo hoe: "Ino tôle atanareo, mamaha io zana-boriky io? "⁶"Dia nambarany zareo ny vaolagnan'i Jesôsy tamin-jareo, ary navailan'ny ologno nandaiha amin'ny lalany zareo.⁷ Ary nindessin-jareo mpianatra aroa lahy teo amin'ny Jesôsy ny zana-boriky dia natany teo agnambon'ny zany ny lamban-jareo kay afaka nitikigny azy Jesôsy. ⁸Fôntry ny ôlogno namailatra ny lambany tagny an-dalagna, ary sasany ndraiky namailatra rantsan-kakazo zay nitapatapahagna avy tagny an-tsaha. ⁹Zareo zay nandaihateo alohany ndraiky zareo nagnaraka Azy nagnantsognantso hoe: "Hosana! Deraigny lehy araiky avy amin'ny agnaragnan'ny Tompo. ¹⁰Deraigny ny fanjakagna ho avin'i Davida babantsika! Hosana agny amin'ny taigana ambony "¹¹Aveo Jesôsy nitsôfotro tao Jerosalema kay nandaiha an-kianjan'ny tempoly ary nizahazaha raha jiaby. Ary afa nahai- ariva ny andro, dia nagnano diabe nandaiha tagny Betania Izy ndraiky zareo aroa ambinifolo lahy. ¹²Ny andro fagnaraka, koafa nimpody avy agny Betania zareo, dia tihinagna Izy.¹³ Ary nahita kakazon'aviavy misiraviny avy tarô laidavivity, dia nagnatogno Izy hizaha raha misy taigany taminazy, ary koafa nandaiha tamin'izany Izy, dia tsy nahita na ino na ino koa tsiraha raviny edy, fao tsy mbala fotoagna famoazan'ny aviavy tamin'io. ¹⁴Ary Izy nivolagna tamin-jany hoe: "Tsisy hihinagna ny taigany avy aminao eky barikidintany." Ary ny mpianany naharegny zany. ¹⁵Nandaiha agny Jerosalema zareo, ary nitsôfotro tao an-kianjan'ny tempoly Izy ary nantomboko nandroaka ny ampivarotro ndraiky ny ampivanga jiaby tao. Nalavony ny latabatr'ireo mpanakalo vola ndraiky ny sezin-jareo mpandafo pizigny. ¹⁶Tsy nagnambaila na zôvy na zôvy nitondra raha zay manjary alafo hitsôfotro ny kianjan'ny tempoly Izy.¹⁷ Dia nampianatra zareo Izy kay nivolagna hoe: "Tsy afa voasoratra moa hoe: " Ny tragnonaha dia hantsovigny hoe tragno fivavahagna ho an'ny firenena jiaby? Naifa natanareo ho tragno fivorian'ny mpangalatra." ¹⁸Regnin-jareo lohan'ny mpisôrognô ndraiky zareo mpanoratra lalâgna zay nivolagniny, dia nizaha fomba hamonoagna Azy zareo. Fao natahotro Azy zareo satria ny vahoaka jiaby dia gaga tamin'ny fampianarany. ¹⁹Koafa havy ny hariva, dia niala ny tanâgna zareo.²⁰ Koafa nandaiha zareo ny maraindraigny, dia nahita lehy kakazon'aviavy nalazo hatramin'ny vahany. ²¹Ary Petera nahatsaro kay nivolagna hoe: "Mpagnanatra ô, Nalazo lehy aviavy nihizôgninao."²² Jesôsy namaly zareo hoe: "Manâgna finoagna an-Jagnahary. ²³Volagniky aminareo marigny tatôboe fao na zôvy na zôvy mivaolagana amin'ny tôle tampon-tanety tôle hoe; "Mitsangâna kay milavoa agny an-dranomasigny, koa tsisy fisalasalagna ao am-pôny fao mankatô fa hitranga aminy zay nambarany, dia karaha zany no hatan-Jagnahary.²⁴ Noho zany Zaho mivaolagna aminareo hoe: "Zay raha jiaby hivavahanareo ndraiky angahonareo, matokisa fao afa nahazo zany areo, dia ho azonareo zany. ²⁵ Koafa mitsangagna ndraiky mivavaka areo, dia tsy maintsy nagnambaila zay alahelo jiaby anagnanareo amin-jôvy na amin-jôvy areo, mbô ho ambailan'ny Babanareo Zay agny an-dangitry ihany koa ny fahotagnanareo. ²⁶ [Fagnamariahagna: Ny fandikagna taigana tsara dia tsy magnano ny hoe (Zahavo ao amin'ny Mat.16: 15) MK. 11: 26 Koafa tsy mamotsotro heloka kosa areo, dia tsy hamôtsotro fahotagnanareo faogana eky ny Babanareo Zay agny an- dangitry."]²⁷ Dia niakatra hankagny Jerosalema ndraiky zareo. Ary koafa nandaihandaiha tao an-kianjan'ny tempoly Jesôsy, dia havy nagnatogno Azy lohandohan'ny mpisôrona, ny mpanoratra lalâgna, aveo zareo sojabe.²⁸ Nivolagna zareo taminy hoe: "Fahefagna avy aiza moa hagnanaovanao regny raha egny, aveo zôvy moa nagnamia nagnamia Anao fahefagna hagnano regny?"²⁹ Jesôsy nivolagna tamin-jareo hoe: "Hagnapaitraka fagnontaniagna araiky aminareo Zaho. Volagno Aminaha dia hambarako areo hoe fahefagna avy aiza moa anaovako regny raha regny. ³⁰Ny batisan'i Jaona, avy agny an-dangitry moa zany asa avy amin'ny ôlogno? Valia zaho."³¹ Nifampandiniky miaraka zareo sady nimalo ndraiky nivolagna hoe: "Koa valian-tsika hoe: "Avy agny an-dangitry, dia hivaolagna Izy hoe: "Fa nagnino ary moa tsy nankatô azy areo?"³² "Izy koa mamaly atsika hoe: "Avy amin'ny ôlogno,....." Natahotro ny ôlogno zareo, satria resy lahatra ny ôlogno jiaby fao Jaona mpagnazary tatôbe.³³ Avy eo namaly an'i Jesôsy zareo kay nagnano hoe: "Tsy hainay." Dia nivaolagna Jesôsy tamin-jareo hoe: "Zaho tôle koa tsy nagnambara aminareo hoe fahefagna avy aiza no hagnanaovako regny raha regny."

Chapter 12

¹Nanomboka nampianatra zareo tamin'ny fagnoharagna Jeôsy. Nivaolagna Izy hoe: "Nisy lalahy nagnano tanim-boaloboka, nasiany vala magnodidigny zany, aveo, nagady famiazagna. Nanangagna tilikambo izy avakeo nampagnaofa lehy tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka. Dia niala nadaiha lavitry izy aviteo.

²Tamin'ny fotoagna manjary, dia nagniraka mpanompo andaiha amin'ny lehy mpamboly voaloboka izy mbô hangala amin-jareo zay tôkony ho anjarany amin'ny vokatra lehy tanimboaloboka. ³Fao nisamborin-jareo izy, nipopohiny, avakeo niroahigny tsy hinday na ino na ino. ⁴Nagniraka mpanompo hafa handaiha amin-jareo ndraiky izy, aveo nivakin-jareo tamin'ny lohany avakeo nalainy baraka. ⁵Dia mbôla nagnandaifa hafa koa izy, ary nivonon-jareo io araiky io. Natan-jareo hotry zany reo maro hafa, nipopohigny ny sasany avakeo nivonogy reo hafa. ⁶Mbôla nanagna ôlogno araiky hafa hirahigny izy, dia zanaka tiany. Izy no farany nalaifany tagny amin-jareo. Nivaolagna izy hoe: Mbô hagnaja ny zanako lahy zareo." ⁷Kanaifa nifampivolagna zareo mpamboly voaloboka hoe: "Tô lehy mpandaova. Avia, alô hivonontsika izy, dia hohazontsika ny laova." ⁸Nisamborin-jareo izy, dia novonoiny, ary natsipiny tagny ambailan'ny tanim-boaloboka. ⁹Kay, ino ary no hatan'ny lehy tômpo'ny tanim-boaloboka? Ho avy izy handringagna reo mpamboly voaloboka ary hagnomia ny tanim-boaloboka amin'ny hafa. ¹⁰Tsy nivakinareo moa zao Soratra Masigny zao? 'Ny vato zay nilavin'ny mpagnorin-tragno, no natao vato fehizoro. ¹¹Avy tamin'ny Tômpo zany, ary mahagaga akeo ankilantsika." ¹²Nizaha ny hanambaoragna Jesôsy zareo, kanaifa natahotra vahoaka, satria hain-jareo fao hanohairagna zareo no nivolagnany zany fagnoragna zany. Kay navailan-jareo Izy ary lôsogno nandaiha zareo. ¹³Dia nagniraka fariseo ndraiky Herodiana sasany handaiha Aminazy mbô hamandriky Azy amin'ny vaolagna zareo. ¹⁴Koafa avy zareo, dia nivaolagna zareo taminy hoe: "Mpagnanatra ô, hainay fao tsy mikônty hevitrin'ny ôlogno Anao, avakeo tsy mizaha fiangaragna eo amin'ny ôlogno. Mampagnatra marigny ny lalan-Jagnahary Anao. Ara-dalàgna moa sa tsia ny magnaifa haitra amin'i Kaisara? Tôkony hagnaifa haitra moa zahay sa tsia?" ¹⁵Fao hain'i Jesôsy ny fiatsarambelatsihin-jareo kay nivolagna Izy tamin-jareo hoe: Nagnino moa areo mitsapa Zaho? Itongoaso denaria araiky Zaho mbô hizahavako zany." ¹⁶Dia niotongoasan-jareo vola ariky Jesôsy. Nivolagna Izy tamin-jareo hoe: "Soran-jôvy tô sary ndraiky soratra tô?" Nivolagna zareo hoe: "Nihiny Kaisara." ¹⁷Nivolagna Jesôsy hoe: "Amiazo Kaisara zay nihin'i kaisara, ary amiazo Zagnary zay an-Jagnahary." Dia gaga taminazy zareo. ¹⁸Avakeo reo Sadoseo, zay mivaolagna fao tsisy fitsanganagna amin'ny maty, dia tonga taminazy. Nagnontany Azy zareo, nagnano hoe: ¹⁹"Mpaagnanatra ô, nanaoratra zao taminay Mosesy hoe: 'Iziko maty ny rahalahin'ny lalahy araiky avakeo nagnambaila vady izy, kanaifa tsy mbô nanan-janaka, tôkony manambady lehy vadiny rahalahiny lehy lalahy, kay hanagna taminga ho an'ny rahalahiny.'" ²⁰Nisy fito mirahalahy, nanabady lehy voalohany aveo maty, tsy nagnambaila taminga. ²¹Avakeo nangala azy ny faharoa dia maty, tsy nagnambaila taminga, dia mitôvy amin'zany koa lehy fahatelo. ²²Tsisy nagnambaila taminga izy fito. Lehy tainga farany, maty koa lehy ramotoa. ²³Amin'ny fitsanganagna amin'ny maty, koafa hitsangagna ndraiky zareo, dia ho vadin-jôvy izy? Satria samby nanambady azy jiaby izy fito mirahalahy." ²⁴Ary nivaolagna Jesôsy hoe: "Tsy zany moa no antony mahadiso hevitra areo, satria tsy hainareo na ny Soratra Masigny na ny herin-Jagnahary?" ²⁵Satria raha mitsangagna amin'ny maty zareo, dia tsy hanambady na hatôlotro amin'ny fanambadiagna, fao mitôvy ny anjely agny andangitry. ²⁶Fao mahakasika ny amin'ny fitsanganana'ny tainga amin'ny maty, tsy nivakinareo moa ny tao amin'ny bokin'i Mosesy, ao amin'ny andalagna mahakasika lehy voaroy, ny nikoragnan-Jagnahary taminazy kay nivolagnany hoe: 'Zaho no Zagnaharin'i Abrahama ndraiky Zagnahan'i Isaka avakeo Zagnaharin'i Jakoba?' ²⁷Izy dia tsy Zagnaharin'ny maty, fao nihin'ny velogno. Somary diso hevitra areo." ²⁸Nisy araiky tamin-jareo mpanaoratra lalàgna havy ary naharegny koragnan-jareo; hitany fa nivalian'i Jesôsy tsara zareo. Aveo nagnontany izy hoe: "Ino no didy tainga gaida amin'izy jiaby?" ²⁹Jesôsy namaly hoe: "Ny tegna gaida dia ny hoe: 'Mitandrignaisa, ny Tômpo Zagnaharintsika, ry Israely, araiky ny Tômpo. ³⁰Tsy maintsy mankatia ny Tômpo Zagnaharinao amin'ny fonao jiaby anao, amin'ny fagnahinao jiaby, amin'ny saigninao jiaby, avakeo amin'ny angôvonao jiaby. ³¹Tô no didy faharoa: 'Tsy maintsy mankatia ny namanao mitôvy ny hainginao anao.' Tsisy didy hafa gaida mihoatra ankoatran'ny reo.'" ³²Ninainagna lehy mpanaoratra lalàgna hoe: "Tsara zany, Mpagnanatra! Voambaranao marigny fao Zagnahary dia araiky, avakeo tsisy ankoatran'ny Izy. ³³Ary ny mankatia Azy amin'ny fo jiaby ndraiky amin'ny saigny jiaby avakeo ny angôvo jiaby, avakeo mankatia ny namagna mitôvy amin'ny haigny, dia tsara mandilatra ny fagnatitry roagna jiaby." ³⁴Koafa hitan'i Jesôsy fa nagnamia valin-teny hendry izy, dia nivolagna taminy Izy hoe: "Tsy lavitry ny fanjakan-Jagnahary anao." Aveo tafaran'ny zany, dia tsisy ôlogno nahasaiky nagnapaitraka fagnontaniagna tamin'i Jesôsy eky. ³⁵Namaly Jesôsy, raha nampianatra tao amin'ny tempoly Izy; Dia ninainagna Izy hoe: "Manankôry moa ivolagnan'ny mpanoratra lalàgna fao Kristy dia zanak'i Davida?" ³⁶Davida hainginy, tamin'ny Fagnahy Masigny, nagnano hoe: 'Ny tômpo nivaolagna tamin'ny Tompoko hoe: mipitraha akeo an-tanako ankahery, mandram-

panaovako ny fahavalonao ho fitoeran-tongotroa.' ³⁷ Davida haiginy aby nagnantso Azy hoe: 'Tompoko', kay ino maha zanaka'i Davida an'i Kristy?" Nitandregny Azy tamink-aravoagna reo vahoaka maro be. ³⁸ Tamin'ny fagnanaragna Jesôsy dia nivaolagna hoe: "Mitandraima amin-jareo mpanoratra lalàgna, zay tia mandaiha amin'ny ankanjo lava ary tian-jareo ny fiarahabagna azon-jareo agny an-tsaina ³⁹ ary tian-jareo ny mahazo sezy alaohaka agny amin'ny synagoga ndraiky toeragna alaohaka agny amin'ny fety. ⁴⁰ Mandroba ny tranon-jareo mpitondran-taigna zareo, avakeo magnano vavaka lava be mbô ho hitan'ôlogno. Reo lalahy reo dia hahazo fagnamelohagna gaidagaida. ⁴¹ Aveo Jesôsy nidôko fanan-jôko ny vatan-drakitra tao amin'ny faritry ny tempoly; nizaha reo ôlogno jiaby zay nandatsaka vola tao amin'ny vatandrakitra. Mpanakariagna maro no nandatsaka vola fôntry. ⁴² Dia nisy vaiavy mijaly mpitodrataigna araiky avy nandatsaka farantsahely aroa, zay hely ventimbary aroa ohoarigny amin'ny iraimbilanja. ⁴³ Dia nantsôviny reo mpianany avakeo ninainagna Izy tamin-jareo hoe: "Ambarako areo taigna marigny, fao tô vaiavy mijaly mitomdra taigna tô no nandatsaka maro mandilatra ny ôlogno zay nandatsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra. ⁴⁴ Satria ny jiaby dia namiany tamin'ny fanagnam-ben-jareo. Fao tô mpitondrataigna tô ndraiky, tamin'ny fijaliany, dia nandatsaka vola jiaby zay tôkony hivilaomany tao."

Chapter 13

¹Koafa niala tao amin'ny kianjan'ny tempoly jesôsy, nivaolagna tamin'ny araiky tamin'ny mpianatranazy hoe: "Oa mpagnanatra, zahavo hatsarany vato ndraiky hatsaragnan'ny fagnamboaragna!"²Nivoalana izy tamin'ny hoe: "Hitanao moa rafitry gaida aby reto? Tsisy hambailla hifampitikiginy zareo reo na dia araika aza kay tsy haravagna."³Koafa nantotry teo amin'ny an-tampontanetin'Oliva mifagnitsin'ny fiangonagna Izy, kay nagnontany Azy mangangiginy Petera, Jakoba, Jaona avakeo Andrea hoe: ⁴"Volagno aminay, afiriagna moa tonga zany raha jiaby zany? Avakeo ino raha tôkony hahazizana izy koafa havy akeo raha zany?"⁵Aviteo Jesôsy nanomboko nivaolagna tamin-jareo hoe: "Mangalao honondraha areo mbo tsisy ôlogna afaka hameziginy lalagn'areo."⁶Satria fôntry ôlogno ho avy amin'ny agnaragnanaha avakeo hivôlagna hoe: "Zaho no izy" Aveo fôntry ôlogno voafandrikianazy.⁷Koafa maharegny ady ndraiky koragna maro mahakasika ady areo, dia aza misalasala; satria raha tsy maintsy hiboaka reo kanaifa mbaola tsy farandro ndraiky.⁸Fao hoisy firenena hitsangagna hagnakorontagna firenena, avakeo fanjakagna hitsangagna hiady fanjakagna. Aveo hoisy horohoron-tany amin'ny toeragna maro, salakady avy koa ny tihinagna. Zany no fiantombohan'ny fitairahagna.⁹Mitandraima areo. Halaifan-jareo aminy Synedriona areo, aveo ho popohin-jareo akao amin'ny Synagoga. Hintsangagna alohaka mpanapaka sindraiky mpanjaka areo noho ny avy aminaha, mbô ho tomoa amin-jareo areo.¹⁰Fao vaovao maha-ravoravo tsy maintsy ambara magnairan-tany aloha.¹¹Koafa manambotro ndraiky magnandaifa areo zareo, aza ambory amin'ny raha tokony volagninareo. Fao amin'ny fotoagna igny, hamiagna areo aby raha jiaby tôkony volagninareo; tsy areo aby hivaolagna, fao Fagnahy Masigny.¹²Ny rahalahy hagnamia rahalahiny ho vonogny, aveo baba hagnamia zanany. Zanaka hitsagna hamaly babany sindraiky nininy kay hahafaty zareo.¹³Tsy ho tian'ôlogno jiaby areo noho ny avy amin'ny agnaragnanaha. Fao na zôvy na zôvy ndraiky mahadiginy bariky amin'ny farany, dia ho vonjegny zany ôlogno zany.¹⁴Fao raha hitanareo mitsangagna akeo amin'ny tsy tôkony hitsanganany ny fahavaitavaitagna fandravagna (tôkony handiniky lehy mamaky), avakeo ny ôlogno avy agny Jodia jiaby hilaifa agny an-tampontanety,¹⁵lehy akao an-tafon-tragno ndraiky tôkony tsy hirôrognô akao amin'ny tragno na hagnaboaka raha avy akao amin'izany,¹⁶avakeo lehy agnatiala tôkony tsy himpôdy hangala lambany.¹⁷Lozanareo vaiavy bikibo sindraiky mampinono amin-jany andro zany!¹⁸Mivavaha areo mbô tsy ho amin'ny ririgniginy hiboahan'izany,¹⁹Fao hisy fijaliagna gaida, raha mbaola tsary nisy letry talôhaka tagny, koafa namôrognô raha jiaby Zagnahary, kay bariky amin-jeo, tsia, ary bariky dintany tsy hoisy eky zany.²⁰Izy koa tsy nagnahagnany tômpo edy andro zany, dia tsy hisy nôfotro ho voahavotro. Fao nohon'ny ôlom-boafidy, lehy nifidiny, dia nahoheziny isan'izany andro zany.²¹Izy koa misy ôlogno mivaolagna aminao hoe: "Zahavo, atô lehy kristy!" na koa hoe: "Zahavo, arôho Izy!" dia aza magneky zany.²²Fao hisy Kristy sandoko sindraiky mpagnazary sandoko hiboaka, avakeo hagnambara famataragna sindraiky fahagagagna, mbô hamitahagna, na ôlom-boafidy aza, raha manjary. Mivognosa! Satria fao nambarako areo rango taloha ny²³ fotognany reo raha jiaby reo.²⁴Naifa afaran'ny favoazagna reo andro reo, dia hahay mahiziginy ny masôva, ny davôlagna tsy hagnamia hazavagna,²⁵aveo lakintagna hiaraka avy agny amin'ny lagnitry, aveo koa angôvo avy agny andagnitry hozonkozôgniginy.²⁶Kay ho hitan-jareo ny zanak'ôlogno avy agny amin'ny rôndro amin'ny angôvo giaida sidraiky voninahitry.²⁷Avakeo hagniraka ny anjely Izy kay hamôry miaraka amin'reo ôlogno voafidiny avy ankagny amin'ny vazantany aifatra, avy ankagny amin'ny faran'ny tany kay bariky akagny amin'ny faran'ny lagnitra.²⁸Mangalao lesogno avy amin'ny kakazon'aviavy. Koafa mivangôngogno aveo magnano raviny ny rantsany, dia hainareo fao marikitry ny lohatagno.²⁹Tôrotro zany koa, koafa hitanareo miboaka zany raha jiaby zany, dia hainareo fao afa marikitry Izy, magnatogno ny varavaragna.³⁰Volagniky aminareo, taiga marigny, tô taminga tô dia tsy ho lany ritry papiky hiboahan'izany raha jiaby zany.³¹Ho ravagna ny lagnitry sindraiky tany, fao ny vôlagnanaha ndraiky tsy mety ho ravagna bariky dintany.³²Fao mahakasiky zany andro ndraiky fotoagna zany, dia tsisy ôlogno mahay, na reo anjely akagny andagnitry aby, na ny zanaka, fao baba ziaraiky faogna.³³Matandraima! mivognôsa, satria tsy hainareo ny fotoagna. (Fagnamarinagna: Reo fahaifagna talôha dia hoe: Alao honogno! Mivognôsa avakeo manompôa, satria...) ³⁴Raha zany karaha lalahy araiky handaihy lavitry niala tragnoanazy kay zareo mpanompôanazy faogna nirahiny nikarakara tragnoanazy, samby amin'ny asanazy aby, avakeo nagniraka ny mpiambigny mbô tsy hoandry Izy.³⁵Kay mivognôsa, satria tsy hainareo aby na afirigna no ho avy tômpôn-tragno; mety hoavy aligny izany, na sasak'aligny, na magneno akôho, na maraindraigny.³⁶Fao raha havy tampoko Izy, dia aza ambaila hahita areo mandry izy.³⁷Raha volagniko aminareo dia volagniko amin'ôlogno jiaby koa: Mivongosa!"

Chapter 14

¹Ary roa andro talôhan'ny Paska ndraiky ny Fankalazagna ny fihinanagna ny Môfo Tsisy Levira tamin'ny zany. Nizaha fomba hisambôrna an'i Jesôsy mangingigny reo lôhan'ny mpisôrognô sindriaky ny mpanoratra ny lalâna ary hamono Azy aveo.² Ninainagna zareo hoe: "Aleo tsy atao amin'ny andro fety, mbô tsy hampitabataba ny ôlogno."³Koafa tagny Betania tao an-tragnon'i Simona boka Jesôsy, koafa nantotry teo an-databatra Izy, dia nisy vaiavy araiky nagnatogno Azy nitonga tavoangy alabastara misy mainaka lafo vidy, lehy narda tsy mifangaro. Nivakiny lehy tavoangy dia narabarabany teo amin'ny lôhany zany.⁴Nahavingitry ny ôlogno sanany kanaifa zany. Nifampikoragna zareo kay nagnan-jao: "Ino moa anton'ny zao fandanindaniam-poagna zao?"⁵ Io mainaka mangitry io dia nanjary navidy mandamin'ny vola telonjato, avakeo namiagna ny ôlogno mijaly." Dia nasiaka lehy vaiavy zareo aviteo.⁶Naifa nivaolagna Jesôsy hoe: "Ambilao izy. Nagnino moa areo magnano raha mampanahelo azy? Raha tsara no natany taminaha."⁷Ny mijaly dia tsy hiala aminareo, ary mahavita hagnano raha tsara amin-jareo fogna areo na amin'ny fotoagna ino na fotoagna ino, fa Zaho ndraiky tsy hipaitraka aminareo aky bariky haila.⁸ Nagnano raha vitany izy: nagnôsotro zaho amin'ny fandivaingnagna izy.⁹ Ambarako areo marigny, na aiza na aiza hagnambaragna ny vaovao maharavoravo magnairan-tany, dia hambara ny raha natan'ny tô vaiavy tô, mbô hatsaroavagna azy."¹⁰Aveo Jodasy Iskariota, araiky tamin-jareo roambin'ny fôlo lahy, lôsogno nandaiha tagny amin-jareo lôhan'ny mpisôrognô hahavitany manôlotro Azy akeo amin-jareo. ¹¹Koafa naharegny zany reo lôhan'ny mpisôrognô, dia ravoravo zareo kay nampagnantaigna hagnamia vôla azy. Dia nanomboko nitsakaraka hiraka hagnamiazagna Azy amin-jareo izy.¹²Tamin'ny andro voalohan'ny fihinanagna ny môfo tsisy levira, koafa nagnano sôrognô ny ondrin'ny Paska zareo, dia nivaolagna reo mpianany taminy hoe: "Aiza no tianao homboanay hagnomoanagna hanigny, mbô hinanao ny hanignin'ny Paska?"¹³Dia nangniraka ny roa tamin'ny reo mpianany Izy kay nivaolagna tamin-jareo hoe: "Mandiana akagny an-tanâna, aveo hoisy lalahy minday seho feno rano hifanôjy aminareo. Magnaraha Azy."¹⁴ Lehy tragno hitsofaorany, magnaraha azy dia ambarao ny tômpin'ny zany tragno zany hoe: "Nivaolagna ny mpagnanatra hoe: "Aiza ny hefitragno fandraisagna vahiny ahavitako miara-mihinagna ny Paska amin'ny reo mpianatranaha?"¹⁵Hagnambara areo hefitragno giada agnambon'ny rihana misy fitaovagna lehy efa vôgnogno tsara izy. Akao no atôvo ny fagnomanagna jiaby nihintsika."¹⁶Dia lôsogno ny mpianatra avakeo nandalo ny tanagna. Hitan-jareo araka lehy koragna nambarany zareo ny raha jiaby, dia nagnomagna ny hanign'ny Paska zareo.¹⁷Koafa haligny ny andro, dia tonga niaraka tamin'ny reo roa ambin'ny fôlo lahy Izy. ¹⁸Koafa nantotry teo an-databatra sidraiky nihinagna zareo, dia novaolagna Jesôsy hoe: "Ambarako areo marigny, fao ny araiky aminareo lehy miara-mihinagna aminaha eto dia hamadiky Zaho".¹⁹ Nalahelo fatatra zareo jiaby, kay nivaolagna taminazy ny tsiraikiaraiky hoe: "Tsy zaho ndraiky zany?"²⁰Jesôsy namaly kay nivaolagna zareo hoe: "Ny araiky aminareo roa ambin'ny fôlo zany, lehy miaraka magnajôbo môfo aminahy agnatin'ny kapila ze io."²¹Fao ny zanak'ôlogno dia handaiha amin'ny lalagna lehy afa nikoragnin'ny Soratra Masigny mahakasiky Azy. Fao loza ndraiky ho an'ny zany lalahy lehy mamadiky ny Zanak'ôlogno zany. Ny tsaratsara aminazy sintrany izy tsy natairaka."²²Raha mboala teo am-pinanagna zareo, dia nangala ny môfo i Jesôsy, nagnamia misaotra, aveo nirasarasainy zany. Namiany zareo zany salakady nagnano hoe: "Alaivo, tô no vatagnanaha."²³Dia nangala ny kapoaka Izy, nagnamia misaotra, avakeo nagnamia zany zareo, samy nigiaika tamin'ny zany zareo jiaby.²⁴ Nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Tô ny lion'ny fagnikiaiham-pihavanako, lio lehy alatsaka hamiagna ny maro."²⁵ Ambarako areo marigny, tsy higiaika tô vokatra ny voaloboko tô aky Zaho papiky havvy koa ny andro zay higiahako zany akagny amin'ny Fanjakan-Jagnahary."²⁶Koafa avy nihira hira fideragna zareo, dia nandaiha tagny an-tampontanetin'Oliva.²⁷ Nivaolagna Jesôsy tamin-jareo hoe: "Hiala Zaho aby areo jiaby, fao voasoratra hoe: 'Hamango ny mpiambigny ondry Zaho avakeo hipariaka ny ondry."²⁸Koafa avy hatsangagna amin'ny maty Zaho, dia handaiha lôha lalagna areo akao Galilia."²⁹ Dia nivaolagna Petera Taminazy hoe: "Na dia hiala aby jiaby, zaho tsy mbô hiala."³⁰Nivaolagna Jesôsy taminazy hoe: "Ambarako anao marigny, fao niany haligny, mboala tsy magneno indroa aby ny akôho, dia afa hiala Zaho in-telo anao."³¹ Ninainagna Petera hoe: "Na tsy maintsy hiara-maty aminao aby zaho, tsy mbô hiala Anao." dia samy nampagnantaigna karaha zany aby zareo jiaby.³² Ary tonga tagny amin'ny toairagna ato hoe Getsemane zareo, dia nivaolagna Jesôsy tamin'ny reo mpianany hoe: "Mantaira aketo raha mboala mivavaka Zaho."³³ Dia ninday an'i Petera, sindraiky Jakoba, avakeo Jaona niaraka taminazy Izy ary nanomboko nalahalo salakady taigna nijaly.³⁴ Dia nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Nikorontagna loatra ny Fagnahinahy, karaha afa ho foaty. Mantaira aketo kay mivognôsa."³⁵ Nandaiha laidavitry hely Jesôsy, nondriky tamin'ny tany, dia nivavaka Izy mbô raha koa manjary atao, dia hiala aminazy zany jaly zany.³⁶ Nivaolagna Izy hoe: "Aba, oa Baba, ny raha jiaby hainao atao. Alao aminaha tô kapoaka tô. Naifa tôkony tsy ny sitrapôko no hatao, fao Nihinao."³⁷ Nimpôdy Izy dia nahita zareo nandry, kay nivaolagna Izy tamin'i Petera hoe: "Simona, mandry moa anao? Tsy nahavita

niambigny fotoagna araiky aby moa anao?³⁸ Mivognôsa dia mivavaha mbô tsy hitsoforanareo akagny amin'ny fakam-pagnahy. Ny fagnahy mety taigna mazôto, fa ny nôfotro no malemy." ³⁹ Dia lôsogno koa Izy nisintaka hely aveo nivavaka, ary dia nagnampôdy ny koragna natany taloha faogna.⁴⁰ Nimpôdy koa Izy dia nahita zareo nandry, fa navaisatra ny tôromaso ny mason-jareo ary tsy hain-jareo raha nikoragnigny taminazy.⁴¹ Nagnatogno ampagnintelony Izy kay novaolagna zareo hoe: "Mboala mandry ndraiky mangala disaka faogna moa areo? Haoka aky zay! Afa tonga ny fotoagna. Zahavo! Ny Zanak'ôlogno nivadihagna hamiagna akeo an-tagnagna mpanota. ⁴² Mitsangàna; ndahy handaiha atsika. Zahavo, afa marikitry lehy hamadiky Zaho." ⁴³ Ary mboala teo ampivolagnagna Izy, dia havy Jodasy, araiky amin'ny reo roambinifôlo lahy, niaraka tamin'ny vahoaka fôntry zay nilanja meso sindraiky sabôha, avy amin'ny reo lôhan'ny mpisôrognô, ny mpanôratra lalàgna, avakeo ny sojabe.v 44 Ary lehy mpamadiky Azy nagnamia famantaragna zareo, nivaolagna hoe: "Lehy rôfiky, Izy lehy Izy. Sambôro Izy dia iambaiso." ⁴⁵ Koafa havy Jodasy, tonga dia nagnatogno an'i Jesôsy izy salakady nivaolagna hoe: "Mpagnanatra," ary niôroko Azy izy. ⁴⁶ Aveo dia nisambôrin-jareo Jesôsy.⁴⁷ Fao nisy araiky tamin-jareo nitsangagna teo nagnaboaka ny meso ary namango lehy mpanompon'ny mpisoronabe kay nanapaka ny sôfîny. ⁴⁸ Nivaolagna Jesôsy tamin-jareo hoe: "Avy hanambotro Zaho, karaha ny hanambotro dahalo, miaraka amin'ny meso sindraiky sabôha moa areo? ⁴⁹ Tamin'ny Zaho taminareo isan'andro ndraiky nagnanatra teo amin'ny fiangonagna , tsy nisambôrinareo. Fao natao zao mbô hagnatantairaka ny Saoratra Masigny." ⁵⁰ Kay niala Azy aby reo jiaby niaraka tamin'i Jesôsy ary nipariaka. ⁵¹ Ary nisy tôvolahy araiky, tsy nitsabo lamba izy koa tsy lamba hariry faogna, nagnaraka Jesôsy. Koafa nisambôrin'ôlogno izy⁵² dia nambailany teo ny akanjony kay lôsogno nilaifa tsy nisikigny izy. ⁵³ Nindessin-jareo tagny amin'ny mpisoronabe Jesôsy. Niaraka nivôry taminazy teo aby ny mpisôrognô jiaby, sindraiky ny sojabe, avakeo reo mpanoratra lalàgna. ⁵⁴ Ary Petera nagnaraka Azy avy akagny lavidavitry akagny, bariky amin'ny tokotan'ny mpisoronabe. Nantotry teo amin'ny reo mpiambigny izy, lehy namindro teo marikitry môtro. ⁵⁵ Ary reo lôhan'ny mpisôrognô sindraiky ny Synedriona Jiosy dia nizaha tomoa manohitry an'i Jesôsy mbô hahavitan-jareo mamono Azy hofloaty. Kanaifa tsy nahita zareo. ⁵⁶ Fa maro ny nagnambara vandy Aminazy, naifa na ny fagnambaran-jareo aby tsisy porofony aby.⁵⁷ Ary nisy ôlogno sanany nitsangagna kay navandy taminazy; nivaolagna zareo: ⁵⁸ " Regninay Izy nivaolagna hoe: ' Haratiky tô tragno fiangonagna natao tamin'ny tagnagna tô, ary hafaka telo andro Zaho dia hagnatsangagna araiky hafa tsy natao tamin'ny tagnagna." ⁵⁹ Fa mboala tsy nifagnaraka amin'ny zany faogna ny fagnambaran-jareo. ⁶⁰ Ary ny mpisoronabe nitsangagna teo amin-jareo dia nagnontany an'i Jesôsy hoe: " Tsy managna raha hamaliagna moa anao? Ino zany hampangan'ny reto ôlogno reto Anao zany?" ⁶¹ Fao nangigny Izy salakady tsy namaly na ino na ino. Dia mboala nagnontany Azy koa ny mpisoronabe kay nagnano hoe: "Anao moa Kristy, Zanak'ôlogno koafa mantotry akeo an-tagnagna ankaherin'ny angôvon-jagnahary ndraiky avy akagny amin'ny rôndron-dangitry." ⁶³ Ary ny mpisoronabe nagnatriaka ny lambany salakady nagnano hoe: "Mboala mila tomoa fogna moa atsika?" ⁶⁴ Afa regninareo ny fivolagnan-dratsy. Ino ny fanapahan-kevitriareo? Zareo jiaby dia samby nagnameloko Azy karaha ôlogno magniaiva hofloaty. ⁶⁵ Ny sasany nanomboko nandrora Azy avakeo nandakotro ny soranazy kay namboko Azy ary nivaolagna taminazy hoe: "Maminagnia!" Ary reo manambogninahitry nangala Azy kay namboko Azy. ⁶⁶ Ary raha teo ambany teo amin'ny banja Petera, dia nagnatogno azy ny araiky tamin-jareo mpanompo vaiavin'ny mpisoronabe. ⁶⁷ Nahita an'i Petera nitsangagna namindro teo amin'ny môtro izy, dia nizahavany marikitry. Dia nivaolagna izy taminazy hoe: "Anao koa mbô niaraka tamin'ny lehy Nazarena Jesôsy." ⁶⁸ Fao izy tsy nagneky zany, nagnano hoe : "Tsy haiky salakady tsy azoko raha koragninareo zany." Avakeo lôsogno niala ny banja izy. [Fagnamariahagna: reo fandikagna sanany magnampy hoe: "Dia nagneno ny akôho," fao reo fandikagna talôha tegna tsara dia tsisy io teny io.] ⁶⁹ Fao lehy zaza vaiavy teo nahita azy dia nanomboko nivaolagna tamin-jareo ôlogno nitsangagna magnodidigny koa hoe: "Io lalahy io dia araiky amin-jareo! ⁷⁰ Fao mboala tsy nagneky zany koa izy. Afaka tateky hely dia nivaolagna reo lehy nitsangagna narikitr'i Petera hoe: "Taigna araiky naman-jareo anao, satria anao koa mbô Galiliana." ⁷¹ Fao nanomboko nagnôzon-taigna sady nifanta izy hoe: "Tsy haiky zany lalahy koragninareo zany." ⁷² Ary niaraka tamin-jany dia nagneno ampagnindrony ny akôho. Avakeo dia nahatsiaro ny koragnan'i Jesôsy taminazy Petera hoe: "Raha tsy mboala magneno ampagnindrony ny akôho , dia hiala zaho in-telo anao," Dia nalahelo fatatra izy salakady nitomoagny.

Chapter 15

¹Naraindrain-dahy, dia nivôry ny mpisoronabe niaraka tamin-jareo sojabe ndraiky zareo mpanoratra lâlagna ary ny Synedriona jiosy jiaby. Nitadian-jareo Jesôsy aveo nindessin-jareo nihoaka. Natôlotro zareo teo amin'ny Pilato Izy. ²Nangnontany Azy Pilato hoe: "Anao moa Mpanjakan'ny jiosy?" Nivaliany hoe: "Zaho tatô be." ³Nivaolagna fiampangagna maro manohitry Jesôsy zareo lohan'ny mpisôrona. ⁴Nagnintany Azy ndraiky Pilato hoe: "Tsy magnamia valin-teny moa Anao? Zahavo ny hamaroan'ny fiampangagna nindessin-jareo manohitry Anao!" ⁵Fao tsy namaly an'i Pilato eky Jesôsy, dia nahagaga azy zany. ⁶Ary tamin'ny andro firavoravoagna, dia namôtsotro gadra araiky hoan-jareo faogna Pilato, gadra lehy angatahin-jareo. ⁷Niaraka tamin-jareo mpikomy tao an-gadra, tao amin-jareo mpamono ôlogno zay voatagna nohon'ny fandraisan-jareo anjara tamin'ny fikomiagna, dia nisy lalahy araiky antsôvigny hoe Barabasy. ⁸Dia nandaiha tamin'i Pilato vahoaka kay nanomboko nangataka taminazy mbô hagnano amin-jareo karaha lehy fatany tagny talohaka. ⁹Pilato namaly zareo kay nagnano hoe: "Tianareo moa raha ny Mpanjakan'i Jiosy no halaifako aminareo?" ¹⁰Satria hainy fao fialaognagna no nanoloran'ny lohan'ny mpisôrognô an'i Jesôsy taminazy. ¹¹Fao nagnaintagna vahoaka zareo lohan'ny mpisôrognô mbô hangaiky mafy fao tôkony ho Barabasy sintrany no havôtsotro. ¹²Dia namaly zareo ndraiky Pilato kay nagnano hoe: "Ino ary zany no tôkony hatako amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?" ¹³Dia nangaikingaiky ndraiky zareo hoe: "Homboy Izy!" ¹⁴Nivaolagna Pilato tamin-jareo hoe: "Ino moa ratsy natany?" Fao nangaiky mafy faogna zareo hoe: "Homboy Izy." ¹⁵Tehagnano zay mahafa-pô zareo Pilato, koa dia nalaifany ho nihin-jareo Barabasy. Nipopohiny Jesôsy ary aviteo namiany mbô hombogny. ¹⁶Nindessin-jareo miaramila ho akeo amin'ny banja Izy (zay agnison-toeran' ny fanjakagna), ary nantsôvin-jareo aby ny antoko miaramila jiaby. ¹⁷Nampisikin-jareo lamba vôlemparasy Jesôsy, ary nitaly fehiloah fatsiky zareo kay nagnapaitraka zany taminazy. ¹⁸Dia nanomboko niarahaba Azy zareo ary nivaolagna hoe: "Arabaigny, Mpanjakan'ny Jiosy!" ¹⁹Nipopohin-jareo tamin'ny volotara ny lohany salakady nandrora taminazy. Dia nandongoalitra talaohany zareo mody nidaira Azy. ²⁰Koafa avy nankalaifaka Azy zareo, dia nalan-jareo taminazy ndraiky ny lamba vôlemparasy avakeo nampanaovin-jareo Azy ny fitafiany manokagna, ary dia nindessin-jareo nihoaka Izy mbô hagnomboagna Azy. ²¹Niteren-jareo ny mpandaiha araiky zay avy tagny an-tsaha mbô hilaña ny kakazofijaliagn'i Jesôsy, lalahy araiky antsôvigny hoe Simona Kyreniana baban'i Aleksandra ndraiky Rafôtsy. ²²Nindessin-jareo miaramila tagny amin'ny tany antsôvigny hoe Golgota Jesôsy (Zay midika hoe "Toeran'ny haran-doha"). ²³Namianjareo divaigany nifangaro miora Izy, fao tsy nigiaka zany Izy. ²⁴Dia nohomboan-jareo Izy ary nifampizaran-jareo tamin'ny alalan'ny ankitsapaka ny lambany mbô hahazagna zay ampahany raisin'ny miaramila tsiraikiraiky. ²⁵Tamin'ny laira fahatelo Izy no nohomboan-jareo. ²⁶Ary tamin'ny takailaka kakazo araiky no nanoran-jareo ny fiampangagna nanohitry Azy hoe: "Mpanjakan'ny Jiosy." ²⁷Dahalo aroa no niaraka nohomboan-jareo taminazy, ny araiky tamin'ny ankaheriny ary ny araiky koa tamin'ny ankaviany. ²⁸[Fagnamarihagna: Ireo fandikagna taloha taina tsara dia tsy magnisy ny Marka 15:28 hoe: "Dia tantairaka ny Soratra Masigny magnano hoe: 'Natao ho agnisan'ny mpanota Izy.' (Ampitahafo ny Lioka 22:35)] ²⁹Ireo zay nandalo teo dia nagnaratsy Azy, nagnitokitodoha ary nagnano hoe: "Aha! Anao lehy afaka mandaravagna ny tempoly ary magnorigny zany ao agnatin'ny telo andro, ³⁰avaoto ny haiginao avakeo mijotsoà avy akeo amin'io kakazofijaliagna io!" ³¹Ny lohan'ny mpisorona koa dia nankalaifaka Azy mitôvy zany, niaraka tamin-jareo mpanaoratra lâlagna, ary nivaolagna hoe: "Nagnavotro ny hafa Izy, kanaifa tsy mahavotro ny haiginy. ³²Aoka lehy Kristy, lehy Mpanjakan'Israely, hirorogna avy akeo amin'ny kakazofijaliagna, biaka hitanay ary hinoanay," avakeo zareo nohomboagny niaraka taminazy koa dia nankalaifaka Azy. ³³Tamin'ny laira faha enigany, dia homby tamin'ny tany jiaby ny hizigny hatramin'ny laira fahasivy. ³⁴Ary tamin'ny laira fahasivy zany dia nangaiky tamin'ny feo mafy Jesôsy hoe: "Eloy, Eloy, lamà Sabakintany?" zay antsôvigny hoe: "Zagnahary, Zagnahary, nagnino moa Anao nahafo Zaho?" ³⁵Ny sasany tamin-jareo zay nitsangagna teo naharegny vaolagnanazy kay nivaolagna hoe: "'Zahavo, magnantso an'i Elia Izy." ³⁶Nisy ôlogno araiky nihazakazaka, nagnidigny divaigany marikivy ny eponzy, ary nagnapaitaka zany tamin'ny volotara, dia nagnamia zany higiahiny. Lehy lalahy nivolaña hoe: "Ambilao ho hitanay asa ho avy hampirôrognô Azy akeo Elia." ³⁷Avakeo Jesôsy nangaiky tamin'ny feo mafy dia maty. ³⁸Triaka nizara aroa hatragny ambony sy bariko ambany ny lamban'ny tempoly. ³⁹Koafa hitan'ny lehy kapiteny zay nitsangagna salakady nifagnatitry tamin'i Jesôsy fao maty tamin'ny zany faomba zany Izy, dia nivolaña izy hoe: "Taina Zanaka Zagnahary marigny io lalahy io." ⁴⁰Dia nisy vaiavy koa nizaha tagny lavitry tagny. Agnisan'izany Maria Magdalaina, Maria (Ninin'i Jakoba zandriny ndraiky Josesy), ary Salome. ⁴¹Tamin'Izy tagny Galilia dia nagnaraka Azy aveo nanompo Azy zareo. Ary vaiavy maro hafa koa niara-niakatra taminazy tagny Jerosalema. ⁴²Koafa avy ny haligny, satria andro fiomanagna, zany hoe, andro alaohaka sabata io, ⁴³dia avy teo Josefa avy akagny Armatia. Mpikambagna hajaigany ao amin'ny Synedriona izy, zay nandigny ny Fanjakagnan-Jagnahary. Nanam-pahasahiagna izy nandaiha tagny amin'i Pilato hangaho fatin'i

Jesôsy. ⁴⁴Gaga Pilato hoe afa maty edy Jesôsy; dia nantsovin'ny lehy kapiteny ary nagnontany azy izy raha maty Jesôsy. ⁴⁵koafa nahazo antoko tamin'lehy kapiteny izy fa maty jesôsy, dia namiany an'i Josefa ny fatiny. ⁴⁶Ary Josefa nivid'ny hariry madiniky. Nampirôrogo Jesôsy teo amin'ny kakazofijaliagna izy, dia namono hariry madiniky Azy, avakeo nagnapaitraka Azy tamin'ny fasagna zay nilavahig'ny tao amin'ny vatolampy. Aveo namôdy vato teo amin'ny tamiam-pasagna izy. ⁴⁷Dia hitan'i Maria Magdalena ndraiky Maria renin'i Josefy ny toeragna nandivagn'ny Azy.

Chapter 16

¹Koafa tapitry ny andron'ny sabata, dia nivanga raha mangitry hisoragna amin'ny fatin'i Jesôsy i Maria Magdalena sindraiky Maria renin'i Jakoba, avakeo Salome nivanga hagnitry mbô handaiha aveo koa hagnôstoro ny fatin'i Jesôsy. ²Vao miraizava tamin'ny andro voalohan'ny herigniandro, dia nandaiha tam-pasagna zareo koafa niboaka ny masôva. ³Dia nifampivaolagna zareo hoe: "Zôvy moa hanokatra ny vato akeo amin'ny varavaram-pasagna mbô hidirantsika? ⁴Koafa nianko lôha zareo, dia nahita fao nisaokatra niala ny vato, lehy taigña giaida aby. ⁵Nitsôfotro tao am-pasagna zareo kay nahita tôvolahy nitsabo akanjo fôtsy, nantotry teo ankahery, avakeo dia gaga zareo. ⁶Dia nivaolagna izy tamin-jareo hoe: "Aza ambory. Mizaha an'i Jesôsy moa areo, lehy Nazarena, lehy nohombogny. Nitsangagna izy! Tsy aketo izy. Zahavo ny toairagna zay nambilan-jareo azy. ⁷Fao mandihiana, koragno reo mpianany avakeo Petera fao handaiha alohak'areo agny Galilia Izy. Akagny no hahitanareo azy, araka lehy nivolaagniny taminareo." ⁸Niboaka zareo kay nilomoay niala ny fasagna; nangitakitaka salakady gaga zareo. Tsy nivaolagna na ino na ino tamin'ôlogno zareo satria taigña ambory fatatra. ⁹[Fagnamariahagna : Ny fandikagna taloha taigña tsara dia mangala ny Marka: 16: 9-20] Vao miraizava tamin'ny andro voalohan'ny herigniandro, tafarany Izy nitsangagna, dia niboaka tamin'i Maria Magdalena maloha izy, lehy nandroahany masantôko fito. ¹⁰Kay lôsogno Maria avakeo nivaolagna ny vaovao tamin-jareo niaraka tamin'i Jesôsy, raha mboala nisaona aveo nitomoagny zareo. ¹¹Regnin-jareo fao velogno Izy avakeo nahita Azy izy, kanaifa tsy nankatô zareo. ¹²[Ny fandikagna taloha taigña tsara dia mangala ny Marka: 16: 9-20] Tafaran'ny reo raha reo Jesôsy dia niboaka tamin'ny fomba hafa tamin'ny aroa tamin-jareo, koafa nandaiha hankagny antanàgna zareo. ¹³Dia lôsogno zareo, avakeo nivaolagna tamin'ny reo mpianatra tavaila, kanaifa tsy nankatô zareo. ¹⁴[Fagnamariahagna: Ny fandikagna taloha taigña tsara dia ny magnala ny Marka: 16: 9-20] Tafara hely dia niboaka tamin'ny araiky ambinofôlo lahy Jesôsy raha mboala teo am-pihinanagna zareo, avakeo novaolagna mafy zareo Izy nohon'ny tsy finoagna avakeo hamafisan'ny fôn-jareo, satria tsy nankatô zareo zay nahita azy tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty zareo. ¹⁵Ary nivaolagna Izy tamin-jareo hoe: "Mandihiana akagny amin'ny tany jiaby, avakeo ambarao amin'ny ôlogno jiaby ny vaovao maharavoravo. ¹⁶Lehy mankatô ndraiky atao batisa no vonjegy, avakeo lehy tsy mankatô ndraiky dia ho sazigny. ¹⁷[Fagnamariahagna: Ny fandikagna taloha taigña tsara dia magnala ny Marka 16: 9-20] Reto famantaragna reto dia hizôhy reo zay mankatô: Amin'ny agnaragnanaha no handroasan-jareo masantôko. Hivaolagna amin'ny fininagnagna tsy hainy zareo. ¹⁸Hangala mainapitsoko amin'ny tagnagna zareo, avakeo koa migiaka raha mahafaty zareo, dia tsy hampagnino zareo zany. Hagnapaitraka tagnagna amin'ny marary zareo, dia hahivagna regny." ¹⁹[Fandikagna taloha taigña tsara dia mangala ny Marka 16: 9-20] Koafa avy nikoragna tamin-jareo ny Tômpo, dia nampiakarigny akagny an-dangitry Izy aveo nantotry akeo an-tagnagna ankaherin-jagnahary. ²⁰Dia lôsogno reo mpianatra nitory teny tamin'ny tany jiaby, avakeo Tômpo niara-niasa tamin-jareo aveo nakamafy teny tamin'ny alalan'ny famantaragna zay niaraka tamin-jareo.

Luke

Chapter 1

¹Maro reo niaizaka nanaoratra tantara mahakasiky reo raha nitranga tantairaka teto amintsika, ²araka zay afa nanolaoran-jareo azy tamintsika, zay afa antomoa nagnatri-maso aveo mpanompon'ny teny rango ampanombaohagna. ³Ary aminaha koa karaha manjary—koafa nagnadihady tsara ny fandaihan-draha jiaby rango amboalaohany—ny hanaoratra tatitry araka ny filaharany ho nihinao, ry Teofilo hajaigny. ⁴Zany dia mbô hahazanareo ny marigny mahakasiky reo raha zay nampianarigny anao. ⁵Ary zany dia mahakasiky Zakaria teo fagnaitrahan-jagnahary, nagnatantairaka reo asan'ny fisorognagna araka ny fifandibiasan'ny isan-tokony. ⁶Araka ny fomba fatan-jareo ny amin'ny fisafidianagna mpisôrognô zay tôkony hanompo, dia voafidin'ny kodia hely hiditry hagnoro ny hemboko mangitry an-tempolin'ny Tompo izy. ⁷Tamin'ny fotoagna hagnoroagna ny hemboko mangitry dia nivavaka tegny ambailany ny vahoaka jiaby. ⁸Hanan-karavoagna ndraiky haravoagna anao, avake maro koa no horavo amin'ny fahatirahany. ⁹Satria ho gaida izy akeo imason'ny Tompo. Tsy higiaka divay na raha figiahigny mahery velively izy, aveo ho feno Fagnahy Masigny rango ankibon-dreniny izy. ¹⁰Avakeo Zakaria nivaolagna tamin'ny lehy anjely: "Akôry no ahaizako zany? Fao zaho afa antilahy aveo vadiky taigña afa hantitry." ¹¹Avakeo nivaolagna anjely namaly vaolagna taminazy: "Zaho no Gabriela, lehy mitsangagna eo agnatraihan-jagnahary. Avakeo voahiraka zaho mbô hivaolagna aminao, hitondra zao vava tsara zao aminao." ²⁰

Koa tô! Ho moana anao, kay tsy afaka hivaolagna, mandra-piavin'ny andro hiboahan'ny raha reo. Satria tsy nino vaolagna naha anao, zay ho tantairaka amin'ny fotoagna voafaitra.²⁴ Tafaran'ny reo andro reo, dia nanagnanaka Elizabeta aveo nivôny nandritran'ny dimy volagna. Nivaolagna izy: ²⁵"Zao no nitsabon'ny Tompo aminaha koafa nitsinjo zaho Izy mbô hangala haingatra eo agnatraihan'ny ôlogno."³⁰ Hoizy anjely taminazy: "Aza ambory Maria, fao afa nahita sitraka tamin-Jagnahary anao."³¹ Tô, hananjanaka anao kay hitairaka zaza lalahy. Ary ny agnarany ho antsôvinao 'Jesôsy.'³² Ho gaida Izy aveo ho antsôvinao hoe Zanaka ny taigna agnambo. Ny Tompo Zagnahary hagnamia Azy ny dabilio fiandrianan'i Davida razambeny.³³ Ary hanjaka bariky dintany amin'ny tamingan'i Jakoba izy, ary tsy hanam-pahatapairagna ny fanjakany."³⁴ Hoizy Maria tamin'ny lehy anjely: "Akôry no hiboahan'ny zany, fao mbôla tsy niaraka nandry tamin'ny lalahy zaho?"³⁵ Ny anjely namaly ndraiky nivaolagna: "Hilatsaka amina ny Fagnahy Masigny, aveo ny angôvony taigna agnambo hoavy amina. Kay lehy masigny ho tairaka dia hoantsôvigny Zanaka Zagnahary."³⁶ Tô, Elizabeta havanao dia nananjanaka lalahy koa na dia tamin'ny fahanterany aby. Afa faha enimbaolany nihinazy zeo, izy lehy nantsoviginy momba.³⁷ Satria tsisy raha tsy hoazo tantirahigny amin-Jagnahary."³⁸ Hoizy Maria: Tô, zaho no mpanompovavin'ny Tompo. Aoka ho tantairaka aminaha zany araka ny hafatrao." Ary niala teo aminzay ny anjely.⁴² Nampika-peo ndraiky nivaolagna mafy izy nagnanjao: "Voatahy mihoatra nohon'ny vaiavy jiaby anao, avakeo voatahy ny natairaky ny kibonao."⁴³ Nagnino zany no mitranga aminaha fao lehy regnin'ny Tompo no havy hagnatogno zaho?"⁴⁴ Fao tô, koafa havy tan-tsôfiginy naha ny fiarahabagnanao, dia niainta-kaintagna ny zaza ato an-kibonaha.⁴⁵ Sambatra izy zay nino fa ho tantairaka reo raha zay nivolagniny Tompo taminazy."⁴⁶ Hoizy Maria: "Midaira ny Tompo ny fagnahiky,"⁴⁷ aveo ny fagnahy naha niravo tao amin-Jagnahary mpagnavotro zaho.⁵² Nahongany tamin'ny dabilio fiandrianany ny zanaka lahin'ny mpanjaka aveo reo ambany nakariny.⁵³ Natany vôky raha tsara reo tihinagna, fao ny mpanan-kariagna nampôdiny tsy nanagna na ino na ino.⁵⁴ Nagnamia fagnamiagna Israely mpanompony Izy, mbô hahatsaraovany hagnaboaka famindram-pô⁵⁵ (araka ny nikoranigny tamin'ny reo iadantsika) tamin'i Abrahama ndraiky ny tamingany bariky dintany."⁵⁶ Nijanogno nidôko tao amin'i Elizabeta tôkony ho telo vaolagna i Maria ary avakeo nimpôdy nôdy tagny an-tragnony.⁵⁷ Ary havy ny fotoagna hitirahan'i Elizabeta ny zanany aveo nitairaka zaza lalahy izy.⁵⁸ Nagnaboaka ny famindram-pô goalahy nitsabon'ny Tompo taminazy reo mpiaramonigny ndraiky reo havany, avakeo niaraka ravoravo tamin-jareo.⁶² Nagnano baiko moana tamin'ny iadany zareo ny amin'ny tiany hoatao agnarany.⁶³ Nangataka solaitry fanoroatagna ny iadany aveo nanaoratra nagnanjao: "Jaona no agnarany." Aveo gaga tamin'ny zany izy jiaby.⁶⁴ Aveo niaraka tamin'ny zay dia nisaokatra ny vavany avakeo nafahagna ny lailany. Nivaolagna izy aveo nidaira Zagnahary.⁶⁵ Tonga tamin-jareo jiaby nagnodidigny zareo ny hamboriagna. Avakeo niparitaka airaka ny tanagna ambony Jodia ny raha niboaka jiaby teo.⁶⁶ Ary reo jiaby naharegny reo dia nalaka regny am-pôny, aveo nivaolagna nagnanjao: "Hanjary ino ary tô zaza tô?" Fao mahakasiky azy ny tagnan'ny Tompo.⁶⁷ Aveo feno Fagnahy Masigny i Zakaria iadany avakeo naminagny, kay nivaolagna: ⁶⁸"Deraigny ny Tompo, Zagnaharin'Israely, fao tonga nagnampy ndraiky nagnatantairaka fagnafahagna amin'ny vahoakany Izy."⁷⁶ Ia, ary anao, zaza, dia ho antsôvintsika ho mpagnazarin'ny taigna agnambo, fao handaiha alaoaka ny tavan'ny Tompo anao aveo hagnajary lalagna nazy, mbô hagnomanagna ny ôlogno ny amin'ny fiaviagnany,⁷⁷ mbô hagnamia fahalalam-pamonjiagna hoan'ny ôlogno anazy amin'ny alalan'ny famotsaoragna ny heloko njareo.⁷⁸ Zany no hiboaka dia nohon'ny famindram-pô masin-Jagnaharintsika, nohon'ny amin'izany no hiboahan'ny masaova avy amin'ny agnambo biaka hoavy hagnampy atsika,⁷⁹ hagnazava zareo zay mibidôko ao agnatin'ny hizigny ndraiky reo ao agnatin'ny hizigny fahafataisagna. Hitsabony zany biaka hitarihany ny hongotro ntsika amin'ny lalam-pagnavaotagna."⁸⁰ Aveo ny zaza dia nitômbo ary tonga nahery amin'ny fagnahy, aveo tagny antany maty izy mandrapahavian'ny andro hiboahany mibaribary amin'Israely.

Chapter 2

¹Avakeo tamin'ny zany andro zany, dia nagnandaifa didy mibeko ny hagnisahagna ny ôlogno jiaby miaigny eto amin'izao tontolo zao Aogosto Kaisara. ²Zany no fagnisam-bahoaka voalaohany tamin'i Kyrenio no nanapaka tagny Syria. ³Noho zany ny ôlogno jiaby dia nagnagny amin'ny tanagna naviany aby mbô hisoratagna agnaragna hoan'ny fagnisam-bahoaka. ⁴Dia nandaiha nakatra avy tagny Galilia koa Josefa, avy tagny an-tanagnan'ny Nazareta, hoagny Jodia, tanagnan'i Davida zay antsôvigny hoe Betlehema, satria izy avy akagny amin'ny tragno ndraiky fianakavian'i Davida. ⁵Nandaiha tagny izy mbô hisaoratra agnaragna niaraka tamin'i Maria, zay fofom-badiny aveo nanagnanaka. ⁶Aveo raha mbôla tagny zareo, dia tonga ny fotoagna hitirahany zanany. ⁷Nitairaka zaza lalahy izy, zanany voalaohany, aveo izy nandrakotro lamban-jaza Azy ndraiky nampandry Azy tamin'ny valan'aomby, satria tsisy toairagna hoan-jareo tao amin'ny hotely. ¹⁰Dia nivaolagna tamin-jareo ny anjely nagnan'jao: "Aza ambory, fao hitondra vava tsara zahay hitondra haravoagna gaida hoan'ny ôlogno jiaby zaho. ¹¹Niany dia nisy mpagnavotro zay tairaka hoanareo akagny antanagnan'i Davida! Izy no Kristy Tompo! ¹²Zao no famantaragna zay hamiaga areo: Hahita zazahely mirakotro lamban-jaza avakeo mandry eo amin'ny valan'aomby areo." ¹³Tampoko teo niaraka tamin'lehy anjely, dia nisy tafiky ny langitry gaida nidaira Zagnahary nagnan'jao: ¹⁴"Vogninahitry ho amin-Jagnahary akagny amin'ny taigna agnambo, aveo hisy fiadanagna eto antany amin'ny ôlogno zay ankasitrahiny." ¹⁵Ary koafa niala tamin-jareo nankagny an-dangitry reo anjely, ny mpiambigny ondry nifankoragna nagnan'jao: "Andaiha atsika zeo hoagny Betlehema, aveo hizaha zany raha nitranga zany, zay nambaran'ny Tompo atsika zany." ¹⁶Nandaiha nalaky tagny zareo aveo nahita Maria ndraiky Josefa, avakeo nahita ny zaza hely nandry tao amin'ny valan'aomby. ¹⁷Tafaran'ny nahitan-jareo Azy, dia nambaran-jareo ny raha jiaby nikoranigny zareo mahakasiky zaza io. ¹⁸Zay jiaby naharegny zany dia gaga ny amin'ny nivolagnan'ny mpiambigny ondry tamin-jareo. ¹⁹Fao Maria ndraiky nanôhy nimenimeny mahakasiky ny raha jiaby zay regniny, aveo nikajy regny tam-pônazy. ²⁰Nimpôdy reo mpiambigny ondry, nagnamia vogninahitry ndraiky nankalaza Zagnahary noho ny raha jiaby zay regnin-jareo ndraiky hitan-jareo, araka zay nivolaiginy tamin-jareo. ²¹Nohony tapitry ny andro fahavalo, koafa noforàgna Izy, dia namiagna agnaragna hoe Jesôsy, lehy agnaragna namian'ny anjely Azy talaohan'ny namitrahagna Azy tan-kibo. ²²Ary koafa dila ny isan'andro nitakiagna hidiovany, araka ny lalan'i Mosesy, dia ninday Azy nakatra hoagny an-tempoly tao Jerosalema Maria ndraiky Josefa mbô hanôlotro Azy eo amin'ny Tompo. ²³Araka zay voasaoratra ao amin'ny lalàn'ny Tompo magnan'jao: "Ny lalahy jiaby zay volaohany tairaka dia hataokagna ho an'ny Tompo." ²⁴Noho zany dia nanôlotro sôrognô araka zay nikoranigny ao amin'ny lalàn'ny Tompo zareo, "domohigny aroa na zanaka voromailala aroa." ²⁵Ary tô, nisy lalahy tagny Jerosalema, Simona agnarany, aveo lalahy zany dia marigny ndraiky mafana fô. Nitady ny fampiononagna Israely izy, aveo taminazy ny Fagnahy Masigny. ²⁶Nambaran'ny Fagnahy Masigny taminazy fao tsy hahita fahafataisagna alaohan'ny ahitavan'ny Kristin'ny Tompo izy. ²⁷Nitarihin'ny Fagnahy, nagnagny an-tempoly Simona. Koafa ninday Jesôsy zazahely niditry ny ray aman-dreniny, mbô hagnano Azy araka ny fomba ao amin'ny lalàgna, ²⁸dia niraisiny ho egn'ny an-tagnany Izy sady nidaira Zagnahary nagnan'jao: ²⁹"Izeo ambilao andaiha am-piadanagna ny mpanomponao, Tompo, araka ny vaolagna nao. ³⁰Fao masoanaha nahita ny famonjiana, ³¹zay nomaninao teo amin'ny fagnatraihan'ôlogno jiaby: ³²Dia fahazavagna ho fagnambaragna ho an'ny Jentilisa aveo vogninahitry hoan'Israely ôlognoa." ³³Ny iada ndraiky ninin'lehy zaza dia sondriagna tamin'ny raha nivolagniny mahakasiky Azy. ³⁴Nitso-drano zareo Simona aveo nivaolagna tamin'i Maria nininy nagnan'jao: "Igny, tô zaza tô dia voatendry hoamin'ny fandavoagna ndraiky fagnandratagna ny ôlon'Israely maro aveo ho famantaragna zay nilavigny ³⁵avakeo hoisy meso handoaka ny fagnahinao—mbô ho voavaolagna ny hevity ny fô maro." ³⁶Nisy mpagnazary vaiavy araiky atsôvigny Ana teo. Zanakavavin'i Fanoela avy amin'ny foko Asera izy. Taigna hantitry izy. Nidôko niaraka tamin'ny vadiny fito taogno tafaran'ny nahavirijiny azy izy, ³⁷aveo mpitondra taigna nandritry ny aifatra amby valopôlo tagno. Tsy niala tempoly velively izy fao nanompo tamin'ny fifadian-kanigny ndraiky vavaka, andro aman'aliginy. ³⁸Tamin'ny zany fotoagna zany dia nagnatogno narikitry zareo izy aveo nanomboko nagnamia fisaoragna Zagnahary ndraiky nivaolagna ny mahakaisiky lehy zaza tamin'ny ôlogno jiaby zay nandigny fagnavaotagna Jerosalema. ³⁹Koafa nahavita raha jiaby nasaiginy nitsabogny araka ny lalàn'ny Tompo zareo, dia nimpôdy tagny Galilia, agny amin'ny tanagnan-jareo agny Nazareta. ⁴⁰Nahay gaida ny zaza aveo nahay natanjaka, nitômbo fahindriagna, aveo ny fahatsaran-Jagnahary taminazy. ⁴¹Ny ray aman-dreniny dia nankagny Jerosalema isantagno hamonjy ny firavoravoagnan'ny Paska. ⁴²Koafa aroa ambiny fôlo tagno Izy, dia nandaiha nagnagny araka ny fomba fatao amin'ny fety indraiky zareo. ⁴³Avakeo koafa avy nitoby tagny nandritry ny andron'ny fety jiaby zareo, dia nanomboko nimpôdy nôdy zareo. Fao Jesôsy zazalahy nijanogno tagny Jerosalema naifa tsy hainy ny ray aman-dreniny zany. ⁴⁴Sambaran-jareo fao niaraka tamin'ôlogno niara-dia tamin-jareo Izy, dia nandaiha nandritry ny andro araiky zareo. Ary aveo dia nanomboko nitady Azy tagny

amin'ny reo havany ndraiky reo namany zareo.⁴⁵ Koafa tsy hitan-jareo Izy, dia nimpôdy tagny Jerosalema zareo kay nanomboko nitady Azy tagny. ⁴⁶ Koafa afaka teo andro, dia hitan-jareo tao an-tempoly Izy, nidôko tagnivony reo mpampianatra, nitandregny zareo ndraiky nagnapaitraka fagnontaniagna tamin-jareo. ⁴⁷ Zay jiaby naharegny Azy dia sondriagna tamin'ny fahaizany ndraiky reo valim-pagnontaniagnany. ⁴⁸ Koafa nahita Azy zareo, dia sondriagna. Ny nininy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Zanako, nagnino anao nitsabo karah tôle zahay? Tandrignaiso, zaho ndraiky iadanao nitady anao tamin-tebiteby." ⁴⁹ Izy nivaolagna tamin-jareo: "Nagnino moa areo nitady Zaho? Tsy hainareo moa fao tsy maintsy ho an-tragnon'ny ladako Zaho?" ⁵⁰ Fao tsy azon-jareo zay tiany hikoragnigny tamin'ny zany koragna zany. ⁵¹ Dia nôdy niaraka tamin-jareo tagny Nazareta Izy sady nankatô zareo. Ny nininy dia nikajy zany raha jiaby zany tam-pônazy. ⁵² Fao Jesôsy nahay nitômbô fahindriagna ndraiky nitômbô vatagna, aveo nitômbô fitiavagna tamin-jagnahary ndraiky ny ôlogno.

Chapter 3

¹Tamin'ny tagno faha dimy ambin'ny fôlo nanjakan'i Tiberia Kaisara—fony Pontio Pilato no goverinoron'ny Jodia, Heroda dia mpanapaka tao Galilia, Filipino rahalahiny dia mpanapaka tao amin'ny faritry Itria ndraiky Trakonitisy, aveo Lysania dia mpanapak'i Abilena, ²nandritry ny fisoronam-ben'i Anasy ndraiky Kaiafa—dia tonga tamin'i Jaona Zanaka lalah'i Zakaria tagny antany maty ny koragnan-Jagnahary.⁴Araka ny voasaoratra ao amin'ny bokin'ny tenin'Isaia mpagnazary magnanjao: "Nisy feo araiky nagnantso mafy avy agny antanimaty: 'Atôvy vôgnogno ny lalan'ny Tompo, atôvy mahitsy ny lalagna mboany.' Koa nivaolagna tamin'reo vahoaka zay avy ho tsabogny batisa Jaona nagnanjao: 'Areo tamingany mainapitsoko! Zôvy no nampitandrigny areo mbô hilaifa fahatizairagna hoavy?'⁸Noho zany, mamokàra voa magnaiva fibaibahagna, aveo aza mivaolagna agnitinare magnanjao: 'Zahay managna Abrahama ho iadanay,' fao mivaolagna areo zaho fao Zagnahary afaka manangagna zanaka ho nihin'i Abrahama avy amin'ny reto vato reto.⁹Zeo aby famaky dia mibidôko amin'ny fôto-kakazo ao. Koa ny kakazo jiaby zay tsy mamoa voa tsara dia voatevy avakeo atopy agny amin'ny môtro."¹⁴Miaramila fôntry koa nagnontany azy, nivaolagna nagnanjao: "Akôry mahakasiky zahay? Ino tsy maintsy tsabonay?" Izy nivaolagna tamin-jareo: "Aza mangala vaola amin'ny ôlogno an-keriny, aveo aza magnambara vandy ôlogno. Miravao amin'ny karamanareo."¹⁵Aveo raha nandigny mafy ny fahatongavan'i Kristy ny vahoaka, dia nagnontany tam-pôny mahakasik'i Jaona ny tsiraikiaraiky, na mety hoizy na tsy izy no Kristy.¹⁶Jaona namaly tamin'ny fivolagnagna azy jiaby nagnanjao: "Raha ny aminaha, dia mitsabo batisa areo amin'ny rano zaho, fao misy ôlogno araiky hoavy zay mahery mihoatra zaho, aveo tsy magnaiva zaho na dia hamaha reo tadinkirarony aby. Hitsabo batisa areo amin'ny Fagnahy Masigny ndraiky môtro Izy.¹⁸Niaraka tamin'ny fagnanaragna maro hafa faogna koa, Jaona nitovy vava tsara hoan'ny vahoaka.¹⁹Heroda mpanapaka koafa nanariny nohon'ny fanambadiagna ny vadindralahiny Herodiasy, ndraiky nohony raha ratsy hafa jiaby zay vitany,²⁰ dia ho fagnampiny zany jiaby zany, dia nahidiny tagny an-gadra Jaona.²¹Aveo, koafa vita batisa jiaby ny ôlogno jiaby, dia nitsabogny batisa koa Jesôsy, aveo raha mbôla nivavaka izy, dia nisaokatra langitry,²² avakeo Fagnahy Masigny nalaka bika tôtroto pizigny kay nijôtso taminazy, avakeo nisy feo avy tan-dangitry nagnanjao: "Anao no Zankako, tiako. Ravo Zaho nohon'ny aminao."²³Koafa nanomboko ny asa fanompoany Jesôsy, dia teo amin'ny teolo-pôlo tagno teo Izy. Izy no zanaka lalahin'i Josefa (araka ny fiheveragna),²⁴ zanak'i Hely, zanak'i Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa.²⁵Josefa dia zanak'i Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Esly, zanak'i Nagay, zanak'i Mata,²⁶ zanak'i Matatia, zanak'i Semey, zanak'i Joseka, zanak'i Joda.²⁷Joda dia zanak'i Joanana, zanak'i Resa, zanak'i Zerobabela, zanak'i Sealtiel, zanak'i Nery,²⁸ zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i Kosama, zanak'i Elmadama, zanak'i Era,²⁹ zanak'i Josoa, zanak'i Eliezera, zanak'i Joreima, zanak'i Matata, zanak'i Levy.³⁰Levy dia zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima,³¹ zanak'i Melea, zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Davida,³² zanak'i Jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza, zanak'i Salmona, zanak'i Nahasona.³⁶Sela dia zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema, zanak'i Noa, zanak'i Lameka,³⁷ zanak'i Metosela, zanak'i Enoka, zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila, zanaka'i Kenana,³⁸ zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanaka Zagnahary.

Chapter 4

¹Tafaran'ny zany Jesôsy, koafa feno Fagnahy Masigny, dia nimpôdy avy tagny amin'ny reniranon'i Jordana, aveo nindessin'ny Fagnahy Masigny tagny antany maty² zay nangalan'ny devoly fagnahy Azy nadritrany aifa-pôlo andro. Tsy nihinagna na ino na ino Izy nandritrany reo andro reo, avakeo tamin'ny fotoagna farany dia tihinagna Izy.³ Ny devoly nivaolagna taminazy nagnanjao: "Raha Zanaka Zagnahary Anao, dia volagno hanjary môfo io vato io." ⁴Jesôsy namaly azy: "Voasaoratra magnanjao: 'Tsy môfo faogna no ivilaoman'ny ôlogno.'" ⁸Naifa Jesôsy namaly kay nivaolagna azy nagnanjao: "Voasaoratra: 'Hidaira ny Tompo Zagnahary anao, aveo Izy zeraiky faogna no ho tomponao.'" ⁹Avakeo devoly ninday Jesôsy tagny Jerosalema aveo natany tagny amin'ny farany agnambon'ny tempoly, aveo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Koa zanaka Zagnahary Anao, milatsaha avy aketo ny hainginao." ¹⁰Satria afa voasaoratra: 'Hibeko ny anjelin'ny aminao Izy, mbô hiaro anao,' ¹¹avakeo 'Zareo hanadatra anao amin'ny tagnany, biaka tsy ho tafintohin'ny vato ny hongotroa.'" ¹⁴Avakeo Jesôsy nimpôdy tagny Galilia tamin'ny angôvon'ny Fagnahy, aveo ny vava mahakasiky Azy dia afa nipariaka nagnairagna faritry magnodidigny jiaby. ¹⁵Dia nanomboko nampianatra tao amin'ny Synagoga-jareo Izy aveo niderain'ny jiaby. ¹⁶Nandaiha tagny Nazareta Izy, lehy tanagna naha goalahy Azy, avakeo araka ny fomba fatany, dia nitsôfotro tao amin'ny Synagoga tamin'ny andro Sabata Izy kay nitsangagna mbô hamaky teny mafy. ¹⁷Natôlotro Azy ny horonan-taratasin'Isaia mpagnazary. Nisokoafiny lehy boky avakeo hitany ny toairagna nanoroatagna azy, ²⁰Avakeo nahôrognô ny taratasy, nampôdy tagny amin'ny mpitandrigny, avakeo nantotry Izy. Ny mason-jareo jiaby tao amin'ny Synagoga dia nizaha Azy. ²¹Nanomboko nikoragna tamin-jareo Izy nagnanjao: "Niany tô Saoratra Masigny tô tantairaka eo ampitandrignaisanareo." ²²Jiaby tao dia nivaolagna tsara ny mahakasiky Azy aveo gaga tamin'ny koragnam-pahasoavagna zay naboakany vavany zareo, avakeo nagnontany Izy reo: "Fao tsy lehy zanaka Josefa moa tô?" ²³Izy nivaolagna tamin-jareo: "Azo antoko fao hivaolagna tô ôhabaolagna tamin'ny aminaha areo: 'Dokotaira, sitragno hainginao. Na ino na ino regninay fao nitsabonao tao Kapernaomy, dia mitsaboa tôtroto zany akagny amin'ny taninao.'" ²⁴Naifa nivaolagna Izy: "Koragniky marigny aminareo, tsisy mpagnazary azo ao amin'ny taniny." ³⁵Jesôsy nivaolagna mafy lehy masantôko kay nagnanjao: "Aza mivaolagna aveo mialao aminazy!" Koafa nanipy lehy lalahy ho lavo tagnivon-jareo ny masantôko, dia niala taminazy, avakeo tsy nandratra azy aby. ³⁶Nitolagaga jiaby ny ôlogno jiaby, avakeo nanôhy nifampikoragna ny mahakasiky zany. Nivaolagna zareo: "Fao vaolagna karaha ino eky zany?" Bikôny amin'ny fahefagna ndraiky angôvo ny fagnahy maloto dia miboaka." ³⁷Noho zany dia nanomboko niparitaka nagnairagna faritry magnodidigny ny lazany. ³⁸Niala ny Synagoga Jesôsy aveo niditry tantragnon'i Simona. Aveo nampijalin'ny tazo mahery ny rafozam-bavin'i Simona, avakeo niangavigny taminazy ho azy zareo. ³⁹Kay nitsangagna teo angnatraihany Izy aveo nivaolagna mafy ny tazo, dia niala taminazy zany. Avy hatragny izy dia nitsangagna avakeo nanomboko nanompo Azy reo. ⁴⁰Koafa jibiky masaova, dia nitondra ny ôlogno jiaby namarin'ny aretigny maro samihafa tamin'i Jesôsy ny ôlogno. Nagnambaila tagnagna tamin'ny tsiraikiaraiiky aby amin-jareo Izy kay nampahivagna zareo. ⁴¹Reo masantôko faogna koa dia niala tao amin'ny maro tamin-jareo, nangaikingaiky mafy ndraiky nivaolagna nagnanjao: "Anao no Zanaka Zagnahary!" Jesôsy nivaolagna mafy reo masantôko kay tsy nagnambaila zareo hivaolagna, satria hain-jareo fao Izy no Kristy. ⁴²Vao mahizinkiziginy, dia nandaiha tagny amin'ny toairagna manginginy Izy. Vahoaka maro no nizaha Azy aveo nagnagny amin'ny toairagna zay nisy Azy. Zareo dia niaizaka ny hitagna Azy mbô tsy hiala amin-jareo. ⁴³Fao Izy nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Tsy maintsy mitory ny vava maharavo mahakasiky ny Fanjakan-Jagnahary amin'ny tanagna maro hafa faogna koa Zaho, satria zany no antony nagnirahagna Zaho tatoy." ⁴⁴Aveo Izy nanôhy nitory tao amin'ny reo Synagoga magnairagna Jodia.

Chapter 5

⁴Koafa nijanogno nivaolagna Izy, dia nivaolagna tamin'i Simona Izy nagnanjao: "Ndeso amin'ny rano taigna laligny ny lakagna dia alatsaho ny haratonao mbô hazahoanareo hazandrano." ⁵Simona namaly Azy kay nivaolagna: "Tompo ô, afa niasa ny aligny tontolo zahay, fao tsy nahazo na ino na ino, fao nohon'ny koragnanao, dia halatsako ny harato." ⁶Koafa natan-jareo zany, dia navôry hazandrano maro taigna maro zareo, aveo natriaka haraton-jareo. ⁷Koa nagnano fihetsiky tamin-jareo namany zay tao agnatilakagna araiky hafa zareo fao zareo fa tôkony hoavy avakeo hagnampy lakagna njareo. Dia havy zareo kay nameno ny lakagna aroa, kay afa hely hijibiky zareo. ⁸Fao Simona Petera, raha voh nahita zany, dia niankaohaka teo amin'ny hongotro Jesôsy, nivaolagna nagnanjao: "Milao aminaha, fao lalahy mpanota zaho." ⁹Fao gaga izy, ndraiky reo zay jiaby niaraka taminazy, nohon'ny hafotriran'ny hazandrano zay azon-jareo. ¹⁰Tao agnatiny zany Jakoba ndraiky Jaona, zanak'i Zebedio, zay mpiara miasa amin'i Simona. Jesôsy nivaolagna tamin'i Simona nagnanjao: "Aza ambory, fao manomboko zao dia hagnarato ôlogno anao." ¹¹Koafa nindessin-jareo tagny an-tanety ny lakagnan-jareo, dia nagnambaila raha jiaby zareo kay nagnaraka Azy. ¹²Dia nitranga zao raha mbôla tao amin'ny araiky tamin'ny reo tanagna Izy, dia nisy lalahy feno habokagna teo. Koafa nahita Jesôsy izy, dia niankaohaka taminazy avakeo niangavigny taminazy, nagnanjao: "Tompo, raha mety anao, dia afaka magnadio zaho." ¹³Aveo namavatra tagnany Jesôsy ary nikasiky azy, nivaolagna: "Mety Zaho. Madiova." Samby teo dia afaka taminazy ny habokagna. ¹⁵Kanaifa ny tatitry mahakasiky Azy dia niparitaka lavitry faogna, aveo vahoaka maro no niara-tonga mbô hitandregny Azy nampianatra avakeo mbô hahivagna amin'ny aretignin-jareo. ¹⁶Kanaifa matetiky Izy dia niala nagnagny amin'ny tany foagna aveo nivavaka. ¹⁷Ary tamin'ny andro araiky nampianarany, dia nisy Fariseo ndraiky mpanora-dalàgna nibidôko teo zay avy amin'ny tanagna samihafa ao amin'ny faritry Galilia ndraiky Jodia, avakeo koa avy ao amin'ny tanagnan'i Jerosalema. Ny angôvon'ny Tompo no tao aminazy mbô hagnasitrana. ²²Fao Jesôsy, nahay zay nieritreretin-jareo, namaly aveo nivaolagna zareo nagnanjao: "Nagnino areo magnontany zany ao am-pônareo?" ²³Ino no mora volagniny: 'Voavaila ny helokoa' sa mivaolagna hoe: 'Mitsangana avakeo mandihiana?' ²⁴Naifa mbô hahazanareo fao ny Zanak'Ôlogno dia manam-pahefagna hamôtoto heloko aketo antany, dia volagniky aminao, mitsangana, ndeso ny fandriagnanao aveo mandihiana agny an-tragnonao. ²⁵Samby teo dia nitsangagna teo agnoloan-jareo izy ary nangala lehy fandriagna zay nandriany. Avakeo niala nagnagny antragnony izy, nagnamia vogninahitry Zagnahary. ²⁶Sondriagna jiaby aveo nagnamia vogninahitry Zagnahary zareo. Feno hamboriagna zareo, nivaolagna nagnanjao: "Nahita raha mahagaga atsika niany." ²⁷Tafaran'ny nitrangan'ny reo raha reo, dia niala teo Jesôsy kay nahita mpamôry haitra araiky zay antsôvigny Levy nidôko teo amin'ny tragno lain'ny mpamôry haitra. Nivaolagna taminazy Izy nagnanjao: "Magnaraha Zaho." ²⁸Dia nitsangagna i Levy kay nagnaraka Azy, ka nagnambaila ny raha jiaby. ²⁹Dia nagnano fagnasagna lehibe tao an-tragnony ho an'i Jesôsy i Levy. Fôntry reo mpamôry haitra ndraiky reo ôlogno hafa zay nipaitraka teo amin'ny latabatra aveo nihinagna niaraka tamin-jareo. ³⁰Naifa reo Fariseo ndraiky reo mpanora-dalàgna dia nitaraingny tamin-jareo mpianany, nivaolagna: "Nagnino anao mihinagna ndraiky migiaka miaraka amin'ny reo mpamôry haitra ndraiky reo mpanota hafa?" ³¹Namaly zareo Jesôsy nagnanjao: "Tsy mila dokotaira ny ôlogno salama; fao reo marary faogna." ³²Tsy tonga hagnantso ny ôlo-marigny ho amin'ny fibaibahagna Zaho, fao hagnantso ny mpanota hoamin'ny fibaibahagna. ³³Dia hoizy zareo taminazy: "Reo mpianatr'i Jaona mazagna mifady hanigny ndraiky mivavaka, aveo reo mpianatry reo Fariseo dia magnano hotra zany koa. Naifa ny mpianatrao dia mihinagna ndraiky migiaka." ³⁴Jesôsy nivaolagna zareo: "Moa misy ôlogno mahavita mampifady hanigny ny havan'ny mpampakatra raha aohatra mbôla mipaitraka eo amin-jareo ny mpampakatra?" ³⁵Fa hoavy ny andro zay hangalagna ny mpampakatra eo amin-jareo aveo amin'ny zany andro zany dia hifady hanigny zareo. ³⁷Tsisy ôlogno magnisy divay vava agnatiny seho hôditry fa aila. Raha magnano zany izy, dia hagnatriaka hôditry lehy divay vava, avakeo ho raraka ny divay, aveo haratra lehy seho hôditry. ³⁸Fao ny divay vava tsy maintsy atao agnatiny seho hôditry vava. ³⁹Tsisy ôlogno avy nigiaka divay fa haila ka hagniry ny vava, fao hoizy hoe: 'Lehy talaoha no tsara.'

Chapter 6

¹Ary tamin'ny Sabata dia nandaiha nagnagny an-tanety Jesôsy aveo reo mpianatra nangala salohim-bary, nikôsoko zany tamin'ny tagnan-jareo aveo nihinagna ny voa. ²Fao ny sasany tamin-jareo Fariseo ndraiky nivaolagna: "Nagnino areo magnano raha tsy ara-dalàgna ny mitsabo azy amin'ny andro Sabata?"⁶Aveo tamin'ny Sabata hafa dia nandaiha tao amin'ny Synagoga Izy dia nampianatra vahoaka tao. Nisy lalahy araiky maty tagnagna ankahery tao. ⁷Nizaha marikitry Azy tsara reo mpanora-dalàgna ndraiky reo Fariseo mbô hahita raha hampahivagna ôlogno amin'ny Sabata Izy, mbô afahan-jareo mahita antony hagnambaragna Azy. ⁸Naifa hainy zay tan-tsaingn-jareo aveo nivaolagna tamin'lehy lalahy zay maty tagnagna Izy nagnan-jao: "Mitsangàna, avakeo avia aketo agnivoron'ny ôlogno jiaby aketo." Koa nitsangagna lehy lalahy aveo nitsangagna teo.¹²Tamin'ny zany andro zany dia nandaiha nagnagny an-tanety Izy mbô hivavaka. Nitohizany nandritry ny aligny jiaby ny fivavahagna tamin-Jagnahary. ¹³Koafa avy ny andro, nagnantso ny mpianany hoegny aminazy Izy, aveo nifidy aroa ambin'ny fôlo tamin-jareo Izy, zay nantsôvigny faogna koa hoe Apostoly.¹⁴Ny agnaragna reo Apostoly reo dia Simona (zay antsôvigny faogna koa hoe Petera) aveo ny rahalahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipino, Bartelemeo, ¹⁵Matio, Tomasy, Jakoba zanaka lahin'i Alfeo, Simona zay antsôvigny hoe Zelota, ¹⁶Jodasy zanak'i Jakoba, avakeo Jodasy Iskariota, zay tonga mpamadiky.²⁰Dia nizaha mpianany Izy, avakeo nivaolagna: "Sambatra areo zay mahay, fao nihinareo fanjakan-Jagnahary."²¹Sambatra areo zay tihinagna zeo, fao ho vôky areo. Sambatra areo zay mitomoagny zeo, fao himoehy areo.²²Sambatra areo koafa malaigny areo ny ôlogno aveo koafa ahilikiliky zareo ndraiky haratsin-jareo areo, nohon'ny amin'ny Zanak'Ôlogno. ²³Miravoa amin'ny zany andro zany avakeo mibitaha an-karavoagna, satria azo antoko fao hahazo valisiao gaida akagny an-dangitry areo, fao mitôvy amin'ny zany no nindaisan'ny razan'ny reo mpagnazary.²⁴Fao loza hoanareo zay manan-kariagna, fao afa azonareo zay mahafa-pô areo.²⁵Loza hoanareo zay vôky zeo, fao mbôla ho tihinagna areo agny afara agny. Loza hoanareo zay mimoehy zeo, fao hisaona ndraiky hitomoagny areo agny afara agny.²⁶Loza hoanareo, koafa mivaolagna tsara mahakasiky areo ny ôlogno jiaby, fao mitôvy amin'ny zany ny natan'ny razanareo tamin'ny reo mpagnazary sandoko.²⁷Fao mivolagna aminareo zay mitandregny Zaho, tiavo ny fahavalonareo avakeo manaova ny tsara amin'ny zay malaigny areo. ²⁸Tahio zay magnôzogno areo avakeo mivavaha hoan'reo zay magnano tsinotsinona areo.²⁹Koa misy manaifaka fifinao araiky dia amiazao azy koa ny hilany. Raha misy ôlogno mangala lambanao, aza mitagna na dia ny ankanjonao koa aby. ³⁰Amiazao zay jiaby mangataka aminao. Raha misy ôlogno mangala raha zay nihinao, aza mangataka ny hamiraignagna zany aminao.³¹Hotra zay tianao hatan'ôlogno aminao, dia tôkony hitsabonao amin-jareo koa zany.³²Raha zay ôlogno tianao faogna no tiavinao, ino no tsara hoazonao amin'ny zany? Fao na ny mpanota aby mbô tia zay tia azy koa. ³³Raha amin'ny zay ôlogno magnano tsara anao faogna anao magnano tsara, ino no tsara ho azonao amin'ny zany? Fao ny mpanota aby dia magnano hotra zany.³⁴Raha tsy mampindragna koa tsy amin'ny zay ôlogno handrasagna fao hagnam-pôdy zany aminao faogna anao, ino no tsara ho azonao amin'ny zany? Fao ny mpanota aby mampindragna ny mpanota, mbô hazahoagna hotra zany koa.³⁷Aza mitsara, biaka tsy ho tsaraigny areo. Aza magnameloko, aveo tsy ho melohigny areo. Mamelà ny hafa, avakeo hoavela areo.³⁸Magnamaiza, dia amiagna areo zany. Fahafôizagna fôntry—zay atafotafô, miara voahontsagna ary mitobaka—no hararaka eo am-pofonao. Araka ny famaharanareo, no hamaharagna areo hotra zany koa."³⁹Aveo Izy nagnano fagnoharagna tamin-jareo koa. "Moa ny ôlogno gila afaka mitariky ôlogno gila hafa? Raha magnano zany izy, dia mety hilatsaka agny andavaka zareo roa, sa tsia?"⁴⁰Ny mpianatra araiky dia tsy gaida noho ny mpampianany, fao zay jiaby nahatantairaka ny fiofagnagna dia hitôvy amin'ny mpampianany.⁴¹Fao nagnino anao mizaha ny tapa-kakazo hely zay ao agnatin'ny mason'ny rahalahinao, kanaifa tsy mahazo onogno vatan-kakazo agnaty masonao? ⁴²Akôry no ivolagnanao ny rahalahinao hoe: 'Oa rahalahy, ano zaho hangala tapa-kakazo eo amin'ny masonao,' naifa tsy hitanao eky vatan-kazo eo amin'ny masonao? Mpiatsaravelatsihy! Alao eo amin'ny masonao alaoha ny vata-kazo, avakeo hahita tsara anao kay afaka hangala ny sombin-kakazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao.⁴⁶Fao magnino areo nagnantso Zaho hoe: 'Tompo, Tompo,' kanaifa areo tsy mankatô zay raha volagniky? ⁴⁷Ny ôlogno jiaby mankatô Zaho ndraiky maharegny koragnanaha avakeo mankatô zany, dia ho ambarako areo hoe hotra ino izy.⁴⁸Hotra ny ôlogno zay nagnorigny tragno izy, zay nandavaka laligny teo amin'ny tany aveo nagnorigny fôtotry ny tragno teo ambony vatolampy. Koafa tonga ny rano be, dia nandriaka nanohitry zany tragno zany ny rano be, fao tsy nampiontsagna azy, satria tsara jodigny lehy izy.⁴⁹Aveo zay ôlogno maharegny koragnanaha naifa tsy mankatô zany, dia mitôvy amin'ny ôlogno zay nagnorintragno tamboniny tany kay tsy nagnisy fôtotro. Naifa nandriaka namely io tragno io ny rano be, dia lavo avy hatragny zany, ary ravagna tantairaka zany tragno zany."

Chapter 7

⁹Koafa naharegny zany Jesôsy, dia sondriagna taminazy Izy, aveo nitodiky tamin'ny reo vahoaka zay nagnaraka Azy dia nagnanjao: "Koragniky aminareo, fao na dia tagny Israely aby tsy nahitako finoagna hotra zao."¹⁰ Koafa nimpôdy tagny an-tragno reo zay nirahigny, dia nahita fao salama tsara lehy mpanompo.¹¹ Tafaran'ny zany, dia nandaiha tagny amin'ny tanàgna atao hoe Naina Jesôsy, ary niaraka tamin'ny reo mpianany ndraiky reo vahoaka maro.¹² Raha narikitry ny varavaran'ny tanagna Izy, tô nisy lalahy araiky afa maty nindesigny niboaka, zanaka lahy taokan'ny nininy (zay mpitondra taigna), aveo vahoaka maro avy amin'ny tanàgna no niaraka taminazy.¹³ Koafa nahita azy ny Tompo, dia naforaiginy tantairaka azy kay nagnanjao taminazy: "Aza mitomoagny."¹⁴ Avakeo niakatra Izy ary nikasiky lehy vata zay nitondran-jare lehy razagna, ary nijanogno reo nitondra zany. Nivaolagna Izy nagnanjao: "Oa tôvolahy, hoizy Zaho aminao, miaraigny."¹⁵ Dia niarigny lehy maty kay nanomboko nivaolagna, aveo Jesôsy nanôlotro azy tamin'ny nininy.¹⁶ Nandresy azy jiaby ny hamboriagna, kay nanôhy nidaira Zagnahary hatragny zareo, nivaolagna nagnanjao: "Mpagnazary lehibe no natsangagna aketo amintsika" Ary Zagnahary nitsinjo ny ôlognoanazy.¹⁷ Tô vava mahakasiky Jesôsy tô dia niparitaka nagnairagna Jodia ndraiky reo faritry magnodidigny jiaby.²¹ Ary tamin'ny zany fotoagna zany dia nampahivagna ôlogno maro tamin'ny aretigny ndraiky fahoriagna aveo fangirifiriagna avy amin'ny reo fagnahy ratsy Izy, aveo ôlogno gila maro no nampahitagna.²² Jesôsy namaly kay nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Koafa avy nandaiha tamin'ny lalanareo areo, tatero amin'ny Jaona zay hitanareo ndraiky regninareo. Nahita ny gila, nandaiha ny malemy, nadio ny boka, naharegny ny maregnigny, nitsanga-ko velogno ny maty, aveo nitoriagna vava maharavo ny ôlogno agnantin'ny tsy fahampiagna."²³ Sambatra ny ôlogno zay tsy mijanogno mino Zaho nohon'ny atako."²⁴ Aveo koafa lôsogno reo irak'i Jaona, dia nanomboko nivaolagna tamin'ny vahoaka Jesôsy ny mahakasik'i Jaona nagnanjao: "Hizaha ino no niboahanareo tagny antany maty? Vôlotara nihôzongozôniny rivotro moa?"²⁵ Fao hizaha ino no niboahanareo tagny? Lalahy misikigny lamba tsara moa? Zahavo, reo zay misikigny lamba lafo vidy ndraiky reo miaigny amin'ny fiainagna tsara dia ao amin'ny lapan'ny mpanjaka.²⁶ Fao hizaha ino no niboahanareo tagny? Mpagnazary moa? Ia, hoizy Zaho aminareo, aveo mihoatra lavitry noho ny mpagnazary.³³ Fao Jaona mpagnano Batista tonga tsy nihinagna môfo aveo tsy nigiaka divay, dia hoizy areo: 'Misy masantôko izy.'³⁴ Ny Zanak'Ôlogno tonga nihinagna ndraiky nigiaka, dia hoizy areo: 'Zahavo, fao tainda-kaniginy ndraiky mpigiaka Izy, namany reo mpamôry haitra ndraiky mpanota!'"³⁵ Fao ny fahindriagna dia voamarigny amin'ny zanany jiaby."³⁶ Aveo ny araiky tamin'ny reo Fariseo nagnasa Jesosy hinagna miaraka aminazy. Koafa avy niditry tao an-tragnon'lehy Fariseo Jesôsy, dia nipaitraka hihinagna teo amin'ny latabatra.³⁷ Tô, nisy vaiavy tao antanagna zay mpanota. Avakeo koafa nahatsikaritry izy fao nantotry teo amin'ny latabatra tao antragnon'ny lehy Fariseo Izy, dia nitondra tavoara alabastra feno mainaka mangitry izy.³⁸ Aveo raha nitsangagna tafarany teo narikitry hongony izy, dia nitomoagny, kay nanomboko nandaiha ny hongony tamin'ny ranomasony, kay nifafany tamin'ny vôlon-daohany reo sady nagnôroko hongony aveo nagnôsotro reo tamin'ny mainaka mangitry.³⁹ Koafa nahita zany lehy Fariseo nagnasa Jesôsy, dia nieritreritry, nivaolagna nagnanjao: "Raha mpagnazary tô lalahy tô, dia tôkony ho hainy hoe karazagna vaiavy magnankôry io mikitikitiky Azy io, fao mpanota io."⁴⁰ Jesôsy namaly kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Simona, misy raha ho volagniky aminao." Hoizy: "Volagno zany, Mpagnanatra ô!"⁴¹ Jesôsy nivaolagna: "Nisy mpagnampindram-baola nanagna mpitraosa aroa lahy. Ny araiky tôkony handoa diman-jato denaria, ny araiky dimam-pôlo."⁴² Koafa tsy afaka nagnaifa zany taminazy zareo, dia samy nambailany izy roa lahy. Noho zany, zôvy amin'izy aroa lahy no ho taigna ho tia Azy?"⁴³ Simona namaly Azy kay nivaolagna: "Diniho fao lehy namoizany fôntry." Dia hoizy Jesôsy taminazy: "Marigny ny fitsaranao."⁴⁶ Tsy nisaoranao diloilo ny laohanaha, fao izy nagnôsotro hongotro tamin'ny mainaka mangitry.⁴⁷ Noho zany dia mivaolagna aminao Zaho, fao reo fahotagnanazy, zay maro, dia voavaila—satria izy gaida fitiavagna. Fao zay navôtotro hely, dia tia hely."

Chapter 8

¹Aveo tafarany helin'ny zany dia nanomboko nandaiha nitety tanàgna ndraiky vohitry samihafa Jesôsy, nitory ndraiky nagnambara ny vava maharavo mahakasiky ny fanjakan-jagnahary. Niaraka taminazy reo aroa ambin'ny fôlo lahy, ²hotra reo vaiavy sasany zay nahivagna tamin'ny fagnahy ratsy ndraiky ny aretigny: Maria zay nantsôvigny hoe Magdalena, zay afa namoahagna masantôko fito, ³Johana, vadin'i Koza, zay mpitan-draharahan'i Heroda, avakeo Sosana; ndraiky reo maro hafa koa, zay tamin'ny fanagnan-jareo, dia nagnamia zay nilain-jareo. ⁴Raha mbôla nisy vahoaka maro nivôry, dia avy nagnatogno Azy reo ôlogno avy atamin'ny isan-tanagna, dia nagnano fagnohoaragna Izy: ⁵"Nisy mpamboly niboaka mbô hamafy ny voany. Raha izy namafy igny, dia voafafy tegny amôron-dalagna ny sasany aveo voatsidia zany, avakeo lanin'ny vôn'ny langitry. ⁶Ny sasany ndraiky voafafy tegny amin'ny laitrim-bato, kay raha vao naniry, dia nalazo zany satria tsisy hamandoagna. ⁷Avakeo ny sasany dia voafafy tamin'ny fatsika, aveo ny fatsika niaraka naniry tamin'ny voa kay nangaija zany. ⁸Ny sasany voafafy tegny amin'ny tany loanaka kay namoa vokatra zay tsara lavitry nisôsoko zato hegny." Tafaran'i Jesôsy nivaolagna reo raha reo, dia nagnantso mafy Izy nagnanjao: "Zay manan-tsôfigny hitandrignaïsa, aoka izy hitandregny." ⁹Nagnontany Azy reo mpianany ny amin'ny tian'zany fagnohoaragna zany hambara. ¹⁰Nivaolagna Izy: "Ny fahaizagna raha mivôn'ny fanjakan-jagnahary dia amiagna areo, fao hoan'ny hafa dia mikoragna amin'ny fagnohoaragna Zaho, mbô tsy ahita zareo na dia mahita aby, aveo tsy hahay na dia mitandregny aby." ¹¹Ary zao no dikany lehy fagnohoaragna: ny voa dia ny tenin-jagnahary. ¹²Reo voafafy tegny amin'ny sisin-dalagna dia reo zay mitandregny, fao aveo dia tonga ny devoly kay mangala lehy teny tao ampônny, mbô tsy hino ndraiky ho voavonjy zareo. ¹³Aveo reo teo amin'ny vatolampy ndraiky dia reo zay, koa mitandregny koragna, dia mangala zany amin-karavoagna. Naifa tsisy fakany reo; malaky foagna ny finoagnan-jareo, aveo amin'ny fotoagna fitsapagna dia lavo zareo. ¹⁴Reo voa voafafy teo amin'ny fatsika dia reo ôlogno mitandregny koragna, fao koafa mandaiha amin'ny lalany zareo, dia voagaijan'ny fiahia gna ndraiky hariagna aveo ny fahafinaraitan'izao fiainagna zao, kay tsy matoy ny voany. ¹⁵Fao ny voa voafafy tamin'ny tany tsara, dia reo no, mitandregny ny vaolagna tamin'ny fô marigny ndraiky tsara, avakeo zareo mitagna azy tsara avakeo namokatra am-paharaitagna. ¹⁶Ary tsisy ôlogno, koafa nandrehitry jiro, dia manarogno azy amin'ny sarogno na magnambaila zany ambany fandriagna. Fao naifa, magnambaila azy eo amin'ny fanaovan-jiro, mbô ho hitan'ôlogno jiaby zay miditry ny hazavagna. ¹⁷Satria tsisy takogno zay tsy ho amboaka, na raha mivôny zay tsy hohay, aveo hiboaka amin'ny hazavagna. ¹⁸Kay mitandrignaïsa tsara, zay managna, dia mbôla hamiagna fôntrifôntry, fao hoan'ny zay tsy managna ndraiky, na zay hanagnany aby dia ho alaigny aminazy. ¹⁹Avakeo ny nininy ndraiky ny rahalahiny nagnatogno Azy, naifa tsy afaka nagnarikitry Azy nohon'ny vahoaka. ²⁰Nisy nivaolagna taminazy: "Ny nininao ndraiky rahalahinao dia mitsangagna ao ambailany, tehita Anao." ²¹Fao Jesôsy namaly ndraiky nivaolagna tamin-jareo: "Ny niniky ndraiky rahalahiko dia reo zay mitandregny koragnan-jagnahary ndraiky mankatô zany." ²²Ary indraiky andro dia nandaiha an-dakagna Izy niaraka tamin'ny reo mpianany, aveo Izy nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Andaiha atsika hoegny andafirôn'ny matsabôry." Dia nandaiha zareo. ²³Fao raha nandaiha zareo dia tafandry Jesôsy. Avakeo nisy valolan-drivotro havy teo amin'ny matsabôry, kay feno rano ny lakagna, avakeo nitandindon-doza zareo. ²⁴Zareo dia nahazo ny faritr'i Gerasena, zay tandrifin'ny matsabôrin'i Galilea. ²⁵Aveo koafa nakatra hankegny an-tanety Jesôsy, dia fanôjy tamin'ny lalahy araiky avy tao an-tanagna zay nisy masantôko. Ary afa aila izy no tsy misikigny lamba, avakeo tsy nibidôko tantragnao fao tegny amin'ny fasagna. ²⁶Koafa nahita Jesôsy izy, dia nangaiky mafy ndraiky niakaohaka teo agnatraihany kay nivaolagna tamin'ny feo mafy nagnanjao: "Ino no iraisanao aminaha, Jesôsy zanaka Zagnahary taïgna agnambo ô? Miangavigny Anao zaho, aza mampijaly zaho." ²⁷Fao Jesôsy nandidy ny fagnahy maloto tamin'ny lehy lalahy. Fao afa nandritry ny fotoagna maro no nangaija azy zany, kay na dia nifihezigny tamin'ny tady ndraiky gadra vy aveo niambaisagna aby izy, dia nipotehiny reo tady avakeo nindessin'ny masantôko tagny antanimaty izy. ²⁸Jesôsy nagnontany azy nagnanjao: "Zôvy agnaragnao? Aveo hoizy: "Legiona," fao fôntry ny masantôko zay afa niditry taminazy. ²⁹Zareo niangavigny Azy hatragny mbô tsy handaifa azy hoagny amin'ny lavaka tsy hita tapairany. ³⁰Aveo reo zay nahita zany nivaolagna azy reo ny fomba nampahivagna lehy lalahy nanjakan'ny masantôko. ³¹Ary ny vahoaka jiaby teo amin'ny faritr'i Gerasena dia nangataka Jesôsy mbô hiala eo amin-jareo satria feno hamboriagna mafy zareo. Noho zany dia nandaiha an-dakagna Izy mbô afahan-jareo mimpôdy. ³²Lehy lalahy niboahan'ny masantôko dia niangavigny taminazy mbô hagnambaila azy handaiha hiaraka aminazy, fao Jesôsy nandaifa azy, nivaolagna nagnanjao: ³³"Mimpodiana agny an-tragnonao kay magnomaïza tatitry feno mahakasiky zay nitsabon-jagnahary taminao." Ary lehy lalahy nandaiha tamin'ny lalany, dia nagnambara magnernagna ny tanagna jiaby zay nitsabon'i Jesôsy taminazy. ³⁴Ary nisy vaiavy araiky teo zay afa nandaiha lio nandritry ny aroa ambin'ny fôlo tagno aveo afa nandany vaolany jiaby, [Fagnamarihagna:

Reo manam-pahaizagna dia mizarazara hevitra raha tôkony ampidiragna eto ny fehezan-teny magnanjao: "Nandany vaolany jiaby (izy)] avakeo tsisy nampahivagna azy na zôvy na zôvy.⁴⁴ Ary izy nandaiha afaran'i Jesôsy kay nikasiky ny rambon-dambany, dia nijanogno teo ny eo ny lio-nazy.⁴⁷ Koafa hitan'ny lehy vaiavy fao tsy tankaolaka izy, dia nangovitry izy aveo niankaohaka taminazy. Nambarany teo imason'ny ôlogno ny antony nikasihany Azy, ndraiky ny fomba nampahivagna azy avy hatragny.⁴⁸ Aveo Izy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Zanaka vaiavy, ny finoagnanao no nampahivagna anao. Mandihana am-piadanagna."⁵¹ Koafa nankao an-tragno Izy, dia tsy nambaila na dia ôlogno araiky aby hiaraka-hiditra aminazy hafan'i Petera ndraiky Jaona avakeo Jakoba, ndraiky iadan'lehy zaza aveo ny nininy.⁵² Ary jiaby dia nisaona ndraiky nitomoagny azy,⁵³ fao Izy nivaolagna: "Aza mitomoagny; tsy maty aby izy fao mandry." Dia nimoehy Azy zareo, satria fa maty lehy zaza vavy.⁵⁴ Fao niraisiny tamin'ny tagnany izy kay nagnantso mafy, nivaolagna nagnanjao: "Zanaka, mitsangàna!"⁵⁵ Aveo nimpôdy fagnahinazy, kay niarigny samby teo izy. Avakeo nibeko zareo Izy mbô hagnamia hanigny azy.⁵⁶ Ary gaga ny ray aman-dreniny, fao Izy ndraiky nandraova zareo mbô tsy hivaolagna na amin-jôvy na amin-jôvy ny raha zay nitranga.

Chapter 9

¹Nagnantso reo aroa ambin'ny fôlo lahy Izy ary nagnamia zareo angôvo ndraiky fahefagna amin'ny reo masantôko jiaby aveo hampahivagna reo aretigny. ²Nalaifany zareo hitory ny fanjakan-jagnahary ndraiky hampahivagna ny marary. ³Nivaolagna Izy tamin-jareo: "Aza minday na ino na ino amin'ny dianareo—tsisy tongôzo, tsisy kitapom-batsy, tsisy môfo, tsisy vaola, avakeo tsisy ankanjo fagnampiny. ⁴Zay tragno idiranareo, dia mijanona akao mandra-pialanareo. ⁵Na aiza na aiza tsy handraisana-jareo areo, koafa miala zany tanàgna zany areo, dia hintsagno hiala amin'ny hongotro areo ny jôfo mbô ho fitsanganagna antomoa anohairagna zareo."

⁶Avakeo dia lôsogno zareo ary namakivaky tanàgna, nitory ny vava maharavo ndraiky nagnasitragna tagny jiaby tagny. ¹²Aveo koafa hoaligny andro, dia nagnatogno Azy reo aroa ambin'ny fôlo kay nivaolagna nagnanjao: "Alifaso andaiha reo vahoaka mbô afahan-jareo mandaiha akagny amin'ny reo tanàgna magnodidigny ndraiky ambanivôhotro mbô hahita fatoriagna ndraiky hanigny, satria aty amin'ny tany foagna atsika." ¹³Fao hoizy tamin-jareo: "Amianareo raha hoanigny zareo." Ary nivaolagna reo: "Tsy managna mihoatra noho ny môfo dimy ndraiky hazandrano aroa zahay—raha tsy hoe mandaiha zahay aveo mividy hanigny hoan'ny reo ôlogno jiaby reo." ¹⁴(Teo dia nisy teo amin'ny lalahy dimy arivo teo ho eo.) Ary nivaolagna tamin'ny reo mpianany Izy: Ampatairo ho vôngrognô dimam-pôlo isan-jareo. ¹⁵Kay nagnano zany zareo, aveo nampantotry reo vahoaka. ¹⁶Nalaka reo môfo dimy ndraiky hazandrano aroa, dia niandra langitry Izy, nisaotra reo aveo nizarazaraigny, kay namiagna reo mpianatra zany mbô ho tolaoragna reo vahoaka. ¹⁷Nihinagna izy jiaby kay afa-pô, aveo nafômpogno reo tavailla tsy lany kay nisy potipotiny arao ambin'ny fôlo harogno. ¹⁸Ary koafa nivavaka manaokagna Jesôsy, dia niaraka taminazy reo mpianatra, dia nagnontany zareo Izy, nagnano agnanjao: "Volagnin'ny vahoaka ho zôvy moa Zaho?" ¹⁹Namaly zareo: "Jaona mpagnano batisa. Fao reo sasany nivaolagna hoe Elia, aveo reo sasany mivaolagna fao nitsangagna tamin'ny maty ny araiky tamin'ny reo mpagnazary fahigny." ²³Ary hoy Izy tamin-jareo jiaby: "Raha misy te hagnaraka Zaho, dia tsy maintsy mandà ny hagniny izy aveo mitondra kakazo fijaliany isan'andro ary hagnaraka Zaho. ²⁴Na zôvy na zôvy tehnavotro hagniny dia hagnary azy, fao na zôvy na zôvy hagnary hagniny nohony fitiavagna Zaho dia hagnavotro azy. ²⁵Ino no tsara azon'ny ôlogno amin'ny fanagnagna izo tontolo zao, kanaifa hagnary na mamotiky hagniny?" ²⁸Ary valo andro teo ho eo tafaran'ny nivolagnan'i Jesôsy reo koragna reo, dia niaraka taminy Petera ndraiky Jaona aveo Jakoba kay nakatra tanety hivavaka. ²⁹Raha nivavaka igny Izy, dia niaova ny bikany tarehiny, aveo nivadiky fôtsy mangilangilatra ny lambany. ³²Avakeo Petera ndraiky reo zay niaraka taminazy dia nivisarin'ny tôromaso, fao koafa taigna taitry tantairaka zareo, dia nahita voginahiny ndraiky reo lalahy aroa zay nitsangagna niaraka taminazy. ³³Ary koafa niala nagnalavitry Jesôsy zareo, dia hoizy Petera taminazy: "Tompo, tsara amintsika ny mijanogno aketo. Ambilao zahay hagnamboatra fialaofagna telo, araiky nihinao, araiky nihin'i Mosesy, avakeo ny araiky nihin'i Elia." (Tsy hainy zay nivolagniny.) ³⁴Teo ampivolagnagna zany izy, dia nisy zavogno tonga nanarogno zareo, kay ambory zareo koafa niditry tao amin'ny lehy zavogno. ³⁵Nisy feo niboaka avy tagny amin'ny lehy zavogno nagnanjao: "Tô no Zanakalahiko, lehy Araiky zay voafidy; tandrignaiso Izy." ³⁶Koafa nivaolagna lehy feo, dia Jesôsy zeraiky no hita teo. Nitagna ny fahanginany zareo tsy nivaolagna tamin-jôvy na zôvy tamin'ny zany andro zany ny mahakasiky zay jiaby hitan-jareo. ⁴³Ary aviteo dia sondriagna jiaby izy jiaby nahita ny hagnidasan-jagnahary. Raha gaga tamin'ny raha jiaby nitsabony igny zareo, dia hoizy Izy tamin'ny mpianany nagnanjao: ⁴⁴"Ambilao reto koragna reto ho tonga laligny ao an-tsôfigny areo: ny Zanak'Ôlogno dia ho vadihagna ho eo antagnan'ôlogno." ⁴⁵Fao tsy azon-jareo zany fagnambaragna zany. Zany dia navôny tamin-jareo, noho zany dia tsy azon-jareo ny dikan'ny zany, aveo mbôla natahotro zareo ny hagnontany mahakasiky zany fagnambaragna zany. ⁴⁶Ary avakeo nisy malomalo nanomboko teo amin-jareo ny amin'ny zay ho taigna gaida aminjareo. ⁴⁷Fao Jesôsy, nahay ny fihevitra tagny am-pônjareo, dia nangala zaza helo araiky kay nadôkony tankilany ⁴⁸aveo nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Fao na zôvy mandray tô zaza tô amin'ny agnarako, dia mandray Zaho; ary na zôvy na zôvy mandray Zaho, dia mandray lehy Araiky zay nagniraka Zaho. Fao zay taigna helo aminareo jiaby no gaida." ⁴⁹Jaona namaly: "Tompo ô, nahita ôlogno araiky zahay nangala masantôko tamin'ny agnaragnao dia nisakananay izy, satria izy tsy hagnara-dia miaraka aminay." ⁵⁰"Aza raràgna izy," Hoizy Jesôsy, "satria zay tsy manohitry areo dia momba areo." ⁵¹Koafa narikitry ny andro ampiakaragna Azy, dia niatriky hoagny Jerosalema Izy. ⁵²Nandaifa mpitondra hafatra Izy hialaoha Azy, aveo nandaiha zareo kay niditry tao amin'ny tanàgna Samaritana araiky mbô hagnomagna ny raha jiaby ho Azy. ⁵³Fao ny vahoaka tao tsy mandray Azy, satria nitodiky hoagny Jerosalema Izy. ⁵⁴Koafa nahita zany Jakoba ndraiky Jaona mpianatra, dia hoizy zareo: "Tompoko, tianao moa zahay raha handaifa môtro milatsaka avy agny an-dangitry mbô hamotiky zareo?" ⁵⁵Fao nitodiky Izy aveo nivaolagna mafy tamin-jareo, ⁵⁶ary lôsogno tagny amin'ny tanàgna hafa zareo. ⁵⁹Ary hoizy Izy taminazy: "Hagnaraha Zaho." Fao hoizy nagnanjao: "Tompoko, ambilao zaho alaoha andaiha handevigny iadako." ⁶⁰Fa hoizy

Izy taminazy: "Ambilao ny maty handevigny ny maty ao aminazy. Fao anao, mandihiana kay mitoria agny lavitry akagny aveo gidaso ny fanjakan-Jagnahary."⁶¹ Ary nisy hafa nagnanjao: "Hagnaraka Anao zaho, Tompo, fao ambilao zaho alaoha hitsabo veloma reo agny an-tragno."⁶² Jesôsy namaly azy nagnanjao: "Tsisy ôlogno mitàgna angady aveo mitodiky kay magnaiva ho amin'ny fanjakan-Jagnahary."

Chapter 10

¹Ary tafarany regny raha regny, dia nifidy fitopôlo lahy [Fanamarihagna: Maro amin'ny reo fandikagna talaoha taigna tsara no mivaky magnanjo: "Fitopôlo," Fao ny sasany mivaky magnanjo: "Aroa ambi-fitopôlo."] hafa ny Tompo, aveo nandaifa azy regny tsiaroaroa nialaoha Azy tagny amin'ny tanàgna jiaby ndraiky toairagna zay afa himboany. ²Hoizy Izy tamin-jareo: "Fôntry ny vokatra, fao vitsy ny mpiasa. Noho zany angataho ny Tômpon'ny vokatra mbô handaifa mpiasa mbô ho egny amin'ny vokatra." ³Zay tragno hidiranao, volagno alaoaha zao: 'Fiadanagna ho amin'ny tô tragno tô!' ⁴Raha misy ôlon'ny fiadanagna akao, dia hidôko aminazy ny fiadanagna zay volagninareo, fao raha tsisy ndraiky, dia himpôdy aminareo zany. ⁵Midaoha ao amin'io tragno io faogna, mihinagna ndraiky migiaka zay amian-jareo, fao ny mpiasa dia magnaiva ny karamany. Aza mifindrafindra tragno. ⁶Fao amin'ny zay tanàgna idiranareo, kay mandray areo, hoano zay amaizany eo agnatraihanareo, ⁷aveo ampahivagno ny marary zay akao. Volagno zareo magnanjo: 'Afa marikity areo ny fanjakan-jagnahary.' ⁸Loza hoanao, Korazina! Loza hoanao, Betsaida! Fao raha ny asa gaida zay nitsabogny taminao no nitsabogny tagny Tyro ndraiky Sidona, dia afa haila zareo nibaibaka, nipaitraka tamin'ny lamba fisaonagna ndraiky lavenona. ⁹Fao ho azo liferigny kokoa ny nihin'ny Tyro ndraiky Sidona amin'ny fitsaragna noho ny aminareo. ¹⁰Anao, kapernaomy, mieritreritry moa anao fao ho ampakarigny akagny an-dangitry? Tsia, ho ndesigny mijôso akagny amin'ny fiainan-tsi-hita anao. ¹¹Zay mitandregny areo dia mitandregny Zaho, ary zay tsy magneky areo dia tsy magneky zaho, aveo zay tsy magneky Zaho tsy magneky lehy nagniraka Zaho. ¹²Nimpôdy an-karavoagna reo fitopôlo, kay nivaolagna nagnanjo: "Tompo, na dia masantôko aza dia nagneky zahay tamin'ny agnaragnao." ¹³Jesôsy nivaolagna tamin-jareo: "Nizaha Satana nilatsaka avy akagny an-dangitry hotra ny sinkailatra Zaho." ¹⁴Zahavo, fao afa namiako areo ny fahefagna handia mainapitsoko, ny hala, aveo amboniny angôvo jiabin'ny fahavalo, avakeo na ino na ino dia tsy hoisy handratra areo amin'ny fomba jiaby. ¹⁵Na dia zany aby aza ravo faogna amin'ny zany, ho nagneky areo ny fagnahy, fao taigna miravoa hoe voasaoratra akagny an-dangitry ny agnaragnareo. ¹⁶Ny raha jiaby dia nankigniny Iada taminaha, aveo tsisy mahay zôvy ny Zanaka afa tsy ny Iada, aveo tsisy mahay hoe zôvy ny Iada afa tsy ny Zanaka ndraiky zay nisafidin'ny Zanaka agnaboahagna Azy. ¹⁷Fao lehy mpagnanatra, nagniry hagnamarigny haigniny, dia nivaolagna tamin'i Jesôsy nagnanjo: "Zôvy no namako?" ¹⁸Namaly Jesôsy kay nivaolagna: "Nisy lalahy araiky nijôso avy akagny Jerosalema hoagny Jeriko. Izy dia azony reo mpagnaidaka, zay nagnaidaka reo fanagnagna jiaby tagny aminazy, ndraiky namboko azy, ary nagnambaila azy afa hofaoty. ¹⁹Ary saindra nisy mpisôrognô nandalo tamin'ny zany lalagna zany, avakeo koafa nahita azy izy, dia nandaiha tamin'ny ilany. ²⁰Hotra zany koa ny Levita araiky, koafa nandalo tamin'ny lehy toairagna kay nahita azy, dia nandaiha tamin'ny ilany. ²¹Fao nisy Samaritana araiky, koa nandaiha tamin'ny himboany izy, dia tonga teo amin'ny nisy azy. Koafa nahita azy izy, dia nizaha azy. ²²Dia nagnatogno azy izy kay namehy bainy, avakeo nandraraka mainaka ndraiky divay tamin'ny zany. Nampitikininy ny bibiny izy, kay nindesiny tagny amin'ny tragno-mbahiny, aveo nikarakarainy. ²³Amaraigny dia nalaka denaria aroa izy, aveo nanôlotro zany tamin'ny mpampian-tragno, aveo nagnanjo: 'Karikaray izy, avakeo na hoatrino na hoatrino laninao mihoatra, koafa mimpôdy zaho, dia hifaiky. ²⁴Zôvy amin'izy telo reo, araka ny eritreritria, no naman'ny lehy azon'ny mpagnaidaka?" ²⁵Namaly lehy mpagnanatra nagnanjo: "Lehy araiky zay naneho fiantragna azy." Jesôsy nivaolagna taminazy: "Mandihiana avakeo mitsaboa hotra zany koa." ²⁶Aveo raha niara-nandaiha zareo, dia niditry tao amin'ny tanàgna araiky Izy, ary nisy vaiavy araiky antsôvigny hoe Marta nampandroso Azy tao antragnony. ²⁷Nanagna rahavavy atao hoe Maria izy, zay nidôko teo antongony ny Tompo aveo naharegny koragna nazy.

Chapter 11

¹Dia zao no nitranga koafa nivavaka tao amin'ny toairagna araiky Jesôsy, nisy araiky tamin-jareo mpianany nivaolagna taminazy nagnanjao: "Tompo, mbô ampianaro mivavaka zahay hotra ny nampianaran'i Jaona reo mpianany."²Hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Koafa mivavaka areo dia volagno magnanjo: 'Tada a, hoamasinigny ny agnaragnao. Ho tonga ane ny fanjakagnao."³Amiazo zahay ny hanignay isan'andro. ⁴Avotsôry ny helokoay, karaha ny amotsaoranay zay meloko taminay. Aza mitondra zahay amin'ny fakampagnahy."⁵Mbôla mivaolagna aminareo koa zaho, mangataha, dia hamiagna areo, mitadiava, dia hahita areo, magnonkaogna, dia ho vohoagna areo.¹⁰Fao ny ôlogno jiaby zay mangataka dia mahazo, aveo zay mitady dia mahita; ary zay ôlogno magnonkogno, dia ho vohoagna.¹¹Zôvy aminareo raim-pianakaviagna reo no, raha mangataka lako ny zanakareo, dia hagnamia azy bibilava fao tsy lako? [Fagnamarihagna: Reo fandikagna taigna tsara misy vaki-teny fohy kokoa, zay arahintsika eto. Ny fandikagna talaoha sasany dia misy vaki-teny taigna lavalava, zay hita ao amin'ny Matio7:9 koa: "Raim-pianakaviagna zôvy aminareo, raha mangataka môfo ny zanakareo, no hagnamia azy vato? Na lako, dia hagnamia azy bibilava?""]¹²Na raha mangataka atody izy, dia hamianareo maingoka moa izy?¹³Noho zany, raha areo ratsy fagnahy aza mahay magnamia fagnomaizagna tsara hoan'ny zanakareo, dia ohatrin'ny akôry ny hagasany Fagnahy Masigny hamian'ny iadanareo zay akagny an-dangitry hoan'ny reo zay mangataka aminazy?"¹⁴Ary Jesôsy nandroaka masantôko môa. Koafa nibeko lehy masantôko, dia nanjary nahay nivaolagna lehy lalahy zay môa, aeo gaga ny vahoaka.¹⁵Fao ny ôlogno sasany nivaolagna fao: "Amin'ny alalan'i Belzeboba, zay mpitariky ny masantôko, no androahany masantôko."¹⁶Ny sasany nitsapa Azy aveo nitady famantaragna avy akagny an-dangitry taminazy.¹⁷Naifa hain'i Jesôsy zay tao an-tsaingninareo kay nivaolagna tamin-jareo Izy nagnanjao: "Reo fanjakagna jiaby zay mizarazara dia ho rava, aveo ny tragno zay mizarazara dia hirodagna."¹⁸Koa raha miady an-tragno ary ny Satana, akôry no hampahadigny fanjakagnanazy? Fao hoizy areo mandroaka masantôko amin'ny alalan'ny Belzeboba Zaho. ¹⁹Fao raha mandroaka masantôko amin'ny alalan'i Belzeboba Zaho, amin'ny alalan-jôvy ndraiky no androahan'ny mpagnaradia areo azy? Noho zany, dia zareo no hitsara areo. ²⁰Fao raha mandroaka masantôko amin'ny alalan'ny ratsan-tagnan-jagnahary Zaho, dia tonga aminareo ny fanjakan-jagnahary.²¹Koafa ampy fitaovagna tsara ny lalahy mafy araiky miambigny tragnonazy, dia voaharo hariagnanazy, ²²naifa ndraiky raha mafy noho izy ny lalahy araiky kay mandresy azy, dia alain'ny lehy lalahy taigna mafy amin'ny lehy lalahy ny fiadiagna, avakeo ho alainy ny fanagnan'ny lehy lalahy.²³Zay tsy miaraka aminaha dia manohitry Zaho, aveo zay tsy mivôry miaraka aminaha dia misaraka.²⁴Koafa miala amin'ny ôlogno araiky ny fagnahy ratsy, dia lôsogno izy magnivakivaka toairagna tsisy rano avakeo mitady fitsaharagna. Ary koafa tsy mahita, dia hoizy: 'Andaiha himpôdy akagny amin'ny tragno naviako zaho.'²⁵Koafa tafimpôdy izy dia mahita zany tragno zany voadio ndraiky voalamigny. ²⁶Avakeo dia lôsogno izy ary malaka fagnahy hafa ratsy mandilatra hagniny miisa fito miaraka aminazy izy aveo miditry mbô hibidôko akao zareo. Ka taigna ratsy nohony lehy voalaohany ny afaragnany."²⁹Aveo raha mbôla misôsoko ny vahoaka, dia nanomboko nivaolagna Jesôsy nagnanjao: "Tô taminga tô dia taminga ratsy. Mitady famantaragna izy, naifa tsy hoisy famantaragna aboaka azy afa-tsy ny famantaran'i Jona. ³⁰Fao mitôvy ny nahatonga Jona ho famantaragna tamin'ny reo Ninivita, tôtroto zany koa dia ho famantaragna ny Zanak'Ôlogno amin'ny tô taminga tô.³¹Ny mpanjaka vavin'ny Atsimo dia hitsangagna amin'ny fitsaragna miaraka amin'ny reo lalahy amin'ny tô taminga tô kay hagnameloko zareo, fao tonga avy akagny amin'ny faran'ny tany izy mbô hitandregny ny fahindriagnan'i Solomana, avakeo tô, aketo ny ôlogno gaida noho Solomana.³²Ny lalahin'i Ninive dia hiraka hitsangagna amin'ny tô taminga tô amin'ny fitsaragna aveo hagnameloko azy, satria nibeko tamin'ny nitorian'i Jona zareo, aveo tô, misy gaida noho Jona aketo.³³Tsisy ôlogno araiky, raha avy anandrehitry jiro, dia magnapaitraka zany amin'ny toairagna takogno na ambanin'ny harogno, fao ambaila eo amin'ny fipitrihan-jiro, mbô ho hitan'izay miditry ny hazavagna. ³⁴Ny maso no jiron'ny vatagna. Koafa tsara ny masonao, dia feno hazavagna ny hainginao jiaby. Fao raha ratsy ndraiky ny masonao, dia feno hizigny ny hainginao. ³⁵Noho zany, mitandraima are mbô tsy ho mahizigny ny hazavagna ao aminareo. ³⁶Ary raha feno hazavagna aveo ny hainginao jiaby, kay tsisy ampahan'zany ao agnaty hizigny, dia ho mitôvy ny jiro zay mampangilatra ny hazavany eo aminao ny hainginao jiaby.³⁷Koafa vita koragnanazy, dia nisy Fariseo nagnasa azy hiaraka hihinagna aminazy agny antragnony, dia niditry Jesôsy kay nipaitraka. ³⁸Gaga lehy Fariseo fao tsy nisasa alaoha Jesôsy alaohan'ny hihinagna.³⁹Fao hoizy Tompo taminazy: "Zeo, areo Fariseo, dia magnadio ny ambailan'ny Kôpy ndraiky kapila, naifa ny ao agnaitinareo dia feno rombaka ndraiky faharatsiagna."⁴⁰Areo hely saigny! Tsy nitsabo zay ao agnatiny faogna koa moa zay nitsabo ny ambailany?⁴¹Amaizo ny mijaly zay ao agnatiny, dia ho madio hoanareo jiaby ny raha jiaby.⁴²Fao loza hoanareo Fariseo, satria magnaifa ny ampahafôlon'ny solila ndraiky ny rota aveo ny kakazo hafa egny an-tsaha areo, naifa tsy nirahirahinareo ny fahamarignagna ndraiky ny fitiavan-jagnahary. Ilaigny ny mitsabo ny marigny ndraiky

mitia Zagnahary, salakady tsy magnadio ny magnano reo raha hafa faogna koa.⁴³Loza hoanareo Fariseo, fao tianareo ny toairagna voalaohany egny amin'ny Synagoga ndraiky ny fiarahabagna feno fagnajagna areo egny an-tsaina.⁴⁴ Loza hoanareo, fao areo dia mitôvy fasagna tsisy famantaragna zay hitsahan'ny ôlogno fao tsy hainy zany.⁴⁵Ny araiky tamin-jareo mpampianatra lalàgna nivaolagna taminazy nagnanjao: "Mpampianatra ô, zany koragninao zany dia maniratsira zahay koa."⁴⁶Jesôsy nivaolagna: "Loza hoanareo, mpampiana-dalàgna! Fao mampitondra ainta-mavaisatra tsy zakan'ôlogno areo, naifa tsy mikasiky zany ainta-mavaisatra zany akory na dia ny ratsan-tagnanareo araiky aby."⁴⁷Loza hoanareo, satria magnorigny fasagna hoan'reo mpagnazary areo, naifa ny razambenareo no namono zareo.⁴⁸Koa antomoa aveo magneky ny asan'ny razagnareo areo, fao namono zareo avakeo areo no magnorigny fasany.⁴⁹Noho zany faogna koa, no nagnambaran'ny fahindriagnan-Jagnahary nagnanjao: 'Hagnandaifa mpagnazary ndraiky Apostoly aminjareo Zaho, aveo zareo hamono ndraiky hagnenjiky ny sasany aminjareo."⁵⁰Tô taminga tô, zany no ho tompon'andraikitry amin'ny liny reo mpagnazary jiaby nilatsaka letry nahariagna izao tontolo zao,⁵¹nanomboko teo amin'ny lin'i Abela hatramin'ny lin'i Zakaria, zay nivonogny teo agnailagnailan'ny alitara ndraiky fitoairagna masigny. Ia, volagniky marigny aminareo, fao tô taminga tô no ho tompon'antoko.⁵²Loza hoanareo mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy, satria nalainareo ny fangalahidin'ny fahaizagna; tsy miditry ao ny haigninareo, avakeo sakananare reo zay miditry."⁵³Tafaran'ny nialan'i Jesôsy teo, dia nanohitry Azy ny mpanora-dalàgna ndraiky ny Fariseo aveo niady hevitra taminazy mahakasiky raha maro,⁵⁴sady niaizaka ny hamandriky Azy tamin'ny koragna faogna.

Chapter 12

¹Tamin'ny zany, koafa niara-nivôry ny vahoaka andrivony maro, fôntry loatra faogna kay nifandi-tongotro zareo, taina voalaohany dia nanomboko nivaolagna tamin'ny reo mpianany Izy nagnanjao: "Tandremo ny masirasiran'ny reo Fariseo, zay fiatsarambelatsihy.²Fao tsisy takogno zay tsy hiboaka, aveo tsisy mivôny zay tsy ho hay.³Kay na ino na ino volagninareo tao amin'ny hizigny dia ho regny amin'ny fahazavagna, avakeo zay nikoragninareo tantsôfigny tao agnaty efitragno dia hambara egny an-tampo-tragno.⁶Tsy avidy farantsa hely aroa moa ny tsintsigny dimy? Kanaifa tsisy araiky amin'ny regny zay hadigno akeo amin'ny mason-Jagnahary.⁷Fao na ny vôlon-daohanareo aby dia voahisany jiaby. Aza ambory. Fao manan-danja mandilatra nohon'ny tsintsigny maro areo.⁸Hoizy Zaho aminareo, zay jiaby magneky Zaho eo agnatraihan'ôlogno, ny Zanak'Ôlogno faogna koa dia hagneky azy eo agnatraihan'ny reo anjelin-Jagnahary,⁹fao zay tsy magneky Zaho eo agnatraihan'ôlogno dia holaviky eo agnatraihan'ny reo anjelin-Jagnahary.¹⁰Zay jiaby mivaolagna manohitry ny Zanak'Ôlogno, dia hoavaila zany, fao zay jiaby mivaolagna ratsy manohitry ny Fagnahy Masigny ndraiky, dia tsy ho voavaila zany.¹¹Koafa mitondra areo eo agnatraihan'ny Synagoga, reo mpanapaka, ndraiky reo manam-pahefagna zareo, dia aza magnahy ny amin'ny zay ho fomba fivolagnanareo,¹²satria ny Fagnahy Masigny no hampianatra areo zay tôkony ho koragninareo amin'ny zany fotoagna zany.¹³Aveo nisy ôlogno araiky avy tao amin'ny reo vahoaka nivaolagna taminazy nagnanjao: "Oa mpagnanatra, volagno ny rahalahiky mbô hira laova aminaha."¹⁴Jesôsy nivaolagana taminazy: "Ralehilahy, zôvy nagnano Zaho ho mpitsara na mpagnailagnailagna areo?"¹⁵Hoizy Izy tamin-jareo: "Miambaisa mbô hitananareo ny hainginareo lavitry reo fagnirian-dratsy jiaby, satria ny fiaignan'ôlogno araiky dia tsy miankigny amin'ny fidoboky ny fanagnany."¹⁶Avakeo Jesôsy nagnano fagnohoaragna araiky taminjareo, nagnanjao: "Namokatra fôntry ny sahan'ny lalahy mpanakariagna araiky,¹⁷aveo nagnontany taina izy, nivaolagna nagnanjao: 'Ino no ho ataoko, fao tsy managna toairagna hikajiagna reo vokatra naha zaho?'¹⁸Hoizy izy: 'Zao no hi tsaboky. Haratiky reo tragno fitoairam-bokatra naha dia hanangagna gaida tatokitry zaho, aveo ao amin'ny reo no hamoriako ny voako ndraiky reo vokatra hafa.¹⁹Dia hivaolagna amin'ny fagnahina zaho magnanjao: 'Oa fagnahy, anao dia managna vokatra maro voakajy hoamin'ny tagno maro. Mitsahara tsara, mihinàna, migiaha, miravoa."²²Jesôsy nivaolagna taminjareo mpianany nagnanjao: "Nohony zany dia koragniky aminareo, aza magnahy ny amin'ny hainginareo zay ho hoaninareo are, na ny mahakasiky hainginareo zay ho zay hitafigny.²³Fao ny haingny mihoatra noho ny hanigny, avakeo ny vatagna mihoatra noho reo fitafigna.²⁹Aza mitady zay ho hoaninareo ndraiky zay ho gahinareo, aveo aza miahiahy.³⁰Fao reo firenena jiaby aketo amin'ny zao tontolo zao reo dia mitady regny raha regny, avakeo hainy ladanareo fao mila regny areo.³⁷Sambatra reo mpanompo, zay hitan'ny tompony fao niambigny koafa avy izy. Koragniky marigny aminareo, fao hisikigny lamba lavany amin'ny valahany izy, aveo hampidôko zareo eo an-databatra, kay hoavy izy aveo hanompo zareo.³⁸Raha hoavy amin'ny faharoa aby ny Tompo, na fotoagna fahatelo aby, kay mahita azy reo vôgnogno, dia hoa sambatra reo mpanompo reo.³⁹Ho fagnampiny zany dia diniho zao, fao raha hainy tômpontragny ny fotoagna havian'ny mpangalatra, dia tsy nagnambaila tragnony hovakiny izy.⁴⁰Mivognaosa faogna koa, fao tsy hainareo fotoagna hiavian'ny Zanak'Ôlogno."⁴⁵Fao raha mivaolagna ao am-pôny zany mpanompo zany magnanjao: 'Nahemotry ny tompoko ny fimpodianany,' kay manomboko mamono reo mpanompo lahy ndraiky vavy, avakeo mihinagna ndraiky migiaka, kay nanjary mamo,⁴⁶ny tompony zany mpanompo zany dia hoavy amin'ny andro tsy ampoiziny, aveo amin'ny fotoagna tsy hainy, ary hanapatapaka azy kay hagnomagna toairagna nazy miaraka amin'ny reo tsy mahatoky.⁴⁷Zany mpanompo zany, nahay ny sitram-pôn'ny tompony, kanaifa tsy niomagna na nitsabo araka ny sitrapôny, dia ho bobohigny amin'ny fikapohagna maro.⁴⁸Fao zay tsy nahay aveo nitsabo zay magnaiva azahoagna kapoko ndraiky, dia ho bobohigny amin'ny fikapohagna hely. Fao reo jiaby zay namiagna maro, dia ho taina maro no ho takigny aminazy, avakeo reo zay nanan-kanigny fôntry, dia ho maro mandilatra aby no hangatahigny aminazy.⁴⁹Tonga Zaho hanompy môtro egny ambonin'ny tany, aveo hotra ny akôry ny fagniriako mbô hirihaitan'ny zany.⁵⁰Fao managna fanaovam-batista mbô hitsaboagna batista zaho, avakeo hotra ny akôry ny fijaliako mandra-pahatantairaka zany!⁵⁴Nivaolagna tamin-jareo vahoaka koa Jesôsy nagnanjao: "Koafa mahita zavogno mifôrognô egny andraifagna areo, dia hoizy areo: 'Hoisy mahalegny hoavy,' aveo dia mitranga zany.⁵⁵Koafa misy rivotro mandaiha avy agny atsimo, dia hoizy areo: 'Hoisy hafanagna mafy hoavy,' ary mitranga zany.⁵⁶Oa mpiatsaravelatsihy, hainareo ny mandiniky toaitra'ny tany ndraiky langitry, fao akôry no tsy ahaizanareo mamantatra zao andro akeo zao?

Chapter 13

¹Tamin'ny zany andro zany, nisy ôlogno sasany teo nivaolagna taminazy mahakasiky reo Galiliana zay ny linjareo no nafangarony Pilato tamin'ny sôrognô manaokagna. ²Namaly Jesôsy avakeo nivaolagna taminjareo: "Areo moa mieritreritry fao reo Galiliana reo dia mpanota mihoatra noho reo Galiliana hafa jiaby satria nijaly hotra zany?" ³Tsia, Zaho mivaolagna areo. Fao raha misy tsy mibaibaka areo, areo jiaby dia hofaty hotra zany. ⁴Na regny ôlogno valo ambiny fôlo tao Siloama zay nilavoan'ny tilikambo kay nahafaty zareo, mihevitra moa areo fao taïna mpanota ratsy mihoatra noho reo lalahy hafa tao Jerosalema regny? ⁵Tsia, hoy Zaho. Fao areo raha tsy mibaibaka, areo jiaby faogna koa dia hofaty. ⁶Jesôsy nagnano zao fagnoharagna zao: "Nisy ôlogno nanagna kakazon'ny aviavy araiky navoly amin'ny tanim-boaloboka aveo tonga aveo nizaha voankakazo taminazy naifa tsy nahita na ino na ino. ⁷Lehy lalahy dia nivaolagna tamin'ny mpagnano vilogno: 'Tô, tonga teto zaho nandritra ny telo tagno avakeo niaizaka nitady voa tamin'ny toy kakazo aviavy toy naifa tsy nahita velively. Tapaho io. Nagnino io no ambaila mandratra ny tany.' ⁸Namaly lehy mpagnano vilogno kay nivaolagna: 'Ambilao eo io alaoha amin'ny toy tagno toy mandra-pangadiako magnodidigny azy ndraiky hagnanaovako zeziky aminazy.' ⁹Raha mamoa izy amin'ny tagno maraka, tsara; fao raha tsy zany, dia vonoy izy!" ¹²Koafa nahita azy Jesôsy, dia nagnantso azy kay nivaolagna: "Ravehivavy, afaka amin'ny fahalimiagnanao anao." ¹³Napaitrany taminazy ny tagnany, avakeo niaraka tamin'ny zay dia nitraika lehy vaiavy aveo nihoby Zagnahary. ¹⁴Fao ny mpanapaka ny Synagoga dia vingitry noho ny fagnasitragnagna natan'i Jesôsy tamin'ny Sabata. Noho zany dia namaly lehy mpanapaka aveo nivaolagna tamin'ny vahoaka: "Misy eniginy ny andro tôkony iasagna. Tongava kay mahivagna, fao ndraiky tsy amin'ny andro Sabata." ¹⁵Ny Tompo namaly azy kay nivaolagna nagnanjao: "Mpiatsaravelatsihy! Moa tsy samy mamaha ny boriky na aombiny ao amin'ny valany areo kay mitondra zany higiaka rano amin'ny Sabata?" ¹⁶Avakeo hotra zany koa toy zanaka vaiavin'i Abrahama, zay voafatotr'i Satana nandritry ny valo ambin'ny fôlo tagno toy, tsy tôkony mbô hivahagna moa ny fehiny amin'ny andro Sabata?" ¹⁸Avakeo Jesôsy nivaolagna nagnanjao: "Haotrany manankôry ny fanjakan-Jagnahary, avakeo haotrany ino no afaka agnohoarako zany?" ¹⁹Zany dia haotran'ny voatsinapy zay nalaigny ndraiky nafafin'ny lalahy araiky tambilogno, kay nanjary kakazo gaida araiky, aveo ny vôron'ny Langitry dia nagnamboatra tragnony tamin'ny reo ratsany. ²⁰Mbôla nivaolagna faogna koa Izy nagnanjao: "Ino afaka hampitoviako fanjakan-Jagnahary?" ²¹Zany dia hotrany masirasira zay nalain'ny vaiavy araiky kay nafangarony tamin'ny koba intelon'ny fagniraignagna mandra-piparitahany agnatin'ny koba jiaby. ³¹Tafarahelin'ny zany, nisy Fariseo sasany havy aveo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Mandihiana lahaoso ny aketo satria Heroda dia te-hamono Anao." ³²Jesôsy nivaolagna: "Mandihiana avakeo volagno zany amboahaolo zany: 'Tô, zaho mandroaka masantôko ndraiky magnano fagnasitragnagna niany aveo amaraïgny, aveo amin'ny andro fahatelo dia ho takako ny tanjoko.' ³³Na ino na ino miboaka, zava-dehibe aminaha ny manôhy zeo, amaraïgny, ndraiky ny andro magnaraka, satria tsy azo kehiginy ny famonoagna mpagnazary lavitry Jerosalema. ³⁴Oa Jerosalema, Jerosalema, zay mamono mpagnazary ndraiky manopy vato reo zay nirahiginy tagny aminareo. Impiry zaho nagniry hamôry ny zanakareo hotra ny akôho vavy mamôry zanany ambany haimbany, naifa tsy nagniry zany areo. ³⁵Tô, nilahaosagna tragnonareo. Zaho mivaolagna aminareo, tsy ho hitanareo Zaho ambara-pivolagnagna hoe: 'Sambatra zay avy amin'ny agnaragna Tompo.'"

Chapter 14

¹Aveo tamin'ny Sabata araiky, koafa nandaiha amin'ny tragnon'ny araiky tamin'ny reo mpitariky ny Fariseo hihinagna môfo Izy dia nagnaramaso Azy narikitry zareo.²Tô, teo agnatraihany nisy lalahy araiky zay nampijalin'ny edema.³Jesôsy nagnontany reo manam-pahaizagna amin'ny lalagnan'ny Jiosy ndraiky reo Fariseo nagnanjao: "Azo atao moa mampahivagna amin'ny andro Sabata, sa tsia?"⁴Fao zareo dia nangigny. Noho zany dia niraisin'ny Jesôsy izy, aveo nampahivagniny, dia nalaifany handaiha.⁵Hozizy tamin-jareo: "Zôvy aminareo zay manan-janaka lalahy na aomby latsaka agnaty vôvo amin'ny andro sabata tsy hisintogno azy avy hatragny?"⁶Zareo dia tsy nahavita nagnamia valiny amin'ny reo raha reo.¹²Jesôsy faogna koa dia nivaolagna tamin'ny lehy lalahy nagnasa Azy nagnanjao: "Koafa magnamia hanigny na fagnasagna anao, dia aza nagnasa reo namanao na reo rahilahinao na reo marikitry anao na reo mpanankariagna magnodidigny anao, amin'ny mety hagnasany anao koa ho takalony zany, aveo ho voavaly anao."¹³Fao koafa magnano fagnasagna anao, asao ny mijaly, ny managna antsa, ny mandringa, aveo ny gila,¹⁴dia ho sambatra anao, satria tsy afaka hamaly anao zareo. Fao anao dia ho voavaly amin'ny fitsanganan'ny marigny."¹⁵Koafa naharegny reo raha reo ny araiky tamin'ny reo niray latabatra tamin'i Jesôsy, dia nivaolagna taminazy izy nagnanjao: "Sambatra zay hihinagna môfo ao amin'ny fanjakan-Jagnahary!"¹⁶Fao Jesôsy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Nisy lalahy araiky nikarakara hanigny lehibe aveo nagnasa ôlogno maro."¹⁷Koafa voakarakara ny hanigny, dia nagniraka mpanompony izy hivaolagna zareo zay nasaigny nagnanjao: "Mandrasa, fao raha jiaby dia afa vôgnogno."¹⁸Izy jiaby dia nitôvy saigny avakeo nanomboko nagnano fialan-tsigy. Lehy voalaohany nivaolagna taminazy: "Nividy saha zaho, kay tôkony hiboaka zaho aveo hizaha zany. Miala tsigny zaho."¹⁹Araiky hafa nivaolagna: "Nividy aomby fôlo zaho, avakeo andaiha hamantatra zareo. Miala tsigny zaho."²⁰Aveo nisy lalahy araiky hafa nivaolagna nagnanjao: "Voh avy nampakabady zaho, aveo noho zany dia tsy afaka ny hoavy zaho."²¹Dia tonga lehy mpanompo avakeo nivaolagna tamin'ny tômpony reo raha reo. Aveo lehy tompon-tragno vingitry kay nivaolagna tamin'ny lehy mpanompony nagnanjao: "Mandihiana malaky egny amin'ny reo harabe ndraiky antsaifantsaifa-dalagna eto antanàgna ny mahantra, ny mandringa, ny gila, aveo ny kilemaigny."²²Nivaolagna lehy mpanompo nagnanjao: "Tompo, afa vita zay nibikonao, fao mbôla misy toeragna faogna."²⁵Avakeo vahoaka maro no nandaiha niaraka taminazy, aveo nitodiky Izy ary nivaolagna zareo nagnanjao: "²⁶Raha misy aminareo magnatogno Zaho aveo tsy malaigny babany, nininy, vadiny, zanany, reo rahilahy ndraiky reo rahavaviny, avakeo na ny fiaignany aby, dia tsy afaka ny ho mpianatro izy."²⁷Na zôvy na zôvy tsy mitondra ny kakazofijaliany aveo magnaraka Zaho dia tsy afaka ny ho mpianatra naha.³¹Na koa mpanjaka ino, raha handaiha hifanehitra amin'ny mpanjaka hafa amin'ny ady, no tsy hipaitraka alaoha avakeo hangala hevitra raha miaraka amin'ny lalahy ray aligny dia afaka hiady amin'ny mpanjaka hafa zay tonga manohitry azy miaraka amin'ny lalahy roa aligny?³²Raha tsy zany, raha mbôla lavitry ny tafiky hafa, dia mandaifa antoko izy aveo mangataka fepaitra ho amin'ny fihavanagna.³³Kay noho zany, na zôvy na zôvy aminareo tsy mahafoy zay jiaby hanagnany dia tsy afaka ny ho mpianatro izy.³⁴Tsara ny sira, fao raha very ny tsiron'lehy sira, akôry no himpodianany hasira indraiky?³⁵Tsisy ilain'ny tany azy na dia zezi-tany aby. Ariagna faogna zany. Zay manan-tsôfigny ho antigny mitandregny, aoka izy hitandregny."

Chapter 15

¹Aveo reo mpamôry haitra jiaby ndraiky reo mpanota sasany dia havy teo amin'i Jesôsy mbô hitandregny Azy.

²Nifampimonimonigny reo Fariseo ndraiky reo mpanora-dàlagna, nivaolagna nagnanjao: "Io lalahy io dia mandray mpanota, avakeo miara-mihinagna amin-jareo lasiteo aby."³Jesôsy nitsabo zao fagnoharagna zao tamin-jareo, nivaolagna nagnanjao: ⁴"Zôvy aminareo, raha managna ondry zato izy ary aveo very ny araiky amin'ny ziregny, no tsy hagnambaila ny sivy amby sivy fôlo agny an-tany maty, aveo handaiha hizaha lehy araiky very mandra-pahitavany azy?"⁵Aveo koafa hitany zany, dia availany eo an-tsarony aveo miravo izy.¹¹Aveo Jesôsy nivaolagna nagnanjao: "Nisy lalahy araiky nanan-janaka aroa lahy,¹²aveo ny faralahy tamin-jare nivaolagna tamin'ny iadany nagnanjao: 'Iada a, amiazo zaho ny anjara hariagna zay tôkony ho ninaha.' Koa dia nizaraigny tamin-jareo ny fanagnany."¹⁷Fao koafa tonga saigny lehy faralahy, dia nivaolagna izy nagnanjao: 'Firy amin'ny reo mpanompony iadako no managna hanigny mihoatra ny saha, aveo tô zaho, matin'ny tihinigna! "¹⁸Hingiako eto kay ho agny amin'ny iadako zaho, aveo zaho hivaolagna aminazy magnanjao: "Iada a, afa nanota tamin'ny langitry zaho, ndraiky tamin'ny masonao."¹⁹Tsy magnaiva antsôvigny hoe zanakao eky zaho; atôvo hotra ny araiky amin'ny reo mpanompo zaho."²⁰Noho zany nandaiha lehy faralahy kay nandaiha amin'ny iadany. Raha mbôla lavitry izy, dia hitan'ny lehy iadany, aveo tôhigny nangoraka, kay nihazakazaka, aveo nitôlogno sady nagnôroko azy.²¹Lehy zanany lalahy nivaolagna nagnanjao: 'Iada a, afa nanota tamin'ny langitry ndraiky tamin'ny masonao zaho. Tsy magnaiva antsôvigny zanakao zaho."²²Lehy iada nivaolagna tamin'ny mpanompony nagnanjao: 'Ndeso malaky reo ankajo taigina tsara, kay ampiakanjoa azy, avakeo asio pairatra ny tagnany, ndraiky kiraro ny hongony."²³Avakeo ndeso lehy zanaka aomby matavy kay vonoy zany. Alôhy atsika hankalaza amin'ny lagnonagna! "²⁴Satria ny zanako lahy dia maty, ary zeo velogno ndraiky.' Very izy, avakeo zeo hita indraiky.' Aveo dia nanomboko nikoragna zareo."²⁶Vingitry lehy lahimatea, aveo tsy nety niditry, dia niboaka iadany, aveo niangavy azy."²⁹Fao namaly lehy lahimatea avakeo nivaolagna tamin'ny iadany nagnanjao: 'Zahavo, afa antagnony maro no nanompoako anao, aveo mbôla tsy nandika ny lalànao zaho, aveo anao tsy mbôla nagnamia na dia zanak'osy nafahako nikoragna niaraka tamin'ny reo namako aby,³⁰kanaifa koafa tonga ny zanakao lahy, zay nandriatra fanagnanao tamin'ny mpivaro-taigina, dia nivononao hoazy lehy zanak'aomby nafahy."³¹Hoizy lehy iada taminazy: 'Zanako, anao dia miaraka aminaha faogna, avakeo zay jiaby nihinaha dia nihinao."³²Kanaifa rariny amintsika ny mikoragna sady miravo, satria tô rahilahinao dia maty, avakeo zeo dia velogno indraiky; very izy, aveo zeo dia hita indraiky.'"

Chapter 16

¹Dia hoizy koa Jesôsy taminjareo mpianany: "Nisy lalahy mpanakariagna araiky nanagna mpitantagna, ary nitarigny tagny aminazy fao io mpitantagna io no nandany ny fanagnany jiaby. ²Koa nampagnantso azy lehy lalahy mpanan-kariagna aveo nivôlagna taminazy nagnanjao: 'Ino zany regniky mahakasiky anao zany? Magnamaiza tatitra mahakasikin'ny asa fitantanagnao, fao anao tsy ho afaka ny ho mpitandri-panagnagna eky.' ³Ary lehy mpitandrim-panagnagna nivaolagna tagny an-tsainy nagnanjao: 'Ino eky no tôkony atako, fao magnala zaho amin'ny asa tantaniky ny tompoko? Tsy manan-kery hiasagna tany zaho, avakeo maignatra ny hangataka zaho. ⁴Haiky ny ho atako, koafa alagna amin' ny asa fitantanagna zaho, dia hampandroso zaho ao an-tragnonareo ny ôlogno. ⁸Aveo lehy tompo dia nidaira lehy mpitantagna tsy marigny satria niasa tamin-kafitsiagna izy. Fao tegna fetsy ny zanaka zao tontolo zano ny amin' ny fifagnarahagna aminjareo samy ôlogno noho ny zanaka ny fahazavagna. ⁹Mivaolagna aminareo Zaho, mizahava namagna amin'ny alalan'ny vola tsy marigny, amizay koafa lany zany, dia mety halainjareo amin' ny fitoeragna bariky dintany areo. ¹⁰Zay mahatoky amin'ny hely dia mafatoky amin' ny maro koa, aveo zay tsy marigny amin'ny hely dia tsy marigny amin' ny maro koa. ¹¹Raha tsy mahatoky amin'ny fampiasagna vaola tsy marigny areo, zôvy no hatoky areo amin'ny hariagna marigny? ¹²Raha tsy mahatoky amin'ny fampiasagna ny vaolan' ny ôlogno hafa areo, zôvy no hagnomia vaola hoanareo zeraiky? ¹³Tsisy mpanompo afaka manompo tompo roa, fao na izy halany ny araiky dia ho tia ny araiky, na koa izy hanôlotro haingnazy ho an'ny araiky dia hagnano tsinontsinona lehy hafa. Tsy afaka manompo zagnahary ndraiky hariagna areo." ¹⁴Aveo Fariseo, zay tia vaola, koafa naharegny zany raha zany, dia nagnamavo Azy zareo. ¹⁵Nivaolagna taminjareo Izy nagnanjao: 'Areo dia magnamarigny ny hainginareo akeo imason' ny ologno, fao Zagnahary mahay ny fônareo. Fao zay hampakarigny eo amin'ny ôlogno dia halanareo ekeo imasin-Jagnahary. ¹⁹Ary nisy mpanankariagna araiky zay nisikigny lamba vôlemparasy ndariky rongôny misikigny aveo nankamamy isan'andro harem-beny. ²⁰Nisy mpangataka araiky antsôvigny hoe Lazarosy nibidôko akeo amin' ny vavahadiny, feno bày, ²¹aveo nagniry mbô hinagna zay latsaka avy eo amboniny latabatra lehy lalahy mpanan-kariagna. Fao na ny amboa aza tonga ndraiky nilailatra ny bàiny. ²⁵Fao Abrahama nivaolagna nagnanjao: 'Zanaka, tsaroavy fao tamin'ny androm-piainagnao dia nahazo raha tsara anao, aveo ny an'i Lazarosy ndraiky raha ratsy. Fao amizeo izy atoy dia voatambitamby, ary anao akao amin'ny fangirifiriagna. ²⁶Ankoatra zany jiaby zany, dia nisy taivagna gaida napaitraka, mbô tsy ho afaka hitsaka zay tihitsaka avy atoy hankagny aminareo, ary tsy afaka hitsaka avy agny handaiha aminay. ²⁹Fao Abrahama nivaolagna: 'Managna an' i Mosesy ndraiky ny mpagnazary zareo; aoka regny hitandrignaisanjareo.' ³⁰Ary namaly lehy lalahy mpanam-kariagna nagnanjao: 'Tsia, Abrahama lada, fao raha misy avy amin' ny maty mankagny aminjareo, dia hibebaka zareo.' ³¹Fao Abrahama ndraiky nivaolagna nagnanjao: 'Raha tsy mitandregny an' i Mosesy aveo regny mpagnazary zareo, dia tsy ho resy lahatra faogna na misy ôlogno mitsangnagna amin'ny maty aza.'"

Chapter 17

³Mitandraima. Raha manota ny rahalahinareo, volagno mafy izy, aveo raha mibebaka izy, mamelà azy. ⁴Raha manota aminao impito ao agnatin' ny andro araiky izy, kay impito mimpôdy aminao izy, mivaolagna fao: 'Mibebaka zaho,' dia tsy maintsy mamela azy anao!⁵ Zareo apostoly nivaolagna tamin'ny Tompo magnanjabo: "Ampitomboy ny finoagnanay." ⁶Ny Tompo nivaolagna: "Raha managna finoagna karaha voatsinampy areo, dia afaka mivaolagna amin'io vôrivôrinkakazo io hoe: 'Miongota, avakeo maniria an-dranomasigny,' dia hagneky areo izy." ⁷Fao zôvy aminareo, managna mpanompo miasa tany na miambigny ondry, kay hivaolagna aminazy koafa tonga avy akagny an-tsaha izy magnanjabo: 'Avia malaky aveo mantaira mbô hihinagna?' ⁸Fao tsy hivaolagna aminazy moa izy magnanjabo: 'Karakaray raho hoanigny zaho, kay atôvy fehimboko magnodidigny ny ankanjonao dia manompoa zaho mandrapahalanin' ny hanigny naha aveo figiahagnanaha. Dia aveo anao mihinagna ndraiky migiaka?' ⁹Tsy misaotra lehy mpanompo izy satria nagnao regny zay nibikoagna azy izy, sa misaotra magnomia fisaoragna izy? ¹⁰Na dia areo koa aza, koafa nahavita regny raha jiaby zay nandidiagna regny areo, dia tôkony hivaolagna magnanjabo: 'Zahay dia mpanompo tsy mendriky. Zay tôkony nitsabonay faogna no nitsabonay.' ¹¹Aveo raha nandaiha ho agny Jerosalema Izy, dia nandaiha teo amin' ny sisin-tany akeo agnailagnailan'i Samaria ndraiky Galilia. ¹²Koafa niditra akao amin'ny tanàna araiky izy, dia nisy boka fôlo lahy nitratro taminazy tao. Nitsangagna lavitry Azy zareo ¹³aveo nagnampakatra agnambo ny feonjareo, nivaolagna magnanjabo: 'Jesôsy, Tompo ô, mamindrà fô aminay.' ¹⁴Koafa nahita zareo Izy, dia nivaolagna taminjareo magnanjabo: "Mandihiana dia aboaho aminjareo mpisôrognô ny hainginareo." ¹⁵Raha igny lôsogno igny zareo dia nadio. Koafa nahita ny araiky taminjareo fao nahivagna izy, dia nimpôdy, niaraka tamin' ny feo agnambo nankalaza Zagnahary. ¹⁶Niankohoko teo an-tongotr'i Jesôsy izy, nanôlotro fisaoragna Azy. Izy dia Samaritana. ¹⁷Ary Jesosy nivaolagna magnanjabo: "Tsy afa madio moa zareo fôlo? Fao aiza ny sivy?" ¹⁸Tsisy hafa nimpôdy hagnomia vogninahitra Zagnahary moa? afa tsy tô vahiny tô?" ¹⁹Ary hoizy Izy taminazy: "Mitsangàna, kay mandihiana. Ny finoagnanao no nankaivagna anao." ²⁰Raha nagnontonianjareo Fariseo magnanjabo: "afiriagna ny fanjakan-Jagnahary no ho tonga, dia namaly zareo Jesosy kay nivaolagna: "Tsy hita-maso ny faviagnan' ny fanjakan-Jagnahary. ²¹Tsy hivaolagna koa zareo magnanjabo: 'Zahavo, tô lehy izy!' na hoe: 'Igne lehy izy!' Fao tô, ny fanjakan-Jagnahary dia akao agnatinareo." ²²Hoizy izy taminjareo mpianatra: "Avy ny andro hagnirianareo ny hahita ny araiky amin'ny andron'ny Zanak'ôlogno, fao tsy hahita zany areo. ²³Ary zareo nivaolagna aminareo fao: 'Zahao, atoy!' Fao aza miboaka na magnindry zareo, ²⁴fao karaha ny sinkelatra mazava koafa mitaratra avy akagny amin'ny ilany ny lanitra kay tonga akagny amin'ny ilany araiky, dia karaha zany ny Zanak'ôlogno amin'ny andronazy." ²⁵Fao voalaohany dia tsy maintsy hijaly amin'ny raha maro Izy ho tsy ikehin'ny tô taranaka tô. ²⁶Karaha zay nandalo tamin'ny andron'i Noa, no hoisy koa amin' ny andron'ny Zanak'ôlogno. ²⁷Nihinagna zareo, nigiaka, nanambady, natôlotro ho ampakarigny mandra-pahavian' ny andro zay nidiran'i Noa tao amin'ny sambofiara—ary tonga Safo-drano kay nandripaka zareo jiaby. ²⁸Karah zay niboaka tamin'ny andron'ny Lota—nihinagna sady nigiaka zareo, nividy ndraiky nivarotro, namboly ndraiky nitsabo tragno. ²⁹Fao tamin'ny andro zay niboahan'i Lota avy tao Sodoma, dia môtro ndraiky solifara no nilatsaka avy t'an-dangitry kay nandripaka azy jiaby. ³⁰Dia karaha zany koa ny amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'ôlogno. ³¹Amizany andro zany, aza misy ambaila halaka regny entagna ho agny ambailan'ny tragno zay akagny amin'ny tômpontragnô; aveo aza ambaila himpôdy zay agny an-tsaha. ³²Tsaroano ny vadin'i Lota. ³³Na zôvy na zôvy mitady hagnavotro ny hainginy dia hahavery azy, fao na zôvy na zôvy hahavery ny hainginy dia hamonjy azy. ³⁴Magnambara aminareo Zaho, fao amizany aligny zany dia hoisy ôlogno aroa akeo ambonon'ny fandriagna araiky. Ny araiky halaiginy, ary ny araiky ho availa. ³⁵Ary hoisy aroavavy miaraka mandisa vary. Ny araiky halaiginy, ary ny araiky ho availa." ³⁶[Fagnamarihagna: regny fandikagna tegna tsara dia magnala ny andininy faha 36 magnanjabo: "Hoisy arolahy agny an-tsaha; ny araiky halaiginy, ary ny araiky ho availa."] ³⁷Nagnontany Azy zareo magnanjabo: "Aiza Tompo?" ary Izy nivaolagna taminjareo magnanjabo: "Zay hamitrahagnan'ny faty, dia akagny koa no hoisy vôtoro hiaraka mivôry."

Chapter 18

¹Aveo izy nagnambara fagnoharagna taminjareo ny mahakasiky ny tôkony hivavahanjareo bariky aila, aveo tsy ho kivy, ²nivaolagna nagnanjao: "Tao amin'ny tanàgna araiky dia nisy mpitsara zay tsy natahotra Zagnahary aveo tsy nagnaja ôlogno.³Ary nisy mpitondra-tegna araiky akao amin'io tanàgna io, avakeo izy mandaiha aminazy mazàgna, nivaolagna magnanjao: 'Ampia zaho mbô hazahoako rariny magnoloagna ny fahavaloko.' ⁴Fao afa letrin'ny aila izy no tsy vôgnogno hagnampy azy, fao tafara hely ny zany nivaolagna tamin'ny hainginy izy nagnanjao: 'Na dia tsy matahotra Zagnahary aza zaho na tsy magnaha ôlogno, ⁵foa koa satria manahiragna zaho tô mpitondra-tegna tô, dia hagnampy azy zaho mbô hahazahoany rariny, mbô tsy handrairaka zaho nohon'ny fimpodimpidianany lava atô eky izy.'"⁶Aveo nivaolagna ny Tompo nagnanjao: "Tandrignaiso zay ambarany lehy tsy mpitsara tsy marigny. ⁷Avakeo tsy hitondra rariny hoany lehy voafidy zay magnantso mafy Azy andro aman'aligny koa moa Zagnahary?⁸ Ambarako aminareo fao hitonga rariny malaky aminjareo izy. Karaha zany koa, koafa tonga Zanak'ôlogno, hahita finoagna atô an-tany tatô be moa izy?"¹¹Lehy Fariseho nitsangagna avakeo nivavaka reto raha mahakasikin' ny hainginy reto nagnanjao: 'Zagnahare e, misaotra Anao zaho fao tsy mitôvy amin'ny ôlogno hafa—mpangalatra, ôlogno tsy marigny, mpijangajanga—na karaha tô mpamôry hetra tô aby. ¹²Mifady hanigny indroa isan-kerignianto zaho. Magnomia ny ampahafôn'ny lehy azoko jiaby zaho.'"¹³Fao lehy mpamôry hetra, nitsangagna avy aroy lavidavitry, tsy nety nagnampakatra ny masony tagny amin' ny langitry, fao niteha-tratra, nivaolagna nagnanjao: 'Zagnahary e, mamindrà fô aminaha, mpanota.'"¹⁴Magnambara aminareo Zaho, io lalahy io dia nimpôdy nijôso tagny an-tragnony maraindrainy no afa voavailla heloko noho lehy araiky, satria zay jiaby magnandratagna dia hajôso, fao zay jiaby manetry taigna no hampakarigny."¹⁵Ny ôlogno koa dia nitondra ny zanany hely Taminazy, mbô hikasihany, fao koafa nahita zany zareo mpianatra, dia nivaolagna mafy zareo.¹⁶Fao Jesôsy nagnantso zareo hagnatogno Azy, nivaolagna nagnanjao: "Ambilao ny zaza hagnatogno Zaho, ary aza sakanagna zareo. Fao agny karaha zareo ny fanjakan-Jagnahary.¹⁷Ambarako marigny aminareo, na zôvy na zôvy tsy halaka ny fanjakan-Jagnahary karaha ny zaza dia tsy hiditra akao amin'ny zany faogna."¹⁸Ary nisy mpanapaka araiky nagnontany Azy, nagnanjao: "Mpagnanatra tsara ô, ino tsy maintsy hi tsaboky mbô handovàko ny fiainagna bariky dintany."¹⁹Jesôsy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Nagnino Zaho no antsôvinao hoe tsara? Tsisy ôlogno tsara, afa-tsy Zagnahary araiky faogna."²⁰Hainareo didy—Aza mijangajanga, aza mamono ôlogno, aza mangalatra, magnaja ny iadanao ndraiky ny nininao."²¹Nivaolagna lehy mpanapaka nagnanjao: "Zany jiaby zany dia afa nankatoaviky rango zaho tanora."²⁴Ary Jesôsy, nahita azy, nanjary vignitry mafy [Fagnamarihagna: Zareo manam-pahaizagna dia mizara-hevitry raha tôkony ho ampidiragna eto ny teny hoe: [Izy] dia nanjary nalahelo mafy. Apitahao ny And 23] aveo nivaolagna nagnanjao: "Magnankôry ny fahasaraotagnan'ny fidiragna ao amin'ny fanjakan-Jagnahary hoanjareo zay mpanan-kariagna!²⁵Fao moramora foagna hoan'ny ramaiva ny hiditry amin'ny vôdim-pilo, nohon'ny hidiran'ny ôlogno mpanan-kariagna araiky amin'ny fanjakan-Jagnahary."²⁶Zareo zay naharegny zany dia nivaolagna nagnanjao: "Zôvy ary no afaka ho vonjegy?"²⁷Jesôsy namaly: "Reo raha zay tsy hain'ôlombelogo dia hain-Jagnahary."²⁸Petera nivaolagna nagnanjao: "Tô, niala raha jiaby zay nihinay zahay aveo nagnaraka Anao."²⁹Ary Jesôsy nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Ambrako marigna aminareo, fao tsisy ôlogno zay nahafoy tragno, na vady, na rahalahy, na iadany maha nininy, na zanaka, nohon'ny fanjakan-Jagnahary,³⁰zay tsy hahazo fôntry amin'ny tô tany tô, avakeo amin'ny andro hoavy, dia fiainagna bariky dintany."³¹Koafa avy namôry ny aroa ambin'ny fôlo lahy teo Aminazy Izy, dia hoizy izy taminjareo nagnanjao: "Tô, miakatra hoagny Jerosalema atsika, kay regny raha jiaby zay voasaoratra zareo mpagnazary mahakasikin'ny Zanak'ôlogno dia ho tantairaka."³²Fao hatôlotro akeo amin'ny Jentilisa Izy, kay hamohaizagna, aveo halagna baraka, aveo handroroagna.³³Afaran'ny hamompoahagna Azy, dia ho vononjareo Izy aveo amin'ny andro fahatelo dia hitsangagna ndraiky Izy."³⁴Tsy nahatakatra na ino na ino tamin'ny regny raha regny zareo, aveo navôny taminjareo zany koragna zany, avakeo tsy azonjareo ny raha zay voavaolagna."³⁵Ary raha narikitry Jeriko i Jesôsy, dia nisy lalahy gila araiky nibidôko teo antsisin-dalagna nangataka,³⁶aveo raha naharegny ny vahaoka nandalo, dia nagnontany zay raha nandalo izy."³⁷Nagnambara zareo hoe nandalo teo Jesôsy avy akagny Nazareta.⁴⁰Jesôsy nijanogno aveo nandigny mbô hitondra lehy lalahy ho akeo aminazy. Ary koafa narikitry leha lalahy gila, dia nagnontany azy Jesôsy nagnanjao: "⁴¹Ino no tianao hitsaboky aminao?" Nivaolagna izy nagnanjao: "Tompo, te-hahita zaho."⁴²Jesôsy nivaolagna taminazy: "Mahitava. Ny finognanao no nampahivagna anao."⁴³Teo noho eo dia nahita izy aveo nagnaraka Azy, nagnamia voghinahitry Zagnahary. Ny ôlgo jiaby, koafa nahita zany, dia nanôlotro fiderana ho an'ny Zagnahary

Chapter 19

¹Niditra Jesôsy aveo nandalo an'i Jeriko. ²Tô, nisy lalahy zay antsôvigny hoe Zakaiosy teo. Izy dia lehiben'ny mpamôry haitra sady nanankariagna. ³Niaizaka ny hizaha izy hoe zôvy Jesôsy, kanaifa tsy afaka nahita tao agnivon'ôlogno, satria fohy izy. ⁴Kay nilomoay talaohaka reo ôlogno izy avakeo nagnaniky kakazon'aviavy araiky mbô hizaha Azy, satria handalo amin'ny zany lalagna zany Jesôsy. ¹¹Raha naharegny zany raha zany zareo, dia nanôhy ninainagna Izy avakeo nagnano fagnoharagna araiky, satria teo marikitry Jerosalema Izy, avakeo zareo nieritreritry fao hiboaka samby teo ny fanjakan-Jagnahary. ¹²Noho zany Izy dia ninainagna nagnanjao: "Nisy andriandahy araiky nandaiha tagny an-tany lavitry mbô hahazo fanjakagna ho an'ny haignianazy ndraiky himpôdy avakeo. ¹³Nagnantso fôlo lahy tamin'ny reo mpanompo azy izy, avakeo nagnamia farantsa fôlo zareo, avakeo nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Manaova raharaha-barotro papiky zaha himpôdy." ¹⁴Kanaifa reo fokon'ôlogno nalaiginy azy salakady nagnandaifa solontaigna nagnarakana azy, nivaolagna nagnanjao: "Tsy ilainay ny hanjakan'io lalaha io aketo aminay." ¹⁵Avakeo koafa nimpôdy ndraiky reo mpagnaradia azy lehy namiany vaola mbô ho akeo aminazy izy, mbô hahazany zay tômbony azon'njareo tamin'ny fanaovagna raharaha-barotro. ¹⁶Havy teo alaohakanazy ny voalohany, nivaolagna nagnanjao: "Tompo, ny farantsanao dia nahazo tômbony farantsa fôlo mihoatra." ¹⁷Ninainagna azy lehy tandapa nagnanjao: "Tsara zany, mpanompo tsara. Noho anao natoky tamin'ny hely taigina hely, dia hanagna fahefagna amin'ny tagnagna fôlo anao." ¹⁸Havy lehy faharoa, nivaolagna nagnanjao: "Ny farantsagnao, Tompo, dia nahaifa farantsa dimy." ¹⁹Avakeo ninainagna tamin'ny lehy tandapa nagnanjao: "Hikarakara tanagna dimy anao." ²⁰Havy ny araiky hafa, nivaolagna: "Tompo, tô ny farantsagnao, zay nakajiky tsara tao agnatin'ny lamba, ²¹fao natahotro anao zaho, satria lalahy masiaka anao. Kay mangala zay tsy napaitrakao, avakeo mijinja zay tsy nafafinao." ²²Nivaolagna taminy lehy tandapa nagnanjao: "Amin'ny koragnanao manaokagna no hitsaraka anao, anao mpanompo ratsy totry. Hainao fao zaho dia lalahy masiaka, malaka zay tsy napaitrako, avakeo mijinja zay tsy nafafiky." ²³Kay nagnino moa tsy napaitrakao tagny amin'ny mpikajy vaola ny vaolanaha, kay koafa nimpôdy zaho dia ho nangala zany niaraka tamin'ny zanany?" ²⁶Zaho mivaolagna aminareo, fao zay jiaby managna dia hamiagna mihoatra, fao zay tsy managna, na dia zay hely anagnany dia halaiginy. ²⁷Fao reo fahavaloko, zareo zay tsy nagniry zaho hanjaka akeo aminjareo, hento atô zareo ary vonoy eto ankilako." ²⁸Koafa avy nagnambara regny raha regny izy, dia nandaiha talaohaka, nakatra hoagny Jerosalema. ²⁹Ary koafa tonga akeo mariny betifaga ndraiky Betania Izy, teo amin'ny tanety antsoviginy hoe oliva, dia nagniraka aroa tamin'ny reo mpianany Izy, ³⁰nivaolagna nagnanjao: "Mandihiana akagny amin'ny tanagna hafa. Koafa miditry areo, dia hahita zanaboriky araiky mbôla tsary nitikinin'ôlogno lasitekin'ny. Vahao zany aveo hento atoy aminaha. ³¹Raha misy magnontany areo magnanjao: "Magnino moa vahanareo zio?" dia ambaranareo magnanjao: "Misy ilavan'ny Tompo azy." ³²Zareo zay nirahiginy dia nandaiha akagny nahita lehy zana-boriky araka ny nivolagnin'ny Jesôsy taminjareo. ³³Raha teo ampamahagna zanaboriky zareo, dia hoizy zareo tompony taminjareo nagnanjao: "Nagnino vahanareo ny zana-borikinaha?" ³⁴Nivaolagna zareo: "Misy ilavan'ny Tompo azy." ³⁵Nihentinjareo tagny amin'ny Jesôsy zany, avakeo napetraka zareo teo ambonin'ny zana-boriky ny lambany aveo nampatotry Jesôsy akeo amboniny. ³⁶Raha nandaiha igny Izy, dia nivilarinjareo teo amin'ny lalagna ny lambanjareo. ⁴¹Koafa nagnatogno tanagna Jesôsy, dia nitomoagny azy, ⁴²nivaolagna nagnanjao: "Raha mbô hainareo moa amizeo andro zeo, egn'ny anao, reo raha zay mitonga fiadanagna hoanao! Naifa amizeo regny dia mivôny amin'ny masonao." ⁴³Fao hoavy aminareo andro, zay hampitsanganan'ny fahavalo manda magnodidiginy anao, aveo hagnodidiginy anao, ary hanery anao amin'ny lafiny jiaby. ⁴⁴Zareo dia handavo anao amin'ny tany miaraka amin'ny Zanakao. Tsy hagnapetraka na vato araiky mifampitikiginy aza zareo, satria anao tsy nahay zany fony Zagnahary niezaka ny hamonjy anao." ⁴⁷Aveo nampianatra isanandro tao am-piangonagna Jesôsy. Zareo laohan'ny mpisôrogn'ny ndraiky zareo mpanora-dalagna aveo zareo mpitariky ny vahoaka dia hagnano hamono Azy, ⁴⁸fao tsy nahita fomba hanaovagna zany zareo, satria navila nitandregny Azy aby ny vahoaka jiaby.

Chapter 20

¹Ary andro araiky, raha nampianatra ny vahoaka tao amin'ny tempoly Jesôsy ary nitory ny vava maharavo, dia nagnatogno Azy zareo lohan'ny mpisôrognô ndraiky mpanora-dalagna niaraka tamin-jareo sojabe. ²Nivaolagna zareo, nagnanjao: "Ambarao zahay hoe amin'ny fahefagna ino moa hagnanaovanao regny raha regny? Na koa zôvy no nagnamia Anao zao fahefagna zao?"³Niady hevitra zareo, nivaolagna nagnanjao: "Raha hamaly atsika: 'Avy agny andangitry dia hivaolagna Izy nagnanjao: 'kay nagnino areo tsy nino Azy?' 'Fao raha mivaolagna atsika nagnanjao: 'Avy amin'ny ôlombelôgnô,' dia hanopy vato atsika ny vahoaka jiaby, satria zareo dia resy lahatra fao Jaona mpagnazary."⁴Noho zany dia namaly zareo fao tsy hainjareo zay niaviany. ⁵Jesôsy nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Zaho tsy hagnambara aminareo zay fahefagna hagnanaovako zao raha jiaby zao."⁶Nivolagnin'ny tamin'ny vahoaka zao fagnoharagna zao: "Nisy lalahy araiky nanagna tanim-boaloboko, nampagnaofa zany tamin'ny mpamboly voaloboko, aveo nandeha tagny amin'ny firenena hafa tagnatiny fotoagna aila. ⁷Tamin'ny laira voatondro dia nagnandefa mpanompo izy ho agny aminjareo mpamboly voaloboko, fao tôkony hagnomia azy ny voankazon'ny lehy tanimboaloboko zareo. Nipopohinjareo mpamboly anefa izy, aveo nalaifany nimpôdy tagnam-pôlo. ⁸Avakeo nagnandefa mpanompo hafa ndraiky izy ary nipopohindreo koa, nalainy baraka, aveo nalefanjareo tagnampôlo. ⁹Mbôla nagnandefa fagnintelony izy aveo noratrainjareo koa izy, aveo niroahigny. ¹⁰Noho zany dia nivaolagna ny tômpony lehy tanimboaloboko nagnanjao: 'Ino raha ataoko? Halaifako akagny ny zanako lahy tiako. Mety mbô hajainjareo izy.' ¹¹Fao koafa hitanjareo mpamboly voaloboko izy dia nikoragna zareo, nivaolagna nagnanjao: 'Io lehy mpandova. Alohy ho vonontsika izy, biaka ho hazontsika ny lôva.' ¹²Niroahinjareo niala ny tanimboaloboko izy aveo nivononjareo. Ino aveo no ho ataon'ny tômpony lehy tanimboaloboko aminjareo? ¹³Hoavy izy aveo hagnapotiky reo mpamboly voaloboko, avakeo hagnamia lehy tanimboaloboko amin'ny hafa. Koafa naharegny zany zareo, dia nivaolagna nagnanjao: "Sagnatria amin-Jagnahary!"¹⁴Fao nizaha zareo Jesôsy, nivaolagna nagnanjao: "Ino hevitra lehy voasoratra hoe: 'Ny vato zay tsy nikelinjareo mpagnorintragno no nanjary vato fehizoro?' ¹⁵Ny tsiraikiaraiky zay lavo ake agnison'ny vato io dia tôtôro. Fao na zôvy na zôvy no lavo, dia ho potiky."¹⁶Nagnontany azy zareo nivaolagna nagnanjao: "Mpampianatra ô! Hainay Anao fao mivaolagna ndraiky mampianatra am-pahamarinagna, ary tsy voasariky ny hevitra zôvy na zôvy, fao Anao dia mampianatra ny fahamarinagna mahakasiky lalân-Jagnahary. ¹⁷Ara-dalagna aminay moa ny magnaifa hetra amin'i Kaisara, sa tsia?"¹⁸Nivaolagna Izy taminjareo nagnanjao: "Noho zany amiazô Kaisara ny raha jiaby nihin'i Kaisara, aveo amin'ny Zagnahary zay nihin-Jagnahary."¹⁹Tsy nahita tsigny tamin'izay nambarany teo agnatrehan'ny vahoaka zareo, fao dia gaga tamin'ny valin-teniny kay nangigny. ²⁰Koafa tonga teo aminazy ny sasany taminjareo Sadeseo, reo zay nivaolagna fa tsisy ny fitsanganagna amin'ny maty, ²¹nagnontany Azy zareo, nivaolagna nagnanjao: "Mpampianatra ô, Mosesy dia nanaoratra amintsika fao raha maty ny rahalahin'ny lalahy araiky, manambady, aveo tsy mananjanaka, dia tôkony halaka vady an'ny lehy vadin-drahalahiny lehy lalahy, aveo hagnomia zanaka hoan'ny rahalahany. ²²Nisy mpirahalalahy fito aveo ny voalohany nanam-bady, avakeo maty tsy nanan-janaka, ²³ary ny faharoa koa tôtôro zany. ²⁴Nagnampakatra azy ny fahatelo, aveo karaha zany aby izy fito samy tsy nanan-janaka, aveo maty. ²⁵Tafaran'ny zany dia maty lehy vaiavy. ²⁶Amin'ny fitsanganagna amin'ny maty, ho vadin-jôvy ary izy? Fao samy afavy nanambady azy izy fito."²⁷Jesôsy nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Zareo zanaka izao tontolo izao dia mampakabady ndraiky ampakarigny. ²⁸Fao zareo zay hita amin'ny zao andro zao fao magnaiva ny halaka ny fitsanganagna amin'ny maty dia tsy hampakabady na hampakarigny. ²⁹Tsy hofatry eky zareo, satria mitôvy amin'ny reo anjely ndraiky reo zanaka Zagnahary, zay zanaka ny fitsanganagna amin'ny maty. ³⁰Fao ny maty dia natsanganagna na Mosesy aza dia mampiseho, teo amin'ny lehy toeragna zay nisy voaroy, zay nagnantsaovany ny Tompo ho Zagnaharin'i Abrahama ndraiky Zagnaharin'i Isaka aveo Zagnaharin'i Jakoba. ³¹Ary Izy dia tsy Zagnaharin'ny maty, fao nihin'ny velogno, satria ny raha jiaby dia velogno ao aminazy."³²Ny sasany taminjareo mpanoradalagna namaly nagnanja: "Mpagnanatra ô, namaly tsara Anao." ³³Satria tsy nahasaiky nagnapetraka fagnintaniagna hafa taminazy eky zareo. ³⁴Jesôsy nivaolagna zareo nagnanjao: "Manankôry no agnambaranjareo fao Kristy dia zanaka lahin'i Davida? ³⁵Fao Davida vaokany no nivaolagna tao amin'ny bokiny salamo nagnanjao: "Ny Tompo nivaolagna tamin'ny Tompoko: 'Mibidaoha akao antanagna ankaheiko, ³⁶papiky agnanaovako ny fahavalonao ho fambilagna hongotro.' ³⁷Noho zany Davida dia nagnantso Kristy hoe: 'Tompô,' kay manankôry no maha zanak'i Davida Azy?"³⁸Tagnatrehan'ny ôlogno jiaby dia nivaolagna taminjareo mpianany Izy nagnanjao: ³⁹"Mitandrema amin'ny mpanora-dalagna, zay magniry handaiha miaraka amin'ny ankajo lava, ndraiky tia fiarahabaagna manaokagna egny an-tsaina, aveo dabilio voalohany ao agnaty synagoga, aveo toeragna voalohany agny amin'ny fagnasagna. ⁴⁰Zareo koa mandany ny tragnonjareo mpitondra tegna, aveo magnano vavaka lavareny ho fisehosehagna. Ny lalahy karaha zany dia hahazo fagnamelaoahagna bahery gaida."

Chapter 21

¹Jesôsy nanopy maso kay nahita reo lalahy manankariagna zay nadatsaka fagnatiry zareo tao amin'ny fandatsahan-drakitry. ²Nahita mpitondra-tegna mijaly araiky nandatsaka farantsa aroa tao Izy. ³Kay hoy Izy nagnanjao: Ambarako marigny aminareo, tô mpitondra-tegna mijaly tô dia nandatsaka fôntry noho izy jiaby. ⁴Ireo jiaby ireo dia nagnamia fagnatitry araka ny hafontrizan'ny hariagnany. Fao tô mpitondra-tegna tô, tamin'ny fahantragnanazy, dia nandatsaka ny fivilaomany jiaby.⁷ Koa nagnontany Azy zareo nagnanjao: "Oa Mpagnanatra, afiriagna reo raha reo hiboaka? Ino no ahaizagna koafa hiboaka reo raha reo?" ⁸Jesôsy namaly nagnanjao: "Mitandrema biaka tsy ho voafitaka areo. Fao maro no hoavy amin'ny agnarako, hagnano hoe: 'Izaho no izy,' ary, 'Efa marikitry ny fotoagna.' Aza magnaraka zareo. ⁹Koafa maharegny ady ndraiky fikomiagna areo, dia aza mangorohoro, fao reo raha reo tsy maintsy hiseho alaohaka, fao ny farany dia tsy hiseho eo no eo."¹⁰ Ary hoizy Izy taminjareo: "Ny firenena hitsangagna hanohitry firenena, aveo fanjakagna hanohitry fanjakagna. ¹¹Hoisy horohoro-ntany gaida, aveo tihinagna ndraiky areti-mandrignagna agny amin'ny toeragna samihafa. Hoisy raha mampatahotro avakeo famantaragna gaida avy agny andangitry.¹² Fao mialaoha reo raha reo, dia hanambotro areo zareo aveo hagnenjiky areo, hanôlotro areo akao amin'ny synagoga ndraiky figadragna, hitondra areo agnatraihanjareo fanjakagna ndraiky reo mpanapaka nohon'ny Agnarako.¹³ Zany dia hagnomia fahafahagna ho amin'ny fitsanganagna antomoa.²⁰ Koafa hitanareo voakodidigny miaramila Jerosalema, dia diniho fao afa marikitry ny faharavany.²¹ Dia aoka reo akagny Jodia hilaifa agny antanety, aveo aoka reo zay akagny agnivontanagna hilaifa, aveo aza ambaila hiditry akao zareo zay agny ambanivôlo.²² Fao reo no andron'ny valifaty, mbô ho tô reo raha jiaby afa voasoratra.²³ Loza hoanareo zay mitondra vahoaka ndraiky hoan-jareo mampinono aminjany andro zany! Fao hisy fahoriagna gaida ao amin'ny tany, avakeo hatizairagna amin'io vahoaka io.²⁴ Ho lavon'ny bôriziny zareo aveo ho ndesigny ho babo agny amin'ny firenena jiaby, aveo Jerosalema dia ho voajibajiban-jareo Jentilisa papiky tantairaka ny andron'ny Jentilisa.²⁵ Hisy famantaragna agny amin'ny masaova, agny amin'ny volagna, ndraiky agny amin'ny lakintagna aveo aketo antany. Ho azom-pahoriagna reo firenena, hitaintaigny nohon'ny rimorimon'ny ranomasigny ndraiky reo daroba.²⁶ Hisy lalahy ho toragna hamboriagna ndraiky fiandrasagna reo raha zay ho avy eto an-tany. Fao ho voahôzongôzogno ny ngôvon'ny langitry.²⁷ Avakeo dia ho hitanjareo ny Zanak'ôlogno havy egny amin'ny zavogno miaraka amin'ny ngôvo ndraiky vogninahitry gaida.²⁸ Fao koafa manomboko miboaka reo raha reo, dia mitsangàna aveo ahingano ny lohanareo, satria afa marikitry ny fagnafahagna areo."²⁹ Nitsabo fagnohoaragna tamin-jareo Jesôsy nagnanjao: "Zahavo ny kakazon'ny aviavy, ndraiky reo kakazo jiaby.³⁰ Koafa manaroko reo, dia ho hitanareo manaokagna fao afa marikitry ny laohotaogno.³¹ Hotra zany faogna koa, koafa hitanareo miboaka reo raha reo, dia diniho fao afa marikitry ny fanjakan-jagnahary.³⁷ Koa nandritry andro dia nampianatra tao amin'ny Tempoly Izy, aveo ny aligny dia nandeha niboaka Izy aveo nijanogno teo an-tanetin'ny oliva.³⁸ Ireo vahoaka jiaby dia tonga letry marandrain-dratsy mbô hitandregny Azy tao amin'ny Tempoly.

Chapter 22

¹Ary afa marikitry ny firavoravoagna amin'ny Môfo Tsisy Masirasira, zay antsôvigny hoe Paska. ²Niady hevitra reo laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo mpanora-dàlagna ny amin'y fomba afahan-jareo momono Jesôsy, satria natahotro ôlogno zareo. ³Aveo Satana niditry tamin'i Jodasy Iskariota, zay araiky tamin'ny reo tamin'roa aroa ambinifôlo. ⁴Jodasy nandaiha tamin'ny reo laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo kapiteny avakeo niady hevitra tamin-jareo ny amin'ny fomba hamadihany Jesôsy eo amin-jareo. ¹⁰Namaly zareo Izy nagnanjao: "Tandrignaiso, koafa miditry antanagna areo, dia hoisy lalahy araiky mitondra sehondrano hifanôjy aminareo. Magnaraha azy agny amin'ny zay tragno itsofaorany. ¹¹Dia volagno ny tòmpontragnô hoe: "Ny Mpagnanatra mivaolagna aminao hoe: 'Aiza ny efitragno fandraisam-bahiny, zay hihinanako ny hanign'ny Paska miaraka amin'ny reo mpianatro?'"¹⁴Koafa tonga ny fotoagna, dia nantotry niaraka tamin'ny reo apstoly Izy. ¹⁵Dia nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Nagniry mafy ny hihinagna tôle paska tôle miaraka aminareo Zaho alaohaka ny hijaliako. ¹⁶Fao volagniky aminareo, tsy hihinagna tôle eky Zaho, papiky tantairaka zany akagny amin'ny Fanjakan-Jagnahary."¹⁷Dia nalaka kapoaka Jesôsy, aveo koafa nigiaika Izy, dia nagnanjao: "Raiso tôle, avakeo zarao aminareo."¹⁸Fao volagniky aminareo, tsy higiaika ny vokatry ny voaloboko eky Zaho, papiky havy ny fanjakan-Jagnahary."¹⁹Dia nandray môfo Izy, koafa nigiaika, dia nitapahiny zany, aveo namiany zareo, dia nivaolagna nagnanjao: "Tôle ny haigninaha zay amiagna areo, Atôvy zao ho fahatsiarovagna Zaho." ²⁰Niraisiny hotra zany koa ny kapoaka koafa vita fihinanagna, dia hoizy Izy nagnanjao: "Tôle kapoaka tôle dia lehy fagnikiagna vava amin'ny linaha, zay nalatsaka hoanareo."²¹Fao mitandrima. Lehy araiky zay hamadiky Zaho dia miaraka Aminaha aketo andatabatra. ²²Fao ny Zanak'Ôlogno dia mandaiha tatôkitry araka zay voatendry. Fao loza ho nihin'ny zany lalahy zay hamadiky Zaho zany!"²³Nanomboko nifangnontany zareo ny amin'ny araiky amin-jareo zay mety hagnano zany. ²⁴Dia nisy malomalo nitranga koa teo aminjareo mahakasiky zay heviritry ho tainga gaida aminjareo. ²⁵Nivaolagna tamin-jareo Izy: "Reo mpanjakan'ny Jentilisa dia tomponjareo, avakeo reo zay managna fahefagna aminjareo dia atao ho hotra reo zay magnano tsara ho nihin'ny vahoakany."²⁸Fao areo no ôlogno zay nanôhy niaraka Taminaha tao amin'ny fankam-panahy nahazo Zaho. ²⁹Amiako fanjakagna areo, hotra ny Iadako koa zay nagnamia fanjakagna Zaho, ³⁰mbô ho afaka hihinagna ndraiky higiaika akeo andatabatra agny amin'ny fanjakako areo, ary hipaitraka eo amin'ny dabilio fiandrianana hitsara ny fokon'ny Israely aroa ambin'ny fôlo areo. ³¹Simona, simona, mitandrima, mitady ny hahazo areo Satana, mbô afahany misivagna areo hotra ny vary."³²Fao nivavaka hoanao Zaho, mbô tsy hofaoty ny finoagnanao. Afaran'ny himpodianako indraiky, dia ampaheraizo reo rahalahinao."³⁵Dia nivaolagna taminjareo Jesôsy: "Koafa nandaifa areo tsy niaraka tamin'ny fipitrahambola, kitapombatsy, na kiraro Zaho, nisy raha tsy ampy areo moa?" Namaly zareo nagnanjao: "Tsisy."³⁶Dia nivaolagna tamin-jareo Izy nagnanjao: "Fao zeo, zay managna fipitrahambola, aoka izy halaka azy, na kitapombatsy faogna koa. Zay tsy managna meso dia tôlekany hiavarotro ny lambanazy aveo hividizy araiky."⁴³Dia nisy anjely avy tandangitry niboaka taminazy, nampahery Azy."⁴⁴Tao agnatin'ny fangirifiriagna, nivavaka tamin-kafanam-pôle tainga mafy Izy, avakeo ny hatsimbohany dia nanjary hotra lio nitete tamin'ny tany."⁴⁵Ary koafa nitsangagna avy nivavaka Izy, dia nandaiha amin'ny mpianatra, avakeo nahita zareo nandry nohon'ny alahelon-jareo, ⁴⁶kay nagnontany zareo nagnanjao: "Nagnino mandry areo? Mitsangana avakeo mivavaha, mbô tsy hidiranareo amin'ny fakampagnahy."⁴⁹Koafa nahita raha nitranga reo zay nagnodidigny Jesôsy, dia nivaolagna zareo nagnanjao: "Tampo, tôlekany hamely amin'ny meso moa zahay?"⁵⁰Aveo ny araiky tamin-jareo namely ny mpanompon'ny mpisoronabe, avakeo nanapaka ny sôfiny ankahery. ⁵¹Jesôsy nivaolagna nagnanjao: "Ampy zay!" Nikasihiny ny sôfiny, aveo nampahivagniny izy."⁵²Jesôsy nivaolagna tamin'ny laohan'ny mpisôrona, tamin'ny reo kapitenin'ny tempoly, aveo tamin'ny reo sojabe zay tonga hanohitra Azy nagnanjao: "Tonga hotra ny hanambotro mpangalatra moa areo, miaraka amin'ny meso ndraiky koboay?"⁵³Tamin'ny Zaho niaraka taminareo isan'andro tao an-tempolo, tsy nisambotro Zaho areo. Fao zao no fotoagnanareo, ndraiky fahefagnan'ny haizigny."⁵⁶Nisy mpanompo vaiavy araiky nahita raha nidôko teo amin'ny fahazavagnan'ny môtro izy, ary nizaha mahitsy azy ndraiky nivaolagna nagnanjao: "Tôle lalahy tôle koa niaraka taminazy."⁵⁷Fao Petera nandà zany, nivaolagna nagnanjao: "Oa vaiavy, tsy haiko Izy."⁵⁸Afaka helihely dia nisy ôlogno hafa nahita azy, aveo niavaolagna nagnanjao: "Anao koa araiky aminjareo. "Fao Petera nivaolagna: "Oa lalahy, tsy izy Zaho."⁶³Aveo reo lalahy niambigny Jesôsy dia nigaodangaodagna aveo namboko Azy. ⁶⁴Nasian-jareo sôrognô Izy avakeo nagnintany Azy zareo, nivaolagna nagnanjao: "Maminanaia! Zôvy lehy ôlogno zay mamboko Anao?"⁶⁵Nivaolagna raha hafa maro hanohitra Jesôsy zareo, nivaolagna ratsy Azy."⁶⁹Fao manomboko zeo, ny Zanak'Ôlogno dia hidôko akeo antanagnagna ankaherin'ny ngôvon-jagnahary."⁷⁰Izy jiaby nivaolagna nagnanjao: "Dia zanaka Zagnahary zany Anao?" Jesôsy nivaolagna tamin-jareo: "Voalazanareo fao Zaho no Izy."⁷¹Zareo nivaolagna: Nagnino mbôla mila antomoa atsika? Fa atsika lasite no nahiregny avy tamni'ny vavanazy."

Chapter 23

¹Nitsangagna ny ôlogno jiaby taminjareo, aveo nitondra Jesôsy tagnatraihan'i Pilato. ²Nanomboko niampanga Azy zareo, nivaolagna nagnanjao: "Hitany tôle lalahy tôle nametavaita firenenay, nanakagna ny hagnomaizagna ny hetra hoan'i Kaisara, aveo nivaolagna fao Izy hainginy lasite no Kristy, mpanjaka"⁸Koafa hitan'i Heroda Jesôsy, dia taigna ravoravo izy, satria afa tehita Azy letry ny aila. Naharegny ny mahakasiky Azy izy aveo nagnantaigna hahita fahagagagna maro nitsabony. ⁹Heroda namaitram-pagnontaniagna tamin'i Jesôsy tamin'ny vaolagna maro, naifa Jesôsy tsy namaly na ino na ino azy. ¹⁰Reo lohan'ny mpisôrognô ndraiky reo mpanora-dàlagna nitsangagna, niampanga mafy Azy. ¹⁵Tsia, na dia Heroda aby, satria nalaifany nimpôdy tatoy amintsika Izy, aveo zahavo, tsisy na ino na ino zay magnaiva fahafataisagna vitany. ¹⁶Noho zany dia ho faiziko Izy, avakeo havôtsotro Izy."

¹⁷[Fagnamarihagna: Ireo fandikagna taigna tsara dia tsy magnisy ny and 17 hoe: Ary Pilato dia votery namôtsotro gadra araiky hoan'reo Jiosy tamin'ny andro firavoravoagna.] ¹⁸Fao niaraka nangaiky mafy zareo nagnanjao: "Ento agny io lalahy io, avakeo avotsôry hoanay Barabasy!" ¹⁹Barabasy dia lalahy araiky zay naiditry angandra nohon'ny fikomiagna maro tao an-tanagna sady famonoagna ôlogno. ²³Fao zareo nagnizingizigny tamin'ny feo agnambo, nangataka Azy mbô hifantsaihagna. Ny feon-jareo dia nandresy lahatra Pilato. ²⁴Kay dia nanapakevitry ny hagneky ny fangatahan-jareo Pilato. ²⁵Navôtsotro lehy araiky nangatahin-jareo zay nalaifa tagny angadra nohon'ny fikomiagna ndraiky famonoagna ôlogno. Fao natôlony ho amin'ny sitrapôn-jareo Jesôsy. ²⁶Ary teo am-pitondragna Azy zareo, dia nitagna Simona avy agny Syrenia, zay avy agny ambanivôhotro, avakeo napaitraka zareo taminazy kakazo fijaliagna mbô ho entigny nagnaraka Jesôsy. ²⁷Maro tamin'ny reo vahoaka, ndraiky reo vaiavy zay nalahelo mafy ndraiky nisaona Azy, no nagnaraka Azy. ²⁸Fao koafa nitodiky tagny aminazy zareo, dia nivaolagna Jesôsy nagnanjao: "Oa zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomoagna Zaho, fao mitomagnaia hoan'ny hainginareo ndraiky hoan'ny reo zanakareo. ²⁹Fao tôle, hoavy ny andro zay hivolagnan'izy reo magnanjao: 'Sambatra reo momba ndraiky reo kibo zay tsy nitairaka, aveo ny nono zay tsy nampinonoagna zaza. ³⁰Ary hanomboko hivaolagna amin'ny reo tanety zareo magnanjao: 'Milavoa aminay,' avakeo amin'ny havoagna hoe: "Manarogna zahay." ³¹Fao raha magnano zany raha zareo raha mbôla mahitso ny kakazo, ino no hitranga koafa maiginy zany?" ³²Nisy lalahy hafa, ôlon-dratsy aroa, nihentigny niaraka taminazy mbô hovonogno. ³⁵Dia nitsangagna nizaha teo reo ôlogna raha mbôla nigaodagaodagna Azy koa reo mpanapaka, nivaolagna nagnanjao: "Nagnavotro reo hafa Izy. Ambilao Izy hagnavotro ny hainginy, raha Izy no Kristin-Jagnahary, lehy araiky voafidy." ³⁹Ny araiky tamin'ny reo ôlon-dratsy zay nihantogno teo no namingavinga Azy tamin'ny nivolagnany nagnanjao: "Tsy Anao moa Kristy? Avaoty ny hainginao ndraiky zahay." ⁴⁰Fao ny araiky nivaolagna mafy azy, nagnanjao: "Tsy mbô matahotro Zagnahary moa anao, raha samy ambanin'ny fagnamelohagna mitôvy faogna?" ⁴¹Atsika eto taigna ara-drariny, satria mandray zay magnaiva atsika atsika. Fao tôle lalahy tôle tsy nagnano raha ratsy." ⁴⁴Ary laira faha-eniginy teo ho eo tamin'ny zany, aveo ny hizigny avy nandrakotro ny tany jiaby zisiky laira fahasivy ⁴⁵raha nahay mahizigny ny hazavagnan'ny masaova. Aveo ny lamban'ny tempoly dia nizara avy teo agnivony. ⁴⁶Nangaiky tamin'ny feo mafy, Jesôsy nivaolagna hoe: "Iada a, eo antagnagnao no ambulako Fagnahinaha." Koafa avy nivaolagna zany, dia maty Izy. ⁴⁷Koafa hitan'ny lehy kapiteny ny raha nitranga, dia nagnamia voginahitry Zagnahary izy, nivaolagna: "Taigna azo antoko fao ôlomarigny tôle lalahy tôle." ⁴⁸Koafa hitanjareo jiaby jiaby zay niara-tonga ho antomoa nagnatri-maso reo raha nitranga reo, dia nimpôdy nanaifatratra zareo. ⁴⁹Fao reo jiaby zay nahay Azy, ndraiky reo vaiavy zay nagnaraka Azy avy agny Galilia, dia nitsangagna tegny lavidavitry, nizaha zany raha zany. ⁵⁰Ary tôle, nisy lalahy araiky antsôvigny hoe Josefa, zay mpikambagna tao amin'ny Synedriona. Ôlogno tsara salakady marigny izy. ⁵¹Io lalahy io dia tsy nagnakaiky ny fanapahankevity ny synedriona ndraiky ny asan-jareo. Avy agny amin'ny tanàgnan'ny Jodia tagny Armatia izy; aveo izy dia nitady ny fanjakan-Jagnahary. ⁵²Io lalahy io, raha nagnatogno Pilato, dia nangataka ny vatagnan'i Jesôsy. ⁵³Nalainy nijôtso zany, nibadôfany hariry mandiniky, avakeo nambailany tao agnaty fasagna araiky zay nivakiagna tamin'ny vatolampy, zay tsy mbôla nisy ôlogno nalevigny. ⁵⁴Andron'ny fiomanagna tamin'ny zany, aveo mbôla nazava ratsy ny sabata. ⁵⁵Reo vaiavy, zay niaraka tamin'i Jesôsy niala tao Galilia, dia nagnaraka avy ao afara aveo nahita ny fasagna ndraiky ny fomba namaitrahagna ny fatiny. ⁵⁶Nimpôdy zareo, aveo nagnomagna raha mangitry ndraiky menaka mangitry. Avakeo tamin'y sabata dia nitsahatra zareo araka ny didy.

Chapter 24

¹Voh marandrainy tamin'ny andro voalaohan'ny herigniandro, dia nandaiha tagny amin'ny fasagna zareo, nitondra reo raha mangitry zay nikarakarain-jareo.² Hitan-jareo niala lavitry ny fasagna lehy vato.³ Nitsôfotro zareo, kanaifa tsy nahita ny vatan'ny Tompo Jesôsy.⁴ Avakeo, koa mbôla sahiran-tsaigany mahakasiky zany zareo, tampoko teo, dia nisy lalahy aroa nitsabo lamba mangilangilatra nitsangagna tankilanjareo.⁵ Koafa feno hamboriagna reo vaiavy dia niankohaka tamin'ny tany, nivaolagna tamin'ny reo vaiavy zareo hoe: Nagnino areo mitady ny velogno atoy amin'ny maty?⁶ Tsy akato Izy, fao afa nitsangagna! Tsarovy ny nivolagniny taminareo faha Izy mbôla tagny Galilia,⁷ nivaolagna fa Zank'ôlogno dia tsy maintsy hatôlotro antagnan'ôlogno mpanota kay ho fantsihagna akeo amin'ny kakazo fijaliagna, avakeo amin'ny andro fahatelo dia hitsangagna ndraiky.⁸ Reo vaiavy dia nahatsiaro reo vaolagna nazy,⁹ kay nimpôdy avy tagny amin'ny fasagna avakeo nivaolagna raha jiaby zany tamin'ny araiky ambiny fôlo ndraiky ny ambiny jiaby.¹⁰ Aveo Maria magdalena, Johana, Maria ninin'i Jesôsy, Jakoba, aveo reo vaiavy hafa niaraka taminazy dia nitatitry zany raha zany tamin'ny reo apostoly.¹¹ Fao zany hafatra zany dia hotra tsisy dikany tamin'ny reo apostoly, kay tsy nino reo vaiavy zareo.¹² Kanaifa nitsangagna Petera, dia nilomoay nandaiha amin'ny fasagna, avakeo nondriky ndraiky nizaha tao, dia nahita reo lambampaty nitaokagna. Avakeo Petera nôdy tagny an-tragno, nagnontany taigna ny amin'ny zay raha nitranga.¹³ Igny, ny aroa tamin-jareo nandaiha tamin'ny andro io hoagny amin'ny tanagna antsôvigny hoe Emaosy, zay enim-pôlo stadio miala Jerosalema.¹⁴ Zareo dia nifampikoragna mahakasiky reo raha jiaby zay nitranga.¹⁵ Aveo, raha niaraka nikoragna ndraiky nira-namaitraka fagnontaniagna zareo, dia nagnatogno aveo nandaiha niaraka tamin-jareo Jesôsy.¹⁶ Fao ny masonjareo dia nisakanagna mbô tsy hahay Azy.¹⁷ Kanaifa zahay nagnantaigna fao Izy no lehy hagnafaka Israely. Ia, avakeo ankoatran'ny zany jiaby zany, telo andro amin'ny niany zao no nitrangan'ny zany raha jiaby zany.¹⁸ Jesôsy nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Oa lehilahy laifaka sady votsa diniky vao mino reo jiaby nivolagnin'ny mpagnazary!"¹⁹ Moa tsy nilaigny hoan'i Kristy ny nijaly tamin'ny regny raha regny, kay hiditry agny amin'ny vogninahiny?²⁰ Aveo nanomboko tamin'i Mosesy kay zisiky amin'ny reo mpagnazary jiaby, dia nadikan'i Jesôsy tamin-jareo ao amin'ny Saoratra Masigny mahakasiky hagniny.²¹ Avakeo, koafa nantotry mbô hiaraka hihinagna tamin-jareo Izy, dia nalaka môfo, nisaotra, salakady namaky zany, aveo nagnamia zany zareo.²² Aveo nisaokatra ny mason-jareo kay nahay Azy, aveo nanjavogno teo amin'ny mason-jareo Izy.²³ Izy reo nifampivaolagna nagnanjao: "Moa ny fôntsika tsy niraideraida tao agnatintsika, raha nivaolagna tamintsika tegny an-dalagna Izy, raha nanaokatra Saoratra Maisigny tamintsika Izy?"²⁴ Nitsangagna zareo tamin'io fotoagna io, kay nimpôdy tagny Jerosalema. Nahita reo araiky ambinifôlo niaraka nivôry zareo, ndraiky reo zay niaraka tamin-jareo,²⁵ nivaolagna nagnanjao: "Ny Tompo dia taigna nitsangagna, aveo niboaka tamin'ny Simona."²⁶ Koa nivolagninjareo zay raha nitranga tegny an-dalagna, ndraiky fomba niboahan'i Jesôsy tamin-jareo tamin'ny fanapahagna lehy môfo.²⁷ Jesôsy nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Magnino areo ambory? Nagnino misy fagnontaniagna ampônareo?"²⁸ Zahavo tagnagnanaha ndraiky hongotroanaha, fao Zaho taignako tô. Kasiho Zaho kay zahavo. Fao ny fagnahy tsy managna nôfo ndraiky tahaolagna, hotra ny ahitavanareo Zaho hoe managna."²⁹

³⁰ Koafa nivaolagna zany Izy dia naboakany tamin-jareo ny tagnany ndraiky hongony.³¹ Mbôla tsy nino zareo nohon'ny haravoagna, aveo gaga zareo. Jesôsy nivaolagna zareo nagnanjao: "Managna raha hoanigny moa areo?"³² Namianjareo lako voatôno izy,³³ kay nalainy zany aveo nohoaniny teo agnaitrahan-jareo.³⁴ Izy nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Tamin'i Zaho niaraka taminareo, dia nivaolagna taminareo fao zay jiaby voasaoratra tao amin'ny lalàn'i Mosesy ndraiky reo mpagnazary aveo reo Salamo dia tsy maintsy ho tantairaka."³⁵ Avakeo nisokoafiny ny saignin-jareo, mbô hahazon-jareo ny Saoratra Masigny.³⁶ Nivaolagna zareo Izy nagnanjao: "Zao no voasaoratra, fao lehy Kristy dia hijaly, aveo hitsangagna amin'ny maty indraiky amin'ny andro fahatelo.³⁷

³⁸ Fibaibahagna ndraiky famotsaoran-keloko no tôkony ho torigny amin'ny agnarany akagny amin'ny firenena jiaby, manomboko ao Jerosalema.³⁹ Areo no atomoan'ny regny raha regny.⁴⁰ Tô, halaifako aminareo zay nampanantenain'ny Iadako. Kanaifa mibidaoha ao an-tanangna papiky sikinanareo ny ngôvo avy agny ambony."⁴¹ Aveo Jesôsy nitariky zareo mandra-pahatongavan-jareo tagny Betania. Nihinagniny ny tagnany, aveo nitahiny zareo.⁴² Avakeo koafa nitso-drano zareo Izy, dia nandao Zareo Izy avakeo lôsogno nakarigny tagny andangitry.

John

Chapter 1

¹Tamin'ny voalaohany ny Teny, ary ny Teny tao amin-Jagnahary, ary ny Teny dia Zagnahary.² Zany dia tamin-

Jagnahary tamin'ny voalaohany. ³Ny raha jiaby dia avy amin' Azy aby, aveo koa tsy Izy dia tsisy na ino na ino. ⁴Noho Izy no nisiam- piainagna, aveo io fiainagna io no fahazavagnan'ny ôlogno jiaby. ⁵Ny hazavagna mangilatra akao agnatiny mahizigny, aveo ny mahizigny tsy nandresy zany. ⁶Nisy lalahy araiky nirahin-Jagnahary, Jaona agnarany. ⁷Tonga izy mbô ho atomoa hagnambara ny mahakasiky fahazavagna, mbô hinoan'ny ôlogno jiaby amin'ny alalany. ⁸Tsy Jaona lehy fahazavagna, fao ndraiky tonga mbô hagnambara ny mahakasiky lehy fahazavagna izy. ⁹Ny fahazavagna marigny, zay magnomia hazavagna ny ôlogno jiaby, dia tonga aketo amin'izao tontolo zao. ¹⁰Teto amin'izao tontolo zao Izy, aveo Izy namôrognô izao tontolo zao, ary zao tontolo zao tsy nahay Azy. ¹¹Tonga tagny amin' ny ôlony Izy, ary ny ôlony tsy nalaka Azy. ¹²Fao reo maro nalaka Azy, zay nino ny agnarany, dia namaizany fahefagna ho tongo zanaka Zagnahary. ¹³Reo dia tsy natairaka tamin'ny lio, na ny sitrapôn'ny nôfo, na ny sitrapôn'ny ôlogno, fao nihin-Jagnahary. ¹⁴Aveo ny Teny tonga nôfo kay nidôko teto amintsika. Hitanay ny vogninahiny, vogninahitry karaha lehy araiky ndraiky tokagna zay tonga avy tamin'ny lada, feno fahasoavagna ndraiky fahamarinagna. ¹⁵Jaona nagnambara mahakasiky Azy kay nangaiky mafy, nagnanjao: "Izy lehy araiky zay afa nambarako nagnanjao: 'Izy zay tonga avy afarako dia gaida noho zaho, satria talaohako Izy.'" ¹⁶Fao avy amin'ny fahafinoany no nandraisantsika jiaby fahasoavagna hagnampy fahasoavagna. ¹⁷Fao ny lalàgna dia namiagna tamin'ny alala'i Mosesy. Ny fahasoavagna ndraiky fahamarinagna dia tonga tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy. ¹⁸Tsisy nahita Zagnahary na afiriagna na afiriagna. Fao lehy Zagnahary araiky aveo tokagna, zao akeo antratan'ny lehy lada, no nagnambara Azy. ¹⁹Ary zao no fagnambaran'i Jaona koafa nagniraka reo mpisôrongno ndraiky Levita avy tagny Jerosalema handaiha aminazy reo Jiosy mbô hagnontany azy nagnanjao: "Zôvy moa anao?" ²⁰Nivaolagna tsotra izy, aveo tsy nagneky, fao namaly nagnanjao: "Tsy kristy zaho." ²¹Kay nagnontany azy zareo: "Ino ary zany anao? Elia moa anao?" ²²Nivaolagna izy nagnanjao: "Tsy izy zaho" Hoizy zareo: "Anao moa lehy mpagnazary?" Namaly izy: "Tsia." ²³Aveo izy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Zovy moa anao, mbô ahafahanay magnomia valinteny aminjareo zay nagniraka zahay? Ino no hambaranao mahakasiky haigianao?" ²⁴Nivaolagna izy: "Zaho lehy feo, magnantso mafy akagny antanimaty nagnanjao: 'Tsaboy mahitsy ny lalan'ny Tompo,' araka ny nivolaingin'Isaia mpagnazary." ²⁵Ary nisy hiraka sasany avy amin'ny reo fariseo nalaifa, ²⁶aveo nagnontany azy zareo kay nivaolagna taminazy: "Nagnino ary anao mitsabo batisa koa tsy Kristy anao salakady tsy Elia tsy lehy mpagnazary?" ²⁷Ary Jaona namaly zareo: "Mitsabo batisa amin'ny rano zaho. Fao ekeo agnionareo misy ôlogno araiky mitsangagna zay tsy hainareo. ²⁸Izy lehy araiky zay tonga avy afarako, zay tsy magnaiva zaho ny hamaha ny tadinkirany." ²⁹Reo raha reo dia natao tagny Betania tagny andafin'i Jordana, zay nagnanaovan'i Jaona batisa. ³⁰Ny amaraigny Jaona nahita Jesôsy nagnatogno azy aveo nivaolagna: "Zahavo, tô ny Zanak'Ondrin-Jagnahary zay nagnala ny fahotagnan'ny zao tontolo zao!" ³¹Tô lehy araiky zay nambarako: 'Lehy araiky zay tonga avy afarako dia gaida noho zaho, satria talaohako Izy.' ³²Ary zaho tsy nahay Azy, fao mbô ho voavaolagna amin' Isiraely izy no naviako hitsabo batisa amin'ny rano. ³³Jaona nivaolagna, nagnanjao: "Nahita ny Fagnahy nijôso avy akagny an-dangitry karaha vôromailala zaho, ary nibidôko akeo agnambonazy. ³⁴Tsy nahay Azy zaho, fao Izy zay nagniraka zaho hitsabo batisa amin'ny rano nivaolagna taminaha: 'Eo agnambony zay hitanao hijotsoan'ny Fagnahy ndraiky hibidaohany akeo aminazy, izy lehy araiky zay mitsabo batisa amin'ny Fanahy Masigny.' ³⁵Sady nahita zaho no nagnambara fao izy lehy Zanaka Zagnahary." ³⁶Ny amaraigny zigny, ndraiky, raha nitsanga niaraka tamin'ny aroa aminjareo mpianany Jaona, ³⁷dia nahita Jesôsy nandaiha zareo, kay hoizy Jaona: "Zahaovo, lehy zanak'ondrin-Jagnahary!" ³⁸Naharegny azy nivaolagna zany zareo mpianany aroa kay nagnaraka Jesôsy zareo. ³⁹Avakeo Jesôsy nitodiky nahita zareo nagnaraka Azy kay nivaolagna taminjareo: "Ino moa ilainareo?" ⁴⁰Namaly zareo: "Raby (zay midika hoe mpagnatra), aiza Anao no mibidôko?". Namaly zareo Izy: Magnataogna aveo zahao". Ary nagnatogno zareo kay nahita ny toairagna zay nidaohany; nidôko niaraka Taminazy tao zareo tamin'io andro io, fao tôkony afa ho fotoagna fahafôlo tamin'izay. ⁴¹Araiky tamin'ny reo mpianatra aroa naharegny Jaona nivaolagna avakeo nagnaraka Jesôsy Andrea, rahalahin'i Simona Petera. ⁴²Nizaha Simona rahalahiny alaoha izy avakeo nagnambara taminazy nagnanjao: "Hitanay Mesia" (zay adika hoe Kristy) ⁴³Ninday azy tagny amin'i Jesôsy izy, aveo nizaha azy Jesôsy kay nivaolagna nagnanjao: "Anao dia Simona zanak'i Jaona, anao dia ho antsôvigny hoe Kefasy" (zay midika hoe: Petera). ⁴⁴Ny amaraigny, raha te-handaiha hoagny Galilia Jesôsy, dia nahita Filipo Izy aveo nagnambara taminazy: "Magnaraha Zaho." ⁴⁵Filipo dia avy akagny Betsahida, tanagnan' i Andrea ndraiky Petera. ⁴⁶Nahita Natanaela i Filipo kay nivaolagna taminazy: "Izy zay nisoroatan'i Mosesy tao amin'ny lalàgna, ndraiky reo mpagnazary, hitanay Izy, dia Jesôsy zanak'i Josefa, avy akagny Nazareta." ⁴⁷Natanaela nivaolagna taminazy nagnanjao: "Moa hisy raha tsara avy akao Nazareta?" Filipo nagnambara taminazy: "Magnataogna ary zahavo". ⁴⁸Jesôsy nahita Natanaela nagnatogno azy aveo nivaolagna reo mahakasikasiky azy nagnanjao: "Zahavo, zany no tegna isiraelita, zay tsisy vandy akao aminazy!" ⁴⁹Natanaela nivaolagny Taminazy: "Akôry moa no hahazanao zaho?" Jesôsy namaly kay nagnambara taminazy: "Talaohan'ny nagnantsaovan'i Filipo anao, raha teo agnambon'ny kakazon'aviavy anao, dia hitako tsinjo." ⁵⁰Natanaela namaly nagnanjao: "Raby, Anao lehy Zanaka Zagnahary! Anao no mpanjakan'Isiraely!" ⁵¹Jesôsy namaly kay nivaolagna

taminazy: "Satria moa Zaho nivaolagna taminao hoe: "Nahita anao tagnambon'ny kakazo aviavy Zaho,' no hinoanao? Hahita raha tsara mihoatra noho zany anao." ⁵¹ Aveo Izy nivaolagna nagnanjao: "Ambarako aminareo, marigny, dia ny tegna marigny tatô be, fao hahita langitry hisaokatra areo, aveo reo anjelin-Jagnahary hakatra ndraiky hirôrogno akeo agnambon'ny Zanak'Ôlogno."

Chapter 2

¹Telo andro tatoy afara, dia nisy fampakaram-bady tao Kanà ao Galilia, ary tao ny renin'i Jesôsy.² Jesôsy aveo reo mpianany dia nasaigny tamin'ny lehy fampakaram-bady.³ Koafa lany ny divay, dia nivaolagna taminazy ny ninin'i Jesôsy nagnanjao: "Tsy managna divay zareo."⁴ Ary hoizy Jesôsy taminazy: "Ravehivavy, nagnino anao madaiha Aminaha? Mbôla tsy tonga ny fotoagnako."⁵ Dia hoizy ny nininy taminjareo mpanompo: "Na ino na ino volagniny aminareo, dia tsaboy zany."⁶ Ary nisy seho vato enigny teo zay fampiasaigny amin'ny andro fisasan'ny Jiosy, mahazaka aroa zisiky telo metatra aby.⁷ Hoizy Jesôsy taminjareo: "Finoa rano ny seho." Kay nifinoanjareo zisiky aminy sôgnony zany.⁸ Ary aveo dia hoizy Izy taminjareo mpanompo: "Magnovaoza aminjay ary ndeso agny amin'ny tompon'andraikitra ny fikarakaragna." Kay nitsabonjareo zany.⁹ Nandraman'ny tompon'andraikitry ny fikarakaragna lehy rano nanjary divay, kanaifa tsy nahay zay niaviany zany izy (fao zareo mpanompo zay nagnôvo ny rano ndraiky nahay azy). Aveo nagnantso ny mpagnampakatra Izy¹⁰ ary nagnambara taminazy nagnanjao: "Ny ôlogno jiaby dia magnamia divay tsara alaoha zay vao ny divay moramora koafa mamô zareo. Fao areo ndraiky nikajy divay tsara bariky aminjeo."¹¹ Zany no famantaragna voalohany natan'i Jesôsy tao Kanà akagny Galilia, aveo nagnaboaka ny vogninahiny Izy, kay nino Azy reo mpianany.¹² Tafaran'ny zay dia nijôtso hoagny Kapernaomy Jesôsy, ny nininy, reo rahalahiny ndraiky reo mpianany avakeo nijanogno tao andro vitsivitsy zareo.¹³ Ary afa nariny ny Pasky ny Jiosy, dia nakatra tagny Jerosalema Jesôsy.¹⁴ Nahita mpivatr'aomby, ondry aveo vôromailala tao ampiangonagna Izy, ary nibidôko tao koa zareo mpanakalo vaola.¹⁵ Noho zany dia nagnamboatra karavasy izy kay nandroaka zareo jiaby hiboaka ny tempoly, na ny ondry na aomby. Nandrarakana ny vaolan-jareo mpanakalo vaola Izy ary nandavo ny latabatra njareo.¹⁶ Dia hoizy Izy taminjareo mpivarotra vôromailala: "Ndeso miboaka lavitry tô toeragna tô reo raha reo. Aoka zay ny fanaovagna ny tragnon'ny Iadako ho tany fiavaraotagna."¹⁷ Ary tsaroan'ny reo mpianany fao afa voasaoratra nagnanjao: "Ny firihaitako ny amin'ny tragnonao no handevogno zaho."¹⁸ Aveo namaly reo laohandaohan'ny mpisôrognô Jiosy kay nagnanjao taminazy: "Ino moa famantaragna ho aboakanao zahay, mahatonga Anao magnano regny raha regny?"¹⁹ Jesôsy namaly: "Aravagno tô tempoly tô, fao ho hatsangako agnatin'ny telo andro foagna zany."²⁰ Ary hoizy zareo mpanapaka Jiosy: "Enigny amby aifapôlo tagno no nagnorenagna tô tempoly tô, kay anao moa hahatsangagna azy ao agnatin'ny telo andro?"²¹ Kanaifa, mahakasikin'ny tempolin'ny haigniny no nivolagniny.²² Tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty dia tsaroanjareo mpianany fao nagnambara zany Izy, ary nino ny Soratra Masigny ndraiky zany vaolagna nambaran'i Jesôsy zany zareo.²³ Ary koafa tao Jerosalema Izy tamin'ny andro firavoravoagnan'ny Paska, dia maro no nino ny agnaragnanazy koafa nahita reo famantaragna zay nitsabony.²⁴ Fao Jesôsy ndraiky tsy natoky zareo noho Izy nahay tsara zareo jiaby,²⁵ satria tsy nila na zôvy na zôvy hagnambara aminazy ny mahakasikin'ny ôlogno Izy, noho Izy nahay ny ao agnatin'ny ôlogno.

Chapter 3

¹Ary nisy Fariseo araiky antsôvigny Nikodemosy, mpitariky Jiosy. ²Nagnatogno Jesôsy tamin'ny andro alina io lalahy io aveo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Raby, hanay fao mpampianatra zay avy amin-Jagnahary Anao, satria tsisy mahavita reo famantaragna tsabonao raha tsy miarka aminy Zagnahary."³Dia namaly azy Jesôsy nagnanjao: "Ambarako aminareo ny marigny, dia marigny tatôbe, fao raha tsy atairaka ndraiky ny ôlogno, dia tsy hahita ny fanjakan-Jagnahary izy." ⁴Nikodemosy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Amin'ny fomba magnankôry no hahatairaka ny ôlogno araiky raha afa antitry izy? Tsy afaka hidity fagnindroany akao ambôkon-dreniny izy aveo hatairaka, sa moa afaka?"⁵Namaly Jesôsy: "Ambarako aminao marigny, dia marigny tatô be, fao raha tsy natairaka tamin'ny rano ndraiky ny fanahy ny zanak'ôlogno, dia tsy afaka hidity akao amin'ny fanakan-Jagnahary izy. ⁶Zay atairaka ny nôfo dia nôfo, ary zay atairaky ny Fanahy dia fagnahy. ⁷Aza gaga aminzay nambarako anao hoe: 'Tsy maintsy hatairaka ndraiky areo.' ⁸Ny rivotra midalavoko na aiza na aiza iriany; regninao feonazy, fao tsy hainao zay niaviany na zay himboany. Karaha zany jiaby zay atairaka ny Fagnahy." ⁹Namaly Nikodemosy kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Manankôry ny fomba hahatanterahan'ny zany raha zany?"¹⁰Jesôsy namaly kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Mpagnanatra ny Isiraely moa anao, dia mbôla tsy azonao foagna zany raha zany?" ¹¹Ambarako aminao, marigny, dia marigny tatô be, fao zay hanay no koragninay, aveo zahay magnambara ny mahakasiky zay hitanay. Kanaifa mbôla tsy magneky ny fagnambaranay areo. ¹²Raha nagnambara taminareo ny raha tatoy an-tany Zaho naifa tsy hinoanareo, amin'ny fomba magnankôry no hinoanareo Zaho raha hitantara aminareo ny raha misy akagny an-dangitry Zaho?" ¹³Tsisy nakatra agny an-danitra koa tsy lehy nijôtso avy tagny, dia lehy Zanak'Ôlogno zany. ¹⁴Ary tôtroto ny nanandratan'i Mosesy ny bibilava tagny antanimaty, no tsy maintsy hanandrata tagna ny Zanak'Ôlogno, ¹⁵mbô hanagna fiainagna bariky dintany zay jiaby mino Azy. ¹⁶Fao tegna tian-Jagnahary zao tontolo zao, kay namiany ny zanany lahy taokagna, mbô tsy ho very zay jiaby mino Azy fao hanagna fianagna bariky dintany. ¹⁷Fao Zagnahary tsy nagniraka lehy zanaka lahy ho amin'izao tontolo zao fao mbô hagnameloko zao tontolo zao, fao hamonjy zao tontolo zao amin'ny alalany. ¹⁸Zay mino Azy tsy helohigny, fao zay tsy mino ndraiky afa voeheloka edy satria tsy nino ny agnaragna lehy Zanaka lahy araiky sy taokan-Jagnahary. ¹⁹Zao no anton'ny fitsaragna: tonga teto amin'izao tontolo zao ny fahazavagana, naifa naleon'ny ôlombelogo ny hizigny toy zay ny mazava satria ratsy reo asa natany. ²⁰Fao zay jiaby magnano ratsy dia malaigny ny mazava ary tsy magnatogno zany mbô tsy ho hita reo asanazy. ²¹Kanaifa, zay magnano ny marigny magnatogno ny mazava mbô ho hita tsara fao reo sasanazy dia natao araka Zagnahary. ²²Tafarany zay, nandaiha tagny Jodia Jesôsy ndraiky reo mpianany. Nibidôko fotoagna vitsy tao niaraka taminjareo Izy ary nitsabo batisa. ²³Aveo Jaona koa nitsabo Batisa tagny Ainona marikitra Saleima satria fôntry ny rano tagny. Nagnatogno azy ny vahoaka aveo nitsabogny batisa, ²⁴fao tsy mbôla nalaifa akagny an-trano mahizigny Jaona ²⁵Aveo nisy tsifankazahoagna tamin'ny sasany aminjareo mpianatr'i Jaona ndraiky Jiosy araiky mahakasikin'ny andro fagnadiovagna. ²⁶Nagnatogno Jaona zareo kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Raby, lehy araiky niaraka taminao tagny ahilan'ny reniranon'i Joridana, zay nambaranao, tô, mitsabo batisa izy, aveo magnatogno azy jiaby zareo jiaby." ²⁷Ary Jaona namaly nagnanjao: "Tsy afaka malaka na ino na ino ny ôlogno araiky raha tsy namiagna azy avy akagny an-danitra zany. ²⁸Areo foagna dia afa afaka ny antomoa amin'ny koragnanaha magnanjao: 'Tsy lehy Kristy zaho,' fao ndraiky: 'Nirahigny talaohany.' ²⁹Ny ampakarigny dia nihin'ny mpagnampakatra. Ary ny naman'ny mpagnampakatra, dia miravo tatô be nohon'ny amin'ny farignaisagna ny feon'ny mpagnampakatra. Zany, avakeo, no mameny ny haravoagnako. ³⁰Tsy maitsy mitômbo Izy, fao zaho ndraiky tsy maintsy mihegny. ³¹Izy zay avy akagny agnambo dia agnambon'ny raha jia. Izy zay avy aketo an-tany aveo mikoragna mahakasikin'ny aketo an-tany. Izy avy akagny an-danitra dia agnambon'ny raha jiaby. ³²Izy dia magnambara ny mahakasiky zay hitany ndraiky regniny, kanaifa tsisy malaka ny fagnambaranay. ³³Zay nalaka ny fagnambaranay ndraiky dia nagnamafy fao marigny Zagnahary. ³⁴Fao lehy araiky nirahin-Jagnahary dia magnambara ny vaolagna Zagnahary. Satria tsy nasiany farany ny fagnomaizagna ny Fagnahy. ³⁵Ny lada tia lehy zanaka lahy ary nagnapaitraka ny raha jiaby teo ampelan-tagnany. ³⁶Izy mino lehy Zanaka lahy dia managan ny fiainagna bariky dintany, fao zay tsy mankatô lehy zanaka lalahy ndraiky tsy hahita fiainagna, fao hibidaohan'ny havigniran-Jagnahary."

Chapter 4

¹Ary koafa hain'i Jesôsy hoe regninjareo Fariseo fao nahazo aveo nitsabo batisa mpianatra maro noho Jaona Izy ²(na dia tsy Jesôsy hainginy aby no nitsabo batisa, fao reo mpianany), ³dia niala tao Jodia Izy aveo nimpôdy nagnagny Galilia ndraiky.⁴Ary ilaigny ny namakivaky Samaria. ⁵Kay homy tao amin' ny tanàgna araiky akao Samaria Izy, antsôvigny hoe Sykara, marikitry lehy ampahan-tany zay namian'i Jakoba Josefa zanany.⁶Teo lehy fangalan'ny Jakoba rano. Nahatsaro rairaka tamin'ny diany Jesôsy kay nantotry teo amin'ny lehy vôvo. Tôkony teo amin'ny fotoagna fahenigny teo. ⁷Nisy vaiavy samaritana araiky havy halaka rano, kay hoizy Jesôsy taminazy: ⁸"Mbô amia rano Zaho higiahiky." Fao reo mpianany afa lôsogno agny an-tanàgna mbô hividny hanigny⁹Aveo hoizy lehy vaiavy Samaritana taminazy: "Magnankôry Anao, zay Jiosy, no mangataka aminaha, zay vaiavy Samaritana?" Fao reo Jiosy tsisy hifandraisagna amin'ny Samaritana. ¹⁰Fao Jesôsy namaly kay nagnanjao taminazy: "Raha haina ny fagnomiazan-Jagnahary, aveo zay mivaolagna aminao magnanjao: 'Amia zaho ho gigahiky,' dia anao ndraiky no nangataka taminazy, kay amiany rano velogno."¹¹Hoizy lehy vaiavy taminazy: "Tompoko, Anao dia tsy managna daboko aveo vôvo laligny. kay aiza no hazahoanao rano velogno?"¹²Anao dia tsy gaida, moa va, noho Jakoba razambentsika, zay nagnomia zahay ny vôvo aveo higiahigny taminjany ny hainginy, karaha ny natanjareo zanany aveo zareo bibiny?"¹³Jesôsy namaly kay nagnanjao taminazy: "Zay jiaby migiaka amin'ny tô rano tô dia mbôla ti higiaka indraiky,¹⁴fao na zôvy na zôvy migiaka amin' ny rano zay hamiako azy dia tsy ti higiaka bariky dintany. Fao ndraiky, ny rano zay hamiako azy dia ho tonga laoharano miboiboika akao agnatiny, zay minday akagny amin' ny fiainagana bariky dintany."¹⁵Nivaolagna vaiavy taminazy: "Tompoko, amia zany rano zany zaho mbô tsy ti higiaka ndraiky ho tonga halaka rano eto eky." ¹⁶Hoizy Jesôsy tamin-dravehivavy: "Mandihiana, antsôvo ny vadinao, dia mimpodiana atô."¹⁷Namaly lehy vaiavy kay nivaolagna taminazy: "Tsy manambady zaho." Namaly Jesôsy: "Marigny ny nambarana hoe: 'Tsy manambady zaho,'¹⁸Fao afa nanambady indimy anao, ary lehy araiky zay hidaohana aminzeo dia tsy mbôla vadinao. Marina zay nambaranao."¹⁹Hoizy vaiavy taminazy: "Tompoko, itako fao mpagnazary Anao."²⁰Reo razantsika nivavaka teto amin'ny tô tanety tô, kanaifa areo magnambara fao Jerosalema no toairagna tôkony hivavahan'ny ôlogno."²¹Hoizy Jesôsy taminazy: "Minoa Zaho, ravehivavy, fao hoavy ny andro zay hideranareo ny lada kay sady tsy amin'ny tô tanety tô no tsy akagny Jerosalema. ²²Fao areo miondriky aminzay tsy hainareo. Zahay ndraiky miankohoka aminzay hainay, satria ny famonjiagna dia avy amin'ny reo Jiosy."²³Kanaifa, Hoavy ny andro, ary tonga aminjikey, koafa hidaira ny lada amin'ny fagnahy ndraiky fahamarinagna reo bahery mpivavaka, satria ny lada dia mizaha ôlogno karaha zany ho mpidaira Azy."²⁴Zagnahary dia Fanahy ary ny ôlogno zay midaira Azy dia tsy maintsy midaira amin'ny fagnahy ndraiky fahamarinagna."²⁵Hoizy lehy vaiavy taminazy: "Haiky fao hoavy ny Mesia (lehy antsôvigny hoe Kristy). Ary koafa havy Izy, dia hagnazava amintsika ny raha jiaby."²⁶Hoizy Jesôsy taminazy: "Zaho zay mikoragna amina, no Izy."²⁷Taminjany fotoagna zany dia nimpôdy zareo mpianany. Ary nagnontany hainginy zareo nagnanjao nagnino Izy no mikoragna amin'ny vaiavy, fao tsisy nivaolagna hoe: "Ino raha ilainao?" na: "Nagnino Ana no mikoragna aminazy?"²⁸Noho zany dia nagnapaitraka ny sehony vaiavy, kay nandaiha nimpôdy tagny an-tanàgna, aveo nagnambara tamin'ny ôlogno nagnanjao."²⁹Alôhy, hizaha lehy lalahy zay nagnambara ny vitako jiaby. Tsy ho Kristy zany, sa moa Izy?"³⁰Dia niala teo an-tanàgna zareo, kay nandaiha Aminazy."³¹Tamizany, nampirisiky Azy reo mpianatra, nagnanjao: "Raby, Mihinàna". ³²Fao hoizy Izy taminjareo: "Zaho dia managna hanigny hoaniky zay tsy hainareo." ³³Kay nifampivaolagna zare mpianatra nagnanjao: "Tsisy ôlogno nitondra raha ho honigny aminazy, sa moa nisy?"³⁴Hoizy Jesôsy taminjareo: "Ny hanignynaha dia ny magnano ny sitrapôn'ny Lehy nagniraka Zaho aveo magnano ny asany. ³⁵Moa anao tsy mivaolagna: 'Efa-abaolagna tavaila dia ho avy ny fararano?' Ambarako aminareo, hatopio ny masonareo dia zahao ny egny an-tsaha, fao afa masaka ary halaigny reo! ³⁶Zay malaka dia mahazo karama ave mamôry vokatra ho amin'ny fiainagna lalandava, kay hiara-paly ny mpamay sy ny mpihalaka. ³⁷Fao amizany dia marigny lehy vaolagna magnanjao: 'Ny araiky mamafy, aveo ny araiky ndraiky malaka,' ³⁸Nagniraka areo halaka zay tsy nisasaranareo Zaho. Reo hafa no nisasatra, ary areo no niditry teo amizay nisanarany."³⁹Maro taninjareo samaritana tao amizany tanàgna zany no nino Azy nohon'ny tatitry lehy vaiavy zay magnambara: "Nambarany taminaha jiaby zay natako jiaby."⁴⁰Kay koafa nagnatogno Azy reo Samaritana, dia nangataka Azy mbô hijanogno hiaraka aminjareo, dia nijanogno tao aroa andro Izy."⁴¹Maro hafa no nino nohon'ny koragnanazy. ⁴²Hoizy zareo tamin-dravehivavy: "Tsy noho zay nambaranao eky no hinoanay, fao zahay lasite no afa naharegny, ary hainay fao Izy tatô be no lehy Mpamonjy zao tontolo zao."⁴³Tafaran'ny reo aroa andro reo, dia niala avy tao Izy hoagny Galilia. ⁴⁴Fao Jesôsy lasite no nagnambara fao ny mpagnazary dia tsy manan-danja akao amin'ny taniny manaokagna. ⁴⁵Koafa tonga tao Galilia Izy, dia nalaka Azy zareo Galiliana. Zareo dia nahita ny raha jiaby zay natany tao Jerosalema tamin'ny andro fiavoravoagna, satria nandaiha tagny amin'ny andro firavoravoagna foagna koa zareo. ⁴⁶Ary tonga tao Kana ao Galilia indraiky Izy, zay

toairagna nagnovany rano ho divaigny. Nisy tandapa araiky zay nanagna zanaka lahy marary tao Kapernaomy.
⁴⁷Rehaifa regniny fao avy agny Jodia ho agny Galilia Jesôsy, dia nandaiha amin'i Jesôsy izy aveo nangataka taminazy mbô hijôtso ary hampahivagna ny zanany lalahy, zay afa ho faty.⁴⁸ Avakeo Jesôsy nagnambara taminazy nagnanjao: "Raha tsy mahita famantaragna ndraiky fahagagagna areo, tsy mbô hino lasite."⁴⁹ Hoizy lehy tandapa taminazy: "Tompoko, mijotsoa moa alaohan'ny hafatesan' ny zanako."⁵⁰ Hoizy Jesôsy taminazy: "Mandihiana. Velogno ny zanakào." Nino ny antomoa zay nambaran'i Jesôsy taminazy lehy lalahy, kay lôsogno izy.⁵¹ Raha igny izy nijôtso igny, dia nagnantianty azy reo mpanompony, nagnambara fao velogno ny zanany.⁵² Kay nagnontany azy zareo ny fotoagna zay nanaretany izy. Namaly azy zareo: "Nimoaly tamin'ny fotoagna fahafito no nialàn' ny tazo taminazy."⁵³ Hainy lehy iada ave fao tamin'io fotoagna io no nivolagnan'i Jesôsy azy nagnanjao: "Velogno ny zanakao." Kay dia nino ny hagniny ndraiky reo fianakaviany jiaby.⁵⁴ Zany no famantaragna faharoa nitsabon'i Jesôsy fony Izy niala tao Jodia ho agny Galilia.

Chapter 5

¹Tafaran'ny zany dia nisy firavoravoagnan'ny Jiosy, avakeo nakatra hoagny Jerosalema Jesôsy.² Ary tagny Jerosalema marikitrin'ny varavaran'ondry, dia nisy matsabôry, zay nantsôvigny tamin'ny Hebreo hoe Betesda, aveo misy alokaloka dimy zany.³ Maro reo ôlogno marary, gila, malemy, na tsy afaka mihetsiky mandry tao. (Fagnamarihagna: Ny karamontsantaratasny talaoha bahery tsara, dia namaly ny fehezanteny hoe: "Mandigny ny fihitsaihan'ny rano")⁴ (Fagnamarihagna: Ny karamontsantaratasny talaoha bahery tsara dia mangala ny and.⁴ magnan'jao: "Fao nisy anjelin'ny Tompo araiky nijôso kay nampihetsiky ny rano indraikindraikey aveo na zôvy na zôvy nagnatogno nagnao koafa nihetsiky ny rano dia mahivagna tamin'ny reo aretigny zay namparary azy na ino na ino.")⁵ Ary nisy lalahy araiky teo zay afa narary valo amby telo-pôlo taogno. ⁶Koafa hitan'i Jesôsy nandry teo izy, aveo tafaran'ny nahatsapany fao afa an-tagno maro izy no teo, dia nivaolagna Izy taminazy: "Tehivagna moa anao?"⁷ Namaly lehy lalahy marary nagnan'jao: "Tompoko, tsy managna na zôvy na zôvy zaho hitondra zaho akao agnaty matsabôry koafa mihetsiky rano. Koafa mandaiha zaho, misy misisiky alaohanaha." ⁸Hoi'izy Jesôsy taminazy: "Mitsangàna, ndeso ny fandriagnanao, kay mandihiana."⁹ Teo no eo nahivagna lehy lalahy, kay niraitsiny ny fandriagnanazy dia nandaiha izy. Aveo Sabata zay andro zay.¹⁰ Nivaolagna reo Jiosy tamin'ny lehy nahivagna nagnan'jao: "Sabata ny andro dia tsy mahazo mitondra ny fandriagnanao anao."¹¹ Namaly izy: "Lehy nampahivagna zaho no nivaolagna taminaha hoe: 'Ndeso fandriagnanao kay mandihiana.'" ¹²Ary nagnintany azy zareo: "Zôvy lehy lalahy nivaolagna taminao hoe: 'Ndeso ny fandriagnanao kay mandihiana?'" ¹³Naifa, lehy nahivagna tsy nahay Azy satria niala moramora Jesôsy fao nisy vahoaka teo antoeragna. ¹⁴Koafa aviteo, hitan'i Jesôsy tao an-tempoly izy kay ho Izy taminazy: "Tô, nahivagna anao! Aza manota eky, mbô tsy hahavao anao ny raha ratsy noho ny teo." ¹⁵Aveo lôsogno ralehilahy kay nitatitry tamin'ny reo Jiosy fao Jesôsy no nampahivagna azy. ¹⁶Ary noho reo raha reo dia nagnenjiky Jesôsy reo Jiosy, Satria nagnano reo raha reo tamin'ny sabata Izy. ¹⁷Ary namaly zareo Jesôsy nagnan'jao: "Ny iadako miasa egn'ny fao na zeo aby, avakeo Zaho, faogna koa, dia miasa." ¹⁸Noho zany, vao maika nitady hamono Azy reo Jiosy tsy nohon'ny fagniratsirany ny sabata faogna, fao ny nagnantsaovany Zagnahary faogna koa iadany zeraiky, magnano hagniny ho mitôvy amin-jagnahary. ¹⁹Ary Jesôsy namaly zareo nagnan'jao: "Volagniky aminareo marigny, marigny tatô be, fao ny Zanaka tsy afaka magnano na ino na ino na inona ho Azy, afa-tsy zay hitany tsabon'ny Iada, dia atan'ny Zanaka faogna koa reo raha reo. ²⁰Fao ny Tiaa tia ny Zanaka kay nagnaboaka azy ny raha jiaby zay nitsabon'ny hagniny, aveo hagnaboaka azy raha gaida mihoatra noho reo Izy mbô ho gaga areo. ²¹Karaha ny Iada manangagna ndraikey mamelogno ny maty, dia karaha zany faogna koa no amilaoman'ny Zanaka zay tiany. ²²Fao Iada dia tsy mitsara na zôvy na zôvy, fao namiany Zanaka ny fitsaragna jiaby ²³mbô hagnajanjareo Iada. Zay tsy magnaja Zanaka dia tsy magnaja lehy Iada nagniraka Azy. ²⁴Ambarako aminareo marigny, marigny tatô be, fao zay mitandregny vaolagna naha ndraikey mino zay nagniraka Zaho managna fiainagna barikey dintany kay tsy ho helohigny, fao niala tamin'ny fahafataisagna ho amin'ny fiainagna izy. ²⁵Koragniky aminareo, marigna tatô be, fao avy ny fotoagna, ary tonga zany zeo, koafa hitandregny feon'ny Zanaka Zagnahary ny maty, ary ho velogno reo zay maharegny. ²⁶Fao hotra ny Iada managna fiaignagna ao Aminazy, no nagnamaizany Zanaka faogna koa biaka hanagnany fiainagna ao Aminazy, ²⁷ary namaizan'ny Iada fahefagna hitsara ny Zanaka noho Izy Zanaka ôlogno. ²⁸Aza gaga amin'ny zany, fao avy ny andro handrignaisan'ny ôlogno jiaby agny am-pasagna ny feonazy ka ²⁹hiboaka: reo zay nagnano tsara dia hoagny amin'ny fitsanganagna ho amin'ny fiainagna, fao reo zay nagnano ratsy ndraikey dia hoagny amin'ny fitsanganagna ho amin'ny fitsaragna. ³⁰Tsy afaka magnano na ino na ino raha Zaho zeraiky. Araka zay regniky, no itsarako, aveo ny fitsarako marigny satria tsy mitady ny sitraka fôko zeraiky Zaho fao ny sitrapôn'Izy zay nagniraka Zaho. ³¹Raha tôkony hagnambara ny mahakasiky ny hagninaha Zaho, tsy marigny ny fagnambarako. ³²Misy araiky hafa zay magnambara ny mahakasiky Zaho, avakeo haiko fao marigny ny fagnambaragna zay koragniny momba Zaho. ³³Nirahigny tagny amin'i Jaona areo, aveo nagnambara marigny izy. ³⁴Naifa ny fagnambaragna zay nalaiky tsy avy amin'ny ôlogno. Mikoragna zany raha zany Zaho biaka mety ho voavonjy areo. ³⁵Jaona jiro nirehitry ndraikey nagnazava, aveo areo nagniry ny hiravo malaky tao amin'ny fahazavagnany. ³⁶Naifa ny fagnambarako mbôla gaida noho ny Jaona, fao reo asa namian'ny Iada ho tantirahiky, reo asa zay tsaboky reo, no magnambara ny mahakasiky Zaho fa nirahin'ny Iada Zaho. ³⁷Ny Iada zay nagniraka Zaho lasite no nagnambara Zaho. Tsy mbôla naharegny ny feonazy na nahita hagninazy areo. ³⁸Ary ny vaolagnanazy tsy mbô mibidôko akao agnatinareo, satria tsy mino lehy nirahiny areo. ³⁹Mitady Saoratra Masigny areo satria sambaranareo fao ao amin'ny reo no anagnanareo fiainagna barikey dintany, aveo reo Soratra Masigny reo faogna no magnambara mahakasiky Zaho, ⁴⁰naifa tsy vôgnogno ny nagnatogno Zaho areo mbô hanagnanareo fiainagna. ⁴¹Tsy malaka laza avy amin'ôlogno Zaho, ⁴²satria haiky fa tsisy fitiavagna Zagnahary ao aminareo. ⁴³Havy amin'ny agnaragna iadako Zaho, naifa tsy raisinareo. Raha misy hafa hav'ny amin'ny agnarany zeraiky, ho raisinareo izy. ⁴⁴

Akôry no hinoanareo, areo zay malaka laza avy amin'ny ôlogn-kafa naifa tsy mitady laza zay avy amin-Jagnahary taokagna?⁴⁵ Aza mievitry hoe Zaho no hagnambara areo agnantraihan'ny Iada. Lehy araiky magnambara areo dia Mosesy, zay nagnambilanareo ny fanantenagnanareo.⁴⁶ Raha nino Mosesy areo dia tôkony hino Zaho, satria nanaoratra mahakasiky Zaho izy. ⁴⁷Raha tsy mino reo nisoratany areo, dia atanareo akôry no hino ny vaolagna naha?

Chapter 6

¹Tafaran'ny reo raha reo, dia nandaiha nitsaka ranomasin'i Galilia Jesôsy, antsôvigny faogna koa hoe ranomasin'i Tiberiasy. ²Nisy vahoaka maro nagnaraka Azy satria hitan-jareo ny famantaragna zay nitsabony tamin'ny reo narary. ³Nakatra an-tanety Jesôsy ary nipaitraka tegny niaraka tamin'ny reo mpianany Izy⁴(Ary ny Paska, lehy andro firavoravoagnan'ny Jiosy, dia afa marikitry.) ⁵Koafa nizaha ambony Jesôsy kay nahita vahoaka taïna maro nagnatogno Azy, dia hoizy Izy tamin'ny Filipo: "Aiza no hividianantsika môfo mbô hafahan-jareo mihinagna?" ⁶(Fao Jesôsy nivaolagna zany biaka hitsapagna Filipo, fao afa hainy zay ho atany.)⁷Aveo Filipo namaly Azy nagnanjao: "Na dia môfo roanjato dinaria aby tsy ho ampy hoan'ny tsiairaikiaraike na dia hely avy aby." ⁸Araiky tamin-jareo mpianatra, Andrea, rahalahin'i Simona Petera, nivaolagna tamin'i Jesôsy: ⁹"Misy lalahy araiky aketo managna môfo dimy ndraiky hazandrano aroa, fao ino reo magnoloagna reto ôlogno maro?"¹⁰Avakeo Jesôsy nivaolagna nagnanjao: "Raha mantotry ny ôlogno" (Avakeo feno ahitry teo amin'ny lehy, toeragna.) Kay nantotry reo ôlogno, teo amin'ny dimy arivo teo ny isany.¹¹Aveo Jesôsy nalaka reo môfo koafa avy nisaotra, dia nirasa zany tamin'ny reo zay nantotry teo. Tôrotro zany faogna no nitsabony tamin'ny hazandrano, maro araka zay nilain-jareo.¹²Koafa vôky ny ôlogno, nivaolagna Izy tamin'ny reo mpianatra: "Avorio reo lambiny tavaila, mbô tsy hisy ho very."¹³Kay navôrin-jareo zany kay nahafeno harogno aroa ambin'ny fôlo ny ambiny môfo dimy tavaila nambailan-jareo nihinagna. ¹⁴Aveo, koafa nahita zany famantaragna nitsabony zany ny ôlogno, dia nivaolagna zareo nagnanjao: "Tô taïna lehy mpagnazary zay tonga aketo amin'izao tontolao zao." ¹⁵Koafa hitan'i Jesôsy fao avy zareo halaka Azy ndraiky hagnambony Azy an-keriny ho mpanjaka, dia nimpôdy tegny an-tanety manaokagna indraiky Izy.¹⁶Koafa aligny andro, dia nijôtso tegny amin'ny ranomasigny reo mpianany. ¹⁷Nandaiha agnaty lakagna zareo, kay nitsaka ny ranomasigny handaiha akagny Kapernaomy. Afa mahizigny tamn'ny zay, aveo Jesôsy mbôla tsy teo amina-jareo faogna. ¹⁸Nisy rivotro nidilavoko mafy, aveo nahay nify ny ranomasigny. ¹⁹Koafa nivoy teo amin'ny dimy amby roapôlo na telopôlo stadio teo zareo, dia nahita Jesôsy nandaiha tamin'ny ranomasigny ary nagnatogno ny lakagna, kay ambory zareo.²⁰Fa nivaolagna Izy tamin-jareo: "Zaho faogna tô! Aza ambory." ²¹Aveo vôgnogno ny halaka Azy tao amin'ny lehy lakagna zareo, ary samby teo dia tonga teny amin'ny lehy toairagna himboan-jareo lehy lakagna.²²Ny amaraïgny, hitan-jareo vahoaka zay nitsangagna tegny andafirôn'ny ranomasigny fao tsisy lakagna hafa teo koa tsy lehy araiky faogna, avakeo Jesôsy tsy niditry tao niaraka tamin'ny reo mpianany fao nandaiha manaokagna reo mpianany. ²³Kanaïfa, nisy lakagna maromaro avy akagny Tiberiasy teo narikitry lehy toairagna zay nihinan-jareo môfo koafa avy nisaotra ny Tompo.²⁴Koafa hitan'ny vahoaka fao tsy teo na Jesôsy na reo mpianany, dia niditry tagnaty lakagna zareo avakeo nandaiha Kapernaomy hizaha Jesôsy.²⁵Koafa hitan-jareo tegny andafirôn'ny renirano Izy, dia nivaolagna zareo taminazy: "Raby, tafriagna Anao avy teto?"²⁶Jesôsy namaly zareo, nagnanjao: Volagniky aminareo marigny, marigny tatô be, fao mizaha Zaho areo, tsy nohon'ny nahitanareo famantaragna, fao nohon'ny nihinanareo môfo kay vôky.²⁷Aza miasa hoan'ny haniginy mety levogno, fao miasa hoan'ny haniginy zay mahadigny hoan'ny fiainagna bariky dintany zay hamaizan'ny Zanak'Ôlogno areo, satria Zagnahary Iada no nagnisy tomb-kase taminazy.²⁸Avakeo nivaolagna zareo taminazy: "Ino no tsy maintsy tsabonay mbô hagnanaovanay reo asanjagnahary?"²⁹Jesôsy namaly kay nagnanjao: "Zao no asan-jagnahary: dia ny hinoanareo lehy araiky zay nirahiny."³⁰Kay hoizy zareo taminazy: "Ino ary no famantaragna ho tsabonao, mbô hizahavanay ndraiky hinoanay Anao? Ino no ho tsabonao?"³¹Ny iadanay nihinagna mana tagny an-tany maty, araky ny voasaoratra nagnanjao: Namaizany môfo avy akagny an-ndangitry zareo hoaniginy."³²Aveo Jesôsy namaly zareo nagnanjao: "Volagniky aminareo marigny, taïna marigny, fao tsy Mosesy no nagnamia areo môfo avy akagny an-dangitry, fao Iadako no nagnamia areo ny taïna môfo avy akagny an-dangitry. ³³Satria ny môfon-jagnahary dia lehy mijôtso avy akagny an-dangitry kay magnamia fiainagna ho an'ny zao tontolo zao." ³⁴Kay hoizy zareo taminazy: "Tompoko, amaizo zahay lalandava zany môfo zany."³⁵Dia hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Zaho no môfon'ny fiainagna; zay magnatogno Zaho tsy mbô ho tihinagna eky."³⁶Kanaïfa afa nambarako taminareo fao nahita Zaho faogna areo, naïfa tsy mino. ³⁷Jiaby zay amaizan'ny Iadako Zaho dia hagnatogno Zaho, avakeo zay magnatogno Zaho tsy mbô ho ariako.³⁸Fao nijôtso avy an-dangitry Zaho tsy mbô hitsabo ny sitraka fônaha zeraiky, fao ny sitraka fôn'ny zay nagniraka Zaho. ³⁹Aveo zao no sitrapôny zay nagniraka Zaho, dia ny tsy hagnariako zay jiaby namaizany Zaho, fao hanangagna zareo amin'ny andro farany.⁴⁰Satria zao no sitra-pôny Iadako, dia ny mbô hazahoan'ny jiaby zay mahita Zanaka ndraiky mino Azy ny fiainagna bariky dintany aveo hoatsangako amin'ny andro farany izy.⁴¹Aveo nignemognemogno mahakasiky Azy reo Jiosy satria Izy nivaolagna: "Zaho no môfo nijôtso avy agny an-dangitry."⁴²Ary hoizy zareo: "Tsy lehy Jesôsy zanak'i Josefa moa io, zay haintsika ray aman-dreniny? Akôry no ivolagnany nagnanjao: 'Nijôtso avy akagny an-dangitry Zaho?'"⁴³Jesôsy namaly kay nagnanjao tamin-jareo: "Ajanony ny fegnemognemognareo eo agnivonareo."⁴⁴Tsisy ôlogno afaka magnatogno Zaho raha tsy Iadako zay nagniraka Zaho

no managno azy, ary hatsangako izy amin'ny andro farany.⁴⁵ Zany dia voasaoratra ao amin'ny bokin'ny mpagnazary magnanjao: 'Hampianarin-Jagnahary izy jiaby.' Zay jiaby nitandregny ndraiky nianatra tamin'ny Iadako no magnatogno Zaho.⁴⁶ Tsisy nahita Iada, afa tsy zay avy amin-Jagnahary, izy nino nahita ny Iada.

⁴⁷Volagniky aminareo marigny, taigna marigny, fao zay mino no managna fiainagna bariky dintany.⁴⁸ Zaho no mofon'ny fiainagna.⁴⁹ Ny Idabenareo nihinagna mana tagny antanimaty, ary maty zareo.⁵⁰ Tô no mofon'ny nijôto avy akagny an-dangitry, mbô tsy hofloaty zay mihinagna amin'ny zany.⁵¹ Zaho no mofon'ny velogno nijôto avy akagny an-dangitry. Raha misy ôlogno mihaomagna amin'ny tô mofon'ny, dia ho velogno bariky dintany izy. Ny mofon'ny zay hamaizako nôfoanaha no hoan'ny fiaignan'ny zao tontolo zao.⁵² Nahay vingitry reo Jiosy kay nanomboko niady hevitra, nagnanjao: "Akôry no ahafahan'io lalahy io magnamia atsika nôfoanazy hoaniginy?" Ary nivaolagna Jesôsy tamin-jareo: ⁵³"Volagniky aminareo marigny, taigna marigny, fao raha tsy mihinagna nôfon'ny Zanak'Ôlogno areo ndraiky mgiaka ny linazy, tsy hanagna fiainagna ao aminareo.⁵⁴ Na zôvy mihinagna nôfoanaha ndraiky mgiaka linaha dia managna fiainagna bariky dintany, aveo hatsangako izy amin'ny andro farany.⁵⁵ Fao ny nôfoanaha no taigna fihoaniginy, avakeo ny linaha no taigna figiahiginy.⁵⁶ Zay mihinagna nôfoanaha ndraiky mgiaka linaha no mitoetra ao Aminaha, ary Zaho ao aminazy.⁵⁷ Karaha nagnirahan'ny Iada velogno Zaho, ndraiky hotra hivilaomako nohon'ny Iada, zay mihinagna Zaho, ho velogno faogna koa nohon'ny Aminaha.⁵⁸ Tô lehy mofon'ny nijôto avy akagny an-dangitry, tsy hotra ny Iadabe nihinagna kay maty. Zay mihinagna tô mofon'ny dia ho velogno bariky dintany."⁵⁹ Fao Jesôsy nivaolagna reo raha reo tao amin'ny Synagoga koafa nampianatra tao Kapernaomy Izy.⁶⁰ Ary maro tamin'ny reo mpianany zay nitandregny no nivaolagna nagnanjao: "Fampianaragna sarotro zany; zôvy no afaka hanaiky zany?"⁶¹ Jesôsy, noho Izy nalahelo reo mpianany, nivaolagna zareo nagnanjao: "Magnafintohiginy areo moa zany?"⁶² Koa akôry raha tôkony hahita ny Zanak'Ôlogno miaraka amin'ny nipitrahany talaoha areo?⁶³ Ny Fagnahy no magnamia fiainagna. Reto vaolagna zay nikoragniky taminareo dia fagnahy, ary fiainagna reo.⁶⁴ Mbôla misy sasany aminareo tsy mino." Fao Jesôsy afa nahay rango tamboalaohany zay tsy hino ndraiky zay hamadiky Azy.⁶⁵ Nivaolagna Izy nagnanjao: "Noho zany no nagnambarako taminareo fao tsisy ôlogno afaka magnontany Zaho raha tsy namian'ny Iada Azy zany."⁶⁶ Noho zany, maro tamin'ny reo mpianatra nazy no nandaiha avakeo tsy niara-dia taminazy eky.⁶⁷ Dia hoizy Jesôsy tamin-jareo aroa ambin'ny fôlo: "Tsy te handaiha koa moa areo, sa tsia?"⁶⁸ Ary Simona Petera namaly Azy nagnanjao: "Tampo, handaiha amin-jôvy moa zahay? Anao no managna ny vaolagna fiainagna bariky dintany,⁶⁹ aveo mino zahay kay magnatogno mbô hahay fao Anao no lehy Masin-Jagnahary."⁷⁰ Nivaolagna Jesôsy taminjare nagnanjao: "Tsy Zaho moa no nifidy areo, aroa ambin'ny fôlo, ary ny araiky aminareo Devoly?"⁷¹ Avakeo Jodasy zanak'i Simona Iskariota no koragniny, satria izy, lehy araiky amin'izy aroa ambin'ny fôlo, zay hamadiky Jesôsy.

Chapter 7

¹Tafarany reo raha reo Jesôsy dia nandaiha tagny Galilia, fao tsy tehandaiha akagny Jodia naifa Izy noho reo Jiosy mikasa hamono Azy.² Ary afa narikitry ny andro firavoravoan'ny Jiosy ny Tabernakely.³ Noho zany reo rahalahy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Mialà amin'ny tô toeragna tô avakeo mandihiana akagny Jodia, mbô hafahan'ny reo mpianatrao mahita reo asa tsabonao faogna koa."⁴ Tsisy ôlogno magnano raha mivôny zany raha izy haigniny ary te-ho hay ampahibemaso. Raha magnano reo raha reo anao, miboaha amin'ny zao tontolo zao."⁵ Fao na reo rahalahiny aby tsy nino Azy.⁶ Noho zany Jesôsy nivaolagna zareo nagnanjao: "Mbôla tsy tonga fotoagnanaha, fao ny fotoagnanareo ndraiky dia vôgnogno lalandava."⁷ Tsy afaka halaigny areo zao tontolo zao, fao zaho no halany satria mivaolagna fao ratsy reo asany.⁸ Areo miakara akagny amin'ny firavoravoagna; Fao Zaho ndraky tsy handaiha amin'ny zany satria tsy mbôla tonga fotoagnanaha."⁹ Tafaran'ny nivolagnany reo raha zareo, dia nijanogno tao Galilia Izy.¹⁰ Fao koafa nakatra tagny amin'ny firavoravoagna reo rahalahiny, nakatra tagny faogna koa Izy aveo, tsy niboaka fao nivôny.¹¹ Nitady azy tagny amin'ny firavoravoagna reo Jiosy aveo nivaolagna nagnanjao: "Aiza Izy?"¹² Nisy koragna maro taigna maro mahakaisky Azy tagnivon'ny reo vahoaka. Ny sasany mivaolagna fao: "Lalahy tsara Izy." Reo hafa mivaolagna: "Tsia, mitariky vahoaka akagny amin'ny fahaviraizagna Izy."¹³ Ary tsisy nahasaiky nikoragna ampahabemaso mahakasiky Azy nohon'ny hamboriagna reo Jiosy.¹⁴ Koafa nisasaka ny firavoravoagna, dia nakatra tagny amin'ny Tempoly Jesôsy ary nanomboko nampianatra.¹⁵ Aveo dia gaga reo Jiosy, nagnanjao: Akôry no hahazan'io lalahy io zany jiaby zany? Izy tsy mbô nandalo fianaragna lasite."¹⁶ Jesôsy namaly zareo nagnanjao: "Tsy nihinaha ny fampianarako, fao avy amin'Izy zay nagniraka Zaho."¹⁷ Raha misy ôlogno magniry hagnano sitra-pônazy, dia hahay mahakaisky io fampianaragna io izy, na avy amin-Jagnahary zany, na Zaho no mivaolagna avy amin'ny taignanaha.¹⁸ Na zôvy na zôvy mivaolagna avy amin'ny taignany dia mitady vogninahitry ny haigniny zeraiky, fao na zôvy na zôvy mitady vogninahitry zay nagniraka azy, dia io ôlogno io no marigny, avakeo tsisy tsy fahamarinagna ao aminazy.¹⁹ Tsy namaizan'i Mosesy areo moa lalâgna? Naifa tsisy aminareo mitandrigny lalâgna. Nagnino areo mitady hamono Zaho?" Namaly vahoaka nagnanjao: ²⁰"Anao misy masantôko. Zôvy koa mitady hamono Anao?"²¹ Jesôly namaly kay nivaolagna: "Asa araiky no nitsaboky, aveo gaga noho zany jiaby areo." ²²Namaizan'i Mosesy ny famorâgna areo (Tsy hoe avy amin'i Mosesy zany, fao avy amin'reo razagna), ary amin'ny Sabata dia mamaora areo.²³ Raha amin'ny Sabata no amoragna ny ôlogno mbô tsy ho voadika ny lalân'i Mosesy, dia akôry areo vingitry aminaha raha nampahivagna tantairaka ôlogno araiky tamin'ny Sabata Zaho? ²⁴Aza mitsara amin'ny bika ambailany, fa mitsarà am-pahamarignagna."²⁵ Nisy sasany tamin-jareo avy akagny Jerosalema nivaolagna nagnanjao: "Tsy tô moa lehy tadiavin-jareo ho vonogny?" ²⁶Zahavo, mikoragna mibaribary Izy, ary tsisy mivaolagna na ino na ino Azy zareo. Dia ho taigna hain'ny mpitondra moa fao Izy no Kristy, sa akôry?²⁷ Afa haintsika hoe avy aiza io lalahy io. Fao koafa tonga lehy Kristy, dia tsy hoisy hahay hoe avazia Izy."²⁸ Aveo nangaiky mafy Jesôsy tao agnaty tempoly, nampianatra avakeo nivaolagna nagnanjao: "Areo samy mahay taignako ary mahay fiaviako. Tsy tonga nohon'ny Taignako zeraiky Zaho, fao lehy nagniraka Zaho dia marigny, ary tsy hainareo Izy." ²⁹Haiky Izy satria Zaho avy Aminazy ary Izy no nagniraka Zaho."³⁰ Niaizaka hanambotro Azy zareo, fao tsisy nagnainjagna tagnagna taminazy satria tsy mbôla tonga ny fotoagnanazy. ³¹Kanaifa maro tamin-jareo vahoaka no nino Azy, avakeo hoizy zareo: "Koafa tonga lehy Kristy, moa hitsabo famantaragna maro noho ny vitan'io Lalahy io moa Izy?"

³²Nitandregny vahoaka nibisibisika reo raha mahakasiky Jesôsy reo ny Fariseo, aveo ny laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo Fariseo dia nagniraka mpiandry raharaha hanambotro Azy.³³ Nivaolagna Jesôsy: "Hely tavaila ny fotoagna hiarahako aminareo, dia handaiha akagny amin'ny lehy nagniraka Zaho zaho." ³⁴Hizaha Zaho areo fao tsy hahita Zaho; zay himboako, tsy ho azonareo himboagna."³⁵ Noho zany reo jiosy dia nifampiraisaka nagnanjao: "Fao handaiha ho aiza io lalahy io no tsy ho vitantsika ny hitady Azy? Handaiha hoagny amin'ny reo zay nipariaka nandaiha amin'i Grika dia hagnanatra reo Grika moa?" ³⁶Ary ino dikan'ny vaolagna nambarany nagnanjao: "Hitady Zaho areo fao tsy hahita Zaho; zay himboko, tsy ho azonareo andihianagna?"³⁷ Ary tamin'ny farany, andro goalahy amin'ny firavoravoagna, dia nitsangagna Jesôsy aveo nivaolagna mafy nagnanjao: "Raha misy tihigiaka, ambilao izy hagnatogno Zaho avakeo higiaka." ³⁸Zay mino zaho, araka ny volagnin'ny Saoratra Masigny, dia hikoriagna avy ao an-kibonazy onin'ny rano velogno."³⁹ Fao zao no nambarany mahakasiky Fagnahy Masigny, reo zay nino Azy no halaka; lehy Fagnahy tsy mbôla namiagna satria tsy mbôla nahazo vogninahitry Jesôsy.⁴⁰ Ny sanany tamin'ny reo vahoaka, koafa naharegny reo vaolagna reo, dia nivaolagna nagnanjao: "Tô tatokitry lehy mpagnazary."⁴¹ Reo hafa nivaolagna: "Tô lehy Kristy." Fao ny sanany nivaolagna: "Fao Kristy moa avy akagny Galilia?" ⁴²Tsy koragnin'ny Saoratra Masigny moa fao Kritsy dia hoavy amin'ny tamingan'i Davida aveo avy akao Betlehema, lehy tanâgna zay nisy Davida?"⁴³ Kay nisy fizaragna teo amin'ny vahoaka noho Izy. ⁴⁴Ny sanany tamin-jareo te-hanambotro Azy, fao tsisy nagnainjatagnagna taminazy.⁴⁵ Avakeo reo mpiandry raharaha

nimpôdy tagny amin'ny reo laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo Fariseo, zay nivaolagna tamin-jareo hoe: "Nagnino areo tsy ninday Azy?" ⁴⁶Namaly reo mpiambigny raharaha nagnanjao: "Tsy mbôla nisy nikoragna karaha zany velively." ⁴⁷Noho zany reo Fariseo namaly zareo nagnanjao: "Voafitaka faogna koa moa areo?" ⁴⁸Moa nisy tamin-jareo mpanapaka mbô nino Azy, na tamin'ny reo Fariseo? ⁴⁹Fao reo vahoaka reo dia tsy mahay lalàgna, voahôzogno reo." ⁵⁰Nikedemosy (Araiky amin'ny reo Fariseo, zay tonga mialaoha teo aminazy), nivaolagna nagnanjao: ⁵¹"Moa ny lalàgnantsika mitsara ôlogno mialaohan'ny handrignaisagna azy kay ahaizagna zay nitsabony?" ⁵²Namaly zareo avakeo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Avy akagny Galilia koa moa anao? Mikaraoha aveo zahavo fao tsisy mpagnazary avy akagny Galilia." ⁵³(Fagnamarihagna: Ny dika-teny talaoha bahery tsara dia tsy ahitavagna ny Jaona 7:53-8:11) [Avakeo ny tsiairaikiaraiky nandaiha akagny an-tragno aby.

Chapter 8

¹Fagnamarihagnna: Zahavo ny fagnamarihagna mahakasik'i Jaona7:53-8:11 aketo ambony) Nandaiha an-tanetin'i Oliva Jesôsy. ²Vao marandraigny dia nadaiha an-tempoly indraiky Izy, ary ny ôlogno jiaby nagnatogno Azy; nipaitraka Izy avakeo nampianatra zareo. ³Reo mpanora-dalagna ndraiky reo Fariseo dia nitondra vaiavy araiky takatra nijangajanga. Nambailan-jare tagnivo izy. ⁴(Fagnamarihagna: Zahavo ny fagnamarihagna momban'i Jaona7:53-8:11 aketo ambony) Aveo hoizy zareo taminazy: "Oa mpagnanatra, tô vaiavy tô takatray tam-pijangajangagna. ⁵Ary ao amin'ny lalâgna, Mosesy nagniraka zahay mbô hitopiagna vato ny ôlogno hotra zany; ino no ambaranao azy?" ⁶Nivolagnin-jareo hamandriky Azy faogna kanaifa zany mbô ahafahan-jareo magnameloko Azy, fao Jesôsy ndraiky niondriky avakeo nanaoratra tamin'ny tany tamin'ny ratsantagnany. ⁷(Fagnamarihagna: Zahavo ny fagnamarihagna momban'i Jaona7:53-8:11 aketo ambony) Koafa nagnapaitraka fagnontaniagna taminazy hatragny zareo, dia nitsangagna Izy kay nivaolagna zareo nagnanjao: "Zay tsy nanota taminareo aoka izy no hanopy vato azy voalaohany." ⁸Dia nondriky Izy, aveo nanaoratra tamin'ny tany tamin'ny ratsantagnany. ⁹(Fagnamarihagna: Zahavo ny fagnamarihagna momban'i Jaona7:53-8:11 aketo ambony) Koafa nitandregny zany zareo, dia niala tsiraikiaraiky, nanomboka tamin'ny taingna zokiny. Ary ny farany dia Jesôsy zeraiky faogna tavaila teo, niaraka tamin'ny lehy vaiavy zay teo agnivy. ¹⁰Nitsangagna Jesôsy kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Ravehivavy, fa lôsogno aiza zareo mpagnameloko anao? ¹¹Tsisy magnameloko anao moa? Hoizy: "Tsisy, Tompoko." Ary hoizy Jesôsy: "Tsy magnameloko anao Zaho. Mandihiana aveo aza manota eky." ¹²Nivaolagna tamin-jareo indraiky Jesôsy nagnanjao: "Zaho no fahazavagnan'izao tontolo zao; zay magnaraka Zaho tsy handaiha amin'ny hizigny fao hanagna fahazavagnan'ny fiainagna." ¹³Hoizy Fariseo taminazy: "Anao magnambara haigninao; tsy marigny ny fagnambaragnanao." ¹⁴Jesôsy namaly kay nagnanjao tamin-jareo: "Na dia magnambara haigninaha aby Zaho, marigny ny fagnambarako. Haiky ny nihaviako ndraiky lâlagna mboako, fao areo ndraiky tsy mahay zay nihaviako na zay mboako." ¹⁵Areo mitsara araka ny nôfo; fao Zaho tsy mitsara na zôvy na zôvy. ¹⁶Na dia mitsara aby Zaho; marigny ny fitsarako satria tsy araiky Zaho, fao miaraka amin'ny Iadako zay nagniraka Zaho. ¹⁷Ia, ary ao amin'ny lalâgnanareo dia voasaoratra fao marigny ny fitsanganan'ny ôlogno aroa antomoa. ¹⁸Zaho magnamabara ny haigninaha, avakeo Iada zay nagniraka Zaho faogna koa dia magnambara Zaho. ¹⁹Hoizy reo taminazy: "Aiza ny Iadanao?" Jesôsy namaly: "Tsy hainareo na Zaho na ny Iadako; raha nahay Zaha areo, dia mahay iadako koa." ²⁰Teo narikitry fandatsahagna rakitry Izy nivaolagna zany vaolagna zany raha tô Izy nampianatra teo amin'ny tempoly tô, avakeo tsisy nanambotro Azy satria tsy mbôla tonga ny fotoagna. ²¹Ary hoizy ndraiky tamin-jareo: "Andaiha Zaho; hizaha Zaho areo ary hifoaty amin'ny fahotagnanareo. Zay mboako, dia tsy ho azonareo mboagna." ²²Hoizy reo Jiosy nagnanjao: "Hamono taingna moa Izy? Zany moa no antony nivolagnany nagnanjao: 'Zay himboako, dia tsy azonareo himboagna'?" ²³Hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Avy etoy ambany areo; Zaho ndraiky avy akagny ambony. Avy amin'izao tontolo zao areo, fao Zaho tsy avy amin'izao tontolo zao. ²⁴Noho zany, namabarako taminareo fao hifoaty ao amin'ny fahotagnanareo areo. Fao raha tsy mino areo fao ZAHO NO IZY, dia hifoaty amin'ny fahotagnanareo areo." ²⁵Noho zany dia hoizy zareo taminazy nagnanjao: "Zôvy moa Anao?" Nivaolagna Jesôsy tamin-jareo: "Araka zay nambarako taminareo rango tam-boalaohany. ²⁶Managna raha maro ho koragnigny ndraiky hitsaragna mahakasiky areo Zaho. Naifa, Izy zay nagniraka Zaho dia marigny; aveo reo raha zay regniky avy taminazy, dia hambarako amin'izao tontolo zao." ²⁷Tsy azon'ny reo naifa fao Izy nikoragna tamin-jareo mahakasiky Iada. ²⁸Nivaolagna Jesôsy: "Koafa asandratrareo ny Zanak'Ôlogno, dia ho hainareo fao Zaho no Izy, ary tsy magnano na ino na ino hoanaha Zaho. Araka ny nampianarin'ny Iada Zaho, no hikoragnako reo raha reo." ²⁹Izy zay nagniraka Zaho dia miaraka aminaha, ary tsy magnambaila Zaho ho manaokagna Izy, noho Zaho magnano zay ankasitrahiny lalandava." ³⁰Raha nivaolagna reo raha reo Jesôsy, dia maro no nino Azy. ³¹Jesôsy nivaolagna tamin-jareo Jiosy zay nino Azy nagnanjao: "Raha midôko amin'ny vaolagna naha areo, dia ho taingna mpianatranaha; ³²ary ho hainareo ny marigny, ary ny marigny hagnafaka areo." ³³Ary zareo namaly Azy nagnanjao: "Taranak'i Abrahama zahay ary tsy mbôla andevoziny na zôvy na zôvy letrizay; koa akôry no hivolagnanao: 'Hoafaka areo'?" ³⁴Jesôsy namaly zareo nagnanjao: "Volagniky aminareo marigny, bahery marigny, fao reo zay manota dia andevon'ny ota. ³⁵Ny andevo tsy midôko antragny bariky dintany; fao ny zanaka no midôko bariky dintany." ³⁶Noho zany, raha ny Zanaka no magnafaka areo, taingna hoafaka areo. ³⁷Haiky fao taranak'i Abrahama; mizaha zay hahafaty Zaho satria tsy managna toairagna aminareo ny vaolagna naha. ³⁸Mivaolagna zay hitako niaraka tamin'ny Iadako Zaho, avakeo areo koa magnano zay regninareo tamin'ny Iadanareo." ³⁹Namaly zareo kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Abrahama iadanay." Jesôsy nivaolagna zareo: "Raha zanak'i Abrahama areo, hagnano asan'i Abrahama. ⁴⁰Naifa, zeo areo mitady hamono Zaho, zay lalahy nivaolagna taminareo ny marigny zay regniky tamin-jagnahary. Abrahama tsy nagnano zany. ⁴¹Areo magnano ny asan'ny iadanareo." Hoizy zareo

taminazy: "Tsy tairaka tamin'ny fijangajangagna zahay; araiky faogna iadanay: dia Zagnahary."⁴² Jesôsy nivaolagna zareo nagnanjao: "Raha Zagnahary iadanareo, dia tôkony ho tia Zaho areo, satria avy tamin-Jagnahary naviako ndraiky nandihianako atoy; fao tsy tonga hoazy Zaho, fao Izy nagniraka Zaho."⁴³ Nagnino tsy azonareo vaolagnanaha? Zany satria tsy afaka hagneky ny taingako areo.⁴⁴ Avy amin'ny iadanareo areo, lehy devoly, ary ny tianareo tsabogny dia ny filagna zay nitsabon'ny iadanareo. Mpamono ôlogno rango zay izy ary tsy mitsangagna amin'ny fahamarignagna satria tsisy marigny ao aminazy. Koafa mavandy izy dia ny toaitra fatany faogna volagniny satria mpavandy izy ary iadan'ny vandy.⁴⁵ Naifa, satria mivaolagna marigny Zaho, dia tsy mino Zaho areo.⁴⁶ Zôvy aminareo magnameloko Zaho amin'ny fahotagna? Raha mivaolagna marigny Zaho, nagnino tsy hinoanareo?⁴⁷ Zay avy amin-Jagnahary mitandregny vaolagna Zagnahary; Tsy mitandregny zany areo satria tsy avy amin-Jagnahary."⁴⁸ Namaly reo Jiosy kay nivaolagna taminazy nagnanjao: "Moa tsy mivaolagna marigny zahay fao Samaritana Aanao avakeo misy masantôko?"⁴⁹ Jesôsy namaly nagnanjao: "Tsisy masantôko Zaho, fao magnamia vogninahitry iadako, ary areo tsy magnamia vogninahitry Zaho."⁵⁰ Tsy mitady vogninahitry Zaho; misy araiky mitady ndraiky mitsara.⁵¹ Volagniky aminareo, marigny, taingana marigny, fao raha misy mitandrigny vaolagna naha, tsy hahita fahafataisagna bariky dintany izy."⁵² Nivaolagna reo Jiosy taminazy: Zeo hainay fao managna masantôko Anao. Afa maty Abrahama ndraiky mpagnazary; naifa Anao mivaolagna: 'Raha misy mitandrigny ny vaolagna naha, dia tsy hahita fahafataisagna bariky dintany izy.'⁵³ Tsy goalahy noho ny iadanay Abrahama zay afa maty Anao, sa moa goalahy? Reo mpagnazary faogna koa dia maty. Magnano ny hainginao ho zôvy moa Anao?"⁵⁴ Jesôsy namaly: "Raha mankalaza hainginao Zaho, ho tsinotsinona ny vogninahitry; ny iadako zay atanareo ho Zagnahary no mankalaza Zaho."⁵⁵ Tsy hainareo Izy, fao Zaho mahay Azy. Raha mivaolagna Zaho nagnanjao: 'tsy mahay Azy Zaho,' dia ho taokagna areo, mpavandy. Naifa haiko Izy kay mitandrigny vaolagna nazy Zaho."⁵⁶ Ny iadanareo niafy nahita andronaha; nahita zany izy dia ravo."⁵⁷ Nivaolagna reo Jiosy taminazy: "Mbôla tsy ampy dimam-pôlo tagno aby Anao, kay afa nahita Abrahama moa?"⁵⁸ Ary hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Volagniky aminareo, marigny, taingana marigny, talaohany nahatirahan'i Abrahama, Zaho no Izy."⁵⁹ Aveo nalaka vato hatopy Azy zareo, fao Jesôsy ndraiky nilaifa kay niboaka tempoly.

Chapter 9

¹Ary raha nandalo Jesôsy, dia nahita lalahy gila letry voho tairaka.²Nagnontany Azy reo ny mpianany nagnanjao: "Raby, zôvy no nanota, io lalahy io sa reo ray ama-ndreniny, no tairaka gila zao izy?"³Jesôsy namaly nagnanjao: "Tsy io lalahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fao nitsabogny zao mbô hanehoagna aminazy ny asan-jagnahary."⁴Tsy maintsy magnano ny asan'ny zay nagniraka Zaho atsika raha mbôla mazava. Fao hoavy ny aligny zay tsy ahafahagna na zôvy na zôvy miasa eky.⁵Raha mbôla aketo amin'ny izao tontolo izao Zaho, dia Zaho no fahazavan'izao tontolo zao."⁶Koafa avy nivaolagna zany Jesôsy, nandrora tamin'ny tany, aveo nagnano feta tamin'ny lehy rora, kay nagnôsotro faotaka tamin'ny mason'ny lehy lalahy.⁷Nivaolagna Jesôsy: "Mandihiana, sasao egny amin'ny ranon'ny Siloama (Zay adika hoe: Nirahigny) ny masonao." Kay lôso ralehilahy, nanasa zany, aveo nimpôdy nahita.⁸Ary nifampangnontany reo ôlogno mpiray vody rindrigny tamin-drailahy ndraiky reo zay nahita azy nangataka talaoha nagnanjao: "Tsy tô moa lehy lalahy nipaitraka nangataka teto?"⁹Ny sanany nagnanjao: "Izy io." Ary ny hafa nivaolagna: "Tsia, fao taokagna aminazy faogna izy." Fao izy ndraiky nagnanjao: "Zaho tô."¹⁰Hoizy zareo taminazy: "Koa nagnankôry nahitavan'ny masonao?"¹¹Namaly izy: "Lehy lalahy antsôvigny hoe Jesôsy no nagnano feta ary nagnôsotro zany tamin'ny masoanaha kay nivaolagna taminaha nagnanjao: 'Mandihiana akagny Siloama avakeo sasao ny masonao.' Dia nanadaiha zaho ary nanasa zany kay nahita." ¹²Hoizy zareo taminazy: "Aiza Izy?" Dia nivaliany: "Tsy haiky."¹³Nindesinjareo teo amin'ny Fariseo lehy lalahy zay gila talaoha.¹⁴Tamin'ny andro Sabata moa no nitsaboan'i Jesôsy ny feta ndraiky nampahita ny masoanazy.¹⁵Ary nagnontany azy indraiky reo Fariseo ny amin'ny fomba nahitavany. Hoizy tamin-jareo: "Nasiany feta ny masoanaha, nisasako, kay mahita Zaho zao."¹⁶Ny sanany tamin-jareo Fariseo nivaolagna: "Tsy avy amin-jagnahary tô lalahy tô satria tsy mbô magnaja ny sabata." Ny hafa nagnanjao: Akôry no afahan'ny ôlogno mpanota mitsabo famantaragna gaida hotra zao?" Kay nisy fizarazaragna teo amin-jareo.¹⁷Kay nimpôdy nagnontany lehy lalahy gila indraiky zareo nagnanjao: "Inona no hambaranao mahakasiky Azy, letry nampahitavany masonao?" Hoizy lehy lalahy gila: "Mpagnazary Izy."¹⁸Ary mbôla tsy nino ny mahakasiky azy faogna reo Jiosy hoe izy dia afa gila kay nahita raha tsy nagnantso ny ray aman-dreniny lehy lalahy nahita zareo.¹⁹Nagnontany reo ray aman-dreniny zareo nagnanjao: "Tô moa lehy zanakareo zay volagninareo fao tairaka gila? Koa nanankôry no ahitavany zao?"²⁰Aveo nivalian'ny reo ray aman-dreny zareo nagnanjao: "Hainay fao zanakay io sady tairaka gila izy."²¹Fao naifa amin'ny nahitavany, tsy hainay. Agnontania azy, afa gaida izy. Afaka mivaolagna hoan'ny haigianazy izy."²²Nivaolagna zany reo ray aman-dreniny, satria natahotro reo Jiosy zareo. Satria afa narikitry reo Jiosy fao raha misy magneky Azy ho Kristy, ho roahigny hiala ao amin'ny synagoga izy.²³Nohon'ny amin'ny zany, no nivolagnanjareo ray aman-dreniny nagnanjao: "Afa gaida izy, izy no agnintania."²⁴Avakeo nagnantso lehy lalahy gila talaoha fagnindrony indraiky zareo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Amiazao vogninahitry Zagnahary. Hainay fao mpanota zany lalahy zany."²⁵Aveo namaly lehy lalahy: "Tsy haiky alaoha raha mpanota Izy. Ny haiko zao: Afa gila zaho talaoha, fao zao zaho nahita."²⁶Aveo hoizy zareo taminazy: "Fao ino no natany taminao? Akôry ny fomba nampahitavany masonao?"²⁷Dia namaly izy: "Afa nambarako taminareo, fao areo tsy nitandregny! Kay akôry areo no ti-hitandregny zany indraiky? Ti-ho agnisan'ny mpianany faogna koa ma areo, sa tsy zany?"²⁸Nagneso azy zareo kay nivaolagna nagnanjao: "Anao no mpianatra nazy, fao zahay mpianatr'i Mosesy."²⁹Hainay fao afa nikoragna tamin'i Mosesy Zagnahary, fao raha zany lalahy zany dia tsy hainay zay naviany."³⁰Dia namaly lehy lalahy kay nagnanjao: "Mahagaga zany, tsy hainareo zay naviany, naifa nampahita masoanaha Izy."³¹Haintsika fao tsy mitandregny reo mpanota Zagnahary, fao raha misy mazôto mivavaka ndraiky magnano sitra-pônazy, dia mitandregny azy Izy."³²Letry niantomboahany zao tontolo zao tsy mbôla regny velively hoe nisy nampahita ny mason'ny zay tairaka gila.³³Koa raha tsy avy amin-jagnahary zany lalahy zany, tsy mahaifa na ino na ino."³⁴Aveo namaly zareo kay nagnanjao taminazy: "Taigna tairaka tamin'ny ota anao, anao ndraiky moa hampianatra zahay?" Avakeo niroasin-jareo niboaka izy.³⁵Regnin'i Jesôsy fao niroahin-jareo tao amin'ny synagoga izy. Ary Izy nahita azy dia nivaolagna nagnanjao: "Mino ny Zanak'Ôlogno moa anao?"³⁶Namaly izy: "Zôvy moa Izy, Tompo, mbô hinoako Azy?"³⁷Jesôsy nagnanjao taminazy: "Afa nahita Azy anao, aveo lehy araiky zay mikoragna aminao zao zany."³⁸Hoizy lehy lalahy: "Tompô mino zaho." Aveo nidaira Azy izy.³⁹Jesôsy nivaolagna: "Fao fitsaragna no nahatongavako aketo amin'ny zao tontolo zao mbô hahita reo gila aveo mbô ho tonga gila reo zay mahita."⁴⁰Naharegny zany ny sanany tamin'ny reo Fariseo zay niaraka taminazy kay nagnontany Azy nagnanjao: "Ary zahay faogna koa moa gila?"⁴¹Fao Jesôsy nivaolagna taminjareo nagnanjao: "Raha gila areo, tsy ho nanan-keloko, fao areo ndraiky zeo mivaolagna: 'Mahita zahay,' dia mbôla mitoaotra ny helokoareo."

Chapter 10

¹"Ambarako aminareo, marigny, taigna marigny, fao zay tsy miditry amin'ny tamiagna ho amin'ny valan'ondry, fao magnaniky lalagna hafa, dia mpangalatra ndraiky mpandroba izy. ²Fao zay miditry amin'ny tamiagna ndraiky no mpiambigny ondry tsara. ³Izy no sokoafin'ny mpiambigny tamiagna. Maharegny feonazy ny ondry, avakeo izy magnantso ondrianazy manaokagna amin'ny agnarany kay minday azy miboaka. ⁴Koafa nagnaboaka azy jiaby izy, nialaoha lalagna zareo, aveo magnaraka azy ny ondrianazy, satria mahay feonazy. ⁵Ary tsy hagnaraka vahiny reo fao hilaifa azy ndraiky, satria tsy hainy ny feony vahiy. ⁶Jesôsy nivaolagna zany aohatra zany tamin-jareo, naifa tsy azonjareo aby reo raha nivolagniny taminjareo. ⁷Dia hoizy ndraiky Jesôsy tamin-jare: "Volagniky aminareo, marigny, marigny tatô be, fao Zaho no tamiagnan'ondry. ⁸Zay jiaby tonga talaohakanaha mpangalatra ndraiky mpandroba, satria tsy nitandregny zareo ondry. ⁹Zaho no tamiagna. Raha misy miditry ao amin'ny alalako, ho voavonjy izy; hiditry ndraiky hiboaka izy aveo hahita fihinanagna. ¹⁰Fao ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra ndraiky hamono aveo handrava. Fao Zaho ndraiky avy mbô hanagnanjareo fiainagna aveo hanagna zany fôtry tatôbe. ¹¹Zaho no mpiambigny ondry tsara. Ny miambigny tsara manôlotro ny haigninazy hamonjy ondrinazy. ¹²Ny mpikarama tsy miambigny avakeo tsy tômpony ondry. Raha nahita amboadia magnatogno izy hilaifa ny ondry kay hipariaka, aveo ny amboadia manambotro ndraiky mampipariaka zareo. ¹³Milaifa izy satria mpikarama kay tsy miraharaha ny ondry. ¹⁴Zaho no mpiambigny ondry tsara, ary haiko ny ninaha, ary hainy Zaho. ¹⁵Ny Iada mahay Zaho, avakeo Zaho mahay Iada, ary Zaho manôlotro ny aigninaha hoan'ny ondry. ¹⁶Managna ondry hafa zay tsy amin'ny tô vala tô Zaho. Tsy maintsy ho ndesiky faogna koa regny, aveo zareo haharegny feonaha mbô ho tonga andiany araiky faogna ndraiky mpiambigny araiky. ¹⁷Zao no antony hitiavan'ny Iada Zaho: mahafy manôlotro ny aigninaha Zaho mbô handraisako zany indraiky. ¹⁸Tsisy malaka zany aminaha, fao haigninaha faogna manôlotro zany. Managna fahefagna hanôlotro zany Zaho, aveo managna fahefagna halaka zany indraiky. Zany didy zany azoko avy tamin'ny Iadako. ¹⁹Nisy fizarazaragna indraiky teo amin'ny reo Jiosy noho reo vaolagna reo. ²⁰Maro tamin-jare no nivaolagna nagnanjao: "Managna masantôko Izy aveo very saigny. Nagnino areo mitandregny Azy?" ²¹Ny sanany nivaolagna: "Tsy fivolagnan'ny ôlogno misy masantôko zany. Moa ny Masantôko afaka mampahita mason'ny gila?" ²²Aveo tonga ny fetin'ny fanokanagna tao Jerosalema. ²³Rirignigny tamin'ny zany, aveo Jesôsy nitsangagna teo agnatin'ny tempoly teo amin'ny fialofan'i Solomona. ²⁴Aveo nitangoraonan'reo Jiosy Izy avakeo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Zisiky aiza no hampisalasalanao zahay? Raha Anao Kristy, dia volagno aminay mibaribary aminay." ²⁵Ary Jesôsy namaly zareo nagnanjao: "Afa nagnambara areo Zaho, fao tsy minao areo. Reo asa zay nitsaboky amin'ny agnaran'ny Iadako, reo no nagnambara Zaho. ²⁶Kanaifa areo tsy mino satria tsy mbô ondrinaha. ²⁷Mitandregny feonaha ny ondrinaha; haiko zareo, avakeo magnaraka Zaho. ²⁸Amaizako zare ny fiainagna bariky dintany; kay tsy hofloaty bariky dintany zareo, ary tsy hisy handrobaka azy am-pailatagnako. ²⁹Ny Iadako, zay nagnamia reo Zaho, dia gaida noho ny hafa jiaby, aveo tsisy mahavita mandrobaka zareo ampailatagnan'ny Iada. ³⁰Zaho ndraiky iada araiky faogna. ³¹Avakeo nalaka vato reo Jiosy mbô hanopy vato Azy. ³²Avakeo Jesôsy namaly zareo: "Maro ny asa tsara namboakako areo avy tamin'ny Iada. Kay ino tamin'ny regny asa regny hanopianareo vato Zaho? ³³Namaly Azy reo Jiosy nagnanjao: "Tsy ny asa tsara no hanopianay vato anao, fao ny fivolagnandratsy, satria Anao, ôlombelogo, dia magnano ny haigninao ho Zagnahary. ³⁴Namaly zareo Jesôsy nagnanjao: "Tsy afa voasaoratra ao amin'ny lalagnanareo moa hoe: "Hoizy Zaho nagnanjao: "zagnahary areo?" ³⁵Raha nagnantso regny ho zagnahary izy, dia hoan-jôvy zany no navian'ny vaolagna Zagnahary (Ary ny Saoratra Masigny tsy azo foagnagna), ³⁶Moa lehy nihamasignin'ny Iada ndraiky nirahigny ho amin'ny zao tontolo zao no atanareo hoe: 'Mivaolagna ratsy Anao,' noho Zaho nivaolagna: 'Zaho Zanaka Zagnahary'? ³⁷Koafa tsy magnano reo asan'ny Iadako Zaho, dia aza mino Zaho. ³⁸Fao raha magnano regny Zaho, na dia tsy mino Zaho aby areo, dia minoa reo asa mbô hahazanareo ndraiky hazahoanare fao ny Iada dia akato Aminaha ary Zaho amin'ny Iada. ³⁹Mbôla nikasa ny hanambotro Azy indraiky zareo, fao nilaifa Izy. ⁴⁰Dia nandaiha andaforôn'i Jordana indraiky Izy hoagny amin'ny lehy toairagna zay nagnanaovan'i Jaona batisa voalaohany, aveo nidôko teo. ⁴¹Maro ny ôlogno nagnatogno Azy avakeo hoizy zareo: "Jaona tsy mbô nitsabo famantaragna, fao raha jiaby nivolagnin'i Jaona mahakasiky io lalahy io marigny. ⁴²Maro ny ôlogo nino Azy teo.

Chapter 11

¹Ary nisy lalahy araiky narary antsôvigny hoe: Lazarosy. Avy akao Betania izy, tanagnan'i Maria ndraiky Marta rahavaviny. ²Maria no nagnôsotro menaka mangitry Tompo ndraiky nagnadio ny tagnany tamin'ny volony, ary Lazarosy anadahiny narary. ³Ary reo mpirahavavy nagniraka ôlogno hoagny amin'i Jesôsy, nivaolagna agnanjao: "Tompô, zahavo, fao marary lehy tianao." ⁴Koafa regnin'i Jesôsy zany, dia nivaolagna Izy nagnanjao: "Tsy fahafataisagna no hiafaran'tô aretigny tôle, fao ndraiky ho fanehoagna vogninahitry Zagnahary mbô hagnandratagna ny Zanaka Zagnahary amin'ny alalan'ny zany." ⁵Ary Jesôsy tia i Marta ndraiky rahavaviny aveo Lazarosy. ⁶Koafa naharegny Jesôsy fao marary Lazarosy, dia mbôla nijanogno aroa andro tao amin'ny toeragna nisy Azy Izy. ⁷Ary tafaran'ny zany nivaolagna tamin'ny reo mpiaatra Izy nagnanjao: "Alôhy atsika hoagny Jodia ndraiky." ⁸Hoizy reo mpianatra taminazy: "Raby, amin'ny zao mikasa hanopy vato Anao reo Jiosy, kay mbôla himpôdy agny ndraiky Anao?" ⁹Ary namaly Jesôsy: "Tsy aroa ambin'ny fôlo ora moa ny fahazavagnan'ny andro? Raha misy ôlogno mandaiha amin'ny andro mazava, tsy ho tafintohigny izy, satria mahita fahazavagnan'izao tontolo zao." ¹⁰Naifa, raha mandaiha amin'ny aligny izy, dia ho tafintohigny satria tsy aminazy ny fahazavagna." ¹¹Nivaolagna reo raha reo Izy, ary tafaran'ny reo raha reo, hoizy tamin-jareo: "Resin-tory Lazarosy namantsika, fao handaiha Zao mbô hafahako hagnonjogno azy amin'ny tôromaso." ¹²Kay hoizy reo mpianatra taminazy: "Tompô, raha resin-tory izy, ho tsara." ¹³Naifa Jesôsy nivaolagna fahafataisagna, naifa niheverin-jareo fao fialantsasatra amin'ny tôromaso no nivolagniny. ¹⁴Aveo Jesôsy nivaolagna tsotra tamin-jareo nagnanjao: "Maty Lazarosy." ¹⁵Ravo zaho, nohon'ny aminareo, fao tsy tagny Zaho mbô hahatonga areo hino. Andaiha atsika hoagny aminazy." ¹⁶Tomasy, zay antsôvigny Didymo, dia nivaolagna tamin'ny reo mpianatra nagnanjao: "Andaiha koa atsika mbô hiaraka maty amin'i Jesôsy." ¹⁷Koafa havy Jesôsy, hitany fao afa nalevigny aifatra andro tampasagna Lazarosy. ¹⁸Aveo Betania afa marikitry Jerosalema, eo amin'ny dimy ambin'ny fôlo stadio eo no ailagnailagna. ¹⁹Maro reo Jiosy havy tao amin'i Marta ndraiky Maria, mbô hampahery zareo nohon'ny fahafataisan'ny anadahin-jareo. ²⁰Aveo, Marta, koafa naharegny fao tonga Jesôsy, nandaiha nitsaina Azy, fao Maria ndraiky nidôko tan-tragno. ²¹Dia nivaolagna tamin'i Jesôsy Marta: "Tompô, raha teo Anao, tsy maty ny anadahiko." ²²Naifa na dia zeo aby, haiky fao na ino na ino angatahinao amin-jagnahary, hamaizany Anao zany." ²³Hoizy Jesôsy taminazy: "Ny anadahinao hitsangan-ko velogno indraiky." ²⁴Marta nivaolagna taminazy nagnanjao: "Haiky fao hitsangagna indraiky izy amin'ny fitsanganan'ny maty amin'ny andro farany." ²⁵Nivaolagna Jesôsy taminazy: "Zaho no fananganagna ny maty ndraiky fiainagna; zay mino Zaho, na dia maty aby izy, ho velogno; ²⁶aveo na zôvy na zôvy velogno kay mino Zaho tsy ho foaty bariky dintany. Mino zany moa anao?" ²⁷Hoizy taminazy: "Ia, Tompo, mino zaho fao Anao no Kristy, Zanaka Zagnahary, lehy ho tonga eto amin'ny zao tontolo zao." ²⁸Koafa voavaolagna zany, lôsogno izy nagnantso mangingigny Maria rahavaviny. Hoizy nagnanjao: "Tonga ny Mpagnanatra aveo magnantso anao Izy." ²⁹Koafa regnin'i Maria zany, nitsangagna nalaky izy nandaiha aminazy. ³⁰Ary Jesôsy tsy mbôl tonga tan-tanagna fao mbôla teo amin'lehy toairagna nitrahaofan'i Marta taminazy faogna. ³¹Noho zany reo Jiosy, zay niaraka taminazy tantragno ndraiky nampahery azy, koafa nahita Maria nitsangagna nalaky kay lôsogno niboaka, nagnaraka azy, nihevitra fao handaiha hitomoagny akagny amin'ny fasagna izy. ³²Koafa tonga teo amin'ny toairagna nisy Jesôsy Maria kay nahita Azy, niondriky izy aveo nivaolagna taminazy: "Tompô, raha teto Anao, tsy maty ny anadahiko." ³³Koafa nahita azy nitomoagny Jesôsy, aveo reo Jiosy niaraka taminazy koa nitomoagny, vônito fagnahinazy ary nihôron-kôditry Izy; ³⁴dia nivaolagna Izy nagnanjao: "Taiza nandivaiganareo azy?" Hoizy reo taminazy: "Tompô, malaky aveo zahavo." ³⁵Nitomoagny Jesôsy. ³⁶Aveo hoizy reo Jiosy: "Zahavo ny hagasidan'ny fitiavany i Lazarosy!" ³⁷Fao ny sanany tamin-jareo nivaolagna: "Moa tsy hain'ny tô lalahy tôle, zay nampahita ny mason'ny lehy gila, ny magnano zay tsy nahafaty tô lalahy tôle koa?" ³⁸Aveo ndraiky Jesôsy, raha mbôla vônito fagnahinazy, nandaiha amin'ny fasagna. Ary zohy zany, aveo misy vato mamôgno azy. ³⁹Nivaolagna Jesôsy: "Alao hiala ny vato." Marta, anabavan'i Lazarosy, lehy maty, nivaolagna tamin'i Jesôsy: "Tompô, afa mahimbo ny vatagna nazy raha amizao fotoagna zao, satria aifatr'andro zao no nahafataisany." ⁴⁰Ary Jesôsy nivaolagna taminazy nagnanjao: "Tsy afa nambarako anao moa fao, raha hino anao, dia ho hitanao ny vogninahitry Zagnahary?" ⁴¹Dia nalan-jareo ny vato. Jesôsy nanandratra masony kay nivaolagna nagnanjao: "Iada a, misaotra Anao Zaho satria nitandregny Zaho Anao." ⁴²Haiky fao mitandregny Zaho lalandava Anao, fao nohony vahoaka mitsangagna magnôlotro Zaho no nivalagnako zany, mbô hahafahan-jareo mino fao Anao nagniraka Zaho." ⁴³Koafa avy nivaolagna zany Izy, nagnantso tamin'ny feo mafy nagnanjao: "Lazarosy, miboaha!" ⁴⁴Niboaka lehy lalahy maty; nisy fehim-paty ny hongony ndraiky tagnany, aveo voafehy lamba koa ny hainginy. Hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Vahao izy aveo ambilao handaiha." ⁴⁵Aveo maro tamin-jareo Jiosy tonga tao amin'i Maria ndraiky nahita ny natan'i Jesôsy, no nino Azy; ⁴⁶Fao ny sanany tamin-jareo ndraiky lôsogno nandaiha amin'ny Fariseo ary nivaolagna tamin-jareo ny raha nitsabon'i Jesôsy. ⁴⁷Aveo ny laohan'ny mpisôrogno ndraiky reo Fariseo namôry ny

Synedriona niaraka aveo nagnanjao: "Ino no tsabontsika? Tô lalahy tô magnano famantaragna maro. ⁴⁸Raha ambailantsika amizao Izy, hino Azy jiaby; ary hoa avy ny Romana halaka tanagnantsika ndraiky firenenantsika."⁴⁹Naifa, nisy lalahy araiky tamin-jareo, Kaiafa, zay mpisoronabe tamin'ny zany tagno zany, nagnanjao taminjareo: "Areo tsy mahay na ino na ino."⁵⁰Tsy mieritreritry aby areo fao tsara hoanareo raha lalahy araiky no maty hoan'ny ôlogno toy zay ny firenena jiaby no ringagna."⁵¹Ary zay nivolagniny tsy natany nihinazy faogna. Fao ndraiky, noho izy mpisorognobe tamin'io tagno io, dia naminagny fao tôkony hofiaty hoan'ny firenena Jesôsy;⁵² avakeo tsy hoan'ny firenena faogna, fao mbô hampikambagna ny zanaka Zagnahary zay niparitaka koa.⁵³Kay nanomboko tamin'io andro io nagnano tetiky ny mahakasiky hamonoagna Jesôsy zareo.⁵⁴Ary Jesôsy tsy nandaiha nibaribary tegny amin'ny reo Jiosy eky, fao niala teo Izy nandaiha amin'ny tany narikitry hefitry hoagny an-tanagna atao hoe Efraïma. Ary nibidôko tao Izy ndraiky reo mpianatra.⁵⁵Ary afa narikitry ny Paska ny jiosy, ary maro tamin'ny reo tany ambailan'ny tanagna no nakatra tao Jerosalema alaohan'ny Paska mbô hagnadio ny hagninjareo.⁵⁶Nitady Jesôsy zareo, ary nitsangagna teo amin'ny Tempoly nifampiraisaka nagnanjao: "Ino no eritreretinareo? Hoe tsy ho tonga amin'ny andro firavoravoagna moa Izy?"⁵⁷Aveo afa nagnamia beko ny laohan'ny mpisorogno ndraiky Fariseo fao raha misy mahay ny misy Jesôsy, tôkony mivaolagna izy mbô hanambaoran-jareo Azy.

Chapter 12

¹Enigny andro alaohan'ny Paska, tonga tao Betania Jesôsy, zay nipitrahan'i Lazarosy, lehy afa natsangan'i Jesôsy tamin'ny maty.² Kay nahandro hanigny aminazy zareo, aveo Marta no nandroso zareo, fao Lazarosy ndraiky agnisan'ny reo niaraka nidôko tamin'i Jesôsy tandatabatra.³ Aveo Maria nalaka mainaka mangitry litatra araiky zay vita tamin'ny narda lafo vanga, kay nagnôsotro hongotro Jesôsy tamin'ny zany, aveo namafa hongony tamin'ny volondaohany. Feno ny hangitry lehy mainaka ny tragno.⁴ Ary Jodasy Iskariota, araiky tamin'ny reo mpianany, zay hamadiky Azy, nagnanjao: "Nagnio mainaka io tsy navidy 300 dinaria namiagna ny mijaly?"⁶ Ary izy mivaolagna zany, tsy nohon'ny fiahiany ny mijaly, fao satria mpangalatra izy: tegny aminazy ny kitapombaola aveo ho nangalariny zay nakajigny tao.⁷ Jesôsy nagnanjao: "Ambilao izy mbô hitagna zay hanagnany ho amin'ny andro handivaingnagna Zaho.⁸ Ho akeo aminareo lalandava ny mijaly, fao Zaho ndraiky Tsy ho eo aminareo lalandava."⁹ Ary nisy vahoaka maro tamin'ny reo Jiosy nahay fao teo Jesôsy, kay nagnatogno zareo, tsy hoan'i Jesôsy zeraiky faogna, fao mbô hahita Lazarosy faogna koa, lehy natsangan'i Jesôsy tamin'ny maty.¹⁰ Reo laohan'ny mpisôrognô nitetiky niaraka mbô hahafahan-jareo manosiky Lazarosy amin'ny fahafataisagna faogna koa; ¹¹Satria noho Izy no nahatonga ny ankamaroan'ny reo Jiosy andaiha aveo nino Jesôsy.¹² Ny amaraingny vahoaka maro no havy tamin'ny andro firavoravoagna. Koafa regnin-jareo fao hoavy Jerosalema Jesôsy,¹³ nalalaka sampan-drofia zareo aveo niboaka kay nagnantianty Azy tamin'ny antso mafy nagnanjao: "Hosana! Sambatra lehy avy amin'ny agnaragna Tompo, lehy mpanjakan'ny Israely."¹⁴ Aveo Jesôsy nahita zana-boriky araiky kay nantotry tamboninazy; ¹⁵araka ny voasaoratra magnanjao: "Aza ambory, zanakavavin'ny Ziona; zahavo, tô avy ny Mpanjakanareo, zay midôko eo ambon'ny zana-boriky."¹⁶ Tsy nahazo reo raha reo mpianatra nazy tamin'ny voalaohany; fao koafa namiam-bogninahitry Jesôsy, dia tsaroan-jareo fao voasaoratra mahakasiky Azy reo raha reo aveo afa natan-jareo taminazy zany.¹⁷ Ary reo vahoaka niaraka taminazy tamin'ny nagnantsaovany Lazarosy hiboaka ny fasagna ndraiky nananganagna azy tamin'ny maty dia samy nitsangagna antomoa aby.¹⁸ Noho zany antony zany faogna koa no nahatonga vahoaka hagnantianty Azy, satria regnin-jareo fao nagnano zany famantaragna zany Izy. ¹⁹Reo Farise noho zany nifampikoragna nagnanjao: "Zahavo, tsy afaka magnano na ino na ino areo; tô, magnaraka Azy izao tontolo zao."²⁰ Aveo nisy Grika vitsivitsy tamin-jreo zay nakatra hidaira akagny amin'ny firavoravoagna. ²¹Nandaiha amin'i Filipo zareo, zay avy akagny Betsaida akagny Galilia, aveo nagnontany azy: "Tompoko, mbô tehahita Jesôsy zahay."²² Dia lôsogno Filipo kay nivaolagna tamin'i Andrea; lôsogno Andrea niaraka tamin'i Filipo, avakeo nivaolagna Tamin'i Jesôsy zareo.²³ Jesôsy namaly zareo kay nagnanjao: "Afa tonga ny fotoagna hagnamaizagna vogninahitry ny Zanak'Ôlogno."²⁴ Volagniky marigny aminareo, marigny tatôbe, fao raha tsy latsaka amin'ny tany ny voam-bary kay maty, dia midôko amin'ny haigniny zeraiky zany; fao raha maty zany, dia hamoa fôntry.²⁵ Zay tia fiaingnagna dia hagnary zany; fao zay malaigny fiainagna aketo amin'ny zao tontolo zao ndraiky dia hitagna zany hoa akagny amin'ny fiainagna bariiky dintany.²⁶ Raha misy manompo Zaho, aoka izy hagnaraka Zaho; aveo zay hidaohako, dia ao faogna koa no hibidaohany mpanompoko. Raha misy mpanompo Zaho, dia hagnamia vogninahitry azy Iada.²⁷ Zeo mangorohoro ny fagnahinaha ary ino mo tôkony ho volagniky? 'Iada a, avatry amin'tô fotoagna tô Zaho?' Naifa noho zany antony zany no nahatongavako amin'zao fotoagna zao.²⁸ 'Iada a, hankalazay ny agnaragnao.' Aveo nisy feo nify avy akagny an-dangitry nagnanja: "Afa nankalazaiko zany ary mbôla ho hankalazaiko indraiky."²⁹ Ary reo vahoaka nitsangagna teo ndraiky naharegny zany dia nivaolagna fao nisy korogno teo. Ny sanany nivaolagna: "Nisy anjely nikoragna taminazy."³⁰ Jesôsy namaly aveo nivaolagna nagnanjao: "Zany feo zany tsy tonga hoanaha, fao hoanareo."³¹ Tonga zao ny fitsaragna izao tontolo zaoa: Aveo ho roahigny ny mpanapaka zao tontolo zao.³² Koafa hasandratra hiala amin'ny tany Zaho, hitagno tsiairaikiaraiky hagnaraka Zaho."³³ Nivaolagna zany mbô hagnaboahagna hoe karazagna fahafataisagna hotra nino no hafataisany.³⁴ Reo vahoaka namaly Azy nagnanjao: "Regninay tamin'ny lalâna fao Kristy hijanogno bariiky dintany. Akôry no hafahanao mivaolagna magnanjao: 'Ny Zanak'ôlogno tsy maintsy hasandratra'? Zôvy zany Zanak'Ôlogno zany?"³⁵ Aveo Jesôsy nivaolagna zareo: "Ny hazavagna mbôla hiaraka aminareo agnatiny ny fotoagna fohy. Mandihiana dieny mbôla managna hazavagna, mbô tsy hafahan'ny hizigny alaohak areo. Zay mandaiha amin'ny hizigny tsy mahay lâlagna mboany."³⁶ Raha mbôla managna hazavagna areo, minoa zany mbô ho zanakin'ny hazavagna areo." Jesôsy nivaolagna reo raha reo ary avakeo tsy hita ary nilaifa zareo.³⁷ Na dia nitsabo famantaragna maro teo agnatraihan-jareo aby Jesôsy, tsy ninon-jareo ³⁸mbô ho tantairaka ny vaolagna Isaia mpagnazary, zay nivaolagna nagnanjao: "Tompoko, zôvy no nino ny tatitray, aveo zôvy no nampisehoagna ny sandrin'ny Tompo?"³⁹ Noho zany antony zany tsy nino zareo, araka ny nivolagnin' Isaia faogna magnanjao: "Nijambainy ny masonareo, avakeo nihamafisigny ny fôn-jareo; mifanohitry amin'ny zareo dia tehita amin'ny masonjareo ary hahazo amin'ny fôn-jareo, kay hitodiky, aveo Zaho hampahivagna zareo."⁴¹ Isaia nivaolagna reo raha reo satria hitany ny vogninahitr'i Jesôsy kay nikoragna

mahakasiky Azy. ⁴²Naifa na zany aby, maro tamin'ny reo mpanapaka no nino Jesôsy; fao noho reo Fariseo, tsy niaiky zany zareo mbô tsy ho voasakagna ho ao amin'ny Synagoga. ⁴³Taigna tian-jareo ny fideragna avy amin'nôlogno noho ny fiederagna avy amin-jagnahary. ⁴⁴Jesôsy nagnantso mafy kay nivaolagna nagnanjao: "Zay araiky mino Zaho, aza mino Zaho zeraiky fao koa Izy zay nagniraka Zaho, ⁴⁵ary zay araiky mahita Zaho dia mahita Azy zay nagniraka Zaho. ⁴⁶Zaho gaga hotra ny hazavagna teto amin'izao tontolo zao, mbô tsy hitoaitra ao agnaty hizigny zay mino Zaho. ⁴⁷Raha misy magnaboaka ny haigniky naifa tsy mitandrigny zany, dia tsy hitsara azy Zaho; Satria Zaho tsy tonga hitsara izao tontolo zao, fao hagnavotro zao tontolo zao. ⁴⁸Zay tsy magneky Zaho ndraiky tsy malaka vaolagna naha, dia managna araiky zay mitsara azy. Lehy vaolagna zay nivolagniky no hitsara azy amin'ny andro farany. ⁴⁹Fao Zaho tsy mivaolagna hoanaya, fao lehy Iada zay nagniraka Zaho, zay nagnamia Zaho ny didy amin'ny zay ho ambara ndraiky ho volagnigny. ⁵⁰Haiky fao ny didy dia fiainagna bariiky dintany, koa zay ambarako_dia ambarako araka zay nivolagnin'ny Iada taminaha."

Chapter 13

¹Ary andro talaohan'ny firavoravoagna ny Paska zao. Hain'i Jesôsy fao tonga ny fotoagna hialany eto amin'izao tontolo zao kay handaiha agny amin'ny Iada. Koafa nankatia mpiara-dia taminazy teto amin'izao tontolo zao Izy, dia nitia zareo zisiky tamin'ny farany.²Avakeo ny devoly afa nagnambaila zao tao antsaingnin'i Jodasy Iskariota zanak'i Simona, ny hamadihagna Jesôsy.³Izy dia nahay fao ny raha jiaby afa napaitraka ny Iada teo ampelatagnany avakeo Izy avy amin-Jagnahary aveo himpôdy akagny amin-Jagnahary.⁴Nitsangagna Izy tam-pihinanagna aveo nangala ny ankanjoanazy ambailany. Avake Izy nangala lambany avakeo nisalotra zany.⁵Aveo nadraraka rano tagnaty seho Izy dia nanomboka nanasa hongotro reo mpianatra avakeo namafa azy reo tamin'ny lehy lamba nisorany.⁶Nagnatogno Simeona Petera Izy, ary hoizy Petera taminazy: Tompo, hanasa hongotroanaha moa Anao?⁷Jesôsy namaly ave nivaolagna taminazy nagnanjao: "Zay tsaboky tsy ho azonao zeo ny heviny, fao ho azonao faogna zany akagny afara."⁸Hoizy Petera taminazy: "Tsy hanasa hongotro naha velively Anao." Jesôsy namaly azy nagnanjao: "Raha tsy manasa hongotroa Zaho, tsy managna anjara ato aminaha anao."⁹Hoizy Simona Petera taminazy: "Tompô, aza ny hongotro faogna no sasagna, fao tagnanaha ndraiky laohanaha faogna koa."¹⁰Hoizy Jesôsy taminazy: "Zay afa madio dia tsy mila zany, afa tsy ny manasa tongony faogna, fao izy afa madio tantairaka; anao madio, fao tsy jiaby naifa."¹¹(Satria afa hain'i Jesôsy hoe zôvy lehy hamadiky Azy; zany no antony nivolagnany nagnanjao: "Tsy areo jiaby no madio.")¹²Kay koafa avy nanasa hongotro zareo Jesôsy ndraiky nalaka reo lambanazy kay nipaitraka indraimandeha, hoizy tamin-jareo: "Hainao moa ny nitsaboky areo?"¹³Antsôvinareo Zaho hoe 'mpampianatra' ndraiky 'Tompô', aveo marigny ny voalazanareo, satria zany tatôbe Zaho.¹⁴Naifa raha Zaho, salakady Tompo no mpampianatra, no nanasa ny hongotro areo, areo fao koa tôkôny hifanasa hongotro areo.¹⁵Satria afa nagnamia aohatra areo Zaho kay mbô tôkôny hagnano taokagna zay nitsaboky hoanareo faogna koa areo.¹⁶Volagniky aminareo, marigny, taigna marigny, fao ny mpanompo dia tsy taigna gaida noho ny Tompony; na koa ny mpitondra hafatra dia tsy taigna gaida noho lehy nagniraka azy.¹⁷Raha hainareo reo raha reo, ho tahigny areo raha magnatantairaka zany.¹⁸Tsy areo jiaby no koragniky; haiky reo zay nifidiky_fao zany dia mbô hahatantairaka ny Saoratra Massigny: 'Zay mihinagna môfo naha dia nanandratra ny vôdi-tongony hamadiky Zaho.'¹⁹Volagniky aminareo zao zany alaohan'ny hitrangany mbô koafa mitranga zany, mety hino areo fao Zaho no Izy. Volagniky marigny aminareo, taigna marigny,²⁰fao zay mandray zay nirahiky, dia mandray Zaho, aveo zay mandray Zaho dia mandray Azy zay nagniraka Zaho.²¹Koafa nivaolagna zany Jesôsy, dia nangôrohôro fagnahinazy. Nagnambara Izy aveo nivaolagna nagnanjao: "Volagniky aminareo, marigny, taigna marigny fao hoisy araiky aminareo hamadiky Zaho."²²Nifampizahazaha reo mpianatra, nagnontany taigna hoe zôvy zany no nambarany zany.²³Nisy araiky tamin-jareo mpianany, zay tian'i Jesôsy, nibidôko tamin'ny latabatra ambadik'i Jesôsy.²⁴Nagnatogno mpianatra io Simona Petera aveo nivaolagna nagnanjao: "Agnintania Azy hoe zôvy zany koragninao zany."²⁵Kay nimpôdy niankigny tamin'i Jesôsy izy aveo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Tompô, zôvy zany?"²⁶Avakeo Jesôsy namaly: "Lehy araiky zay handonako ndraiky hamiako tô môfo tô zany." Kay koafa nolomany ny môfo, dia namaizany Jodasy zanak'i Simona Iskariota zany.²⁷Aveo tafaran'ny môfo, dia niditry taminazay Satana, kay hoizy Jesôsy taminazy: "Zay atanao atôvo malaky zany."²⁸Tamin'ny zay reo jiaby tan-databatra tsisy nahay ny antony nivolagnan'i Jesôsy azy zany.²⁹Ny sasany nieritreritry hoe, Satria Jodasy nitagna kitampom-bola, no nivolagnan'i Jesôsy taminazy hoe: "Vidio ny raha jiaby ilaintsika amin'ny andro firavoravoagna, "na hoe tôkôny hagnamia raha hoan'ny mijaly izy."³⁰Raha vao avy nandray môfo Jodasy, dia lôsogno nihoaka samby teo. Haligny ny andro tamin'ny zay.³¹Koafa lôsogno Jodasy, hoizy Jesôsy nagnanjao: "Zeo dia amiam-bogninahitry ny Zanak'ôlogno, aveo Zagnahary dia amiam-bogninahitry ao aminazy."³²Zagnahary hagnamia vogninahitry Azy ao amin'ny haiginy, avakeo Izy hagnamia vogninahitry Azy samby eo.³³Oa zaza madiniky, fotoagna hely tavailla no hiarahako aminareo. Hitady Zaho areo, avakeo araka zay nivolagniky tamin'ny Jiosy nagnanjao: 'Zay homboako, tsy azonareo himboagna.' Ary koragniky aminareo koa zany amizeo.³⁴Didy vava no amiako areo, biaka hifankatiavanareo; taokagna ny nitiavako areo, no tôkôny hifankatiavanareo faogna koa.³⁵Amin'ny zany no hahazana'ny jiaby fao mpianatranaha areo, raha mifankatia areo."³⁶Hoizy Simona Petera taminazy: "Tompô, fao andaiha aiza moa Anao?" Namaly Jesôsy: "Zay himboako, tsy afaka hagnarahanareo Zaho zao, fao hagnaraka areo akagny afara."³⁷Dia hoizy Petera taminazy: "Tompô, nagnino zaho tsy afaka magnaraka Anao zao? Hafoko ho Anao ny aigninaha."³⁸Dia namaly Jesôsy nagnanjao: "Hafonao hoanaha moa ny aigninao? Volagniky aminao, marigny, marigny tatôbe, fao mbôla tsy hagneno aby ny akôho dia afa tsy hagneky Zaho in-telo anao."

Chapter 14

¹"Aza ambaila hangôrohôro fonareo. Minoa Zagnahary areo, dia minoa Zaho koa.² Misy efitry maro antragnon'ny Iadako. Izy koa tsy zany, afa nivaolagna taminareo Zaho, fao hagnomagna toairagna hoanareo.³ Raha handaiha Zaho ary hagnomagna toairagna hoanareo, dia himpôdy ndremandaiha Zaho avakeo halaka areo akato Aminaha, kay zay misy Zahao hoisy areo koa.⁴ Areo mahay zay himboako."⁵ Hoizy Tomasy tamin-Jesôsy: "Tompo, tsy hainay zay himboanao, akôry no hahazanay ny lalagna?" Hoizy Jesôsy taminazy: "Zaho no lalagna, fahamarigngna, aveo fiainagna; tsisy magnatogno Iada raha tsy amin'ny alalako.⁷ Raha nahay Zaho areo, tôkony ho nahay Iadako koa. Manomoko zao dia hainareo Izy ary afa hitanareo."⁸ Hoizy Filipo tamin'i Jesôsy nagnanjao: "Tompo, aboaho zahay ny Iada, dia ampy zahay zany."⁹ Hoizy Jesôsy taminazy: "Afa letry haila no niarahiko taminareo mbôla tsy hainareo faogna Zaho, Filipo? Na zôvy na zôvy nahita Zaho dia nahita ny Iadako. Koa nagnino no hivolagnanao nagnanjao: 'Aboaho zahay ny Iada'?"¹⁰ Tsy mino moa areo fao amin'ny Iada Zaho aveo Iada akato aminaha? Reo vaolagna zay nivolagniky aminareo dia tsy ambarako avy amin'ny fahefako zeraiky, fao lehy Iada velogno akato agnatiko no magnano ny asa.¹¹ Minoa Zaho fao Zaho ao amin'ny Iadaa, aveo Iada akato aminaha, raha tsy zany minoa noho reo asa manaokagna.¹² Koragniky aminareo, marigny, dia marigny tatôbe, zay mino Zaho hagnano ny asa zay tsaboky, aveo hagnano asa gaida mihoatra noho regny izy satria hoagny amin'ny Iada Zaho.¹³ Na ino na ino angatahinareo amin'ny Agnarako, dia tantirahiky zany mbô hagnomaizam-bogninahitry Iada ao amin'ny Zanaka.¹⁴ Raha mangataka raha amin'ny agnarako areo, dia ho tantirahiko zany.¹⁵ Raha tia Zaho areo, hitandrigny reo didinaha,¹⁶ aveo hivavaka amin'ny Iada Zaho, hagnamia areo Mpampahery hafa Izy mbô ho akeo aminareo lalandava izy_ ¹⁷ ny Fagnahin'ny fahamarignagna. Tsy afaka malaka Azy zao tontolo zao satria tsy mahita!na mahay Azy. Fao areo ndraiky mahay Azy, satria mibidôko miaraka aminareo Izy aveo ho agnatinareo.¹⁸ Tsy hagnambaila areo ho manaokagna Zaho; mbôla himpôdy atoy aminareo Zaho.¹⁹ Afaka fotoagna fohy, tsy hahita Zaho eky zao tontolo zao, fao areo mahita Zaho. Satria velogno Zaho, velogno faogna koa areo.²⁰ Aveo amin'zay andro zay ho hainareo fao ao amin'ny Iada Zaho, vaveo areo akato Aminaha, ary Zaho akao aminareo.²¹ Zay managna reo didinaha kay mitandrigny regny dia izy lehy tia Zaho dia hitiaviko koa, aveo Zaho hitia azy ndraiky hiboaka aminareo."²² Hoizy Jodasy (Tsy Iskariota) tamin'i Jesôsy: "Tompo, nagnino anao no hiboaka aminay fao tsy amin'ny zao tontolo zao?"²³ Jesôsy namaly ary nivaolagna taminazy nagnanjao: "Raha misy ôlogno tia Zaho, dia hitandrigny vaolagna naha izy. Hitia azy Iadako, ary hoavy aminazy Zahay aveo hagnamboatra fitoairagnay miaraka aminazy.²⁴ Fao zay tsy tia Zaho dia tsy mitandrigny ny vaolagna naha. Ny vaolagna zay regninareo dia tsy avy aminaha fao avy amin'ny Iadako zay nagniraka Zaho."²⁵ Afa nivolagniky taminareo reo raha reo, raha mbôla nijanogno niaraka taminareo Zaho.²⁶ Naifa, lehy Mpampahery lehy Fagnahy Masigny, zay hirahin'ny Iada amin'ny Agnaragnanaha_ izy no hampianatra areo ny raha jiaby nivolagniky taminareo.²⁷ Fiadanagna no ambailako hoanareo; amaizako areo ny fiadanako. Tsy amiako hotran'ny fagnamiazagna zao tontolo zao zany. Aza ambaila hangôrohôro ny fônareo, aveo aza ambory.²⁸ Afa regninareo Zaho nivaolagna taminareo nagnanjao: 'Andaiha Zaho, aveo himpôdy akagny aminareo ndremandaiha.' Raha nankatia Zaho areo, tôkony hiravoravo satria handaiha amin'ny Iada Zaho, Satria Iada taigna gaida noho Zaho.²⁹ Aveo nivolagniky areo dieny mbôla tsy mitranga zany, biaka hino areo, koafa mitranga zany.³⁰ Tsy hivaolagna maro aminareo eky Zaho, fao hoavy ny mpanapaka zao tontolo zao. Tsy managna fahefagna Aminaha izy, ³¹fao mbô hahazan'izao tontolo zao fao tikao ny Iada, dia tsaboky hotra ny nandidian'ny Iada Zaho. Alôhy hitsangagna atsika aveo hiala aketo."

Chapter 15

¹"Zaho no taigna voaloboko, aveo Iadako no mpamboly.² Alao akato aminaha ny rantsany jiaby zay tsy mamoa voankakazo, aveo rantsanigny ny sampany zay mamokatra mbô hamoa voankakazo maromaro.³ Afa madio areo noho lehy hafatra zay nikoragniky taminareo.⁴ Hotra ny sampany tsy afaka mamokatra voanakazo amin'ny taignany raha tsy mitoitra ao amin'ny voaloboko zany, dia hotra zany koa areo, raha tsy mitoitra ao aminaha.⁵ Zaho no voaloboko, areo sampany. Zay mitoitra akato Aminaha aveo Zaho akao Aminazy, dia mamoa fôntry izy, fao raha tsisy Zaho dia tsy mahaifa na ino na ino areo.⁶ Raha misy ôlogno tsy mitoitra Aminaha, dia hoariagna hotra sampany izy aveo halazo, ary zareo mamôry reo sampany avakeo magnary zany akagny amin'ny môtro, avakeo may zareo.⁷ Raha mitoitra Aminaha areo, aveo raha mitoitra aminareo reo vaolagna naha, angataho na ino na ino tianareo, dia ho tsabogny aminareo zany.⁸ Ny Iadako amiagna vogninahitry amizao, dia ny hamokaranareo voankakazo maromaro kay ho porofo fao mpianatra naha areo.⁹ Hotra ny nitiavan'i Iada Zaho, no nitiavako areo. Midaoha akao amin'ny fitiavako.¹⁰ Raha mitandrigny reo didinaha areo, dia hitoitra akao amin'ny fitiavako, hotra ny nitandrimako reo didin'ny Iadako ndraiky nitoairako tao amin'ny fitiavany.¹¹ Nivaolagna regny raha regny taminareo Zaho mbô ho akao aminareo ny haravoagnanaha aveo mbô ho feno haravoagna areo.¹² Zao no didinaha, ny hifankatiavanareo hotra ny nitiavako areo.¹³ Tsisy manam-pitiavagna gaida mihoatra noho zao, ny manôlotro ny aigninazy hoan'ny reo sakaizany.¹⁴ Namako areo raha magnano reo raha andidiako areo reo.¹⁵ Tsy hangnantso areo hoe mpanompoko eky Zaho, satria ny mpanompo tsy mahay zay tsabon'ny tompony. Nantsôviko hoe namako areo, satria raha jiaby zay regniky tamin'ny Iadako, nambarako areo.¹⁶ Tsy nifidy Zaho areo, fao Zaho no nifidy areo aveo nanendry areo mbô handaiha ka hamokatra, avakeo mbô tōkony hitoitra ny vokatarareo. Natao zany biaka na ino na ino angatahinareo amin'ny Iada amin'ny Agnaragnanaha, dia hamiagna areo zany.¹⁷ Regny raha regny no andidiako areo biaka hifankatiavanareo.¹⁸ Raha, malaigny areo izao tontolo zao, hevero fao nalaigny Zaho izy talaohan'ny nankalainy areo.¹⁹ Raha avy amin'ny zao tontolo zao areo, dia ho tian'izao tontolo zao hotra azy areo. Fao tsy nihin'ny zao tontolo zao areo aveo nifidiko hiala amin'ny zao tontolo zao, noho zany dia halan'izao tontolo zao areo.²⁰ Tsarovy ny vaolagna nikoragniky taminareo nagnanjao: 'Ny mpanompo dia tsy gaida noho ny tompny.' Raha nagnenjiky Zaho zareo, dia hagnejiky areo koa; ary raha nitandrigny vaolagna naha zareo, dia hitandrigny areo koa.²¹ Hagnano reo raha jiaby reo aminareo zareo nohon'ny Agnaragnaha, satria tsy hain-jareo Izy zay nagniraka Zaho.²² Raha tsy tonga ndraiky nivaolagna tamin-jareo Zaho, dia tsy nanota zareo, fao zeo tsy afa-miala amin'ny fahotany zareo.²³ Zay malaigny Zaho dia malaigny Iadako faogna koa.²⁴ Raha tsy nahavita reo asa zay tsy natan'ôlon-kafa teo agnivon-jareo Zaho, dia tsy ho nanan-keloko zareo, fao zeo afa sady hitany no halany Zaho ndraiky Iadako.²⁵ Fao zany mbô hahatantairaka ny vaolagna zay voasoratra ao amin'ny lalàn-jareo nagnanjao: 'Malaigny Zaho amin'ny tsisy dikany zareo.'²⁶ Koafa avy lehy Mpampahery_zay hirahiky aminareo avy amin'ny Iada, lehy Fagnahiny fahamarinagna, zay miboaka avy amin'ny Iada_dia hagnambara mahakasiky Zaho Izy.²⁷ Areo faogna koa mitsangagna antomoa satria afa niaraka taminaha lettry am-piandohagna areo.

Chapter 16

¹"Nivolagniky taminareo zany raha jiaby zany mbô tsy ho solafaka areo.²Ho roahin-jareo akao amin'ny Synagoga areo. Fao tonga ny andro koafa hihevitra zay jiaby mamono areo fao zareo dia manôlotro raha tsara ho amin-Jagnahary.³Hoatan-jareo zany satria tsy mahay Iada na Haigninaha zareo.⁴Nikoragniky areo reo raha reo biaka koafa avy ny fotoagnan-jareo dia ho tsaroanareo fao afa nikoragniky taminareo ny momba zareo. Tsy nambarako taminareo reo raha reo tagny am-piandohagna, satria mbôla teo aminareo Zaho.⁵Fao Zeo hoagny amin'ny lehy nagniraka Zaho Zaho, naifa tsy mbôla nisy nagnontany Zaho areo magnanjao: "Handaiha hoaiza moa Anao?"⁶Fao satria nikoragniky taminareo reo raha reo, dia alahelo no nameno ny fônareo.⁷Fao koragniky marigny aminareo, taigna tsara hoanareo ny handihianako. Satria raha tsy mandaiha Zaho, tsy ho tonga aminareo ny Mpampahery, fao raha mandaiha Zaho, dia handaifa azy hoaminareo.⁸Koafa havy izy, hagnaprofo amin'izao tontolo zao ho diso mahakasiky ny fahotagna, ny fahamarinagna, aveo ny mahakasiky ny fitsaragna,⁹momban'ny fahotagna ny mpampahery, satria tsy mino Zaho zareo;¹⁰ mobman'ny fahamarinagna, satria hôdy akagny amin'ny Iada Zaho, kay tsy ho hitanareo eky;¹¹ary mombany fitsaragna, satria ny mpanapaka zao tontolo zao dia nitsaraigny.¹²Managna raha maro hambara aminareo Zaho, fao tsy hoazonareo ny hevitra zany zao.¹³Kanaifa, koafa tonga izy, Fagnahin'ny Fahamarinagna, dia hitaiky areo hoamin'ny fahamarinagna jiaby, satria tsy hivaolagna avy amin'ny Haigniky izy. Fao hivaolagna zay raha regniny izy, aveo hivaolagna aminareo reo raha zay hoavy.¹⁴Hagnamia voginahitra Zaho izy, satria ny avy aminaha faogna no hambarany aminareo.¹⁵Zay jiaby anagnany Iada dia nihinaha. Noho zany, nivaolagna Zaho fao lehy Fagnahy dia halaka amin'zay ninaha aveo hivaolagna zany aminareo.¹⁶Afaka fotoagna fohy dia tsy hahita Zaho eky areo, avakeo afaka fotoagna fohy hafa dia hahita Zaho ndremandeha areo."¹⁷Avakeo ny sanany tamin-jareo mpianany nifampiraisaka nagnanjao: "Ino ary zany volagniny atsika zany hoe: 'Afaka fotoagna fohy tsy hahita Zaho eky areo aveo afaka fotoagna fohy hafa hahita Zaho ndremandeha areo,' ndraiky hoeo: 'Satria hoagny amin'ny Iada Zaho?'¹⁸Noho zany hoizy zareo: "Ino ary zany koragniny zany hoe: 'afaka fotoagna fohy'? Tsy hainay ny tiany volagniny."¹⁹Hitan'i Jesôsy fao te-hagnontany Azy zareo, dia hoizy Izy tamin-jareo nagnanjao: "Zaho moa no agnontanianareo taigna, dia ny tiko hambara amin'ny fivolagnagna hoe: 'Fotoagna fohy ndraiky tsy hahita Zaho eky areo, ave afaka fotoagna fohy indraiky naifa hahita Zaho areo?'²⁰Volagniky aminareo, marigny, marigny tatôbe, fao hitomoagny areo aveo hitaraigny, fao izao tontolo zao ndraiky hiravo. Ho feno alahelo areo, naifa hanjary haravoagna alahelonare zany.²¹Koafa mihetsi-jaza ny vaiavy araiky dia malahelo satria tonga ny fotoagnany, fao koafa tairaka ndraiky lehy zaza dia tsy tsaroany eky ny alahelony nohon'ny haravoagna fao nisy zaza tairaka akeo amin'izao tontolo zao.²²Kay malahelo areo amizeo, naifa Zaho mbôla hitratro aminareo ndremandeha, aveo ho ravo ny fônareo, ary tsy hoisy hangala zany haravoagnanareo zany aminareo.²³Amin'ny zany andro zany dia tsy hangataka aminaha na ino na ino areo. Volagniky aminareo, marigny, marigny tatôbe, raha mangataka na ino na ino amin'ny Iada amin'ny Agnarako areo, dia hamaizany areo zany.²⁴Zisiky aminzeo naifa tsy mbôla nangataka na ino na ino tamin'ny agnarako areo. Mangataka dia hamiagna areo mbô ho feno ny haravoagnanareo.²⁵Afa nikoragniky taminareo tamin'ny aohatra raha reo, fao avy ny fotoagna koafa tsy hikoragna aminareo amin'ny fagnoragna eky Zaho, fao ndraiky hivaolagna aminareo mazava ny mahakasiky Iada.²⁶Amin'ny zany andro zany hangataka amin'ny agnarako areo aveo tsy hivaolagna areo Zaho hoe hivavaka amin'ny Iada hoanareo,²⁷fao Iada lasite no tia areo satria nankatia Zaho areo aveo nino fao avy akagny amin'ny Iada Zaho.²⁸Avy amin'ny Iada Zaho, ary tonga teto an-tany. Fao hiala izao tontolo zao Zaho aveo hoagny amin'ny Iada."²⁹Hozy mpianatra nazy taminazy: "Zahavo zeo Anao mivaolagna mazava tsara aveo tsy mampiasa aohatra.³⁰Hainay zeo fao mahay ny raha jiaby Anao, avakeo taisy tianao hagnapaitraka fagnontaniagna aminao. Noho zany, mino zahay fao avy amin-Jagnahary Anao."³¹Namaly zareo Jesôsy nagnanjao: "Mino amizay moa areo?"³²Tô, havy zao ny fotoagna, ia, havy tatôbe, koafa hipaitraka areo, ny tsiraikiaraiaky samy akagny amin'ny tragnony manaokagna aby, dia hambailanareo araiky Zaho. Naifa tsy araiky Zaho satria miaraka aminaha Iada.³³Afa nikoragniky tainareo raha reo mbô hanagna fiadanagna akato Aminaha areo. Managna olagna areo aketo amin'ny zao tontolo zao, naifa mahiraiza: afa nandresy izao tontolo zao Zaho."

Chapter 17

¹Koafa avy nivaolagna raha reo Jesôsy, nanandratra masoanazy hoamin'ny langitry Izy kay nagnanjao: "Iada a, havy ny fotoagna, mankalazao ny Zanakao mbô hankalazan'ny Zanakao Anao_ ²hotra ny nagnomaizanao Azy fahefagna ambonin'ny nôfo jiaby mbô hagnamaizany fiainagna bariky dintany Azy. ³Zao no fiainagna bariky dintany: dia ny ahaizan-jareo Anao, lehy Zagnahary taokagna sady marigny, aveo Izy zay nirahinao, dia Jesôsy Kristy. ⁴Nankalaza Anao Zaho teto an-tany. Afa vitako ny asa zay namaizanao Zaho ho tsaboky. ⁵Zeo, Iada, hankalazay miaraka amin'ny haigninao Zaho amin'ny vogninahitry zay nanagnako niaraka taminao talaohany nahariagna izao tontolo zao. ⁶Nagnambara Aagnaragnao tamin'ny ôlogno zay namaizanao Zaho avy amin'ny zao tontolo zao Zaho. Anao ziregny, avakeo namaizanao Zaho, ary nitandraimany ny vaolagna nao. ⁷Zeo hainjareo fao ny raha jiaby zay namianao Zaho dia avy amina, ⁸satria namaizako zareo jiaby ny vaolagna zay namaizanao Zaho. Niraisin-jareo regny avakeo hainy marigny tatôbe fao avy taminao Zaho, aveo nino zareo fao Anao nagniraka Zaho. ⁹Mivavaka hoazy reo Zaho. Tsy mivavaka hoan'izao tontolo zao Zaho fao hoan'reo zay namaizanao Zaho, noho zareo nihinao. ¹⁰Ny Raha jiaby zay ninaha dia nihinao, aveo zay nihinao dia nihinaha, avakeo hankalazaiginy amin'regny Zaho. ¹¹Tsy amin'izao tontolo zao eky Zaho, fao reo ôlogno reo aketo amin'izao tontolo zao, avakeo magnatogno areo Zaho. Iada Masigny o, tano amin'ny agnaragnao zay namaizanao Zaho zareo mbô hikambagna hoaraiaky, mitôvy maha araiaky Atsika. ¹²Raha mbôla teo amin-jareo Zaho, nitagna zareo tamin'ny agnaragnao, zay namianao Zaho. Niaro zareo Zaho, aveo tsisy very na dia araiaky aby, koa tsy raha ny zanaky ny fahaviraizagna faogna, mbô ho tantairaka ny Saoratra Masigny. ¹³Aveo hoagny amina Zaho, fao mivaolagna raha reo amin'ny zao tontolo zao Zaho mbô hahatantairaka ny haravoako amin-jareo. ¹⁴Afa namaizako zareo ny vaolagnao, avakeo nankahalain'ny izao tontolo zao zareo satria tsy avy amin'ny zao tonolo zao. ¹⁵Zaho tsy mangataka Aminao hangalanao zareo amin'ny zao tontolo zao, fao ny mbô hiarovanao zareo amin'ny lehy ratsy. ¹⁶Zareo tsy nihin' izao tontolo zao hotra Zaho tsy nihin'izao tontolo zao. ¹⁷Hamasigno amin'ny fahamarignagnao zareo. Fao ny vaolagnao no fahamarignagna. ¹⁸Karaha nagnirahanao Zaho hoamin'izao tontolo zao, no nagirahako zareo hoagny amin'izao tontolo zao faogna koa. ¹⁹Fao nohon'ny fitiavako zareo no nagnamasignako ny haigninaha, mbô hagnamasinagna ny haignin-jareo amin'ny fahamarignagna faogna koa. ²⁰Zaho tsy mivavaka hoan-jareo faogna, fao hoan-jareo zay hino Zaho amin'ny alalan'ny vaolagna njareo koa ²¹mbô hoaraiaky izy jiaby, hotra anao, Iada, akato Aminaha, aveo Zaho akao Aminao. Mivavaka Zaho mbô ho amintsika faogna koa zareo mbô hinon'izao tontolo zao fao nagniraka Zaho Anao. ²²Ny vogninahitry zay namianao Zaho, namaizako zareo, mbô ho araiaky zareo, hotra ny maha araiaky atsika. ²³Zaho akao amin-jareo, aveo Anao akato Aminaha_kay ho taigna araiaky tatôbe zareo, mbô ho hain'izao tontolo zao fao nagniraka Zaho Anao, aveo nankatia zareo hotra ny nitiavanao Zaho. ²⁴Iada a, Reo zay namaizanao Zaho dia tiako hiaraka aminaha na aiza na aiza misy Zaho, Aveo hahita voginahitry naha, lehy vogninahitry zay namaizanao Zaho satria nankatia Zaho Anao talaohan'ny nahajariagna izao tontolo zao. ²⁵Iada marigny, tsy nahay Anao izao tontolo zao, fao Zaho mahay Anao; avakeo zareo mahay fao nagniraka Zaho Anao. ²⁶Nambarako zareo agnaragnao, aveo mbôla ho ambarako zany mbô ho akao amin-jareo ny fitiavagna zay nitiavanao Zaho, aveo Zaho ho amin-jareo."

Chapter 18

¹Tafaran'ny nivolagnin'i Jesôsy reo vaolagna reo, dia niboaka niaraka tamin-jareo mpianany Izy hoegny andaforô egny amin'ny laohasan-driakan'i kidrona zay nisy saha nidirany ndraiky reo mpianany. ²Aveo Jodasy, zay hamadiky Jesôsy, nahay toairagna koa, satria nandaiha mazagna tagny Jesôsy ndraiky reo mpianany. ³Avakeo Jodasy, nitariky reo vôngdrogno miaramila ndraiky reo mpiandry raharaha sasany avy amin'ny reo laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo Fariseo, nandaiha tagny niaraka tamin'ny fanilo, fanala aveo fitaovam-piadiagna. ⁴Aveo Jesôsy zay afa nahay raha jiaby hitranga Aminazy, nandaiha talaoha avakeo nagnontany zareo nagnanjabo: "Zôvy no tadiavinareo?" ⁵Namaly Azy zareo: "Jesôsy avy akagny Nazaraita." Ary hoizy Jesôsy tamin-jareo: "Zaho no Izy." Jodasy, zay namadiky Azy, nitsangagna niaraka tamin-jareo miaramila faogna koa. ⁶Koafa nivaolagna tamin-jareo Izy hoe: "Zaho no Izy," dia nihemotro zareo kay lavo tamin'ny tany. ⁷Avakeo indraiky nagnontany zareo Izy nagnanjabo: "Zôvy zahavanareo?" Ary nivaolagna zare: "Jesôsy avy akagny Nazareta." ⁸Jesôsy namaly nagnanjabo: "Nivaolagna areo Zaho fao Zaho no Izy. Noho zany raha mitady Zaho areo, ambilao reto handaiha." ⁹Zany mbô hahatantairaka vaolagna nikoragniny nagnanjabo: "Amin-jareo zay namaizanao Zaho, tsy nasiako very na araiky aby." ¹⁰Avakeo Simona Petera, zay nanagna meso, nagnaboaka zany aveo namely lehy mpanompony mpisoronabe kay nanapaka sôfiny ankahery. Ary Malko no agnaran'lehy mpanompo. ¹¹Hoizy Jesôsy tamin'i Petera: "Ampodiano akao amin'ny tragnony ny mesonao. Tsy tôkony higiaka ny kapoaka zay namaizan'ny lada Zaho moa Zaho?" ¹²Noho zany reo vôngdrogno miaramila ndraiky Kapiteny, avakeo reo mpiambigny raharahan'ny reo Jiosy, nanambotro Jesôsy aveo nanady Azy. ¹³Nindessin-jareo tagny amin'i Anasy Izy alaoha, satria izy rafaozan-dahin'i Kaiafa, zay mpisoronabe taminy tagno io. ¹⁴Aveo Kaiafa nagnamia hevitra reo Jiosy fao tsara raha misy ôlogno araiky maty ho an'ny vahoaka. ¹⁵Nagnaraka Jesôsy Simona Petera, aveo nagnano hotra zany faogna koa ny mpianatra araiky hafa. Ary hain'lehy mpisoronabe mpianatra zany, avakeo niditra niaraka tamin'i Jesôsy tao amin'ny Kianjany mpisoronabe izy; ¹⁶fao Petera nitsangagna tambailan'ny tamiagna. Noho zany lehy mpianatra hafa, zay hainy ny mpisoronabe, niboaka kay nikoragna tamin'ny lehy mpanompo vavy zay mpiambigny tamiagna aveo ninday Petera niditra. ¹⁷Avakeo lehy mpanompo vavy, mpiambigny tamiagna nivaolagna tamin'i Petera nagnanjabo: "Anao koa moa tsy araiky amin'ny mpianatra lalahy io?" Hoizy izy: "Tsizy zaho." ¹⁸Aveo nitsangagna teo reo mpanompo ndraiky reo mpiambigny raharaha, ary nandrehitry môtro zareo, satria nanintsy ny andro; kay nagnafana haignin-jareo. Petera koa niaraka tamin-jareo, nitsangagna teo aveo nagnafana ny haigniny. ¹⁹Nagnontany Jesôsy mahakasiky reo mpianany ndraiky fampianarany ny mpisoronabe. ²⁰Jesôsy namaly azy nagnanjabo: "Nivaolagna ampahibemaso tamin'izao tontolo zao Zaho. Nampianatra lalandava tao amin'ny Synagoga ndraiky tao amin'ny Tempoly Zaho zay nifampitaonan'ny Jiosy jiaby. Tsisy nivolagniky tamin'ny takogno. ²¹Nagnino anao no nagnontany Zaho? Agnintania reo zay nitandregny Zaho mahakasiky zay nikoragniky. Zahavo, reo ôlogno reo dia mahay zay nikoragniky." ²²Koafa avy nivaolagna zany Jesôsy dia nisy araiky tamin'ny reo mpiambigny raharaha nitsangagna teo nanifaka tehimaigany Jesôsy aveo nivaolagna nagnanjabo: "Zany moa no fomba hamalianao ny mpisôrognô?" ²³Jesôsy namaly azy: "Raha nivaolagna raha diso Zaho, mitsagnana antomoa amin'zany diso zany, fao raha marigny nagnino anao manaifaka Zaho?" ²⁴Avakeo Anasy nadaifa Azy voatady nandaiha amin'i Kaiafa mpisôrognô. ²⁵Ary nitsangagna Petera kay nagnafana haigniny. Avakeo hoizy reo ôlogno taminazy: "Anao koa moa tsy araiky amin'ireo mpagnazary?" Tsy nagneky zany izy avakeo nivaolagna nagnanjabo: "Tsizy Zaho." ²⁶Araiky tamin'ny reo mpanompon'ny mpisoragnabe, zay havan'ny lehy zay nalan'i Petera sôfigny, niavaolagna nagnanjabo: "Tsy hitako niaraka taminazy tao amin'ny saha moa anao?" ²⁷Avakeo Petera tsy nagneky indraiky, aveo samby teo nagneno akôho. ²⁸Aveo nindessin-dreo avy to amin'i Kaifa hoagany agnaty rova Jesôsy. Mbôla taigna maraigany ny andro tamin'zany, aveo zareo tsy niditra tagnaty rova mbô tsy ho voaloto fao afa hihinagna Paska. ²⁹Kay niboaka teo amin-jareo Pilato kay nivaolagna nagnanjabo: "Ino ny fiampagnagna entinareo manohitra tôle lalahy tôle?" ³⁰Namaly zareo aveo nivaolagna taminazy nagnanjabo: "Raha tsy mpagnano ratsy lalahy io, tsy natôlotray anao." ³¹Noho zany Pilato nivaolagna tamin-jareo nagnanjabo: "Ndesinareo Izy, ary tsarao araka ny lalagnanareo. Hoizy reo Jiosy taminazy nagnanjabo: "Tsy ara-dâlagna aminay ny manôlotro ôlogno hofatay." ³²Nivaolagna zany zareo mbô hahatantairaka vaolagna Jesôsy zay nivolagniny hotra hivaolagna hoe karazagna fahafataisagna hotry ny ino no hahafataisany. ³³Aveo niditra tagnaty rova ndraiky Pilato kay nagnantso Jesôsy avakeo nivaolagna: "Anao moa mpanjakan'ny Jiosy?" ³⁴Jesôsy namaly: "Magnontany avy amin'ny haigninao moa anao, sa nisy hafa nivaolagna anao mahakasiky Zaho?" ³⁵Pilato namaly: "Tsy jiosy zaho, sa tsy zany?" Ny vahoakanao ndraiky reo laohan'ny mpisôrognô no nanôlotro Anao taminaha. Ino moa natanao?" ³⁶Jesôsy namaly: "Ny fanjakako tsy avy aketo amin'izao tontolo zao. Fao raha mbô akao agnatin'izao tontolo zao ny fanjakako, dia hiady reo mpanompoko mbô tsy hanoloragna Zaho amin'ireo Jiosy. Fao zao ny fanjakako tsy avy aketo." ³⁷Avakeo Pilato nivaolagna nagnanjabo: "Mpanjaka moa zany Anao?" Jesôsy

namaly: "Voalazanao fao mpanjaka Zaho. Fao hoamin'ny zany tanjogno zany no nahatirahako, aveo hoamin'ny zany antony zany no niaviako aketo amin'ny zao tontlo zao, mbô hitsagnagna antomoa amin'ny fahamarignagna. Reo jiaby zay an'ny fahamarignagna dia mitandregny feonaha."³⁸ Pilato nivaolagna taminazy nagnanjao: "Ino no atao hoe marigny?" Koafa avy nivaolagna zany izy, niboaka indraiky aveo nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Tsy mahita heloko amin'tô lalahy tô zaho."³⁹ Fao areo managna fomba zay hagnahafako ôlogno araiky ho aminareo amin'ny Paska. Noho zany tianareo moa ny hagnahafako aminareo ny mpanjakan'ny Jiosy?"⁴⁰ Avakeo reo nangaingaiiky mafy indraiky zareo aveo nivaolagna nagnanjao: "Tsy lalahy io, fao Barabasy." Ary Barabasy mpangalatra.

Chapter 19

¹Aveo nentin'i Pilato Jesôsy kay nipipohiny. ²Nandrandragna satroko fatsiky reo miaramila. Napaitraka zareo tamin'ny laohan'i Jesôsy zany aveo nampisikiginy lamba vôlompary Azy. ³Nagnatogno Azy zareo aveo nivaolagna nagnanjao: "Arahaba, mpanjakan'i Jiosy!" Aveo namboko Azy zareo. ⁴Avakeo niboaka indraiky Pilato kay nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Tô, ndesiky aminareo aketo ambailany Izy mbô hahazanareo fao tsy mahita heloko Aminazy zaho." ⁵Kay niboaka Jesôsy, nagnano lehy fehilaoha fatsiky ndraiky lehy lamba vôlompary. Hoizy Pilato tamin-ajareo: "Tô, tô lehy lalahy!" ⁶Koafa hitan'ny laohany mpisôrognô ndraiky ny manambogninahitry Jesôsy, dia nangaiky mafy zareo kay nivaolagna nagnanjao: "Fantsaiho izy, fantsaiho izy!" Hoizy Pilato tamin-jareo: "Alaivonareo Izy avakeo fantsaiho, fao zaho tsy mahita heloko Aminazy." ⁷Namaly azy reo Jiosy: "Managna lalâna atsika, aveo ny lalâna tôlekôny hofloaty Izy satria mitonon-tena ho Zanaka Zagnahary." ⁸Koafa regnin'i Pilato zany fagnambaragna zany, nahay ambory izy, ⁹aveo niditry tao amin'ny Lapampanjakagna ndraimandaiha izy kay nivaolagna tamin'i Jesôsy nagnanjao: "Avaiza ny faviagnanao?" Naifa tsy nagnamia valin-teny azy Jesôsy. ¹⁰Avakeo Pilato nivaolagna taminazy nagnanjao: "Tsy managna ambara aminaha moa anao? Tsy hainao moa fao managna fahefagna hamôtsotro Anao zaho, ndraiky fahefagna hamantsiky Anao?" ¹¹Namaly Jesôsy: "Tsy managna fahefagna Aminaha anao raha tsy namiagna anao avy akagny ambony zany. Noho zany, izy zay nanolaoragna Zaho taminao dia managna heloko maromaro." ¹²Tamin'ny zany valin-teny zany, dia niaizaka ny hagnafaka Azy Pilato, fao nagaikingaiky mafy reo Jiosy, nagnanjao: "Raha avôtsotroa lalahy io dia tsy naman'i Kaisara anao. Zay jiaby magnano hainginy ho mpanjaka dia manohitry Kaisara." ¹³Koafa regnin'i Pilato vaolagna reo, dia nindessin-jareo niboaka Jesôsy aveo nantotry teo amin'ny Sezy fitsaragna zay antsôvigny "Lampivato," fao amin'ny vaolagna Hebreo hoe "Gabato." ¹⁴Ary tonga ny andro fagnomanagna ny Paska, teo amin'ny fotoagna faha eniginy teo. Hoizy Pilato tamin-jareo: "Tô, tô ny mpanjakanareo!" ¹⁵nangaiky mafy zareo nagnanjao: "Ambilao Izy, ambulao Izy; fantsaiho Izy!" Hoizy Pilato tamin-jareo: "Tôlekôny hamantsiky mpanjakanareo moa zaho?" Namaly reo laohan'ny mpisôrognô nagnanjao: "Tsy managna mpanjaka ankoatran'i Kaisara zahay." ¹⁶Aveo natôlotr'i Pilato zareo ho fantsaihagna Jesôsy. ¹⁷Avakeo nalain-jareo Jesôsy, ary nandaifa niboaka izy, nilanja kakazofijaliagna, hoagny amin'lehy toairagna antsôvigny hoe "Toeran'ny Karandaoha," zay amin'ny Hebreo antsôvigny: "Golgota." ¹⁸Nifantsaihan-jareo tagny Jesôsy, aveo nisy lalahy aroa hafa niaraka taminazy, araiky isaky ny ilaigny, aveo Jesôsy tagnivony. ¹⁹Nanaoratra famantaragna faogna koa Pilato avakeo napaitraka zany teo amin'ny kakazo fijaliagna. Zao no voasaoratra teo: JESÔSY AVY AKAGNY NAZARETA, LEHY MPANJAKAN'NY JIOSY. ²⁰Maro tamin'reo Jiosy no namaky zany famantaragna zany satria tsy lavitry tanagna no misy toairagna namatsaihagna Jesôsy. Ilay famantaragna dia nosoratagna tamin'ny hebreo, Latina, ary Grika. ²¹Aveo hoizy laohan'ny mpisôrognô jiosy tamin'i Pilato nagnanjao: "Aza soroatagna hoe: 'Lehy mpanjakan'ny Jiosy,' fao aleo hoe: 'Tôlekôny tôlekôny nivaolagna hoe: 'Zaho no mpanjakan'ny Jiosy.'" ²²Aveo namaly Pilato nagnanjao: "Zay voasaoratra dia voasaoratra." ²³Koafa nifantsaihan-jareo miaramila Jesôsy, dia nalain-jareo lambanazy, kay nizarain-jareo aifatra, dia samy managna araiky aby reo; ary lehy ankanjo faogna koa. Ary tsisy vitrana lehy ankanjo, fao tenona araiky faogna. ²⁴Aveo nifampiraisaka zareo nagnanjao: "Aleo tsy rovitintsika tô, fao ndraiky andaiha hilokagna ahitavagna zay mahazo azy." Nitranga zany mbô hahatantairaka ny Saoratra Masigny zay mivaolagna nagnanjao: "Nifampizaran-jareo ny lambanaha aveo nilokaingy ny fitafiako." Zany no nitsabon'ny reo miaramila. ²⁵Avakeo nitsangagna teo narikitry kakazo fijaliagnan'i Jesôsy ny nininy, ny rahavavin-dreniny, Maria vadan'i Klopa, aveo Maria Mgdaîna. ²⁶Koafa nahita ny nininy ndraiky reo mpianatra zay tiany nitsangagna teo narikitry teo Jesôsy, dia nivaolagna tamin'ny nininy Izy nagnanjao: "Ravehivavy, tô ny zanakaolahy!" ²⁷Aveo hoizy tamin'ny mpianatra: "Tôlekôny, ny nininareo!" Aveo tamin'ny zany fotoagna zany nalain'ny mpianatra hoagny aminazy izy. ²⁸Tafaran'zany, koafa nahay fao vita ny raha jiaby kay mbô ho tantairaka ny Saoratra Masigny, dia hoizy Jesôsy: "Mangetaheta Zaho." ²⁹Ary nisy tavoara feno divay marikivy napaitraka teo amin'ny toairagna io, kay nasian-jareo divay marikivy ny siponjy kay notohizany tamin'ny hysopa aveo napaitany tamin'ny hysopa avakeo napaitapaitany tamin'ny vavanazy. ³⁰Koafa nigaiaka lehy vinaigra Jesôsy, dia hoizy Izy: "Afa vita." Nahondriny ny laohanazy avakeo niala ny fagnahiny. ³¹Satria andron'ny fihomanagna tamin'ny zany, kay mbô tsy hijanogno akeo amin'ny kakazo fijaliagna mandritran'ny Sabata (Satria ny Sabata dia andro manan-danja manaokagna) reo vata-manintsy, dia nangataka tamin'i Pilato reo Jiosy aveo, ny mbô hanapahagna hongotro njareo avakeo hangalagna zareo. ³²Aveo nagnatogno reo miaramila kay nanapaka ny hongotry lehy lalahy voalaohany ndraiky lehy lalahy faharoa zay voafantsiky niaraka tamin'i Jesôsy. ³³Koafa nagnatogno Jesôsy zareo, nahita fao afa maty Izy, kay tsy nitapahinjareo ny hongony. ³⁴Naifa, nisy miaramila araiky nanindrognô lanivoany tamin'ny lefogno, ary samby teo nisy lio ndraiky rano niraraka. ³⁵Lehy araiky zay nahita zany dia nitsangagna antomoa, aveo marigny ny fagnambarany. Hainy fao marigny zay nikoragnany mbô

hinoanareo faogna koa.³⁶Fao raha reo no nitranga mbô hahatantairaka ny Saoratra Masigny: "Tsy hisy ho tapaka na dia araiky amin'ny tahaolany aby." ³⁷Ary mbôla, misy Saoratra Masigny hafa mivaolagna magnanjao: "Izy reo dia hizaha Azy zay nolefonin-jareo."³⁸Tafaran'ny reo, Josefa avy ao Arimatio, rango naha-mpianatr'i Jesôsy azy (Fao tao amin'ny mangingiginy nohon'ny Fahatahaoragna reo Jiosy), nagnontany Pilato raha afaka malaka vatagna Jesôsy izy. Namaizan'i Pilato alalagna izy. Kay tonga Josefa ary nalaka vatany. ³⁹Tonga tagny faogna koa Nikodemosy, zay tonga voalaohany hizaha Jesôsy ny align'iginy. Ary nitondra mainaka zato litatra teo ny fatrany. ⁴⁰Koafa niraisin-jareo ny vatan'i Jesôsy aveo namôgno zany tamin'ny lambam-paty ndraiky raha mangintry, araka ny fomba fandivagnagna Jiosy. ⁴¹Ary teo amin'ny Toairagna namantsaihagna Azy dia nisy saha; ary teo amin'ny lehy saha nisy fasagna vava zay mbôla tsy nandevagnan'ôlogno. ⁴²Satria andron'ny fiomanan'ireo Jiosy tamin'zany ary satria narikitry fasagna, dia nambailan-jareo tao Jesôsy.

Chapter 20

¹Avakeo voh marandraignin'ny andro voalaohan'ny erign'andro, raha mbôla mahizigny igny, nagnegny amin'ny fasagna Maria Magdalenina aveo nahita lehy vato afa niteky lavitry lehy fasagna izy.²Noho zany dia nilomoay izy aveo nagnatogno Simona Petera ndraiky lehy mpianatra hafa zay tian'i Jesôsy, ary hoizy taminjareo: "Nalainjareo tao amin'ny fasagna ny Tompo, avakeo tsy hanay zay nambilanjareo Azy."³Aveo nandaiha niboaka Petera ndraiky lehy mpianatra hafa, ary nagnagny amin'ny fasagna zareo. ⁴Samby nilomoay zareo, avakeo nihoafan'ny lehy mpianatra hafa malaky Petera ary izy homby voalaohany tagny amin'ny fasagna. ⁵Aveo nondriky izy, ary nizaha lehy lambam-paty nipaitraka teo, fao tsy mbôla nitsôfotro tagnatiny izy.⁶Tonga tafarany aveo Simona Petera aveo niditry tampasagna. Hitany nipaitraka teo lehy lambam-paty⁷ndraiky lehy lamba nitsabony tegny amin'ny laohany. Tsy niara-nipaitraka tamin'ny lehy lambam-paty anaifa lehy izy fao nivalombalogo hoazy teo amin'ny toairany.⁸Avakeo lehy mpianatra araiky hafa, lehy tonga voalaohany teo amin'ny fasagna, niditry tagnatiny koa, ary nahita avakeo nino izy. ⁹Fao rango tamin'ny io fotoagna io zareo tsy mbôla nahay Saoratra Masigny faogna fao Izy tsy maintsy hitsangagna amin'ny maty.¹⁰Kay nimpôdy tagny an-tragno reo mpianatra.¹¹Fao Maria nitsangagna nitomoagny tambailany fasagna. Koa izy nitomoagny igny, dia nondriky tamin'ny lehy fasagna. ¹²Nahita anjely aroa magnano lamba fôtsy nipaitraka izy, ny araiky tan-andaohany, ary ny araiky tan-tongony tamin'ny lehy toairagna nambilagna vatan'i Jesôsy. ¹³Hoizy zareo taminazy, "Ravehivavy, nagnino anao mitomoagny?" Hoizy izy taminjareo: "Satria nindesinjareo ny Tompoko, ary tsy haiky zay nambilanjareo Azy."¹⁴Koafa avy nivaolagna zany izy, dia nitodiky ary nahita Jesôsy nitsangagna teo, fao tsy hainy fao Jesôsy io.¹⁵Hoizy Jesôsy taminazy: "Ravehivavy, Nagnino anao mitomoagny? Fao zôvy zahavanao?" Sambarany fao lehy mpiambigny fao Izy, kay hoizy izy taminazy: "Tompoko, raha Anao nalaka Azy, ambarao zaho nambilanao Azy, fao ho alaiky agny Izy."¹⁶Hoizy Jesôsy taminazy: "Maria." Nitodiky izy, ary nivaolagna tamin'ny vaolagna Hebreo: "Rabôny" (zay midika hoe: "Mpampianatra.") ¹⁷Hoizy Jesôsy taminazy: "Aza mikasiky Zaho, fao tsy mbôla nakatra akagny amin'ny Iada Zaho, fao mandihana akagny amin'ny reo rahalahiky aveo volagno zareo fao hakatra akagny amin'ny Iadako ndraiky Iadanareo Zaho, ary ny Zagnaharianaha ndraiky Zagnaharinareo." ¹⁸Nandaiha Maria Magdalenina ary nivaolagna reo mpianatra nagnanjao: "Nahita Tompo zaho," aveo reo raha reo no nikoragniny taminazy.¹⁹Ary hariva tamin'ny zany, tamin'ny andro io, andro voalaohan'ny herign'andro, ary reo tamiagna zay nisy reo mpianatra, dia nifôdy nohon'ny fahatahaoragna reo Jiosy, nagnatogno Jesôsy ary nitsangagna tagnivonjareo kay nivaolagna taminjare nagnanjao: "Fiadanagna ho anareo." ²⁰Koafa avy nivaolagna zany Izy, dia naboakany zareo ny tagnany ndraiky lanivoany. Ravo reo mpianatra koafa nahita Tompo.²¹Aveo Jesôsy nivaolagna zareo nagnanjao: "Fiadanagna hoanareo. Karaha ny nagnirahan'ny Iada Zaho, no hagnirahako areo koa."²²Koafa avy nivaolagna zany Jesôsy, dia nitsitro fôfokoaigny taminjareo ary nivaolagna zareo: "Alay Fagnahy Masigny. ²³Na heloko zôvy na heloko zôvy availanareo, ho availa zareo; ary na zôvy na zôvy tsy availanareo, tsy ho availa zareo."²⁴Tomasy, araiky tamin'ny reo aroa ambin'ny fôlo, nantsôvigny hoe Didymo, tsy niaraka taminjareo koafa avy Jesôsy. ²⁵Reo mpianatra hafa aveo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Hitanay Tompo." Hoizy taminjareo: "Raha tsy hitako egnny amin'ny tagnany ny loakan'ny reo fantsiky, aveo magnapaitraka ratsantagnanaha agnatiny lehy loakan'ny reo fantsiky zaho, ary mamaitraka tagnako amin'ny lanivoany, tsy hino zaho."²⁶Valo andro tatoy afara dia tao ndraiky reo mpianany, ary niaraka taminjareo Tomasy. Nagnatogno Jesôsy raha nifôdy tamiagna, ary nitsangagna niaraka taminjareo, aveo nivaolagna nagnanjao: "Fiadanagna hoanareo." ²⁷Aveo nivaolagna Tomasy Izy: "Magnataogna atoy miaraka amin'ny tagnagnao ary ambilao eto amin'ny lanivoako zany. Aza hely finoagna, fao minoa."²⁸Tomasy namaly aveo nivaolagna nagnanjao: "Tompoko, ndraiky Zagnahariky." ²⁹Hoizy Jesôsy taminazy: "Satria nahita Zaho Anao, dia nino. Sambatra reo zay tsy nahita, naifa mino."³⁰Zeo Jesôsy nitsabo famantaragna fôntry hafa tagnatraihan'ny reo mpianany, famantaragna zay tsy voasaoratra tagnatiny tô boky tô,³¹fao reo dia voasaoratra mbô hahafahanareo mino fao Jesôsy no Kristy, lehy Zanaka Zagnahary, avakeo koafa mino Azy areo, hahazo fiainagna amin'ny agnarany.

Chapter 21

¹Tafaran'ny raha reo Jesôsy niboaka taminjareo mpianatra ndremandaiha teo amin'ny ranomason'i Tiberiasy. Karaha zao fomba niboahany: ²Simona Petera niaraka tamin'i Tomasy zay antsôvigny hoe Didymo, Natanaela avy akagny Kana akgny Galilia, reo zanak'i Zebedio, ary mpianatr'i Jesôsy aroa hafa. ³Hoizy Simona Petera taminjareo: "Handaiha hagnarato zaho." Aveo hoizy zareo taminazy: "Zahay, koa, handaiha hiaraka aminao." Kay lôsogno zareo ary niditry tagnaty lakagna araiky, fao tsy nahazo na ino na ino zareo nandritry ny aligny jiaby. ⁴Ary raha voh mahizinkiziginy ny andro, nitsangagna tandranomasigny Jesôsy, fao tsy hain'ny reo mpianatra hoe Jesôsy io. ⁵Kay hoizy Jesôsy taminjareo: "Oa tôvolahy, tsy managna hoaniky moa areo?" Namaly Azy zareo: "Tsia." ⁶Hoizy Izy taminjareo: "Atopio eo amin'ny sisiny ankahery ny lakagna ny haratonareo, dia hahazo areo." Kay natompinjareo ny haratonjareo ary tsy nahavita nampakatra zany tao nohon'ny hafontrizany ny hazandrano. ⁷Aveo hoizy lehy mpianatra zay tian'i Jesôsy tamin'i Petera: "Ny Tompo io." Koafa regnin'i Simona Petera fao Tompo io, dia nampiditry ny ambonin'ankanjony izy (Satria tsy nagnano lamba izy), kay nitsambokigny tagnaty ranomasigny. ⁸Reo mpianatra hafa nandaiha amin'ny lakagna (Satria zareo tsy lavitry tanety, teo amin'ny roanjato hakiho teo), ary nanintogno harato feno hazandrano. ⁹Koafa tafakatra an-tanety zareo, nahita môtron'harigny tegny ary hazandrano tamboniny, miaraka amin'ny môfo. ¹⁰Hoizy Jesôsy taminjareo: "Mindaisa hazandrano fôntrifôntry amin'ny reo voh hazonare teo." ¹¹Ary nakatra Simona Petera kay nanintogno an-tany ny harato, zay feno hazandrano gaida; 153. Taigna fôntry, kanaifa tsy triaka lehy harato. ¹²Hoizy Jesôsy taminjareo: "Avia hinagna marandraigny." Tsisy tamin'ny reo mpianatra nahasaiky nagnontany Azy nagnanjao: "Zôvy moa Anao?" Hainjareo fao Tompo io. ¹³Nagnatogno Jesôsy, nalaka môfo, avakeo nagnamia zany zareo, hotra zany koa ny hazandrano. ¹⁴Fagnintelony amin'io no niboahan'i Jesôsy tamin'ny reo mpianatra tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty. ¹⁵Koafa avy nihinagna marandraigny zareo, hoizy Jesôsy tamin'i Simona Petera: "Simona zanak'i Jaona, tia Zaho mihoatra noho reo moa anao?" Hoizy Petera taminazy: "Ia Tompo, haina fao tia Anao zaho." Hoizy Jesôsy taminazy: "Fahano reo ondriky." ¹⁶Nivaolagna taminazy fagnindrony Izy: "Simona zanak'i Jaona, tia Zaho moa anao?" Hoizy Petera taminazy: "Ia Tompo, hainao fao tia Anao zaho." Hoizy Jesôsy taminazy: "Karikaray ny ondriky." ¹⁷Nivaolagna taminazy fagnintelo izy: "Simona, zanak'i Jaona, tia Zaho moa anao?" Dia nalahelo Petera satria Jesôsy nagnano intelo taminazy nagnanjao: "Tia Zaho moa anao?" Kay hoizy izy taminazy: "Tomo, Anao mahay raha jiaby, hainao fao tia Anao zaho." Hoizy Jesôsy taminazy: "Fahano ny ondriky." ¹⁸Koragniky aminao, marigny, marigny tatôbe, rango mbôla tanora anao, zatra nampiditry manaokagna ny ankanjonao ary nandaiha tamin'ny zay tianao, fao koafa nahay hantitry anao, hamavatra tagnagnào, aveo ôlonkafa no hampikianjo anao ndraiky hitondra anao amin'ny zay tianao mboagna. ¹⁹Ary Jesôsy nivaolagna zany mbô hahazaina hoe amin'ny karazagna fahafataisagna hotra ny ino no hagnamaizan'i Petera vogninahitry Zagnahary. Koafa avy nivaolagna zany Izy, dia hoizy Izy tamin'i Petera: "Magnaraha Zaho." ²⁰Nitodiky Petera kay nahita lehy mpianatra zay tian'i Jesôsy nagnaraka zareo, lehy araiky zay niankigny ampitan'i Jesôsy faogna koa tao, amin'ny fihinanagna ary nagnanjao: "Tompoko, zôvy lehy araiky hamadiky Anao?" ²¹Nahita azy Petera ary hoizy izy avakeo tamin'i Jesôsy: "Tomo, ino no ho tsabony lalahy io?" ²²Hoizy Jesôsy taminazy: "Raha tiako hitoaitra izy papiky haviako, dia midika ino zany aminao? Magnaraha Zaho." ²³Kay nipariaka teo amin'ny reo mpirahalany zany vaolagna zany, fao tsy hofloaty mpianatra io. Naifa Jesôsy tsy nivaolagna tamin'i Petera fao tsy hofloaty lehy mpianatra hafa, fao nagnanjao: "Raha tiako hitoaitra izy papiky haviako, dia midika ino zany aminao?" ²⁴Izy lehy mpianatra zay nitsangagna antomoa mahakasiky raha reo, ndraiky lehy nanaoratra raha reo, ary haintsika fao marigny ny fagnambarany. ²⁵Misy raha maro hafa koa zay nitsabon'i Jesôsy. Raha voasaoratra tsiraikiariky aby zany, dia sambarako fao na dia zao tontolo zao aby tsy homby boky zay ho soroatagna.

Acts

Chapter 1

¹Ny boky nisoroatako talaoha, ry Teofilo, dia mivaolagna ny jiaby zay natombok'i Jesôsy ndraiky nampianariny, ²zisiky amin'ny andro nampakaragna Azy, aveo nagniraka reo Apostoly zay nifidny tamin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny Izy. ³Tafaran'ny nijaliany, dia nagnamboaka ny hagniny velogno taminjareo Izy niaraka tamin'ny reo profo mandresy lahatra maro. Niboaka taminjareo Izy nandritra ny aifapôlo andro, aveo nikoragna mahakasiky ny fanjakan-Jagnahary. ⁴Koafa tafivôry zareo dia nagnontany Azy zareo nagnanjao: "Tomo, zeo moa no fotoagna

hampodiananao ny fanjakagna ho nihin'ny Israely?" ⁷Hoizy Izy taminjareo: "Tsy areo no hahay ny fotoagna na reo vagnin'andro zay nitindren'ny Iada tamin'ny fahefagnany zeraiky. ⁸Fao koafa tonga ndraiky ny Fagnahy Masigny dia hahazo angôvo areo, kay hanjary antomoa magnairagna Jerosalema ndraiky Jodia jiaby aveo Samaria, ndraiky zisiky am-paran-tany." ⁹Koafa nivaolagna zany raha zany Jesôsy Tompo, dia niandrandra zareo, nakarigny Izy, ary ny zavogno nambada Azy teo imason-jareo. ¹⁰Raha mbôla nizaha langitry igny zareo tamin'ny nandihanany, tampoko teo, nisy aroa lahy nagnano ankanjo fôtsy nitsangagna tankila-njareo. ¹¹Nivaolagna zareo nagnanjao: "Oa lalahy avy akagny Galilia, magnino areo mitsangagna aketo mizaha langitry? Ign'y Jesôsy nalaiginy taminareo zay nampakarigny akagny an-dangitry igny, dia himpôdy tôtro ny nahitavanareo azy nakatra akagny an-dangitry teo igny." ¹²Avakeo zareo nimpôdy tagny Jerosalema avy tao amin'ny tanetin'Oliva, zay marikitry Jerosalema, tôtro amin'ny dian'ny andro Sabata araiky. ¹³Koafa tonga zareo, nakatra tao amin'ny efitry agnambo rimba, zay nidaohan-jareo. Zareo dia Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba zanak'i Alifeo, Simona Zelota, aveo Jodasy zanak'i Jakoba. ¹⁴Nitambatra ho araiky izy jiaby, aveo nazôto nivavaka. Agnisany zany reo vaiavy, Maria ninin'i Jesôsy, ndraiky reo rahalahiny. ²⁰Fao afa voasaoratra ao amin'ny Bokin'ny Salamo: "Ambilào ho lemby ny sahany, ary aza availao na dia ôlogno araiky aby hidôko akao"; 'avilao ho alain'ôlon-kafa ny andraikiny."

Chapter 2

¹Koafa tonga ny andron'ny Pentekosta, nivôry tamin'ny toairagna araiky izy jiaby. ²Tampoko teo avy akagny andangitry nisy feo karaha rivotro mafy nivaololagna, ary nameno tragno jiaby zay nidaohan-jareo zany. ³Nisy môtro tôrotro laila maro zay nizarazara, avakeo nidôko tambonin-jareo tsiraikiaraiky aby. ⁴Izy jiaby feno ny Fagnahy Masigny ary nanomboko nivaolagna tamin'ny fivolagnagna maro samy hafa, araka ny nagnamaizan'ny Fagnahy Masigny hivolagnan-jareo. ⁵Nagnino maharegny zareo atsika, amin'ny fivolagnantsika tsiraikiaraiky aby zay naha gaida atsika? ⁶Partianina ndraiky Medianina aveo Elemita, ary reo zay mipaitraka akagny Mesopotemia, akagny Jodia ndraiky Kapadokia, akagny Ponto ndraiky Asia, ¹⁰Frygia ndraiky Pamfylia, akagny Egypta ary Libya zisiky akagny amin'i Kyrena, ary reo mpitidiky avy akagny Roma, ¹¹Jiosy ndraiky Proselyta, Kreatana ndraiky Arabo, dia regnintsika mivaolagna amin'ny fivolagnantsika mahakasiky ny asa goalahy tsabon-Jagnahary. ¹²Zareo dia gaga avakeo sahiran-tsaigany; ary nifampivaolagna zareo nagnanjao: Ino no dikan'ny zany? ¹³Fao reo sasany nankalaifaka salakady nivaolagna: "Zareo dia mamon'ny divay vava." ¹⁴Fao Petera nitsangagna niaraka tamin'izy araiky ambin'ny fôlo, napakatra ny feony, aveo nagnambara tamin'jareo : "Oa lalahin'i Jodea ndraiky areo jiaby zay midôko aketo Jerosalema, aoka ho hainareo zao, tandremo reo vaolagna naha. ¹⁵Hoan'ny reo ôlogno tsy mamono karaha zay hieritreretana-reo, fao voh fotoagna fahatelo amin'ny andro zao. ¹⁶Fao zao lehy nambaran'i Joela mpagnazary: ¹⁷'Amin'ny andro farany,' Zagnahary mivaolagna: 'Halatsako amin'ny ôlogno jiaby ny Fagnahinaha. Reo zanakareo lalahy ndraiky ny zanakareo vaiavy dia haminagny, ny zatovonareo hahita fahitagna, avakeo ny antilahanareo hagninôfy. ²⁰Ny masaoava dia hanjary hizigny ary ny davaolagna hanjary lio, alaohan'ny andro lehibe sady miavaka havian'ny Tompo. ²¹Ary ny ôlogno jiaby zay magnansto agnaran-Jagnahary dia hoavaotagna. ²⁵Fao Davida mivaolagna mahakasiky Azy, "Nahita Tompo teo agnatraihako lalandava zaho, fao aketo an-tagnako an-kahery Izy kay tsy tôkony hangôzohôzo zaho. ²⁶Dia taigna ravo ny fôko aveo niravoravo ny lailako. Ary koa, ny nôfoko hivelogno amin'ny fahatokiagna. ²⁷Fao tsy nialana hoagny amin'ny fiainan-tsy hita ny fagnahiky avakeo tsy hagnambaila ny Araiky Masigny ho lô anao. ²⁸Nagnambara zaho reo lalan'ny fiainagna Anao; Anao dia hameno haravoagna zaho amin'ny bikanao. ²⁹Oa rahalahy, afaka mivaolagna aminareo am-patokisagna mahakasiky Davida Patriarika zaho: afa maty izy no nalevigny, ary ny fasany dia aketo amintsika zisiky niany. ³⁰Noho zany, mpagnazary izy ary hainy fao afa nifanta taminy Zagnahary, fao ny tamingany no hoakeo amin'ny dabilio fiandrianany. ³¹Afa hitany zany dia nikoragna mahakasiky ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny fahafataisagna, 'sady izy tsy navaila tao amin'ny fiainan-tsy hiata, no tsy nagnano ny nôfony ho takatrin'ny fahaloavagna. ³²Io Jesôsy io-Zagnahary no nanangagna Azy, kay antomoan'ny zany zahay jiaby. ³³Noho zany koafa nakariny tagnan-kaherin-Jagnahary Izy dia nandray ny Fagnahy Masigny nampanantenaigany avy tamin'ny lada, afa nalatsany zany, zay hitanareo ndraiky regninareo. ⁴⁰Niaraka tamin'ny koragna maro hafa no nitsanganany ho antomoa ndraiky nampirisahany zareo; nagnambara izy nagnanjao, "Avaoto ny hagninao amin'ny tô taminga ratsy fagnahy tô." ⁴¹Avakeo zareo nalaka ny vaolagna kay nitsabogny batisa, ary tôkony fagnahin'ôlogno teo amin'ny telo arivo teo no nampiagna tamin'ny io andro io. ⁴²Nanôhy sady naharitry ny asa fitoriagna ndraiky ny fampianaran'ny apostoly zareo, teo amin'ny fanapahagna ny môfo ndraiky ny fivavahagna. ⁴³Tonga teo amin'ny fagnahin'ny tsiraikiaraiky hamboriagna, aveo fahagagagna ndraiky famantaragna maro no vita tamin'ny alalan'ny apostoly. ⁴⁴Reo jiaby nino dia nivôry ave nanagna raha nitôvy, ⁴⁵ary zareo dia nivarotro taniny ndraiky fanagnany kay nirasa zany tamin'izy jiaby, araka zay nilainy aby.

Chapter 3

¹Aveo Petera ndraiky Jaona nakatra tegny amin'ny tempoly tamin'ny fotoagnan'ny fivavahagna, ny fotoagna fahasivy.² Avakeo nisy lalahy araiky nalemy rango am-pitirahagna nindesigny isan'andro tegny amin'ny tamiagna Tsaran'endriky ny tempoly, mbô hangataka fagnomaizagna ara-baola akagany amin'ny reo ôlogno zay magnegny amin'ny tempoly.³ Koafa nahita Petera ndraiky Jaona zay handaiha hitsôfotro ny tempoly, dia nangataka fagnomaizagna ara-baola taminjareo izy.¹¹ Ary noho izy nitagna Petera ndraiky Jaona, ny ôlogno jiaby dia nihôrognô nandaiha taminjareo tegny amin'ny fialaofagna zay nantsôvigny hoe fialaofan'i Solomona, ary taigna sondriagna. ¹²Koafa nahita zany Petera dia namaly ny ôlogno nagnanjao: "Areo vahoakan'Israely, magnino no sondriagna areo? magnino ny masonareo mandiniky zahay, karaha angôvonay na fahamasignagnay manaokagna moa nampaningagna azy?"¹⁵ Nivononareo ny Mpagnorigny ny fiainagna, zay natsangan-Jagnahary tamin'ny maty_ary antomoan'ny zany zahay. ¹⁶Zeo, noho ny finoagna amin'ny agnarany_lehy lalahy zay hitanareo sady hainareo_igny agnarany igny faogna no nahatonga azy hahery. Ny finoagna avy amin'i Jesôsy no nagnamia zao fahasitragnagna feno zao hoazy aketo agnatraihanareo jiaby.¹⁹ Mibaibaha, noho zany, aveo mimpodiana, mbô ho voavono ny fahotanareo, mbô ho tonga ny fotoagna mahavelombelognô akeo agnatraihan'ny Tompo; ²⁰aveo mbô handaifa lehy Kristy zay voatendry hoanao izy, dia Jesôsy.

Chapter 4

¹Raha nikoragna tamin'ny reo vahoaka Petera ndraiky Jaona, dia avy reo mpisôrgno ndraiky ny lehiben'ny mpiambigny ny tempoly ary reo Sadoso. ²Vingitry mafy zareo nohony Petera ndraiky Jaona nampianatra vahoaka ndraiky nitory ny fitsanganagna amin'ny maty tamin'ny alalan'i Jesôsy. ³Nisambôrigny zareo ary natao tagny angadra papiky hatongavany maraindraigny, satria afa haligny ny andro tamin'ny zany. ⁴Kanaifa maro tamin'ny reo ôlogno zay nitandregny hafatra no nankatô; aveo ny isan'ireo lalahy zay nankatô dia dimy arivo teo ho eo. ¹¹Jesôsy Kristy dia vato zay natanareo mpagnorin-tragno tsinotsinona kanaifa afa natao ho laohan'ny vato fehizoro. ¹²Aveo tsisy famonjiagna avy amin'ny hafa, fao tsisy agnaragna hafa ambanin'ny langitry namaizan'ny ôlogno zay tsy maintsy hahavonjy atsika. ¹⁹Kanaifa namaly zareo Petera ndraiky Jaona nivaolagna nagnanjao: "Raha marigny eo imason-Jagnahary ny magneky areo mihoatra Azy, dia areo no mitsara. ²⁰Tsy afaka ny hijanogno tsy hivaolagna mahakasiky reo raha hitanay sady regninay zahay. ²³Tafaran'ny namotsaoragna zare, dia tonga teo amin'ny vahoakany Petera ndraiky Jaona ary notateriny taminjareo zay jiaby nivolagnin'ny reo laohan'ny mpisôrognô ndraiky reo sojabe taminjareo. ²⁴Koafa regnin-jareo zany, dia niara-nampakatra ny feonjareo hoan-Jagnahary zareo kay nivaolagna nagnanjao: "Tampo, Anao no nitsabo langitry ndraiky tany, ndraiky ny ranomasigny, ary zay jiaby akao aminazy. ²⁵Nivaolagna tamin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny tamin'ny vavan'ny mpanomponao, ny iadantsika Davida Anao nagnanjao: 'Nagnino vingitry reo firenena Jentilisa, ndraiky reo ôlogno mieritreritry raha tsisy ilagna azy?' ²⁶Areo mivaolagna: Mpanjakan'ny tany dia nitambatra, aveo reo mpanapaka dia nivôndrognô hanohitry ny Tompo, ndraiky hanohitry ny Kristiny. ²⁷Fao afa Heroda ndraiky Pontsy Pilaty, zay niaraka tamin'ny reo Jentilisa aveo reo vahoakan'i Israely, no niaraka nivôry tao an-tanagna hanohitry Jesôsy mpanomponareo, zay nosoranareo. ²⁸Niara-nivôry zareo mbô hagnano zay jiaby natan'ny tagnagnagnareo ndraiky reo drafitry areo zay afa nitapahin-jareo ho tsabogny alaoha. ³⁴Tsisy ôlogno nanagna raha mampijaly teo amin-jareo, fao zay jiaby nanagna tany na tragno dia navidy ary ninday ny vaolan'ny raha jiaby zay lafo. ³⁵Avakeo napaitraka teo an-tongotro reo apostoly, ary nirasaigny tamin'ny ôlogno tsiraikiaraiiky araka zay ilainjareo.

Chapter 5

¹Fao nisy lalahy araiky nantsôvigny hoe Ananiasy, niaraka tamin'i Safira vadiny, nivarotro anjara tany, ²aveo nitanany ny sasany tamin'ny reo vaola vidiny (ny vadiny faogna koa nahay zany), avakeo ninday ny ampahany hafa tamin'ny zany ary nagnambaila azy teo antongotro reo apostoly.⁹ Avakeo Petera nivaolagna azy nagnanjao: "Nagnino areo nagneky hiaraka hitsapa Fagnahin'ny Tompo? Tô, reo hongotro reo ôlogno zay nadevigny ny vadianao dia eo antamiagna, ary hagnaboaka anao zareo." ¹⁰Ary lavo samby teo amin'ny hongony izy aveo afaka ny aigniny. Koafa niditry tao reo tôvolahy, dia nahita azy maty, kay nitondra azy niboaka sady nandevigny azy teo ankilany vadiny. ¹¹Ambory ny fiangonagna jiaby, ndraiky reo jiaby zay naharegny zany raha zany. ¹²Famantaragna ndraiky fahagagagna maro no niboaka tamin'ny reo vahoaka tamin'ny alalan'ny tagnagna reo Apostoly. Niraka teo amin'ny fialofan'i Salomona zareo. ¹³Fao tsisy ôlogno hafa nanagna fahasakiagna hiaraka aminjareo; kanaifa ny vahoaka dia nanadratra fankasitrahagna zareo. ¹⁹Ary nandritran'ny aligny dia nisy anjelin'ny Tompo nanaokatra tamiagnan'ny fonja ary nagnaboaka zareo tao, aveo nivaolagna nagnajao: ²⁰"Mandihiana, mitsangana ao amin'ny tempoly avakeo mivolagna amin'ny ôlogno reo vaolagna jiaby ny tô fiainagna tô." ²¹Koafa naharegny zany zareo, dia niditry tao amin'ny tempoly zareo koa voh marandraigny ny andro kay nampianatra. Fao tonga ny mpisôrognô be, ndraiky reo zay niaraka taminazy, aveo nagnantso ny filan-kevitry jiaby, reo sojabe jiaby ny vahoakan'Israely, aveo nalaifa tagny am-ponja mbô hagnaboaka reo apostoly. ²²Fao koafa tonga lehy mpiambigny raharaha dia tsy nahita zareo tam-ponja, kay nimpôdy zareo aveo nitatitry nagnanjao: ²³"Nahita tragno mahiziginy nigadra tsara zahay aveo mpiambigny nitsangagna niambigny tantamiagna, fao koafa nisokoafinay zany, tsy nahita ôlogno tagnatiny zahay." ³³Koafa naharegny zany reo tao amin'ny filan-kevitry, dia vingitry zareo ary nikasa hamono reo apostoly. ³⁴Fao nisy Fariseo araiky nantsôvigny hoe Gamaliela, mpampian-dalàgna, zay najain'ny ôlogno jiaby, nitsangagna aveo nagniraka reo apostoly mbô ho alaigny aboaka hely akagny ambailany. ³⁵Ary izy nivaolagna taminjareo nagnajao: "Lalahy Israely, Tandremo tsara ny amin'ny raha zay ho tsabonareo miaraka amin'ny reo ôlogno reo. ³⁶Fao tagny alaoha tagny, Teodasy nivaolagna ny haigniny ho raha, aveo vôndrognôlogno, tôkony ho aifa-jato, nagnaraka azy. Nivonogny izy, aveo reo jiaby zay nagneky azy dia niparitaka ary nanjary tsinotsinona. ³⁷Avakeo lalahy io, Jodasy avy akagny Galilia dia nitsangagna tamin'ny andron'ny fagnisagna ary nanagno ôlogno maromaro hagnaraka azy. Izy faogna koa nivonogny, aveo reo jiaby zay nagneky azy dia nipariaka. ⁴⁰Ary nagnantso reo apostoly hiditry zareo aveo namboko sady nagniraka zareo tsy hivaolagna amin'agnaran'i Jesôsy, avakeo nambaila zareo handaiha. ⁴¹Zareo dia tsy nagneky ny filan-kevitry tan-karavoagna satria magnaiva ny hitondra fahafaham-baraka hoan'i Lehy Agnaragna. ⁴²Tafaran'ny zay isan'andro, tsy nijanogno nampianatra ndraiky nitory Jesôsy ho Kristy zareo, teo am-banjan'ny Tempoly ndraiky tamin'ny tragno maro.

Chapter 6

¹Ary tamin'ny zany andro zany, koafa nahay nisôsoko ny isan'ny reo mpianatra, dia nanomboko nisy fitaraignagna natan'ny reo Jiosy mivaolagna Grika hanohitry reo Hebreo, satria natan-jareo tsinotsinona reo mpitondra-taignany tamin'ny firasàgna hanigny isan'andro.²Ny aroa ambin'ny fôlo dia nagnantso reo mpianatra koafa ho agny aminjareo sady nivaolagna nagnajao: "Tsy mety amintsika raha tsy magneky vaolagna Zagnahary mbô hikarakara reo latabatra. ³Noho zany areo dia tôkony mifidy, rahalahy, fito aminareo, lalahy tsara laza, feno ny Fagnahy ndraiky fahindriagna, mbô ho tindrenay hikarakara zany raharaha zany. ⁴Raha ny aminay, dia hanôhy hatragny amin'ny fivavahagna ndraiky amin'ny fampianaragna vaolagna zahay."⁷Kay nipariaka faogna ny vaolagna Zagnahary, aveo ny isan'ny mpianatra tao Jerosalema dia nahay fôntry, ary mpisôrognô maro faogna no nanjary mpankatô ny finoagna.⁸Ary Stefana, feno fahasovagna ndraiky angôvo, dia nagnano fahagagagna ndraiky famantaragna gaida teo amin'ny vahoaka. ⁹Fao nisy vahoaka sasany nitsangagna zay nihin'ny Synagoga zay volagnigny fao ny sinagogan'ny Libertina, ndraiky nihin'ny Kyreniana aveo Aleksandriana, ary ny sasany avy akagny Kilikia ndraiky Azia. Reo ôlogno reo dia niady hevitra tamin'i Stefana.

Chapter 7

⁹Satria reo Patriarika dia nalaigny Josefa, kay navidin-jareo tagny Egipta izy; Fao Zagnahary niaraka taminazy ¹⁰aveo namonjy azy tamin'ny reo ôlony jiaby. I Josefa namaizany fankasitrahagna ndraiky fahindriagna teo agnatraihan'i Farao, mpanjakany Egipta, zay nampidôko azy ho governora manapaka Egipta ndraiky agnambony reo fanagnany jiaby.¹¹ Ary havy ny silagno nagnairagna Egipta ndraiky Kanana, aveo fijaliagna gaida, ary reo razantsika dia tsy nahita hanigny. ¹²Fao koafa nahiregny Jakoba fao nisy vary tao Egipta, nandaifa reo razantsika tamin'ny dian-jareo voalaohany izy. ¹³Tamin'ny dian-jareo faharoa Josefa nagnambara hainginy tamin'ny reo rahalahiny, ary ny fianakaviagnan'i Josefa dia nanjary hain'i Farao.¹⁷ Koafa narikitry ny fotoagnan'ny lehy fampanantenagna, lehy fampanantenagna zay nitsabon-Jagnahary tamin'i Abrahama, dia nahay maro ndraiky nisôsoko ny ôlogno tao Egipta,¹⁸ mandra-pitsanganan'ny mpanjaka hafa tao Egipta, mpanjaka zay tsy nahay ny mahakasiky Josefa. ¹⁹Io mpanjaka io faogna no namitaka ny vahoakantsika ndraiky nampijaly reo razantsika, zareo dia nanery razantsika tsy hagneky reo zanany ambava loza mbô tsy ho levogno.²⁶ Ny andro magnaraka dia tonga tao amin'ny reo Isaelita sasany izy koa zareo niady; nagnandragna nampitony ny tsiraikiaraiaky avy izy, nivaolagna nagnan'ao: "Oa lalahy, areo dia mpirahalaha, magnino areo miady?"²⁷ Fao ny araiaky zay nagnano tsy nanjary tamin'ny namany nanosiky azy, aveo nivaolagna nagnan'ao: "Zôvy no nanendry anao ho mpanapaka ndraiky hitsara zahay?"²⁸ Tianao moa ny hamono zaho, karaha ny namonoanao reo Egyptianina lomoaligny?"²⁹ Niala Mosesy koafa naharegny zany; nanjary vahiny izy tao amin'ny tanin'ny Miadiana, zay nitirahany ny zanany aroa lahy. ³⁰Koafa nandilatra aifapôlo tagno, nisy anjely araiaky nihoaka taminazy tagny antanimaty tegny amin'ny tanety Sinay, teo amin'ny lailamôtron'ny lehy voaroy nirehitra.³¹ Koafa hitan'i Mosesy lehy môtôro, sondriagna izy tamin'ny lehy fahitagna; ary koafa nagnatogno izy kay nizaha lehy izy, tô avy akagny nisy feon'ny Tompo nivaolagna nagnan'ao: ³²"Zaho no Zagnaharin'ny reo razagnao, Zagnaharin'i Abrahama, ndraiky Isaka, aveo Jakoba." Nangitakitaka Mosesy aveo tsy nahasaky nizaha.³³ Ny Tompo nivaolagna taminazy: "Alào ny kapa egny amin'ny hongotroa, fao io toairagna zay hitsangnana io tany masigny." ³⁴Afa hitako tatôbe ny fijalian'ny vahoaka zay akao Egipta, regniky ny fitaraignan-jareo, aveo afa nijôtso nagnavotro zareo Zaho; koa zeo alaifako akagny Egipta anao.³⁵ Io lehy Mosesy zay tsy nikehinjareo, koafa nivaolagna zare nagnan'ao: "Zôvy no nagniraka anao ho mpanapaka ndraiky ho mpitsara?" Izy lehy taokagna zay nalaifan-Jagnahary sady ho mpanapaka aveo mpagnavotro. Zagnahary nagnandaifa azy tamin'ny alalan'i lehy anjely zay nihoaka tamin'i Mosesy tegny amin'ny voaroy. ³⁶Nitariky zareo hiala tao Egipta i Mosesy, koafa avy nagnano fahagagagna ndraiky famantaragna tao Egipta ndraiky tegny amin'ny ranomasigny maina, ary tagny antanimaty nandritry ny aifa-pôlo tagno. ³⁷Io faogna lehy Mosesy zay nivaolagna tamin'ny vahoakan'Israely nagnan'ao: "Zagnahary hanangagna mpagnazary ho nihinareo akeo amin'ny rahalahinareo, mpagnazary tôtroto zaho."³⁸ Izy lehy lalahy zay tam-piangonagna tao agnefitry niaraka tamin'ny lehy anjely zay nivaolagna taminazy tagny amin'ny tanetin'i Sinay. Izy lehy lalahy niaraka tamin'ny reo razantsika; izy lehy lalahy zay nalaka ny vaolagna velogno rasaigny hoantsika.³⁹ Izy lehy lalahy zay tsy nankatoavin'ny reo razantsika; natosiky n-jareo lavitry zareo izy, aveo akagny ampônjareo dia nimpôdy tagny Egipta zareo.⁴⁰ Tamin' io fotoagna io nivaolagna tamin'ny Arona zareo nagnan'ao: "Tsaboano Zagnahary zahay hitariky zahay, karaha Mosesy, zay nitariky atsika hiboaka akagny Egipta, tsy haintsika zay nahavao azy."⁴¹ Ary nagnano aomby hely zareo tamin'ny zany andro zany aveo ninday fagnatitry teo amin'ny lehy sampy, ary niravo tamin'ny asan-tagnany zareo. ⁴²Nitodiky Zagnahary avakeo nagnambaila zareo mbô ho fideragna reo lakintagna egny an-dangitry, araka ny voasaoratra tao amin'ny bokin'ny mpagnazary: "Areo moa nanôlotro zaho biby maty ndraiky fagnatitry nandritran'ny aifapôlo tagno tao antany maty, tragnon'Israely?"⁴³ Nikehinareo ny tabernakelin'i Moloka ndraiky ny lakitan-Janahary Refana, ndraiky reo sary zay natanareo hideragna azy, aveo zaho nitondra areo akagny hafan'ny Babylona.⁴⁷ Fao Solomona no nagnamboatra tagno ho nihin-Jagnahary. ⁴⁸Na zany aby, ny taigna Agnambo dia tsy nibidôko tao amin'ny tagno vita tamin'ny tagnagna, araka ny nikoragnin'ny mpagnazary: ⁴⁹"Ny langitry no dabilio fiandriagnako, avakeo ny tany no fidaohan-kongotro. Tagno karaha ino no afaka hamboarinao ho nihinaha? Hoizy ny Tompo, na toairagna karaha ino no hitsaharako?"⁵⁰ Tsy tagna naha moa nitsabo reo raha jiaby reo?⁵⁴ Ary koafa naharegny reo raha reo ny mpiômbogno akao amin'ny filan-kevitra, tôhigny ny fôn-jareo, aveo nihidy vazagna zareo tamin'ny Stefana. ⁵⁵Fao izy, zay feno Fagnahy Masigny, nizaha tsara ny langitry ary nahita ny voginahitry Zagnahary, ary nahita Jesôsy nitsangagna teo an-kaherin-Jagnahary. ⁵⁶Stefana nivaolagna nagnajao: "Zahavo, hitako misaokatra reo langitry, aveo ny Zanak'ôlogno mitsangagna eo ankaherin-Jagnahary."⁵⁷ Teo amin'ny zany dia nibadan-jareo mpiômbogno ao amin'ny filan-kevitra ny sôfigny n-jareo, avakeo nangaiky nakatra tamin'ny feo agnambo, nilomoay zareo nagnegny aminazy. ⁵⁸Nitaritin-jareo ambailan'ny Tanàgna izy ary

nanomboko nanopy vato azy zareo, ary reo antomoa dia nagnambaila ny lambany teo amin'ny hongony lehy zaza lalahy antsôvigny Saoly.

Chapter 8

¹Nagneky ny fahafataisany i Saoly. Kay nanomboko tamin'io andro io ny fagninjaihagna gaida hanohairagna ny fiangonagna zay tao Jerosalema; areo reo mpino jiaby dia niparitaka nagnairagna reo faritry Jodia ndraiky Samaria, hafan'ny reo apostoly. ²Reo lalahy matahotro Zagnahary dia nandevigny i Stefana ary nagnano hira fisaonagna azy. ³Fao Saoly nandratra tatôbe ny fiangonagna; nitety tragno izy aveo nalaka reo lalahy ndraiky reo vaiavy, ary nandaifa zareo tagny an-tragno mahizigny. ⁴Fao reo mpino zay niparitaka dia nandaiha nitory ny vaolagna. ⁵Filipo dia nijôtso tagny amin'ny tanàgna gaidan'ny Samaria aveo nitory i Kristy tamin-jareo. ⁶Koafa naharegny ndraiky nahita reo famantaragna zay nitsabon'i Filipo ny vahoaka maro, dia nifantoko tsara tamin'ny zay nivolagniny zareo. ⁷Reo fagnahy maloto dia niboaka tamin'ny reo maro zay nidirany, nangaiky mafy, avakeo maro tamin'ny reo malemy ndraiky misy antsa no nahivagna. ⁸Noho zany dia nisy haravoagna gaida tao an-tanambe. ⁹Fao nisy lalahy araiky nantsôvigny hoe Simona tao an-tanambe, zay voh nalaky aveo nisaoma aôdy; mazagna nampivariagna reo vahoakan'ny Samaria izy, koafa mivaolagna fao izy dia ôlogno manan-kaja. ¹⁰Reo Samaritana jiaby, manomboko amin'ny taigna hely zisiky amin'ny lehy taigna gaida, dia nitandregny tsara azy; aveo hoizy zare: "Io lalahy io lehy fahefan-Jagnahary zay antsôvigny hoe Gaida." ¹¹Zareo nitandregny azy, satria izy nampivariagna zareo afa nandritry ny fotoagna haila tamin'ny reo aôdiny. ²⁰Fo hoizy Petera taminazy: "Ho levogno miaraka aminao ny vaolafôtsinao, satria anao nieritreritry hahazo fagnomaizan-Jagnahary amin'ny alalan'ny vaola." ²¹Anao dia tsy managna anjara na ampahany amin'ny zany raha zany, satria ny fônao tsy marigny amin-Jagnahary. ²²Noho zany mibaibaha amin'ny faharatsiagna, ary mivavaha amin'ny Tompo, tsaha mbô mety hamaila ny fagnirian'ny fônao Izy. ²³Fao zaho mahita fao anao voapoizin'ny lôlom-pô ndraiky voafehin'ny fahotagna anao. ²⁴Simona namaly aveo nivaolagna nagnanjao: "Mivavaha amin'ny Tompo hoanaha, mbô tsy hisy havoza zaho reo zay nivolagninao." ²⁵Koafa nitsangagna antomoa ndraiky nagnambara ny vaolagna ny Tompo zareo, dia nimpôdy tagny Jerosalema i Petera ndraiky Jaona, nitory vava maharavo tamin'ny reo tanàgna maro ao Samaritana. ²⁶Ary nisy anjelin'ny Tompo nikoragna tamin'i Filipo sady nivaolagna nagnanjao: "Mitsangàna aveo mamdihana magnatsimon'ny lalagna mijôtso avy akagny Jerosalema magnagny Gaza." ²⁷("Io lalagna io dia akagny an-tanimaty.) Dia nitsangagna izy ary nandaiha. Tô, nisy lalahy avy akagny Etopia, tandapan'ny Kanadasy, mpanjaka vavin'ny reo Etiopiana. Izy no niandraikitry ny hariagnany jiaby. Tonga tagny Jerosalema izy mbô hidaira. ²⁸Ary nôdy izy kay nipaitraka teo amin'ny kalesiny, aveo namaky ny vaolagna Isaia mpagnazary. ²⁹Ary lehy fagnahy nivaolagna tamin'i Filipo: "Mandihiana ary aza miala lavitry io kalesy io." ³⁰Kay nilomoay nagnatogno azy izy, aveo naharegny azy namaky teny tao amin'ny Isaia mpagnazary aveo nivaolagna nagnanjao: "Azonao moa io vakina io?" ³¹Nivaolagna lehy Etompiana nagnanjao: "Akôry no hahaizako, raha tsisy ôlogno mitari-dalagna zaho?" Niangavy Filipo izy mbô hagnatogno kalesy aveo hantotry hiaraka aminazy. ³²Ary ny andalantsaoratra masigny zay nivakin'lehy Etopiana dia nagnanjao: "Nindesinao ho vonogny karaha ondry izy, aveo tôroto zank'ondry môa eo agnatraihan'ny mpagnety azy, noho zany tsy nisaoka-bava izy." ³³Fao tamin'ny fagnalam-baraka azy dia nalagna taminazy ny rariny. Zôvy no afaka hamaritry tatôbe reo tamingany? Nohon'ny aigny nalagna teto an-tany. ³⁴Noho zany dia nagnontany lehy tandapa Filipo, nagnanjao: "Miangavigny aminao zaho, zôvy no koragnin'io mpagnazary io, ny haigniny faogna moa sa ôlon-kafa?" ³⁵Nanomboko nivaolagna Filipo, avakeo nanomboko tamin'ny zany saoratra masigny zany no nitoriany ny vava maharavo mahakasiky Jesôsy taminazy.

Chapter 9

¹Fao Saoly, dia mbôla nivaolagna fandrahaonagna faogna egny fao na zisiky amin'ny famonoagna manohitry reo mpiantra ny Tompo aby, nandaiha tagny amin'ny mpisôrognô be² ary nagnontany zareo taratasy hoan'ny reo Synagoga tao Damaskosy, kay raha mahita na zôvy na zôvy amin'ny lalagna nazy izy, na lalahy na vaiavy, dia ndesigny hitadiagna akagny Jerosalema zareo.⁵ Saoly namaly nagnanjao: "Zôvy anao, Tompo?" Hoizy Tompo: "Zaho no Jesôsy zay injehinao, ⁶fao mitsangàna, midira ao amin'ny tanàgna, aveo ho volagniky aminao zay tsy maintsy hitsabonao." ⁷Ny lalahy zay niara-dià tamin'i Saoly dia nitsangagna tsy nahavaolagna, naharegny feo fao tsy nahita na zôvy na zôvy.⁸ Nitsangagna avy tamin'ny tany Saoly, aveo koafa nanaokatra masony izy, dia tsy afaka nahita na ino na ino izy, kay nindessin-jareo tamin'ny tagnany izy aveo nindesigny tagny Damaskosy. ⁹Tsy nahita izy nandritry ny telo andro, ary tsy nihinagna izy sady tsy nigiaka.¹⁷ Kay lôsogno Ananiasy, ary niditry tao amin'ny tragno. Namaitraka ny tagnany teo aminazy, dia nivaolagna izy: "Rahalahy Saoly, ny Tompo Jesôsy, zay niboaka taminao tegny an-dalagna koafa nandaiha tatoy anao, no nandaifa zaho tatoy mbô mety hahitavanao ary ho feno ny Fagnahy Masigny."¹⁸ Samby teo dia raha tôrotrô ny sisin-dako no nihaindaka samby teo amin'ny mason'i Saoly, aveo nahita izy; nitsangagna izy ary nitsabogny Batisa;¹⁹ ary nihinagna izy kay nahazo angôvo. Nibidôko niaraka tamin'ny reo mpianatra tao Damaskosy nandritry ny andro maro izy.²⁰ Samby teo dia nagnambara Jesôsy tao amin'ny Synagoga izy, nivaolagna fao Izy no Zanaka Zagnahary. ²¹Zay jiaby naharegny azy dia gaga ary nivaolagna nagnanjao: "Tsy io ôlogno io moa namono reo tagny Jerosalema zay nagnantso tamin'io agnaragna io? Tonga teto izy mbô halaka zareo ho tadiagna hoagny amin'ny mpisôrognô be." ²²Fao nanjary nahay nahery i Saoly, aveo nampijaly jiosy zay nipaotraka tao Damaskosy kay nagnaprofo fao Jesôsy no Kristy.²³ Tafaran'ny andro maromaro, niara-nitsabo tetiky mbô hamono azy reo Jiosy.²⁴ Fao nanjary hain'i Saoly ny tetiky zareo. Ary niambigny tamiagna andro aman'aligny mbô hamono azy zareo.²⁵ Fao nangala azy tamin'ny aligny reo mpianany aveo nagnambaila azy hijôtso tamin'ny rimba, nampijôtso azy tao agnaty harogno.²⁶ Koafa homby teo Jerosalema izy dia nagnandragna ny hagnatogno reo mpianatra i Saoly, naifa natahotro azy jiaby reo, tsy nino fao mpianatra izy.²⁷ Fao nalaka azy Barnabasy aveo ninday azy teo amin'ny reo apostoly, aveo nivaolagna tamin'ny reo izy hoe akôry no nahitavan'i Saoly ny Tompo tegny an-dalagna ndraiky nivolagnan'ny Tompo taminazy, aveo akôry no nitorian'i Saoly am-pahasakiagna tamin'ny agnaran'i Jesôsy tao Damaskosy.²⁸ Nitratro taminjareo izy koafa niditry aveo niboaka Jerosalema. Nivaolagna am-pahasakiagna tamin'ny agnaran'i Jesôsy Tompo izy ²⁹ary niady hevitra niaraka tamin'ny reo Jiosy Grika; naifa mbôla niaizaka ny hamono azy faogna zareo.³⁰ Koafa hain'ny reo rahalahy zany, dia nindessin-jareo nijôtso tagny Kaisaria izy aveo nalaifany hoagny Tarsosy izy.³³ Nahita ôlogno antsôvigny hoe Aenasy tao izy, zay afa teo am-pandriagnany nandritry ny valo tagno, satria nalemy izy. ³⁴Petera nivaolagna taminazy nagnanjao: "Aenasy, mapahivagna anao Jesôsy Kristy. Mitsangàna aveo amboaro ny fandriagnanao," ary niaraka tamin'ny zay dia nitsangagna izy. ³⁵Fao zay jiaby nibidôko tao Lyda ndraiky Sarona dia nahita ny lalahy kay nitodiky tamin'ny Tompo zareo.³⁶ Aveo nisy mpianatra araiky atnsôvigny tabita tao Jopa, zay adika: "Dorkasy." Nagnano asa tsara maro vaiavy io ary nagnano fagnampiagna feno asa fiantragna zay nitsabony hoan'ny mijaly. ³⁷Tamin'ny reo andro reo narary izy aveo maty; koafa nagnasa azy zareo, dia napaitraka zareo tao amin'ny efitragno agnambo izy.³⁸ Satria afa narikitry Lydia i Jopa, avakeo naharegny reo mpianatra fa tao Petera, dia nandaifa ôlogno aroa tagny aminjareo, niangavigny azy: "Tongava moa akagny aminay tsisy hatak'andro." ³⁹Nitsangagna Petera ary nandaiha niaraka taminjareo. Koafa tonga izy, dia ninday azy tao amin'ny efitry agnambo zareo, aveo ny mpitondra taigna jiaby nitsangagna tankilany nitomoagny, nagnaboaka azy ankanjo ndraiky ny lamba zay nitsabon'ny reo Dorkasy tamin'izy niaraka taminjareo.⁴⁰ Nalaifan'i Petera tagny ambailan'ny efitry izy jiaby, nandongalitra, ary nivavaka; avakeo nitodiky tamin'ny lehy razagna, nivaolagna izy nagnanjao: "Tabita, mitsangàna."⁴¹ Dia nanaokatra masony izy aviteo, ary nahita Petera izy dia niarigny. Avakeo nanôlo-tagnagna azy Petera ary nampitsangagna azy; ary koafa nagnantso reo mpino ndraiky reo mpitondra taigna izy, dia naboakany taminjareo ny fahavilaomany.⁴² Nanjary hay nagnairagna Jopa jiaby zany raha zany, aveo ôlogno maro no nino ny Tompo.⁴³ Tamin'ny zany Petera dia nidôko andro maromaro niaraka tamin'ny lehy lalahy araiky antsôvigny hoe Simona tao Jopa, zay mpandoko hôditry.

Chapter 10

¹Ary nisy lalahy araiky tao amin'ny tanagnan'ny Kaisaria, ata hoe konelio, kapitenin'ny reo antoko Miaramila Italiana.² Lalahy mpivavaka izy, lehy araiky zay midaira Zagnahary miaraka amin'ny fianakaviany jiaby; nagnamia vaola maro reo zay tao agnatin'ny tsy fahampiagna izy, ary nivavaka lalandava tamin-jagnahary.

⁷Koafa lôsogno lehy anjely zay nikoragna taminazy, dia nagnatso ny aroa tamin'ny mpanompony tao an-tragnony i Kornelio, aveo miaramila mpivavaka araiky tamin'ny reo zay nanompo azy. ⁸Kornelio nagnambara taminjareo zay jiaby nitranga avakeo nandaifa zareo tagny Jopa.¹³ Dia nisy feo nivaolagna taminazy nagnanjao: "Mitsangàna, Petera, mamono aveo mihinàna." ¹⁴Fao Petera nivaolagna nagnanjao: "Tsia, Tompo; fao mbôla tsy nihinagna raha zay voarara ndraiky tsy madio velively zaho." ¹⁵Naifa tonga taminazy fagnindroany ndremandaiha lehy feo nagnanjao: "Zay nidiovin-jagnahary, dia tsy antsôvigny hoe fady." ¹⁶Niboaka in-telo zany; ary teo lehy fikajiagna dia nimpôdy nakatra samby teo tagny an-dangitry.¹⁷ Ary koafa very hevitra mahakasiky ny dikan'ny lehy fahitagna zay hitany Petera, tô, reo lalahy zay nalafan'i Kornelio nitsangagna nagnoloagna tamiagna, aveo zareo nagnontany zay lalan-jareo magna an-tragno.¹⁸ Dia nagnantso zarel avakeo nagnontany Simona, nantsôvigny faogna koa hoe Petera, zay nijanogno teo.¹⁹ Raha mbôla nieritreritra mahakasiky lehy fahitagna Petera, nivaolagna tamin'ny Fagnahy nagnanjao: "Tô, lalahy telo no mizaha anao. (Fagnamarihagna: Ny amin'ny dikan-teny talaoha nagnanjao: "Lalahy aroa no mitady anao" na "misy lalahy sasantsasany mitady anao.") ²⁰Mitsangàna aveo mijotsoà kay miaraha amin-jareo. Aza misalasala miaraka aminjareo, satria zaho no nagnandaifa zareo.

²¹Aveo Petera nijôso tagny amin'ny reo lalahy reo kay nivaolagna nagnanjao: "Zaho lehy zahavanareo. Ino antony navianareo?"²² Hoizy zareo: "Ny kapiteny antsôvigny hoe Kornelio, lalahy marigny ary ôlogno zay midaira Zagnahary, aveo tsara laza akagny amin'ny firenena'ny Jiosy jiaby, zay nikoragnin'ny anjely masin-jagnahary mbô halaka anao hoagny an-tragnonazy, noho zany dia afaka mitandregny ny hafatra avy aminao izy."²³ Dia nagnasa zareo hiditry ndraiky hijanogno hiaraka aminazy Petera. Ny amaraigny igny nitsangagna izy kay niaraka taminjareo, avakeo ny sasany tamin'ny reo rahalahy avy akagny Jopa dia nagnaraka azy.²⁷ Raha mbôla nikoragna niaraka taminazy i Petera, niditry izy ary nahita ôlogno maro niara-nivôry. ²⁸Hoizy izy tamin-jareo: "Ny haigninareo mahay fao tsy ara-dalà amin'ny Jiosy ny miara-miasa na mamangy ôlogno avy amin'ny firenena hafa. Fao Zagnahary nahiregny taminaha fao tsy tôkony hagnantso ôlo-pady na tsy madi zaho. ²⁹Zany no antony nahatongavako tsisy fanakatsakanagna, koafa nirahiny zaho. Kay magnontany areo zaho magnanjao nagino areo magniraka zaho."³⁹ Atsika antomoan'ny reo raha vitan'i Jesôsy jiaby, tagny amin'ny tanin'ny Jiosy ndraiky tagny Jerosalema. Nivonon-jareo izy tamin'ny alalan'ny fagnantaogna azy teo amin'ny kakazo, ⁴⁰fao Zagnahary nanangagna azy tamin'ny andro fahatelo aveo nagnano zay hahitagna azy, ⁴¹tsy reo ôlogno jiaby, fao reo antomoa zay voafidin-jagnahary mialaoha-tamintsika zay nihinagna ndraiky nigiaika niaraka taminazy tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty.⁴⁶ Fao regnin-jareo reo Jentilisa zay mivaolagna amin'ny reo fivolagnagna hafa ndraiky mankalaza Zagnahary. Dia namaly Petera:⁴⁷ Moa misy ôlogno afaka mitagna rano mbô tsy hanaovagna batisa zareo, reo ôlogno zay nalaka ny Fagnahy Masigny karaha atsika koa? ⁴⁸Dia nagniraka zareo mbô ho tsabogny batisa amin'ny agnaran'i Jesôsy Kristy izy. Aviteo nangataka azy zareo mbô hibidôko hiaraka amin-jareo mandritry ny andro vitsivitsy.

Chapter 11

¹Ary reo apostoly ndraiky reo rahalahy zay tagny Jodia naharegny fao reo Jentilisa faogna koa nalaka Vaolagna Zagnahary.²Koafa nakatra tagny Jerosalema Petera, reo zay tao amin'ny antokony reo voafora dia nanakagna azy; ³hoizy zareo: "Anao nikambagna niaraka tamin'ny reo lalahy tsy voafora sady nihinagna niaraka taminjareo!"⁴Fao Petera nanomboko nagnazava ny raha nisy taminjareo tamin'ny antsipiriany; hoizy izy nagnanjao: ⁵"Nivavaka tagny amin'ny tanàgnan'ny Jopa zaho, aveo nahita fahitagna ny amin'ny fisin-draha araiky zay nijôtso, karaha lamba gaida nahidigny avy akagny an-dangitry tamin'ny reo zôrony aifatra zaho. Nijôtso taminaha zany. ⁶Niatriky zany zaho avakeo nandinindiniky mahakasiky zany. Nahita reo biby manan-kongotro aifatra ny tany, reo biby dia, reo biby mandady, ary reo vôrognô egny amin'ny langitry zaho."¹⁵Raha voh nanomboko nivaolagna taminjareo zaho, ny Fagnahy Masigny tonga taminajareo, karaha ny nijotsoany taminay tagny am-boalaohany. ¹⁶Tsaroako ny vaolagna Tompo, ny nivolagniny nagnanjao: "Jaona nitsabo batisa tamin'ny rano tatô be; fao areo mila tsabogny batisa ao amin'ny Fagnahy Masigny."²²Reo vava mahakasiky zareo dia tonga tegny an-tsôfignin'ny fiangonagna tao Jerosalema, ary zareo nagniraka Barnabasy zisiky Antioka.²³ Koafa tonga izy kay nahita fagnomaizan-Jagnahary, dia ravoravo izy; ary izy nampahery azy jiaby mbô hibidôko miaraka amin'ny Tompo amin'ny fônjareo jiaby.²⁴Satria izy lalahy tsara salakady feno Fagnahy Masigny ndraiky finoagna, ary ôlogno maro no nisôsoko hoan'ny Tompo.²⁵Dia nandaiha nagnagny Tarsosy i Barnabasy mbô hizaha Saoly. ²⁶Koafa hitany izy dia nindesiny tagny Antioka. Aveo nandritra ny herintaogno piky zareo niara-nivôry tamin'ny fiangonagna aveo nampianatra ôlogno maro. Reo mpianatra dia nantsôvigny hoe kristiana tao Antioka.²⁷ Ary tamin'ny zany dia nisy mpagnazary maromaro nijôtso avy tagny Jerosalema nagnagny Antioka. ²⁸Araiky taminjareo, i Agabo no agnantsaovagna azy, nitsangagna ary notoroin'ny Fagnahy fao hoisy silagno gaida hisy magnairantany. Nisy zany tamin'ny andron'i Klaodio²⁹Noho zany, reo mpianatra, araka ny fahafahan'ny tsiraikiraiky aby, dia nanapa-kevitry ny hagnandaifa fagnampiagna hoan'ny reo rahalahy tagny Jodia. ³⁰Nagnano zany zareo; Nagnandaifa vaola hoan'ny reo sojabe zareo tamin'ny tanagnan'i Barnabasy ndraiky Saoly.

Chapter 12

³Ary koafa hitany fao naharavo reo Jiosy zany, dia nagnano zay hanambaoragna Petera koa izy. Zany dia nandritry ny andron'ny môfo tsisy masimasigny.⁴Koafa avy nisambôrigny izy, dia natany tagny an-gadra izy ave nanendry miaramila aifafatra toko hiambigny azy, nikasa hinday azy eo amin'ny ôlogno afaran'ny Paska izy.

⁵Noho zany dia nitanagna tan-gadra Petera, fao ny vavaka dia nitsabony reo zay tao ampiangonagna taïna mafy tamin-Jagnahary aminazy. ⁶Ny aligny alaohan'ny hindaisan'i Heroda azy hitsaraigny, Petera nandry teo agnailagnailan'ny miaramila aroa, voatady tamin'ny tady aroa, raha mbôla nijanogno niambigny fonja ny mpiambigny telo alaohan'ny tamiagna.⁷Tô, nisy anjelin'ny Tompo niboaka tampoko teo nariny azy, avakeo nisy hazavagna nangilangilatra tao agnatin'ny hefitry fonja. Namboko Petera teo amin'ny ilany izy avakeo nagnonjogno azy kay nagnanjao: "Mitsangàna malaky," ary reo tadinazy niala tamin'ny tagnany. ⁸Ny anjely nivaolagna taminazy nagnanjao: "Anaovy lamba ny haïgninao avakeo atôvy kiraronao." Dia natan'i Petera araka zany. Ny anjely nivaolagna taminazy nagnanjao: "Atôvy ny akanjona ambailany ary magnaraha zaho."⁹Dia nagnaraka lehy anjely Petera ary niboaka. Tsy hainy fao reo zay nitsabon'ny anjely dia taïna izy. Nihevity izy fao nahita fahitagna.¹⁰ Koafa avy nadalo teo amin'ny mpiambigny voalaohany ndraiky faharoa zareo, dia tonga teo amin'ny tamiagna vy zay mitondra mankagny amin'ny tanàgna; nisaokatra hoazy tamin-jareo zany. Niboaka zareo aveo nijôtso tamin'ny lalagna araiky, ary lehy anjely niala azy sambite.¹³Koafa nagnonkogno tam-baravaragna izy, nisy mpanompo vaiavy araiky antsôvigny hoe Roda tonga namaly.¹⁴ Koafa hainy ny feon'i Petera, tamin-Karavoagna dia tsy nahavita nanaokatra tamiagna izy; fao ndraiky, nandaiha nihazakazaka nandaiha an-tragno izy, nikoragniny fao Petera nitsangagna antamiagna.¹⁵Dia nivaolagna taminazy zareo fao: "Laifaka anao." Fao nihizingiziginy izy fao zany no izy. Nivaolagna zareo: "Ny anjelyny zany."¹⁶Fao Petera nanôhy nagnonkogno, aveo koafa nisokoafin-jareo tamiagna, dia nahita azy zareo aveo gaga.¹⁷Petera nagnetsiky tagnany taminjareo mbô hangigny, aveo nivolagniny tamin-jareo ny fomba nindaisan'ny Tompo azy niboaka fonja. Hoizy izy: "Volagno akagny amin'i Jakoba ndraiky reo rahalahy zany raha zany." Dia niala izy ary nandaiha tagny tamin'ny toairagna hafa.²⁰Ary Heroda vingitry mafy tamin'ny vahoakan'i Tyra ndraiky Sidona. Niara-nagnagny aminazy zareo. Nandresy lahatra Blasto zareo, lehy mpagnampin'ny mpanjaka, mbô hagnampy zareo. Dia nangataka fihavanagna zareo, satria ny tanàgnan-jareo dia mandray ny hanigny avy amin'ny mpanjakan'ny tanàgna.

²¹Tamin'ny andro voatôndro Heroda dia nampiankajo ny haïgniny ankanjony mpanjaka aveo nidôko teo amin'ny dabilao fiandrianana; nikabary tamin-jareo izy.²²Nangaiky ny vahoaka: "Zany dia feon-jagnahary, fao tsy nihin'ôlogno!"²³Samby teo nisy anjelin'ny Tompo namely azy; satria tsy magnamia vogninahitry Zagnahary izy; nihoan'ny hankagna izy dia maty.

Chapter 13

⁶ Ary koafa namakivaky nôsy araiky jiaby magnagny Pafosy zareo, nahita mpagnano aôdy, zay mpagnazary Jiosy sandoko, ary ny agnarany dia Bara Jesosy.⁷ Mpagnano aôdy zay niara-niasa tamin'ny reo governora, Serjio Paolosy, zay lalahy taigna mahay. Nisambôrigny lalahy io Barnabasy ndraiky Saoly, satria te hagnaboaka vaolagna Zagnahary izy. ⁸Fao Elimasy "Mpagnano aôdy" (zany no nandikagna ny agnarany) nanohitry zareo; ary niaizaka ny hagnôdigny ny governora hiala amin'ny finoagna izy. ¹⁹ Ary koafa avy nandrava firenena fito tagny amin'ny tany Kanana izy, dia namaizany vahoakantsika ny tanin-jareo mbô ho laova. ²⁰ Zany raha jiaby niboaka zany afa tamin'ny faha dimampôlo ndraiky aifa-jato taogno. Tafaran'ny zany raha jiaby zany, Zagnahary nagnamia mpitsara zareo mandra-piavin'i Samoela mpagnazary.²³ Fao avy amin'ny tamingan' lalahy io no hindaisan-Jagnahary mpagnavotro Israely, dia Jesôsy, araka zay afa nampanantenainy tsabogny.²⁴ Nanomboko niboaka zany, talaohan'ny nahatongavan'i Jesôsy, Jaona nagnambara voalaohany tamin'ny vahoakan'Israely jiaby mahakasiky batisan'ny fibaibahagna.²⁵ Satria Jaona afa nahavita ny asany, dia hoizy izy: "Zôvy no hieritreretinareo zaho? Tsy zaho lehy Izy. Fao tandrignaiso, hoisy araiky hoavy afarako, ary ny kiraron'ny tongony tsy hagnaiva zaho ny hamaha azy."²⁶ Oa rahalahy, zanaka avy amin'ny tamingan'ny Abrahama, ary zay midaira Zagnahary jiaby eo aminareo, hoantsika no nandifasany zany hafatra mahakasiky famonjiagna zany. ²⁷ Fao reo zay mibidôko akagny Jerosalema, ndraiky ny mpitondran-jareo, dia tsy nahay azy, kay tantairaka njareo ny nambaran'ny mpagnazary zay vakigny isan- tsabata ny amin'ny fagnamelaohagna azy.²⁸ Na dia tsy mahita antony tsara hamonoagna azy aby zareo, dia nangataka tamin'i Pilato faogna mbô hamono Azy.²⁹ Koafa tantairaka njareo ny raha jiaby zay voasaoratra mahakasiky Azy, dia nampidirinjareo tagny amin'ny kakazo Izy aveo nampandregny tampusagna.³² Noho zany zahay mivaolagna aminareo ny vava maharavo zay nampanantenain-Jagnahary tamin'ny ladantsika zay afa haifany hoantsika,³³ zanaka njareo, tamin'ny nananganany Jesôsy. Araka zay afa voasaoratra ao amin'ny Salamo faharoa magnanjao: "Zanako Anao, niany dia hanjary ladanao Zaho."³⁴ Ny antony nananganagna azy tamin'ny maty dia ny mbô tsy haharatra bariky dintany ny vatany, Zagnahary nivaolagna nagnanjao: "Hamaizako areo ny fitahiagna masigny ndraiky azo antoko nampanantenaigany Davida."⁴⁰ Kay mitandraima mbô tsy hiboaka aminareo zay raha nivolagnin'ny mpagnazary magnanjao: ⁴¹"Tô, areo mpagnano tsinotsinona, ho gaga ary ho levogno. Fao Zaho magnano asa amin'ny andronareo, Asa zay tsy ninoanareo velively, na dia misy ôlogno nagnambara zany aminareo aby."⁴⁶ Fao Paoly ndraiky Barnabasy nivaolagna am-pahasakiagna aveo nagnambara: "Ilaigny ho voavaolagna aminareo alaoha ny vaolagna n-Jagnahary. Fao koafa manosiky zany areo aveo mihevitry ny haigninareo ho tsy magnaiva ny fiainagna bariky dintany, dia tô, himpôdy akagny amin'ny jentilisa zahay."⁴⁷ Araka zay afa nandidian'ny Tompo zahay, magnanjao: "Nadôko mbô ho fahazavan'ny Jentilisa areo, zany no tôkony hindaisanareo fagnavaotagna amin'ny reo zay akagny amin'ny fara-vazantany."⁴⁸ Koafa nahiregny zany ny Jentilisa, dia ravo aveo nidaira ny vaolagna Tompo. Avakeo fôntry reo zay voatendry hoamin'ny finoagna ny fiainagna bariky dintany no nino. ⁴⁹ Ary ny vaolagna Tompo niparitaka airaka ny faritry jiaby.

Chapter 14

¹Ary tamin'ny zany tao Ikonioma Paoly ndraiky Barnabasy niaraka niditry tao amin'ny Synagoga'ny Jiosy kay nikoragna tam-pahavitrihagna aveo ny vahoaka maro Jiosy ndraiky Grika nino. ²Fao Jiosy zay tsy nankatô ndraiky dia nagnakoratagna ny fisaingan'ny Jentlisa kay nahatonga zareo hanohitry reo rahalahy. ⁵Koafa nagnandragina nandresy lahatra ny mpitariky zareo ny Jentlisa ndraiky Jiosy mbô hamono aveo hanopy vato Paoly ndraiky Barnabasy, ⁶dia nanjary nivôny zareo ary nilaifa nalaky tao an-tanàgnan'ny Lykaonia, Lystra ndraiky Derbe, aveo reo tanàgna mangôlotro ny faritry, ⁷kay tagny zareo no nagnambara vava maharavo. ⁸Nisy lalahy araiky nibidôko tao Lystra, malemy tongotro, rango am-bôkondreniny, zay afa tsy nandaiha lettry zay. ⁹Io lalahy io naharegny Poly nivaolagna. Paoly nagnatriky azy tsara teo amin'ny masony kay nahita fao managna finoagna ny hahivagna izy. ¹⁰Koa nivaolagna tamin'ny feo mahery nagnanjao: "Mitsangàna amin'ny hongotroa." Noho ny aviteo lehy lalahy dia nitsambotsamboagna aveo nandaiha teo amin'ny magnodidigny. ²¹Aveo zareo nagnambara vava maharavo tao amin'ny zany tanàgna zany kay nahazo mpianatra maro, nimpôdy tao Lystra zareo, tagny Ikonioma, ndraiky tagny Antiokia. ²²Zareo nanôhy nampahery ny fagnahin'ny reo mpianatra aveo nampirisy azy mbô hanôhy akao amin'ny finoagna, sady nivaolagna fao: "Tsy maintsy amin'ny fahoriagna maro no hidirantsika akao amin'ny fanjakan-Jagnahary." ²³Koafa nanendry sojabe ho nihinjareo teo amin'ny isam-piangonagna zareo, ndraiky nivavaka tamin'ny fifadian-kanigny, natôlotro njareo ho nihin'ny Tompo zany, zay ninoanjareo. ²⁴Dia nandalo tamin'ny Pisidia zareo kay tonga tao Pafilía. ²⁵Koafa nagnambara ny vaolagna tao Perga zareo, dia nandaiha nijôtso tagny Atalia. ²⁶Avy teo zareo no nandaiha sambo nijôtso hoagny Antokia, zay nazahoan-jareo fahasoavan-Jagnahary hoan'ny asa zay vitan-jareo avaizo. ²⁷Koafa homby tao Antiokia zareo ary namôry niaraka ny fiangonagna, dia nitatitry raha jiaby zay haifan-Jagnahary taminjareo, ndraiky hoe akôry no namoahany tamiagnan'ny finoagna aminjareo Jentilisa. ²⁸Dia nijanogno fotoagna aila niaraka tamin'ny reo mpianatra zareo.

Chapter 15

¹Ny ôlogno sasany dia nijôtso avy tagny Jodia zisiky Antiokia aveo nampianatra reo rahalahy, kay nivaolagna nagnanjao: "Raha tsy vita famoragna araka ny fomba fatan'i Mosesy areo, dia tsy ho voavonjy areo."²Zany dia nitondra Paoly ndraiky Barnabasy tao agnaty tsy fifankahazoagna ndraiky ady hevitra tamin-jareo. Noho zany Paoly ndraiky Barnabasy dia voatendry niaraka tamin'ny sasany hafa taminjareo hakatra akagny Jerosalema mbô hitratro amin'ny reo apostoly ndraiky reo sojabe mahakasiky zany fagnontaniagna zany.³Noho zany zareo, nalaifan'ny fiangonagna, dia namakivaky Foinika ndraiky Samaria ary nagnambara ny fiovam-pônjareo Jentilisa. Zareo ninday hafaliagna gaida tamin'ny reo rahalahy jiaby.⁴Koafa homby tao Jerosalema zareo, dia niraisin'ny fiangonagna ndraiky reo apostoly aveo reo sojabe, kay nitatitry reo raha jiaby zay nitsabon-Jagnahary taminjareo.⁵Naifa ny ôlogno sasany zay nino, zay tao amin'ny tariky reo Fariseo, dia nitsangagna aveo nivaolagna nagnanjao: "Ilaigny ny magnano famoragna zareo ndraiky mibeko zareo hitandrigny ny lalàn'i Mosesy."⁶Noho zany reo apostoly ndraiky reo sojabe dia niaraka nivôry mbô handiniky zany raha misy zany.¹⁰Ary noho zany nagnino areo mitsapa Zagnahary, hoe tôkony hambilanareo zioga eo amin'ny vôzogno reo mpianatra naifa na ny razantsika na atsika aby tsy mahavita milanja? ¹¹Naifa mino atsika fao ho voavonjy amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Tompo Jesôsy, mitôvy zareo faogna koa."¹²Ny ôlogno jiaby dia nitagna fahanginagna nandritran'ny nitandrignaisanjareo Barnabasy ndraiky Paoly mitatitry reo famantaragna ndraiky reo fahagagagna niasan-Jagnahary zay niasa tamin'ny reo Jentilisa tamin'ny alalan-jareo.¹³Koafa avy nijanogno nikoragna zareo, dia namaly Jakoba nivaolagna nagnanjao: "Oa rahalahy, tanidrignaiso zaho."¹⁴I Simeona dia afa nagnambara ny fomba nampianarin-Jagnahary tam-pahasoavagna voalaohany reo Jentilisa mbô halaka aminjareo ôlogno ho amin'ny agnarany.¹⁵Reo koragnan'ny reo mpagnazary dia mahakasiky zany, araka ny voasaoratra nagnanjao: ¹⁶Afaran'ny reo raha reo dia himpôdy zaho, avakeo hanangagna indraiky ny tragno lain'i Davida zaho, ¹⁷zay afa lavo; Hagnamboatra aveo hagnampôdy amin'ny naniny indraiky reo faharatrany zaho, mbô hitady Tompo reo ôlogno tavailla, ao agnatiny zany reo Jentilisa jiaby zay antsôvigny amin'ny agnarako.¹⁸Zôvy no nivolagnan'ny Tompo, reo zay afa nagnano reo raha reo zay afa hay tamin'ny reo razambe fahiny. (Fagnamarihagna: Reo dikan-teny sasany talaoha dia mivaky karaha zao: "Zao no nivolagnin'ny Tompo, aminjareo zay hay tamin'ny andro fahigny ny asany jiaby."¹⁹Noho zany, ny hevitra naha dia, tsy tôkony hagnakorontagna reo avy amin'ny Jentilisa zay nitodiky tamin-Jagnahary atsika.²⁰Fao atsika hanaoratra amijareo fao tsy maintsy miala amin'ny fahalotoan'ny reo sampy zareo, amin'ny fahavaitavaitagna, aveo amin'ny hainan'reo bibi voakainda, ndraiky amin'ny lin-jareo.²¹Satria Mosesy dia afa nikoragnigny tamin'ny isan-tanàgna tamin'ny andro fahiny avakeo izy dia vakigny ao amin'ny reo Synagoga isaky ny Sabata."²²Dia karaha tsara amin'ny reo apostoly ndraiky reo sojabe, niaraka tamin'ny fiangonagna jiaby, ny hifidy Joda zay antsôvigny hoe Barnabasy, ndraiky Silasy, zay mpitariky fiangonagna, sady hagnandaifa zareo akagny Antokia miaraka amin'i Paoly ndraiky Barnabasy.²³Zareo dia nanaoratra toy: "Rango amin'ny reo apostoly ndraiky reo sojabe, reo rahalahinareo, zisiky amin'ny reo rahalahy avy akagny Jentily akagny Antiokia, Sira, ary Kilikia: Arabia!"²⁴Atsika dia afa nahiregny fao reo ôlogno sasany dia niala tamintsika, tsisy beko avy amintsika, aveo nagnelingeligny areo tamin'ny reo fampianaragna zay nampikorontagna ny fagnahinareo.²⁵Zao no izy, zahay jiaby dia afa nagneky ny hifidy reo lalahy ndraiky hagnandaifa zareo akagny aminareo miaraka amin'i Barnabasy ndraiky Paoly tianay,²⁶ lalahy zay nagnano ny aigniny tsy ho raha ho an'ny agnaran'i Jesôsy Kristy Tompontosika.²⁷Noho zany zahay dia magniraka Joda ndraiky Silasy, zay hivaolagna aminareo io raha io faogna amin'ny koragnan-jareo manaokagna. ²⁸Fao karaha tsara amin'ny Fagnahy Masigny ndraiky aminay, ny tsy hampitondra areo aintagna gaida noho reo raha taigina ilaigny reo: ²⁹mbô hialanareo amin'ny reo raha nitsabonareo ho fagnatitry amin'ny reo sampy, lio, reo raha voakainda, avakeo avy amin'ny fahavaitavaitagna. Raha mitandrigny ny haigninareo amin'ny zany areo, dia ho tsara aminareo zany. Veloma."³⁹Avakeo nisy tsy fifankazahoagna mafy, kay nisaraka zareo, aveo Barnabasy ninday Marka niaraka taminazy aveo nandaiha Sambo nagnagny Sipra.⁴⁰Fao Paoly nifidy Silasy ary nandaiha, tafaran'ny nagnamaizan-jareo rahalahy azy andraikitry hoan'ny fahasoavagna ny Tompo. ⁴¹Aveo izy nandaiha namakivaky Syria ndraiky Kilikia, kay nampatanjaka reo fiangonagna.

Chapter 16

¹Tonga tagny Derbe ndraiky Lystra faogna koa Paoly, avakeo tô, teo lehy mpianatra araiky antsôvigny hoe Timoty, zanaka lalahin'ny vaiavy Jiosy zay nino; Grika ny iadany.²Izy dia tsara laza tamin'ny reo rahalahiny zay tagny Lystra aveo Ikonioma.³Tian'i Paoly hira-dia aminazy izy; dia nalainy izy avakeo niforàny noho reo Jiosy zay teo amin'ny reo toairagna reo, satria hain'ny izy jiaby fao Grika iadany.⁴Raha nandaiha namakivaky reo tanàgna maro zareo, dia nanôlotro toromariky hoan'ny reo mpino mbô hankatô ny fampianaragna, zay nisoroatin'ny Apostoly ndraiky ny sojabe tao Jerosalema.⁵Kay nahay natanjaka tamin'ny finoagna ny fiangonagna aveo nitômbo isa isan'andro.⁶Nandaiha namakivaky faritry ny Frygia ndraiky Galatia Paoly ndraiky namany, satria niraran'ny Fagnahy Masigny zareo hagnambara ny vaolagna akagny amin'ny faritry Asia.⁷Koafa niditry narikitry Mysia, dia te-handaiha akagny Bitynia zareo, naifa nisakanan'ny Fagnahin'i Jesôsy zareo.⁸Kay nandalo tamin'i Mysia, dia nandaiha nijôtso tagny amin'ny tanàgnan'i Troasy zareo.⁹Nahita fahitagna Paoly tamin'ny aligny: lalahy araiky Makedoniana nitsangagna teo, nagnantso azy aveo nivaolagna nagnanjabo: "Avia atoy Makedonia ary avaoity zahay."¹⁰Koafa avy nahita ny fahitagna Paoly, dia nandaiha akagny Makedonia samby teo zahay, nahatsapa fao Zagnahary no nagnantso zahay mbô hitory ny vava maharavo amin-jareo.¹¹Nangantso noho zany avy akagny Troasy, dia nandaiha mahitsy hoagny Samatrakia zahay, avakeo nandaiha Neapolia zahay ny andro magnaraka.¹²Avy teo dia nandaiha nagnagny Filipy zahay, zay agnisan'ny tanàgna Makedonia, zay tanàgna bahery manan-danja akao amin'ny faritry ndraiky ny zana-tany Romanina, ary nidôko tao amin'ny zany tanàgna zany nandritra ny andro maro zahay.¹³Tamin'ny andron'ny Sabata dia nandaiha tagny ambailan'ny tamiagna narikitry renirano zahay, zay nieritreretinay fao misy toairam-pivavahagna. Nipaitraka zahay aveo nikoragna tamin'ny reo vaiavy zay niaraka homby teo.¹⁴Nisy vaiavy araiky atao hoe Lydia, mpivarotro lamba vôlemparasy avy akagny amin'ny tanàgnan'i Tyatria, zay nanompo Zagnahary, nitandregny zahay. Nanaokatra ny fôny ny Tompo hitandrigny ny vaolagna zay nivolagnin'i Paoly.¹⁵Koafa vita batisa izy ndraiky fianakaviagnany, dia nampirisy zahay izy, nivaolagna nagnanjabo: "Raha nitsara zaho ho mahatoky amin'ny Tompo areo dia midira ary midôha ao antragny." Ary nandresy lahatra zahay izy.¹⁶Koafa hitany reo tompony fao lôsogno lehy fanantenagna ny amin'ny tômbony ho nihinjareo, dia nisambôrin-jareo Paoly ndraiky Silasy ary nitaritigny zareo andaiha bazary teo agnatraihan'ny reo manam-pahefagna.¹⁷Koafa nitondra zare teo agnatraihan'ny reo mpitsara zareo, dia nivaolagna nagnanjabo: "Magnakorotagna tanàgnantsika reto lalahy reto. Jiosy zareo."¹⁸Magnambara fombo zay tsy ara-dalàgna hoan'ny Romanina ny magneky na mampihatra azy zareo.¹⁹Nagnodidigny misasak'aligny dia nivavaka Paoly ndraiky Silasy ary nihira fideragna Zagnahary, avakeo reo gadra hafa dia nitandregny zareo.²⁰Tampoko teo nisy horohorontany gaida, kay nampihôzonkôzogno fôtoto ny fonja; aveo nisaokatra samby teo ny vavaravaragna jiaby, ary nivaha ny tadin'ôlogno jiaby.²¹Taitry tamin'ny tôromas ny mpiambigny tragno mahizigny aveo nahita reo varavaran'ny fonja nisaokatra; nagnaboaka mesony izy kay tsôko hamo taigna, satria nieritreretiny fao nilaifa reo gadra.²²Fao nagnantso tamin'ny feo mafy Paoly, nagnanjabo: "Aza mandratra hagninao, satria ato jiaby zahay jiaby."²³Nampagnantso jiro lehy mpiambigny tragno mahizigny aveo niditry malaky tagnatiny, nangôrohôro noho ny hamboriagna, niondriky teo agnatraihan'i Paoly ndraiky Silasy,²⁴ary ninday zareo niboaka aveo nivaolagna nagnanjabo: "Tampoko, ino no tsy maintsy tsaboky biaka voavonjy?"²⁵Hoizy zareo nagnanjabo: "Minoa Tompo Jesôsy, dia ho voavonjy anao, ana ndraiky ny fianakaviagnanao."²⁶Nitory ny vaolagna Tompo taminjareo, niaraka tamin'ny ôlogno jiaby tan-tragnony.²⁷Avakeo nandray zare tamin'ny aligny tamin'ny fotoagna igny faogna lehy mpiambigny fonja, aveo nanasa bain-jareo, ary izy ndraiky reo jiaby tao amin'ny tragnony araiky jiaby dia nitsabogny batisa samby teo.²⁸Avakeo nivaolagna nakatra tao antragnony Paoly ndraiky Silasy aveo nagnamia hanigny teo agnatraihan-jareo izy, dia niravo tatô be izy niaraka tamin-jareo zay tantragnony, fao afa nino Zagnahary izy.²⁹Ary koafa maraindrainy ny andro, dia nagnandaifa vaolagna tamin-jareo mpiambigny reo mpitsara, nivaolagna nagnanjabo: "Ambilao handaiha reo lalahy reo."³⁰Nitatitry zany vaolagna zany tamin'i Paoly lehy mpiambigny, nivaolagna nagnanjabo: "Nampitondra vaolagna taminaha reo mpitsara mbô hagnambaila areo handaiha: noho zany zeo miboaha, avakeo mandihiana am-piadanagna."

Chapter 17

¹Ary koafa nandalo reo tanàgnan'ny Anfipolia ndraiky Apolonia zareo, dia tonga tao amin'ny tanàgnan'i Tesalonika zareo, zay nisy Synagoga'ny Jiosy.²Paoly, araka ny fomba fatany dia nandaiha aminjareo, ary niady hevitra niaraka tamin-jareo avy akao amin'ny Saoratra Massigny nandritra ny andro Sabata telo.³Nisokoafigny ny Saoratra Massigny aveo nazavaigny fao nilain'i Kristy ny nijaly ndraiky hitsangagna indraiky amin'ny maty. Hoizy Izy: "Io Jesôsy zay volagniky aminareo io no Kristy." ⁴Resy lahatra ny sasany tamin-jareo jiosy aveo nagnaraka Paoly ndraiky Silasy, agnisan'ny zany reo mpivavaka Grika maro anisa, ary tsy vitsy ny vaiavy mpitariky.⁵Fao reo Jiosy tsy mpino nentim-pialaognagna dia nangala reo ôlogno ratsy fagnahy avy agny bazary, namôry niaraka ny vahoaka, aveo nampitabataba ny tanàgna. Nanafiky tragnon'i Jasona, te hitondra Paoly ndraiky Silasy hiala vahoaka zareo. ⁶Fao koafa tsy hitanjareo, dia nitarihin-jareo Jasona ndraiky ny rahalahiny hafa sasany ho eo agnatraihan'ny manam-pahefagnan'ny tanàgna, nitomoagny, "Reto lalahy zay nampitsimbadiaky zao tontolo zao reto dia tonga aketo faogna koa." ⁷Reto lalahy zay nampidirin'i Jasona reto dia manohitra ny didin'i Kaisara; mivaolagna zareo fao misy mpanjaka hafa dia Jesôsy."⁸Voahelingeligny ny vahoaka ndraiky ny manam-pahefagna amin'ny tanàgna koafa naharegny zany raha zany. ⁹Fao koafa avy eo ny manam-pahefagna nampagnano ndraiky nampagnaifa vaola Jasona ndraiky lambiny mbô ho antoko, aveo zareo navaila handaiha zareo.¹⁹Nalaka Paoly zareo aveo ninday azy tao amin'ny Areopago, nivaolagna nagnanjao: "Afaka mamantatra zany fampianaragna vava zay nikoragninao zany moa zahay?" ²⁰Fao mitondra raha hafahafa tsy foregnin'ny sôfignay anao. Noho zany, te hahay dikan'ny zany raha zany zahay." ²¹(Ary ny Atena jiaby ndraiky ny vahiny nipaitraka dia nandany fatoagnany tamin'ny taisy faogna koa tamin'ny fagnambaragna na fitandrignaaisagna mahakasiky ny raha vava.)²²Kay nitsangagna teo agnison'ny Areopago Paoly aveo nivaolagna nagnanjao: "Areo lalahin'i Ateniana, hitako fao taigana relijiozy amin'ny fomba jiaby areo." ²³Fao raha nandalo zaho aveo nandiniky ny tanjogno ny fomb fanom-poam-pivavahagnareo, dia nahita alitara zaho misy tô saoratra tô: "Ho nihin-Jagnahary Tsy Hay." Ino noho zany no hivavahanareo akao amin'ny tsy fahaizagna, zany no volagniky aminareo. ²⁶Avy amin'ny ôlogno araiky no nitsaboany firenena jiaby hoan'ny ôlogno mbô hiaigny eo ambonin'ny tany, namaritra ny vanimpotoagnan-jareo ndraiky nanendry ny tany daohagna aveo ny andro iagnan-jareo, ²⁷kay mbô tôkony hitady Zagnahary zareo, raha koa mety hahatakatra ndraiky hahita Azy zare. Kanaifa mbôla tsy lavitra atsika tsiairaikiraiky aby Izy.³²Ary koafa nahiregny ny fitsanganagna amin'ny maty ny ôlogno Atena, dia nagneso Paoly ny sasany; fao ny sasany nivaolagna: "Hitandregny anao ndraimandaiha mahakasiky zany raha zany zahay." ³³Tafarany zay, niala zareo Paoly. ³⁴Fao ny sasany tamin'ny ôlogno nagnaraka azy aveo nino, tao agnatin'ny zany Dionysio Aeropagita, vaiavy antsôvigny hoe Damary, ary ny sasany niaraka tamin-jareo.

Chapter 18

⁴Kay niady hevitra tao amin'ny Synagoga isaka ny Sabata Paoly. Nandresy lahatra reo Jiosy ndraiky Grika izy. ⁵Fao koafa nijôtso avy tagny Makedonia Silasy ndraiky Timoty, dia nidaohan'ny Fagnahy hagnambara amin'ny reo Jiosy fao Jesôsy no Kristy i Paoly. ⁶Koafa nanohitra ndraiky nagnesoeso azy reo Jiosy, dia nagnaofahaofa lambany tagny aminjareo Paoly kay nagnanjao: "Ho eo amin'ny laohanareo tatô ny linareo; tsy manantsigny zaho. Fao manomboko zao dia hoagny amin'ny Jentilisa zaho." ⁷Dia niala teo izy aveo nandaiha nagnagny an-tragnon'i Titosy Josto, lalahy zay manompo Zagnahary. Ny tragnonazy nariny Synagoga. ⁸Krispo, mpitariky ny Synagoga, nino ny Tompo, niaraka tamin'ny reo jiaby zay nidôko tao amin'ny tragnonazy; ary maro tamin'ny reo Korintiana zay naharegny mahakasiky zany no nino ndraiky nitsabogny batisa. ⁹Ny Tompo nivaolagna tamin'i Paoly tamin'ny fahitagna ny aligny nagnanjao: "Aza ambory, aveo aza mangigny fao mivolàgna. ¹⁰Fao Zaho momba anao, aveo tsy hoisy ôlogno hahazo hagnano ratsy anao, fao managna ôlogno maro amin'ny tô tanàgna tô Zaho." ¹¹Nidôko tao herintaogno sy enimbaolagna Paoly aveo nampianatra ny vaolagna Zagnahary teo amin-jareo. ¹²Fao koafa nanjary governoran'ny Akaia i Galio, dia niara-nitsagnagna reo Jiosy hanohitra Paoly kay ninday azy teo agnatraihan'ny toairam-pitsaragna; ¹³nivaolagna zareo nagnanjao: "Io lalahy io mandresy lahatra vahoaka mbô hanompo Zagnahary zay mifanohitra amin'ny lalàgna." ¹⁴Galio nangala zare hiala teo amin'ny sezam-pitsaragna. ¹⁵Kay nanambotro Sostena izy jiaby, ny mpanapaka ny synagoga, aveo namboko azy teo agnatraihan'ny toairam-pitsaragna. Fao Galio tsy niraharaha zay nitsabon-jareo. ¹⁶Koafa nangataka Paoly mbô hijanogno aila aila zareo, dia tsy nagneky izy. ¹⁷Fao niala zareo izy, nivaolagna nagnanjao: "Mbôla himpôdy atoy zaho raha sitrapôn-Jagnahary zany." Dia nioandragna sambo niala tao Efesosy izy avy teo. ¹⁸Koafa taraiky tao Kaisaria Paoly, dia nakatra izy kay niarahaba ny fiangonan'ny Jerosalema aveo nijôtso nagnagny Antioky aveo. ¹⁹Koafa avy nibidôko fotoagna maromaro tao izy, dia nandaiha Paoly kay nitety reo faritra Galatia ndraiky Frygia avakeo nampahery mpampianatra jiaby. ²⁰Ary nisy Jiosy araiky nantsôviginy hoe: "Apolosy, tairaka tagny Aleksandria, havy tao Efesosy. Izy nahay nandahi-teny sady nahay tsara ny Saoratra Masigny. ²¹Apolosy nampianarigny tamin'ny fampianaran'ny Tompo. Mahafatra-pô amin'ny fagnahy, izy nivaolagna aveo nampianatra marigny reo raha mahakasiky Jesôsy, kanaifa ny batisan'i Jaona faogna no hainy. ²²Apolosy nanomboko nivaolagna ampahasakiagna tao amin'ny Synagoga. Fao koafa naharegny azy Prisila ndraiky Akoila, dia nangala azy hoegny amin'ny sisiny ary nagnazava taminazy taigna marigny ny lalan-Jagnahary. ²³Koafa nagniry mbô hamakivaky Akaia izy, dia nampahery azy reo rahalahy aveo nanaoratra amin'ny reo mpianatra tao Akaia mbô halaka azy. Koafa tonga izy, dia nagnampy reo zay nino tamin'ny fahasoavagna. ²⁴Apolosy nanohitra mafy reo Jiosy tamin'ny ady hevitra ampahibemaso, nagnaboaka tamin'ny alalan'ny Saoratra Masigny fao Jesôsy no Kristy.

Chapter 19

¹Ary raha mbôla tagny Korinty i Apolosy, dia nandalo tamin'ny firenena agnambo i Paoly ary tonga tao amin'ny tanàgnan'ny Efesosy, aveo nahita mpitsara sasany tao. ²Nivaolagna Paoly tamin'jareo: "Nahazo Fagnahy Massigny moa areo koafa nino?" Hoizy zareo tamin'ny: "Tsia, mbôla tsy naharegny mahakasiky Fagnahy Massigny aby zahay." ³Koafa nahiregny zany ny ôlogno, dia nitsabogny batisa tamin'ny agnaran'ny Tompo Jesôsy zareo. ⁴Avakeo koafa namaitraka ny tagnany tamin-jareo Paoly, dia nilatsaka tamin-jareo ny Fagnahy Massigny aveo nivaolagna tamin'ny fivolagnagna hafa ndraiky naminagny zareo. ⁵Teo amin'ny fotoagna aroa ambin'ny fôlo teo ho eo izy jiaby. ⁶Nitsôfotro tamin'ny Synagoga Paoly aveo nivaolagna am-pahasakiagna nandritry ny telo vaolagna, nandresy lahatra ndraiky nampagneky zareo ny mahakasiky fanjakan-Jagnahary. ⁷Fao koafa mafy fô ndraiky tsy nankatô reo Jiosy sasany, dia nanomboko nivaolagna ratsy ny lalagna teo agnatraihan'ny vahoaka zareo. Kay nilahaosany Paoly zareo aveo nindesigny reo mpianatra, nandresy lahatra zareo isan'andro tao amin'ny hefitragno fampianaran'ny Tiraniana. ⁸Nitôhy nandritry ny aroa tagno zany, kay zay jiaby nidôko tao Asia dia naharegny vaolagna Tompo, ary reo Jiosy ndraiky reo Grika. ⁹Zagnahary nitsabo asa mahagaga tamin'ny alalan'ny Paoly, ¹⁰kay na dia reo mosoara ndraiky aron'ankajo zay nikasiky azy aby dia natà tamin'ny marary kay nahivagna ny aretignin-jareo aveo niboaka avy tao amin'jareo reo fagnahy ratsy. ¹¹Fao nisy Jiosy mpalaka fagnahy ratsy nandaiha tegny an-toairagna. Nagnantso ny agnaran'ny Tompo Jesôsy zareo mbô hanagnanjareo angôvo hanohairagna fagnahy ratsy koafa nivaolagna zareo nagnanjao: "Amin'ny alaln'i Jesôsy zay nambaran'i Paoly, magniraka anao zaho mbô hiboaka." ¹²Ny mpisorogno Jiosy mitondra ny agnarany hoe Skeva ary nanan-janaka fito lahy no nagnano zany. ¹³Nisy fagnahy ratsy namaly zareo nagnanjao: "Haiky Jesôsy, aveo haiky Paoly; fao zôvy areo?" ¹⁴Ny fagnahy ratsy tao amin'ny lehy lalahy dia nantompy tamin'ny reo mpandroaka devoly avakeo niboaka tao amin'ny lehy tragno nitanjaka aveo naratra. ¹⁵Nanjary hainy jiaby zany, ndraiky reo Jiosy aveo Jentilisa, zay nipaitraka tagny Efesosy. Nanjary ambory mafy zareo, kay ny agnaran'ny Tompo Jesôsy dia namiam-bogninahitry. ¹⁶Aveo koa, maro tamin'ny reo mpino no nagnatogno avakeo nibaibaka ary niaiky raha ratsy zay vitan-jareo. ¹⁷Maro reo nisaoma aôdy no niaraka ninday bokin-jareo ndraiky nanôndro zany tampahibemason'ny tsiraikiraiky. Koafa nagnisa ny tômbom-barotro zareo, dia farantsa vaolafôtsy dimy aligny zany. ¹⁸Kay niparitaka tamin'ny fomba matanjaka ny vaolagna ny Tompo. ¹⁹Ary koafa nahavita ny asa fanompoagna tagny Efesosy Paoly, dia nanapa-kevitry tamin'ny fagnahy izy mbô handalo akagny Makedonia ndraiky Akaia tegny an-dalagna magnagny Jerosalema, nivaolagna izy nagnanjao: "Koafa avy akagny zaho, dia tsy maintsy magnagny Roma faogna koa." ²⁰Paoly nandaifa aroa tamin'ny reo mpagnampy azy andaiha akagny Makedonia, i Timoty ndraiky Erasto, zay nagnampy azy. Fao izy nivaolagna hijanogno fotoagna fohy tagny Asia. ²¹Hitanao ndraiky regninao zany, tsy tagny Efesosy faogna, fao tsôko magnairagna Asia jiaby, io Paoly io nandresy lahatra ndraiky nahatagno ôlogno maro. Mivaolagna izy fao tsisy zagnahary vita tamin'ny tàgnagna. ²²Fao nisy loza tsy hoe ny varotro ntsika faogna no tsy ilaigny eky, fao ny tempolin'ny zagnaharim-bavy gaida Diana faogna koa azo dinihigny ho tsisy dikany. Dia mety ho very vogginahitry izy avakeo, izy zay tompoin'ny Asia jiaby ndraiky zao tontolo zao. ²³Koafa naharegny zany zareo, dia feno havingiragna zareo kay nangaiky mafy, nagnanjao: "Goalahy i Dianan'i Efesosy." ²⁴Feno fifanjevonagna tao amin'ny tanàgna araiky jiaby, aveo niara-nifanaretsaka ho akao amin'ny tragno fanaovagna fampisehoagna an-tsehatra ny vahoaka. Voasambotro njareo reo mpiara-dia tamin'i Paoly, Gaio aveo Aristako, zay avy akagny Makedonia. ²⁵Ti hiditry tao amin'ny reo vahoaka maro Paoly, fao nisakanan'ny reo mpianatra izy. ²⁶Avakeo, ny sasany tamin'ny reo manam-pahefagna tao amin'ny faritry Asia zay namany dia nagnadaifa hafatra nangataka azy mafy tsy hiditry ao amin'ny tragno fanaovagna fampisehoagna an-tsehatra. ²⁷Ôlogno sasantsasany no nangaiky raha araiky, aveo nihiny sasany hafa, satria tao agnaty fisahotahagna ny vahoaka. Ny ankabeazan-jareo aby tsy mahay aby hoe nagnino zareo niaraka tonga. ²⁸Ny sasany tamin'ny reo vahoaka no nagnambara Aleksandra, zay natosiky reo vahoaka ho akagny alaohaka, kay nagnano fihetsiky tamin'ny tagnany i Alesandra, teo hagnamia fagnazavagna amin'ny reo zay nivôry. ²⁹Fao koafa nahay zareo fao Jiosy izy, dia nangaiky mafy tamin'ny feo araiky izy jiaby teo amin'ny fotoagna aroa, nagnanjao: "Goalahy ny Artemisin'ny Efesiana." ³⁰Koafa nampangigny vahoaka ny lehiben'ny tanàgna, nivaolagna izy nagnanjao: "Anao ôlon'ny Efesiosy, ôlogno zôvy no teo kay tsy nahay fao ny tanàgnan'ny Efesiana dia mpiambigny tempolin'ny Diana goalahy ndraiky sary zay nilatsaka avy akagny an-dangitry?" ³¹Avakeo hita aveo fao tsy azo lavigny reo raha reo, tôkony hangigny areo kay tsy hagnano na ino na ino tsy am-pihevairagna. ³²Fao nindessin-jareo aketo amin'ny fitsaragna reo lalahy reo zay sady tsy mpandratra tempoly no tsy mpivaolagna ratsy ny zagnaharim-bavintsika.

Chapter 20

⁴Nagnaraka azy zisiky Asia lavitry akagny i Sopatera zanaka lahin'i Pyro avy akagny Beria; Aristarko ndraiky Sekono, samy avy amin'ny reo mpino Tesalonika; Gayo avy akagny Derbe; Tymoty, ary Tykiko ndraiky Trofimo avy akagny Asia. ⁵Fao reo lalahy reo afa nandaiha alaohakanay aveo nandigny zahay tagny Troasy. ⁶Nitikigny sambo niala tao Filipy zahay tafaran'ny andro fihinanagna môfo tsy masigny, aveo tagnatin'ny dimy andro avy tagny amin-jareo tagny Troasy zahay. Ary nidôko tao zahay nandritra ny fito andro. ⁷Teo amin'ny tamian-kely no nipaitraka tô tôvolahy nantsôvigny hoe Eotika, zay latsaka tao agnaty tôromaso. Raha nikoragna taigna naharitry Paoly, tôvolahy io, mbôla nandry, latsaka avy agny amin'ny etazy fahatelo ary koafa naregnigny izy hita fao afa maty. ¹⁰Fao Paoly nijôtso, namavatra tagnany tao aminazy, aveo nitôlogno azy. Avakeo izy nivaolagna nagnanjao: "Aza malahelo eky, fao velogno izy." ¹³Atsika lasite no nandaiha alaohan'i Paoly tamin'ny sambo avakeo nandaiha sambo andaiha akagny Aso, fao akagny no kasainay handraisagna Paoly. Zany no fagniriany izy hagniny ho atao, satria nagniry handaiha an-tanety izy. ¹⁴Koafa nitratro taminay tagny Aso izy, dia nindessinay tamin'ny sambo izy kay nagnagny Mitylena. ¹⁷Avy akagny Mileto no nandifasany lalahy ho akagny Efesosy ary nampagnantso ny sojaben'ny fiangonagna handaiha aminazy. ¹⁸Koafa tonga tao aminazy zareo, nivaolagna taminjareo izy nagnanjao: "Areo haigininareo mahay, zisiky ny andro voalaohany nandiavako Asia, hoe karaha akôry no nandaniako fotoagnako niaraka taminareo. ¹⁹Zaho nanompo lalandava ny Tompo tamin'ny fanitrian-taigna jiaby ndraiky ranomaso, avakeo tao agnaty fijaliagna no niboaka taminaha zany nohon'ny teti-dratsin'ny reo Jiosy. ²⁰Areo mahay fao tsy nitagna fahanginagna tamin'ny fagnambaragna taminareo jiaby zay nilaigny zaho, ndraiky ny fomba nampianarako areo teo amin'ny mason'ôlogno ary tamin'ny isan-tragno, ²¹nitsanganako antomoa teo amin'ny reo Jiosy ndraiky reo Jentilisa mahakasiky ny fibaibahagna amin-Jagnahary ndraiky ny finoagna ao amin'i Jesôsy Tompontosika. ²⁶Noho zany tandremo ny mahakasikin'ny haigininareo, ndraiky mahakasiky reo ondry jiaby zay nambailan'ny Fagnahy Masigny areo. Mitandraima amin'ny mpiambigny ondrin'ny fiangonan-Jagnahary, zay nividiny tamin'ny liny zeraiky. (Fagnamarihagna: koa raha aohatra "Tamin'ny liny zeraiky" ny amin'ny antontataratasy fahiny dia mivaky magnanjao: "Tamin'ny lin'ny zanaka lahiny zeraiky.") ²⁹Haiky fao afaran'ny fandihianako, hoavy eo aminareo reo amboadia masiaka ary tsy havavy amin'ny reo ondry. ³⁰Haiky fao na dia avy aminareo aby dia hoisy ôlogno hoavy aveo hagnaova ny marigny mbô hitariky reo mpianatra hagnaraka zareo. ³³Tsy nagniry vaolafôtsy, na vaolamaina, na lamban'ôlogno zaho. ³⁴Areo haigininareo no mahay fao reto tanàgna reto no nanôlotro zay nilaiky aveo reo nilain'ny reo zay niaraka taminaha. ³⁵Tamin'ny raha jiaby no nagnamaizako aohatra areo ny fomba tôkony hagnampianareo reo malemy amin'ny alalan'ny asa, aveo ny fomba hahatsaraovanareo reo koragnan'i Tompo Jesôsy, tegny zay nambarany izy haigininy nagnanjao: "Taigna Mahasambatra ny magnamia noho ny mandray." ³⁶Koafa avy nivaolagna hotra zany izy, dia nandongaalitry aveo nivavaka niaraka tamin'izy jiaby. ³⁷Nisy fitomagnigna be teo aveo nitôlogno Paoly ndraiky nagnôroko azy zareo. ³⁸Nalahelo ny maro tamin-jareo noho zay nivolagniny, nagnanjao: zareo tsy hahita haigininy eky. Avakeo nagnatitry azy tegny amin'ny sambo zareo.

Chapter 21

¹Koafa niala taminjareo zahay dia nandaiha sambo, ary nandaiha lala-mahitsy nagnagny amin'ny tanàgnan'i Kosy, nagnagny amin'ny tanàgnan'i Rody ny andro magnaraka, ary avy akao nagnagny amin'ny tanàgnan'i Patara. ²Koafa nahita sambo nitsaka nagnagny Foinika zahy, dia niditry tao zahay kay nandaiha sambo. ³Koafa avy nahita Kyprosy, dia namaila zany vaolagna tegny andafirôn'ny sambo, nandaiha sambo hoagny Syria zahay aveo taraiiky tao Tyro, toairagna zay nagnamboahan'ny reo tantsambo ny aintagna tao agnaty sambo. ⁴Koafa nahita reo mpianatra zahay, dia nijanogno tagny nandritra ny fito andro. Tamin'ny alalan'ny Fagnahy dia nandresy lahatra Paoly zareo mbô tsy handaiha akagny Jerosalema. ⁵Koafa tapitry ny andronay tagny, dia niala tao zahay kay nandaiha tamin'ny lâlagnay, aveo izy jiaby, niaraka tamin'ny reo vady aman-janany, nagnaraka niboaka tao amin'ny tanàgna. Ary nandongoalitra tegny amôron-dranomasigny dia nivavaka aveo⁶ nifagnano veloma. Dia niditry tagnaty sambo zahay, aveo zareo nimpôdy tagny an-tragnony. ⁷Koafa vitanay ny dia tagny Tyro, dia tonga tagny Ptolemais zahay. Tagny nitratro tamin'ny reo rahalahy aveo nijanogno andro araiiky niaraka taminjareo. ⁸Ny amaraingny niala tao zahay aveo nandaiha tagny Sezarea. Niditry ny tragnon'i Filipino atsika, evanjelista, zay araiiky tamin'ny reo fito, aveo nijanogno niaraka taminazy zahay. ⁹Zeo lalahy io nanan-janaka vaiavy virijiny aifatra zay naminagny. ¹⁰Koafa nijanogno tao nandirity ny andro maromaro zahay, dia nisy mpagnazary araiiky nijôtso avy tagny Jodia nantsôvigny hoe Agabo. ¹¹Nagnatogno zahay avakeo nangala ny fehinkibon'i Paoly izy. Tamin'igany no namihaizagna ny hongony ndraiky tagnany aveo nivaolagna nagnan'ao: "Hoizy ny Fagnahy Masigny, 'karaha zao no hamihaizan'ny reo Jiosy akagny Jerosalema ny lalahy zay tompon'ny tô fehin-kibo tô, aveo hanôlotro azy eo an-tagnagna reo Jentilisa." ¹²Koafa nahiregny zany raha zany zahay, dia zahay ndraiky reo ôlogno mipaitraka tao amin' io toairagna io dia nangavigny tamin'i Paoly tsy hakatra hoagny Jerosalema. ¹³Avakeo namaly Paoly nagnan'ao: "Ino no tsabonareo, mitomoagny ndraiky mandratra fôko? Zaho afa vôgnogno, tsy hoe hitadiagna faogna, fao hofaoty akagny Jerosalema faogna koa amin'ny agnaragna Tompo Jesôsy." ¹⁴Satria tsy nagniry ny horesen-dahatra Paoly, dia nijanogno nagnandragna zahay ary nivaolagna: "Aoka ho tantairaka ny sitra-pôn'ny Tompo." ²⁰Koafa naharegny zany zareo, dia nidaira Zagnahary, aveo nivaolagna taminazy: "Hitanao, rahalahy, andrivony firy no nino tamin'ny reo Jiosy. Tapa-kevitra izy jiaby hitandregny ny lâlagna." ²¹Afa nikoragninjareo ny mahakasiky anao, fao anao mpampianatra reo Jiosy jiaby zay mipaitraka eo amin'ny reo Jentilisa hahafy i Mosesy, aveo anao mivaolagna zareo tsy hamora zanany, avakeo tsy hagnaraka fomba talaoha. ²⁷Koafa ho tapitry reo andro fito, reo Jiosy sasantsasany avy akagny Asia, nahita Paoly tao an-tempoly, nampikorontagna reo vahoaka jiaby, ary nanambotro azy. ²⁸Nitabataba zareo nagnan'ao: "Oa ôlon'Israely, ampiea zahay." Io lehy lalahy zay mpianatra ny ôlogno jiaby hatraiza hatraiza reo raha zay manohitry ny ôlogno, ny lâlagna, aveo tô toairagna tô. Fagnapminy zany, nitondra Grika tao an-tempoly faogna koa izy aveo nandoto tô toairagna masigny tô. ²⁹Fao zareo talaoha nahita Trofima zay Efezianina niaraka taminazy tao an-tanàgna, aveo nieritreritry zareo fao Paoly no nitondra azy tao an-tempoly. ³⁰Nifagnaritaka ny tanàgna jiaby, aveo niaraka nihazakazaka ndraiky nanambotro Paoly ny ôlogno. Nanintogno azy hiboaka ao amin'ny tempoly zareo, dia nafôdy samby teo ny tamiagna. ³¹Raha teo am-pamonoagna azy zareo, dia nisy vava tonga tagny amin'ny kapitenin'ny mpiambigny fao mikorontagna jiaby Jerosalema jiaby. ³²Samby teo nangala miaramila ndraiky kapiteny izy aveo nihazakazaka nijôtso nagnagny amin'ny reo vahoaka. Koafa nahita ny kapiteny ndraiky reo miaramila ny vahoaka, dia nijanogno namboko Paoly zareo. ³³Dia nagnatogno lehy kapiteny aveo nanambotro Paoly, avakeo nasainy nitadiagna tamin'ny tady vi aroa izy. Dia nagnintany izy hoe zôvy izy aveo ino no nitsabôny. ³⁴Ny sasany tamin'ny reo vahoaka nitabataba raha araiiky aveo raha hafa. Satria tsy afaka nivaolagna na ino na ino ny kapiteny noho ny tabataba jiaby, dia nasainy nindesigny hoagny amin'ny tragno mahizigany Paoly. ³⁵Koafa tonga teo amin'ny titaizagna izy, nindesigny reo miaramila izy noho ny herisetran'ny vahoaka. ³⁶Fao nagnaraka tafara ny vahoaka maro aveo nanôhy nihorakoraka hoe: "Vonoy izy" ³⁷Raha nindesigny tao an-tragno mahizigany igny Paoly dia hoizy izy tamin'ny Kapiteny: "Afaka mivaolagna raha aminao moa zaho?" Hoizy lehy kapiteny: "Mivolagna Grika moa anao?" ³⁸Tsy anao moa lehy Egytiana, zay nitariky fikomiagna tagny alaoha aveo nitariky reo aifatra arivo lahy 'mpamono ôlogno' niboaka avy tagny an-tany maty?"

Chapter 22

⁶Zao no nitranga koafa nandaiha aveo nagnagny Damaskosy zaho, ary tamin'ny mitavovonana teo ho eo dia nisy hazavagna goalahy avy akagny an-dangitry nanomboko nangilatra nagnodidigny zaho.⁷Lavo tamin'ny tany zaho aveo nahiregny feo nivaolagna taminaha nagnanjao: 'Saoly, Saoly, nagnino anao magnenjiky Zaho?'⁸Namaly zaho: 'Zôvy moa anao, Tompoko?' Nivaolagna Izy: 'Zah no Jesôsin'ny Nazaraita, zay enjehinao.'¹²Nitratro tamin'ny lalahy araiky nantsôvigny hoe Ananiasy tagny zaho, lalahy matotro amin-Jagnahary nagnaraka ny lalàgna aveo tsara laza teo amin'ny reo Jiosy jiaby zay nidôko tao.¹³Nagnatogno zaho izy, nitsangagna tankilako, avakeo nivaolagna: 'Oa rahalahy Saoly, mahitava.' Tamin'ny zany fotoagna zany dia nahita azy zaho.²²Koafa nanady azy zareo papiky hivolagnany zany. Dia nangaiky mafy zareo aveo nivaolagna nagnanjao: "Vonoy hiala aketo amin'ny tany ny lalahy karaha io, satria tsy magnaiva ny ho velogno izy."²³Raha nitabataba zareo, nanopy ankanjony, avakeo jôfo tamin'ny rivotro,²⁴ ny lehiben'ny kapiteny dia nandidy Paoly mbô ho ndesigny akagny amin'ny lapa. Izy nagniraka fao tôkony hadignigny miaraka amin'ny poko izy, kay mbô izy haigniny dia hahay hoe nagnino zareo no nangaikingaiky nanohitry azy karaha zany.²⁷Nagnatogno lehy lehiben'ny kapiteny ary nivaolagna taminazy nagnanjao: "Volagno zaho, mponigny Romana moa anao?" Paoly namaly hoe: "Ia."²⁸Avakeo namaly lehy lehiben'ny kapiteny nagnanjao: "Tamin'ny vaola be no nazahoako io zom-pirenena io. Fao Paoly nivaolagna: "Natairaka ho mponin'ny Romana zaho."²⁹Aveo niala azy samby teo lehy lehiben'ny zay nametram-pagnontaniagna azy. Ambory faogna koa lehy lehiben'ny Kapiteny, koafa hainy fao mponigny Romana Paoly, satria izy nanady azy.³⁰Ny amaraigny, te-hay ny marigny mahakasiky reo fagnindrikindrahagna reo Jiosy nanohitry Paoly ny lehiben'ny kapiteny. Kay nivahany reo tady avakeo nibeko reo mpisôrognio be ndraiky reo filan-kevitra jiaby mbô hivôry izy. Ary nitondra Paoly nijôtso izy avakeo nagnambaila azy tagnivon-jareo.

Chapter 23

¹Petera dia nizaha nivantagna tagny amin'ny reo mpiômbogno tao amin'ny filan-kevitra aveo nivaolagna nagnanjao: "Oa rahalahy, zaho afa niaigny tagnatraihan-jagnahary tamin'ny fieritreraitagna tsara jiaby zisiky niany." ²Ny mpisôrognô be Ananiasy nibeko reo zay nitsangagna narikitry azy teo mbô hamboko vavanazy. ³Aveo Paoly nivaolagna azy nagnanjao: "Zagnahary hamboko anao, anao rimba voalalotro fôtsy. Anao moa mipaitraka hitsara zaho amin'ny lalâgna, naifa magniraka zaho mbô ho bobohiginy, tsy araka ny lalâgna?" Reo zay nitsangagna teo dia nivaolagna nagnanjao: "Zao moa fomba hanaivataivanareo ny mpisôrognô be n-jagnahary?" ⁴Paoly nivaolagna: "Tsy nahay zaho, rahalahy, hoe izy lehy lehiben'ny mpisôrognôbe. Fao afa voasaoratra: tsy tôlekôny hivaolagna ratsy ny mpitondra ny vahoaka anao." ¹¹Ny aligny magnaraka ny Tompo nitsangagna tagnilany aveo nivaolagna nagnanjao: "Aza ambory, fao karaha ny nitsangananao vavolombelona mahakasika anaha atomoa akagny Roma faogna koa no tsy maintsy hitsangananao vavolombelona akagny Romba." ¹²Koafa maraiginy andro, ny Jiosy sasany namôrognô tetiky aveo nagnôzogno ny haignin-jareo miaraka amin'ny fianianagna mbô tsy hihinagna na higiaka na ino na ino mandra-pamonoanjareo Paoly. ¹³Mihoatra aifapôlo ny ôlogno zareo zay namôrognô io tetiky io. ¹⁶Naifa ny zanaka lalahin'ny anabavin'i Paoly dia nahiregny fao teo am-piandrasagna ny hamonoagna azy zareo, noho zany izy nandaiha aveo niditry lapa kay nivaolagna tamin'i Paoly. ¹⁷Paoly nagnantso ny araiky tamin'ny reo kapiteny kay nivaolagna nagnanjao: "Ndeso akagny amin'ny kapiteny mpitariky tô tôvolahy tô, fao managna raha koragniginy aminazy izy." ¹⁸Noho zany lehy kapiteny nandray lehy tôvolahy aveo ninday azy tagny amin'ny kapiteny mpitariky kay nivaolagna nagnanjao: "I Paoly lehy gadra no nagnantso zaho andaiha aminazy, aveo nangataka zaho mbô hinday tô tovolahy tô ho aketo aminao. Managna raha hikoragniginy aminao izy." ¹⁹Ny kapiteny mpitariky nangala azy tamin'ny tagnagna hoagny amin'ny toairagna mitaokagna aveo nagnontany azy nagnanjao: "Ino zany tôlekôny hikoragninao aminaha zany?" ²²Kay nambailan'ny lehy kapiteny mpifehy handaiha lehy tôvolahy, tafaran'ny nagnambarany azy hoe: "Aza mivaolagna na aminjôvy na aminjôvy hoe nivaolagna reo raha reo taminaha anao." ²³Avakeo izy nagnantso ho akeo aminazy ny aroa tamin'ny reo kapiteny kay nivaolagna nagnanjao: "Alaivo ny miaramila roanjato zay vôgnogno handaiha akagny Kaisaria, ndraiky mpitikin-tsoavaly fitopôlo faogna koa, avakeo mindaisa lefogno roanjato. Handaiha anao amin'ny fotoagna fahatelon'ny aligny." ²⁴Izy faogna koa nandidy zareo mbô hagnamia biby zay afaka tikin'in'i Paoly, aveo mbô hitondra azy tsara akagny amin'i Feliksa lehy governora. ³¹Kay noho zany reo miaramila nankatô reo bekon-jareo. Nalain-jareo Paoly aveo nindesingny tamin'ny aligny tagny Antipatria. ³²Ny amaraiginy, ny ankamaroany reo miaramila niala reo mpitikin-tsoavaly mbô handaiha hiaraka aminazy fao zareo nimpôdy tagny an-dapa. ³³Koafa tonga tagny Kaisaria reo mpitikin-tsavaly kay nanôlotro taratasy amin'ny governora, dia nanôlotro Paoly taminazy faogna koa.

Chapter 24

⁴Mbô tsy hitanako areo aila loatra, mangataka fotoagna fohy aminareo zaho mbô hitandregny zaho am-pahatoniagna. ⁵Fao io lalahy io hitanay fao mpagnakorontagna aveo araiky zay nitariky ny Jiosy jiaby mangairagna zao tontolo zao hikomy. Izy no mpitariky ny sekta Nazareana. ⁶Ary izy faogna koa no niaizaka ny handoto ny tempoly, kay nisambôrinay izy. (Fagnamarihagna: Reo karamontsan-taratasy talaoha manôsoko hoe: "Tianay ho tsara araka ny lalàgnanay izy.")¹⁴ Naifa zaho magneky zao aminao, araka ny fampianaragna zay antsôvinjareo hoe sekta, dia karaha zany koa no hanompoako Zagnahary ny razambentsika. Zaho mahatoky amin'ny jiaby zay ao amin'ny lalàgna ndraiky reo voasaoratra reo mpagnazary.¹⁵ Managna fahatokisagna Zagnahary karaha reo ôlogno reo zaho, fao hoisy fitsanganan'ny marigny ndraiky ny ratsy fagnahy amin'ny maty. ¹⁶Noho zany zaho miaizaka lalandava mbô hanagna fisaingagna madio eo agnatraihan-Jagnahary ndraiky ny ôlombelogo.²⁰ Na koa, reo ôlogno reo faogna no tsy tôkony hivaolagna zay hitanjareo tsy mety atoy aminaha koafa nitsangagna teo agnatraihan'ny filan-kevitra ny Jiosy zaho,²¹ raha tsy hoe mahakasiky raha araiky zay nihaikiako koafa nitsangagna tagnivon-jareo zaho magnanjao: "Zany dia mikasiky ny fitsanganan'ny maty zay hitsaragna zaho aketo agnatraihanareo niany."²² Ary Feliksa, zay nagnambaragna tsara mahakasiky lehy fampianaragna. Izy nivaolagna nagnanjao: "koafa mijôtso avy akagny Jerosalema Lysia mpandidy, hanapakevitra ny amin'ny raharahana zaho."²³ Aveo izy nagniraka lehy kapiteny fao Paoly tôkony hiambaisagna, fao mbô hoisy fahafahagna dia tsy hoisy amin'ny reo namany ho sakanagna amin'ny fagnampiagna zay raha ilainy. ²⁴Andro vitsivitsy tafaran'ny zay, nimpôdy niaraka tamin'i Drosila vadiny i Feliksa, zay vaiavy Jiosy, kay nalaifa hoagny Paoly izy aveo nahiregny taminazy mahakasiky ny finoagna ao amin'i Kristy Jesôsy. ²⁵Fao koafa niady hevitra niaraka tamin'i Paoly mahakasiky ny fahamarignagna, fahononan-taigna, ndraiky ny fitsaragna hoavy, dia nanjary ambory i Feliksa kay nivaolagna nagnanjao: "Mandihiana manomboko zao. Fao koafa managna fahafahagna zaho afara akao, dia handaifa hoanao."²⁶ Nandritran'ny fotoagna zany faogna, nagnantaigna izy fao hagnamia vaola azy Paoly, noho zany dia nandaifa hoazy mazagna izy aveo nikoragna taminazy.²⁷ Fao koafa afaka aroa tagno, nanjary governora nandimby Feliksa i Porsio Festosy, naifa Feliksa te-hahazo sitraka tamin'ny reo Jiosy, dia nambailany ho hiambaisagna faogna Paoly.

Chapter 25

¹¹Kanaifa raha nagnano ratsy zaho aveo raha nagnano zay magnaiva ny fahafataisagna, dia tsy mandà ny hofloaty. Fao raha tsisy reo fiampangang-jareo reo, dia tsisy ôlogno afaka mitondra zaho hoagny aminjareo. Mangataka Kaisara zaho." ¹²Koafa avy nikoragna tamin'ny filan-kevitry Festosy, dia namaly izy: "Nangataka Kaisara anao. Akagny amin'i Kaisara no handihananao. ¹⁷Noho zany, koafa niara-tonga teto zareo, dia tsy nandigny zaho, fao ny andro magnaraka dia nipaitraka teo amin'ny dabilion'ny fitsaragna zaho aveo nibeko ny ampidiragna lehy lalahy. ¹⁸Koafa nitsangagna reo mpiampanganga kay nagnameloko azy, dia niheveriky fao tsisy gaida ny fampiangagna nindessin-jareo azy. ¹⁹Fao ndraiky, nifamaly zareo mahakasiky ny fivavahan-jareo manaokagna ndraiky mahakasiky zany Jesôsy zay maty zany, zay nambaran'i Paoly fao velogno. ²⁰Tsy azoko antoko ny fomba hagnadihadiagna tô raha tô, ary noho zany dia nagnintaniako izy raha vôgnogno hoagny Jerosalema mbô ho tsaraigny akagny mahakasiky reo fiampangagna reo. ²³Kay ny andro magnaraka, havy niaraka tamin'ny lagonagna marobe Agripa ndraiky Berenika; nagnao amin'ny efitragny gaida niaraka tamin'ny reo miaramila mpifehy ndraiky reo lalahy manan-kaja teo amin'ny tanàna zareo. Koafa nivaolagna lehy didy Festosy, dia nindessin-jareo Paoly. ²⁴Hoizy Festosy: "Agripa mpanjaka, ndraiky areo lalahy jiaby zay miaraka aminay aketo, hitanareo tô lalahy tô; reo vahoakan'ny Jiosy jiaby nifagnaraka taminaha tagny jerosalema ndraiky aketo faogna koa, dia nitaraigny taminaha zareo fao tsy tôkony ho velogno eky izy. ²⁵Haiky fao tsy nagnano na ino na ino magnaiva fahafataisagna izy; fao satria nangataka ny Amperora izy, dia nanapa-kevitry zaho ny hagnandaifa azy. ²⁶Naifa tsisy raha manan-danja ho soroatako akagny amin'ny Amperora. Noho zany antony zany, nindesiky teto aminareo izy, indrindra aminao, Agripa Mpanjaka, mbô afahako managna raha hosoroatako fôntrifôntry mahakasiky lehy raharaha. ²⁷Satria karaha tsy mety aminaha ny mandaifa gadra ndraiky tsy mivaolagna zay hiampangagna azy koa.

Chapter 26

¹Noho zany Agripa nivaolagna tamin'ny Paoly nagnanjao: "Afaka mivaolagna hoan'ny haigninao anao." Dia nagnainjagna tagnany Paoly aveo nagnano fiarovan-taignany. ²"Magnaboaka ny haigniky karaha ny ravo zaho, Agripa mpanjaka, mbô hitondra ny raha mahazo zaho aketo agnkilanao niany manohitry reo fampangan'ireo Jiosy jiaby. ³Indrindra, satria anao afa mahay amin'ny fomba amam-panao ndraiky fagnontanian'ny Jiosy jiaby. Noho zany dia mangataka anao zaho hitandregny zaho am-paharetagna. ⁴Marigny fao, reo jiosy Jiaby dia mahay ny fomba fiainako letry tamin'ny fahatanorako tagny amin'ny fireneko manaokagna ndraiky tao Jerosalema. ⁵Zareo mahay zaho letry tam-boalohany ary tôkony hagneky zareo fao Fariseo fiaigna zaho, ny taigna sarotondraha amin'ny antokon'ny fivavahantsika. ¹⁹Noho zany, Agripa mpanjaka, nagneky ny fahitagna avy tandangitry zaho; ²⁰fao, ny nihin'ny reo zay tagny Damaskosy aloha, ary avakeo tagny Jerosalema, aveo nagnairagna ny tani'ny Jodia jiaby, ary koa tamin'ny reo Jentilisa, nagnamia zareo ny hafatra zaho fao tôkony hibaibaka ndraiky hitodiky amin-Jagnahary zareo, hagnano ny asa magnaiva ny fibaibahagna. ²¹Noho zany antony zany no nisambaoran'ny Jiosy zaho tan-tempoly ndraiky niezaka hamono zaho. ²²Nagnampy zaho zisiky zao Zagnahary, noho zany mitsangana zaho aveo mitsangagna antomoa amin'ny olontsotra ndraiky amin-jareo manan-kaja tsy hivaolagna na ino na ino mihoatra zay nivolagnin-jareo mpagnazary ndraiky Mosesy fao hisy; ²³fao tsy maintsy hijaly Kristy, avakeo Izy no ho voalohany hitsangagna ndraiky hitory fahazavagna aminjareo vahoaka Jiosy ndraiky reo Jentilisa." ²⁴Koafa vitan'i Paoly ny fiarovan-tegnany, dia nivaolagna tamin'ny feo mafy Festosy nagnanjao: "Paoly, very saigny anao; ny fianaragnao maro loatra no nahatonga anao ho very saigny." ²⁵Fao hoizy Paoly: "Tsy very saigny zaho, Festosy bahery tsara; fao amin'ny fahasakiagna zaho mivaolagna vaolagnan'ny fahamarinagna ndraiky fahamatoragna. ²⁶Fao ny mpanjaka mahay mahakasiky zany raha zany; avakeo noho zany, mivaolagna an-kahalalahagna aminazy zaho, fao resy lahatra fao tsisy tamin'ny zany navôny taminazy; satria tsy natao tagny amin'ny takogno zany. ³⁰Aviteo nitsangagna ny mpamjaka, ndraiky governora, ndraiky Berenika faogna koa, aveo reo zay nantotry niaraka tamin-jareo, ³¹koafa nandao ny tragno fivoriagna zareo, dia nifampiresaka aveo nivaolagna nagnanjao: "Tô lalahy tô tsy magnano raha magnaiva fahafataisagna na famatoragna." ³²Hoizy Agripa tamin'i Festosy: "Tô lalahy tô afaka navôtsotro raha tsy nantsôvigny tagny amin'ny Kaisara izy."

Chapter 27

³Ny andro magnaraka tonga tamin'ny tanagnan'ny Sidona zahay, zay nitondrasan'ny Jolio Paoly tamin'ny hatsaram-pagnahy avakeo nagnambaila azy nandaiha, ho akagny amin'ny reo namany handray ny fikarakaran-jareo. ⁴Avy tagny zahay no nandaiha an-dranomasigny aveo nandaiha sambo nagnaraka ny sisin'ny Kyprosy, narikitry ny nôsy, satria nanohitry zahay ny rivotro. ⁵Avakeo nandaiha sambo namakivaky ny ranomasigny zahay aveo narikitry ny sisin-tanin'ny kilikilia ndraiky Pamfilia, homby tao Myra zahay, tanagnan'ny Likya. ⁶Tagny, ny kapiteny dia nahita sambo araiky avy akagny Aleksandria zay handaiha sambo ho akagny Italia. Nambailany tao amin'ny zany zahay. ⁷Koafa nandaiha sambo niadagna nandritry ny andro maro zahay aveo ny farany dia homby tam-pahasahiranagna teo narikitry Kinidio, dia tsy nagnambaila zahay andaiha tamin'ny zany lalagna zany eky ny rivotro, kay nandaiha sambo nagnaraka ny hilany takon-drivotro ny Kreta zahay, mifandrify amin'ny Salmona. ⁸Nagnaraka môrony tam-pijaliagna zahay, papiky havianay tagny amin'ny toairagna araiky antsôvigny hoe Tsara-fitodiam-tsambo, zay marikitry tanagnan'ny Lasea. ¹²Satria ao amin'ny tafiagna dia tsy mora raha hijanonagna mandritran'ny rirignigny, dia maro tamin-jareo mpiantsambo no nanoro hevitra ny hiondragna hiala teo, fao tsaha mbô afaka hitety ny tanagnan'ny Foinkisa amin'ny fomba jiaby zahay, mbô hibidaohagna akagny mandritry ny rirignigny. Foiniksa dia tafiagna akagny Kreta, aveo magnatriky magnavaratra andraifagna ndraiky magnatsimo andraifagna zany. ¹³Koafa nanomboko nitsotro moramora ny rivotro avy akagny antsimo, dia nihevitra reo tantsambo fao nanagna zay nilain-jareo. Kay nampakatra ny vatofantsiky avakeo niondragna nagnaraka an'i Kreta zareo, narikitry ny môron-dranomasigny. ¹⁹Tamin'ny andro fahatelo reo tantsambo nanopy ny aintagna ny sambo tagny ambailain'ny sambo tamin'ny tagnan-jareo zeraiky. ²⁰Koafa tsy nazava taminay nandritran'ny andro maro ny masaoava ndraiky lakitagna, avakeo mbôla namely zahay lehy valolandrivotro mafy, dia very jiaby ny fanantenagna ny hahavoavonjy zahay. ²⁷Koafa tonga ny haligny faha-aifatra amibin'ny fôlo, raha natopatopany tegny ndraiky taroy tao amin'ny ranomasigny Adrea zahay, tôkony ho tamin'ny sasakaligny dia nihevitra reo tantsambo fao narikitry tany zareo. ²⁸Dia nangala refi-drano zareo avakeo nahita fao aifapôlo maitatra ny halalignany; tafara helin'ny zany, mbôla nangala refin-drano zareo aveo nahita fao telopôlo maitatra ny halalignany. ²⁹Ambory zareo tsaha be hirafitry amin'ny vato zahay, kay nandatsaka vatofisaka aifatra avy afara zareo avakeo nivavaka mbô hiavian'ny marandraigny tsy ho aila. ³³Koafa nanomboko nahay nazava ny andro, dia nampirisky azy jiaby Paoly mbô hangala hanigny maromaro. Hoizy: "Tô andro tô no andro faha-aifatra ambiny fôlo zay handarasanareo aveo tsy hinananareo; tsy nihinagna na ino na ino areo. ³⁴Noho zany dia mampirisky areo mbô hizara hanigny, fao ilaigny zany mbô hahavelogno areo. Fao tsy hoisy na araiky aminareo zay ho very na dia ny singam-bolodaohany aby." ³⁵Koafa avy nivaolagna zany izy, nalaka môfo avakeo nisaotra Zagnahary teo imason'ny jiaby. Aveo izy nizarazara ny môfo avakeo nanomboko nihinagna. ⁴²Ny fikasagnan'ny reo miaramila dia ny hamono reo gadra mbô tsisy aminjareo ho afaka andaiha hilomagny kay hilaifa. ⁴³Fao lehy kapiteny te-hamomjy i Paoly, kay najanony ny fikasagnan-jareo; avakeo nagnamia baiko reo mahay milomagny mbô hilatsaka ambailan'ny sambo aloha aveo ho egny antanety. ⁴⁴Avakeo tôkony hagnaraka ny ambin'ny reo lalahy, ny sasany agnambo kakazo fisaka, ary ny sasany agnambo raha hafa avy tao amin'ny sambo. Hotra zany no niseho kay jiaby taminay dia tonga soa aman-tsara tegny an-tanety.

Chapter 28

¹Koafa tonga soaman-tsara zahay, hainay fao lehy tany dia nantsôvigny hoe Malta.²Reo tairatany dia tsy nagnamia hatsaram-pagnahy tsotra taminay faogna, fa nandrehitry môtro zareo aveo nampandroso zahay jiaby, nohon'ny oragna mafy ndraiky nintsy.⁵Fao ave nagnôzonkôzogno lehy biby ho agnaty môtro izy naifa tsy naratra aby.⁶Nandigny azy mbô ho hazon'ny tazo na ho foaty tampoko zareo. Fao koafa avy nizaha azy maharitra zareo ary nahita fao tsisy raha tsy mahazatra nahazo azy, dia niaova hevitra zareo ary nivaolagna fao izy dia zagnahary.⁷Ary tamin'ny toairagna marikitra teo nisy reo tany zay nihi'ny lehy lehiben'ny nôsy, lalahy izay antsôvigny hoe Popilio. Nandray zahay izy avakeo nagnamia hanigny zahay tamin'ny hatsaram-pagnahy nandritran'ny telo andro.⁸Ny Iadan'i Paoly dia naranin'ny tazo ndraiky fivalagnan-di. Koafa nandaiha tagny Paoly, dia nivavaka izy, namaitraka tagnany taminazy, aveo nampahivagna azy.⁹Tafaran'ny nisiany zany, dia nagnatogno azy jiaby ny ambin'ny vahoaka jiaby zay narary teo amin'ny lehy nôsy avakeo nahivagna.¹⁰Ny vahoaka faogna koa dia nagnamia vogninahitra zahay tamin'ny vogninahitra maro. Ary koafa niomagna andaiha sambo zahay, dia nagnamia zahay zay nilainay zareo.¹⁶Koafa niditry tao Roma zahay, dia nahazo alalagna hiara-hiaigny amin'ireo miaramila niambigny azy Paoly.¹⁷Aveo koafa afaka telo andro tafaran'ny zay nampagnantso niaraka reo lalahy zay mpitariky teo amin'ny reo Jiosy ireo i Paoly. Koafa niaraka tonga zareo, nivaolagna tamin-jareo izy nagnanjao: "Oa rahalahy, na dia tsy nitsabo raha ratsy tamin'ny ôlogno na ny fombany reo razantsika aza zaho, dia natôlotro ho voagadra tagny Jerosalema teo antagnan'ny Romana."¹⁸ Koafa avy nagnadihady zaho zareo, dia nagniry ny hamôtsotro zaho, satria tsisy antony tôkony hagnamelaohagna zaho ho faty.¹⁹Fao koafa nanohitra ny fagniriagnan-jareo ny Jiosy, dia voatery zaho nagnantso Kaisara, na dia tsy karaha ny nitondra fiampangagna hanohitra ny fireneko aby.²⁰Nohon'ny antsoanaha, nangataka ny hahita areo ndraiky hikoragna aminareo zaho. Zany nohon'ny fahatokisan'ny Israely mahakasiky ny hanadiagna zaho amin'ny tô tady tô."²¹Aveo nivaolagna tamin-jareo nagnanjao: "Tsy mbôla nahazo reo taratasy mahakasiky anao avy akagny Jodia zahay, na rahalahy tonga ndraiky nitatitra na nivaolagna raha ratsy mahakasiky anao."²²Fao tianay ho regny aminao ny eritreritria mahakasiky zany Sekta zany, satria hainay fao afa ratsy laza egny jiaby egny zany.²⁵Koafa tsy nifagnaraka zareo, nanjary tafaran'ny nagnambaran'i Paoly tô vaolagna tô: "Ny fagnahy Masigny nivaolagna tsara reo razagna areo tamin'ny alalan'Isaia mpagnazary."²⁶Hozizy magnanjao: "Mandihiana akagny amin-jareo vahoaka reo avakeo volagno magnanjao: "Amin'ny fitandrignaisagna no handrignaisanareo, fao tsy hahatakatra; aveo amin'ny fahitagna no hahitavanareo, fao tsy hahita."²⁷Fao nahay hadonto ny fôn-jareo, avakeo sarotro amin'ny sôfigny zareo ny hahiregny, aveo nagnapihy masony zareo. Fao raha tsy zany mety afaka hahita amin'ny masony zareo, aveo hahiregny amin'ny sôfiny ndraiky hahatakatra amin'ny fôny ka himpôdy indremandaiha, dia hankahivagna zareo Zaho."²⁸Noho zany, tôkony ho hainareo fao zany fagnavaotan-Jagnahary zany nalaifa tamin-jareo Jentilisa, aveo hitandregny zareo."²⁹(Fagnamarihagna: Asa 28:29- Ny karamontsantaratsy sasany dia managna ny andininy Hoe: "Koafa nivaolagna reo raha reo izy, dia nanjary ny Jiosy. Nisy fisahotahagna gaida tamin-jareo.")

Romans

Chapter 1

¹Paoly, mpanompon'i Jesôsy Kristy, dia voaantso ho apôstoly, aveo voatôkagna ho mpagnambara vaovao maharavoravon-jagnahary.²Io lehy vaovao maharavoravo izay afa nampagnantenaiginy atsika mialôha tamin'alalan-jareo mpagnazariny tao amin'ny soratra masigny.³Zany dia mikasika zanany lahy, lehy teraka avy tamin'ny tamingany Davida araka ny nôfo.⁴Tamin'ny fitsanganagna tamin'ny maty, dia voam-panga ho lehy zanaka maherin-jagnahary tamin'ny herin'ny Fagnahin'ny fahamasinagna izy_ dia Jesôsy kristy Tompontosika.⁵Avy tamin'Azy no nandraisantsika fahasoavagna sy ny maha-apostoly amin'ny fankatoavagna ny finoagna eo amin'ny firenena jiaby, noho ny Agnarany.⁶Amin'reo firenena reo, areo fogna koa dia voahantso ho an'i Jesôsy Kristy.⁷Tô taratasy tô dia hoan-jareo jiaby ao Roma, zay tian-Jagnahary, zay voaantso ho ôlogno masigny. Ho aminareo ny fahasoavagna, ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary Babantsika sy Jesôsy Kristy Tompo.⁸Voalohany, isaorako ny Zagnahariko amin'ny alalan'ny Jesôsy Kristy noho ny aminareo jiaby, satria ny finoagnanareo dia afa nambara magairagna izao tyontolo izao.⁹Fao Zagnahary no vavolombelogo naha, zay tompôko ao amin'ny fagnahinaha ao amin'ny vaovao maharavoravon'ny Zanany, fao tsy mijanogno mikoragna areo Aminy Zaho.¹⁰Mangataka fogna zaho amin'ny vavaka tsabôky ny mbô ahombiazako amin'ny fomba jiaby araka ny sitrapon-Jagnahary mbô ho tonga aminareo.¹¹Fao zaho dia magniry ny ahita areo, mbô afahako

magnamia fagnomiazam-pagnahy sasantsasany ho nihinareo, mbô hampahery areo. ¹²Zany, dia magniry zaho ny mbô hifankaheraizantsika eto agnivontsika, amin'ny alalan'ny tsiaraiaraiky aby, ny areo ndraiky zaho. ¹³Avaizo tsy tiako areo tsy hahay, ry rahalahy, hoe mazagna zaho managna fikasagna hagnatogno areo, (naifa zaho dia voasakagna baroko amizeo), mbô hahazahoagna vokatra eo aminareo, hotry ny afa nazahoako ny ambin'reo jentilisa fogna koa. ¹⁴Zaho dia mpitrosa amin-jareo Grika ndraiky reo vahiny, amin'ny misy fagnahy ndraiky laifaka. ¹⁵Noho zany, aminaha dia vôgnogno fogna koa zaho hagnambara ny vaovao maharavoravo ho anareo zay agny Roma. ¹⁶Fao zaho dia tsy maingatra ny vaovao maharavoravo, fa zany ngôvon-Jagnahary ho famonjiagna reo jiaby zay mino, ho an'ny jiosy aloha ary ho an'ny Grika. ¹⁷Fa amin'ny zany no agnaboahagna ny fahamarinan-Jagnahary avy amin'ny finoagna ho amin'ny finoagna, araka zay voasaoratra hoe: "Ny marigny dia ho velogno amin'ny finoagna." ¹⁸Fa ny fahatezairain-Jagnahary dia naboaka avy agny andangitry manohitry ny haratsiam-pagnahy ndraiky ny tsy fahamarinan'ôlogno, zay manakagna ny fahamarinagna amin'ny alalan'ny tsy fahamarinagna. ¹⁹Zany dia satria zay hay mikasiky Zagnahary dia hitan-jareo maso. Fao nazavain-Jagnahary zareo. ²⁰Fao reo bikany zay tsy hita maso, zay ngôvony tsisy fetra sy maha Zagnahary Azy, dia hita nazava tsara, nanomboka tamin'ny famoraonagna izao tontolo izao, tamin'reo raha zay niforônigny. Noho zany dia tsy managna fialantsigny zareo. ²¹Zany dia satria, na dia afa nahay ny mahakasiky Zagnahary aby zareo, dia tsy nagnamia vogninahitry amin'ny maha Zagnahary Azy, na koa nisaotra Azy. Fao naifa, nanjary laifaka tao antsaigniny zareo, ary nahainahizigny ny fô donton-Jareo. ²²Zareo dia nivolagna zareo ho misy fagnahy, kanaifa dia lasa laifaka. ²³Ny vogninahitry Zagnahary tsy mety lô dia ntakalon-jareo bikan'ôlombelogno mety lô, vôrogno, biby managna hongotro efatra, sy reo raha mikisika. ²⁴Noho zany dia natôlotro Zagnahary ho amin'ny filagnan'ny fôn-jareo ho amin'ny fahalotoagna zareo, mbô ho afa-bogninahitry eo amin-jareo fogna ny haignin-jareo. ²⁵Zareo no nanakalo ny fahamarinan-Jagnahary tamin'ny vandy, ary zay midaira ndraiky manompo ny zava-boary fa tsy lehy Nitsabo, zay deraigny mandrakizay. Amena. ²⁶Noho zany, natôlotro Zagnahary ho amin'ny filàgna ratsy mamofady zareo, fao reo vaiavin-jareo dia nanakalo reo fifandraisagna voajagnahary, tamin-jareo zay tsy voajagnahary. ²⁷Otry zany koa, reo lalahy nagnambaila ny fifandraisan-jareo voajahgnahary miaraka amin'ny vaiavy kay nampirihetin'ny filàgna araka ny nôfotro ho an'ny zay samby izy. Reo dia lalahy zay nagnano fihetsiky mahamaingatra miaraka amin'ny lalahy ary nangala tao amin-jareo ny sazy zay mendriky zareo nohon'ny fahavaitavaitagnan-jareo. ²⁸Satria tsy nageky ny hanagna Zagnahary ao amin'ny fieritraitaitagna zareo, dia namiany sagny tsy mendriky zareo, mbô hitaboan-jareo raha zay tsy manjary. ²⁹Zareo dia feno ny tsy fahamarinagna, faharatsiagna, fitsiriritagna, aveo lolom-pô jiaby. Zareo dia feno fialonagna, famonoagna, fifandiragna, vandy, ary fikasagna ratsy. ³⁰Zareo dia mpifôsa, mpagnendrikendriky, ary mpalaigny Zagnahary. Zareo dia mahery saitra, miavogno, aveo miraiharaiha. ³¹Zareo dia mpamôrogno raha ratsy, ary zareo dia tsy mankatoa ny ray amand-reny. Zareo dia tsy managna fahalalagna; zareo dia tsy azo atokisagna, tsisy fitiavagna voajagnahary, aveo tsy mamindra fô. ³²Hain-jareo ny lalàn-Jagnahary, fao zareo zay mitsabo raha karaha zany dia mendriky ny fahafataisagna. Fao tsy reo raha reo fogna no tsabôny, fa magneky reo hafa zay magnano regny koa.

Chapter 2

¹Noho zany dia tsy managna fialantsigny anao, ry ôlogno, anao zay mitsara, fao lehy itsaranao ny hafa no agnamelohanao ny tegananao. Fa anao zay mitsra dia magnano reo fogna koa. ²Kanaifa haintsika fao ny fitsaragnan-Jagnahary dia araka ny marigny izy koa lavo amin-jareo zay magnano raha mitôvy reo zany.³Fao Heritrereto zao, ry ôlogno, anao zay mitsara reo zay magnano raha mitôvy reo na dia magnano mitôvy regny koa aby anao. Hilaifa ny fitsaragnan-Jagnahary moa anao? ⁴Sa hamaivagninao ny hariagnan'ny hatsaram-pagnahiny, ny fandifairany, aveo ny faharaitany? tsy hainao moa fao ny hatsaram-pgnahiny dia natao hitariky anao amin'ny fibaibahagna?⁵Fa zany dia ho amin'ny hagridazan'ny hamafy ndraiky tsy fibaibahan'ny fônareo no hamompaonanareo fahatezairagna ho an'ny haigininareo amin'ny andro fahatezairagna, zany dia, ny andron'ny fampisehoagna ny fitsaragna marin-Jagnahary. ⁶Hamaly ny ôlogno jiaby amin'ny hairagna mitôvy amin'ny lehy nitabony Izy: ⁷Hagnomia araka ny faharaitagna, ny asa tsara mitady daيرا, vogninahitry, ny tsy fahafataisagna, fiainagnabariaky ditany Izy.⁸Fa hoan-jareo zay mitady ho an'ny haigininy, zay tsy mankatoa ny marigny fao mankatoa ny tsy fahamarinagana, dia hoavy ny fahatezairagna sy ndraiky fasiàhagna. ⁹Zagnahary dia hitondra fahoriagna aveo fahantragna amin'ny fagnahin'ôlogno jiaby zay nagnano ratsy, amin'ny jiosy alaohaka aveo amin'ny grika fogna koa.¹⁰Fa daira, laza, ary fiadanagna no hoavy amin-jareo zay magnano tsara, amin'ny Jiosy alohaka aveo amin'ny Grika fogna koa. ¹¹Fa tsisy fiangaragna miaraka amin-jgnahary. ¹²Fao zay jiaby nanota tsy nanagna ny lalàgna dia ho very tsy managna lalàgna ihany koa, aveo zay jiaby nanota niaraka fagnajagna ny lalàgna dia ho tsaraigny araka ny lalàgna.¹³Fao tsy reo mpagnambara ny lalàgna no marigny eo agnatraihan-Jagnahary, fa reo zay mampihatra ny lalàgna no nihamarinigny. ¹⁴Fa reo Jetilisa, zay tsy managna ny lalàgna, koafa magnano raha mikasiky ny lalàgna araka ny voajagnahary, dia zareo no lalàgna ho an'ny haigininy, na dia tsy managna ny lalà aby zareo.¹⁵Amin'izany no agnamboahan-jareo fao ny asa angatahin'ny lalàgna dia voasaoratra ao am-pôn-jareo. Ny fieritreretana-jareo koa dia vavolombelogo hoan-jareo, ary ny fisaignan-jareo manaokagna dia na magnameloko na miaro zareo amin'ny haigin-jareo ¹⁶aveo koa amin-Jagnahary. Zany dia hitranga amin'ny andro zay hitsaran-Jagnahary reo tsiambaratelon'ôlojiaby, araka ny vaovao mahafaliko, amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy.¹⁷Naifa raha toa ka Jiosy no agnantsaovanao ny haigininao ary miakigny amin'ny lalàgna ndraiky miraiharaiha ao amin-Jagnahary, ¹⁸ary mahay ny sitrapony ndraiky mamantatra zay raha tsara tatôbe satria nampianarigny tamin'ny lalàgna anao, ¹⁹ary izy koa resy lahatra anao fa ny haigininao dia mpitariky ny gila, fahazavagna hoan-jareo zay ao amin'ny mahizigny, ²⁰mpagnitsy ny laifaka, mpagnanatra ny zaza madiniky, ary anagnanao ao amin'ny lalàgna ny bika ny fahalalàgna sy marigny, dia akôry zany fiantraikan'izany amin'ny fomba hiaignanao ny fiaignanao?²¹Ary anao zay mpagnanatra reo sasany, tsy mampianatra ny haigininao moa anao? Anao zay mitory manohitra ny halatra, mangalatra moa anao? ²²Anao zay mivolagna fao tsy tôkony hijanganjanga, mijangajanga moa anao? anao zay malaigny ny sampy, mandravagna reo tempoly moa anao?²³Anao zay ravo miraiharaiha ao amin'ny lalàgna, magnalabaraka an-Jagnahary moa anao amin'io fandikanao ny lalàgna io? ²⁴Fa "ny agnaran-Jagnahary dia afa afa-baraka teo amin-jareo Jetilisa nohony areo" araka zay afa voasoratra.²⁵Fa mahazo tômbony amin'ny famoragna tatô areo izy koa mankatô ny lalàgna, fao raha mandika ny lalàgn areo, dia lasa tsy voafora na dia afa voafora aby areo. ²⁶Nohon'zany, raha ôlogno tsy voafora no mitandrigny zay takin'ny lalàgna, tsy hatao ho agnisan'ny voafora moa izy na dia tsy voafora aby? ²⁷Ary tsy ho helohin'ny lehy araiky zay mifora ara-bojagnahary moa areo izy koa mitandrigny ny lalàgna izy? Zany dia satria managna ny lalàgna voasaoratra ndraiky famoràgna areo, naifa mbôla mandiniky ny lalàgna!²⁸Fa izy dia tsy jiosy amin'ny bika ivailany fogna; na amin'ny famoràgna zay miboaka amin'ny bika ivailan'ny nôfotro fogna. ²⁹Fa izy dia jiosy ao agnaty, ary ny famoràgna zay an'ny fô, ao amin'ny Fagnahy, fa tsy ao amin'ny saoratra. Ny fideragna ny ôlogno hotra zany dia tsy avy amin'ny ôlogno fa avy amin-Jagnahary.

Chapter 3

¹Kay na ino ave zany tombon-tsoa anagnan'ny Jiosy? Avakeo ino moa tombo-tsoan'ny famoràgna? ²Tsara zany amin'ny fomba jiaby. Voanalohany, reo Jiosy dia nagankignagna ny fagnambaragna avy amin-jagnahary.³Fa manakôry raha tsy nanagna finoagna reo Jiosy sasany? Ny tsy finoagnan-jareo moa hahatonga ny fahatokian-jagnahary, tsy ho vita? ⁴Tsy hisy marigny koa zany. Fa naifa, ambilao ho hita fa marigny zagnahary, na dia mpavandy aby ny ôlogno tsiraikeraiky, Araka lehy voasôratra hoe: "Hambara amin'ny vôlagnareo fa ôlogno mahitsy areo avakeo ambara izy koa fa homby ankagny amin'ny fitsaragna areo."⁵Fa izy koa ny tsy fahamarignantsika no magnambara ny fahamarignan-jagnahary, ino no azontsika hivolagnigny? Afaka mivôlagna moa atsika fa tsy marigny zagnahary amin'ny fagnamboahany ny havignirany amintsika, sa tsy zany? (Magnampiasa fandaharantenin'ônolombelogo zaho.)⁶ Tsy hisy marigny koa zany! Satria amin'ny fomba akôry ary no hitsaran-jagnahary tôle tany tôle?⁷Fa izy koa ny fahamarinan-jagnahary kay magnomia fideragna fôntry ho Azy amin'ny alalan'ny vandiko, kay nagnino ary zaho mboala ho tsaraigny ho mpanota? ⁸Fa nagnino no tsy mivôlagna, araka ny tatitra diso lehy nambara fa novolagnintsika, avakeo koa araka hamafisan'ny sasany fa nivolagnintsika hoe: "Ambilao zahay hagnano ratsy mbô havian'ny tsara." Rariny ny fitsaragna atao amin-jareo. ⁹Kay ino ary? Magnomia rariny ny hagnintsika moa atsika? Tsy zany fôgna. Fa atsika dia afa naganameloko ny Jiosy sindraiky Grika, izy jiaby, ho mpanota. ¹⁰Zany dia araka lehy voasôratra hoe: "tsisy ôlogno marigny, na dia araiky aza."¹¹Tsisy na araiky araiky aza mahay. Tsisy na araiky aza mizaha zagnahary. Lôsogno niala aby koa izy jiaby. ¹²Lôsogno tsisy ilàgna azy izy jiaby. Tsisy mbô mitsabo ny tsara, tsisy, na dia araiky aby.¹³Ny ambôvogno zareo dia fasagna misôkatra. Ny lailan-jareo dia mavandy. Ny poizign'ny reo mainapitsoko dia akao ambanin'ny sognin-jareo. ¹⁴Ny vavan-jareo dia feno ôzogno ny lôlom-pô.¹⁵Ny tongotro zareo dia havanagna amin'ny fandatsahan-dio.¹⁶Ny fandratissagna sindraiky fijaliagna dia agny amin'ny lalan-jareo. ¹⁷Regny ôlogno regny dia tsy mahay lalan'ny fiadanagna. ¹⁸Tsy mbô misy tahotra zagnahary akeo alohaka mason-jareo."¹⁹Avaizo haintsika fa na ino na ino ambarany lalàgna, dia miantaifa agny amin'ny reo lehy ambany lalàgna. Zany dia mbô hahatonga vavan'ny tsiraikeraiky hangigny, avakeo mbô hahazo valiny avy amin-jagnahary tôle tany tôle. ²⁰Zany dia satria tsy hisy nôfotro hankamarignigny amin'ny asan'ny lalàgna akeo imasony. Fa amin'ny alalan'ny lalàgna no havian'ny fahaizagna ny fotoagna.²¹Fa avaizo dia nambara koa fa ny fahamarignan-jagnahary tsy amin'ny lalàgna. Noporofoin'ny lalàgna sy reo mpagnazary, ²²fa zany, no fahamarignan-jagnahary amin'ny alalan'ny finoagna an'i Jesôsy Kristy ho an'ny lehy jiaby mankantô. Satria tsisy fagnavahagna²³Fa nanoto ny ôlo-jiaby kay tsy managna voginahitry zagnahary, ²⁴ary zareo dia hamarignigny maimaimpoagna amin'ny fahasoavagna amin'ny alalan'ny fagnavôtagna lehy akao amin'ny Kristy Jesôsy.²⁵Zagnahary nangnomia an'i Kristy Jesôsy ho fagnomaizagna amin'ny alalan'ny finoagna ny liony. Namiany ho profon'ny fahamarinagnany Kristy nohon'ny tsy fizahavagna any ota tagny alôha ²⁶amin'ny faharaitagna. Nitranga zany jiaby zany ho fagnambaragna ny fahamarignany amin'ny tôle fotoagna avaizo tôle. Zany dia mbô hahavitany magnaporofa fa marigny ny hagnigny, avakeo mbô hagnambaragna fa Izy dia magnamarigny ny jiaby nohon'ny finoagna an'i Jesôsy.²⁷Aiza ary zany firaiharaihagna zany? Voafafa zany. Fa ino no antony? Amin'ny asa moa? Tsia fa nohon'ny fankatoavagna.²⁸Manapa-kevitra zany atsika fa ny ôlogno araiky dia hamarignigny araka ny finoagna tsisy reo asan'ny lalàgna.²⁹Sa zagnaharin'ny Jiosy zeraiky fôgna moa zagnahary? Kay tsy zagnaharin-jareo jentilisa koa moa izy. Ia, nihiny jentilisa koa. ³⁰Raha araiky tatô zagnahary, dia ho hamarignigny amin'ny finoagna reo voafora koa amin'ny alalan'ny finoagna. ³¹Foagnantsika amin'ny alalan'ny finoagna moa zany ny lalàgna. Tsy hoisy zany! Fa naifa, magneky ny lalàgna atsika .

Chapter 4

¹Ino ary no hambarantsika fa hitan'i Abrahama, babantsika talôha tagny ny nôfotro?²Fa raha nohamarigniny tamin'ny asa Abrahama, dia nanagna antony hiraiharaihagna izy, naifa tsy akeo ankilan-jagnahary.³Fa ino no volagnin'ny soratra Masigny? "Abrahama dia nankatô zagnahary, aveo nandiniky ho fahamarignagna zany.⁴Ary ho an'ny lehy miasa, ny karamanazy dia tsy isahigny ho fahasoavagna, fa ho tôtro lehy trosa. ⁵Fa hoany lehy tsy miasa ndraiky naifa mankatô an'Ilay araiky lehy magnamarigny ny mpanositry zagnahary, dia isahigny ho fahamarignagna ny finoagna. ⁶Davida koa dia nivôlagna tso-drano amin'ôlogno lehy isahin-jagnahary ho marigny naifa tsy miasa. ⁷Nivôlagna izy hoe: "Sambatra reo lehy voavaila helony, aveo koa reo lehy voasagno ny fahotagna. ⁸Sambatra lehy tsy isahiny Tômpo heloko. ⁹Amin'ny reo voafora koa moa hivôlagnagna zany tso-drano zany, sa amin'ny reo tsy voafora koa? Fa nivôlagna atsika hoe: "Ny finoagna dia nisahin'i Abrahama ho fahamarignagna." ¹⁰Kay akôry ary no nagnisahany zany? Tamin'i Abrahama afa voafora sa, tamin'ny izy mboala tsy voafora? Tsy tamin'ny izy afa voafora fa tamin'ny izy mboala tsy voafora. ¹¹Abrahama dia nalaka famantaragnan'ny famoragna. Zany dia mariky ny fahamarignan'ny finoagna lehy afa nanagnany raha mboala tsy voafora izy. Ny valin'ny zany famantaragna zany dia nanjary baban'ny lehy mankatô jiaby izy, na dia mboala tsy voafora aby zareo. Midika zany fa ny fahamarignagna dia hisahigny hoan-jareo. ¹²Nidika koa zany fa Abrahama dia nanjary baban'ny lehy voafora tsy ho an'ny reo lehy voafora araiky fôgna fa ho an'ny reo lehy mizôho finoagnan'i Abrahama babantsika koa talôhan'ny tsy mboala naha-voafora azy. ¹³Fa ny fampanantainagna tamin'i Abrahama sy reo tamingany fa ho mpandôva tôle tany tôle izy dia tsy avy amin'ny alalan'ny lalâgna fa avy amin'ny alala'ny fahamarignan'ny finoagna. ¹⁴Fa raha reo lehy miaigny amin'ny lalâgna no mpandôva, dia ho foagna ny finoagna, ary maivagna ny fampanantenagna. ¹⁵Satria ny didy dia minday amin'ny fahavigniragna, fa agny amin'ny lehy tsisy lalâgna, dia tsisy fandikagna lalâgna. ¹⁶Noho zany antony zany dia miboaka amin'ny finoagna zany, mbô hibidôhan'ny fampagnantainagna amin'ny fahasoavagna avakeo ho azo antoko amin'ny reo tamingan'i Abrahama jiaby tsy ho an'ny reo lehy ambanin'ny lalâgna fôgna, fa ho an'ny reo lehy mirasa ny finoagnan'i Abrahama koa. Babantsika jiaby izy, ¹⁷araka voasôratra hoe: "Nitsaboiky ho baban'ny firenena fôntry anao." Teo amin'ny fagnatraihagnan'Ilay nitokiany Abrahama, dia, Zagnahary zany, lehy nagnamia fiainagna reo maty aveo nagnantso reo raha tsy mboala misy mbô hisy¹⁸Na dia teo aby reo zavatra mitranga ivailany, dia natoky tantairaka zagnahary i Abrahama amin'ny ho avy. Kay nanjary baban'ny firenena fôntry izy, araka lehy voavôlagna hoe: "Ho tôtro zany ny taminganao." ¹⁹Tsy narefo tamin'ny finoagna izy. Hain'i Abraha fa tsy afaka ny hanagna zanaka izy (Satria afa teo amin'ny zato tagno teo izy.) Nagneky fôgna koa izy fa bôkon'i Saraha dia tsy afaka ny hinday kibo eky.²⁰Naifa nohon'ny fampanantainagnan-jagnahary, dia tsy nisalasala tamin'ny finoagna i Abrahama. Fa naifa nahay nafy tamin'ny finoagna izy aveo nidaira zagnahary. ²¹Resy lahatra tantairaka izy fa lehy nampanantainan-jagnahary, dia afaka tantirahigny fôgna koa. ²²Noho zany dia nisahigny ho azy ho fahamarinagna zany²³Naifa tsy nisoroatany ho tombontsoanazy zeraiky zany, fa nisahigny ho nihinazy zany. ²⁴Nosoroatagna ho antsika koa zany, ho an'ny lehy hagnisahagna zany, atsika lehy mankatô Azy lehy nanangagna an'i Jesôsy Tômpontsika tamin'ny maty. ²⁵Izy lehy araiky namiagna noho reo fahotagnantsika avakao nantsangagna mbô hankamarigny atsika

Chapter 5

¹Satria nohamariniginy tamin'ny finoagna atsika, dia managna fiadanagna miaraka amin-Jagnahary amin'ny alalan'ny Tompontosika Jesôsy kristy. ²Amin'ny alalany fogna no anagnantsika lalagna amin'ny finoagna mandaiha amin'ny zany fahasoavagna zay ijoroantsika zany. Miravoravo amin'ny fahatokiagna amen-Jagnahary zahay amin'ny ho avy zahay, fahatokiagna zay ho zaraintsika ao amin'ny voninahitr' i Zagnahary. ³Tsy amin'ny zany fogna, fao atsika fogna koa dia miravo ao amin'ny fahoriantika. Haintsika fa ny fahoriagna dia mamokatra faharaitagna. ⁴Ny faharaitagna mitairaka fankatoavagna, ary ny fankatoavagna mitairaka fahatokiagna ho amin'ny hoavy. ⁵Zany toky zany dia tsy mandiso fanatenagna, satria ny fitiavan-Jagnahary dia afa nalatsaka tao am-pôntsika tamin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny, zay namiagna atsika. ⁶Fao raha mbôla nalemy atsika, dia maty ara-potoagna ho an'ny ratsy fagnahy Kristy. ⁷Fao soratra ho an'ny ôlogno araiky ny hofaoty ho an'ny ôlogno marigny. Fa, angamba mety misy ôlogno araiky mahasaiky hofaoty ho an'ôlogno tsara. ⁸Fa Zagnahary magnaboaka ny fitiavany manokagna amintsika, satria raha mbôla mpanota atsika, dia maty ho antsika Kristy. ⁹Mihotra noho zany aby, amizao. Koafa nohamariniginy tamin'ny liony atsika, dia ho voavonjin'zany amin'ny fahatezaran-Jagnahary ¹⁰Fao raha, mbôla fahavalo atsika, dia nihavagna tamin-Jagnahary tamin'ny alalan'ny fahafataisan'ny Zanany, aveo mihoatra noho zany, koafa avy nampihavaniginy, dia ho voavonjy amin'ny alalan'ny ainy atsika. ¹¹Ary tsy zany fogna, fao atsika fogna koa dia miravo ao amin-Jagnahary amin'ny alaln'i Tompontosika Jesôsy Kristy, zay nazahoantsika zany fihavanagna zany amizao. ¹²Noho zany aveo, mitôvy ny idiran'ny ota tamin'ôlogno araiky tamin'izao tontolo izao, dia mitôvy zany koa no nidiran'ny fahafataisagna tamin'ny alalan'ny ota. Ary ny fahafataisagna dia nahazo tamin'ny ôlogno jiaby, satria samby nanota aby jiaby. ¹³Nandra-pisiany lalàgna, dia teto amin'izao tontolo izao ny ota, fa tsisy fagnisahan-keloka koafa tsisy lalàgna. ¹⁴Naifa na zany aby, ny fahafataisagna dia nanjaka nanomboka tamin'i adama kay hatramin'i Mosesy, na dia teo amin-jareo zay tsy nanota mitôvy ny tsy fankatoavan'i adama aby, zay kandindagna lehy hoavy. ¹⁵Naifa na zany aby, ny fanomaizagna dia tsy mitôvy ny fahadisoagna. Fa raha tamin'ny alalan'ny fahadisoagnan'ny araiky no nahafaty ny maro, dia mihoatra lavitry no natan'ny fahasoavan-Jagnahary ndraiky fagnomiazagna avy amin'ny fahasoavan'ny lehy ôlogno araiky, Jesôsy Kristy, namiagna be ho an'ny maro. ¹⁶Fan ny fgnomaizagna dia tsy karaha ny vokatra avy amin'ny lehy araiky zay nanota. Fao amin'ny lafiny araiky, tonga ny fitsaragna ho fagnamelohagna nohon'ny fahadisoagnan'ny ôlogno araiky. Fao amin'ny lafiny araiky hafa, ny fagnomaizagna mifara amin'ny fagnamarinagna dia tonga tafaran'ny fahadisoagna maro. ¹⁷Fao raha, tamin'ny alaln'ny fahadisoagnan'ny araiky, no hanjakan'ny fahafataisagna amin'ny araiky, dia mihotra lavitry noho zany ny hanjakan-jareo zay man malaka ny hagdisan'ny fahasoavagna ndariky fagnomiazagna ny fahamarinagna amin'ny alalan'ny fiainagna lehy araiky, dia Jesôsy Kristy. ¹⁸Noho zany ndraiky, satria tamin'ny alalan'ny fahadisoagnan'ny araiky no hahatonga ny ôlogno ho amin'ny fagnamelohagna, dia amin'ny alalan'ny asan'ny fahamarinagna ny araiky fogna koa no hatongavan'ny fagnamarinagna ny fiainagna ho an'ny ôlogno jiaby. ¹⁹Fao satria avy amin'ny tsy fagnikaihan'ny ôlogno araiky no nahatonga ny maro ho mpanota, dia amin'ny alalan'ny fagnikaihan'ny araiky fogna koa no hahatonga ny maro ho marigny. ²⁰Fao tonga tao amin'ny zany ny lalàgna, mbô ho gaida ny fahadisogna. Naifa raha nahay gaida ny fahotagna, dia vao maika nahay gaida ny fahasoavagna. ²¹Nisy zany mbô karaha ny nanjakan'ny fahotagna tamin'ny fahafataisagna, dia karaha zany koa no hanjakan'ny fahasoavagna amin'ny alalan'ny fahamarinagna ho amin'ny fainagna bariky ditany amin'ny alalan'ny Jesôsy Kristy Tompontosika.

Chapter 6

¹Ino ary no hambarantsika? Tôkony hanôhy amin'ny fahotagna moa atsika mbo hitomboan'ny fahasoavagna?

²Tsihoisy eky zany. Atsika zay maty ny amin'ny ota, amin'ny fomba manakôry moa no mbala hiaignantsika amin'ny zany foagna?³ Tsy hainareo moa fao zareo jiaby natao batisa tao amin'i Kristy Jesôsy dia natao batisa tao amin'ny fahafataisany?⁴Koa, voalevigny, niaraka tamin'ny alalan'ny batisa ho amin'ny fahafataisagna atsika. Niboaka zany mbo ho tôrotro ny fananganagna an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny vogninahitry ny Baba, no andihianantsika amin'ny fiainam-baovao fogna koa.⁵ Fao raha mitambatra Aminazy amin'ny endriky ny fahafataisagna atsika, dia hitambatra amin'ny fitsanganany izy voanykoa.⁶Haintsika zany, fao ny taignantsika talôha dia nifantsaihagna niaraka taminazy, mbo hamotaihagna ny aignin'ny ota. Niboaka zany mbo ho andevon'ny ota eky atsika.⁷ Izy zay maty dia nambara fao marigny salakady afaka amin'ny fahotagna.⁸Fao raha maty niraka tamin'i Kristy atsika dia mankatô fao hiara-belogno Aminazy faogna.⁹Atsika dia mahay fao nitsangagna tamin'ny maty Kristy, ary tsy maty eky Izy. Tsy manjaka Aminazy eky ny fahafataisagna.¹⁰Fao raha momba ny fahafataisagna dia maty nohon'ny amin'ny fahotagna Izy, maty ndraiky mandaiha ho an'ny jiaby Izy. Kanaifa, ny fiaignagna zay hiaignany ho an-Jagnahary.¹¹ Dia tôrotro zany, tsy maintsy mandiniky ny taignanareo ho afa maty amin'ny fahotagna foagna koa areo, fao velogno ho an-Jagnahary ao amin'i Kristy Jesôsy.¹²Noho zany aza availa hanjaka ao amin'ny taignanareo mety maty ny ota mbo hagnarahanareo ny filâgna ratsy.¹³Aza atôlotro ho an'ny fahotagna ny rantsam-batagnareo, ho fitaovagna ampiasaigny amin'ny tsy fahamarignagna. Fao atolôro ho an-Jagnahary ny taignanareo, torotro ny nitsanganagna tamin'ny maty zay velogno avaïzo. Ary atolôry ho an-Jagnahary ny rantsam-batagnareo mbo ho fitaovagna ampiasaigny amin'ny fahamarignagna.¹⁴Aza availa hanjaka aminareo ny ota. Satria tsy ambanin'ny lalâgna areo, fao ambanin'ny fahasoavagna.¹⁵Kay ino ary? Tôkony hanota moa atsika satria tsy ambanin'ny lalagna, fao ambanin'ny fahasovagna? Tsy hoïsy eky zany.¹⁶Tsy hainareo moa fao lay araiky zay anolôranareo ny taignanareo ho mpanompo dia lay araiky zay ho hankatoavinareo? Marigny zany na mpanompon'ny fahotagna zay mitariy agny amin'ny fahafataisagna areo, na mpanompon'ny fanktoavagna zay mitariy agny amin'ny fahamarignagna.¹⁷Fao isaoragna Zagnahary! Satria afa mpanompon'ny fahotagna areo, kanaifa nankatô tao am-pônareo ny fomba fampianaragna zay namegny areo.¹⁸Nalagna tamin'ny ota areo, ary natao mpanompon'ny fahamarinagna.¹⁹Mivolagna tôrotro ny ologno zaho noho ny fahalemen'ny nôotronareo. Satria vantany vao nanôlotro ny rantsam-batagnareo ho andevon'ny fahalotoagna ndraiky ny ratsy areo, dia tôrotro zany koa zao, atolôry ho amin'ny fahamasinagna ny rantsam-batagnareo.²⁰Fao mbala are andevon'ny ota, dia afaka tamin'ny fahamarinagna.²¹Amin-jeo, ino ary ny vokatra azonareo tamin'ny regny raha zay mahamaingatra areo avaïzo? Satria ny vokatr'iregny raha regny dia ny fahafataisagna.²²Fao avaïzo koafa nalagna tamin'ny ota areo aveo nanjary mpanompon-Jagnahary, dia mahazo ny fahamasinagna. Ny vokatra dia ny fiainagna barokodontany.²³Fao ny valin'ny ota dia fahafataisagna, fao ny fagnomaizan-Jagnahary ndraiky dia ny fiainagna barokodontany ao amin'i Kristy Jesôsy Tompentsika.

Chapter 7

¹Saha tsy hainareo, oa rahalahiky (satria miragna amin'ny ologno mahay momba ny lalagna zaho) , fao ny lalagna dia mibaiko ny ologno araiky mbala velogno koa izy?²Fao ny vaïavy zay manambbady dia voarôhin'ny lalagna amin'ny vadiny raha mbala velo;gno izy, fao koa maty lay vadiny, dia afaka amin'ny alalan'ny fanambadigna izy.³Noho zany, koa mbala velogno ny vadiny, raha saindra kay miaraka amin'ny lalahy hafa izy, dia hantsovigny hoe mpijangajanga izy. Fao koa maty lay vadinyj, dia afaka amin'ny lalagna izy, kay tsy mpijangajanga izy raha saindra kay miaraka amin'ny lalahy hafa.⁴Noho zany, oa rahalahiky, dia natao maty tamin'ny lalagna foagna koa areo tamin'ny alalan'ny taiganan'i Kristy. Natao zany mbo hitambaranareo amin'ny hfa, zany hoe, amin'Izy zay natsangagna tamin'ny maty, hafahantsika mamokatra voa tsara ho an-Jagnahary.⁵Fao tamintsika tao amin'ny nôfotro, ro filagnan'ny fahotagna, zay nihitsehin'ny lalagna, dia niasa tao amin'ireo rantsantsika mbo hamokatra voa hoan'ny hafafataisagna.⁶Fao avaïzo dia nalagna tamin'ny lalagna atsika. Maty tamin'n lay namehy atsika atsika. Zany dia mbo hafahantsika manompo amin'ny havaozam-pagnahy, fao tsy amin'ny fahantairan'ny soratra.⁷Ino ary no hikoragnintsika? Ny lalagna lasiteny moa fahotagna? Tsy hoïsy lasiteny zany. Kanaifa, tsy ho nahay ny fahotagna lasiteny zaho, koa tsy tamin'ny alalan'ny lalagna zany.Fao tsy ho nahay ny fagniriagna zaho koa tsy nivolagna lalagna hoe: "Aza magniry."⁸Faonala-pôtotro tamin'ny didy ny fahotagna kay nahomby ny fagniriagna jiaby ato aminaha. Izikoa tsisy ny lalagna, dia maty ny ota.⁹Taloha zaho dia velogno tsisy lalagna, fao koafa niboaka ny didy, dia velogno indraiky ny ota, kay maty zaho.¹⁰Ny didy zay tôkony handay fiainagna no nitsimbadiaky ho hafafataisagna ho nihinaha.¹¹Fao ny fahotagna dia nala-pôtotro tamin'ny alalan'ny didy kay navandy zaho. Tamin'ny alalan'ny didy no namoany zaho.¹²Noho zany ny lalagna dia masigny, ary ny didy dia masigny, marigny, aveo tsara.¹³Koa moa ve nivadiaky hafafataisagna aminahy zay tsara? Tsy hoïsy lesiteny zany. Fao ny ota, mbo hafahany hiboaka ho fahotagna amin'ny alalan'ny zay tsara, dia nitonga hafafataisagna taminaha. Zany dia mbo ho amin'ny alalan'ny didy, ny fahotagna dia mety hanjary taïgna fahotagna tatô.¹⁴Fao haintsika fao ara-pagnahy ny lalagna, fao zaho avy amin'ny nôfotro. Afa navidy ho akao ambanin'ny fahandevozan'ny ota zaho.¹⁵Fao ny raha atako, dia tsy taïgna azoko tsara. Satria zay tiàko atao, dia tsy atako, ary zay halako, dia atako.¹⁶Fao koa magnano zay tsy tiàko zaho, dia miombon-kevitry amin'ny lalagna fao tsara ny lalagna.¹⁷Fao avaïzo dia tsy zaho eky no magnano zany, fo ny fahotagna zay velogno ato agnatinaha.¹⁸Fao haiky fao akato aminaha, zay akato amin'ny nôfotronaha, dia tsisy raha tsara miaigny. Fao ny fagniriagna ny tsara dia akato aminaha, kanaifa tsy afaka magnano zany zaho.¹⁹Fao ny tsara zay tiàko dia tsy atako, fao ny ratsy zay tsy tiàko, no atako.²⁰Ary koa magnano zay tsy tiàko atao zaho, dia tsy zaho eky no magnano zany, fao naifa ny fanotagna zay miaigny akato aminaha.²¹Ary, zaho dia nahita, ny fitsipiky akato aminaha fao te-hagnano zay tsara zaho, kanaifa ny ratsy no akato aminaha zao.²²Fao miravoravo akao amin'ny lalagnan-Janahary zjo amin'ny fagnahy maha ologno.²³Kanaifa mahita fitsipiky araiky hafa akao amin'ny mahakasiky ny haigninaha zaho. Izany dia miady amin,ny zany fitsipiky vaovao akao antsaighinaha zany. Mitagna zaho ho andevon'ny fitsipiky ny fahotagna zay akao amin'ny mahakasiky ny haigninaha zany.²⁴Ologno mijaly zaho! Zôvy no hamonjy zaho amitôho haignin'ny hafafataisagna tô?²⁵Fao isaoragna Zagnahary amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy Tompontsika! Noho zany, zaho vokany dia manompo ny lalagna n-Jagnahary amin'ny saïgnenaha.Na dia zany aby, mdia manompo ny fitsipikin'ny fahotagna amin'ny nôfotro zaho.

Chapter 8

¹Nohon'ny zany dia tsy misy fagnamelohagna aky avazo ho an'ny reo lehy akao amin'i Kristy Jesôsy.² Fa ny fitsipikin'ny fagnahin'ny fiainagna akao amin'i Jesôsy Kristy no nagnavotro zaho tamin'ny fitsipikin'ny fahotagna ndraiky fahafataisagna.³ Fa lehy tsy afaka nataon'ny lalâgna nohon'ny fahalemen'ny zany tamin'ny nôfotro, dia natan-Jagnahary. Nagnandaifa ny zanany lalahy araiky Izy tamin'ny endriky ny nôfotro rakotro fahotagna mbô ho fagnatitry ho an'ny ota, ary nagnameloko ny ota tao tao agnatan'ny nôfotro izy.⁴ Natany zany mbô hahatonga ny raha takin'ny lalâgna, atsika lehy mandaiha tsy araka ny nôfotro, fa araka ny fagnaha.⁵ Zareo lehy miaigny araka ny nôfotro dia mihorigny amin'ny reo raha ny vatagna, fa reo lehy velogno araka ny Fagnahy dia mihorigny amin'ny reo zavatra ny Fagnahy.⁶ Satria ny fandiniahagna mifôtotro amin'ny nôfotro dia fahafataisagna, fa ny fandiniahagna mifôtotro amin'ny Fagnahy ndraiky dia fahavilômagna avakeo fiadanagna.⁷ Ny fandiniahagna mifôtotro amin'ny nôfotro dia fandriafagna akeo ankilan-Jagnahary, fa tsy mifagnaraka amin'ny lalâgnan-Jagnahary zany.⁸ Reo lehy akao amin'ny nôfotro dia tsy afaka ny hiehin-Jagnahary.⁹ Kanaifa, areo dia tsy akao amin'ny nôfotro fa akao amin'ny Fagnahy, izy koa marigny ady fa mihaigny akao aminareo ny Fagnahin-Jagnahary. Fa izy koa misy ôlogno tsy managna ny Fagnahin'i Kristy, dia tsy Azy izy.¹⁰ Izy koa akao aminareo ady Kristy, dia maty nohon'ny fahotagna ny vatagna, fa ny fagnahy dia velogno nohon'ny fahamarinagna.¹¹ Izy koa ny Fagnahin'ny lehy nampitsangagna Jesôsy tamin'ny maty ady velogno akao aminareo, dia Izy lehy nagnatsangagna Kristy tamin'ny maty no hagnamia fiaignagna koa ho an'ny haiginareo lehy manjary maty amin'ny Fagnahy, lehy velogno akao aminareo.¹² Kay noho zany, ry rahalahy, dia mpitrôsa atsika, fa tsy akao amin'ny nôfotro mbô hiaigny araka ny nôfotro.¹³ Fa izy koa mihaigny araka ny nôfotro areo, dia hofatry, fa izy koa amin'ny Fagnahy lehy amononareo ny asam-batagna, dia ho velogno areo.¹⁴ Fa karaha reo jiaby voatariky ny Totrin-Jagnahary, zareo no zanaka Zagnahary.¹⁵ Fa tsy nangala ny fagnahin'ny fagnabotoagna koa areo kay hatahotro. Fa naifa, nangala ny Totrin'ny fagnatsanganan-taminga areo, lehy hantsôntsôvintsika hoe: "Aba, oa Baba!"¹⁶ Ny Fagnahy no tainga tomoa amin'ny totrintsika fa zana-Jagnahary atsika.¹⁷ Izy koa zanaka ady atsika, dia mpamdôva koa, mpandôva an-Jagnahary. Avakeo lôva araiky akao amin'i Kristy atsika, izy koa tainga sahiragna miaraka Aminazy tatôboeny atsika dia amiagna vogninahitry miaraka amin'Azy koa.¹⁸ Fa koragniky fa reo fijaliagna amin-jeo fotoagna zeo io dia tsy magnaiva ampitovigny amin'ny vogninahitry lehy haboaka amintsika.¹⁹ Fa ny voahary jiaby lehy magnantaina fatatra dia mandigny ny fagnaboahagna reo zana-Jagnahary.²⁰ Fa ny voahary dia natao ho raha taisy dikany, tsy nohon'ny sitrapônazy manôkagna, fa noho lehy nagnano zany. Zany dia akao amin'ny toky namiagna²¹ fa reo voahary no tainga ho alagna amin'ny fagnabotoagnan'ny fahalôvagna, avakeo hinday akagny amin'ny fahafahagna ny amin'ny vogninahitry ny zana-Jagnahary zany.²² Fa haintsika fa ny voahary jiaby dia miara-miaimbe sindraiky miara-miasa akao agnatin'ny fanaintainagna na amin-jeo aby.²³ Tsy zany fogna, fa na ny haignintsika aby, lehy managna ny voalôham-bôkatra ny Fagnahy na ny haignintsika aby dia miaimbe akao agnatintsika, mandigny ny fampitsanganagna atsika mbô ho zanaka, dia ny fagnavôtagna ny haignintsika.²⁴ Fa tamin-jany tainga zany no nagnavôtagna atsika. Fa lehy atokisantsika fa hiboaka dia mboala tsy hita, fa zôvy no mandigny amin'ny fahatokiagna lehy afa hitany?²⁵ Fa izy koa matoky amin'ny raha mboala tsary hitantsika atsika, dia mandigny zany amin'ny fahendriagna.²⁶ Karaha zany koa, ny Totry dia magnampy akao amin'ny fahalemiantsika. Fa atsika tsy mahay lehy vavaka tôkony atantsika, fa ny Totry no tainga mitsôtro atsika amin'ny fisentoagna tsy hay koaragnigny.²⁷ Izy lehy mandiniky ny fô no mahay ny hevitra ny Totry, satria Izy no mitrôtro ho an'ny mpankatô araka ny sitrapôn-Jagnahary.²⁸ Haintsika fa reo lehy tia Zagnahary, dia miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara aby ny raha jiaby, (Fanamariahagna: Raha tôkony hoe "Miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara aby ny raha jiaby," dia dikan-tsoratra sasany talôha magnano hoe: "Ny raha jiaby dia miara-miasa amin'ny raha tsara.") ho an'ny reo lehy voahantso araka ny fandaharany.²⁹ Satria reo lehy hainy talôha, dia nirahiny talôha koa mbô hitôvy bika amin'ny Zanany, mbô ho talagnôlo akeo agnivoron'ny rahalahy fôntry izy. Reo lehy nirahiny nanampôgno, dia nantsôviny koa.³⁰ Reo lehy nantsôvony, dia namarigniny koa. Reo lehy namarigniny, dia namiany vogninahitry koa.³¹ Ino âry raha tôkony hikoragnintsika mikasiky reo raha reo? Izy koa mikarakara atsika ady Zagnahary, zôvy moa mahadigny atsika?³² Izy lehy tsy namalavala ny Zanany lalahy tôkagna fa nagnamia Azy ho antsika jiaby, ahoana moa tsy hagnamiazany atsika maimaimpoagna miaraka Aminazy ny raha jiaby koa?³³ Zôvy moa hinday fagnambaragna hamaly reo ôlom-boafidin-Jagnahary? Zagnahary no lehy araiky magnamarigny zany.³⁴ Zôvy lehy araiky hagnameloko? Kristy no lehy araiky maty ho antsika, avakeo lômbolômbon'ny zany, nampitsanganigny koa Izy. Manapaka miaraka amin-Jagnahary akeo amin'ny fantairam-bogninahitry Izy, avakeo Izy lehy mitsôtro ho antsika.³⁵ Zôvy moa hampisaraka atsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriagna, sa fijaliagna, sa fagnindriagna, sa tihinagna, sa tsy fanagnan-damba, sa loza, sa sabata?³⁶ Araka ny voasôratra hoe: "Avy aminao fogna namonoagna zahay lava andro tô. Nalaigny karaha ondry

hivonoigny zahay."³⁷ Akao agnatin'ny zany raha jiaby zany dia ambonimbonin'ny mpandresy zahay amin'ny alalan'ny lehy araiky tia zahay.³⁸ Fa resy lahatra zaho fa na ny fahafataisagna, na ny fiaignagna, na reo anjely, na reo fanjakagna, na reo raha avaizo, na reo raha ho tonga, na reo ngôvo,³⁹ na ny hambo, na ny laligny, na zavaboary sasany, dia tsy tafisaraka atsika amin'ny fitiavan-Jagnahary, lehy akao amin'i Kristy Jesôsy Tômpontsika.

Chapter 9

¹Magnambara ny marigny ao amin'i Kristy zaho. Tsy mavandy zaho, ary ny eritreritry enaha no vavolombelogo miaraka aminaha ao amin'ny Fagnahy Masigny, ²fao hozy zaho dia misy alahelo gaida aveo fahoriagna tsy mijanogno ato am-pô naha. ³Fao afaka nagniry zaho fao zaho dia ho voahazogno kay hiataka amin'i Kristy noho ny amin' reo rahalahiko, reo zay araiky firazagnagna aminaha araka ny nôfotro. ⁴Zareo dia Israelita. Zareo dia managna fanagnagna, ny vogninahitry, reo fagnikaihagna, ny fagnomiazan'ny lalàgna, ny fidairagna Zagnahary, ary reo fampanantenagna. ⁵Nihi-jareo dia reo razagna zay nahatonga an'i kristy ho tonga nôfotro, Izy zay Zagnahary ambonin'ny jiaby. Hidairaigny mandrakizay anie Izy. Amena. ⁶Fao tsy foagna reo zay nampanantenain-Jagnahary. Fao tsy zay jiaby avy agny israely no tegna an'Israely. ⁷Na reo tamingan'i Abrahama jiaby no tegna zanany. Fao: "Amin'ny alalan'ny Isaka no hagnantsaovagna reo taminganao." ⁸Zany hoe, reo zanaky ny nôfotro dia tsy zanaka Zagnahary. Fa reo zanakin'ny fampanantenagna no raisigny ho taminga. ⁹Fao otry zao ny volagnan'ny faampanantenagna: " Amin'zany fotoagna zany dia ho avy Zaho, ary hamiagna zazalahy Saraha." ¹⁰Tsy zany fogna, fa avy eo koa Rebeka hanan-janaka amin'ny lalahy araiky, Isaka babantsika_ ¹¹fa mbôla tsy tairaka aby reo zaza ary mbôla tsy nagnano raha tsara na ratsy, mbô ho marigny ny tanjon-Jagnahary araka ny fisafidianagna, tsy noho reo asa, fao noho Izy zay magnantso_ ¹²nagnambara tamin'ny vaiavy hoe: "Ny zokiny dia hanompo ny zandriny." ¹³Zany dia hotry zay voasaoratra hoe: "Jakoba tiako, fa Esao halako." ¹⁴Ino ary no ho hivolagnintsika? Misy tsy fahamarinagna moa miaraka amin-Jagnahary? ¹⁵Tsy hisy lasite zany. Fao ho Izy tamin'i Mosesy hoe: "Hamindra fô amin'zay tiako hamindragna fô zaho, aveo hafairaigny reo zay tiako hafairaignako zaho." ¹⁶Noho zany aveo, dia tsy noho izy mikasa zany, na noho izy zay miazakazaka, fao noho Zagnahary, zay nagnaboaka ny famindram-pô. ¹⁷Fao ny Soratra Masigny nagnambara tamin'ny Farao hoe: "Fa noho zany antony zany no nagnandratako anao, mbô hagnaboahako aminao ny angôvo anaha, ary mbô hagnamabaragna ny agnaragna naha eran-tany. ¹⁸Noho zany, Zagnahary dia mamindra fô amin'zay tiany hamindragna fô, ary zay tiany hamafisigny fô, no hamafisin'ny fô. ¹⁹Avakeo hagnambara aminaha areo hoe: "Nagnino no mbôla mahita tsigny fogna Izy?" Fa zôvy no mahatohitry ny sitrapôny? ²⁰Mifanohitry amin-jany, ralelilahy, zôvy moa anao no mamaly manohitry Zagnahary? Moa zay afa nivolvolaigny hagnambara amin'ny mpamolavola zany hoe: "Nagnino no nataonao karaha zao zaho?" ²¹Moa ny mpanefy vilagny tsy managna zo amin'ny tanimanga kay ny vongany araiky fogna no hagnamboaragna fipitrahagna amin'ny andro votaokgna, ary fipitrahagna araiky hafa amin'ny andavanandro? ²²Akôry raha zagnahary, zay tiahagnaboaka ny fahatezairagna ndraiky hagnambara ny fahefany, no niaritry tamim-paharaitagna reo fipitrahan'ny fahatezairagna monigny ho amin'ny fahasimbagna? ²³akôry raha natany zany mbô hagnamabaragna ny hariagnany vogninahitry eo amin' reo fipitrahan'ny famindram-pô, zay afa nomanigny mialaoha ho amin'ny vongnahitry? ²⁴Akôry raha natany ho antsika koa zany, zay antsôviny foagna koa, tsy ho eo amin'ny Jiosy fogna fao hoe amin'ny reo Jentilisa fogna koa? ²⁵Araka zay nambarany tao amin'i Hosea fogna hoe: "Hantsôviko hoe ôlogno anaha zay tsy ôlogno anaha, ary hoe tiany lehy tsy tiany. ²⁶Avakeo dia agny amin'ny zay nagnambarany tamin-jareo hoe: "Tsy ôlogno anaha areo, agny no hagnantsaovagna zareo hoe: "Zanaka Zagnahary velogno." ²⁷Isaia nagnantso mafy ny amin'Israely hoe: "Izy koa otry alagnagna amin'ny ranomasigny ny hisan'ny zanak'israely, dia ho voavonjy izy ndraiky ambiny, ²⁸fao ny Tompo hitondra ny volagnany eto an-tany, feno ary tsy ho aila." ²⁹Araka ny nivolagnin'Isaia mialoha hoe: "Raha ny Tompo tompon'ny maro no tsy nagnambaila taminga ho antsika, dia hitôvy an'i Sodoma atsika, ary hanjary otry Gomora." ³⁰Ino ar no hivolagnintsika? Fa reo Jentilisa, zay tsy nizaha ny fahamarinagna, no nahazo ny fahamarinagna, zay fahamarinagna avy tamin'ny finoagna. ³¹Fao israely, zay nizaha ny lalàn'ny fahamarinagna, dia tsy tonga tamin'zany. ³²Nagnino moa? Satria zareo tsy nizaha zany tamin'ny finoagna, fao tamin'ny asa. Tafintohignin'ny vatôn'ny fagnafintohinagna zareo, ³³araka zay afa voasaoratra hoe: "Zahavo, ao Ziona no agnambilako ny vatôn'ny fanafintohinagna ndraiky tsangambaton'ny fandikan-dàlagna. Zay mino zany dia tsy ho maingatra.

Chapter 10

¹²³Oa rahalahy, ny tian'ny fô nahy sy ny angahoky amin-jagnahary hoan-jareo, dia fagnavotagna zareo. Fa mitsangagna tomoa mikasika zareo zaho, fa mafana fô ho an'ny zagnahary zareo, naifa tsy araka ny fahaizany. Fa tsy mahay ny fahamarignan-jagnahary regny, aveo mikasa hagnambaila fahamarignan-jareo manôkagna. Tsy magneky ny fahamarinan-jagnahary zareo regny.⁴Fa Kristy no fahantantirahan'ny lalâgna ho fahamarignagna ho an'ny lehy mankatô jiaby. ⁵Fa Mosesy nanôratra mikasikan'ny fahamarignagna lehy avy amin'ny lalâgna hoe: "Ny ôlogno lehyb magnano ny fahamarignan'ny lalâgna dia hiaigny amin-jany fahamarignagna zany."⁶Fa ny fahamarignagna lehy avy amin'ny finoagna dia mivôlagna: "Aza mivôlgns zao am-pô hoe: 'Zôvy no hiakatra agny andagnitry?' (Zany dia, mampirôlogno Kristy); ⁷avakeo aza mivôlagna hoe: 'Zôvy no hirôlogno agny amin'ny laligny?'" (Zany dia, mampiakatra an'i Kristy amin'ny maty).⁸Fa ino no volagniny zany? "Eo marikitry anao ny teny, akao am-bavanao avakeo akao am-pônao."zany no tenin'ny finoagna, lehy volagninay. ⁹Fa raha amin'ny vavanao no agnikiahanao an'ny Jesôsy ho Tômpo, avakeo magneky akao amin'ny fônao fa natsangan-jagnahary tamin'ny maty Izy, dia havôtaga anao. ¹⁰Fa amin'ny fô no agnikiahan'ôlogno ny fahamarignagna, avakeo amin'ny vava no agnikiahagna ny fagnavôtaga.¹¹Fa tô raha volagniny soratra masigny: "Tsy ho maignatra lehy mankatô Azy jiaby." ¹²Fa tsisy fahasamihafagna akeo amin'ny Jiosy sindraiky Grika. Fa Tômpo araike fagna no Tompon'ny jiaby, ary hariagnam-pasoavagna ho an'ny lehy magnantso Azy izy. ¹³Fa lehy jiaby magnantso ny agnaran'ny Tômpo no havôtaga.¹⁴Akôry ary no ahafahan-jareo magnantso Azy lehy tsy nkehiny? Akôry no ahafahan-jareo magneky Azy lehy tsy regnin-jareo? Akôry no ahafahan-jareo mitandregny raha tsisy mpagnambara, raha tsisy mpagniraka? ¹⁵Araka lehy voasôratra hoe: "Zahavo ny hatsaran'ny tongotro reo mivôlagna reo raha tsaran'ny vaovao maharavoravo!"¹⁶Kanaifa tsy izy jiaby no nitandregny ny vaovao maharavoravo. Fa nivôlagna Isaia hoe: "Tômpo, zôvy no nankatô ny hafatray?" ¹⁷Noho zany ny finoagna dia avy amin'ny fitandrignaisagna, ary ny fitandrignaisagna avy amin'ny tenin'i Kristy.¹⁸Fa nivôlagna zaho hoe: "Kay tsisy nitandregny moa zareo?" Ia, taigna marigny. "Ny feon-jareo dia afa niboaka magnairan-tany, avakeo ny tenin-jareo bariky amin'ny farany tany tô."¹⁹Ankoatrany zay, nivôlagna zaho hoe: "Kay tsy nahaymoa Israely?" Tamin'ny voanaloahany Mosesy nagnambara hoe: "Hatako sarôtony amin'ny lehy tsy firenena akory areo." Amin'ny firenena lehy tsisy fahaizagna, hatako homby amin'ny fahavigniragna areo.²⁰Ary akeo bahery mahasaiky tatô Isaia izy koa fa nivôlagna hoe: "Hitany reo lehy tsy nizaha zaho zaha." ²¹Fa nivôlagna izy tamin'Israely hoe: "Tontolon'ny no namavarako tagnako tamin'ôlogno tsy mankatô ndraiky maditry."

Chapter 11

¹Ary nivolagna zaho, narian-Jagnahary moa ny olognonazy? Sagnatria edy zany. Fao zaho ndraiky koa dia Isiraelyta, tamingan'i Abrahama, avy amin'ny fokon'ny Benjamina.² Zagnahary dia tsy nagnary ny olognonazy, zay afa hainy talôha. Tsy hainareo moa zay voalazan'ny Soratra Masigny mahakasiky an'i Elia, dia lay fitaraignany tamin-Jagnahary nahazo an'Isiraely? hoe:³ Tompo, zareo dia namono reo mpagnazarinao, nagnapotiky ny alitaranao. Zaho araiky faogna tavailla, aveo mifôfo ny hamono zaho zareo.⁴ Fao ino moa valin-teny nambaran-Jagnahary azy? "Nagnavaka fito arivo lahy ho an'ny taignako Zaho zay tsy nandongoalitra teo amin'ny Bala."⁵ Dia tôtro zany, amin-je avaiô ze indraiky koa dia misy tavailla indraiky nohon'ny fisafidianagna amin'ny fahasoavagna.⁶ Fao koa avy amin'ny fahasoavagna zany, dia tsy avy amin'ny asa eky. Fao koa zany dia tsy fahasoavagna eky fahasovagna. ([Fagnamarihagna: Ny antontan-taratasy sanany taloha dia mamaky hoe: "Kanaifa koa avy amin'ny ro asa zany, dia tsy fahasoavagna eky; fao koa zany dia tsy asa eky ny asa."])⁷ Ino ary? Ny raha zay nizahan'Isiraely, dia tsy azony, fao ny voafidy no nahazo zany, ary nankamafisigny reo lambiny.

⁸Zany dia araka ny afa voasoratra hoe: "Zagnahary dia magnamia zareo ny fagnahin'ny fizaidazaidagna, maso mbo tsy hahitan-jareo, ave sofigny mbo tsy harignaisan-jareo, baroko niany."⁹ Nivolagna Davida hoe: "Aoka ny latabatrany ho harato ndraiky fandriky, ho vato mamandriky ndraiky valifaty amin-jareo."¹⁰ Aoka ny mason-jareo hohamaizigniny mbo tsy hahita, aveo aoka hondriky barokodontany ny tahaizan-jareo."¹¹ Dia nivolagna zaho hoe: "Izio moa tafintohigny zareo mbo ho lavo?" Sagnatria eky zany. Fao naifa, avy amin'ny fahalavoan-jareo, no nahavian'ny famonjiagna tamin-jareo jentilisa, mbo hampialogno zareo.¹² Ary koa ny fahalavoan-jareo no hariagnan'izao tontolo zao, ary koa ny fahaviraizan-jareo no hariagnan-jareo jentilisa, doa magnankory ny halebiazan'ny fahatanterahan-jareo?¹³ Fao avaiô dia nivolagna aminareo Jentilisa zaho, ary koa mbala apositolin-jareo Jentilisa zaho, dia mankasitraka ny fanompoako.¹⁴ Mety hampialogno zareo zay avy amin'ny nôfotronaha manokagna zaho. Mety hamonjy ny sanany amin-jareo atsika.¹⁵ Fao raha midika fampihavanagna magnairantany ny fandavagna zareo, dia ino handraisagna zareo zany fao fiainagna avy amin'ny fahafataisagna?

¹⁶Raha voatôkagna ny vôkatra voalôhany, dia ny ampahany amin'ny kobam-bary koa. Raha voatôkagna ny vahany, dia tôtro zany foagna koa reo rantsany.¹⁷ Fao raha nitapahagna ny rantsany sanany, ary koa anao, sampagna oliva no naharo tamin-jareo, aveo koa nifampizara tamin-jareo ny vahany mamokatra ny kakazo oliva anao,¹⁸ dia aza miraiharaiha amin-jareo sampagna. Fao koa miraiharaiha anao, dia tsy anao no no mitonga ny vahany, fao ny vahany no mitonga anao.¹⁹ Dia hivolagna anao hoe: "Nitapahagna hiala reo rantsagna mbo hafahako mifandray aminazy."²⁰ Marigny zany. Nohon'ny tsy finoan-jareo dia nitapahagna hiala zareo, fao areo dia mitsangagna tsara nohon'ny finoagnanareo. Aza magnano ny taignanareo ho agnambo, fao matahôra.²¹ Fao raha ny taigna sampagna aza tsy nambailan-Jagnahary, dia tsy hambailany indraiky koa anao.²² Ary, zahao, ny fahatsoram-pô ndraiky ny fahasarotam-pôn-Jagnahary. Eto andagniny, ny fahasarotam-pô dia homby amin-jareo Jiosy zay lavo. Fao eto ankilany ndraiky, ny hatsaram-pagnahin-Jagnahary dia homby aminareo, koa mahadigny ao amin'ny hatsaram-pagnahy areo. Fao koa tsy zany dia ho tapahagna koa areo.²³ Ary na regny aby, koa tsy manôhy amin'ny tsy finoagnany zareo, dia haharo. Fao Zagnahary dia afaka magnampody magnaharo zareo indraiky.²⁴ Fao raha nitapahagna tamin'ny kakazo oliva-dia areo, kay naharo tamin'ny kakazo oliva tsara, dia magnankory ny fihoraran'ny hafontriran'ireo jiosy, zay sampagna voajagnahary, naharo tamin'ny kakazo olivan-jareo manôkagna?²⁵ Fao tsy tiako tsy hahay areo, ry rahalahiky, ny amin-jany raha mivôny zany, mbo tsy hampisy fagnahy areo amin'ny menimeninareo manôkagna. Zany raha mivôny zany dia afa nahamafy lôha ny ampahany amin'Isiraely, mandrapa-havin'ny fahafinoan-jareo Jentilisa.²⁶ Noho zany dia hovanjegny aby ny Isiraely jiaby, araka ny voasoratra hoe: "Hiboka avy agny Ziona ny mpagnafaka. Hagnala ny haratsiam-pagnahy amin'i Jakoba Izy,²⁷ ary zany no ho fagnikiam-pihavanagnanaha amin-jareo, koafa hagnala ny fahotan-jareo Zaho."²⁸ Amin'ny lafiny araiky mahakasiky ny vaovao mahafaly, dia fahavalo zareo nohon'ny aminareo. Amin'ny lafiny araiky hafa araka ny safidin-Jagnahary, dia tigna zareo noho reo razagna.²⁹ Fao reo fagnomaizagna ndraiky antson-Jagnahary dia tsy miôva.³⁰ Fao areo dia tsy nankatô an-Jagnahary fahaila, kanaifa avaiô areo dia nangala ny famindram-pô nohon'ny tsy fankatoavan-jareo.³¹ Tôtro zany foagna koa, avaiô reo Jiosy dia tsy nankatô. Ny vokany dia tamin'ny alalan'ny famindram-pô zay naboaka areo no mety hangalan-jareo famindram-pô indraiky koa avaiô.

³²Fao Zagnahary afa nagnidy ny tsy fankatoavagna jiaby, mbo afahany hagnaboaka famindram-pô amin'ny jiaby.³³ Zahao, halalignan'ny reo hariagnan'ny fahendrena ndraiky fahaizan-Jagnahary! Tsy takatry ny saigny reo fitsaragnanazy, ary reo lalany dia tsy hay refesigny!³⁴ Fao zôvy moa nahay ny fandinihany Tompo na zôvy no hanjary mpanolo-tsaigny Azy?³⁵ Na zôvy no hagnamia raha an-Jagnahary aloha, kay tsy maintsy hagnifan-Jagnahary azy indraiky? "³⁶Fao avy Aminazy ndraiky amin'ny alalany ary ho Nihinazy raha jiaby. Ho Azy barokodintany ny vogninahitry. Amen.

Chapter 12

¹Mangataka areo zaho noho zany, ry rahalahy, noho reo famindrampôn-Jagnahary, mbô hagnamia ny haigninareo ho hofagna velogno, masigny, kehin-Jagnahary. Zany no fanompoanareo araka ny tôkony ho izy. ²Aza mitôvy amin'ny tany jiaby, fa magnovoa amin'ny fagnavaozagna ny saigninareo. Atôvo tô mbô ho hahazanareo raha tsara, azo kehigny, ary ny sitrapô lafa-Jagnahary.³Fa koragniky, nohon'ny fahasoavagna lehy namiagna zaho, ny tsy tôkony hanagnan'ôlogno jiaby zay akeo aminareo menimeny hagnampiakatra ny haignianazy mihoatra lehy tôkony ho minimineny. Fa naifa, tôkony handiniky am-pahendriagna zareo, karaha ny nagnamiazan-Jagnahary fatatra finoagna ny tsiraikiaraiky aby.⁴Fa managna rantsagna fôntry amin'ny haignintsika atsika, kanaifa tsy mitôvy aby ny asan'ny reo rantsagna reo.⁵ Mitôvy amin-jany, atsika lehy fôntry be tô dia vatagna araiky fogna akao amin'i Kristy, ary rantsagna manokagna amin'ny tsiraikiaraiky.⁶Managna fagnamiazam-pahasoavagna sambisany aby atsika araka ny fahasoavagna lehy namiagna atsika. Izy koa faminaniagna no fagnamiazam-pahasoavan'ny araiky, dia tôkony hatao araka ny hagdazam-pinoagnany.⁷ Izy koa fanompoagna no fanomezam-pahasoavan'ny araiky, dia izy tôkony hanompo. Izy koa nisy araiky nahazo fanomezam-pahasoavagna hagnanatra, izy tôkony hagnanatra. ⁸Raha fampaheraizagna no fagnamaizam-pahasoavan'ny araiky, izy tôkony hampahery. Raha hagnamia no fagnamiazam-pahasoavan'ny araiky, izy tôkony hagnano zany amim-pahalala-tagnagna. Izy koa hitariky no fagnomiazam-pahasoavan'ny araiky, zany tôkony ho haifa amin'ny fitandrimagna. Izy koa hagnaboaka fangoraham-pô no fanomezam-pahasoavan'ny araiky, zany tôkony ho vita am-piravoravoagna.⁹Aoka ny fitiavagna tsisy fihatsaram-bailatsihy. Aza tia raha ratsy; tano mafy leh tsara. ¹⁰Izy koa mikasiky ny fitiavan'ny mpirahalaly, mifankatiava aminareo tsiraikiaraiky aby. Raha ny mahakasiky ny fanomaizam-boninahitry, mifagnajà.¹¹Raha ny mahakasiky ny fikiriza, aza misalasala. Raha mahakasiky ny Fagnahy, aoka hafana fô. Mahakasiky ny Tômpo, tompoy Izy. ¹²Miravoa akao amin'ny fahatokisagna zay hanagnanao mahakasiky ny ho avy. Maharaita amin'ny reo olagnao. Mivavaha fogna.¹³ Mifandrasa amin'ny zay tadiavn' ny mpankatô. Mizahava fomba fôntry hampiantragnagna ôlogno¹⁴Misaora reo lehy magnindry anao; misaora ary aza magnozogno. ¹⁵Miaraha ravoravo amin'ny reo zay ravoravo; miaraha-mitomoagny amin'ny reo zay mitomoagny. ¹⁶Mitovia diniky amin'ny tsiraikiaraiky. Aza misaigny amin'ny fomba miraiharaiha, fao keho reo ôlogno ambany. Aza mieritreritry ny haigninao ho misy fagnahy.¹⁷Aza mamaly ratsy ny ratsy. Magnanôva raha tsara fôntry hitan'ôlogno jiaby.¹⁸ Izy koa manajry, araka zay hazonao atao, mivavaha amin'ny ôlogno jiaby.¹⁹Aza mamaly ratsy ny haigninareo, oa tiako, fao amia lalagna ny fahavigniragna Zagnahary. Fa afa voasôratra hoe: "'Ahy ny vali-faty; Zaho no hamaly,' hoy ny Tômpo." Izy koa tihinagna ny fahavalo, amiazao hanigny izy.²⁰ Izy koa tihigiaka izy, amiazao raha giahigny izy. Izy koa magnano zany anao, dia hamôrivôry vaimôtro akeo amin'ny talandohany." ²¹Aza magneky resin'ny raha ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy.

Chapter 13

¹Aoka fagnahy jiaby hagneky reo manam-pahefagna ambony, fao tsisy fahefagna raha tsy avy amin-Jagnahary. Avakeo reo manam-pahefagna misy dia afa voatendrin-Jagnahary.²Noho zany zay manohitry zany fahefagna zany dia manohitry ny didin-Jagnahary; aveo zareo zay manohitra zany dia hahazo fitsaràgna amin'ny taignan-jareo.³Satria reo mpanapaka dia tsy fampitahôragna ho an'ny reo asa tsara, fao ho an'ny reo asa ratsy. Magniry ny tsy atahotra ny araiky akao amin'ny fahefagna moa areo? Magnanôva ny tsara, dia ho deraigny amin-jany anao.⁴Fao izy dia mpanompon-Jagnahary ho nihinareo amin'ny asa tsara. Fao raha magnano ny ratsy areo, dia matahôra, satria tsy manday ny meso tsisy dikany izy. Fao izy dia mpanompon-jagnahary, mpamaly ny fahavigniragna amin'ny lehy magnano ratsy.⁵Noho zany dia tokony hagneky are, tsy nohon'ny fahavigniragna faogna, fao nohon'ny fieritreretagna faogna koa.⁶Noho zany dia magnifao haitra faogna koa areo. Fa mpanompon-Jagnahary reo manam-pahefagna, zay miandraikitry zany raha zany tsy mijanogno.⁷Aloavo amin'ny tsiraikiraiky zay tokony nihin-jareo: magnifao haitra amin'ny zay tokony hagnifagna azy; magnifao fandi-tseranagna amin'ny zay tokony hagnifagna azy; matahôra an'ny zay tokony hatahoragna; magnajà an'ny zay mendrika zany.⁸Aza managna trosa na amin-jôvy na amin-jôvy, afa-tsy ny fifankatiavagna faogna. Fao zay tià ny magnodidigny azy dia nahantatairaka ny lalàgna: ⁹Fôntry reo didy: "Aza magnalatra vadin'ôlogno, aza mamono ôlogno, aza mangalatra, aza magniry," ary izy koa misy didy hafa ankoatran'ny reo koa, dia voafehy amin'ny tô fehezanteny tô zany: "Tiavo ny namanao karaha haigninao koa."¹⁰Ny fitiavagna dia tsy mandratra ny magnodidigny; noho zany, fitiavagna no fahatantirahan'ny lalàgna.¹¹Noho zany, hainareo ny fotoagna, fao afa fotoagna hinjonanareo amin'ny toromaso edy zeo. Fao avazo afa marikitry noho zay nankatovintsika tamin'ny voaloahany ny fagnavotagna atsika.¹²Avy ny aligny, avakeo marikitry ny andro. Noho zany, alôhy hariagna reo asan'ny maizigny, avakeo alôhy atsika hisikigny ny fiadian'ny fahazavagna.¹³Ndaha handaiha amin'ny lalagna mahitsy, karaha ny amin'ny andro, fao tsy karaha ny amin'ny reo firavoravoagna tsy ampaha-mendriahagna na koa ny fahamamoagna, ary alôho tsy handaiha amin'ny fahavaitavaitagna na amin'ny filàgna tsy voafehy, avakeo tsy ho amin'ny fifanohairagna na fialôgnagna.¹⁴Fao misikina an'i Jesôsy Kristy Tompo, avakeo aza magnamia fisalasalagna ho any nôfotro, mbô hagnomezagna fafaham-pô ny filagnany.

Chapter 14

¹Alaivo na lehy jiaby malemy amin'ny finoagna, aza mitsara mikasika ny tohan-kevitra. ²Ny ôlogno araiky dia managna finoagna hihinanagna na ino na ino, fao ny araiky hafa lehy malemy tsy mihinagna afa-tsy legioma. ³Aoka lehy mihinagna zavatra jiaby tsy handoto lehy tsy mihinagna ny jiaby; avakeo lehy tsy mihinagna raha jiaby ndraiky tsy mitsara lehy hafa mihinagna ny jiaby. Fao zagnahary afa nagneky azy. ⁴Zôvy moa anao lehy mitsara ny mpanompn'ôlogno hafa? Akeo agntraihan'ny tôlempiny izy no mitsangagna na lavo. Fao hantsangagna izy, satria ny Tômpo dia afaka manangagna azy. ⁵Ny ôlogno araiky dia mihevitra fao misy ny andro tsara raha oharigny amin'ny jiaby. Ny hafa ndraiky mihevitra fao mitôvy ny andro jiaby. Ambilao ny tsiraikeraiky hagneky araka ny saigninazy aby. ⁶Lehy mandiniky ny andro, dia mandinika zany ho an'ny Tômpo; ary lehy hômagna, dia hômagna ho an'ny Tômpo, fao misotra zagnahary izy. Lehy tsy hômagna, dia mifady hanigny ho an'ny Tômpo, izy fôgna koa misotra zagnahary. ⁷Fao tsisy miaigny ho an'ny haigniny atsika, avakeo tsisy maty ho an'ny haigniny. ⁸Fao izy koa miaigny atsika, dia miaigny ho an'ny Tômpo. Araka zany na velogno atsika na maty, dia nihin'ny Tômpo. ⁹Fao amin-jany antony zany no nahafataisan'i Kristy aveo nahavilômany ndraiky, mbô hahatonga Azy ho salakady Tômpo'ny maty sady Tômpo'ny velogno. ¹⁰Fao anao, nagnino moa anao mitsara ny rahalahinao? Aveo anao, nagnino anao malaigny rahalahinao? Fao atsika jiaby dia mbaola hitsangagna ho tsaraigny akeo agntraihan'ny sezy fitsaragnan-jagnahary. ¹¹Fao afa voasaoratra hoe: "Raha mbaola velogno koa zaho," afiky Tômpo, "dia hiforitry akeo agntraihako ny lohalitry jiaby, aveo ny laila jiaby dia hidaira zagnahary." ¹²Kay noho zany ary, atsika tsiraikiraiky avy dia hagnano tatitry ny haignenazy akeo anin-jagnahary. ¹³Kay aoka atsika tsy hifampitsara eky, fao naifa hanapaka zao, mbô tsy hisy hagnambaila vato mahatafintohigny na fandriky hoan' ny rahalahiny. ¹⁴Mahay zaho ave resy lahatra akao amin' ny Tômpo Jesosy, fao tsy misy tsy madio amin' ny aigniny. Fao hoany lehy malaka na ino na ino ho tsy madio, dia tsy madio zany ho azy. ¹⁵Satria raha malahelo nohon' ny amin'ny hanigny ny rahalahinao, dia tsy mandaiha am-pitiagna aky ana. Aza aratigny nohon' ny amin'ny hanigniareo reo zay nahafoizan'ny Kristy ny aigniny. ¹⁶Koa aza magnambaila zay heritreretinare ho tsara ho ankaratsigny. ¹⁷Fao ny fanjakany Zagnahary dia tsy mahakasiky ny hanigny ndraiky rano figiahigny, fao mahakasiky ny fahamarinagna, fiadanagna, filagna akao amin' ny Fagnahy Masigny. ¹⁸Fa lehy manompo an'i Kristy araka zany dia ankasitrahin-jagnahary ndraiky kehin' ôlogno. ¹⁹Noho zany, aoka atsika hanohy reo zavatra ny fiadanagna ndraiky reo zavatra zay manefy ny tsiraikiraiky aby. ²⁰Aza aratigny nohon' ny amin' ny hanigny ny asan-jagnahary. Madio tatôboe ny raha jiaby, fa ratsy hoan'ny ôlogno lehy mihinagn' azy ave mahatonga azy ho tafintohigny. ²¹Tsara ny tsy mihinan-kanina, na migiaka divaiginy, na ny raha jiaby zay mety hanafintohigny ny rahalahinao. ²²Ny finoagna anagnanao, akajio aka aminao ndraiky Zagnahary. Sambatra lehy tsy magnameoka ny aigniny amin'izay kehiny. ²³Lehy misalasala dia meloka raha mihinagna, satria tsy tamin' ny finoagna zany. Ave na ino na ino tsy avy amin' ny finoagna dia fahotagna.

Chapter 15

¹Ary atsika zay matanjaka dia tókony handefitry ny fahalimiagnan'ny malemy, ary tsy tókony hagnano zay mahafinaritry ny haingintsika. ²Aoka ny tsiairaikiaraiky avy amintsika hagnano zay maharavo ny mpiarabelogno aminy fao zany no tsara, mbô hanandratagna azy.³Fao na Kristy aby tsy nagnano zay nahafinaritry ny haingina. Fa naifa, zany dia araka ny afa voasaoratra hoe: "Ny faniratsiran-jareo zay maniratsira anao dia nihatra taminaha." ⁴Fa na ino na ino voasaoratra teo aloha dia voasaoratra ho fampianaragna atsika, mbô amin'ny alalan'ny faharaitagna ndraiky amin'ny alalan'ny fampaheraizagna ny Soratra Masigny no hanagnantsika toky. ⁵Ary ny Zagnaharin'ny faharaitagna ndrakiy fampaheraizagna anie hagomia fisainagna mitôvy ho an'ny tsiairaikiaraiky aby araka an'i Kristy Jesôsy. ⁶Izy anie hitsabo zany mbô ho amin'ny fisainagna araiky sy amin'ny vava araiky fogna no hidairanareo Zagnahary ndraiky Baban'i Tompontosika Jesôsy Kristy. ⁷Amin-jany mifandraisa, mitôvy ny nadraisan'i Kristy areo fogna koa aby, ho fidairagna Zagnahary.⁸Fao ambarako areo fa Kristy dia afa mpanompon'ny voafora ho amin'ny fahamarinan-Jagnahary, mbô hahafahagna magnamarigny reo fampantenagna zay namiagna reo baba, ⁹ary hon-jareo Jentilisa mbô hagnomiazam-bogninahitry Zagnahary nohon'ny famindram-pony. Zany dia araka ny feo voasaoratra hoe: "Noho zany dia hamiagna fidairagna Anao eo amin'ireo Jentilisa Zaho ary fidairagna ny agnaragnanao." ¹⁰Mbôla voampanga fogna hoe: "Miravoravoa, miaraka amin'ny vahoakany, ry jentilisa." ¹¹Ary koa hoe: "Deraio ny Tompo, ry jentilisa jiaby; ambilao ny ôlogno jiaby hidaira Azy." ¹²Hozy ndraiky Isaia hoe: "Hisy fakan'ny Jese, ary lehy araiky zay hitsangagna hanapaka eo amin'ny Jentilisa. Hanagna fahatokiagna aminy reo Jentilisa." ¹³Ary Zagnahary ny fahatokiagna anie hagnamia areo amin'ny fifaliagna sy fiadanagna jiaby amin'ny finoagna, mbô ho feno fahatokiagna areo, avy amin'ny ngôvon'ny Fagnahy Masigny.¹⁴Ny haingina zao fogna koa dia resy lahatra ny momba areo, ry rahalahy. Resy lahatra zaho fao areo fogna koa dia feno fahatsaragna, feno ny fahalalagna jiaby. Resy lahatra zaho fao areo fogna koa dia afaka mifagnanatra.¹⁵¹⁶Fa manaoratra am-pahasahiana zaho momba reo raha saasany mbô hampahatsiahivigny areo ndraiky, nohon'ny fagnomiazam-pahasoavagna zay namian-Jagnahary zaho. Zany fagnomiazam-pahasoavagna zany dia tókony hanompoako an'i Kristy Jesôsy nalaifa tagny Jentilisa, mbô hanôlotro mitôvy ny sôrogo ny vaovao maharavoravon-Jagnahary. Tókony zany mbô ho azo kehigny ny fagnatitry reo Jentilisa, voatokagnan'ny Fagnahy masigny.¹⁷Amin-jany ny haravoagna naha dia ao amin'i Kristy Jesôsy ndraiky reo rahan-Jagnahary. ¹⁸Fao tsy ho sahy hikoragna na ino na ino koa tsy reo raha haifan'i Kristy tamin'ny alalako ho an'ny fankatoavan'reo Jentilisa Zaho. Reo raha reo dia vita tamin'ny volagna ndraiky asa, ¹⁹tamin'ny ngôvon'reo famantaragna sy fahagagagna, ary tamin'ny ngôvon'ny Fagnahy Masigny. Zany dia mbô avy agny Jerosalema, sy lavidavitry mitôvy an'Ilyrikioma, no hahafahako magnatantairaka ny vaovaomaharavoravon'i Kristy.²⁰Amin-jany, ny fagniriako dia ny hitory ny filazantsara, fao tsy agny amin'zay ahafantaragna an'i Kristy amin'ny agnaraganaha, mbô tsy hagnorainako eo amin'ny zay afa nagnorainagna ny hafa. ²¹Zany dia araka ny voasaoratra hoe: "Tamin'reo zay tsy nagnambaragna Azy no hahita Azy, ary reo zay tsy naharegny no hahazo." ²²Amin-jany fogna koa dia voasakagna mazagna tsy ho agny aminareo zaho. ²³Fao amin'zao, tsy managna toeragna amin'reo faritry reo eky zaho, aveo tagno maro no afa nagniriako mafy ho agny aminareo.²⁴Amin-jany na afriagna na afriagna andihianako agny Espana, dia magnataigna zaho ny hahita areo koafa mandalo, ary haterinareo agny amin'ny himboako, kofa avy mankafy ny fiarahanareo malaky zaho. ²⁵Fa ami-jeo ho agny Jerosalema Zaho hanompo reo mpino.²⁶Fa firavoagnan'i Makedonia sy Akaia ny hagnano fandraisagna anjara ho an'reo mijaly isan'reo mpino zay agny Jerosalema. ²⁷Ya, Haravoagna hoan-jareo zany, ary mpitraosa aminy raha masigny zareo, dia tókony hanompo azy reo fogna koa zareo amin'reo raha ara-pitaovagna.²⁸Ami-jany, koafa nitsaboky zao asa zao ary nagnamafy fao hazon-jareo ny vokatra zay nangonigny, dia ho agny Espaina zaho aveo hitsidiky areo amin'ny lalagna naha. ²⁹Haiko fao koafa mandaiha aminareo zaho dia hiditry amin'ny fahifinoan'i Kristy.³⁰Avaizo mampirisiky areo zaho, ry rahalahy, amin'ny Jesôsy Kristy Tompontosika, ndraiky fitiavan'ny Fagnahy, mbô hiaraka hiady aminaha areo amin'ny vavaka atanareo amin-Jagnahary aminaha. ³¹Mivavaha mbô ho voahavotro amin'reo zay tsy mankatô agny Jodia zaho, ary mbô hikehin'reo zay tsy mankatô agny Jodia zaho, ary mbô ho kehin-jareo mpino ny fanompoako ho an'i Jerosalema. ³²Mivavaha mbô hiaviako aminareo amin'ny haravoagna amin'ny sitrapôn-Jagnahary, ary mbô hahafahako, mahita fitsaharagna, miaraka aminareo. ³³Zagnahary ny fiadanagna anie hagnampy areo jiaby. Amena.

Chapter 16

¹Ankigniky aminareo i Foibe rokivavintsika' zay mpanompon'ny fiangonagna agny Kenkrea,² mbo handraisanareo azy akao amin'ny Tompo. Tsabo zany amin'ny fomba magnaiva areo mpino, ary magnatraiha amin'ny zay olagna mety hilany ny fagnampiangnanareo. Fao izy vòkany foagna koa dia nanjary mpagnampy ny maro, ary ny haiginaha foagna koa.³ Magnanaova veloma an'i Prisla ndraiky Akoila, mpiara-miasa aminaha akao amin'i Kristy Jesôsy, ⁴zay nahafoy ny aignin-jareo ho an'ny aigninaha. Misaotra zareo zaho, ary tsy zaho foagna fao reo fiangonagna jiabin'ny Jentilisa foagna koa. ⁵Magnanaova veloma ny fiangonagna zay akao amin'ny tragnon-jareo. Magnanaova veloma agny amin'i Epaineto tiàko, zay voaloham-bokatr'i Asia ho nihin'i Kristy. ⁶Magnanaova veloma an'i Maria, zay niasa mafy ho nihinareo. ⁷Magnanaova veloma an'i Androniko ndraiky Jonia, havako mariny, ary niara-nigadra taminaha. Malaza akeo agnivon-jareo apostoly zareo, zay tao amin'ny Kristy lalôhanaha foagna koa. ⁸Magnanaova veloma an'i Ampliato, tiàko akao amin'ny Tompo. ⁹Magnanaova veloma an'i Orbano, mpiara-miasa amintsika akao amin'ny Kristy, ndraiky Staky, tiàko. ¹⁰Arabay Apela, lay ankasitrahigny akao amin'ny Kristy. Arabay reo zay akao amin'ny tokantragnon'i Aristobolo. ¹¹Magnanaova veloma an'i Herodiona, havako. Mgnanaova veloma an'ny reo zay akao amin'ny tokantragnon'i Narkisa, zay akao amin'ny Tompo. ¹²Magnanaova veloma an'i Tryfena ndraiky Tryfosa, zay miasa mafy akao amin'ny Tompo. Arabay Perysa tiàko, zay niasa mafy tao amin'ny Tompo. ¹³Manaova veloma an'i Rofosy, zay voafidy tao amin'ny Tompo, ndraiky ny nininy maha niniky. ¹⁴Magnanaova veloma an'i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, aveo reo rahalahy zay miaraka tamin-jareo. ¹⁵Magnanaova veloma an'i Filologia ndraiky Jolia, Nerea ndraiky ny rokivaviny, ndraiky Olimpa, aveo reo mpino jiaby miaraka amin-jareo. ¹⁶Mifagnanaova veloma amin'ny fifagnirôhagna masigny. Reo fiangonan'i Kristy jiaby dia magnano veloma areo. ¹⁷aizo mampirisiky areo zaho, ry rahalahiky, mbô handiniky ny mahakasiky reo zay mahatonga ny fizarazaragna ndraiky ny fanafintohinagna. Zareo dia mihoatra lavitry ny fampianaragna zay niraissinareo. Mialà lavitry zareo. ¹⁸Fao tsy manompon'i Kristy Tompontsika ny ologno hotry regny, fao ny bôkony manôkagna foagna. Amin'ny koragna milamigny ndraiky mandroboko no amitahan-jareo ny fôn'ny tsy manan-tsigny. ¹⁹Fao ny ôhatrareo amin'ny fankatoavagna dia tafita agny amin'ny tsiraikiraiky. Noho zany, ravoravo zaho, ny aminareo, fao tiàko mbô ho hendry amin'ny zay tsara areo, aveo tsy hanan-tsigny amin'ny zay ratsy. ²⁰Zagnaharin'ny fiadanagna hagnôtohôto an'i Masantôko akeo ambanin'ny hongotroareo afaka fotoagna fohy. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Tompontsika Jesôsy Kristy. ²¹Timoty, mpiara-miasa aminaha, dia magnano veloma areo, ndraiky Losio, Jazona avekeo Sosipatro, havako. ²²Zaho, Tertio, zay manoratra tô epistily tô, dia magnano veloma areo akao amin'ny Tompo. ²³Gaio, lay mpampiantragnô zaho ndraiky ny fiangonagna jiaby, dia magnano veloma areo. Erasto, mpitagna vòla akao amin'ny tanagna, dia magnano veloma areo, miaraka amin'i Koarto lay rahalahy. ²⁴[Fagnamarihagna: Ny fandikagna talôha taigna tsara dia magnala tô andininy tô. (Zahao ny Romana 16: 20). and 24: "Ho aminareo jiaby koany ny fahasoavan'ny Tompontsika Jesôsy Kristy. Amena."] ²⁵Ary ny vogninahitry dia Nihinazy zay mahaifa mampitsangagna areo araka ny vaovao mahafalinaha ndraiky ny fitoriagna an'i Jesôsy Kristy, araka ny fagnambaragna ny raha mivôny zay nitanagna ho tsiambaratelo aila be tagny alôha tagny, ²⁶kanaifa nambara avaizo, ary tamin'ny alalan'ny bokin'ny fagnazariagna no nampahafantarigny tamin'ny firanena jiaby, araka ny didin-Jagnahary barokodontany, ho fankatoavagna ny finoagna. ²⁷Nihin'ny lay Zagnahary tôkagnan'ny fahendrena, anie ny vogninahitry barokodontany, amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy. Amena.

1 Corinthians

Chapter 1

¹Paoly, nantsôvin'i Kristy mbô ho Apostoly nohon'ny sitrapôn-Jagnahary, ndraiky Sostena rahalahintsika, ²hoan'ny fiangonan-Jagnahary ao Korinto, hoan'ny reo zay nihamasinigny tao amin'i Kristy Jesôsy, zay voahantso ho ôlo masigny. Manaoratra aminareo jiaby zay magnantso ny agnaragna Jesôsy Kristy Tompontsika amin'ny toairagna jiaby faogna koa zahay, dia tompôn-jareo ndraiky atsika. ³Hoaminareo ny fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary Iadantsika ndraiky Jesôsy Kristy Tompo. ⁴Zaho dia magnamia fisaoragna amin-Jagnahary hoanareo faogna nohon'ny fahasoavan-Jagnahary zay namian'i Jesôsy Kristy areo. ⁵Natany nanankariagna tamin'ny fomba jiaby areo, tamin'ny fivolagnagna jiaby ndraiky fahaizagna jiaby, ⁶raha voaprofo teo aminareo fao marigny ny fagnambaragna mahakasiky Kristy. ⁷Noho zany areo dia tsy ory fagnomaizam-pahasoavagna eo am-pandignaisanareo ny fagnambaragna Jesôsy Kristy Tompontsika. ⁸Izy faogna koa dia hampahery areo zisiky amin'ny farany, mbô tsy hanagna tsigny areo amin'ny andron'i Jesôsy Kristy Tompontsika. ⁹Mahatoky Zagnahary,

zay nagnantso areo hoamin'ny firaisagna amin'ny Zanany lalahy, Jesôsy Kristy Tompontsika.¹⁰ Zeo dia mampirisiky areo zaho, rahalahy, amin'ny agnaran'i Jesôsy Kristy Tompontsika, mbô hifagnaraka areo jiaby, aveo tsy hoisy fisarahagna eo aminareo. Mandrisiky zaho mbô hikambagna amin'ny saigny mitôvy ndraiky tanjogno mitôvy areo.¹¹ Fao afa natao mazava taminaha, rahalahy, tamin'ny alalan'ny vahoakan'i Kloe fao misy fifampiandaniagna eo aminareo.¹² Ny tiako ambara dia zao: Ny tsiaraiaraiky aminareo samy magnano hoe: "Zaho miaraka amin'i Paoly," na "Zaho miaraka amin'i Apolosy," na "Zaho miaraka amin'i Kristy."¹³ Voazarazara moa Kristy? Paoly moa no nifantsihagna hoanareo? Tamin'ny agnaragna Paoly moa no nagnanaovagna batisa areo?¹⁴ Misaotra Zagnahary zaho fao tsisy nataoko batisa areo, koa tsy Krispo ndraiky Gaio.¹⁵ Zany dia mbô tsy hahafahan-jôvy na zôvy mivaolagna hoe tamin'ny agnarako no nitsaboagna batisa areo.¹⁶ (Zaho faogna koa dia nitsabo batisa ny tamangan'i Stefanasy. Ny hafan'ny zay tsy haiky raha nitsabo batisa ôlogno hafa zaho.)¹⁷ Fao Kristy dia tsy nagniraka zaho mbô hampagnano batisa fao hitory ny vava maharavo. Izy tsy nadaifa zaho hitory amin'ny koragna fahindrian'ôlombelogo, mbô tsy ho foagna ny ngôvon'ny kakazon'ny fijalian'i Kristy.¹⁸ Fao ny hafatra mahakasiky ny kakazo fijaliagna dia halifahagna amin'ny reo zay ho foaty. Fao eo amin'ny reo zay ho vonjen-Jagnahary ndraiky, dia ngôvon-Jagnahary zany.¹⁹ Fao voasaoratra magnanjao: "Ho potehiginy ny fahindrian'ny hendry. Ho foagnako ny fahaizan'ny mahay."²⁰ Aiza ny ôlon-kendry? Aiza ny manam-pahaizagna? Aiza ny mpiady hevitra ny zao tontolo zao? Moa tsy navadiky Zagnahary ho halifahagna moa ny fahindrian'ny zao tontolo zao?²¹ Satria tsy nahay Zagnahary zao tontolo zao tao amin'ny fahindriagna, dia sitraka Zagnahary ny hagnavotro reo zay mino amin'ny alalan'ny halifahagna ny fitoriagna.²² Fao reo Jiosy dia mangataka famantaragna mahagaga aveo reo Grika mandiniky fahindriagna.²³ Fao zahay mitority Kristy nifantsaihagna, zay vato fanatafintohinagna amin'ny reo Jiosy avakeo halifahagna amin'ny reo Grika.²⁴ Fao amin'ny reo zay nantsôvin-Jagnahary, reo Jiosy ndraiky reo Grika, dia mitority Kristy mitôvy ny ngôvo ndraiky fahindrian-Jagnahary zahay.²⁵ Fao ny halifahan-Jagnahary dia hendry noho ny ôlogno, avakeo ny fahalimian-Jagnahary dia matanjaka noho ny ôlogno.²⁶ Diniho ny fagnantsaovagna areo, rahalahy. Tsy maro taminareo no misy fagnahy raha ny amin'ny maha ôlombelogo. Tsy maro taminareo no nafy. Tsy maro taminareo no agnambo firazanagna.²⁷ Fao Zagnahary dia nisafidy reo raha halifahany zao tontolo zao mbô hampamaingatra ny misy fagnahy. Zagnahary dia nisafidy zay malemy eo amin'ny zao tontolo zao mbô hampamaingatra zay matanjaka.²⁸ Zagnahary dia nisafidy zay ambany ndraiky hamavoagna eketo amin'ny zao tontolo zao. Na Izy aby dia nifidy reo raha zay niheveriginy ho tsinotsinona, mbô hahatonga tsinotsinona reo raha zay atao ho manan-danja.²⁹ Nitsabony zany mbô tsy hoisy hanagna antony hiraiharaihagna eo agnatraihany.³⁰ Nohon'ny nitsaboan-Jagnahary, zeo areo dia ao amin'i Kristy Jesôsy, zay nanjary fahindriagna hoantsika avy amin-Jagnahary. Izy dia nanjary fahamarinantsika, fahamarinantsika aveo fahafahantsika.³¹ Vokatry zany, araka zay ambaran'ny Saoratra Masigny magnanjao: "Aoka zay miraiharaiha, hiraiharaiha ao amin'ny Tompo."

Chapter 2

¹Kofa nandaiha aminareo zaho, rahalahy, dia tsy tonga niaraka taminy lahateny na fahendriagna raha nagnambara ny raha misitriky mahakasiky Zagnahary. [Fagnamarihagna: Ny dika-teny maro hafa dia mivaky magnanjao: "Raha nagnambara ny fitsanganagna antomoa mahakasiky Zagnahary Zaho."] ²Fao nanapa-kevitra tsy hahay na ino na ino zaho koafa teo aminareo, afa tsy Jesôsy Kristy, ndraiky Izy voahombo. ³Aveo niaraka taminareo zaho teo amin'ny fahalimiagna, ndraiky tamin'ny hamboriagna, ary tamin'ny fangovitagna mafy. ⁴Avakeo ny hafatra ndraiky fagnambarako dia tsy tamin'ny vaolagna fandrisian-dahatry ny fahindriagna. Fao naifa, reo dia tamin'ny fanehoan'ny Fagnahy ndraiky ngôvo, ⁵mbô tsy ho ao amin'ny fahindriagnan'ny ôlombelogo ny finoagnanareo, fao ao amin'ny ngôvon-Jagnahary. ⁶Zeo, dia mikoragna fahindriagna eo amin'ny reo matotro atsika, fao tsy ny fahindriagnan'ny izao tontolo izao, na ny an'reo mpanapak'izao vagninandro izao, zay mandalo faogna. ⁷Fao naifa, mivaolagna ny fahindriagnan-Jagnahary amin'ny fahamarignagna mivôny atsika, lehy fahindriagna mivôny zay nitindren-Jagnahary mialaoha talohan'ny reo vagnin'andro jiaby ho vogninahitsika. ⁸Tsisy tamin'ny reo mpanapak'izao andro zao no nahay io fahindriagna io, fao raha nahatakatra zany zareo tamin'ny zany fotoagna zany, dia tsy ho nihombon-jareo lehy tômpôn'ny vogninahitry. ⁹Fao araka zay voasaoratra magnanjao: "Ireo raha zay tsisy maso nahita, tsisy sôfigny naharegny, tsisy eritreritry nahazo antsaigny, reo raha zay namian-Jagnahary ho an'reo tia Azy." ¹⁰Ireo no raha naboakan-Jagnahary taminay tamin'ny Fagnahy. Fao ny Fagnahy dia mitady ny raha jiaby, na dia reo raha lalin-Jagnahary aby. ¹¹Fa zôvy no mahay ny fisaignan'ôlogno araiky afa-tsy ny fagnahin'ôlogno ao aminazy? Araka zany koa, tsisy mahay reo raha lalin-Jagnahary koa tsy ny Fagnahin-Jagnahary. ¹²Fao tsy nalaka ny fagnahin'izao tontolo izao atsika, fao ny Fagnahy zay avy amin-Jagnahary, mbô hahazantsika mahay reo raha amiagna atsika maimaim-poagna avy amin-Jagnahary. ¹³Mivaolagna mahakasiky reo raha reo amin'ny vaolagna zay tsy hain'ny fahindriagnan'ôlombelogo ampianarigny zahay, fao zay ampianarin'ny Fagnahy zahay. Ny Fagnahy no mandiky ny vaolagna ara-pagnahy miaraka amin'ny fahindriagna ara-pagnahy. ¹⁴Ny ôlogno zay tsy ara-pagnahy dia tsy malaka reo raha zay nihin'ny Fagnahin-Jagnahary, satria halifahagna aminazy regny. Tsy afaka mahay regny izy satria famantaragna ara-pagnahy regny. ¹⁵Izay ara-pagnahy dia mitsara raha jiaby, fao tsy iharan'ny fitsaragnan'ny hafa izy. ¹⁶Fao zôvy no afaka mahay ny fisaignan'ny Tompo, no ho afaka hampianatra Azy?" Fao zahay dia managna ny fisaignan'i Kristy.

Chapter 3

¹Ary zaho, rahalahy, dia tsy afaka nivaolagna taminareo hotra ny ôlogno zay ara-pagnahy, fao kanaifa hotra ny ôlogno ara-nôfo, hotra ny zazamadiniky ao amin'i Kristy. ²Nifahanaiko ronono areo, fao tsy ventinkanigny, satria tsy vôgnogno tamin'ny zany areo; aveo na aminjeo aby dia mbôla tsy vôgnogno amin'ny zany areo. ³Satria areo mbôla araka ny nôfo. Fao na aiza misy fahasarotampiaro ndraiky fifandiragna eo aminareo, dia tsy miaigny araka ny nôfo moa areo, ary tsy mandaiha amin'ny fenitry ny ôlombelogno? ⁴Fao koafa misy araiky mivaolagna magnanjo: "Zaho magnaraka Paoly," avakeo ny araiky mivaolagna magnanjo: "Zaho magnaraka Apolosy," dia tsy miaigny hotra ny ôlombelogno faogna moa areo? ⁵Zôvy ary Apolosy? Zôvy Paoly? Mpanompo zay tamin'ny alalany no ninoanareo, zay namian'ny Tompo asa aby. ⁶Zaho no namboly, Apolosy no nanondraka, fao Zagnahary no nampitômbô. ⁷Kay noho zany, na izy zay namboly na izy zay manondraka dia tsisy dikany. Fao Zagnahary no nampitômbô. ⁸Aveo izy zay namboly ndraiky izy zay manondraka dia araiky, aveo ny tsiairaikiaraiky dia samy hahazo ny karamany aby araka ny asany. ⁹Fao zahay dia mpiara-miasa amin-Jagnahary. Areo dia sahan-Jagnahary, ndraiky tragnon-Jagnahary ¹⁰Araka ny fahasoavan-Jagnahary zay namiagna zaho hotra ny mpagnano tragno mahay, dia namaitraka ny fôtoto zaho aveo hafa no magnoriginy eo amboniny. Fao aoka ny lalahy tsiairaikiaraiky hitandrigny ny amin'ny fomba hagnoriginagna eo amin'ny zany. ¹¹Fao tsisy ôlogno mamaitraka fôtoto afa-tsy lehy araiky zay napaitraka, zany hoe: Jesôsy Kristy. ¹²Zeo raha misy ôlogno magnoriginy eo ambonin'ny fôtoto amin'ny volamaina, volafôtsy, vato lafo vanga, kakazo, bozaka, na molôlo, ¹³dia haboaka ny asany, fao ny andro mazava no hagnaboaka zany. Satria naboaka amin'ny môtro zany. Ny môtro no hitsapagna ny hatsaragnan'ny nataon'ny tsiairaikiaraiky. ¹⁴Raha mitoaotra ny asan'ny lehy ôlogno, dia hahazo valisoa izy; ¹⁵fao raha may ny asan'ny lehy ôlogno, dia ho fatiantoko izy, fao izy haigniny dia hoavaotagna, hotra ny nitsoaka tamin'ny môtro faogna. ¹⁶Tsy hainareo moa fao areo dia tempolin-Jagnahary aveo ny Fagnahin-jagnahary no mibidôko ao aminareo? ¹⁷Raha misy ôlogno mandratra ny tempolin-Jagnahary, dia handratra zany ôlogno zany Zagnahary. Fao masigny ny tempolin-Jagnahary, aveo hotra zany koa areo. ¹⁸Aza ambaila hisy hamita-taigna. Raha misy ôlogno eo aminareo mihevitry fao misy fagnahy izy amin'zao vanim-potoagna zao, ambilao izy ho hanjary "laifaka " amin'zay mbô mety hanjary misy fagnahy izy. ¹⁹Fao ny fahindriagnan'ny zao tontolo zao dia halifahagna eo amin-Jagnahary. Satria voasaorata magnanjo: Nahatakatra ny misy fagnahy tao amin'ny hafitsiagnan-jareo Izy." ²⁰Avakeo magnanjo: "Ny Tompo dia mahay fao ny fihevitry ny misy fagnahy dia zava-poagna." ²¹Noho zany tsisy firaiharaihagna momban'ny ôlogno eky! Fao ny raha jiaby dia areo, ²²na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tonlo izao, na fiainagna, na fahafataisagna, na raha amizeo, na raha vo avy. Ny raha jiaby dia nihinareo avakeo, ²³areo dia nihin'i Kristy, aveo Kristy dia nihin-Jagnahary.

Chapter 4

¹Karaha zao no tōkony handraisana'ōlogno atsika, hotra ny mpanompon'i Kristy avakeo mpitandrigny reo misiterin-jagnahary. ²Amin'ny zany fifandraisana zany, dia fepetra takigny amin'ny reo mpitandrigny ny maha-mendri-pitokiagna zareo. ³Fao aminaha dia raha hely tegna hely ny tōkony hitsaragna areo na hitsaran'ōlombelogo jiahy zaho. Fao na zaho aby tsy mitsara haingnaha. ⁴Zaho dia tsy mahay zay fiampangana natao taminaha, fao zany dia tsy midika fao tsy manantsigny zaho. Ny Tompo no mitsara zaho. ⁵Noho zany, aza manogno fitsaragna momban'ny raha jiahy alaohan'ny fotoagna, mialohan'ny havian'ny Tompo. Izy dia nitondra reo raha mivōny hizigny ho amin'ny fahazavagna avakeo hampiboaka ny fikasan'ny fō. Aveo ny tsiairaikaraiky aby dia halaka ny fiderany avy amin-jagnahary. ⁶Zeo, rahalahy, nampihatra reo fitsipiky reo taminaha ndraiky tamin'ny Apolosy zaho nohon'ny aminareo, mbō hafahanareo mianatra avy aminay ny dikan'ny fivolagnagna magnanjao: "Aza mandaiha mihoatra zay voasoratra." Zany dia mbō tsy hoisy araiky aminareo hiraiharaiha ny amin'ny fankasitrahagna ny araiky noho ny hafa. ⁷Fao zōvy na mahita fahasamihafagna eo aminareo ndraiky reo hafa? Inona no anagnanareo kay tsy niraisinareo maimaimpoagna? Raha nalaka zany maimaimpoagna areo, nagnino areo no miraiharaiha hotra ny tsy nagnano hotra zany? ⁸Afa nanagnanareo jiahy izay jiahy tadiavinareo! Afa nanjary mpanankariagna areo! Avakeo afa nanomboko nanjaka areo—aveo zany dia tsy avy taminay! Zaho dia tegna magniry ny nanjakanareo, mbō hafahanay manjaka miaraka aminareo. ⁹Fao zaho dia mieritreritry fao Zagnahary dia namaitraka antsika ho apostoly mibaribary hotra ny farany amin'ny laharagna ndraiky hotra ny ôlogno voaheloko ho faty. Zahay dia lasa fampisehoagna ho nihin'ny izao tontolo izao—ho nihin'ny reo anjely, aveo ny ho nihin'ōlombelogo. ¹⁰Zahay dia laifaka nohon'ny amin'i Kristy fao areo dia misy fagnahy akao amin'ny Kristy. Malemy zahay, fao areo mahiagna. Areo dia namiamboginahitry, fao zahay ndraiky tsy nalaim-baraka. ¹¹Zisiky zeo zahay dia tihinagna ndraiky mangetahet, mijaly fisikinagna, voapoko mafy, avakeo tsy manan-kialofagna. ¹²Miasa mafy zahay, miasa amin'ny alalan'ny tagagnay faogna. Koafa latsaigny zahay, dia miaritry. Koafa henjehigny zahay, dia mitsodrano. ¹³Koafa vohendrikendriky zahay, dia mivaolagna amin-katsaram-pagnahy. Zahay dia niaova, aveo mbōla raisigny ho, fakon'ny zao tontolo izao ndraiky raha jiahy. ¹⁴Zaho dia tsy nanaoratra reo raha reo mbō hahamaingatra areo, fao magnitsy areo hotra ny zanaka tiako. ¹⁵Fao na dia managna mpiambigny ray aligny ao amin'ny Kristy aby areo, dia tsy managna iada fōntry. Fao zaho dia nanjary iadanareo ao amin'ny Kristy Jesōsy tamin'ny alalan'ny vava maharavo. ¹⁶Noho zany dia mampirisiky areo zaho mbō ho mpangalatahaka zaho. ¹⁷Zany no nandifasako areo ho amin'ny Timoty, zanaka tiako salakady mahatoky ao amin'ny Tompo. Izy dia hampahatsiaro areo reo lālagna naha ao amin'i Kristy, hotra ny ampianariko zareo na aiza ndraiky ao amin'ny fiangonagna jiahy. ¹⁸Zeo dia nanjary miavogno ny sasany aminareo, magnano hotra ny hoe tsy ho avy agny aminareo zaho. ¹⁹Fao ho avy tsy ho aila agny aminareo zaho, raha sitraky ny Tompo. Aveo tsy hahay ny koragnan-jareo zay taigana miavogno faogna zaho, fao hahita any ngōvon-jareo. ²⁰Satria ny fanjakan-jagnahary dia tsy mihorigny amin'ny koragna fao amin'ny angōvo. ²¹Ino no tadiavinareo? Tōkony ho avy aminareo miaraka amin'ny tsaorakakazo moa sa miaraka amin'ny fitiavagna feno halimiam-pagnahy zaho?

Chapter 5

¹Zahay dia naharegny hafatra fao misy fijangajangagna eo aminareo, karazagna fitondran-taigna tsy magnaiva zay tsy azo atao aby eo amin'ny reo Jentilisa. Ny hafatra, dia hoe misy araiky aminareo miaraka mandry amin'ny vadiny iadany.² Areo dia taigna miavogno! Fao tsy tōkony alahelo moa areo? Ny araiky zay nagnano zany dia tsy maintsy alàgna eto aminareo.³ Fao na dia tsy akeo ara-batagna zaho fao mbôla akeo ara-pagnahy, dia afa nitsara lehy araiky zay nagnano zany, hotra ny hoe teo zaho. ⁴Koafa miara-mivôry amin'ny agnaran'i Jesôsy Tompontosika areo, avakeo ny fagnahinaha dia eo koa amin'ny ngôvon'ny Jesôsy Tompontosika, dia afa nitsara io ôlogno zaho.⁵ Natako zany mbô hanoloragna zany lalahy zany ho nihin'ny satana ho famotaihagna ny nôfo, mbô ho voavonjy ny fagnahinazy amin'ny andron'ny Tompo.⁶ Tsy tsara ny poairapoairanare! Tsy hainareo moa fa ny lalivay hely dia magnaova môfo jiaby? ⁷Diovy haigninareo amin'ny lalivay talaoha mbô ho tonga môfo vava areo, kay mbô hanjary môfo tsisy lalivay. Fao Kristy, lehy Zanak'ondrintsika tami'ny Paska, dia natao sôrognô.⁸ Noho zany dia aoka atsika hankalaza firavoravoagna, tsy amin'ny lalivay talaoha, lehy lalivain'ny fitondran-taigna ratsy ndraiky faharatsiagna. Fao ndraiky, aoka atsika hankalaza amin'ny môfo tsisy lalivain'ny fahadiovam-pô ndraiky fahamarinagna.⁹ Zaho dia nanaoratra aminareo tao amin'ny taratasy naha mbô tsy hiarahanareo miasa amin'ny reo ôlogno mpijangajanga.¹⁰ Kanaifa ny tiako volagnigny dia tsy ny ôlogno mpijangajanga jiaby eto magnairan-tany, na reo tsy mahonon-taigna, na reo mpangalatra, na reo mpanompo sampy, satria mbô hialagna amin-jareo dia mila miala amin'izao tontolo zao areo.¹¹ Naifa zeo zaho manaoratra aminareo mbô tsy hiaraka hiasa miaraka amin'ny zôvy na zôvy zay antsôvigny hoe rahalahy naifa miaigny ao anatin'ny fijangajangagna, na izay tsy mahonon-taigna, na manompo sampy, na mpivalaogna ratsy, na mpimamo, na mpangalatra. Aza mihinagna hanigny miaraka amin'ôlogno hotra zany.¹² Fao ino no idirako amin'ny fitsaragna reo zay akagny ambailany fiangonagna? Mifanohitry amin'ny zany, areo moa tsy tōkony hitsara reo zay ao agnatin'ny fiangonagna?¹³ Fao Zagnahary dia mitsara reo zay agny ambailany. "Alao akeo amimasonareo ny ôlon-dratsy."

Chapter 6

¹Kofa misy araiky aminareo managna ady amin'ny araiky hafa, mahasaky handaiha akagny amin'ny fitsaragna eo agnatraihan'ny mpitsara tsy mpino moa izy, fao tsy akeo agnatraihan'ny mpino?² Moa tsy hainareo moa fao reo mpino no hitsara izao tontolo zao? Raha zany, areo no hitsara izao tontolo zao, moa tsy mahavita mandamigny raharaha madiniky moa areo? ³Moa tsy hainareo moa fa hitsara reo anjely atsika? Hotra ny ino, noho zany, ny fihoraran'ny fahafahantsika mitsara reo raharaha amin'ny tô fiainagna tô?⁴Raha aohatra kay afaka mitsara raha zay miboaka amin'ny andavan'androm-piainagna anao, nagnino anao no mamaitraka karazagna tranga hotra zany akeo agnatraihan'ny reo zay tsinotsinona akao amin'ny fiangonagna?⁵ Hahamaingatra areo no hivolagnako zany. Moa tsy mbô misy ampy fahindriagna na dia araiky aby eo aminareo handamigny ny adiady eo amin'ny mpirahalany?⁶ Fao naifa, misy mino araiky mandaiha mifagnatriky amin'ny mpino hafa eo amin'ny fitsaragna, avakeo zany raharaha zany dia hapaitraka akeo agnatraihan'ny mpitsara zay tsy mino!⁷Ny fisian'ny ady akeo aminareo Kristiana jiaby dia afa faharesiagna aminareo faogna. Fao tsy aleo moa mijaly amin'ny fahadisoagna? Fao tsy aleo moa ambaila ho voafitaka ny haigninareo? ⁸Fao areo dia nandiso ndraiky navandy reo hafa, avakeo dia rahalahinareo faogna zareo!⁹Moa tsy hainareo fao ny tsy marigny dia tsy handaova ny fanjakan-Jagnahary? Aza mino vandy. Ireo vaitavaita, reo mpanompo sampy, reo mpijangajanga, reo lalahy mpivaro-taigna, reo zay miaraka mandry amin'ny samy lalahy, ¹⁰reo mpangalatra, reo tsy mahay onogno, reo mpimamo, reo mpagnaratsy, reo mpagnano an-keriny—tsisy araiky aminjareo handaova ny fanjakan-Jagnahary. ¹¹Hotra zany ny sasany aminareo. Fao afa voadio areo, nihamasinigny areo, aveo voamarigny teo amin-Jagnahary areo tamin'ny agnaran'i Tompo Jesôsy Kristy ndraiky tamin'ny Fagnahin-Jagnaharintsika.¹²"Ny raha jiaby dia ara-dalagna aminaha," fao tsy ny raha jiaby no mahatsara. "Ny raha jiaby ara-dalagna aminaha," fao tsy ho andevozin'ny araiky amin'ny reo zaho. ¹³"Ny hanigny dia nihin'ny kibo, aveo ny kibo natao ho nihin'ny hanigny," fao Zagnahary dia hagnafoagna zareo roa reo. Ny vatagna dia tsy natao ho nihin'ny fijangajangagna. Fao ndraiky, ny vatagna dia natao ho nihin'ny Tompo, ary ny Tompo dia hagnamia nihin'ny vatagna.¹⁴Zagnahary dia afa nanangagna ny Tompo salakady hanangagna atsika amin'ny ngôvony koa. ¹⁵Moa tsy hainareo moa fao ny haigninareo dia ratsam-batagnan'i Kristy kay ho ndesiky moa zany reo ratsam-batagnan'i Kristy aveo hampikambagna zareo amin'ny mpivaro-taigna? Tsy hisy anie zany!¹⁶Moa Tsy hainareo moa fao zay mikambagna amin'ny mpivaro-taigna dia manjary nôfo araiky aminazy? Hotra ny nambaran'ny Saoratra Masigny magnanjao: "Ho nôfo araiky faogna zareo roa." ¹⁷Fao izy zay mikambagna amin'ny Tompo dia manjary araiky aminazy.¹⁸Ialao ny fijangajangagna! Ny fahotagna jiaby hafa zay tsabon'ny ôlogno dia ambailan'ny haigny, fao ny ôlogno mijangajanga dia manota amin'ny haigniny faogna.¹⁹Moa tsy hainareo fao ny haigninareo dia tempolin'ny Fagnahy Masigny, zay mibidôko akao agnatinareo, zay azonareo avy amin-Jagnahary? Moa tsy hainareo moa fa tsy nihinareo ny haigninareo?

²⁰Fao ôlom-boavidy areo. Noho zany dia mankalazao Zagnahary amin'ny haigninareo. [Fagnamarihagna: Reo dika-teny talaoha sasany dia mivaky magnanjao: "Noho zany mankalazao Zagnahary amin'ny haigninareo ndraiky amin'ny fagnahinareo, zay nihin-Jagnahary." Fao ny dika-teny taigna tsara dia tsy mivaky karaha io.]

Chapter 7

¹Ary mahakasiky reo olagna zay nisoroatanareo mbomban'ny zao: "Tsara amin'ny lalahy ny tsy mikasiky vaiavy." ²Naifa noho ireo fakam-pagnahy amin'ny fahavaitavaitagna maro isankarazany, dia tókony hanagna ny vadiny manaokagna aby ny lalahy tsiraikiaraiky, aveo ny vaiavy tsiraikiaraiky dia tókony hanagna vadiny manaokagna aby. ³Ny lalahy dia tókony hagnamia reo zo ara-panambadiagna ho nihin'ny vadiny, aveo hotra zany koa ny vaiavy ho nihin'ny vadiny. ⁴Tsy ny vaiavy no managna fahefagna amin'ny haingniny manaokagna, fao ny vadiny. Hotra zany koa, tsy ny lalahy no managna fahefagna amin'ny haingniny manaokagna, fao ny vadiny no managna. ⁵Aza mifanakatsakagna areo tsiraikiaraiky, afa-tsy amin'ny fifagnarahagna nifanaovagna aveo amin'ny fotoagna voataokagna. Atôvy zany mbô hafahanareo manaokan-taigna amin'ny vavaka. Aveo dia tókony hiaraka mandry ndraiky areo, mbô tsy hafahan'ny satana mangala fagnahy areo nohon'ny tsy fanagnanareo fifihaizan-taigna. ⁶Kanaifa zaho dia mivaolagna reo raha reo aminareo am-pahalalagna fao tsy didy aby. ⁷Iriky ny ôlogno jiaby ho hotra zaho. Fao ny tsiraikiaraiky dia samy managna ny fagnomaizam-pahasoavany manaokagna avy amin-jagnahary. Ny araiky managna tô karazam-pagnomaizam-pahasoavagna tô, aveo ny araiky hafa managna karazany hafa koa. ⁸Hoan'ny reo zay tsy manambady ndraiky reo mpitondra taigna dia mivaolagna zaho fao tsara aminjareo raha mijanogno tsy manambady zareo, hotra zaho. ⁹Kanaifa zareo raha tsy afaka mamehy haiginy, dia tókony hanambady. Satria tegna tsara aminjareo ny manambady hotra zay ampirihaitan'ny filagna ara-nôfo. ¹⁰Avakeo hoa'ny reo zay manambady dia magnamia zao didy zao zaho—tsy zaho, fao ny Tompo—ny vaiavy dia tsy tókony hisaraka amin'ny vadiny, ¹¹(Fao raha aohatra izy kay misaraka amin'ny vadiny, dia tókony hijanogno tsy hanambady na koa mimpôdy mihavagna amin'ny vadiny) —aveo ny lalahy dia tsy tókony hisaraka amin'ny vadiny. ¹²Fao amin'ny sasany dia mivaolagna—zaho, fao tsy ny Tompo—hoe raha misy rahalahy araiky managna vady tsy mpino, avakeo raha maharavo azy ny miara-miaiginy aminazy, dia tsy tókony hisaraka amin'ny vadiny izy. ¹³Raha ny vaiavy araiky no managna vady tsy mpino, aveo raha maharavo azy ny miara-miaiginy aminazy, dia tsy tókony hisaraka amin'ny vadiny izy. ¹⁴Satria ny lalahy tsy mpino dia nataokagna noho ny amin'ny vadiny, avakeo vaiavy tsy mpino dia nataokagna nohon'ny amin'ny rahalahy. Fao raha tsy zany dia ho maloto ny zanaka zareo, naifa raha ny marigny dia afa voataokagna zareo. ¹⁵Fao raha ny vady tsy Kristiana no miala, ambailao izy andaiha. Amin'ny karazan-draha hotra zany, ny rahalahiny na rahavavy dia tsy voafehinjareo voadin-jareo. Zagnahary dia nagnantso atsika mbô hiaiginy am-piadanagna. ¹⁶Fao amin'ny fomba manankôry no ahaizanao, vaiavy, raha ho voavonjinao ny vadinao, lalahy, raha voavonjinao ny vadinao? Na amin'ny fomba manankôry no ahaizanao, lalahy, raha voavonjinao ny vadinao? ¹⁷Fao ambilao faogna ny tsiraikiaraiky aby hiaiginy ny fiainagna zay afa nanindrian'ny Tompo azy, aveo araka ny afa nagnantsaovan-jagnahary azy. Io no fitsipiky ao amin'ny fiangonagna jiaby. ¹⁸Afa voafora moa ny ôlogno araiky koafa nantsôvigny mbô hino? Izy dia tsy tókony hiaizaka ny hiboaboaka hotra ny tsy voafora. Tsy voafora moa araiky koafa nantsôvigny ho amin'ny finoagna? Tsy tókony ho foraigny izy. ¹⁹Satria tsy ny famoragna na ny tsy famoragna no ilaigny. Ny ilaigny dia ny fagnikaihagna reo didin-jagnahary. ²⁰Ny tsiraikiaraiky aby dia tókony hijanogno amin'ny fagnantsaovagna zay nisy azy koafa nantsôvin-jagnahary mbô hagneky izy. ²¹Andevo moa anao taminy Zagnahary nagnantso anao? Aza misalasala ny amin'ny zany. Fao raha mety ho afaka anao, dia ararôty zany. ²²Satria ny ôlogno araiky zay nantsôvin'ny Tompo ho andevo dia ôlogno afaky ny Tompo. Mitôvy zany koa ny ôlogno zay afaka tamin'ny izy nantsôvigny mbô hino dia andevon'i Kristy. ²³Areo dia voavidy, noho zany dia aza tonga hotra reo andevon'ôlogno. ²⁴Ô rahalahy, na ino na ino fiainagna nisy atsika tsiraikiaraiky tamin'ny atsika nantsôvigny mbô hino, dia aoka atsika hijanogno hotra zany. ²⁵Ary momba zareo zay tsary nanambady, zaho dia tsy managna didy avy agny amin'ny Tompo. Kanaifa zaho dia magnamia ny hevitra naha hotra ny araiky zay, amin'ny alalan'ny famindram-pôn'ny Tompo, dia mendri-patokisagna. ²⁶Noho zany, mieritreritry zaho fao nohon'ny loza zay hoavy, dia tsara ho amin'ny lalahy ny mijanogno amin'ny maha izy azy. ²⁷Voafehy amin'ny vaiavy moa areo? Aza mitady ny hoafaka aminazy. Afaka amin'ny vadinao moa anao? Aza mitady vady. Naifa raha manambady areo, dia tsy nanota. ²⁸Raha ny vaiavy tsy manambady no manambady, dia tsy nanota izy. Naifa reo zay manambady dia hanagna karazan'ôlagna maro raha mbôla velogno, aveo zaho dia tihangala areo amin'ny zany. ²⁹Fao zao no volagniky, rahalahy: Fohy ny fotoagna. Manomboko zao, aleo reo zay afa manam-bady hiaiginy hotra ny tsy managna. ³⁰Reo zay mitomoagny dia tókony hagnano hotra ny tsy mitomoagny, reo zay ravoravo hotra ny tsy ravoravo, avakeo reo zay mividy hotra ny tsy managna na ino na ino; ³¹aveo reo zay mampiasa zao tontolo zao dia tsy tókony hagnano hotra ny mampiasa zany tantairaka. Satria izao tontolo zao amin'ny bikany amizeo dia ho tonga amin'ny fiarafarna. ³²Tiako areo hoafaka amin'ny reo fisalasalagna. Ny lalahy tsy manambady dia misalasala ny amin'ny reo raha ny Tompo, ny amin'ny fomba hampiravoagna Azy. ³³Fao ny lalahy manambady dia misalasala ny amin'ny rahan'ny zao tontolo zao, ny amin'ny fomba hampiravoravoagna

ny vadiny—³⁴ mizarazara izy. Ny vaiavy tsy manambady na virijiny dia misalasala ny amin'ny raha ny Tompo, ny amin'ny fomba hanokanagna amin'ny haigany ndraiky ny fagnahy. Fao ny vaiavy manambady dia misalasala ny amin'ny rahan'ny zao tontolo zao, ny amin'ny fomba hampifaliagna ny vadiny.³⁵ Volagniky zany ho tombotsoanareo manaokagna, fao tsy hamaitraka zay jiaby sakantsakagna eo aminareo. Mivaolagna zany zaho noho zay marigny, amin'ny zay areo mbô hanolo-taigna ho amin'ny Tompo tsisy fagningilaignagna.³⁶ Naifa raha misy ôlogno araiky mihevitra fao tsy mitondra ny fofom-bady am-pagnajagna—raha mihoatra ny tagnan'ny fanambadiagna lehy vaiavy avakeo tsy maitsy hotra zany—dia tôkony hagnano zay tiany izy. Tsy manota izy. Tôkony hivady zareo.³⁷ Naifa raha nikasa tsara tao am-pôny izy, raha aohatra ka tsy ambany faniritiriagna fao afaka mifehy ny sitrapôny manaokagna, aveo raha nanapakevitra tam-pôny izy ny hagnano zany, mbô hitanagna ny fofombadiny ho virijiny, dia tsara ny atany.³⁸ Koa zay manambady ny fofombadiny dia hagnano tsara, aveo zay misafidy ny tsy hanambady dia hagnano ny tsaratsara koa.³⁹ Ny vaiavy dia voafehin'ny vadiny raha mbôla velogno ralehilahy. Fao raha maty ny vadiny, dia malalaka tsara izy ny hanambady zay tiany ho vadigny, naifa ao amin'ny Tompo faogna.⁴⁰ Naifa amin'ny fitsarako dia tôkony ho taigna ravo izy raha miaigny amizeo faogna. Ary heveriky fao zaho faogna koa dia managna ny Fagnahin-Jagnahary.

Chapter 8

¹Ary momba ny hanigny atao sôrognô amin'ny sampy—haintsika fao: "Atsika jiaby dia manam-pahaizagna." Ny fahaizagna mampiraiharaiha, fao ny fitiavagna manangagna. ²Raha misy ôlogno araiky mihevitra haigniny fao mahay raha, dia mbôla tsy mahay araka zay tôkony hahazany aby zany ôlogno zany. ³Fao raha misy ôlogno araiky tia Zagnahary, dia hainy zany ôlogno zany. ⁴Koa raha ny momba ny fihinanagna hanigny natao sôrognô amin'ny sampy—dia haintsika fao "ny sampy eto amin'ny zao tontolo zao dia tsisy dikany" avakeo "fao tsisy Zagnahary afa-tsy araiky faogna." ⁵Fao mety misy reo môdy antsôvigny hoe zagnahary, na agny andangitra na aketo antany, hotra ny hafontrizany reo "zagnahary" ndraiky ny hafontrizany "tompô." ⁶Fao amintsika, "Araiky faogna no Zagnahary dia lehy Iada, zay avy aminy raha jiaby, avakeo Izy no antony hivilaomantsika, aveo araiky no Tompo Jesôsy Kristy, Zay tamin'ny alalany no nisian'ny raha jiaby, ary tamin'ny alalany no nisiansika." ⁷Na zany ndraiky, zany fahaizagna zany dia mbôla tsy ao amin'ny tsiraikiaraiky. Fao naifa, ny sasany taloha dia nampihatra ny fanompoan-tsampy, dia nihinagna zany hanigny zany hotra ny hoe raha natao sôrognô ho nihin'ny sampy zany. Noho zany dia naratra ny fieritreretana-jareo satria malemy zany. ⁸Fao tsy hanigny no hanôlotro atsika akeo amin-Jagnahary. Fao tsy tainga ratsy atsika raha tsy mihinagna, na koa hoe tainga tsara raha mihinagna zany. ⁹Tandremo mbô tsy ny fahaizagnareo no antony hahatonga reo ôlogno osa ara-pinoagna ho tafintohigny. ¹⁰Fao atôvy hoe misy mahita anao, zay manampahaizagna, mihinagna hanigny ao amin'ny tempolin'ny sampy. Tsy ny fahalimiagnan'ny fieritreritagna moa no nahasaikiany hihinagna zay natôlotro ho nihin'ny sampy? ¹¹Koa nohon'ny fahaizagnao ny toetra marigny momba ny sampy, dia very lehy rahalahy malemy finoagna araiky, zay nahafataisan'i Kristy. ¹²Noho zany, koafa magnatogno amin'ny rahalahinareo areo kay mandratra ny saigny malemin-jareo, dia manota manohitra Kristy areo. ¹³Noho zany, raha ny hanigny no mahatonga ny rahalahiko ho tafintohigny, dia tsy hihinan-kaina eky zaho, mbô tsy avy aminaha no handavo ny rahalahiko.

Chapter 9

¹Tsy ôlogno afaka moa zaho? Tsy apostoly moa zaho? Tsy nahita Jesôsy Tompontosika moa zaho? Tsy asanaha ao amin'ny Tompo moa areo? ²Raha tsy apostoly ho nihin'ny hafa zaho, dia farapaharatsiny Apostoly nareo. Fao areo no profo amin'ny maha apostoly zaho ao amin'ny Tompo. ³Zao no fiarovako aminjareo zay magnadiahady zaho: ⁴Moa zaho tsy mahazo alalagna ny hihinagna ndraiky higiaka? ⁵Moa zahay tsy mahazo mitondra vady zay mpino, hotra ny tsabon'ny reo apostoly sasany, ndraiky reo rahalahin'ny Tompo, aveo Kefasy? ⁶Sa Barnabasy ndraiky zaho zeraiky no tsy maintsy miasa? ⁷Zôvy no magnano fanompoagna miaramila amin'ny fandaniagna manaokagna? ⁸Zôvy no mamboly voaloboka aveo tsy mihinagna taignany? Na zôvy no miambigny ondry kay tsy migiaka ny ronono avy amin'ny zany? ⁹Moa zaho mivaolagna reo raha reo no mifôtotro amin'ny fahefan'ny ôlombelogo? Tsy mivaolagna zany koa moa ny lalâgna? ¹⁰Fao zany dia afa voasaoratra ao amin'ny lalâgna'i Mosesy magnanjao: "Aza asiagna fehi-vava ny aomby koafa mihinagna voa izy." Taigna lehy aomby tokoa moa ny hihian-Jagnahary? ¹¹Tsy mikoragna mahakasiky zahay moa izy? Afa nisoroatagna amintsika, fao zay miasa tany dia tôkony hiasa amin'ny fanantenagna, aveo zay mihinagna dia tôkony mihinagna amin'ny fanantenagna hahazo anjara amin'ny vokatra. ¹²Raha namafy raha ara-pagnahy teo aminareo zahay, moa fôntry loatra aminay moa ny mandidy raha ara-materialy avy aminareo? ¹³Raha mampihatra zany zo zany avy aminareo reo hafa, moa zahay tsy managna mihoatra? Na dia zany aby, tsy nitaky zany zo zany zahay. Fao ndraiky, nalenay niaritra raha jiaby hotra zay ho sakagna ho amin'ny vava maharavon'ny Kristy. ¹⁴Moa tsy hainareo fao reo zay manompo ao amin'ny tempoly dia mahazo ny hanignin-jareo avy ao amin'ny tempoly? Aveo moa tsy hainareo fao reo zay manompo egn'ny amin'ny alitara dia mahazo anjara amin'ny zay natao fagnatitry teo amin'ny Alitara? ¹⁵Hotra zany koa, ny Tompo dia nandidy fao reo zay mitory vava maharavo dia tôkony hahazo fivilaoman-jareo avy amin'ny vava maharavo. ¹⁶Naifa tsy nitaky ny araiky tamin'ny reo zo reo Zaho. Avakeo tsy manaoratara zao zaho mbô mety hisy raha tsabogny zaho. Aleko maty hotra zay hisy ôlogno hangala aminaha zany raiharaiha zany. ¹⁷Fao raha mitory ny vava maharavo zaho, dia tsisy antony tôkony iraiharaihako, satria tsy maintsy magnano zany zaho. Aveo loza aminaha raha tsy mitory vava maharavo zaho! ¹⁸Fao raha magnano zany antsitra-pô zaho, dia managna valisoa. Fao raha tsy antsitra-pô ndraiky, dia mbôla managna ny andraikitry zay nankignigny taminaha zaho. ¹⁹Ino zany no valisoa naha? Zany dia koafa mitory zaho, dia afaka manôlotro ny vava maharavo tsisy fandoavam-baola kay mbô tsy hampiasa tantairaka ny zoko amin'ny vava maharavo. ²⁰Fao na dia afaka amin'ny jiaby aby zaho, dia tonga ho mpanompo ho nihin'ny jiaby, mbô hahazoako taigna maro. ²¹Teo amin'ny Jiosy dia nanjary hotra ny Jiosy zaho, mbô hazahoako ny Jiosy. Teo amin'ny reo zay ambanin'ny lalâgna, dia nanjary hotra ny ôlogno zay ambanin'ny lalâgna zaho mbô hazahoako reo zay ambanin'ny lalâgna. Nagnano zany zaho na dia tsy teo ambanin'ny lalâgna aby zaho. [Fagnamarinagna: Ny baiboly ULB ndraiky UBD dia mivaky magnanjao: "Nagnano zany zaho na dia tsy teo ambanin'ny lalâgna aby zaho." Ny dikan-teny talaoha sasany dia tsy magnisy zany.] ²²Tamin'ny reo zay ambailan'ny lalâgna, dia nanjary hotra ny ôlogno ambailany lalâgna zaho, na dia tsy ambailan'ny lalâgnan-Jagnahary aby zaho, fao ambanin'ny lalan'i Kristy. Nagnano zany zaho mbô hazahoako reo zay ambanin'ny lalâgna. ²³Teo amin'ny reo malemy dia nanjary ho malemy zaho, mbô hazahoako reo malemy. Tonga raha jiaby ho nihin'ny ôlogno jiaby zaho, mbô hamonjiako sasany amin'ny fomba jiaby. ²⁴Magno raha jiaby zaho ho nihin'ny vava maharavo, mbô hafahako malaka anjara amin'ny reo fitahiagnan'ny zany. ²⁵Moa tsy hainareo fao amin'ny fihazakazahagna araiky ny mpihazakazaka jiaby dia magnano ny fihazakazahagna, naifa araiky faogna no mahazo loka? Koa mihazakazaha mbô hahazo ny loka. ²⁶Ny atileta araiky dia mampihatra ny fifehaizan-taigna amin'ny fagnazaran-taignany jiaby. Magnano zany zareo mbô halaka satro-boninahitry zay mety haratra, kanaifa ndraiky atsika mihazakazaka mbô hazontsika satrobogninahitry tsy mety maratra. ²⁷Kay noho zany dia tsy mihazakazaka amin'ny tsisy dikany zaho na mamely totohondry amin'ny rivotro. ²⁸Fao fiheziky ny haigninaha, aveo atako andevo, mbô tsy ho laviny ny haigninaha, koafa avy nitory tamin'ny hafa zaho.

Chapter 10

¹Tiako ho hainareo, rahalahy, fao reo iadantsika dia tao ambanin'ny zavogno jiaby aveo namakivaky ranomasigny.² Ny jiaby dia natao batisa ho amin'i Mosesy tao amin'ny zavogno ndraiky tao amin'ny ranomasigny,³ aveo ny jiaby dia samy nihinagna hanim-pagnahy mitôvy.⁴ Ny jiaby dia nigiaika tamin'ny vatolampim-pagnahy zay nagnaraka zareo, dia Kristy zany vatolampy zany.⁵ Fao Zagnahary dia tsy nankasitraka tsara ny ankamaroan-jareo, aveo ny fatin-jareo dia naparitaka tagny antany maty.⁶ Zeo regny raha regny dia aohatra amintsika, mbô tsy hagnirantsika raha ratsy ny nilainjareo.⁷ Aza manompo sampy, hotra zareo. Zany dia araka zay voasaoratra magnanajao: "Reo ôlogno nibidôko mbô hihinagna ndraiky higiaka, avakeo nitsangagna mbô hiala." ⁸Aoka atsika tsy hijangajanga, hotra ny natan'ny maro tamin-jareo. Tagnatiny andro araiky, dia ôlogno telo arivo sy roa aligny no maty nohon'ny zany.⁹ Aoka faogna koa atsika tsy hitsapa Kristy, hotra ny natan'ny maro tamin-jareo kay naripaka reo bibilava.¹⁰ Aza mimonimonigny faogna koa, hotra ny natan'ny maro taminjareo ka naringan'ny anjelin'ny fahafataisagna.¹¹ Ary regny raha regny no niboaka taminjareo mbô ho aohatra amintsika. Nisoroatagna mbô ho fampianaragna atsika ziregny—ho amintsika zay niavian'ny fara-andro.¹² Noho zany aoka zay mieritreritry ny haignany ho afa mijoro mitandrigny tsara mbô tsy ho lavo.¹³ Tsisy fakampagnahy nahatakatra areo zay tsy iraisan'ny ôlombelogno jiaby. Fao naifa, Zagnahary dia mahatoky. Tsy hagnambaila areo ho alaim-pagnahy mihoatra zay zakanareo Izy. Miaraka amin'ny fakampagnahy dia hagnamia areo ny lâlagna hitsoahagna faogna koa Izy, mbô hafahanareo miaritry zany.¹⁴ Noho zany, tiako, milifasa lavitry ny fanompon-tsampy.¹⁵ Mivaolagna aminareo hotra ny ôlogno manantsaigany zaho, mbô hafahanareo mitsara zay volagniky.¹⁶ Ny kapoakan'ny fisaoragna zay isaoran-tsika, moa zany tsy fiombonagna amin'ny lin'ny Kristy? Ny môfo zay vakintsika, moa zany tsy fiombonagna amin'ny haignin'i Kristy? ¹⁷Satria araiky faogna ny môfo, atsika zay maro dia haigny araiky. Atsika jiaby dia malaka amin'ny môfo araiky faogna.¹⁸ Zahavo reo vahoakan'Israely: moa reo zay mihinagna reo fagnatitry tsy mpandray anjara akeo amin'ny alitara? ¹⁹Ino ary no koragnintsika? Hoe tsisy dikany moa zany ny sampy? Sa ny hanigny zay natao fagnatitry tamin'ny sampy no tsisy dikany?²⁰ Fao mivaolagna mahakasiky raha zay tsabony reo Jentilisa mpanompo sampy fagnatitry zaho, fao amian-jareo reo masantôko regny raha regny fao tsy amin-Jagnahary. Tsy tiako areo ho mpiombogno amin'ny masantôko! ²¹Tsy afaka migiaka ny kapoakan'ny Tompo ndraiky kapoakan'ny masantôko areo. Tsy afaka miombogno amin'ny latabatra ny Tompo ndraiky latabatra reo masantôko areo. ²²Sa magnano zay mahasaro-piaro ny Tompo moa atsika? Mafy noho Izy moa atsika?²³ "Ny raha jiaby dia ara-dâlagna," fao tsy ny raha jiaby no mahatsara. "Ny raha jiaby dia ara-dâlagna," fao tsy raha jiaby no mampandroso ny ôlogno. ²⁴Tsisy tôkony hitady ny tômbontsoany manaokagna. Fao ndraiky, ny tsiraikiaraiky dia tôkony hitady ny tômbontsoan'ny namany.²⁵ Afaka mihinagna zay jiaby avidy egnny an-tsaina areo, fao aza magnotany ny fieritraitagna. ²⁶Fao "nihin'ny Tompo ny tany, zay jiaby misy akeo aminazy." ²⁷Raha misy tsy mpino manasa areo hihinagna, kay magniry ny handaiha areo, dia hoano zay jiaby mipaitraka eo ankilanao kay aza mametraka fagnintaniagna ny eo amin'ny fieritreritagna.²⁸ Fao raha misy mivaolagna magnanajao: "Tô hanigny tô dia avy amin'ny fagnatitry ny mpanompo sampy," dia aza mihinagna zany. Zany dia nihin'ny lehy nagnambara areo, ndraiky ho nihin'ny fieritreritagna. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talaoha sasany dia magnampy magnanajao: "Fao ny tany ndraiky raha jiaby ao aminazy dia nihin'ny Tompo." Fao ny dikan-teny taigana tsara dia tsisy zany.] ²⁹Tsy mivaolagna zaho magnanajao ny fieritreritagna manaokagna, fao ny fieritreritany ny ôlon-kafa. Nagnino ny fahafahako no tôkony ho tsarain'ny fieritreritany hafa? ³⁰Raha malaka anjara amin'ny hanigny am-pankasitrahagna zaho, nagnino no tevitevaigany amin'ny zay nagnamaizako fisaoragna?³¹ Noho zany, na mihinagna na migiaka areo, na ino na ino tsabonareo, dia atôvy ho voninahitry Zagnahary jiaby. ³²Aza magnamia fanafintohinagna ny Jiosy na ny Grika, na ny fiangonan-jagnahary. ³³Miaizaka ny haharavo ny ôlogno jiaby amin'ny raha jiaby zaho. Tsy mitady tombontsoako zaho, fao nihin'ny maro. Ataoko zany mbô ho voavonjy zareo.

Chapter 11

¹Mangala tahaka zaho, hotra zaho malaka tahaka Kristy. ²Aveo midaira areo zaho satria mahatsaro zaho amin'ny raha jiaby areo. Midaira areo zaho satria mitagna mafy ny fombafomba araka zay nanolorako azy reo teo aminareo areo. ³Ary tiako ho azonareo fao Kristy no laohan'ny lalahy jiaby, fao ny lalahy no laohan'ny vaiavy, avakeo Zagnahary no lohan'i Kristy. ⁴Avakeo mangala vogninahitry ny laohany reo lalahy zay mivavaka na maminagny kay misaron-daoha. ⁵Fao mangala vogninahitry ny laohany reo vaiavy zay mivavaka na maminagny tsy misatro-daoha. Fao tsy hafa aveo mitôvy amin'ny hoe vaiavy mandratra ny laohany zany. ⁶Fao raha tsy misatro-daoha ny vaiavy, dia tôkony tapahigny ho fohy ny volony. Raha mahamaingatra ny vaiavy ny manapaka ny volony na ny mandratra ny laohany, dia aoka izy hanarogno ny laohany. ⁷Fao tsy tôkony hisafodaoha ny lalahy, satria izy no sary ndraiky vogninahitry Zagnahary. ⁸Fao ny vaiavy dia vogninahitry ny lalahy. Fao ny lalahy dia tsy natao avy tamin'ny vaiavy. Fao ndraiky, ny vaiavy no natao avy tamin'ny lalahy. ⁹Fao tsisy lalahy niforônigny ho nihin'ny vaiavy. Fao ndraiky, ny vaiavy no niforônigny ho nihin'ny lalahy. ¹⁰Zany no tôkony hanagnan'ny vaiavy ny mariky ny fahefagna eo amin'ny lohany, noho reo anjely. ¹¹Na zany ndraiky, ao amin'ny Tompo, tsy mahaleo-taigna amin'ny lalahy ny vaiavy, na ny lalahy mahaleo-taigna amin'ny vaiavy. ¹²Fao raha avy amin'ny lalahy ny vaiavy, dia ny lalahy koa dia avy amin'ny vaiavy. Avakeo, avy amin'Jagnahary ny raha jiaby. ¹³Tsara ny haigninareo: Mety amin'ny vaiavy moa ny mivavaka amin'Jagnahary tsy misafo-daoha? ¹⁴Tsy ny natiora lasitekin'ny aza moa no mampianatra areo fao raha ny lalahy no lava volo, dia fahafaham-baraka amin'ny zany? ¹⁵Tsy mampianatra areo moa ny natiora fa raha ny vaiavy no lava volo, dia vogninahitry amin'ny zany? Fao namiagna azy ny volony mbô hanarognany azy. ¹⁶Fao raha misy ti-hiady hevitra amin'ny zany, dia tsy managna fampiharagna hafa zahay, na reo fiangonan-Jagnahary. ¹⁷Fao agnatin'ny reo torolâlagna magnaraka, dia tsy midaira areo zaho. Fao koafa miaraka tonga areo, dia tsy ho amin'ny tsara zany fao ho amin'ny taigna ratsy. ¹⁸Fao tamin'ny voalohany ndraiky, dia regniky fao koafa miaraka mivôry ao amin'ny fiangonagna areo, dia misy fizarazaragna akeo aminareo, aveo mino zany amin'ny ampahany zaho. ¹⁹Fao tsy maintsy misy fitsitokatokanagna akeo aminareo, mbô hankasitrahigny eo aminareo reo zay nikehigny. ²⁰Fao koafa mivôry areo, dia tsy ny Fanasan'ny Tompo no hoaninareo. ²¹Koafa mihinagna, dia samy mihinagna ny hanigny manaokagna ny tsiraikiaraiky alaohan'ny hinanan'ny reo hafa. Tihinagna ny araiky, aveo ny hafa nanjary mamô. ²²Tsy managna tragno ihinanagna ndraiky higiahagna moa areo? Ho tsinotsinoavinareo moa ny fiangonan-Jagnahary kay hahitrinareo zay tsy managna na ino na ino? Ino no tôkony hivolagniky aminareo? Tôkony hidaira areo moa zaho? Tsy hidaira areo amin'ny zany zaho. ²³Fao niraisiky avy amin'ny Tompo faogna koa zay ampitaiko areo, fao Jesôsy Tompo, tamin'ny aligny zay namadihagna Azy, dia nalaka môfo. ²⁴Koafa avy nigiaika Izy, dia nanapaka zany aveo nivaolagna nagnanjao: "Tô ny haigninaha, zay ho nihinareo. Atôvy zao ho fahatsiarovagna Zaho." ²⁵Mitôvy amin'ny zay koa dia niraisigny ny kapoaka koafa avy nihinagna haligny, aveo nivaolagna Izy nagnanjao: "Tô kapoaka tô no fagnikiagna vava ao amin'ny lionaha. Atôvy zao na afriagna na afriagna areo no migiaka, ho fahatsiarovagna Zaho." ²⁶Amin'ny fotoagna jiaby zay hinananareo tô môfo tô ndraiky higiahanareo amin'ny tô kapoaka tô, dia magnambara ny fahafataisan'ny Tompo papiky haviany areo. ²⁷Na zôvy na zôvy, noho zany, mihinagna ny môfo na migiaka amin'ny kapoakan'ny Tompo amin'ny haigny ndraiky lion'ny Tompo. ²⁸Aoka handiniky ny haigninareo alaohaka ny ôlogno, avakeo amin'ny zany dia aoka hihinagna ny môfo avakeo higiaika amin'ny kapoaka izy. ²⁹Fao izy zay mihinagna ndraiky migiaka kay tsy mahay ny haigny, dia mihinagna ndraiky migiaka fitsaragna ho amin'ny haigniny. ³⁰Zany no mahatonga ny maro aminareo ho osa ndraiky marary, avakeo ny sasany aminareo hofatry. ³¹Fao raha mandini-taigna atsika, dia tsy ho tsaraigny. ³²Fao koafa voatsaran'ny Tompo atsika, dia mpagnara-dalagna, mbô tsy ho voaheloko miaraka amin'ny zao tontolo zao. ³³Noho zany, ry rahalahiko, koafa mivôry mbô hihinagna areo, dia mifandignaisa. ³⁴Raha misy ôlogno araiky, tihinagna, aoka izy hihinagna agny antragno, amin'ny zay koafa mivôry areo dia tsy ho amin'ny fitsaragna zany. Avakeo mahakasiky reo raha hafa zay nisoroatanareo, dia hagnamia torolalagna zaho koafa tonga.

Chapter 12

¹Mahakasiky reo fagnomaizam-pagnahy, rahalahy, dia tsy tiako tsy hahay areo.² Hainareo fao tamin'ny areo mpanompo sampy, dia voavily nagnagny amin'ny reo sampy tsy manam-peo areo, tagny amin'ny zay lalagna jiaby nitarihin'ny regny areo.³ Noho zany tiako ho hainareo fao tsisy ôlogno zay mivaolagna amin'ny Fagnahin-Jagnahary afaka mivaolagna: "Jesôsy dia voahôzogno." Tsisy afaka mivaolagna magnanjabo: "Jesôsy dia Tompo," koa tsy amin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny.⁴ Ary misy fagnomaizam-pagnahy samihafa, fao Fagnahy mitôvy faogna.⁵ Misy fanompoagna samy hafa, fao Tompo mitôvy faogna;⁶ ary misy karazagn'asa samihafa, fao Zagnahary mitôvy faogna no magnano zareo ho azo atao amin'ny tsiairaikiaraiky.⁷ Ary hoan'ny tsiairaikiaraiky no namiagna fanehoagna ambailan'ny Fagnahy hoan'ny tombontsoan'ny jiaby.⁸ Fao amin'ny ôlogno araiky dia namiagna avy amin'ny Fagnahy ny vaolagna fahindriagna, aveo hoan'ny araiky hafa ny vaolagna fahaizagna amin'ny alalan'ny Fagnahy mitôvy faogna.⁹ Hoan'ny araiky hafa dia namiagna ny finoagna amin'ny alalan'ny Fagnahy mitôvy, ary ho an'ny araiky hafa reo fagnomaizam-pahasoavagna hampahivagna amin'ny alalan'ny Fagnahy araiky.¹⁰ Hoan'ny hafa dia namiagna reo asan'ny ngôvo, aveo hoan'ny araiky hafa faminaniagna. Hoan'ny araiky hafa dia namiagna fahafahagna magnavaka reo fagnahy, hoan'ny araiky hafa reo karazagna fivolagnagna samihafa, ary hoan'ny araiky hafa ny fandikagna vaolagna.¹¹ Fao ny Fagnahy araiky sady mitôvy faogna no miasa ao amin'ny zany jiaby zany, namiagna reo fagnomaizam-pagnahy hoan'ny ôlogno tsiairaikiaraiky aby, araka zay nifidiany.¹² Fao satria ny vatagna dia araiky managna rantsagna maro ary ny jiaby dia rantsan'ny lehy vatagna faogna, noho zany dia miaraka amin'i Kristy zany.¹³ Fao tamin'ny alalan'ny Fagnahy araiky no nitsaboagna batisa atsika jiaby koafa ho vatagna araiky, na reo Jiosy na reo Grika, na voafatotra na afaka, ary ny jiaby dia natao mbô higiaka amin'ny Fagnahy araiky.¹⁴ Fao ny vatagna dia tsy rantsagna taokagna, fao maro.¹⁵ Raha mivaolagna ny tongotro magnanjabo: "Satria tsy tagnagna zaho, dia tsy rantsagna amin'ny vatagna zaho," zany dia tsy hely amin'ny rantsan'ny vatagna aby.¹⁶ Ary raha ny sôfigny no hivaolagna magnanjabo: "Satria tsy maso zaho, dia tsy rantsagna amin'ny vatagna zaho," zany dia tsy hely amin'ny rantsan'ny vatagna aby.¹⁷ Raha maso ny vatagna jiaby, dia ho aiza ny fandrignaisagna? Raha sôfigny ny vatagna jiaby, dia ho aiza ny fanimboloagna?¹⁸ Fao Zagnahary nandamigny ny rantsan'ny vatagna tsiairaikiaraiky araka ny namoraonany zany.¹⁹ Raha rantsagna mitôvy faogna izy jiaby, aiza no hoisy vatagna?²⁰ Kay zao dia rantsagna maro zareo, fao vatagna araiky faogna.²¹ Ny maso tsy afaka mivaolagna amin'ny tagnagna magnanjabo: "Tsisy ilàko anao." Na ny laoha tsy hivaolagna amin'ny hongotro magnanjabo: "Tsisy ilàko anao." Fao reo rantsagna amin'ny vatagna zay miboaka ho taigna malemy dia taigna ilaigny,²³ ary reo rantsan'ny vatagna zay heverintsika fao tsy dia manan-danja, dia amiantsika lanja taigna gaida reo, ary reo rantsantsika tsy faboaka dia managna fahamendrehagna mihoatra.²⁴ Avakeo ny rantsantsika faboaka dia tsy mila ndesigny amin'ny fahamaindrehagna, fao reo dia afa managna fahamendrehagna. Fao Zagnahary nampikambagna ny rantsagna jiaby miaraka, aveo izy nagnamia lanja reo zay tsy ampy zany.²⁵ Nagnano zany Izy mbô tsy hoisy fisarahagna eo amin'ny vatagna, fao mbô hifampikarakara amin'ny fitiavagna mitôvy re rantsagna.²⁶ Noho zany koafa mijaly ny rantsagna araiky, dia miara-mijaly reo rantsagna jiaby; na koafa amian-danja ny rantsagna araiky, dia miaraka ravo ny rantsagna jiaby.²⁷ Ary areo dia vatan'i Kristy ary rantsagna amin'ny zany ny tsiairaikiaraiky.²⁸ Ary Zagnahary nanendry tao amin'ny fiangonagna reo apostoly alaoha, faharoa reo mpagnazary, fahatelo reo mpampianatra, aveo reo zay magnano asa mahagaga, aveo reo fagnomaizam-pahasoavagna hampahivagna, reo zay magnamia fagnampiagna, reo zay magnano ny asan'ny fitantagnan-draharaha, ary reo zay managna karazagna fivolagnagna samihafa.²⁹ Apostoly moa zareo jiaby? Mpagnazary jiaby moa? Mpampianatra jiaby moa? Magnano asa mahagaga jiaby moa?³⁰ Managna fagnomaizam-pahasoavagna hampahivagna moa izy jiaby? Mivaolagna amin'ny fivolagnagna tsy hay moa izy jiaby? Mandika vaolagna moa izy jiaby?³¹ Taigna tadiavo reo fagnomaizam-pagnahy taigna gaida. Fao hagnaboaka areo lalagna taigna tsara.

Chapter 13

¹Na dia ata hoe mivolagna amin'ny fivolagnan'ny reo ôlogno ndraiky reo anjely aby zaho. Fao raha tsy managna fitiavagna, dia tonga vy magneno na kipantsona mikarantsam-peo zaho. ²Na dia atao hoe managna fagnomaizan'ny faminaniagna ary mahay reo misitery ndraiky fahaizagna jiaby aby zaho, ary managna finoagna jiaby afahagna mamindra reo tanety. Fao raha tsy manam-pitiavagna, dia tsinotsinona zaho. ³Na dia ata ho magamia zay jiaby anagnako hamahagna ny mijaly aby zaho, ary manôlotro haigniky ho roagna. Fa raha tsy manam-pitiavagna, dia tsy mahazo na ino na ino zaho. [Fagnamarihagna: Ny ULB ndraiky ny UDB dia samby managna dikan-teny maro, mivaky karaha zao: "Hamiako mbô ho roagna ny haigniky." Ny dikan-teny sasany ndraiky dia mivaky magnanjao: "Hamiako ny haigniky mbô ho raiharaihako."]⁴Ny fitiavana mahari-pô sady tsara fagnahy. Ny fitiavagna tsy mitsiriritra na miraiharaiha. Tsy miavogno na ⁵magnano zay tsy mahamendriky. Tsy tia taigna. Tsy maora vingitry, na mitanisa fahadisoagna. ⁶Tsy miravo amin'ny tsy fahamarignagna. Fao, miravo amin'ny fahamarignagna. ⁷Ny fitiavagna mandefitry ny raha jiaby, mino raha jiaby, matoky raha jiaby, aveo miaritry raha jiaby. ⁸Tsy ho tapitry bariaky dintany ny fitiavagna. Raha misy faminaniagna, dia ho levogno reo. Raha misy fivolagnagna amin'ny vaolagna tsy hay, hijanogno reo. Raha misy fahaizagna, dia ho levogno zany. ⁹Fao atsika dia mahay amin'ny ampahany ary maminagny amin'ny ampahany. ¹⁰Fao koafa tonga lehy taigna lafatra, dia ho levogno zay tsy tantairaka. ¹¹Tamin'ny mbôla zaza zaho, nivaolagna tôtro ny zaza, nieritreritry taokagna zaza, nisaigany karaha ny zaza. Koafa gaida zaho, dia nambailako ny fahazazagna. ¹²Fao zeo atsika dia mahita tsy mivantagna amin'ny fitaratra, fao rahatrizay dia hifagnatri-tava. Zeo zaho dia mahay amin'ny ampahany, fao aveo zaho dia hahay tantairaka karaha ny nahay zaho tantairaka. ¹³Fao avaizo dia reto telo reto no mitoaotra: ny finoagna, ny fanantenagna, avakeo fitiavagna. Fao ny fitiavagna ny taigna gaida aminjareo.

Chapter 14

¹Mitadiava fitiavagna avakeo manàgna zôtom-pô amin'ny reo fagnomaizam-pagnahy, fao indrindra ny mbô haminanianareo. ²Fao zay mivaolagna amin'ny fivolagna tsy hay dia tsy mikoragna amin'ny ôlogno fao amin-Jagnahary. Fao tsisy mahazo azy satria mivaolagna raha mivôny ao amin'ny Fagnahy izy. ³Fao zay maminany dia mikoragna amin'ny ôlogno mbô ho fampioraignagna zareo, ho fampirisihagna zareo, aveo fampiononagna zareo. ⁴Zay mivaolagna amin'ny fivolagna tsy hay dia magnorigny haiginy, fao zay maminagny dia magnorigny ny finoagna. ⁵Zeo dia magniry areo jiaby hivaolagna amin'ny fivolagnagna tsy hay zaho. Fao mbôla mihoatra noho zany aby, magniry Zaho ny haminanianareo. Zay maminagny dia taigna gaida ohoarigny zay mivaolagna amin'ny fivolagnagna tsy (raha tsy hoe misy ôlogno araiky mandika vaolagna kay mbô mety hioraignan'ny fiangonagna). ⁶Fao zeo, rahalahy, raha havy eo aminareo amin'ny fivolagnagna tsy hay zaho, ino no tombontsoa amiako areo amin'ny zany? Tsy afaka zaho, raha tsy hoe mivaolagna aminareo amin'ny fagnambaragna, na fahaizagna, na faminaniagna, na fampianaragna. ⁷Raha mamoa feo reo raha magneno tsy managn'aigny—karaha sodina na lokanga—avakeo tsy magnaboaka lantom-peo samihafa reo, akôry no hahazan'ôlogno zay melodia aboakan'ny sodina na ny lokanga? ⁸Fao raha magnano feo hafahafa ny trompentra, akôry no hahazan'ôlogno koafa fotoagna hiomanagna amin'ny ady? ⁹Kay tôtroto zany faogna koa ny aminareo. Raha tsy mazava ny vaolagna aboakan'ny vavanareo, akôry no hahazan'ôlogno zay nikoragninareo. ¹⁰Misy fivolagnagna maro samihafa aketo amin'zao tontolo zao, aveo tsisy amin'ny regny no tsisy dikany. ¹¹Fao raha tsy mahay dikan'ny fivolagnagna araiky zaho, dia ho vahiny amin'ny zay mivaolagna, avakeo zay mivaolagna ho vahiny aminaha. ¹²Raha zany foagna koa ny aminareo. Satria taigna magniry ny fihitsaihan'ny Fagnahy areo, dia manàgna zôtom-pô mbô hiroborobo amin'ny fagnoraignagna ny finoagna. ¹³Noho zany zay mivaolagna amin'ny fivolagnagna tsy hay dia tôkony hivavaka mbô hafahany mandika vaolagna. ¹⁴Fao raha mivavaka amin'ny fivolagnagna tsy hay Zaho, dia mivavaka ny fagnahiky, fao ny saigninaha tsy mamoa. ¹⁵Ino no tôkony ho tsaboky? Hivavaka amin'ny fagnahiky zaho, fao hivavaka amin'ny saigny naha foagna koa. Hihira miaraka amin'ny fagnahiky zaho, avakeo hihira miaraka amin'ny saigny naha koa. ¹⁶Raha tsy zany, raha midaira Zagnahary miaraka amin'ny Fagnahy areo, akôry no hivolagnin'ny vahiny hoe: "Amena" koafa magnamia fisaoragna anao raha aohatra kay tsy hainy zay koragninao. ¹⁷Fao anao dia taigna magnamaiza fisaoragna tsara faogna, fao ny ôlon-kafa tsy miorigny. ¹⁸Misaotra Zagnahary zaho fao mivaolagna amin'ny fivolagnagna tsy hay mihoatra noho areo jiaby. ¹⁹Naifa agny am-mpiangonagna dia aleoky mivaolagna vaolagna dimy araka ny fazahoako mbô hafahako mampianatra reo hafa, toy zay vaolagna ray aligny amin'ny fivolagnagna tsy hay. ²⁰Oa rahalahy, aza mbô zaza amin'ny fihevitry areo. Fao ndraiky, raha amin'ny ratsy, dia manaova tôtroto zaza. ²¹Fao amin'ny fihevitriareo dia aoka ho matotro areo. Ao amin'ny lalàgna dia voasaoratra: "Amin'ny alalan'ny ôlogno hafa fivolagnagna ndraiky amin'ny alalan'ny môlotro ny vahiny dia hivaolagna amin'ny reto ôlogno reto Zaho. Na dia tsy hahiregny Zaho aby zareo," hoizy Tompo. ²²Noho zany reo fivolagnagna tsy hay dia famantaragna, tsy amin'ny reo mpino, fao amin'ny reo tsy mpino. Fao ny faminaniagna ndraiky dia ho famantaragna, tsy hoan'ny reo tsy mpino, fao hoan'ny reo mpino. ²³Noho zany, raha aohatra kay, miara-mivôry ny fiangonagna jiaby aveo mivaolagna amin'ny fivolagna tsy hay jiaby, ary miditry reo vahiny ndraiky tsy mpino, tsy ho koragninjureo fao laifaka moa areo? ²⁴Fao raha naminagny jiaby areo jiaby kay nisy tsy mpino na vahiny niditry, dia ho resy lahatra amin'ny zay jiaby regniny izy. Ho tsaraiginy amin'ny alalan'ny zay jiaby nambara izy. ²⁵Ho ambara ny tsiambaratelo ao am-pô. Vokatry zany, hiondriky izy ary hankalaza Zagnahary. Hambara izy fao taigna eo aminareo Zagnahary. ²⁶Ino zany no magnaraka, rahalahy? Koafa tafiaro areo, ny tsiraikiaraiky dia managna salamo, fampianaragna, fagnambaragna, fivolagnagna tsy hay, na fandikan-teny. Tsaboy ny raha jiaby mbô hagnoraignanareo ny fiangonagna. ²⁷Raha misy mivaolagna amin'ny fivolagna tsy hay, ambilào hisy aroa na farapahamarony telo eo, aveo mandaiha tsiraikiaraiky, avakeo dia tôkony hoisy araiky handika ny vaolagna zay nambara. ²⁸Fao raha tsisy mpandika-vaolagna, ambilao ny tsiraikiaraiky aminjareo hitagna fahanginagna ao am-piangonagna. Avilào ny tsiraikiaraiky hikoragna mitaokagna amin'ny haiginy ndraiky amin-Jagnahary. ²⁹Avilào hivaolagna ny mapagnazary aroa na telo, ary avila reo hafa hitandregny amin'ny fahaiza-magnavaka zay nambara. ³⁰Fao raha misy fahitagna amaizagna zay mibidôko eo amin'ny fanompoagna, avilao hangigny lehy araiky zay nivaolagna. ³¹Fao ny tsiraikiaraky aminareo dia afaka mifanolo maminagny mbô hafahan'ny tsiraikiaraiky mianatra aveo mbô hahery jiaby. ³²Fao ny fagnahin'ny reo mpagnazary dia eo ambanin'ny fagnaraha-mason'ny reo mpagnazary. ³³Fao Zagnahary dia tsy Zagnaharin'ny fikorontanagna hoan'ny reo fiangonan'ny reo mpino jiaby. ³⁴Ny vaiavy dia tôkony hitagna fahanginagna ao am-piangonagna. Satria tsy mahazo alalagna hivaolagna zareo. Fao, tôkony hagneky zareo, karaha ny ambaran'ny lalàgna. ³⁵Raha misy tianjareo hianaragna, avilao hagnontany ny vadiny agny an-tragno zareo. Fao mahamaingatra hoan'ny vaiavy ny mivaolagna ao am-piangonagna. ³⁶Avy aminareo moa no navian'ny

vaolagna Zagnahary? Areo zeraiky moa no voakasiky zany?³⁷Raha misy mieritreritry ny hainginy ho mpagnazary na ara-pagnahy, dia tókony hagneky izy fao reo raha zay soroatako aminareo dia didin'ny Tompo. ³⁸Fao raha misy tsy magneky zany, dia ambilao izy tsy ho kehigny. [Fagnamarihagna: Ny ankamaroan'ny dikan-teny, ao agnatiny zany ny ULB ndraiky UDB, dia mamaky magnanjao: "Fao raha misy tsy magneky zany, dia aoka tsy hokehigny izy." Ny dikan-teny sasany talaoha magnanjao: "Fao raha misy tsy mahay zany, dia aoka izy tsy hahay zany."]³⁹Kay amin'ny zany, rahalahy, taigna magniria ny haminagny, aveo aza mandrara na zôvy na zôvy hivaolagna amin'ny fivolagnagna tsy hay. ⁴⁰Fao avilao ny raha jiaby tsabogny araka ny tókony ho izy ndraiky am-pilaminagna.

Chapter 15

¹Zeo mpampahatsaro areo zaho, rahalahy, ny amin'ny vava maharavo zay nambarako taminareo, zay nirasinareo ndraiky zay itsangananareo. ²Amin'ny alalan'ny zany vava maharavo zany no hahavoavonjy areo, raha mitagna mafy amin'ny vaolagna nitoriky taminareo areo, raha tsy hoe ninoninona foagna. ³Fao natôlotro ho zava-dehibe voalaohany hoanareo zay azoko faogna koa: fao maty hoan'ny fahotagnantsika Kristy nivolagnin'ny Saoratra Masigny, ⁴ary nalevigny Izy, avakeo Izy natsangagna tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo nivolagnin'ny Saoratra Masigny. ⁵Kristy niboaka tamin'i Kefasy, ary avakeo tamin'ny reo aroa ambin'ny fôlo; ⁶aveo niboaka indraimandaiha tamin'ny reo rahalahy mihoatra ny dimanjato. Mbôla velogno ny ankamaroan-jareo, fao ny sasany nodimandry. ⁷Aveo Izy niboaka tamin'i Jakoba, aveo tamin'ny reo apostoly jiaby. ⁸Taigna farany, dia niboaka taminaha Izy, tôtroto ny hoe tamin'ny zaza tairaka tsy tonga volagna. ⁹Fao zaho no taigna hely amin'ny reo apostoly. Zaho dia tsy magnaiva ny antsôvigny hoe apostoly satria nagnenjiky ny fiangonan-jagnahary zaho. ¹⁰Fao nohon'ny fahasoavan-jagnahary no naha toy zao zaho, avakeo tsy foagna ny fahasoavany akato aminaha. Fao ndraiky, taigna niasa mafy ohoarigny amin'ny izy jiaby zaho. Naifa tsy zaho zany, fao ny fahasoavan-jagnahary zay miaraka aminaha. ¹¹Noho zany zaho zany na zareo, karaha ny nitorianay dia araka zany no inoanareo. ¹²Zeo raha nambara fao Kristy dia natsangagna tamin'ny maty, akôry no hahafahan'ny sasany aminareo mivaolagna fao tsisy ny fitsanganagna amin'ny maty? ¹³Naifa raha tsisy ny fitsanganagna amin'ny maty, dia tsy natsangagna aby Kristy; ¹⁴aveo raha tsy natsangagna Kristy, foagna ny toriteninay, ary foagna faogna koa ny finoagnanareo. ¹⁵Kay, hita ho antomoa diso mahakasiky Zagnahary zahay satria nitsangagna antomoa nanohitry Zagnahary, nivaolagna nagnanjao natsangagna Kristy koafa tsy nagnano zany Izy. ¹⁶Raha tsy natsangagna ny maty, dia na Kristy aby tsy natsangagna; ¹⁷aveo raha tsy natsangagna Kristy, dia foagna ny finoagnanareo aveo mbôla ao amin'ny fahotagnanareo areo. ¹⁸Ary zay jiaby maty ao amin'i Kristy dia afa very faogna koa. ¹⁹Raha amin'ny tô fiainagna tô faogna no anagnantsika toky amin'ny hoavy ao amin'ny Kristy, dia atsika no taigna mampahonena amin'ny ôlogno jiaby. ²⁰Fao zeo afa natsangagna tamin'ny maty Kristy, lehy voalaoham-bokatr'ireo zay maty. ²¹Fao satria havy tamin'ny alalan'ny ôlogno araiky ny fahafataisagna, dia avy tamin'ny alalan'ny ôlogno araiky faogna koa no navian'ny fitsanganagna amin'ny maty. ²²Fao tôtroto ny nahafataisan'ny jiaby tao amin'i Adama, dia ho velogno ao amin'i Kristy faogna koa jiaby. ²³Kanaifa samy ao amin'ny filaharany manaokagna ny tsiraikiaraiky: Kristy, lehy voalaoham-bokatra, ary aveo reo zay nihin'i Kristy dia ho atao velogno amin'ny fiaviany. ²⁴Aveo hoavy ny farany, koafa hamaizan'i Kristy ho nihin'i Zagnahary lada ny fanjakagna. Zany dia koafa hagnafoagna ny fitsipiky jiaby ndraiky ny fahefagna jiaby avakeo ny angôvo Izy. ²⁵Fao tsy maintsy manjaka Izy papiky hambilany fahavalony jiaby ao ambanin'ny hongony. ²⁶Ny fahavalo farany haringagna dia ny fahafataisagna. ²⁷Fao "Navailany teo ambanin'ny hongony jiaby ny raha jiaby." Fao nambara fao: "Izy no namaitraka ny raha jiaby," dia mazava tsara fao tsy tafiditry ao agnatin'ny zany lehy araiky namaitraka raha jiaby hagneky hagniny. ²⁸Koafa magneky Azy ny raha jiaby, dia ny Zanaka lasite no hagneky lehy araiky zay nampagneky ny raha jiaby ho Azy. Hiboaka zany mbô ho jiaby ao amin'ny jiaby ny Zagnahary lada. ²⁹Na koa ino no ilaigna reo zay vita batisa hoan'ny maty? Raha tsy natsangagna lasite ny maty, nagnino zareo tsabogny batisa hoan-jareo? ³⁰Nagnino ary, atsika am-bava loza isam-potoagna? ³¹Miatriky fahafataisagna isan'andro zaho! Zany dia azo antoko tôtroto ny fireharehako ny aminare, zay azoko ao amin'i Kristy Jesôsy Tompontsika. ³²Ino no tômbony azoko, avy amin'ny fomba fizahavan'ôlombelogo, raha niady tamin'ny biby tao Efesosy zaho, raha tsy natsangagna ny maty? "Aoka atsika hihinagna aveo higiaka satria hofatry atsika amaraigny." ³³Aza mety ho fitahiginy magnanjao: "Mandratra fisaingana tsara ny nama-dratsy." ³⁴Mandiniha! Miaigna am-pahamarinagna! Aza manôhy manota! Fao ny sasany aminareo dia tsy managna fahaizagna Zagnahary. Mivaolagna zany hoamin'ny fahamignaragna zaho. ³⁵Fao ny ôlogno araiky hivaolagna: "Akôry no namilaomagna ny maty, ary amin'ny karazagna vatagna ino no hatongavan-jareo?" ³⁶Tsy mahay na ino na ino areo! Zay hafafinareo dia tsy hanomboko hitômbô raha tsy maty zany. ³⁷Zay nafafinareo dia tsy ny vatagna zay hoavy, fao voa faogna. Zany dia mety hanjary vary na raha hafa. ³⁸Fao hamaizan-jagnahary azy ny vatagna araka zay safidiany, avakeo samby amin'ny vatany aby ny voa tsiraikiaraiky. ³⁹Tsy ny nôfo jiaby no mitôvy. Fao ndraiky, araiky ny nôfon'ôlombelogo, dia hafa ny nôfon'ny reo biby, ary nôfo hafa nihiny vôrogo, ary hafa nihin'ny hazandrano. ⁴⁰Misy faogna koa reo vatagna akagany an-dangitry ndraiky reo vatan'ny aketo an-tany. Fao karazagna araiky faogna ny vogninahitry ny vatagna agny an-dangitry ary hafa ny vogninahitry ny aketo an-tany. ⁴¹Araiky ny vogninahitry ny masaoava, ary hafa ny vogninahitry ny davolagna, ary vogninahitry hafa nihin'ny reo lakintagna. Fao ny lakintagna araiky miavaka amin'ny lakintagna araiky hafa amin'ny vogninahitry. ⁴²Tôtroto zany koa ny fitsanganagna amin'ny maty. Zay afafy dia mety haratra, avakeo zay atsangagna dia tsy mety maratra. ⁴³Afafy tamin'ny fahafaham-baraka zany; dia natsangagna am-bogninahitry. Afafy tamin'ny

fahalimiagna zany; dia natsangagna amin'ny ngôvo.⁴⁴ Afafy amin'ny vatagna voajagnahary zany; dia atsangagna ho vatagna ara-pagnahy. Raha misy vatagna voajagnahary, dia misy vatagna ara-pagnahy faogna koa.⁴⁵ Ary afa voasaoratra faogna koa fao: "Nanjary fagnahy velogno Adama lehy lalahy voalaohany." Lehy Adama farany dia nanjary fagnahy magnamia fiainagna.⁴⁶ Fao tsy ny ara-pagnahy no tonga voalaohany fao ny voajagnahary, ary aveo ny ara-pagnahy.⁴⁷ Ny ôlogno voalaohany dia avy amin'ny tany, namboarigny tamin'ny jôfo. Ny ôlogno faharoa dia avy akagny an-dangitry.⁴⁸ Tôroto lehy araiky namboarigny tamin'ny jôfo, tôroto zany koa lehy ôlogno akagny an-dangitry, ary karaha zany faogna koa reo zay avy akagny an-dangitry.⁴⁹ Karaha ny nindaisantsika ny bikan'ny lehy ôlon'ny jôfo, dia hinday ny bikan'ny lehy ôlon'ny langitry faogna koa atsika.⁵⁰ Ary zao no volagniky, rahalahy, fao ny nôfo aman-drà dia tsy afaka ny handaova ny fanjakan-Jagnahary. Na zay mety maratra handaova zay tsy mety maratra.⁵¹ Tô! Raha marigny mivôny no ho volagniky areo: Tsy hofaoty jiaby atsika jiaby, fao hovoagna jiaby atsika jiaby.⁵² Hiaova atsika amin'ny fotoagna araiky, ao agnatin'ny ndraiky mipi-maso, amin'ny trompaitra farany. Hagneno ny trompaitra, ary reo maty dia hatsangagna ho tsy mety lô, aveo dia hovoagna atsika.⁵³ Fao tô vatagna mety maratra tô dia tsy maintsy hisikigny zay tsy mety lô, avakeo tô vatagna mety maty tô dia tsy maintsy hisikigny ny tsy fahafataisagna.⁵⁴ Fao koafa misikigny ny tsy mety maratra tô vatagna mety maratra tô, ary koafa misikigny ny tsy fahafataisagna tô vatagna mety maty tô, dia ho tonga amin'ny lehy vaolagna zay voasaoratra magnanjao: "Voateligny tamin'ny fandrasiagna ny fahafataisagna."⁵⁵ "Oa fahafataisagna, aiza ny fandresanao? Oa fahafataisagna, aiza ny fanindrognoa?"⁵⁶ Ny ota no fanindron'ny fahafataisagna, aveo ny angôvon'ny ota dia ny lalàgna.⁵⁷ Fao isaoragna Zagnahary, zay nagnamia atsika ny fandrasiagna amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy Tompontosika!⁵⁸ Noho zany, rahalahy tiako, mioraigna tsara aveo aza mihôzonkôzogno. Mandrosoa lalandava amin'ny asan'ny Tompo, satria hainareo fao tsy very maigny ny asanareo ao amin'ny Tompo.

Chapter 16

¹Ary mahakasiky ny famoriam-baola amin'ny reo mpino, araka ny nanoroako lalagna ny fiangonan' Galatia, dia karaha zany koa no tôkony tsabonareo. ²Amin'ny andro voalaohan'ny herignandro, dia tôkony hanaokagna raha ny tsiraikiariky aminareo ary hikajy zany araka zay vitanareo. Manaova zany mbô tsy hisian'ny famoriam-baola jiaby koafa tonga zaho. ³Koafa havy zaho, na zôvy na zôvy kehinareo, dia alaifako miaraka amin'ny taratasy mbô hanolaoragna ny fagnatitry areo hoan'i Jerosalema. ⁴Raha aohatra kay mety aminaha faogna koa ny mandaiha, dia handaiha hiaraka aminaha zareo. ⁵Fao hoavy akagny aminareo zaho koafa mandalo Makedonia. Fao handalo Makedonia zaho. ⁶Mety afaka hijanogno miaraka aminareo zaho na mandritry ny fararano aby, mbô hahafahanareo magnampy zaho amin'ny diako, na aiza na aiza mboako. ⁷Fao tsy magniry ny hahita areo mandritrany fotoagna fohy zaho zao. Fao magnantaigna ny hidôko maharitra miaraka aminareo, raha ambaila'ny Tompo. ⁸Fao hijanogno ao Efesosy zaho papiky tongavan'ny Pentekosta, ⁹fao afa varavaragna malalaka no nisaokatra ho zaho, avakeo misy fahavalo maro. ¹⁰Ary koafa tonga Timoty, dia ezaho mbô tsy hatahotro izy miaraka aminareo, fao mitsabo ny asan'ny Tompo izy, karaha ny atako. ¹¹Aza ambaila hoisy ôlogno hagnano tsinotsinona azy. Ampia izy amin'ny fiadanagna, mbô hahafahany mandaiha aminaha. Fao magnantaigna azy mbô ho tonga hiaraka amin'ny reo rahalahy zaho. ¹²Avakeo mahakaisiky Apolosy rahalahintsika, dia nampirisy azy mafy zaho mbô hamangy areo miaraka amin'ny reo rahalahy. Fao mbôla tsy vôgnogno tantairaka ny hoavy izy zao. Na zany aby, hoavy izy koafa mety ny fotoagna. ¹³Mandrasa, mitsangana tsara amin'ny finoagna, miasà karaha lalahy, maheraiza. ¹⁴Aoka ho atao am-pitiavagna zay tsabonareo jiaby. ¹⁵Hainareo ny tamingan'i Stefanasy, fao zareo no niaova fô voalaohany tao Asia, aveo zareo nagnambaila koragnanjareo amin'ny fanompoagna reo mpino. Ary nampirisy areo zaho, rahalahy, ¹⁶mbô hagneky ny ôlogno karaha zany ndraiky amin'ôlogno jiaby zay magnampy amin'ny asa ndraiky miasa miaraka aminay. ¹⁷Miravo amin'ny fahatongavan'i Stefanasy, Fortinasy, avakeo Akaiosy zaho. Nameno ny tsy naha-te areo zareo. ¹⁸Fao namelombelongo ny fahahiky ndraiky nihinareo zareo. Kay noho zany, zahavo ny ôlogno karaha zany. ¹⁹Reo fiangonan'i Asia dia magnano veloma areo. Akila ndraiky Prisila dia magnano veloma areo ao amin'ny Tompo, miaraka amin'ny fiangonagna zay ao amin'ny pitrahanjareo. ²⁰Ny rahalahy jiaby magano veloma areo. Mifanaova veloma amin'ny hôroko masigny. ²¹Zaho, Paoly, manaoratra tô amin'ny tagnako. ²²Raha misy ôlogno tsy tia ny Tompo, enganie mbô ho voahôzogno izy. Ho avy, ny Tompontosika! ²³Hoaminareo ny fahasoavan'ny Jesôsy Tompo. ²⁴Ho aminareo jiaby ny fitiavagna ao amin'i Jesôsy Kristy. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talaoa dia manôsoko: "Amena." Fao ny vava maro hafa, ao agnatin'ny zany ny ULBndraiky ny UDB, dia mangala zany.]

2 Corinthians

Chapter 1

¹Paoly, apostoly araikin' i Kristy Jesôsy tamin'ny sitrapôn-jagnahary, ndraiky Timoty rahalahintsika, hoan'ny fiangonan-Jagnahary lehy akao amin'ny Korinto, aveo hoanareo mpino jiaby magneragnany faritra Akiaia. ²Hoaminareo koa ny fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin-jagnahary iadantsika avakeo Tompo Jesôsy Kristy. ³Hoderaigny ny Zagnahary ndraiky iadan'ny Tompontosika Jesôsy Kristy. Izy no iadan' ny famindram-pô jiaby ndraiky Zagnaharyny fampiononagna jiaby. ⁴Zagnahary dia mampionogno atsika amin' ny fahoriagna jiaby, kay mbô ahafahatsika mampionogno zareo zay aka agnatiny fahoriagna. Atsika dia mampionogno zareo hafa karaha ny fampiononagna lehy nampiasan-Jagnahary ampiononagna atsika. ⁵Fao karaha ny hitombaosan'ny fijalian'i Kristy nohon'ny aminay, no hitombaosan' ny fampiononagna zahay koa amin'ny alalan'i Kristy. ⁶Fao raha nampahoriagna zahay, zany dia ho an'ny fampiononagna aveo famonjiagna areo. Ary raha nampiononogno zahay, zany dia ho an'ny fampiononagna areo. Ny fampiononagna areo dia mahômby koafa manam-paharaitagna hira regny fijaliagn zay mitôvy amin'ny fijaliagnay koa. ⁷Fao ny fahatokisagnanay mahakasiky areo dia azo antoko, satria zahay dia mahay fao areo koa dia mirasa regny fijaliagna, areo koa dia mirasa fampiononagna. ⁸Fao tsy tianay areo tsy hahay, rahalahy, ny aminy regny olagna nahazo zahay tagny Asia. Zahay dia nampitongoasiny raha bahery mavaisatra mihoatra lehy tôkony ho tonganareo, fontry loatra kay toy nagnantaigna ny hiaigny hailsa eky zahay. ⁹Taminay tatô ny fagnamelôhagna ho foaty. Fao zany no nahatonga zahay tsy hagnambaila ny tokinay ekeo amin'ny haigninay foagna, fao ndraiky amin-Jagnahary zay mampitsangana ny maty. ¹⁰Nagnavotro zahay tamin'ny loza mahafaty karaha zany Izy, avakeo mbôla

hagnavotro ndraiky. Zahay dia magnapetraka ny tokinay taminazy fao mbôla hagnafaka zahay ndraiky Izy.¹¹ Izy dia hagnano zany satria areo koa dia magnampy zahay amin'ny alalan'ny vavakareo. Ary maro avy akeo no hagnomia fisaoragna amin'ny agnaragnay noho ny tômbom-pahasoavagna namiagna zahay tamin'ny alalany reo vavaka ny maro.¹² Zahay dia miraiharaiha amin'izao: fijoroagna tomoa ny amin' ny feon' ny fieritreritagnagnay. Fao tamin'ny fikasagna madio aveo fahatsoram-pô zay avy amin-Jagnahary lehy nitonga zahay ny haiginay aka amin'izao tontolo izao. Zahay dia nahavita zany jiaby zany ary ny ankamaroany niaraka taminareo—tsy tamin' ny fahindriagnan' izao tontolo izao, fao tamin' ny fahasoavan-Jagnahary.¹³ Zahay dia tsy nanôratra raha tsy ho voavaky na ho azonareo. Zaho dia magnantaigna fao, ¹⁴satria areo nahazo ny mahakasiky zahay ami'ny ampahany, zahay dia ho anton'ny raiharaihanareo amin' ny andron' ny Tompontosika Jesôsy, karaha areo ho antony hiraiharaihanay.¹⁵ Satria natoky ny mahakasiky zany zaho, dia te ho agny aminareo alaoha, mbô hahafahanareo mahazo tômbony amin' ny fitsidihagna aroa. ¹⁶Niomagna ny hitsidika areo koafa tagny amin'ny lalagnanaha ho akagny Makedonia zaho. Ary avakeo dia mbôla nagniry hitsidiky areo ndraiky zaho tamin'ny diako avy tagny Makedonia, avakeo ny mbô hagnatairanareo zaho tagny amin'ny lalako ho agny Jodia akeo.

¹⁷Koafa nieritreritry tôtroto zany zaho, nialasala moa zaho? Nagnomagna reo raha reo araka ny nôfo moa zaho, mbô ivolagnako "Eny, eny" ndraiky "Tsia, tsia" amin' ny fotoagna araiky foagna? ¹⁸Fao satria Zagnahary dia mahatoky, atsika dia tsy afaka ny hivaolagna na "Eny" na "Tsia."¹⁹Fao ny Zana-Jagnahary, Jesôsy Kristy, lehy nitorian' i Sylvanosy, Timoty ary zaho taminareo, dia "Eny" na "Tsia." Fao Izy dia ninainagna foagna magnanjao "Eny."²⁰ Satria ny fampagnatenagnan-Jagnahary jiaby dia "Eny" aby aka aminazy. Kay amin'ny alalany koa atsika dia hivaolagna magnanjao "Amena" ho agny vogninahitry Zagnahary.²¹ Ary Zagnahary lehy magnamafy zahay aminareo akao amin'i Kristy, aveo Izy no nagniraka atsika. ²²Izy dia nagnisy tombokase tamintsika ary antoko zay mbôla hamiany atsika avy afara.²³Fao nagnantso Zagnahary zaho, hitsangana atomoanaha zay antony tsy nahaviako tao Korinto mbô hamindrako fô aminareo.²⁴ Izany dia tsy sagnatria noho zahay miaizaka ny mamehy zay tôkony ho finoagnanareo. Fao ndraiky, zahay dia miara-miasa aminareo amin' ny fifaliagnanareo, satria areo mitsangagna akao amn' ny finoagnanareo.

Chapter 2

¹Fa nanapakevitry ny tsy hagnatogno areo ndraiky ny vatataignako amin'ny fotoam-pangirifiriagna. ²Raha nitairaka alahelonareo zaho, zôvy no afaka mampiravo zaho ankoatran'ny lehy araiky zay notaraignako foagna? ³Nanaoratra zaho karaha ny natako mbô tsy ho voaratran'ny reo zay tôkony nampifaly zaho koafa tonga tagny aminareo. Zaho dia managna fahatokisagna ny aminareo jiaby fao ny haravoagnako dia haravoagna taokagna aminareo jiaby. ⁴Fao nanaoratra hoanareo zaho avy amin'ny fahorigna mafy, miaraka amin'ny fangirifiriagnan'ny fô, aveo miaraka amin'ny ranomaso. Tsy te hampalahelo areo zaho. Fao ndraiky, te hagnambara areo ny alalignan'ny fitiavagna zay anagnako hoanareo. ⁵Raha nisy ôlogno nitairaka alahelo, tsy nitairaka zany taminahy foagna izy, fao amin' ny endriky hafa—tsy hagnitaragna loatra zany—aminareo jiaby. ⁶Ampy ny fagnasaziagna natan'ny maro agnisa io ôlogno io. ⁷Kay zeo raha tôkony ho fagnasaziagna, areo dia tôkony; hamôtoto heloka ndraiky hampiononagna azy. Atôvo zany mbô tsy handifotra azy amin' ny alahelo mafy loatra. ⁸Noho zany mankahery areo zaho mbô hagnamafy ampahibe-maso ny fitiavagnanareo Azy. ⁹Izany no antony nanoroatako, amizay mbô mety hitsapako areo aveo ahaizako na mankatô amin'ny raha jiaby areo. ¹⁰Raha mamaila ôlogno areo, mamaila zany ôlogno zany koa zaho. Zay nambailako—raha namaila ny rah-jiaby zaho—izany famailagna zany dia fitiavagna areo amin' ny fagnatraihan'ny Kristy. ¹¹Zany dia mbô tsy havandian'ny Satana zahay. Satria zahay dia mahay areo drafiny. ¹²Nisaokatra ho aminaha ny tamiagna tamin'ny Tompo koafa homby tagny amin'ny tanambe nihin'ny Troasy nitory ny vavà maharavoravon'i Kristy tagny. ¹³Na zany aza, tsy nanagna fiadanan-tsaigany zaho, satria tsy nahita ny rahalahiky Titosy tagny. Araka zany, nilahaosako zareo ary nandaiha nimpôdy tagny Makedonia. ¹⁴Fao fisaoragna hoan-Jagnahary, zay akao amin'i Kristy mitariky zahay mandrakariva akao amin' ny fandrisiagna. Amin'ny alalantsika dia hparitaka na aiza na aiza ny hagnitry mamin'ny fahaizagna azy. ¹⁵Fao zahay dia hagnitry mamin'i Kristy nihin-Jagnahary, na teo amin'ny reo zay navaotagna ndraiky tamin'ireo zay hifoaty. ¹⁶Hoan'ny ôlogno zay ho faty, zany dia hagnitry avy amin'ny fahafataisagna ho amin'ny fahafataisagna. Hoan'ny sasany zay navaotagna, dia hagnitry avy amin'ny fiainagna akao amin' ny fiainagna. Zôvy no mendriky amin'ny reo raha reo? ¹⁷Fa zahay dia tsy mitôvy amin'ny reo ôlogno maro zay mivarotro ny tenin-Jagnahary mbô hazahoagna antômbony. Fao ndraiky, amin'ny fahadiovam-pô, no hikoragnanay amin'i Kristy, satria nalaifa avy amin-Jagnahary zahay, akao amin'ny fahitagna Zagnahaary.

Chapter 3

¹Hanomboko hidaira-taigna ndraiky moa zahay? Zahay dia tsy mila reo taratasy fagnamarinagna aminareo na avy aminareo, karaha ny ôlogno sasany, sa tsy zany? ²Ny haigninareo no taratasy fagnamarinagnagnay, zay voasaoratra akao am-pôntsika, zay hay aveo vakian'ny ôlogno jiaby. ³Areo dia tsy magnaboaka fao taratasy fagnambaragna avy amin'ny Kristy, zay natolotro atsika. Zany dia tsy voasaoratra tamin'ny rano mahitigny fao tamin'ny Fagnahin'ny lehy Zagnahary velogno. Zany dia tsy voasaoratra teo amin'ny takaila-bato, fao teo amin'ny takailaka ny fôn'ny ôlombelogo. ⁴Ary zany no toky zay anagnantsika akeo agnatraihan-Jagnahary amin'ny alalan'i Kristy. ⁵Atsika dia tsy mahavita amin'ny haignintsika mbô halaka na ino na ino zay avy amintsika. Fao ndraiky, ny fahefagnantsika dia avy amin-Jagnahary. ⁶Zagnahary no nitsabo atsika mbô ho mpanompon'ny fagnikiagna vava. Zany dia fagnikiagna tsy avy amin'ny saoratra fao nihin'ny Fagnahy. Fao ny saoratra mamono, aveo ny Fagnahy magnomia aigny. ⁷Ary ny asa zay nitairaka fahafataisagna dia voasaoratra teo ambonin'ny vato —dia tonga tamim-bogninahitry goalahy kay ny vahoakan' Isiraely dia tsy afaka nibanjigny ny tavan'i Mosesy. Zany dia noho ny vogninahitry ny tavany, ny vogninahitry zay nahay potiky. ⁸Ho vogninatra lehy gaida karaha akôry ny asa zay atan'ny Fagnahy? ⁹Fao raha nanagna vogninahitry ny asan' ny fagnamelaoahagna, dia ho karakôry ny fitombaosan' ny vogninahitry ny asan'ny fahamarinagna! ¹⁰Satria taigna, zay namaizagna vogninahitry indraiky faogna dia tsy hanam-boninahitra eky aminjany fomba zany, noho ny vogninahitry zay mampitômbo zany. ¹¹Fao raha zay nandalo foagna no nanagna vogninahitry, dia tsy hanagna vogninahitry mihoatra noho zany moa zay mahadigny! ¹²Satria managna toky karaha zany atsika, dia taigna mahasaky. ¹³Atsika dia tsy karaha Mosesy, zay nanafoto ny haigniny tamin'ny voaly, mbô tsy hahafahan'ny vahoakan'ny Israely mizaha azy mivantagna amin'ny vogninahitry zay nandalo fogna. ¹⁴Fao ny saigninjareo dia donto. Na dia zeo zany voaly zany dia mbôla mijanogno akeo amin'ny famakiagna ny fagnikiagna talaoha. Tsy misaokatra zany, satria akao amin' ny Kristy faogna zany no alagna. ¹⁵Nefa na dia aminjezo aza, na afriagna na afriagna no vakigny ny lalàgnan' i Mosesy, dia mamôgno ny fônjareo ny voaly. ¹⁶Nefa raha mitodiky amin'ny Tompo ny ôlogno, dia elagna ny voaly. ¹⁷Avakeo Tompo dia Fagnahy. Zay misy ny Fagnahin'ny Tompo, dia misy fahafahagna. ¹⁸Ary atsika jiaby, tsy misarom-boaly, dia mahita ny vogninahitry ny Tompo. Atsika dia efa vava ho akao amin'ny vogninahitra taokagna amin'ny vogninahitry, zay avy amin'ny Tompo, zay tsy zôvy fao ny Fagnahy.

Chapter 4

¹Noho zany, zatria zahay managna zany asa fanompoagna zany, aveo voh nahazo famindram-pô, dia kivy zahay. ²Fao ndraiky, tsy nikehinay regny fomba mahamegnatra ndraiky mivôny. Tsy miaigny amin'ny vandy zahay, aveo mampiasa marigny ne tenin-Jagnahary. Amin'ny fagnaboahagna ny marigny, zahay dia mandidy ny haigninay ny amin'ny feon'ny fieritreretany ôlogno mbô ho ndesigny imason-Jagnahary. ³Fao raha voasaoratra ny vava maharavoravonay, zany dia ho voasarogno aminareo zay maty taokagna faogna. ⁴Amin'ny toe-draha miboaka aminjareo, ny zagnahariny zao tontolo zao naha gila zany saigny tsy mino njareo. Vokatra zany, tsy afaka mahita fahazavagnan'ny vava maharavoravon'ny vogninahitr'i Kristy zareo, zay bikan-Jagnahary. ⁵Fao zahay tsy magnambara ny haigninay, fao i Kristy Jesosy taokagna ny Tompo, aveo ny haigninay tôtroto ny mpanomponjareo nohon'ny amin'i Jesôsy. ⁶Fao Zagnahary dia lehy araiky zay nivaolagna nagnanjao: "Ny fahazavagna hangilatra akao amin'ny hizigny." Izy nangilatra tao am-pônay, mbô hagnomia ny fahazavagnan'ny fahalalagna ny vogninahitry Zagnahary ekeo amin'ny fagnatrehan'i Jesôsy Kristy. ⁷Fao zahay managna zany hariagna zany akao agnatiny tavoara tanimanga, mbô hazava fao ny angôvo gaida mihoatra lavitry dia nihin-Jagnahary fao tsy nihinay. ⁸Ampijalegny amin'ny fomba jiaby zahay fao tsy resy. Very hevitra zahay fao tsy feno famoizam-pô. ⁹Enjehigny zahay fao tsy nilahaosagna. Vinogny zahay fao tsy ravagna. ¹⁰Mitonga ako amin'ny haigninay ny fahafatesagnan'i Jesôsy faogna zahay, aminjany ny fahignan'i Jesôsy faogna koa dia hiboaka ekeo amin'ny haigniany. ¹¹Zahay zay velogno dia minday hatragy ao amin'ny vatagnay ny fahafataisan'i Jesôsy, aimiza ny vatagnay ôlombelogno. ¹²Noho zany ny fahafataisagna dia miasa akao amintsika, fao ny fiainagna miasa akao aminareo. ¹³Fao zahay managna fagnahin'ny finoagna taokagna araka zay voasaoratra magnanjao: ¹⁴"Nino zaho, aveo nivaolagna zaho." Mino foagna koa zahay, avakeo dia nivaolagna faogna koa zahay. Hainay fao lehy araiky zay nanangagna ny Tompo Jesôsy dia hanangagna atsika faogna koa miaraka amin'ny Jesôsy. Hainay fao hinday zahay miaraka aminareo akao amin'ny fagnatraihany Izy. ¹⁵Ny raha jiaby dia hoanareo mbô, araka ny fahasoavagna voapiriaka tamin'ny ôlogno maro, no hitombaosan'ny fagnomaizam-pisaoragna akao amin'ny vogninahitry Zagnahary. ¹⁶Noho zany dia tsy ho kivy zahay. Na dia malemy ambailany aby zahay, dia havaozigny isan'andro ny akao agnatiny. ¹⁷Fao amizao andro mandalo zao, ny fahoriagna mahivagna dia magnomagna zahay ho amin'ny lanjan'ny vogninahitra maharitra bariky dintany zay mihoatra ny fandanjagna jiaby. ¹⁸Fao atsika tsy mizaha raha zay hita, fao reo raha tsy hita. Reo raha zay mety hitantsika dia tsy mahadigny haila, fao reo raha zay tsy hita dia mahadigny bariky dintany.

Chapter 5

¹Haintsika fao raha ravagna ny toby aketo an-tany zay ibidohantsika, dia managna tragno avy amin-Jagnahary atsika.² Zany dia tragno tsy nitsabon'ny tagnagn'ôlombelogo, fao tragno bariky dintany, akagny andagnitry. Fao aketo amin'ny tô tragno-lay tô atsika no misento, magniry mafy ny hisikigny ny tobintsika akagny an-dagnitry.³ Magniry mafy zany atsika satria amin'ny fitsaboantsika zany dia tsy ho hita tsy misikgny antsika.⁴ Fao raha mbôla aketo amin'ny tô tragno-lay tô faogna atsika, dia misento, mavaisatr'aintagna. Tsy te hiboridana atsika. Fao ndraiky, te hisikigny atsika, mbô ho atelin'ny fiainagna zay mety maty.⁵ Lehy araiky zay nagnomagna atsika ho amin'ny raha zany foagna dia Zagnahary, zay nagnomia atsika ny Fagnahy ho fagnambaragna zay ho avy.⁶ Noho zany dia matokia faogna. Tongava saigny fao koafa aka an-tragno amin'ny vatagna atsika, dia lavitry ny Tompo.⁷ Fao mandaiha amin'ny finoagna atsika, fao tsy amin'ny fahitagna.⁸ Noho zany dia managna fahatokisagna atsika. Alentsika lavitry ny vatagna fao akao an-tragno miaraka amin'ny Tompo.⁹ Kay atantsika tanjogno zany, na agny an-tragno atsika na lavitry zany, mbô hafitsaratsara Azy.¹⁰ Fao atsika jiaby dia tsy maintsy hiboaka ekeo alaohan'ny dabilio fitsaran'i Kristy, mbô mety hazahoan'ny tsiaraikiraiky zay mifagnaraka amin'ny reo raha haifa tao amin'ny vatagna, na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy.¹¹ Noho zany, ny fahaizagna ny hamboriagna ny Tompo, no handrisantsika lahatra ny ôlogno. Ny maha atsika atsika dia hitan-Jagnahary mazava. Antenaiky fao mazava amin'ny feon'ny fieritreritagnareo faogna koa zany.¹² Tsy miezaka ny handresy lahatra areo ndraika zahay mbô hizaha zahay karaha ny mahitsy fô. Fao ndraiky, magnomia antony hoanareo hireharaihanareo nohon'ny aminay zahay, mbô hanagnanareo valin-teny ho an'ny reo zay miraiharaiha ny amin'ny bika ambailany fao tsy ny amin'izay akao am-pô.¹³ Fao raha very saigny zahay, dia ho nihin-Jagnahary zany; aveo raha tonga saigny tsara zahay, dia ho anareo zany.¹⁴ Fao ny fitiavan'i Kristy no manery zahay, satria hazonay antoko zao: nisy ôlogno araiky maty ho an'ny ôlogno jiaby, aveo noho zany dia maty jiaby.¹⁵ Maty Izy ho an'ny ôlogno, mbô tsy ho velogno ho an'ny haigninjazareo eky reo zay velogno fao ho Azy zay maty avakeo natsangagna nohon'ny fitiavagna zareo.¹⁶ Noho zany antony zany, manomboka zao dia tsy mitsara na zôvy na zôvy araka ny fomban'ny ôlombelogo atsika, na dia afa nizaha i Kristy taokagna zany aby atsika talaoha. Fao zeo atsika tsy mitsara na zôvy na zôvy karaha zany eky.¹⁷ Noho zany, raha misy ôlogno akao amin'i Kristy, ôlom-bava izy. Efa lôlosogno reo raha talaoha. Tô, afa nanjary vava zareo.¹⁸ Reo raha jiaby reo dia avy amin-Jagnahary. Nampihavanigny tamin'ny Haigniny tamin'ny alalan'i Kristy atsika, aveo namaizany atsika ny asa fanompoagnan'ny fampihavanagna.¹⁹ Zany hoe, akao amin'i Kristy Zagnahary no mampihavagna zao tontolo zao amin'ny Haigniny, tsy magnisaka fahadisognanjareo aminjareo. Nankigniny taminay ny hafatry ny fampihavanagna.²⁰ Koa voatendry ho mpisolo haignin'i Kristy zahay, karaha ny hoe amin'ny alalagnay no hagnavaotan-Jagnahary ny fagnantsaovany. Miangavigny areo zahay, noho i Kristy: "Mihavàgna amin-Jagnahary!"²¹ Natany tonga sôrognô ho an'ny fahotagnantsika Kristy. Izy lehy Araiky zay tsy nanota lasite. Natany zany mbô ho tonga fahamarignan-Jagnahary akao Aminazy atsika.

Chapter 6

¹Mira-miasa aminazy, zahay faogna koa dia mampirisiky areo tsy halaka fahasoavan-jagnahary fahotany. ²Fao ny nivaolagna izy nagnanjao: "Tamin'ny fotoagna mety dia nitandregny areo Zaho, ary tamin'ny andron'ny famonjiagna dia nagnampy areo Zaho. Zahavo, amizeo no fotoagna mety. Zahavo, amizeo no andron'ny famonjiagna. ³Tsy magnapaitraka vato fagnafintohinagna akeo agnatraihan-jôvy na zôvy zahay, fao tsy magniry ny haharatsy laza ny asa fanompoagnanay. ⁴Fao ndraiky, zahay dia magnaporofy ny haigninay amin'ny asanay jiaby, fao mpanompon-jagnahary zahay. Zahay no mpanompony amin'ny fiaraitagna mafy, fahoriagna, fahasoavagna, ⁵reo poko, fagnagadragna, fikomiagna, amin'ny asa mafy, amin'ny reo aligny tsisy torimaso, amin'ny tihinagna, ⁶amin'ny fahadiovagna, fahaizagna, faharaitagna, fahatsoram-pô, amin'ny Fagnahy Masina, amin'ny taigana fitiavagna. ⁷Zahay no mpanompony akao amin'ny vaolagna Zagnahary. Zahay dia managna ny fiaraovan'ny fahamarinagna hoan'ny tagnagna ankahery ndraiky ny ankavia. ⁸Zahay dia miasa amin'ny voghinahitry ndraiky amin'ny fahafam-baraka, amin'ny fagnaratsiagna ndraiky ny fideragna. Zahay dia vombara ho mpavandy kanaifa zahay marigny. ⁹Zahay miasa karaha regny tsisy mahay regny kanaifa zahay mbôla miferignagny. Miasa karaha ho faty zahay—zahavo—mbôla miaigny zahay. Miasa zahay karaha saiziny nohon'ny asanay naifa tsy karaha voaheloko ho faty. ¹⁰Zahay miasa karaha ny malahelo, kanaifa dia miravo lalandava. Zahay dia miasa karaha ny mijaly, kanaifa mampanan-kariagna ôlogno maro zahay. Miasa karaha ny tsy managna na ino na ino zahay kanaifa karaha ny managna raha jiaby. ¹¹Zahay nivaolagna ny marigny jiaby taminareo, Korintiana, aveo fônay misaokatra midagnadagna. ¹²Ny fônareo tsy nifiheziny, fao areo no namehy reo fihitseham-pônareo manaokagna. ¹³Ary ho valiny ara-drariny—mivaolagna aminareo karaha ny amin'ny zaza zaho—sokoafy hidagnadagna ny fônareo. ¹⁴Aza mifagneky amin'ny reo tsy mpino. Fao ino no iraisan'ny fahamarinagna ndraiky ny fandikan-dalàgna? Fao na ino no iarahan' ny mazava amin'ny mahizigny? ¹⁵Ino no mety ho fifagnarahagna akeo amin'i Kristy ndraiky Beliala? Na ino no tôkony anjara anagnan'ny mpino araiky ndraiky amin'ny tsy mpino araiky? ¹⁶Avakeo na ino no fifagnarahagna misy akeo amin'ny tempolin-jagnahary ndraiky ny sampy? Fao atsika dia tempolin-jagnahary velogno, araka ny afa nambaran-jagnahary magnanjao: "Hibidôko akeo aminjareo Zaho aveo handaika akeo aminjareo. Zaho dia ho Zagnaharinjareo avakeo zareo dia ho ôlognoanaha." ¹⁷Noho zany, "Miboaha ialao akeo aminjareo, avakeo mitokana," hoizy ny Tompo. "Aza mikasiky raha maloto, avakeo Izaho halaka areo. ¹⁸Izaho dia ho Iadanareo, ary areo ho zanako lahy ndraiky ho zanako vaiavy," hoizy Tompo Tsitaohagna.

Chapter 7

¹Reo no tiako, letry nanagnantsika reo vaolagna fikasagna dia aoka atsika hagnadio ny haingintsika amin'ny raha jiaby zay mahatonga fahalotoagna akeo amin'ny vatagna ndraiky fagnahintsika. Aoka atsika hitady fahamasinagna amin'ny fahatahoragna Zagnahary.²Alaivo zahay! Fao tsy nagnano ratsy taminjôvy na zôvy. Tsy nandratra na nagnararaotra na zôvy na zôvy zahay. ³Tsy hagnameloko areo no hivolagnako zao. Fao afa nambarako fao akato ampônay areo, fao maira-maty aveo miara-belogno atsika. ⁴Managna fahatokisagna mafy areo zaho, ary miraiharaiha nohon'ny aminareo. Feno fampionagna zaho. Midobodoboko ny haravoako na dia akeo aza ny fampahoriagna jiaby.⁵Koafa homby tagny Makedonia zahay, tsy hanam-pitapairagna ny haingninay. Noho zany, nijaly tamin'ny fomba jiaby zahay nohon'ny tsy fifankazahoagna tagny ambailany, ndraiky ny hamboriagna akao agnaty. ⁶Fao Zagnahary, zay mpampahery ny kivy, nampahery zahay tamin'ny faviagnan'ny Titosy. ⁷Tsy tamin'ny alalan'ny faviagnany foagna no hampaherezan-Jagnahary atsika. Fao tamin'ny fampaherezagna zay nalain'i Titosy avy aminareo. Mivaolagna atsika izy ny amin'ny habaizan'ny fitiavanareo, ny alahelonareo, avakeo ny fisalasalagnanareo zaho laligny. Kay hifaly bariky dintany zaho.⁸Na dia nampalahelo areo aza ny taratasinaha, tsy nampanegnigny zaho zany. Fao nanegnigny taminjany zaho koafa nahita fao nampalahelo areo taratasinaha. Fao nalahelo tagnatiny foatoagna fohy areo. ⁹Zeo ravo zaho, tsy hoe satria nijaly areo, fao satria ny alahelonareo no ninday areo ho amin'ny fibebahagna. Areo niaigny ny fahoriagna akao amin-Jagnahary, koa tsisy very ny nijalianareo hoanay. ¹⁰Ny fahoriagna akao amin-Jagnahary dia minday amin'ny fibebahagna ny mbô hahatô ny famonjiagna tsisy fanignainagna. Na zany ndraiky, ny alahelon'izao tontolo zao, dia minday fahafataisagna. ¹¹Zahavo ny vokatriny ny hagidasan'ny fiezahagnanjareo tamin'ny fahoriagna akao amin-Jagnahary. Gaida tatô be ny hagidasan'ny fiezahagna tao aminareo mbô hagnaprofoagna fao tsy manan-tsigny areo. Gaida tatô be hagidasan'ny havigniragnareo, ny hamboriagnanareo, ny alahelonareo, ny zôtompônareo, aveo ny fagniriagnanareo ahita ny fahamarinagna zay tôkony tsabogny! Amin'ny raha jiaby dia nagnaprofo tamin'ny hainginareo areo mbô tsy ho meloka amizany raharah zany. ¹²Na dia nanaoratra taminareo fogna zaho, zaho dia tsy nanaoratra hoan'ny reo mpagnano ratsy, na ho an'ny araiky zay mahadigny ratsy. Nanaoratra zaho mbô tôkony hagnambaragna ny fahavilagnanareo akeo aminah teo agnatraihan-Jagnahary. ¹³Tamin'ny alalan'ny zany no nampaheraizagna zahay. Mihoatra nohon'ny fampaheraizagna zay afa anagnanay, nihoa-papagna ny haravoany nohon'ny haravoan'i Titosy, satriany fagnahinazy dia atomoa noho ny aminareo jiaby. ¹⁴Raha aohatra, niraiharaiha taminy ny mahakasiky areo zaho, dia tsy afa-baraka zaho. Mifanohitry amizany, reo raha jiaby zay nivolagninay taminareo dia marigny jiaby, ny firaiharaihagnanay mahakasiky areo tamin'i Titosy dia voaporofa fao marigny. ¹⁵Ny fitiavany areo dia gaida tatô be, karaha ny nahatsaraovany ny fankatoavanareo jiaby, zahavo ny fangalanareo azy tamin'ny hamboriagna avakeo ndraiky fangovitagna. ¹⁶Ravo zaho satria managna fahatokiagna tatô be taminareo.

Chapter 8

¹Tianay ho hainareo, rahalahy, ny momban'ny fahasoavan-Jagnahary zay namiagna tao amin'ny reo fiangonan'i Makedonia.²Nandritran'ny fitsapagna goalahy amin'ny fahoriagna, ny godofoko ny haravoagna ndraiky ny farafahantragna-jareo dia nitairaka hariagna gaidan'ny falalan-tagnagna.³Satria mitsangagna antomoa zaho fao nagnano fôntry arak'izay vitagny zareo, avakeo mihoatra zay vitany aby. Ary tamin'ny sitrapôn-jareo zeraiky ⁴ndraiky niaraka tamin'ny fitalaohagna mafy no nangatahinjareo taminay ny fahafahagna mbô hanagna anjara amin'ny tô asa fanompoagna akeo amin'ny reo mpino tô.⁵Tsy niboaka araka zay nantenainay zany. Fao ndraiky, nanôlotro ny hagniny mialaoha tamin-Jagnahary zareo. Aveo nanolo-taigna hoanay zareo tamin'ny sitrapôn-Jagnahary.⁶Kay nampirisy Titosy zahay, zay afa nanomboko an'ny zany asa zany, mbô hagnatantairaka ny fahasoavagna aminareo.⁷Fao areo ndraiky dia manankariagna amin'ny raha jiaby, amin'ny finoagna, amin'ny vaolagna, amin'ny fahalalagna, amin'ny fitiavanareo zahay. Koa ataôvy azo antoko mbô hanankariagna amin'ny zany asa fahasovagna areo. [NY ULB sy ny UDB, miaraka amin'ny reo dikan-teny maro hafa, dia mivaky hotara zao: "Ao amin'ny fitiavanao zahay." Ny dikan-teny hafa dia mivaky hotra zao: "Ary ao amin'ny fitiavanay areo"]⁸Tsy mivaolagna zany hotra didy zaho. Fao ndraiky, mivaolagna zany zaho amin'ny fitsapagna ny fahamarinan'ny fitiavanareo amin'ny fampitoviagna zany amin'ny zotompôn'ny ôlogno hafa.⁹Satria hainareo ny fahatsaran'ny Tompontsika Jesôsy Kristy. Kay na nanankariagna aza izy, dia niova mijaly noho areo, koa amin'ny alalan'ny fijaliagna no mety ahazoanareo hariagna.¹⁰Amin'ny zany koragna zany dia hagnamia torohevity areo zaho zay hagnampy areo. Herintagno lôso zay, dia tsy nanomboko nagnano raha faogna areo, fao nagniry ny magnano zany.¹¹Avaizo vitao zany, hotra ny nisian'ny zotom-pô ndraiky ny fagniriagna hagnano zany, dia enganie hagnatantairaka zany koa areo, arak' zay azonareo tsabogny.¹²Satria raha nagniry mafy ny hagnano zany asa zany areo, dia raha tsara sady azo kehigny zany. Tsy maintsy mifôtotro amin' zay hanagnan'ôlogno araiky zany, fao tsy zay tsy anagnanay.¹³Fao zany asa zany dia tsy mbô hagnamaivagna ny hafa aveo hagnavaisatra areo. Fao ndraiky, tôkony hoisy ny rariny.¹⁴Ny hariagnanareo amin'ny zao fotoagna zao dia hagnamia zay ilain-jareo. Kay zany koa dia mbô hagnomaizagna hariagnan'ny reo zay ilainareo. Ary mbô agnomiazan-jareo ny rariny.¹⁵Araka zay afa voasaoratra magnanjao: "Lehy araiky zay nanagna fôntry dia tsy nanagna lambiny, aveo lehy araiky zay nanagna hely dia tsy nanagna ny tsy ampy."¹⁶Fao nihin'ny Zagnahary ny fisaoragna, zay namaitraka ny tao am-pôn'i Titosy ny fahamatoragna zay anagnako aminareo.¹⁷Fao izy tsy nagneky faogna ny antsovinitsika, fao taigna matotro ny amin'ny zany faogna koa. Nagnatogno anao tamin'ny sitrapôny manaokagna izy.¹⁸Nalaifanay izy niaraka tamin'ny lehy rahalahy zay nideraigny teo agnivon'ny finoagna jiaby noho ny sasany zay mitory ny vava mahafaly.¹⁹Tsy zany faogna, fao izy faogna koa dia nitendren'ny reo fiangonagna mbô handaiha hiaraka aminay hitondra zao asan'ny fahalalan-tagnagna zao. Zany dia nihin'ny vogninahitr'izy Tompo aveo hoan'ny fagnirianay hagnampy.²⁰Mitandrigny zahay ny amin'ny mety hisian'ny ôlogno mitaraigny mombanay mahakasiky io asa fahalalan-tagnagna zay hatanay io.²¹Kay mila mitandrigny zahay mbô hagnano ny mendrika, fao tsy eo agnatraihan'ny Tompo zeraiky faogna, fao eo alaohan'ny ôlogno koa.²²Mandaifa rahalahy araiky hafa koa zahay miaraka amin-jareo. Mazagna zahay no nitsapa azy, avakeo nahita azy mafana fô tamin'ny asa maro. Taigna mazôto izy zao noho lehy fahatokisagna gaida zay anagnanay aminareo.²³Raha ny amin'i Titosy, izy no namako sady mpiramiasa aminaha ho areo. Raha ny amin'ny rahalahinay, dia nalaifan'ny reo fiangonagna zareo. Vogninahitry hoan'i Kristy zareo.²⁴Koa aboaho zareo ny fitiavanareo, aveo aboaho amin'ny fiangonagna ny anton'ny firaiharaihanay momba areo.

Chapter 9

¹Mikasiky ny asa fanompoagna hoan'ny mpino, tsy taigna ilaiky ny manaoratra aminareo. ²Haiky ny mahakasiky ny fagnirianareo, zay iraiharaihako amin'ny ôlon'i Makedonia. Nambarako zareo fao Akaia dia afa vôgnogno nanomboko tamin'ny tagno lôsogno. Ny zôtom-pônareo no nanosiky ny ankamaroanareo hiasa. ³Avakeo nirahiky ny rahalahy mbô tsy ho zava-poagna ny firaiharaihantsika momba areo, ary mbô ho vôgnogno areo, araka ny afa nikoragniky areo. ⁴Raha tsy zany, raha misy Makedonia maro miaraka aminaha aveo mahita areo mbôla tsy vôgnogno, dia ho maingatra atsika tsy mivaolagna na ino na ino momba areo zaho noho ny fahatokiagna areo. ⁵Kay mieritreritry zaho fao ilaigny ny mampirisiky reo rahalahy handaiha aminao avakeo hagnano fifagnarahagna mialaoha ny amin'ny fagnomaizagna afa nampagnantenainao. Zany dia ahafahagna mivôgnogno hotra ny fitahiagna, fao tsy hotra ny raha tsy azo kehigny. ⁶Ny taigna izy dia tô: Ny araiky zay mamafy hely dia hahazo hely faogna koa, aveo ny araiky zay mamafy amin'ny tanjom-pitahiagna dia hahazo fitahiagna faogna koa. ⁷Ambilao ny tsiaraiariaky hagnamia hotra zay afa norafetiny tao am-pôny. Aza ambaila magnamia fahoriagna na fagniritiriagna izy. Fao ny mpagnamia am-piravoagna no tian-Jagnahary. ⁸Aveo Zagnahary dia afaka mampitômbo ny fitahiagna ho aminao, mbô, amin'ny raha jiaby, dia afaka hahazo zay ilainareo jiaby lalandava areo. Zany no misy dia mbô ahafahanareo mampitômbo ny asa tsara areo. ⁹Zany dia araka ny voasaoratra magnanjao: "Nizaraigny reo hariagnanazy aveo namiagna zareo ho nihin'ny mijaly. Mahadigny bariky dintany ny fahamarignany." ¹⁰Izy zay mamatsy voa hoan'ny mpamboly zay mamafy ndraiky ny môfo amin'ny hanigny, dia hamatsy aveo hampitômbo ny voanao faogna koa ho amin'ny famafazagna. Hampitômbo ny vokatry ny fahamarignagnao izy. ¹¹Hahazo hariagna amin'ny fomba jiaby anao mbô hahatonga anao ho malalatagnagna. Zany dia hitondra fanehoam-pisaoragna Zagnahary amin'ny alalanay. ¹²Ny fagnatantirahagna io asa fanompoagna io dia tsy vitan'ny hoe mahafeno ny raha ilain'ny mpino faogna. Misôsoko faogna koa zany amin'ny asa fagnomiazam-pisaoragna Zagnahary maro. ¹³Fao noho ny fitsapagna areo zay voaprofo amin'io asa io, dia hagnamia vogninahitry Zagnahary koa areo amin'ny fankatoavagna ny fibabohanareo amin'ny vava maharavon'i Kristy. Dia hagnamia vogninahitry Zagnahary koa areo amin'ny fahalalahan-tagnagnanareo amin'ny fagnomaizagna aminjareo ndraiky ny ôlogno jiaby. ¹⁴Magniry anao zareo, aveo mivavaka anao zareo. Magnano zany zareo noho ny hagitazan'ny fahatsaragnan-Jagnahary ao aminao. ¹⁵Ho nihin'ny Zagnahary ny saotra noho ny fagnomaizany tsy hay koragnigny!

Chapter 10

¹Zaho, Paoly, miangavy areo ny vatataignako, amin'ny fanitriantaigna ndraiky hamoram-pagnahin'i Kristy. Malemy fagnahy zaho koafa akeo amin'ny fagnatraihanareo, naifa mahasaky ny aminareo zaho, koafa tsy akeo.

²Mangataka aminareo zaho, koafa miaraka aminareo zaho, tsy mila mahasaky amin'ny fahatokisan-taigna. Naifa zaho mieritreritry fao mila mahasaky manohitry reo zay mihevity fao atsika dia miaigny araka ny nôfo.³Fao na zany ndraiky dia mandaiha araka ny nôfo zahay, tsy miady araka ny nôfo.⁴ Fao ny fiadiagna zay iadivanay dia tsy ara-nôfo. Noho zany, managna ngôvo avy agny an-dangitry reo mbô hamotaihagna ny fagnahy ratsy. Fao tsy mitondra na ino na ino ny hevi-pitaka njareo.⁵Hoaratintsika faogna koa reo raha hambo zay managna fagnorainagna ny fahaizagna Zagnahary. Fao mihevity ny hagnandevo ny tsiairaikiaraiky amin'ny fankatoavagna Kristy atsika. ⁶Aveo miomagna amin'ny famaizagna ny fihetsika tsy fankatoavagna jiaby atsika, vatany vao tantairaka ny fankatoavanareo.⁷Zahavo mazava zay anoloanareo. Fao na zôvy na zôvy resy lahatra fao izy no Kristy, aoka hampatsiaro ny haigniny izy fao izy taignany dia Kristy, dia hotra zany koa atsika. ⁸Eny fao na dia miraiharaiha hely aby zaho mahakasikin'ny fahefanay, zay namian'ny Tompo anay mbô hananganagna aveo tsy handratra areo, tsy ho maingatra zaho.⁹Tsy tiako zany ny hampihôrohôro areo amin'ny alalan'ny taratsinaha.¹⁰ Fao ny ôlogno sasany nivaolagna nagnanajao: "Matotro sady mahery ny taratasy, naifa malemy ara-batagna izy. Tsy magnaiva tandrignaisagna ny vaolagna nazy."¹¹Aoka ny ôlogno hotra regny ahay fao reo vaolagna ao amin'ny taratsinay tamin'ny fotoagna tsy nahateo zahay dia magnaboaka ny asa tôkony hitsabonay koafa tonga akagny zahay. ¹²Tsy mandaiha lavitry zahay na mampitôvy ny haigninay amin'ny reo zay midoka-taigna. Fao raha mandrefy ny haigniny amin'ny hafa zareo aveo mampitôvy ny haigniny amin'ny hafa, dia tsy ho malina.¹³Atsika, na zany aby, tsy hiraiharaiha mihoatra ny tôkony ho izy. Fao ndraiky, tsabonay faogna zany zay misy faitrany araka ny nanindrin-Jagnahary zahay, faitra zay mahakasiky areo.¹⁴ Fao tsy mitandrigny ny haigninay zahay koafa tonga tegny aminareo. Zahay no tonga voalaohany hatragny aminareo niaraka tamin'ny vava maharavon'i Kristy.¹⁵Tsy niraiharaiha mihoatra ny faitra zahay ny mahakasikin'ny asan'ny sasany. Naifa ndraiky, antenainay fao hisôsoko ny finoagnanareo amin'ny asa gaida mandigny ny tsiairaikiaraiky, ary samy amin'ny faitrany aby. ¹⁶Fao zao no antenainay, mbô ahafahanay mitory ny vava maharavo na dia akagny amin'ny toairagna lavitry areo aby. Tsy hiraiharaiha mahakasikin'ny asa afa vita tagny amin'ny faritry hafa atsika.¹⁷"Naifa aoka ny araiky zay miraiharaiha, hiraiharaiha ao amin'ny Tompo."¹⁸ Fao tsy lehy araiky zay manôlotro ny haigniny no ankatoavigny. Naifa ndraiky, aoka lehy araiky zay natôlotry ny Tompo.

Chapter 11

¹Magniry zaho mbô ahafahanareo mamaila zaho hagnano fahadalagna hely sasany. Fao taigna mamaila zaho tatobe areo! ²Fao saro-piaro ny mahakasiky areo zaho. Managna fahasarotam-piaro araka Zagnahary aminareo zaho, rango nagnamaizako toky areo tao amin'ny fanambadiagna hoan'ny vady araiky faogna. Nagnamia toky zaho ny hanôlotro areo hotra ny virijiny madio hoan'i Kristy.³Fao ambory zaho tsaha be, hotra ny namitahan'ny menarana Eva tamin'ny alalan'ny hafitsiagnany, ny eritreritriareo dia mety hiala amin'ny fanoloran-taigna amin-kitsim-pô sady madio amin'i Kristy. ⁴Fao eritrereto hoe misy ôlogno araiky havy hitory Jesôsy hafa noho lehy araiky torintsika. Na eritrereto hoe malaka Fagnahy hafa zay raisinareo areo. Na eritrereto hoe malaka vava maharavo hafa noho lehy araiky zay niraisinareo areo. Mamela regny raha regny tsara faogn areo!⁵Satria mientreritry zaho fao tsy farany ambany noho reo koragnigny fa hoe apostoly ambony. ⁶Fao na dia tsy nizaragna nandahi-teny aza zaho, dia nizaragna tamin'ny fahaizagna. Tamin'ny fomba jiaby ndraiky tamin'ny reo raha jiaby dia natanay ho hainareo zany.⁷Moa nanota moa zaho tamin'ny fanetren-taignako mbô hisondrotanareo? Fao nitory ny vava maharavon-Jagnahary maimaimpoagna hoanareo zaho. ⁸Nandratra reo fiangonagna hafa zaho tamin'ny alalan'ny fagnikiagna fanohanagna avy amin-jareo mbô ahafahako manompo areo. ⁹Koafa niaraka taminareo zaho sady nila fagnampiagna, dia tsy nagnavaisatra na zôvy na zôvy. Fao reo raha nilaiko dia namian-jareo mpirahalaha zay tonga avy agny Mekedonia. Tamin'ny raha jiaby dia nitandrigny ny haingnina tsy ho ainta-mavaisatra aminareo zaho, avakeo hanôhy hagnano zany.¹⁰Raha akato aminaha ny fahamarignan'i Kristy, dia tsy hagnigny zany firaiharaiha zany akagny amin'ny faritry Akaia. ¹¹Nagnino? Satria tsy tiako moa areo? Zagnahary mahafantatra.¹²Aveo ny raha tsaboky dia mbôla ho tsaboky faogna, mbô mety ahafahako mangala ny fitaraignagna nohon'ny fagnakianagna zaho ndraiky ny fitarainagna noho reo zay tian-jareo hiraiharaiha—fao zareo dia hita magnano asa mitôvy amin'ny zay tsabonay. ¹³Fao ny ôlogno hotra zany dia apostoly sandoko ndraiky mpiasa mavandy. Zareo dia magnano sarintsarin'ny hainginy hotra ny apostolin'i Kristy.¹⁴Ary zany dia tsy mahagaga, fao na ny satana aby magnaboaka ny hainginy hotra ny anjelin'ny fahazavagna.¹⁵Tsy mahagaga eky raha magnaboaka ny hainginy zareo hotra ny mpanompon'ny fahamarignagna reo mpanompony. Ny anjaran-jareo dia zay magnaiva ny asan-jareo.¹⁶Volagniky indraiky magnanjao: "Aza ambaila hisy hieritreritry hoe laifaka zaho. Fao raha magnano zany areo, dia raiso hotra ny laifaka zaho kay mbô hiraiharaiha hely." ¹⁷Zay koragniky mahakasiky tô fahatokiagna miraiharaiha tô dia tsy araka ny volagnin'ny Tompo, fao mivaolagna hotra ny laifaka zaho. ¹⁸Fao afa fôntry ny ôlogno miraiharaiha araka ny nôfo, dia hiraiharaiha faogna koa zaho.¹⁹Nagneky ankaravoagna reo laifaka areo. Dia hoe misy fagnahy ny hainginareo! ²⁰Fao mandefitry amin'ny ôlogno areo raha magnandevo areo, mandany areo, magnararaotra areo, malaka ny hainginy ho ambony noho areo, na raha mamely taifamaso areo izy. ²¹Ho volagniky amin'ny fahafaham-barakanay fao mamely loatra zahay tamin'ny fanaovagna zany. Raha misy miraiharaiha—dia mivaolagna hotra ny laifaka zaho—Zaho faogna koa dia hiraiharaiha.²²Hebreo moa zareo? Zaho faogna koa. Israelita moa zareo? Zaho faogna koa. Tamingan'i Abrahama moa zareo? Zaho faogna koa. ²³Mpanompon'i Kristy moa zareo? (Mikoragna hotra ny ôlogno very saigny zaho.) Mihoatra noho zany zaho. Mbôla niasa mafy nihotra noho zany aby zaho, tagny angadra mazagna, tamin'ny poko mihoatra ny fepaitra, tamin'ny fiatraihagna loza fôntry mahafaty.²⁴Avy amin'ny alalan-jareo Jiosy no nandraisako "poko aifa-pôlo latsaka araiky" indimy. ²⁵Intelo zaho no nipipohigny tamin'ny kakazo. Indraiky zaho no nitopiam-bato. Intelo zaho no vaky sambo. Nandany haligny araiky ndraiky andro araiky tegny andranomasigny zaho. ²⁶Nandaiha mazagna zaho, tamin'ny lozan'ny daroba, tamin'ny lozan'ny reo mpandroba, tamin'ny lozan'ny ôlogno manaokagna, tamin'ny lozan'ny Jentilisa, tamin'ny loza tagny amin'ny tanàgna, tamin'ny loza tagny antanimaty, tamin'ny loza tagny an-dranomasigny, tamin'ny loza avy amin'ny reo rahalahy sandoko.²⁷Afa tamin'ny asa mafy ndraiky raha sarotro zaho, tamin'ny aligny tsisy tôromaso, tamin'ny tihinagna ndraiky tihigiaka, tamin'ny fifadiankanigny mazagna, tamin'ny nintsy ndraiky fitanjahagna. ²⁸Ankoatry ny raha hafa, misy tsindry isan'andro aminaha nohon'ny fagnahinaha amin'ny fiangonagna jiaby. ²⁹Zôvy no mamely, kay tsy mamely zaho? Zôvy no magnafintohigny, kay tsy mirehitry zaho?³⁰Raha tsy maintsy miraiharaiha zaho, dia hiraiharaiha mahakasiky zay maneho reo fahalemiako.³¹Lehy Zagnahary ndraiky Iadan'i Tompo Jesôsy, lehy raiky zay deraigny bariky dintany, dia mahay fao tsy mavandy zaho!³²Tagny Damaskosy, ny governora ambanin'i Areta mpanjaka dia niambigny ny tanagnan'i Damaskosy mbô hanambotro zaho. ³³Fao nampirôrognô tamin'ny harogno teo amin'ny tamian-kely araiky teo amin'ny rimba zaho, kay nilaifa tagnany.

Chapter 12

¹Zaho tsy maintsy miraiharaiha, fao tsisy na ino na ino azo avy amin'ny zany. Fao zaho dia hanôhy ny amin'ny reo fahitagna ndraiky reo fagnambaragna avy amin'ny Tompo. ²Mahay lalahy ao amin'i Kristy zaho zay aifatra ambiny fôlo tagno lôsogno zay—na ao amin'ny haigny na ambailany haigny, zaho tsy mahay, Zagnahary mahay—nalaigny nakatra tagny amin'ny langitry fahatelo. ³Ary haiky fao io lalahy io—na ao amin'ny haigny na ambailan'ny haigny, zaho tsy mahay, Zagnahary mahay—⁴dia nalaigny nakatra tao amin'ny paradisa aveo naharegny raha zay taigina masigny loatra amin'ny ôlogno ny hivaolagna azy. ⁵Amin'ny agnaran'ny ôlogno hotra zany dia hiraiharaiha zaho. Fao amin'ny agnaran'ny haiginaha dia tsy hiraiharaiha zaho, afa tsy ny mahakasiky reo fahalimiako. ⁶Raha ti-hiraiharaiha zaho, tsy ho laifaka zaho, fao ti-hivaolagna ny marigny. Fao hifehy aigny amin'ny firaiharaihagna zaho, mbô tsi hoisy na zôvy na zôvy hihevitra zaho ho ambony noho zay hita aminaha na reo avy aminaha. ⁷Hefehy aigny amin'ny firaiharaihagna faogna koa zaho noho reo karazagna fagnambaragna miavaka reo. Noho zany, mbô tsy ho feno firaiharaihagna Zaho, dia nasiagna fatsiky ny nofotro, ny mpitondra hafatr'i Satana hagnakorontagna zaho, mbô tsy hiraiharaiha loatra zaho. ⁸Intelô zaho no nitalaho tamin'ny Tompo ny mahakasiky zany, biaka hangalany zany aminaha. ⁹Fao hozizy taminaha nagnanjao: "Ampy hoanao ny fahasavako, fao ny angôvo natao ho lafatra ao amin'ny fahalemiagna." Aleky miraiharaiha taigina maro amin'ny fahalimaizako biaka hidaohan'ny ngôvon'i Kristy akato aminaha. ¹⁰Noho zany tsara noho i Kristy ao amin'ny fahalimiagna, amin'ny fanaivaitavaitagna, amin'ny korontagna, amin'ny fagninjaihagna, aveo ao amin'ny foton-tsarotro zaho. Fao na afriagna na afriagna malemy zaho, dia matanjaka. ¹¹Zaho dia nanjary laifaka! Areo no nanery zaho amin'ny zany, fao zaho dia tôkony niderainareo. Fao zaho tsy ambany noho reo zay antsôvigny hoe apostoly ambony reo lasite, na dia tsinotsinona aby zaho. ¹²Reo famantaragna marigny mahakasiky Apostoly dia niantirahiginy teo aminareo tamin'ny faharaitagna tantairaka, famantaragna ndraiky fahagagagna ary asa mafy. ¹³Fao nagnino areo tsy dia manan-danja noho reo fiangonagna sasany, ankoatran'ny tsy maha vaisatra zaho hoanareo? Mamelão zaho noho zany fahadisogagna zany! ¹⁴Tô! Vôgnogno ho tonga fagnintelony akagany aminareo zaho. Tsy ho vaisatra hoanareo zaho, fao zaho dia tsy mila zay nihinareo. Areo no ilaiko. Fao tsy zanaka no tôkony hihary hoanareo ray aman-dreny. Fao ndraiky, reo ray aman-dreny no tôkony hihary hoanareo zanaka. ¹⁵Zaho dia ho ravo taintairaka handany ndraiky ho lanigny hoan'ny fagnahinareo. Raha taigina mankatia areo zaho, dia hitiavigny hely moa zaho? ¹⁶Fao na dia hotra zany aby, tsy nagnavaisatra areo zaho. Fao satria zaho taigina fetsifetsy, dia zaho lehy araiky nahazo areo tamin'ny vandy. ¹⁷Moa nagnararaotra areo tamin'ny alalan'ny ôlogno zay nalaifako taminareo zaho? ¹⁸Nagniraka malaky Titosy hoagany aminareo zaho, aveo nalaifako niaraka taminazy reo rahalahy sasany. Moa nagnararaotra areo i Titosy? Moa tsy miray lalagna atsika? Moa tsy dia raiky atsika? ¹⁹Moa mieritreritra areo fao nandritra zany fotoagna jiaby zany dia niaro haiginay taminareo zahay? Eo agnatraihan-Jagnahary, no ivolagnanay tao amin'i Kristy ny raha jiaby mbô ho fankahiraizagna areo. ²⁰Fao ambory zaho tsaha koafa havy zaho dia tsy hahita areo hotra ny fagnantenako. Ambory zaho tsaha tsy ho hitanareo araka ny fagnantenagnanareo. Ambory zaho fao tsaha hoisy fifamaloagna, fialaognagna, firihaitan'ny havigniragna, fikasagna amin'ny fitiavan-taigina, fifosagna, fiheboheboagna, aveo fikorontagnagna. ²¹Ambory zaho tsaha koafa mimpôdy, dia hanetry zaha eo agnatraihanareo Zagnaharinaha. Ambory zaho tsaha halahelo ny amin'ny reo maro zay nanota talaoha, kay mbôla tsy nibaibaka tamin'ny fahalotoagna ndraiky ny fijangajangagna avakeo ny fijejojejoagna feno fagnirin-dratsy zay nitsabonjareo.

Chapter 13

¹Fagnintelony zao no nadalaovako atoy aminareo. "Ny fiampangagna jiaby dia tsy maintsy miorigny amin'ny profo amin'ny antomoa aroa na telo." ²Afa nivaolagna tamin'ny reo zay nanota akao talaoha ndraiky tamin'ny reo lambiny jiaby koafa teo fagnindroany, aveo volagniky indraiky zany: "Koafa tonga indraiky zoho, dia tsy hiantra zareo zaho." ³Mivaolagna areo zany zaho satria areo dia mitady profo fao Kristy dia mivaolagna amin'ny alalako. Tsy marefo aminareo Izy. Fao ndraiky, mahery ao aminareo Izy. ⁴Fao Izy nifantsaihagna amin'ny fahalemiagna, naifa velogno tamin'ny angôvon-Jagnahary. Fao atsika ndraiky dia marefo akao aminazy, kanaifa atsika miaramiaigny amin'ny angôvon-Jagnahary akeo agnivonareo. ⁵Diniho ny haigninareo raha tianareo ho hita fao akao amin'ny finoagna areo. Tsapay ny haigninareo. Tsy mbôla hazonareo an-tsaiginy moa zany mahakasiky ny amin'ny haigninareo fao Jesôsy Kristy dia ao aminareo? Raha aohatra areo kay tsy nahômby tamin'ny fitsapagna. ⁶Aveo zaho mahatoky fao areo dia hitrôtro fao atsika dia nahômby amin'ny zany fitsapagna zany. ⁷Zeo atsika dia mivavaka amin-Jagnahary fao tsy afaka ny hitsabo raha ratsy areo. Zaho tsy mivavaka ny afaka ahitagna fao atsika dia nahômby amin'ny fitsapagna. Fao ndraiky, dia nivavaka ny mbô ahafahanareo magnano zay mety kanaifa atsika dia mety ho hita karaha ny tsy nahômby tamin'ny fitsapagna. ⁸Fao atsika dia tsy afaka ny hitsabo raha manohitry amin'ny fahamarignagna, fao hoan'ny fahamarignagna zeraiky faogna. ⁹Fao atsika dia miravo koafa marefo aveo mafy areo. Fao atsika faogna koa mivavaka mbô ho atantsika feno areo. ¹⁰Manaoratra reto raha reto zaho raha magnalavitry areo zaho, kay koafa miaraka aminareo zaho tsy voatery minday areo ankavigniragna amin'ny fampiasagna ny fahefagnako—zay namaizan'ny Tompo zaho, mbô ananganako areo, avakeo tsy handratra areo. ¹¹Farany, rahalahy, miravoa! Miasà hoamin'ny fampodianagna amin'ny naniny, maheraiza, mifagnikaiha ny tsiairaikiarai, mivilaoma am-piadanagna, aveo ny Zagnahary ny fitiavagna ndraiky ny fiadanagna dia hiaraka aminareo. ¹²Mifampiarahabào areo amin'ny fagnoraohagna Masigny. ¹³Reo mpino jiaby dia mitsabo veloma areo. [Fagnamarihagna: Reo dikan-teny sasany dia magnaharo ny andininy faha 13 amin'ny andininy 12 aveo magnano ny andininy faha 14 hoandininy faha 13.] ¹⁴Enga anie fitiavan'ny Tompo Jesosy Kristy, ny fitiavan-Jagnahary, ndraiky ny fiarahagna amin'ny Fagnahy Masigny hoaminareo jiaby.

Galatians

Chapter 1

¹Paoly, apostôly- tsy apostôly avy amin'ôlogno na koa tamin'ny alalan'ny ôlogno, fa avy amin'i Jesôsy Kristy sindraiky Zagnahary Baba, lehy nanangagn'azy tamin'ny maty- ²avakeo reo rahalahy jiaby miaraka aminaha, hoan'ny reo fiangonagn'ny Galatiana. ³Fahasoavagna tonga aminareo avakeo fiadanagna avy amin-Jagnahary Babantsika sindraiky Jesôsy Kristy Tômpo, ⁴lehy nagnamia ny haigniny ho an'ny fahotagnantsika mbô hangalany atsika amin'ny tô andron'ny faharatsiagna tô, araka ny sitrapôn-Jagnahary sindraiky Babantsika, ⁵hamiagn'Azy ny vogninahitry mandrakizay doria. Amena. ⁶Gaga zaho hoe niala nalaky tamin'ny lehy nagnantso areo tamin'ny fahasoavagn'i Kristy areo. Lany fagnaha zaho fa mitodiky akagny amin'ny vaovao maharavoravo hafa areo. ⁷Tsy midika ndraiky zany fa misy vaovao maharavoravo hafa, fa misy ôlogno fôntrifôntry kay minday fikorontagnagna aminareo avakeo tiahagnôva ny vaovao maharavoravon'i kristy. ⁸Fa na zahay na anjely avy akagny an-dagnitry aby no hagnambara vaovao maharavoravo hafa aminareo nohon'ny lehy nambaranay taminareo, kay aoka izy ho voahôzogno. ⁹Araka lehy nambaranay letrin'ny haila, kay amin-jeo zaha magnambara ndraiky koa hoe: "Izy koa misy ôlogno magnambara aminareo vaovao maharavoravo hafa ankoatran'ny lehy nalainareo, kay aoka izy hizôgnigny. " ¹⁰Zaho avazo moa mizaha ny fankatoavagn'ôlogno sa Zagnahary? Zaho moa mizaha raha hamparavoravo ny ôlogno? Izy koa mboala manôhy mihaizaka hamparavoravo ôlogno zaho, dia tsy mpanompon'i Kristy. ¹¹Fa tiako ho hainareo, oa rahalahiky, fa ny vaovao maharavoravo lehy nambarako igny kony tsy vaovao maharavoravon'ôlombelognoay. ¹²Tsy nangala zany tamin'ôlogno zaho, na nampianarigny zaha zany, fa naifa, Jesôsy Kristy nagnambara zany zaho. ¹³Areo naharegny ny fiainagnanaha talôha tamin'ny fivavahagna Jiosy, sindraiky fomba nagnindriako fiangonan-Jagnahary mihoatra ny tôkona hatao avakeo ny fiaizahako handravagna zany. ¹⁴Nivoatra tamin'ny fivavahagna Jiosy zaha mihoatra reo ôlogno maro mitôvy tagno taminaha, avy tamin'ny reo firenena araiky taminaha. Karaha zany ny fomba nitanako fatatra reo fombandrazako. ¹⁵Kanaifa Zagnahary, lehy nanokagna zaho rango angnatibôkon'ny niniky, salakady nagnantso zaho tamin'ny fahasoavagnanazy, ¹⁶koafa ravoravo ny hagnaboaka ny Zanany lalaha taminaha, mbô hahavitako magnambara Azy akagny amin'ny Jentilisa, dia tsy nangala saigny tamin'ny nôfotro sindraiky lio aky zaho. ¹⁷Tsy niakatra tagny Jerosalema handaiha akagny amin'ny reo afa nanjary Apostoly talohako zaho. Fa kosa, nandaiha

tagny Arabia avakeo nimpôdy tagny Damaskosy zaho,¹⁸ Ary telo tagno tato afara dia niakatra tagny Jerosalema mbô hifankahay tamin'i Kefasy zaho ary nijanogno niaraka taminy nandritra ny dimy ambin'ny fôlo andro.¹⁹ Fa tsisy hitako reo Apostoly ankoatra an'i Jakoba, lehy rahalahin'ny Tômpo.²⁰ Ary akao amin'ny lehy soroatako amiagna areo, dia magnamia toky areo zaho akeo agnatraihan-Jagnahary, fa tsy mavandy zaho.²¹ Avakeo zaho dia nandaiha tagny amin'ny faritr'i Syria sindraiky Kilikia.²² Tsy mboala hay teo amin'ny reo fiangonagn'i Jodia lehy akao amin'i Kristy zaho.²³ Regnin-jareo fôgna lehy nikoragnigny hoe: "Lalaha lehy nagnindry atsika letry ny hailsa igny, kay avazo izy magnambara finoagna lehy nipotehiny talôha." ²⁴Nohon'izany zareo dia nidaira Zagnahary nohon'ny zaho.

Chapter 2

¹Efatra ambin'ny fôlo tagno tato afara dia niakatra tagny Jerosalema koa zaho niaraka tamin'i Barnabasy, dia ninday i Titosy niaraka taminaha. ²Niakatra tagny nohon'ny fagnambaragna araiky zaho aviteo nagnambaila tamin-jareo ny vaovao maharavoravo izay ambarako eo amin-jareo jentilisa. Nivôlagna manôkagna tamin-jareo izay niminiminegny ho mavaisa-danja zaho, mbô hahazoagna toky fa tsy nilomoay_ na efa nilomoay_ very maigny zaho. ³Fa na Titosy aby, lehy niaraka taminaha no salakady Grika, dia nitiregny ho voavositry. ⁴Nitsôfotro mangingigny zareo rahalahy sandoka mbô hitsikilo fahafahagna hanagnanay akao amin'i Kristy jesôsy. Nagniry ny hampijaly zahay zareo, ⁵kanaifa tsy nety hagnekny zareo na dia fotoagna hely aby zahay, mbô hibidôhan'ny fahamarignan'ny vaovao maharavoravo aminareo. ⁶Fa zareo lehy niminiminegny ho mavaisa-danja(na ino na ino zareo dia tsy mampagnino zaho, zagnahary io tsy miangatra)_volagniko, areo, lehy miniminegny ho mavaisa-danja dia tsy nagnampy na ino na ino taminaha. ⁷Mifanipaka amin-jany, hitan-jareo fa nagnankignagna vaovao maharavoravo hoan-jareo lehy tsy voavôsitry zaho, tôtro ny nagnankignagna an'i Petera ny vaovao maharavoravo hoan-jareo lehy voavôsitry. ⁸Fa zagnahary, lehy niasa tamin'i Petera ho amin'ny maha apostôly hoan-jareo lehy voavôsitry, dia niasa tato aminaha koa hoan-jareo jentilisa. ⁹I Jakoba, Kefasy, avakeo Jaona, izay hay fa agnisan-jareo nagnorigny ny fiangonagna, koafa nahay fahasoavagna lehy namegny zaho, dia nagnomia ny tagnagna ankahehin'ny fiombonagna aminaha sindraiky Barabasy zareo. Natan-jareo zany mbô hahavitanay mandaiha amin'ny jentilisa, avakeo mbô hahavitan-jareo mandaiha akagny amin'ny reo lehy voavôsitry. ¹⁰Nangataka fônga zareo mbô hahatsiaro ny tsy managana zahay, lehy raha taigna tiako tsabogny tokoa. ¹¹Izy koafa homby tagny Antioka i Kefasy, dia namaly azy teo amin'ny sorany zaho, satria voambara fa diso izy. ¹²Talôhan'ny nahavian'ireo lalahy avy agny amin'i Jakoba, dia teo am-pihinanagna niaraka tamin-jareo jentilisa i Kefasy. Izy koafa tonga reo lalahy reo, dia nijanogno izy avakeo niteky lavitry reo jentilisa. Natahotra reo lehy nangataka famosiragna izy. ¹³Ny sasany tamin-jareo Jiosy koa dia nikambagna tamin-jany fiatsaram-bailatsihy zany. Na Barnabasy aby dia voavezigny lalagna niaraka tamin-jareo tami'ny fiatsara-belatsihin-jareo. ¹⁴Izy koa fa hitako fa tsy mizôho ny fahamarignan'ny vaovao maharavoravo ny fitondrataignan-jareo, dia nivôlagna tamin'i Kefasy teo agnison-jareo jiaby zaho: "Izy koa jiosy anao kanaifa maigny karaha ny jentilisa fa tsy karaha ny Jiosy, Ataonao akôry manery reo jentilisa hiaigny karaha Jiosy?" ¹⁵Atsika dia Jiosy tamin'ny alalan'ny fahatirahagna fa tsy mpanota Jentilisa; ¹⁶haintsika anaifa tsisy ôlogno hamarignin'ny asan'ny lalàgna fa amin'ny alalan'ny finoagna an'i Jesôsy Kristy. Atsika koa dia tonga tamin'ny finoagna an'i Jesôsy Kristy mbô ho hamarinigny amin'ny finoagna an'i Kristy fa tsy amin'ny asan'ny lalàna. Fa tsy hisy nôfotro hamarinigny amin'ny asan'ny lalàgna ¹⁷Izy koa, mitsakaraka ho hamarinigny akao amin'i Kristy atsika, atsika koa, dia hita fa mpagnano raha tsy manjary, kay mampirisiky ny fahotagna moa Kristy? tonga de tsia! ¹⁸Fa raha manangagna ndraiky raha efa naravako talôha zaho, dia magnamarigny ny haignianaha fa mpandika lalàgna zaha. ¹⁹Fa tamin'ny lalàgna no nahafataisako amin'ny lalàgna, mbô ho velogno ho amin-Jagnahary zaho. ²⁰Nohombogny niaraka tamin'i Kristy zaho. Tsy zaho eky no velogno, fa Kristy no velogno ato aminaha. Ny fiainagna iaignako akao amin'ny nôfotro avaizo dia iaignako amin'ny finoagna ny zanaka zagnahary, lehy tia zaha ka magnome haignianazy ho nihinaha. ²¹Tsy magniliky ny fahasoavan-Jagnahary zaha, izy koa ndraiky azo amin'ny lalàgna ny fahamarinagna, dia tsisy dikany ny nahafataisan'i Kristy!

Chapter 3

¹Oa Galatianina laifaka! Azovy moa mamosavy areo? Tankilanareo lasiteny no nagnaboahagna an'i Jesôsy Kristy voahombo.² Tô foagna no raha tiako ianaragna aminareo: Nalaka ny Fagnahy tamin'ny asan'ny lalagna sa tamin'ny finoagna zay regninareo areo?³ Laifaka tatôbe moa areo? Nantomboko tamin'ny Fagnahy areo, dia hifaragna amin'ny nôfotro koa avaizo?⁴ Moa niaritry raha maro tamin'ny tsisy dikany moa areo fao raha taigna zava-poagna tatôbe ary zany?⁵ Izio moa izy zay magnamia ny Fagnahy areo ndraiky magnano asa mahagaga taminareo dia magnano zany amin'ny asan'ny lalagna, sa amin'ny fitandrignaisagna amin'ny finoagna?⁶ Tôtro an'i Abrahama "nankatô an-Jagnahary ndraiky nandiniky ho fahamarignany zany,"⁷ dia tôtro zany, haiky, fao zareo zay amin'ny finoagna dia zanak'i Abrahama.⁸ Ny Soratra Masigny, nahita talôha fao Zagnahary hagnamarigny zareo jentilisa amin'ny finoagna, dia nitôry ny vavà maharavoravo talôha tamin'i Abrahama, nivolagna hoe: "Avy aminao no hitahiagna ny firenena jiaby."⁹ Koa, zareo zay amin'ny finoagna dia vôtahy miaraka amin'ny Abrahama, lay olognon,ny finoagana.¹⁰ Zareo zay miankigny amin'ny asan'ny lalagna dia eo ambanin'ny ozogno; fao voasoratra hoe: "Voahozogno zay jiaby tsy magneky ny raha jiaby voasoratra ao agnatin'ny bokin'ny lalagna, ndraiky magnano regny."¹¹ Avaizo dia mazava fao tsisy ologno zay hamarignigny akeo agnatraihan-Jagnahary amin'ny alalan'ny lalagna, satria ny marigny dia ho velogno amin'ny finoagna.¹² Fao ny lalagna dia tsy araka ny finoagna, fao naifa, " Ny ologno zay magnano ny asan'ny lalagna dia tsy maintsy velogno amin-jareo."¹³ Kristy nagnavotro atsika tamin'ny ozogno'ny lalagna tamin'ny natongavany ho ozogno ho nihintsika- fao voasoratra hoe: "Vohozogno zay jiaby mihantogno amin'ny kakazo"-¹⁴ mba ho homby amin'ny jentilisa ny fitahian'i Abrahama ao amin'ny Kristy Jesôsy, mbo ho amin'ny finoagna no ahazahoantsika lay fampanantenagnan'ny Fagnahy.¹⁵ Oa rahalahiky, ambilao zaho hivolagna araka ny fatan'ologno. Akao amin'ny fifagnarahagna atan'ny ologno, tsisy afaka magnafoagna na magnampy zay akao, koafa tafapaitraky ny lalagna zany.¹⁶ Ary reo fampanantenagna dia nambara tamin'i Abrahama ndraiky tamin-jareo taminganazy. Tsy nagnambara zany hoe: "ho an'ny taminga," manôndro ologno maro, fao naifa ologno araiky foagna, "ho an'ny taminganao," dia i Kristy.¹⁷ Ary zao no tiako hambara: "Ny lalagna, zay tonga telo-polo sy efa-jato tagno tato afara, dia tsy hahafaoagna ny fagnikiagna zay afa napaitra-Jagnahay talôhaka."¹⁸ Fao raha avy amin'ny lalagna ny lôva, dia tsy avy amin'ny fampanantenagna eky zany. Fao Zagnahary magnamia zany an'i Abrahama tamin'ny alalan'ny fampanantenagna.¹⁹ Ino, ary, ny tanjon'ny lalagna? Nasiagna zany noho reo fandikian-dalagna, mandrapahavian'ny tamingan'i Abrahama akeo amin'ny zay nanaovagna ny ny fampanantenagna. Ny lalagna dia natan'ny mpagnano lalagna araiky ho manan-kery tamin'ny alalan'ny anjely.²⁰ Fao ny mpagnano lalagna dia midika ologno mihoatra ny araiky, kanaifa Zagnahary dia araiky.²¹ Izio moa ny lalagna manohitry reo fampanantenagnan-Jagnahary? Sagnatria zany! Fao koa nisy lalagna namegny zay afaka magnamia fiainagana, dia avy tamin'ny lalagna tatôbe ny fahamarinagna.²² Fao ny Soratra Masigny nangadra ny raha jiaby ambanin'ny fahotgna. Nagnano zany Zagnahary mbo hagnomiazagna ho an-jareo mankatô ny fampanantenagna ny hagnavotagna atsika amin'ny alalan'ny finoagna an'i Jesôsy Kristy.²³ Ary talôhakan'ny ny nahavian'ny finoagna, atsika dia nitanagna ho andevo tao ambanin'ny lalagna, nigadragna mandra-pisehon'ny finoagna.²⁴ Koa avy eo ny lalagna dia manjary mpiambigny atsika nandr-piavin'i Kristy, mbo ho voamarigny amin'ny finoagna atsika.²⁵ Fao zao dia homby zany finoagna zany, kay tsy akeo ambanin'ny mpiambigny eky atsika.²⁶ Fao areo jiaby dia zana-Jagnahary akao amin'ny finoagna an'i Kristy Jesôsy.²⁷ Fao maro aminareo zay natao batisa tao amin'i Kristy, no nangala an'i Kristy.²⁸ Ary tsisy eky na Jiosy na Grika, na andevo na ologno afaka, na lalahy na vaïavy, fao araiky fogna areo ao amin'ny Kristy.²⁹ Koa raha an'i Kristy areo, dia tamingan'i Abrahama, ndraiky mpandôva araka ny fampanantenagna areo.

Chapter 4

¹Mivolagna zaho fa ny mpandova, raha mbola zaza izy, dia tsy hafa amin'ny andevo, na dia tompon'ny raha jiahy aby. ²Kanaifa izy dia eo ambany fifehezan-jareo mpiambigny ndraiky reo mpikajy zava-tsarobidy, mandrapahatongan'ny daty zay napetraka ny babany. ³Kay mitôvy zany koa, fony mbôla zaza, dia nandevozin'reo lalâgna fitsipi-piannaran'izao tontolo zao. ⁴Fao koafa avy ny fahafinoagnany fotoagna, dia nagnandaifa Zanany Zagnahary, zay nateram-baivavy, natairaka tao ambanin'ny lalâgna. ⁵Nagnano zany Izy mbô hagnavotagna reo zay ambanin'ny lalâgna, mbô hahafantsika mandray ny fananganagna ho zanaka. ⁶Ary satria zanaka areo, dia nirahin-Jagnahary ho ao am-pontsika ny Fagnahin'ny Zanany, zay magnantso hoe: "Aba, Baba." ⁷Noho zany, tsy andevo eky anao, fa zanaka, ary raha zanaka, dia mpandova amin'ny alalan-Jagnahary ihany koa anao. ⁸Fa tamin'ny zany fotoagna zany, fony areo tsy nahay an-Jagnahary, dia natao ho andevon'reo zay, amin'ny hery voajagnahary, dia tsy zagnahary nany hely. ⁹Fa amin'zao areo dia lasa nahalala Zagnahary, na koa hoe hain-jagnahary areo, kay nagnino no himpodiananareo amin'ny abidim-piannaragna malemy salakady tsisy dikany? Tihy ho andevo ndraiky moa areo? ¹⁰Mandiniky ireo andro ndraiky reo volagna aveo reo vanim-potoagna ndraiky reo tagno areo! ¹¹Matahotra ny aminareo zaho, fao tsaha be ho zava-poagna ny asanaha teo aminareo. ¹²Miangavy areo zaho, ry rahalahy, magnanaova mitôvy zaho, satria zaho fogna koa dia afa lasa mitôvy areo. Tsy nagnano ratsy taminaha areo. ¹³Kanaifa hainareo fao nohony areti-batako no nagnambarako areo ny vaovao mahafaly tamin'ny voalohany. ¹⁴Na dia nitondra areo tamin'ny fakam-pagnahy aby ny toe-batako, dia tsy nagnano tsinotsinona na nagniliky zaho areo. Fa niraisin-jareo mitôvy ny hoe anjeli-Jagnahary foagna zaho, mitôvy ny hoe zaho fogna no kristy Jesôsy. ¹⁵Aiza, amin-jany, ny fahasoavagna nareo amizao? Fa mijoro vavolombelogny aminareo zaho fao, raha azonareo atao, dia nalainareo ny masonareo ary namianareo zaho zany. ¹⁶Kay amin'ny zany, afa nanjary fahavalonareo moa zaho satria mivolagna aminareo ny marigny? ¹⁷Izy reo dia mazôto ny hitagnon areo, fao tsy amin'ny tsara. Tihagnidy areo agny ambelany zareo, mbô hanagnanareo zôtom-po ho an-jareo. ¹⁸Tsara foagna ny managna zôto-po amin'ny tanjogno tsara, ary tsy refa miaraka aminareo fogna zaho. ¹⁹Oanzanako, mbôla mijaly amin'ny fahavaivan'ny fitirahagna ho areo ndraiky zaho mandra-piforognan'i Kristy ao aminareo. ²⁰Magniry zaho mbô ho afaka miaraka aminareo amizao ary hagnaova ny feo naha, satria mijaly saigny noho ny aminareo zaho. ²¹Vilagno aminaha, areo zay magniry ny ho eo ambanin'ny lalâgna, moa tsy mitandregny ny lalâgna moa areo? ²²Satria voasotatra fa i Abrahama dia nanagna zanaka roa lahy, ny araiky avy amin'ny andevo vaiavy, ary ny araiky avy amin'ny vaiavy afaka. ²³Fa ny araiky dia natairaka ny andevo vaiavy araka ny nôfotro, fa lehy araiky hafa dia nateraka ny vaiavy tamin'ny volagna fampanantenagna. ²⁴Reo raha reo dia azo alaigny mitôvy amin'ny fagnoragna, satria reo vaiavy reo dia magnambara fanikiagna aroa. Ny araiky amin-jareo dia avy amin'ny tampotanetin'i Sinay ary nitairaka zaza zay andevo izy. Izy io dia i Hagara. ²⁵Ary Hagara dia magnambara ny tampotanetin'i Snay agny Arabia; aveo maganmbara an'i jerosalema amin'ny zao fotoagna zao, satria nandevozigny niaraka tamin-jareo izy. ²⁶Fa i Jerosalema zay agny ambony dia afaka, ary izy no Ninintsika. ²⁷Satria voasotra hoe: "Miravao, anao ry zay tsy miteraka. Magnantsomagnatsoa mafy aveo magnanaova haiky haravoagna, anao zay tsy mijaly amin'ny fanaintanagnan'ny fitirahagna. Satria reo zanaka ny vaiavy zay nafô dia maro noho ny zareo vaiavy manam-bady." ²⁸Fa areo, ry rahalahy, mitôvy amin'i Isaka, dia zanaky ny fampanantenagna. ²⁹Tamin'ny zany fotoagna zany, ny ôlogno zay tairaka araka ny nôfotro dia nagnejiky zay tairaka araka ny Fagnahy. Mitôvy zany koa avazo. ³⁰Kanaifa ino no ambaran'ny Soratra Masigny? "Alifaso agny ny andevo vaiavy sy ndraiky zanany lalahy. Fa ny zanaka lalahin'ny andevo vaiavy dia tsy hizara lova miaraka amin'ny zanaka lalahin'ny vaiavy afaka." ³¹Noho zany, ry rahalahy, tsy zanaky ny andevo vaiavy atsika, fao zanaky vaiavy afaka.

Chapter 5

¹Ho amin'ny fahafahagna no nagnafahan'i Kristy atsika. Mioraigna tsara, noho zany, aza mety ho ambanin'ny zogan'ny fagnandevozagna ndraiky. ²Tô, zaho, Paoly, mivolagna aminareo fao raha magnambaila ny taignanareo ho foràgna areo, dia tsy hahatsara areo amin'ny fomba jiaby Kristy. ³Mijoroa vavolombelogo amin'ny ôlogno tseraikiraiky zay magnambela ny taignany ho voafaora ndraiky zaho fao voatery hagnaraka ny lalàgna jiaby izy. ⁴Tafisaraka tamin'i Kristy areo, zay te-hohamarigniny amin'ny lalàgna; avy eo tsy miaigny amin'ny fahasoavagna eky areo. ⁵Fao amin'ny alalan'ny Fagnahy, amin'ny finoagna, no handigniasantsik fatatra ny fanantenagna ny fahamarinagna. ⁶Ao amin'ny Kisty Jesôsy dia tsy midika na ino na ino na voafaora na tsy voafaora, fao ny finoagna miasa amin'ny fitiavagna faogna. ⁷Fao nihazakazaka tsara areo. Zôvy no nanakagna areo amin'ny fankatoavagna ny marigny? ⁸Zany fandresian-dahatra zany dia tsy avy aminy lehy nagnantso areo. ⁹Levira hely no mampitômba ny koba jiaby. ¹⁰Fao matoky ny Tompo zaho fao tsy handray vilagna areo. Fao ny araiky zay mampikorontagna areo no hagnaifa ny sazy, na zôvy izy na zôvy. ¹¹ô rahalahy, raha mbala mitoray ny amin, ny famoragna zaho, nagnino zaho no mbala hinjehigny? Amin'ny zany dia tegna hoafaka ny fahatafintohinan'ny hazo fijaliagna. ¹²Fao ho an'ny regny zay magnakorontagna areo, tagniniako mbô hanapaka ny taignanazy zareo! ¹³Fao nantsoviginy ho amin'ny fahafahagna areo, ry rahalahy. Naifa aza ampisaiginy ho iraka amin'ny filagnan'ny nôfotro ny fahafahagnareo; fao naifa, amin'ny alalan'ny fitiavagna dia mifanompoà. ¹⁴Fao ny lalàgna jiaby dia tantairaka amin'ny didy araiky; akao amin'ny hoe: " Tsy maintsy mitià ny namanao tôtro ny taignanay anao." ¹⁵Fao raha mifagnekitry ndraiky mifampihinagna areo, dia mitandraima tsaha hifamono. ¹⁶Fao hoy zaho, mandihiana araka ny Fagnahy dia tsy hahatantairaka zay filagnan'ny nôfotro areo. ¹⁷Fao manohitry ny Fagnahy ny filagnan'ny nofotro, ary manohitry ny filagnan'ny nôfotro ny fagniriagnan'ny Fagnahy. Fao mifanohitry zareo, mbô tsy hahafahanareo magnano zay raha tiànareo. ¹⁸Fao raha tarihin'ny Fagnahy areo dia tsy ho ambanin'ny lalàgna. ¹⁹Avaïzo dia miharihiary ny asan'ny filagnan'ny nôfotro: fijangajangagna, fahalotoagna, fitiratragna, ²⁰fanompoan- tsampy, famosaviagna, fankahalagna, fifandiragna, faraha, fiboahan'ny fahavigniragna, fifandrafiagna, fisaraham-bazagna, fisaratsarahagna, ²¹fialaognagna, fahamamoagna, fagnakorontagnagna, ary ny raha mitôvy amin'ny zany. Mampitandrigny areo zaho, karaha ny afa nampitandrimako areo taloha, fao tsy handaova ny fanjakagnan-Jagnahary reo zay mampihitra reo raha reo. ²²Fao ny vokatry ny Fagnahy dia fitiavagna, firavoagna, fiadanagna, faharaitagna, fahatsaram-pagnahy, fanaovagna raha tsara, finoagna, ²³fahalemiam-pagnahy, ary fahafehezan-taigna; tsisy lalàgna manohitry raha tôtro zany. ²⁴Reo zay nihin'ny Kristy Jesôsy dia afa nagnombo ny toaitra feno fahotagna niaraka tamin'ny fahafinaretany ndraiky ny filagnany. ²⁵Raha miaigny amin'ny Fagnahy atsika, aoka handaiha amin'ny Fagnahy faogna koa. ²⁶Aoka atsika tsy hanjary mpipoairapoaira. mifandrangitry, ary mifampialogno.

Chapter 6

¹Ô rahalahy! koa misy ôlogno azon'ny ota, areo zay arapa-gnahy no tôkony hagnampôdy azy indraiky amin'ny fahamoram-pagnahy. Mandiniàha ny taignananao, mbô tsy ho halaim-pagnahy koa anao. ²Mifampitongoasa ny mavaisatra, ary amin'zany dia tanteraho ny lalàgnan'i Kristy. ³Koa raha misy ôlogno mandiniky ny taignany ho raha kanaifa tsisy dikany, dia mamitaka ny taignany izy. ⁴Tôkony hadiniky ny asany aby ny tsiaraikiraiky, mbô ho amin'ny taignany fogna ny antony hipoairapoairàny fao tsy amin'ôlognon-kafa. ⁵Fa samby hitondra ny aintagnanazy aby ny ologno tsiraikiraiky. ⁶Ny ôlogno zay nampianarigny ny teny dia tsy maintsy mizara ny raha tsara jiaby amin'ny zay mampagnanatra. ⁷Aza magneky ho fitahigny. Tsy azo sangisangigny Zagnahary, fa raha jiaby avolin'ôlogno, no ho didiany koa. Hoan'ny zay mamboly amin'ny tany feno fahotagna, dia avy amin'ny zany no handidiany fahasimbàgna. ⁸Zay mamboly voa amin'ny Fagnahy, amin'ny Fagnahy no handidiany ny fiainagna barikoditany. ⁹Aoka atsika mbô tsy horairaka amin'ny fagananaovagna tsara, fa handidy ny vokatra atsika amin'ny fotoagna zany, koa tsy milavo lefogno atsika. ¹⁰Kay noho zany, satria managna fahafahagna atsika, dia aoka hagnano tsara amin'ny ôlogno jiaby, intsakintsaka amin'ny fianakaviagnan'ny finoagna. ¹¹Zahavo ny hagdidasan'ny soratara zay nisoroatan'ny tagnagnanaha mandeha aminareo. ¹²Zareo zay tohohita ho tsara amin'ny nofotro no miaizaka manery areo mbô hoforàgna. Magnano zany zareo mbô hialagna amin'ny fagnenjahagna nohon'ny amin'ny kakazofijaliagnan'i Kristy. ¹³Na zareo zay tsy voafora aby dia tsy mitandrigny ny làlagna, kanaifa tian-jareo ho foràgna areo mbô hiporaporain-jareo amin'ny nofotronareo. ¹⁴Kanaifa tsy hipoairapoaira na afiriagna na afiriagna koa tsy amin'ny kakazofijaliagnan'i Jesôsy Kristy Tompontosika anie zaho, zay nagnomboagna ny izao tontolo izao taminaha, ary zaho koa tao amin'izaotontolo izao. ¹⁵Fa ny famoràgna na ny tsy famoràgna dia samby tsisy dikany, fao ny fianagna vaovao no misy dikany. ¹⁶Hon-jareo jiaby zay miaigny araka zany fomba zany, dia ho amin-jareo anie ny fiadanagna ndraiky famindaram-po, na amin'Israelin-Jagnahary aby. ¹⁷Manomboko zao dia aoka tsy hoisy hankalaifaka zaho, fao mitondra reo marik'i Jesôsy eo amin'ny vatagnanaha zaho. ¹⁸Hoamin'ny fagnahinareo anie ny fahasavagnan'i Jesôsy Kristy Tompontosika, ry rahalahy. Amena.

Ephesians

Chapter 1

¹Paoly, apostolin'i Kristy Jesôsy araka ny sitrapôn-Jagnahary, hoan'ny re ôlo-masin-Jagnahary agny Efesosy, zay mahatoky ao amin'i Kristy Jesôsy. ²[Fagnamarihagna: Misy fandikagna sasany mangala ny hoe: "Ao Efesosy" Naifa mety ao amin'ny taratasin'i Paoly tamin'ny volaohany zany.] Hoaminare ny fahasavagna ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary Iadantsika ndraiky Jesôsy Kristy Tompo. ³Deraigny anie Zagnahary ndraiky Iadan'i Jesôsy Kristy tamin'ny fitahiam-pagnahy jiaby avy agny an-dangitry ao amin'i Kristy. ⁴Zagnahary nifidy atsika tao aminazy letry fiantomboahany izao tontolo zao, mbô ho masigny ndraiky tsy manantsigny eo agnatraihany atsika. ⁵Zagnahary dia nisafidy atsika mialaoha hoamin'ny fananganagna ho zanaka tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy, araka ny sitrapôny. ⁶Ny fananganagna atsika dia mitondra amin'ny fideragna ny fahasavagna be vogninahitry zay namiany atsika maimaimpoagna tao amin'lehy Araiky zay tiany. ⁷Ao amin'i Jesôsy Kristy dia mahazo fagnavaotagna amin'ny liny ndraiky famontsaoran-keloko atsika, araka ny harem-pahasavany. ⁸Narotsany tamintsika tamin'ny fahindriagna ndraiky fahaizagna jiaby zany fahasavagna zany. ⁹Natan-Jagnahary hay tamintsika ny raha mivôny sitrapôny, araka zay tiany, ndraiky zay naboakany tao amin'i Kristy, ¹⁰niaraka tamin'ny fandaharagna araiky amin'ny fahafinoan'ny fotoagna, hamompaonagna ny raha jiaby, aketo an-tany ndraiky agny an-dangitry, ho laoha araiky, na Kristy aby. ¹¹Ao amin'i Kristy dia voantendry ho mpandaova atsika. Nifidigny mialaoha araka fandaharan'lehy mpampiasa ny raha jiaby araka ny tanjon'ny sitrapôny atsika. ¹²Zagnahary nanendry atsika ho mpandaova mbô ho atsika no managna fahatokiagna voalaohany ao amin'i Kristy, mbô ho fidairagna ny voninahiny atsika. ¹³Tao amin'i Kristy, are koa, koafa nahiregny ny vaolagna fahamarignagna, dia ny vava maharavon'ny fagnavaotagna are, dia nino Azy are ary voatomboko tamin'ny lehy Fagnahy Masigny nampanantenaigany, ¹⁴zay antoko hoan'ny laovantsika mandra-pahazahoantsika tanatairaka zany, ho fidairagna ny vogninahiny. ¹⁵Noho zany antony zany, rango narignaisako ny finoagnanare ny Tompo Jesôsy ave ny fitiavanare re ôlo masigny jiaby, ¹⁶dia tsy nijanogno'nisaotra Zagnahary zaho noho ny aminare avake tsaroako am-bavaka are. ¹⁷Mivavaka zaho mbô ny Zagnaharin'i Jesôsy Kristy Tompontosika, lehy Iadan'ny

vogninahitry, hagnamia are ny fagnahin'ny fahindriagna ndraiky fagnambaragna amin'ny fahaizagna Azy.

¹⁸Mivavaka zaho mbô hagnazavagna ny mason'ny fônare, mbô hahazanare ny toky zay nagnantsaovany are sy ndraiky angôvon'ny vogninahiny ny laovany eo amin'ny re ôlomasin-Jagnahary jiaby.¹⁹Ao amin'ny fivavahagna dia mangataka zaho biaka hahazanare ny fihoaran'ny hagdidasan'ny ngôvo ao amintsika zay mino, araka ny fiasan'ny ngôvony gaida.²⁰ Zay ngôvo zany faogna no nampiasain-Jagnahary tao amin'ny Kristy koafa natsangagna tamin'ny maty Izy ary navailany teo an-tagnany ankahery tagny an-dangitry.²¹ Kristy napaitrany hoambonin'ny lalàgna ndraiky fahefagna ary ny ngôvo ndraiky fitsaragna, ary ny agnaragna jiaby zay misy. Hanapaka Kristy, tsy ho amin'ny zao vanimpotoagna zao faogna, fao hoamin'ny vanimpotoagna hoay koa.

²²Napaitraka Zagnahary ho ambanin'ny hongotr'i Kristy jiaby ny raha jiaby ary natôlony ho lohan'ny raha jiaby ao amin'ny fiangonagna Izy. ²³Ny fiangonagna no vatany, lehy fahafinoagnan' lehy mameno ny raha jiaby amin'ny bikany jiaby.

Chapter 2

¹Ary mahakasiky are, dia maty tao agnatin'ny fahadisaovanare ndraiky ny fahotanare are. ²Tao amin'ny regny fahadisaovagna regny no niaignanare talaoha araka ny fomban'ny zao tontolo zao. Niaigny araka ny mpanapaka re fahefagna egn'ny amin'ny rivotro are, lehy fagnahy zay miasa ao aminare zanaky ny tsy fankatoavagna. ³Niaigny teo amin'ny regny ôlogno regny jiaby atsika talaoha, nagnatantairaka re filan-dratsin'ny nôfontika, ary nagnatantairaka ny fagnirian'ny nôfo ndraiky ny saigny. Afa voahary ho zanaky ny fahatizairagna, hotra ny zanak'ôlombelogo tavailla atsika. ⁴Fao, manankariagna famindram-pô Zagnahary noho lehy fitiavany gaida zay nitiavany atsika. ⁵Tamintsika mbôla maty tao agnatin'ny fahadisoagna, dia nivilôminy niaraka tamin'i Kristy—tamin'ny fahasoavagna no nagnavaotagna are. ⁶Niara-natsangan-Jagnahary atsika, ary niara-nambailany tao andangitry ao amin'i Kristy Jesôsy, ⁷mbô afahany mampiboaka atsika amin'ny vagnim-potoagna hoavy ny hagdidasan'ny hariagnan'ny fahasoavany zay tsy azo rifesigny aboakany amin'ny hatsaram-pagnahiny amintsika ao amin'ni Kristy Jesôsy. ⁸Fao tamin'ny fahasoavagna no nagnavaotagna are tamin'ny alalan'ny finoagna, ary tsy avy aminare zany, fao fagnomiazan-Jagnahary. ⁹Tsy avy amin'ny asa ny fahasoavagna mbô tsy hoisy hiraiharaiha. ¹⁰Fao asan-Jagnahary atsika, niforôniny tao amin'i Kristy Jesôsy mbô hagano asa zay fandaharan-Jagnahary afa haila hoantsika, mbô handihianantsika ao amin'ny re. ¹¹Noho zany tsarôvo fao Jentilisa tao amin'ny nôfo are talaoha. Are dia antsôvigny hoe "tsy voafora" eo amin'ny re zay antsôvigny hoe "voafora" ao amin'ny nôfo natan'ny tagnan'ôlombelogo. ¹²Satria mbôla tafisaraka tamin'i Kristy are tamin'ny zany fotoagna zany. Mpivahiny are teo amin'ny vahoakan'ny Israely. Ary vahiny tamin'ny fagnikian'ny fampanantenagna are. Tsy mbôla nanagna fanantenagna ny amin'ny hoavy are. Tsy niaraka tamin-Jagnahary are teto amin'i zao tontolo zao. ¹³Fao avaizo ao amin'i Kristy Jesôsy are zay lavitry Zagnahary talaoha dia nampagnatôgnigny tamin'ny lin'i Kristy. ¹⁴Satria Izy no fihavanantsika. Izy nahatonga ny aroa hoaraiaky. Tamin'ny nôfomy no nandravagnany ny riiban'ny fanohairagna zay nampizarazara atsika. ¹⁵Zany hoe, nifoagnany ny lalàn'ny didy ndraiky fitsipiky mbô hagnanaovany ôlom-baovao araiky ao Aminazy, ndraiky mbô hanaovagna fampihavanagna. ¹⁶Kristy dia mampihavagna ny vahoaka aroa tonta ho vatagna araiky amin-Jagnahary amin'ny alalan'ny kakazo fijaliagna, kay mamono ny fanohairagna. ¹⁷Fao avy Jesôsy avake nitory fihavanagna ho are zay lavitry ave fihavanagna hoan're zay marikitry. ¹⁸Fao amin'ny alalan'i Jesôsy no hanagnantsika aroa tonta fifandraisagna amin'ny Fagnahy araiky mankagny amin'ny lada. ¹⁹Noho zany, tsy vahiny ndraiky mpivahiny eky are Jentilisa zao. Fao vao maika aza mpiray firenena miaraka amin'ny re zay ôlomasin-Jagnahary are salakady agnisan'ny fianakaviagnan-Jagnahary. ²⁰Afa najodigny teo amin'ny fôtotro fagnoraignan'ny re apostoly ndraiky re mpagnazary are, avake Kristy Jesôsy lasite no vato fehizoro. ²¹Ao Aminazy no hitambaran'ny fagnoraignagna jiaby ary hitombaosany hotra ny Tempoly ao amin'ny Tompo. ²²Ao Aminazy faogna no hananganagna are miaraka ho fitoairagna ho amin-Jagnahary ao amin'ny Fagnahy.

Chapter 3

¹Noho zany, zaho Paoly, dia gadran'i Kristy Jesôsy aminare Jentilisa. ²Atako fao naharegny ny fitantanagna ny fahasoavan-Jagnahary zay namiagna zaho hoanare are. ³Manaoratra araka ny fagnambaragna nampahafantarigny zaho zaho. Zany no marigny mivôny mahakasiky zay nisoroatako fohifohy taminare. ⁴Koafa mamaky zany are, dia hoafaka ny hahazo ny fomba fahazoako zany marigny mivôny mahakasik'i Kristy zany. ⁵Tamin'ny re taminga hafa dia tsy nata hain'ny zanak'ôlombelogo zany marigny zany. Fao avazo ndraiky zany dia nambara tamin'ny alalan'ny Fagnahy tamin're Apostoly ndraiky re mpagnazary zay voataokagna ho amin'tô asa tô. ⁶Zany marigny mivôny zany dia mivaolagna fao re jentilisa dia mpiara-madaova, ndraiky mpiara-miômbogno amin'ny vatagna, ary mizara ny fampanantenagna ao amin'ni Kristy Jesôsy amin'ny alalan'ny vava maharavo zare. ⁷Fao nanjary mpanompon'ny zany vava maharavo zany zaho tamin'ny fahasoavan-Jagnahary namiagna zaho tamin'ny alalan'ny fiasan'ny angôvonazy. ⁸Namian-Jagnahary zaho zany fagnomaizagna zany, na dia zaho aby no farany hely amin'ny re ôlomasin-Jagnahary. Zany fagnomaizagna zany dia ny mbô hitoriako amin're Jentilisa ny vava maharavon'ny angôvon'i Kristy saro-tadiavigny. ⁹Ny fagnomaizam-pahasoavan-Jagnahary ho ninaha dia ny hindaisako fagnazavagna amin'ny ôlogno jiaby ny fandaharan-Jagnahary, lehy nagnano ny raha jiaby, nandritrany tagno maro talaoha. ¹⁰Nampahafantarigny tamin'ny fiangonagna zany fandaharagna zany biaka hahatonga re mpanapka ndraiky re manam-pahefagna agny an-dangitry hahay ny toaitra maron'ny fahindrian-Jagnahary. ¹¹Niboaka araka ny fandaharagna bariky dintany zay tanterany tao amin'i Kristy Jesôsy Tompontosika zany. ¹²Fao ao amin'i Kristy no anangantsika fahisahiagna ndraiky lalagna am-pahatokiagna nohon'ny fagnantsaovagna Azy. ¹³Noho zany miangavigny are zaho mbô tsy ho kivy nohon'ny fijaliako hoanare, zay vogninahitry are. ¹⁴Noho zany dia mandongoalitry eo agnatraiha'ny Iada zaho, ¹⁵zay nameno agnaragna ny fianakaviagna jiaby agny an-dangitry ndraiky eto an-tany. ¹⁶Mivavaka zaho mbô hamiany are, araka ny hariagnan'ny vogninahiny, mbô hatanjaka amin-gôvo amin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny zay ao aminare. ¹⁷Mivavaka zaho mbô hidôko ao am-pônare amin'ny finoagna Kristy, mbô hifôtotro ndraiky hiorigny ao amin'ny fitiavany are. ¹⁸Hahazo ngôvo anie are kay hoafa-mahatakatra, miaraka amin'ny re mpino jiaby, ny ampohony, ny halavany, ny hambaosany, ary ny halalignany, ¹⁹avake mbô hahay ny fitiavan'i Kristy, zay mihoatra ny fahaizagna jiaby, kay mbô ho finoan'ny fahafinoan-Jagnahary jiaby are. ²⁰Ary nihinazy zay mahavita magnano mandokoatra zay jiaby angatahintsika na eritreretintsika, araka ny ngôvo zay miasa ao agnatintsika, ²¹ho nihinazy ny vogninahitry ao amin'ny fiangonagna ary ao amin'i Kristy Jesôsy zisikin'ny taminga jiaby bariky dintany. Amena.

Chapter 4

¹Noho zany, zaho, amin'ny maha gadran'ny Tompo zaho, dia mampirisiky are mbô handaiha am-pahindriagna amin'ny antso zay nagnantsaovagna are. ²Mampirisky are zaho mbô hanagna fanitrian-taigna gaida ndraiky fahatsoragna ave faharaitagna, mifandefitry amin'ny fitiavagna. ³Magnanaova zay faran'ny angôvonare mbô hikajianagna ny firaisan'ny Fagnahy amin'ny fehim-piavahavanagna. ⁴Araiky faogna ny vatagna ary araiky faogna ny Fagnahy, hotra ny nagnantsaovagna are tao amin'ny fanantenan'ny fagnantsaovagna are araiky faogna koa. ⁵Ary araiky faogna ny Tompo, araiky ny finoagna, araiky ny batisa, ⁶ary araiky faogna Zagnahary ndraiky ny iadan'ny raha jiaby, zay agnambony raha jiaby ary amin'ny raha jiaby. ⁷Atsika tsiaraikeiraiiky avy dia namiagna fahasoavagna araka ny hagidasin'ny fagnomaizan'i Kristy. ⁸Araka ny koragnin'ny Saorata Masigny zany hoe: "Koafa nakatra tagny agnambo Izy, dia ninday reo babo hoamin'ny fahababoagna, ave natôlotro fagnomaizagna hoan'ny vahoaka Izy." ⁹Ino ny hevitra ny hoe: "Nakatra Izy," raha tsy hoe nijôso tagny amin'ny faritry ambanin'ny tany faogna koa Izy? ¹⁰Izy lehy nijôso faogna lehy ôlogno nakatra ambony tagny an-dangitry, mbô afahany magnamia raha jiaby. ¹¹Kristy dia nanôlotro ny sasany ho apostoly, ny sasany ho mpagnazary, ny sasany ho evanjelista, ave ny sasany ho pasitaira ndraiky mpampianatra. ¹²Nagamia re asa re Izy mbô hagnampiagna re vahoakany masigny ho amin'ny asa fanompoagna, amin'ny fagnorainagna ny vatan'i Kristy. ¹³Manôhy magnorigny ny vatany Izy mandra-pahatakarantsika jiaby ny firaisam-ponoagna ndraiky ny fahaizagna ny Zanaka Zagnahary, ave mbô hahatonga atsika ho matotro kay mbô hahatakatra ny hagidasin'ny fahafinoan'i Kristy. ¹⁴Magnorigny atsiaka Kristy mbô tsy hotra ny zaza zay atopitopon'ny onja eky atsika, ary tsy hoentin'ny rivotro ny fampianaragna ndraiky ny hafitsian're ôlogno amin'ny tetiky feno vandy. ¹⁵Fao atsika ndraiky, amin'ny filazagna ny fahamarignagna amin'ny fitiavagna, dia tôkony hitômbô amin'ny fomba jiaby ao amin'Izy zay laoha, zany hoe, Kristy. ¹⁶Kristy dia manangagna ny haiginy jiaby, ave nakambagna ndraiky natambatra tamin'ny isantoniny zany, ary koafa miasa miaraka re, dia mahatonga ny vatagna hitômbô mbô hampiorigny ny haiginy amin'ny fitiavagna. ¹⁷Noho zany, dia mivaolagna ave manindry mafy zany ao amin'ny Tompo zaho, mbô tsy hiaiginy tôlotro ny jetilisa eky are, amin'ny fahafinoan'ny fisaingan-jare. ¹⁸Mahizigny ny fahaizagnan-jare, tafisaraka amin'ny fiainan-jagnahary nohon'ny tsy fahaizagna ao amin-jare nohon'ny hamafisam-pônjare. ¹⁹Tsy mahay maingatra zare ave nanôlotro ny haigin-jare hoamin'ny nôfo, ary manôhy magnano zao karazam-pahotagna jiaby zao. ²⁰Fao tsy zany no fomba nianaranare ny mahakasik'i Kristy. ²¹Inoako fao naharegny ny mahakasiky Azy are, ary nampianarigny tao aminazy, satria ny fahamarignagna dia ao amin'i Jesôsy. ²²Nampianarigny are mbô hagnary ny fomba fiagnanare talaoha, mbô hagnary ny toaitra talaoha. Lehy toaitra talaoha zay naratra nohon'ny fitaka ny filany. ²³Nampianarigny are mbô hihava ao amin'ny fagnahin'ny saigninare, ²⁴ary hitafy lehy ôlom-bava zay namboarigny araka ny endrk'i Zagnahary—ao amin'ny taigna fahamarignagna ndraiky fahamasinagna. ²⁵Noho zany, ialà ny vandy, ary aoka ny tsiaraikeiraiiky aminare hifampivaolagna ny marigny amin'ny namany, satria isan'ny rantsan'ny jiaby atsika. ²⁶Mivignira fao aza manota. Aza ambaila ho taka'ny masaova jibiky ny hatizairagna. ²⁷Aza magnamia toairagna hoan'ny devoly. ²⁸Zay nangalatra dia tsy tôkony hangalatra eky. Tsy maintsy miasa izy, magnano asa tsara amin'ny tagany, mbô hanagnany raha ho zaraiginy hoan'ny re ao agnatin'ny tsy fahampiagna. ²⁹Aza ambaila hoisy koragna maloto hiboaka avy amin'ny vavanare. Mampisà koragna zay ilaiginy amin'ny fagnoraignagna ny hafa, araka zay ilain-jare, mbô taigna hagnampy re zay mitandregny are ny koragnanare. ³⁰Ary aza mampalahelo ny Fagnahy Masin-jagnahary, fao avy aminazy no nagnanaovagna tombo-kase are ho amin'ny andron'ny fagnavaotagna. ³¹Ialà ny lôlom-pô jiaby, haromontagna, ny hatizairagna, ny fifamaliagna, ave ny fifampivaolan-dratsy, miaraka amin'ny re karazan'asa ratsy jiaby. ³²Manàgna halimaizam-pagnahy amin'ny tsiaraikeiraiiky avy, fahatsoram-pô, mifamotsaora heloko, hotra ny namotsaoran-jagnahary are tao amin'i Kristy.

Chapter 5

¹Noho zany aoka mbô ho mpangala tahaka Zagnahary, hotra ny zanaka tiagna. ²Ary mandihiana amin'ny fitiavagna, araka ny nitiavan'i Kristy atsika faogna koa ndraiky ny nagnamaizany ny hagniny hoantsika, fagnatitry manim-pofogno ndraiky sôrognô hoan-Jagnahary. ³Fao tsy tôkôny hisy na dia koragna fijangajangagna na karazagna fahalotoagna na tsy fahononan-taigna aza eo aminare, fao tsy magnaiva ny ôlo-masin-Jagnahary re. ⁴Aoka tsy hoisy mamafady, koragna laifadaifaka, ary sangisangy tafahoatra_ fao tsy magnaiva jiaby amin'ny re. Fao ndraiky tôkôny hoisy fankasitrahagna. ⁵Fao afaka mahazo antoko ny amin'ny zao are, fao tsy hoisy mpijangajanga, maloto, na ny mpierigny_ zany hoe, mpanompy sampy_ managna laova ao amin'ny fanjakan'i Kristy ndraiky Zagnahary. ⁶Aoka tsy hoisy hamitaka are amin'ny koragna foagna, satria noho re raha re dia tonga amin'ny zanaky ny tsy fankatoavagna ny hatizairan-Jagnahary. ⁷Noho zany, aza mikambagna amin-jare. ⁸Fao mahizigny are fahigny, fao zao are dia fahazavagna ao amin'ny Tompo. Mandihiana hotra ny zanaky ny mazava, ⁹(fa ny vokatra ny fahazavagna dia ao amin'ny fahatsaragna jiaby, fahitsiagna, ndraiky fahamarignagna). ¹⁰Avake tadiavo zay mahafinaritry Tompo. ¹¹Aza mikambagna amin'ny re asa tsy mamokatra ny hizigny, fao ampibaribario ndraiky re. ¹²Fao mahamaingatra na dia manognogno re raha tsabon-jare agny amin'ny miafigny aby. ¹³Fao koafa hazavain'ny fahazavagna ny raha araiky, dia manjary mibaribary. ¹⁴Fao ny raha jiaby zay mibaribary dia fahazavagna. Noho zany dia koragniny hoe: "Minjôna, ana mandry, ary mitsangàna amin'ny toairan'ny maty, dia hamiratra amina Kristy." ¹⁵Mitandraima amin'ny fomba fiagnanà_ tsy hotra ny tsy hendry fao hotra ny hendry. ¹⁶Ararôty ny fotoagna satria zao andro zao dia ratsy. ¹⁷Noho zany, aza adaladala, fao takaro hoe ino no sitrapôn'ny Tompo. ¹⁸Ary aza magnano mamon'ny divay, fao mintondra agny amin'ny faharatsian-toaitra zany. Fao ndraiky aoka ho finoan'ny Fagnahy Masigny, ¹⁹mifampikoragnà aminare samby are amin'ny salamo ndraiky fihiragna ary hiram-pagnahy, mihirà avake mikaloa amin'ny Tompo amin'ny fônare jiaby. ²⁰Misaora lalandava amin'ny raha jiaby, amin'ny agnaran'i Jesôsy Kristy Tompontosika ho amin-Jagnahary lehy lada, ²¹mifanolaora taigna amim-pagnajagna hoan'i Kristy. ²²Ry vaiavy, magnikaiha ny vadinare, hotra ny amin'ny Tompo. ²³Fao ny lalahy no laohan'ny vaiavy hotra Kristy koa laohan'ny fiangonagna, ary Kristy hagniny no mpagnavotro. ²⁴Fao hotra ny hagnikaihan'ny fiangonagna nihin'i Kristy, dia mitôvy zany koa no tôkôny hagnikaihan'ny vaiavy ny vadiny amin'ny raha jiaby. ²⁵Ry lehilahy, tiavo ny vadinà, mitôvy ny nitiavan'i Kristy ny fiangonagna ndraiky nagnamaizany azy ny aigny. ²⁶Nanôlotro ny hagniny hoan'ny fiangonagna Kristy mbô hafahany magnamasigny azy, tamin'ny fagnadiovagna azy tamin'ny rano fanasagna amin'ny koragna, ²⁷mbô hafahany mampiboaka azy ho gaida voginahitry eo aminazy, tsisy tasy na ketrogno na raha hotra zany, fao masigny sady tsisy diso. ²⁸Hotra zany faogna koa ny lalahy dia tôkôny ho tia vadin-jare avy hotra ny hagnin-jare. Izy zay tia ny vadiny dia tia ny hagniny faogna koa. ²⁹Tsy mbôla nisy nalaigny ny hagniny, fao mamahagna ndraiky mikarakara zany tsara, mitôvy Kristy mamahagna fiangonagna ndraiky mikarakara azy faogna koa, ³⁰satria atsika dia ratsan-kaigniny. ³¹Noho zany antony zany ny lalahy dia handà iada ndraiky nininy kay hikambagna amin'ny vadiny, ary izy aroa dia hanjary nôfo araiky faogna." ³²Gaida zany fahamarignagna mivôny zany_ fao Zaho dia mivaolagna mahakasik'i Kristy ndraiky ny fiangonagna. ³³Kanaifa, ny tsiraikiaraiky aminare faogna koa dia tôkôny ho tia vadiny avy hotra ny hagniny, ary ny vaiavy dia tôkôny hagnaja vadiny.

Chapter 6

¹Ry zanaka, magnikaiha ray amandreninare ao amin'ny Tompo, satria mety zany. ²"Hajay iadanà ndraiky ny nininà" (Zany no didy voalohany misy fampanantenagna), ³"Mbô hahita tsara anà avake mbô ho lava andro hiaignagna aketo ambony tany." ⁴Are iada, aza mitondra zanakare ho amin'ny fahitizairagna. Fao ndraiky, tizay amin'ny fitsipiky ndraiky re fampianaran'ny Tompo zare. ⁵Ry mpanompo, mankatoava ny tomponare aketo antany amin'ny haja ambony ndraiky fangovitagna, amin'ny fahatsoran'ny fônare. ⁶Mankatoava zare mitôvy ny fankatoavanare Kristy. Mankatoava tsy ake amin'ny mason'ny tomponare mbô hankasitrahin-jare. Fao ndraiky, mankatoava hotra ny mpanompon'i Kristy, zay magnano ny sitraka Zagnahary amin'ny fônare jiaby. ⁷Manompoa amin'ny fônare jiaby, hotra ny hoe manompo ny Tompo are fao tsy ôlogno, ⁸satria haintsika fao na ino na ino asa tsara tsabon'ôlogno tsiaraikiaraiky, dia handray valim-pitia avy amin'ny Tompo izy, na andevo izy na ôlon-kafa. ⁹Are Tompo, manaova hotra re raha re faogna koa amin'ny mpanomponare. Aza mampihôrohôro zare. Hainare fao Izy zay sady Tomponare no Tompon-jare dia agny an-dangitry, ary tsisy fiangaragna ao Aminazy. ¹⁰Farany, mahiraiza ao amin'ny Tompo ndraiky amin'ny tanjaky ny angôvony. ¹¹Itafià ny fiadian-Jagnahary jiaby, mbô afahanà mitsangagna manohitry re tetiky devoly. ¹²Avake mivavaha zaha, mbô hoisy hafatra hamiagna zaho koafa manaokatra vavako zaho. Mivavaha mbô afahako mampahay amin'ny fahasahiagna ny fahamarignagna mivôny momban'ny vava maharavo. ¹³Hoan'ny vava maharavo no maha ambasadaoro voafehy amin'ny gadra zaho, biaka afahako magnambara zany am-pahasakiagna, raha tsy maintsy hivaolagna zaho. ¹⁴Mijoroa, noho zany, koafa avy nagnano ny fehikibon'ny fahamarignagna ndraiky ny fiarovan-tratran'ny fahitsiagna are. ¹⁵Ary hotra ny kiraro hoan'ny hongotro, dia apitaho ny fahavognaosagna hitory ny vava maharavon'ny fihavanagna. ¹⁶Amin'ny karazan-draha jiaby dia raiso ny ampingan'ny finoagna, zay afahanare manohitry re zana-tsipika mirehitry môtron'ny lehy ratsy. ¹⁷Ary alaivo ny aro-laohan'ny famonjiagna ndraiky ny mesony Fagnahy, zay koragnan-Jagnahary. ¹⁸Amin'ny vavaka ndraiky fangatahagna jiaby, dia mivavaha amin'ny Fagnahy amin'ny fotoagna jiaby. Amin'ny zany fomba zany, dia miambaisa lalandava amin'ny faharaitagna jiaby, raha manôlotro vavaka amin'ny re ôlo-masin-Jagnahary are. ¹⁹Avake mivavaha zaha, mbô hoisy hafatra hamiagna zaho koafa manaokatra vavako zaho. Mivavaha mbô afahako mampahay amin'ny fahasahiagna ny fahamarignagna mivôny momban'ny vava maharavo. ²⁰Hoan'ny vava maharavo no maha ambasadaoro voafehy amin'ny gadra zaho, biaka afahako magnambara zany am-pahasakiagna, raha tsy maintsy hivaolagna zaho. ²¹Tykiko, lehy rahalahy tiagna ndraiky mpanompo mahatoky ao amin'ny Tompo, no hampagnambaragna are ny raha jiaby, mbô hahazanare zay tsaboky. ²²Nirahiky taminare izy nohony io tanjogno io, mbô hahazanare reo raha mahakasiky zahay, ary mbô afahanay mampahery ny fônare. ²³Fiadanagna hoamin'ny re rahalahy, avake ny fitiavagna miaraka amin'ny finoagna avy amin-Jagnahary Iada ndraiky Tompo Jesôsy Kristy. ²⁴Ny fahasoavagna anie hoamin'ny zay jiaby tia Jesôsy Kristy Tompontosika amin'ny fitiavagna tsy maty bariky dintany.

Philippians

Chapter 1

¹Paoly ndraiky Timoty, mpanompon'i Jesôsy Kristy, ho an-jareo jiaby voatôkagna ho an'i Jesôsy Kristy zay akagny Filipy, miaraka amin-jareo mpiandraikitry ndraiky reo diakona. ²Ho aminareo anie ny fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary Babantsika ndraiky Jesôsy Kristy Tompo. ³Misaotra ny Zagnahariky zaho amin'ny fahatsiarovako areo. ⁴Ao amin'ny fivavahako ho nihinareo jiaby, dia amin'ny aravoa hagnagny no anaovako ny fivavahako. ⁵Magnamia fisaoragna zaho avy amin'ny fivoriagnanareo amin'ny vaovao maharavoravo nantomboko tamin'ny andro voalohany hatramin-jeo. ⁶Matoky an'ny zao raha zao zaho, fao Izy zay nanomboko asa tsara taminareo dia hanôhy hagnatantairaka zany hatramin'ny andron'i Jesôsy Kristy. ⁷Fao tsara aminaha ny mahatsapa karaha zany ny amin'ny mahakasiky areo jiaby satria akato am-pôko areo. Areo jiaby dia mpiaramiasa taminaha tamin'ny fahasooavagna na tamin'ny fagnamafisagna ny vaovao maharavoravo. ⁸Fao Zagnahary no tomoako, fao ngoma areo fatatra zaho amin'ny famindram-pôn'i Kristy Jesôsy. ⁹Aveo zaho mivavaka an'ny zao: mbô hitômbô hatragny hatragny ny fitiavanareo amin'ny fahaizagna ndraiky amin'ny fahazavan-tsaingy jiaby. ¹⁰Mivavaka ho an'ny zany zaho mbô hagneky zay tsara dia tsara areo, mbô ho tso-pô ndraiky tsisy tsingy amin'ny andron'i Kristy. ¹¹Mivavaka zaho mbô ho fenon'ny vokatra ny fahamarignagna zay avy amin'i Jesôsy Kristy areo, ho vogninahitry ndraiky fideragna an-Jagnahary. ¹²Aveo tiako ho hainareo, ry rahalahiky, fao reo raha jiaby zay niboaka taminaha dia niasa ho amin'ny fampandrosoagna ny vaovao maharavoravo koa. ¹³Vokatr'izany, gadrako akao amin'ny Kristy dia niboaka mazava nagnairagna reo mpiambign'ny lapa jiaby ndraiky reo ologno hafa. ¹⁴Ny

ankamaroan-jareo rahalahy dia managna toky maventy koa akao amin'ny Tompo avy amin'ny gadrako, ary mahasaiky magnambara tsy amin'ny tahotro ny volagna zareo.¹⁵ Ny sanany aby dia mgnambara an'i Kristy amin'ny fialonagna ndraiky fifandiragna koa, aveo zareo hafa ndraiky antsitrs-pô tsara.¹⁶ Reto farany dia magnano zany amin'ny fitiavagna, mahay fao zaho dia napaitraka eto ho fiarovagna ny vaovao maharavoravo.¹⁷ Fao regny voalohany dia magnambara an'i Kristy amin'ny fitiavan-taigna, fao tsy tso-pô. Izy regny dia mandiniky fao hagnakorontagna zaho raha mbôla ao amin'ny figadrako zaho.¹⁸ Ino ary? Amin,ny fomba jiaby, na amin'ny fiatsaam-bailatsihy na amin'ny fahamarignagna, Kristy no ambara, ary miravo amin'ny zany zaho. Ia, ho ravo zaho,¹⁹ fao haiky fao zany dia hifaragna amin'ny fagnafahagna zaho amin'ny alalan'ny reo vavakareo ndraiky ny fagnampian'ny Fagnahin'i Jesôsy Kristy.²⁰ Zany dia araka ny fiambaisako fatratra ndraiky ny antoko fao zaho dia tsy ho maignatra koa, aveo mbôla amin'ny fahasakiagna jiaby foagna, avaïzo mitovy ny talôha, dia hitômbo akato amin'ny aigninaha Kristy, na amin,ny fiainagna na amin'ny fahafataisagna.²¹ Aminaha ny hoe miaigny dia Kristy ary ny hoe maty dia tombony.²² Fao raha miaigny amin'ny nôfotro zaho, dia midika asa mahavokatra hoanaha zany. Kanaifa ino no ho fidiko? Tsy haiky.²³ Fao voatery mafy akeo agnailagnailan-jareo aroa zaho. Ny fagniriagnanaha dia ny handaiha ary hiaraka amin'i Kristy, zay tsara lavitry,²⁴ kanaifa ny mipaitraka akao amin'ny nôfotro dia ilaigny koa tsy tako areo.²⁵ Resy lahatra ny amin-jany, dia haiky fao hipaitraka ndraiky hanôhy hiaraka aminareo jiaby zaho, handaiha amin'ny fandrosoanareo ndraiky haravoagna akao amin'ny finoagna.²⁶ Mbô ho akao aminaha dia hanagna antony hiraiharaiha akao amin'i Kristy Jesôsy areo jiaby mimpody akagny aminareo ndraiky zaho.²⁷ Mitondrà taigna amin'ny fomba magnaiva ny vaovao maharavoravo an'i Kristy, kay na havy hizaha areo zaho na tsy akeo, fao mitsangagna mafy amin'ny fagnahy araiky areo, amin'ny saigny araiky miara- miaizaka ho avy amin'ny finoagna ny vaovao maharavoravo.²⁸ Ary aza magneky ampitahorin-jareo zay fahavalonareo. Mariky ny fahapotaihan-jareo zany, fao mariky ny famonjianareo koa- aveo zany dia avy amin-Jagnahary.²⁹ Fao namegny areo zany, hoan'i Kristy, tsy hoe mbô hinoanareo Azy foagna, fao hijaliagna ho Azy koa,³⁰ fao areo dia managna ady mitôvy amin'ny zay hitanareo taminaha, ary zay regninao aminaha avaïzo.

Chapter 2

¹Izy koa misy fampaharazaina ao amin'ny Kristy, izy koa misy fampiononagna avy amin'ny fitiavany, izy koa misy firaisaina ao amin'ny fagnahy, izy koa misy famindrampô gaida sindraky fiantragna, ²dia atôvo feno ny haravoagnanahy amin'ny fisainaina karaha zany, amin'ny fanagnagna fitiavagna mitovy, amin'ny firaisaina ampanahy, ave amin'ny fanagnagna tanjogno mitôvy. ³Aza magnano na ino na ino amin'ny fitiavan-taina foagna. Fao amin'ny fanitriantaina kosa dia mihivaira ny hafa mihoatra ny taiganare. ⁴Tokony tsy hizaha lehy mahasoana ny taiganareo ihany ny tsiraikiraiky aminareo, fao lehy mahasoana ny hafa ihany koa. ⁵Mihevaira karaha ny fisainaina lehy tamin'i Kristy Jesôsy fôgna koa. ⁶Afa nisy araka ny endriky Zagnahary Izy, fao tsy nandiniky zany fitoviany amin-Jagnahary zany ho raha hipitahagna Izy. ⁷Ny mifanohitry amizany, nifoagnany ny aigniny. Nangalatahaka ny endriky ny mpamompo Izy. Ave niboaka tôtrôtrô ny ôlombelogo Izy. Aveke hita nitôvy tamin'ômbelogo Izy. ⁸Nanetry taina Izy ave tonga mpagneky hatramin'ny fahataisaina, dia lehy fahafataisan'ny hazofijaliaina! ⁹Nohozany dia nampakariny Jagnahary agnambo dia agnambo ihany koa Izy. Namiany lehy Agnaragna zay ambonin'ny agnaragna jiaby Izy. ¹⁰Nitsabony zany mbôhoan'ny Agnaran'i Jesosy ny handingoalifagnan'ny lohoalitra jiaby, ny lohoalitrizay zay agny andagnitry sindraiky aketo an-tany ave agny ambanin'ny tany. ¹¹Nitsabony zany hagnikaihany laila jiaby fao i Jesôsy Kristy no Tômpo, ho voginahitrinny Zagnahary Baba. ¹²Noho zany, ry malalako, karaha ny agnikaihanareo hatrany, tsy ake amin'ny fagnatraihako fôgna fao mandômbolômbô lavitry aby avazo izikoafa tsy ake zaho, dia aboaho amin'ny tahotro sindraiky hovitra ny fagnavôtaina areo. ¹³Satria Zagnahary no miasa aka aminareo mbô ho vôgnon-kagnani no sady hiasa ho an'ny firavoany areo. ¹⁴Tsaboay tsy am-pitaraingana na fiadiaina hevitra ny raha jiaby. ¹⁵Magnanôva tôtrôtrô zany mbô ho tonga zanaka Zagnahary tsisy tsigny salakady marigny, tsisy antsa areo. Miasa tôtrôtrô zany mbô hamirapiratanareo karaha ny fahazavaina aketo amin'ny tany jiaby, akeo agnivan'ny tamigna meloka salakady maditry. ¹⁶Mipitaha mafy amin'ny lehy tenin'ny fiainaina mbô hanako antony hiraiharaihaina amin'ny andron'i Kristy. Fao amin-jany ho haiky fao tsy very nihazakazahako ary tsy very maigny ny niasako. ¹⁷Fao na dia ahidigny ho fagnatitry akeo amin'ny sôrognôndraiky fanompoam-pinoaina aby zaho, dia ravoravo, ary miaraka miravoravo aminareo jiaby zaho. ¹⁸Ary karaha zany koa no hiravoravoanareo, ary miaraka miravo aminaha areo. ¹⁹Fao magnantaina akao amin'ny Tômpo Jesôsy zaho fao hagnandaifa an'i Timoty agny aminareo malaky mbô hahery koa izy koa haiky ny raha mahakasika areo. ²⁰Fao tsy manaina ôlogno hafa mitovy toe-tsaingy aminazy zaho, zay taina magnahy aminareo. ²¹Fao izy jiaby dia mizaha tombontsoany, fao tsy ny rahan'i Jesôsy Kristy. ²²Fao hainareo ny fahamaindrehany, satria karaha zaza manompo ny babany no anompoany miaraka taminaha tao aminin'ny vaovao maharavoravo. ²³Koa magnantaina ny hagnandaifa azy zaho koafa hitako hoe manakôry ny fandaihandraharaha ato aminaha. ²⁴Fao matoky ny Tômpo zaho fao ho agny meky koa ny taingako. ²⁵Fao mandiniky zaho fao ilaigny fôgna koa ny magnampôdy an'i Epafrodito agny aminareo. Rahalahiky izy salakady mpiara-miasa no mpiara-miady, salakady mpintondra hafatray izy no mpanompo amin'izay ilaiky. ²⁶Fao trapahoriaina mafy izy ary mahatsiaro ny hiarahaka taminareo jiaby izy, satria regninareo fao narary izy. ²⁷Fao taina narary izy ka afa tsoko naty. Fao namindra fô taminazy zagnahary. ary tsy taminazy araiky, fao taminahy koa, mbô tsy hananako halahelo ambonin'ny halahelo. ²⁸Koa dia amin'ny fahazotoaina gaida no andefasako azy, kay izy koa hahita azy ndraiky areo dia mbô hiravoravo kay hahay afaka amin'ny ahiahiky zaho. ²⁹Alaivo akao amin'ny Tômpo Epafrodito miaraka amin'ny firavoravoaina jiaby. Hajay ny ôlogno karaha zany. ³⁰Fao ho an'ny asan'ny Kristy no nagnantognany ny fahafataisaina. Fao nagnano takalonaingy izy hanompoaina zaho mbô hagnantaterahany zany tsy afaka nitsabonareo tamin'ny fanompoaina taminaha.

Chapter 3

¹Farany, are rahalahy, miravoravoa akao amin'ny Tômpo. Tsy mampagnino zaho ny magnampôdimpôdy manoratra regny raha regny ho anareo. Regny raha regny hiaro are. ²Mitandraima amin'ireo amboa. Mitandraima amin'ireo mpagnano ratsy. Mitandraima amin'ireo fanapahagna rantsam-batagna. ³Fao atsika no voafora ave atsika no mpanompo amin'ny Fagnahin-Jagnahary. Ary atsika no mipoeapoera akao amin'i Kristy Jesôsy, ave tsy mitoky amin'ny nôfo. ⁴Na zany aby, zaho vaokany dia afaka mitoky amin'ny nôfo. Koa misy ôlogno mihevitry fao izy dia managna fahatokisagna amin'ny nôfo, afaka magnano lômbolômbon'izany zaho. ⁵Noforaina tami'ny andro fahavalo zaho, tairaka tao amin'ny vahoakan'Israely, tao amin'ny fokon'i Benjamina, Hebreo tao amin'ireo Hebreo zaho; a⁷raka ny lalàgna, dia Fariseo zaho. ⁶Tamin'ny zotom-pô, dia nagnenjiky ny fiangonagna zaho; raha ny amin'ny fahamarinagna ambanin'ny lalàgna, dia tsy nanan-tsigny zaho. ⁷Fao na ino na ino tômbony ho ahy, dia nalaiky ho karaha fatiantoka regny nohon'ny amin'i Kristy. ⁸Raha ny taigna izy, nisahiky ho fatiantoko aby ireo raha jiaby nohon'ny hagitadzan'ny fahaizagna an'i Kristy Jesôsy Tômpoko. Nohony Izy dia nariako ny raha jiaby. Lazaiky ho fako regny mbô hahazahoako an'i Kristy ⁹ary ho hita akao Aminy zaho. Tsy managna ny fahamarinagna ho an'ny haignianaha avy amin'ny lalàgna zaho. Fao kanaifa, managna ny fahamarinagna zay tamin'ny alalan'ny finoagna an'i Kristy zaho, fahamarinagna avy amin-Jagnahary zay mifotôtro amin'ny finoagna. ¹⁰Koa avaizo dia tiahay azy ndraiky ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ave ny fitambaragna amin'ireo fijaliagna zaho. Tihiaova amin'ny alalan'i Kristy zaho mbô hotôtro ny fahataisagna, ¹¹mbô hahifako mahatsapa ny fitsanganany amin'ny maty. ¹²Tsy marigny fao nalaka reo raha sahady zaho, na koa hoe tonga tantairaka zaho. Fao miaizaka mbô handromboako lehy nandromboan'i Kristy Jesôsy zaho. ¹³Oa rahalahy, tsy mieritreritry zaho fao ny haigniko dia afa nirômbô zany. Foa misy raha araiky: Tsy tsaroako zay agny afara aveo miaizaka ho an'ny lehy akeo aloha zaho. ¹⁴Miaizaka magnatratra ny tanjogno zaho mbô hahazo lokan'ny antso avy agny ambony avy amin-Jagnahary amin'i Kristy Jesôsy. ¹⁵Atsika jiaby zay matotro, aoka atsika hieritreritry karaha zany; ave izikoa misy eritreritriareo hafa mahakasiky raha jiaby, dia haboakan-Jagnahary aminareo ihany koa zany. ¹⁶Kanaifa na ino na ino afa takatra atsika, aoka atsika hifikitry amin-jany. ¹⁷Aoka ho mpalaka karaha zaho, are rahalahy. Diniho mariny reo zay mandaiha araka ny ahatra zay hitanareo aka aminay. ¹⁸Maro reo mandaiha reo zay afa nivolagniky areo mazagna, ave avaizo zaho mivolagna aminareo amin-dranomaso _ karaha ny fahavon'ny kakazo fijalian'i Kristy. ¹⁹Fandravanagna no fiakaran-jarereo. Fao ny bôkony no zagnahariny, aviake ny fipoerapoeran-jareo dia akao amin'ny fahamigniaragna. Mieritreritry ny raha magnerantany izy reo. ²⁰Fao agny an-dagnitry ny fanjakantsika zay handraisantsika mpamonjy ihany koa, dia ny Tômpo Jesôsy Kristy. ²¹Izy dia hagnova ny vatantsika lehy malemy mbô ho vatagna karaha ny vatagna feno vogninahitra, zay natao tamin'ny herin'ny fahefagna hampagneky ny raha jiaby amin'ny haigniny.

Chapter 4

¹Noho zany, ry rahalahiky tiako zay mahangaoma zaho, haravoako ndraiky satro-boninahitrinaha, amin'ny zany dia mitsangana tsara akao amin'ny Tompo, ry namako tiako. ²Mangavigny an'i Eodia zaho, ary mangavigny an'i Syntyke, miraisa saigny akao amin'ny Tompo. ³Aveo, mangaho aminao foagna koa zaho, ry namako mpiray zoga: Ampia reo vaivavy reo. Satria zareo dia niara-niasa taminaha tamin'ny fagnaparitahagna ny Vaovao maharavoravo niaraka tamin'ny Klementa ndraiky reo tavaila namagna mpiara-miasa aminaha jiaby, zay afa akao amin'ny Bokin'ny Fiainagna ny agnaran-jareo. ⁴Miravoa lalandava akao amin'ny Tompo. Mivolagna ndraiky zaho, miravoa. ⁵Ambilao ho hay ny ologno jiaby ny fahatsoram-pônareo. Afa marikitry ny Tompo. ⁶Aza miahiahy na amin'ino na amin'ino. Fao naifa, amin'ny raha jiaby amin'ny alalan'ny vavaka ndraiky fangatahagna, miaraka amin'ny fisaoragna, ambilao ny fangahoanareo ho hain-Jagnahary. ⁷Ary ny fiadanagnan-Jagnahary, zay mihoatra ny fahaizagna jiaby, hiaro ny fônareo ndraiky ny fisaignagnareo jiaby akao amin'ny Kristy Jesôsy. ⁸Aveo farany, ry rahalahiky, na ino na ino marigny, na ino na ino manan-kaja, na ino na ino ara-drariny, na ino na ino madio, na ino na ino mahafinaritry, na ino na ino nilazaigny fao tsara, koa misy na ino na ino taigna tsara, koa misy na ino na ino tókony ho deraigny, dia mandiniha an'ny regny raha regny. ⁹Reo raha araiky nianaranareo ndraiky niraisinareo ndraiky regninareo aveo hitanareo taminahao, atôvo regny raha regny, ary ny Zagnahary ny fiadanagna hiaraka aminareo. ¹⁰Miravo be akao amin'ny Tompo zaho satria nivaozinareo foagna avazo ny fandinihagnareo zaho. Afa nandiniky zaho tatô areo teo aloha, fao tsisy fahafahagna avy aminareo mbô hagnampy. ¹¹Tsy mivolagna zany zaho satria akao agnatin'ny tsy fahampiagna. Fao afa nianatra ny hiravo amin'ny zay toe-java- miboaka jiaby zaho. ¹²Haiky ny hoe mijaly ary haiky koa ny hoe manan-draha. Amin'ny fomba jiaby ndraiky amin'ny raha jiaby dia nianatra ny tsiambaratelon'ny fihinanam-be ndraiky ny tihinagna zaho, ary ny hoe manan-draha ndraiky ny hoe akao agnatin'ny tsy fahampiagna. ¹³Afaka magnano ny raha jiaby zaho amin'ny alalan'ny lay mampahery zaho. ¹⁴Kanaifa, areo nagnano ny tsara taminaha tamin'ny fahasahiragnagnanaha. ¹⁵Ary areo Filipianina mahay fao tamin'ny fiandohan'ny vaovao maharavoravo, koafa nandao an'i Makedonia zaho, dia tsisy fiangonagna nagnampy zaho raha ny mahakasiky ny fagnomaizagna ndraiky fandraisagna afa-tsy areo faogna. ¹⁶Na tamin'izaho tagny Tesalonika aby, dia nagnandaifa fagnampiagna ho an'ny zay nilaiky mihoatra ny indraiky mandaiha areo. ¹⁷Tsy hoe mizaha fagnomiazagna zaho. Fao naifa, mizaha ny vokatray zay mampakatra ny vogninahitriareo zaho. ¹⁸Nangala reo raha jiaby zaho, ary managna maro be. Fao feno zaho. Voaraiky avy tamin'i Epafrodito reo raha avy aminareo. Reo dia hangitry mangi-pôfogno, zay fagnatitry azo kehigny ndraiky ankasitrahin-Jagnahary. ¹⁹Ary ny Zagnahariky hagnamia zay jiaby ilainareo araka ny hariagnan'ny vogninahitry akao amin'ny Kristy Jesôsy. ²⁰Ary nihin-Jagnahary sady Babantsika anie ny vogninahitry mandrakizay doria. Amena. ²¹Magnanaova veloma an'ny mpankatô jiaby akao amin'ny Kristy Jesôsy. Reo rahalahy zay miaraka aminaha dia magnano veloma areo. ²²Reo mpankatô jiaby zay eto magnano veloma areo, intsakintsaka reo zay avy akao amin'ny tokan-tragnon'i Kaisara. ²³Ny fahasaoavan'ny Tompo Jesôsy Kristy anie ho amin'ny fagnahinareo. [Fagnamariahagna: Misy reo fanikagna sanany nagnampy hoe: "Amena."]

Colossians

Chapter 1

¹Paoly, apostolin'i Kristy Jesôsy amin'ny alalan'ny sitrapon-Jagnahary, ndraiky i Timoty rahilahintsika, ²ho an'reo mpino ndraiky reo rahalahy mahatoky ao amin'ny Kristy zay agny kolosia. Hoaminareo anie ny Fahasoavagna, ndraiky fiadanagan a avy amin-Jagnahary Babantsika. [Fagnamarihagna ambanin'ny pejy: Misy dikan-teny sasany nagnampy hoe: "ary ny Tompo Jesôsy Kristy"]. ³Magnamia fisaoragna Zagnahary atsika, lehy Babantsika Tompontsika Jesôsy Kristy, ary mivavaka lalandava areo zahay. ⁴Afa regninay ny finoagnanareo an'i Kristy Jesôsy ary ny fitiavagan zay anagnanareo ho an'zay jiaby voataokagna ho amin'ny Zagnahary. ⁵Managna zany fitiavagna zany areo noho ny fanantenagna azo antoko nataokagna areo agny andangitry. Tandrignaisinareo ny momba io fanantenagna azo antoko io talohan'ny volagna amin'ny fahamarinagna, ny vaovao maharavoravo, ⁶zay tonga avy aminareo. Tô vavaovao maharavoravo tô dia mitondra vokatray aveo mitombo erantany. Zany dia afa nagnano zany taminao fogna koa nanomboko tamin'ny andro naharignaisanao azy ary nianaranao ny momban'ny fahasaoavan-Jagnahary ao amin'ny marigny. ⁷Tô ny vaovao maharavoravo zay araka ny nianaranareo tamin'ny Epafra, lehy mpiara-manompo tiantika, zay manompo mahatoky Kristy amin'ny agnarantsika. [Fagnamarihagna ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Amin'ny agnaragna areo"]

⁸Nambaran'ny Epafra zahay ny fitiavanareo ny Fagnahy.⁹Noho io fitiavagna io, hatramin'ny andro nagnamboahanay zany dia tsy nijanogno nivavaka areo zahay. Nangataka zahay mbô ho feno fahalalagna ny sitrapony amin'ny fahendriagna jiaby ndraiky fahalalagna ara-pagnahy areo. ¹⁰Nivavaka zahay mbô handihananareo am-pahamendriahagna ao amin'ny Tompo amin'reo fomba hamokatra amin'ny asa tsara jiaby areo ary mbô hitômbô fahalalagna Zagnahary.¹¹Mivavaka zahay mbô hahazo ngôvo amin'ny fahaizagna jiaby areo araka ny ngôvon'ny vogninahitry amin'ny fiaraitagna ndraiky faharaitagna. ¹²Mivavaka zahay mbô hagnamia fisaoragna Babantsika amin'ny haravoagna areo, zay nahafahanareo hanagna anjara amin'ny laovan'reo mpino amin'ny fahazavagna [Fagnamarihagna ambany pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Zay nahafahantsika nanagna anjara."]¹³Namonjy atsika tamin'ny fana-pahan'ny haizigny sy namindra atsika ho agny amin'ny fanjakagnan'ny Zanany lalahy tiany Izy. ¹⁴Ao amin'zany lalahy no anagnantsika ny fagnavaotagna, ny famelagna reo fahotagna. [fagnamarihagna ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Ao amin'ny Zanany no anagnantsika fagnavaotagna amin'ny liony, dia ny famelagna reo fahotagn."]¹⁵Ny Zanaka lalahy dia bikan'lehy Zagnahary tsy hita maso. Izy lehy tairaka voalohany tamin'ny fitsaboagna. ¹⁶Fao tamin'ny alalany no nitsaboagna ny raha jiaby, reo zay agny andangitry sy reo eto ambonin'ny tany, reo raha hita maso ndraiky reo tsy hita. Na reo seza fiandrianagna, na reo fanapahagna, na reo fitondram-panjakagna, na reo manampahefagna, reo raha jiaby dia nitsabogny tamin'ny alalany sy ho Azy. ¹⁷Izy no alohan'ny raha jiaby, ary ao aminy no haharaitan'ny raha jiaby.¹⁸Izy no lohan'ny vatagna, sy ny fiangonagna. Izy no fiandohagna sy tairaka voalohany avy eo agnivon'ny reo maty, kay Izy no nanagna toeragna voalohany teo agnivon'reo raha jiaby. ¹⁹Satria sitraka Zagnahary ny tôkony ny hiaignan'ny fahatsaragna jiaby ao aminy, ²⁰ary mbô hampihavagna amin'ny alalan'ny Zanaka lalahy amin'ny raha jiaby amin'ny Izy vatany. Zagnahary dia nihavagna tamin'ny alalan'ny liony kakazo fijaliagna. Zagnahary no nampihavagna ny raha jiaby tamin'ny hainginy, na ny raha jiaby eto ambonin'ny tany na reo raha jiaby agny andangitry.²¹Tamin'ny fotoagna araiky fogna koa, dia vahiny tamin-Jagnahary ary fahavalony tao an-tsaingy ndraiky tamin'reo asa jiaby. ²²Fa avaizo, Izy no nampihavagna areo tamin'ny hainginy ny vatany jiaby tamin'ny alalan'ny fahafataisagna. Nitsabony zany mbô hagnanaovagna areo ho masigny, tsy hanam-pondro eo agnatraihany, ary nagnala baraka Azy noho ny Fagnaratsiagna, ²³raha manôhy amin'ny finoagna areo, miorigny ndraiky mafy originy, dia aza miala amin'ny fanantenagna mahatokin'ny vaovao maharavoravo zay regninareo. Tô no vaovao maharavoravo zay nambara tamin'ny ôlogno jiaby nitsabogny ambanin'ny langitry. Tô no vaovao maharavoravo zay, nahatonga zaho, Paoly, ho mpanompo²⁴Avaizo zaho dia ravo amin'ny fijaliako aminareo, ary zaho dia nameno ny nôfoko zay tsy amin'reo faahoriagnan'i Kristy noho ny hainginy, dia ny fiangonagna. ²⁵Noho ny fiangonagna no naha mpanompo zaho, araka ny andraikitry avy amin-Jagnahary zay namiany zaho ho areo, mbô hahatantairaka ny volagna Zagnahary. ²⁶Io no marigny zay mivôny nandritry ny taogno maro sy ho amin'ny taminga. Fa avaizo dia afa niboaka zany tamin'ny reo zay mino Azy. ²⁷Tamin-jareo no tian-Jagnahary nagnambaragna reo hariagnan'ny vogninahitry tô fahamarinagna mivôny tô teo agnivon'ny Jentilisa. Zany dia Kristy no ao aminao, lehy tokin'ny vogninahitry hoavy.²⁸Dia Izy lehy nambaranay. Nagnanatra ôlogno jiaby zahay, ary nampianatra ny ôlogno jiaby tamin'ny fahendriagna jiaby, mbô hagnomiazantsika ny ôlogno jiaby feno ao amin'ny Kristy. ²⁹Noho zany dia miasa mafy zaho ndraiky miaizaka araka ny ngôvony zay miasa ato aminaha amin'ny ngôvo.

Chapter 2

¹Fao tiàko ho hainareo ny halabiazan'ny tôlogno natako ho anareo, ho an-jareo akagny Laodikia, ndraiky hoan-jareo maro mbôla tsy nahita ny sôrako tamin'ny nôfotro.² Miasa zaho mbô hankahery ny fôn-jareo amin'ny fampiraisagna zareo miaraka akao amin'ny fitiàvagna ndraiky ny hariagna jiaby amin'ny fahaizagna azo antoka, ho amin'ny fahaizagna ny fahamarinagna mivônin-Jagnahary, zany hoe, i Kristy.³ Akao Aminazy ny hariagnan'ny fahandrena ndraiky zay fahaizagna jiaby no mivôny.⁴ Magnambara zany zaho mbô tsy hoïsy hitariky areo amin'nylahabôlagna mandresy lahatra.⁵ Na dia tsy miaraka aminareo akao amin'ny fagnahy. Ravo zaho mahita ny filaminagnanareo tsara ndraiky ny tanjakin'ny finoagnanareo an'i Kristy.⁶ Koa nangala an'i Kristy Tompo areo, dia mandihiana akao Aminazy.⁷ Mifotôra mafy Aminazy, mioraigna akao Aminazy, mioraigna amin'ny finoagna zay afa nampianarigny areo, aveo mazotoa magnamia fisaoragna.⁸ Mitandraima mbô tsy hagnambaila ologno hambotro areo amin'ny alalan'ny filozofia na ny vandy foagna araka ny fatan'ny ologno, zay magnaraka ny toaitran'izao tontolo zao, fao tsy araka an'i Kristy.⁹ Fao akao Aminazy no mipaitraka ny fahatsaran'ny taignan-Jagnahary jiaby.¹⁰ Feno areo akao Aminazy. Izy no lôhan'ny ngovo ndraiky ny fahefagna jiaby.¹¹ Tao Aminazy foagna koa areo no noforagna tamin'ny famoragna zay tsy natan'ny olombelogo amin'ny fangalagna ny nôfotro amin'ny vatagna, fao tamin'ny famoran'i Kristy.¹² Niaraka nalevigny Taminazy tamin'ny batisa areo, ary tao Aminazy no nananganagna areo tamin'ny alalan'ny finoagna mafin-Jagnahary, zay nanangagna azy tamin-jareo zay maty.¹³ Tamin'ny areo maty tamin'ny reo fahotagna ndraiky ny tsy fahavitan'ny nôfotronareo famoragna, izy no namelogo areo niaraka taminazy ndraiky nagnambaila atsika tamin'ny reo fahotantsika jiaby. [Fagnamarihagna: misy dikan-teny talôha sanany mivaky hoe: "ary nagnambaila ny fahotantsika jiaby"]¹⁴ Nifafany ny fitanagna antsôratra ny trôsapm-pagnafahagna ndraiky reo fitsipiky mifanohitry tamintsika. Nalany zany jiaby zany ary nofantsiahany teo min'ny kakazo fijaliagna.¹⁵ Nalany reo ngôvo ndraiky reo fahefagna, aveo zareo dia nagnano fampisehoagna ampahabemason-jareo, nandresy mihoatra an-jareo tamin'ny kakazo fijaliagna.¹⁶ Koa aza availa hoïsy hitsara areo na amin'ny fihinanagna na amin'ny figiahagna, na amin'ny andro fety na amin'ny vôlagna vaovao, na amin'ny andro Sabata.¹⁷ Zany no kandindagna reo raha hoavy, fao ny taigna izy dia i Kristy.¹⁸ Aza availa hoïsy na zôvy na zôvy zay mila ny fanitrian-taigna ndraiky ny fideragnan'ny anjely hitsara areo kay tsy hazahoanareo ny lokanareo. Ny ologno karaha zany dia tsy miditry amin'ny raha hitany ary manjary mipoirapoaira amin'ny fisaignan'ny nôfotronazy.¹⁹ Tsy mitagna ny lôhany izy. Zany dia avy amin'ny lôha zay namian-Jagnahary ny vatagna jiaby magnairagna reo vagnin-tahôlany ndraiky ny hôzany zay magnamia kay mitagna zany jiaby zany miharo; zany dia mitômbo miaraka amin'ny fampitomboagna namen-Jagnahary.²⁰ Koa maty niaraka tamin'i Kristy areo tamin'ny toaitran'izao tontolo zao, nagnino ary areo no miaigny karaha ny voatery amin'ny tany: ²¹"Aza mompôdy, aza magnandragna, ary aza mikasiky" ? ²²Zany raha jiaby zany dia ho an'ny fahalôvagna, araka ny torolalagna ndraiky ny fampianaran'olombelogo.²³ Regny fitsipiky regny dia managna fahendren'ny fomba fivavahagna, ny fanitrian-taigna zay natan'ny taighany manôkagna ary ny famphoriagna ny vatagna. Fao zareo dia tsy manan-danja amin'ny fanohairagna ny fandifairagna ny filagnan'ny nôfotro.

Chapter 3

¹Koa raha Zagnahary no nanangagna areo niaraka tamin'i Kristy, tadiavo reo raha agny ambony, zay idaohan'i Kristy eo an-tagnankavanana-Jagnahary. ²Dinoho reo raha agny ambony, fao tsy reo raha eto an-tany. ³Fao afa maty areo, ary ny fiainagna areo dia mivôny miaraka amin'ny Kristy ao amin-Jagnahary. ⁴Koafa miboaka i Kristy, fiainagnareo, dia areo koa hiaraka hiboaka aminy ao aminy ao amim-bogninahitry. [Fagnamarihagna eny ambanin'ny pejy: Reo dikan-teny taloha sasany mivolagna hoe: "Koafa miboka Kristy, izay fiainagnareo, dia areo fogna koa dia hiaraka hiboaka miaraka aminy am-bogninahitry.]⁵Vonoy, aveo, reo mpikambagna zay aketo antany ny filagna ratsy, fahalotoagna, firihaitany filagna, fagniriagna ratsy, aveo fahalanian-kanigny, zay fanompon-tsampy. ⁶Noho zany regny raha jiaby regny no hahatongavan'ny fahatezairan-Jagnahary amin'reo zanaky ny tsy fankatoavagna. [Fagnamarihagna eny amin'ny pejy: Ny dikan-teny taloha sasany mivaky hoe: "Noho regny raha regny no mahatonga ny fahatezairan-Jagnahary."] ⁷Tao amin'regny raha zay nadihiananareo regny taloha fogna koa raha mbôla niaigny tao amin'n regny areo. ⁸Fa avazo areo dia tsy maintsy magnary regny jiaby regny-fahatezairagna, fahavigniragna, reo fikasagna ratsy, reo fagnaivataivagna, aveo volagna fahavaitavaitagna avy amin'ny vavanareo. ⁹Aza mifampavandy, fa afa narianareo ny toetra taloha miaraka amin'reo fampiharagna zany, ¹⁰ary nisikinanareo ny toetra vaovao zay navaozigny ao amin'ny fahalalagna araka ny bikan'zay namôrognô zany. ¹¹Ao amin'ny zany dia tsy misy Grika sy Jiosy, voafora sy tsy voafora, barbariana, Skytiana, andevo, ôlogno hafaka, fa i Kristy no jiaby, ary ao amin'ny jiaby. ¹²Koa, misikina, araka ny maha ôlomboafidin-Jagnahary, masigny ary tiagna, famindram-pô, hatsaram-pagnahy, fanitrian-tegna, fahalemem-pagnahy, ary faharaitagna. ¹³Mifampitodrà tsara. Mifamelà. Raha misy ôlogno araiaky managna fitaraignagna momba ny ôlogno hafa, mamelà hotry zay namelan'ny Tompo areo. ¹⁴Ambon'regny jiaby regny, manàgna fitiavagna, zay mamatotro atsika amin'ny fahatanterahagna. ¹⁵Aoka ny fiadagnan'i kristy hanapaka ao amin'ny fônareo. Fao ho an'zany fiadanagna zany no nagnantsaovagna areo ho haigny araiaky. Ary misaora. ¹⁶Aoka ny volagnan'i Kristy hitoetra maro ao aminareo. Amin'ny fahendriagna jiaby mifampianara aveo mifagnanara amin'reo salamo ndraiky fihiragna ary hira arapagnahy. Mihirà amin'ny fisaoragna ao amponareo ho an-Jagnahary. ¹⁷Na ino na ino tsabonareo, na amin'ny volagna na amin'ny asa, ataovy amin'ny agnaran'ny Tompo Jesôsy jiaby. Magnamiaza fisaoragna ho an-Jagnahary lehy Baba amin'ny alalany. ¹⁸Areo vaiavy, magnikaiha ny vadinareo, fao zany no manjary ao amin'ny Tompo. ¹⁹Areo lalahy, tiavo ny vadinareo, ary aza masiaka amin-jareo. ²⁰Areo zanaka, magnikaiha ny ray aman-dreninareo amin'ny raha jiaby, fao zany no ankasitrahigny ao amin'ny Tompo. ²¹Areo baba, aza magnano zay mampalahelo reo zanakareo, mbô tsy ho kivy zareo. ²²Areo andevo, magnikaiha ny tomponareo araka ny nôfotro amin'reo raha jiaby, tsy amin'ny asa akeo imaso hotra mpila sitraka, fa amin'ny fô tsotra. Matahaora ny Tompo. ²³Na ino na ino tsabonareo, miasà avy amin'ny fagnahinareo hotry ny ho an'ny Tompo fao tsy ho an'ny ôlogno. ²⁴Hainareo fao areo dia hangala ny valisoan'ny laova avy amin'ny Tompo. Izy no Tompo Kristy zay Tomponareo. ²⁵Fa zay magnano ny tsy fahamarinagana dia hangala ny sazy ho an'ny tsy fahamarinagna zay nitsabony, ary tsisy fizahavan-tsaora.

Chapter 4

¹Oa Tômpo, amiazo reo andevo zay marigny ndraiky rariny. Hainareo fao areo koa managna tômpo araiky akagny an- dagnitry.²Maharaita lalandava amin'ny fivavahagna. Mivognôsa amin'ny zany amin'ny fagnomiazagna fisaoragna. ³Miaraha mivavaka ho zahay koa, mbô hanokafan-Jagnahary varavaragna ho an'ny teny, mbô hagnambaragna ny fahamariagnagna mivônin'i Kristy.Nohon'ny amin'ny zany, dia voafehy zaho.⁴ Mivavaha mbô hahavitanareo magnazava zany, raha tôkony hivôlagna zaho.⁵Mandiana am-pahendriagna akagny amin'ny reo lehy akagny vailany, avakeo araraoto ny fotoagna. Ny koragnanareo tôkony hiaraka amin'ny fahasoavagna fôgna.⁶ Aoka reo ho vôn-ton-tsira, mbô hahavitanareo mahay ny fomba tôkony hamalianareo ny ôlogno tsiaraikiaraiky.⁷Raha reo momba zaho, dia i Tykyko no hagnambara regny aminareo. Izy dia rahalahy tiako, mpanômpo mahatoky, avakeo mpiara-manômpo akao amin'ny Tômpo.⁸ Nalaifako akagny aminareo izy noho zao, mbô hahavitanareo mahay ny raha mahakasiky zahay, ary mbô ahavitany mampahery ny fônareo. [Fagnamariahagna akagny ambanin'ny pejy: reo dikan-tsôratra sasany talôha magnan-jao: "nalaifako akagny aminareo izy noho zao, mbô hahavitany mahay reo raha mikasiky areo, avakeo mbô hahafahany mampahery ny fônareo".]⁹ Nalaifako izy niaraka tamin'i Onesimosy, lehy rahalahy matoky salakady tiako, lehy araiky aminareo. Zareo no hagnambara aminareo ny raha jiaby lehy afa niboaka tatô.¹⁰Aristarko, lehy miaraka migadra aminaha, dia miarahaba areo, karaha zany koa i Marka, havan'i Barnabasy (zay nazahoanareo baiko; izy koa mandaiha akagny aminareo izy, dia alaivo),¹¹ary Jesôsy koa zay nantsôvigny hoe Josto. Reo avy amin'ny voafôra reo fôgna no mpiara-miasa aminaha ho an'ny fanjakan-Jagnahary. Fampaheraizagna zareo.¹²Epafr dia miarahaba areo. Araiky aminareo izy ary mpanompon'i Kristy Jesôsy. Mitôlogno am-bavaka areo fôgna izy, mbô hahatantairaka areo avakeo hahazo antoko tantairaka akao amin'ny sitrapôn-Jagnahary jiaby. ¹³Fa mitsangana tomoa ho azy zaho, fa miasa mafy ho anareo izy, avakeo ho an'ny reo akagny Laodika, ary ho an'ny reo zay akagny Hierapolia. ¹⁴Lioka lehy mpitsabo olo tiako ndraiky Demasy dia miarahaba areo. ¹⁵Arahaba reo rahalahy akagny Laodika, ndraiky Nymfa, ary fiangonagna lehy akao an-tragnony. ¹⁶Koafa vokavaky akeo agnivonareo tô taratasy tô, dia atôvo vakigny akao amin'ny fiangonan'ny Laodikina koa, avakeo atôvo voavakinareo koa ny taratasy avy akagny Laodika.¹⁷ Ambarao i Arikipo hoe: "Tandremono ny asa fanompoagna zay nalainao tao amin'ny Tômpo, fao tôkony ho hatanareo zany."¹⁸Tô fanaovam-beloma tô dia atan'ny tagnako manôkagna-Paoly. Tsaroavo ny fifihaizako. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

1 Thessalonians

Chapter 1

¹Paoly, Silasy, ave Timoty nandaiha akagny amin'ny fiangonan'ny reo Tesaloniana aka amin'ny Zagnahary Baba ndraiky Jesôsy Kristy Tômpo. Ho aminareo anie ny fahasoavagna sindraiky fiadanagna. [Fagnamariahagna reo dikan-teny sasany talôha dia mivaky:] "Ho aminareo anie fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin'ny Zagnahary Baba ndraiky Jesôsy Kristy Tômpo."²Magnomia fisaoragna an'i Zagnahary lalandava zahay ny aminare jiaby, kay magnomagna areo amin'ny vavakay. ³Zahay dia tsy mijanogno ny mahatsiaro areo akeo alôhaka Zagnahary Babantsika ny asan'ny finoagnanareo, ny asan'ny fitiavagna, avakeo fahatokisagna mahadigny aila hoan' ny hoavy akao amin'ny Jesôsy Kristy Tompotsika.⁴Oà rahalahy tian-Jagnahary, hainay fao Izy dia afa nifidy are, ⁵Satria filazantsaranay dia avy taminare tsy vôlagna fôgna, fao tamin'ny angôvo fôgna koa, tamin'ny Fagnahy Masigny, ary fahatahoragna fôntry. Mitovy amin-jany, are fôgna koa dia mahay hoe ôlogno karaha ino zahay akeo aminareo noho ny aminareo.⁶Nanjary tôrotôro zahay ndraiky Tômpo areo, tamin'ny nangalanare ny vôlagna tamin'ny ady sarotro gaida ndraiky fihavanagna avy amin'ny Fagnahy Masigny.⁷vokatra zany, tonga ohatra hoan'ny jiaby lehy mankatô tagny Makedonia ndraiky Akaia koa.⁸Fao avy tamin-jareo no nagnenoan'ny vôlagn'i Tômpo, aveo tsy Makedonia ndraiky Akaia fôgna. Fao naifa, vôlagna amin'ny toeragna jiaby no iparitahan'ny finoagna an'i Zagnahary. Vokatra zany, dia tsy mila mivôlagna na ino na ino atsika. ⁹Fao zare fôgna hivôlagna zay fandraisagna azonay teo aminareo. Zare dia nivôlagna fomba nitodiahana tamin'i Zagnahary kay afaka taminjare ny sampy mbô hanompo an'i Zagnahary velogno ndraiky marigny.¹⁰ Zare dia nitatitry fao areo dia nandigny ny zanany avy agny andagnitry, zay natsangana tamin'ireo maty. Jesôsy zany, lehy nagnala atsika amim' ny fahavigniragna ho avy.

Chapter 2

¹Fao ny taignanareo dia mahay, ry rahalahy, fao ny favignanay teto aminareo dia tsy foagna. ²Hainareo fao teo alôha dia nijaly aveo nalaim-baraka tagny Filipy zahay. Zahay dia nahasaiky tao amin-Jagnahary hagnambara taminareo ny vaovao mahafalin-Jagnahary tao agnatin'ny fanohairagna be. ³Satria ny fagnanaranay dia tsy avy tamin'ny fahadisoagna, na avy tamin'ny fahalotoagna, na avy tamin'ny vandy. ⁴Fao naifa, araka ny fagnikailhan-Jagnahary zahay mbô hatokisagna amin'ny vaovao maharavoravo, noho zany dia mivolagna zahay. Mivolagna zahay, tsy mampiravoravo ny ologno, fao mampiravoravo an-Jagnahary. Izy lay mahay ny fônay. ⁵Satria dia tsy nampiasa na aforiagna na aforiagna regny teny rahôtagna zahay, araka ny hainareo, na koa ho fialan-tsigny amin'ny fagniriagna, satria Zagnahary no tomoanay. ⁶Na koa nizaha ny vogninahitry avy aminy ologno zahay, na koa avy aminareo na avy amin-jareo hafa. Zahay dia afaka nitaky reo tombotsoa karaha reo apostolin'i Kristy. ⁷Fao naifa, zahay dia maora teo aminareo karaha niny mankahery ny zanany natairany. [Fagnamarihagna: Reo dikan-teny hafa sanany dia mivaky magnan-tô: "Fao naifa, zahay dia mitôvy zazamadiniky teo aminareo, koafa mankahery ny zanany natairany ny nininy."] ⁸Dia mitôvy zany ny nanagnanay fitiavagna ho anareo. Ravo zahay mirasa aminareo, tsy ny vaovao maharavoravo an-Jagnahary foagna, fao ny fiaignanay manôkagna foagna koa. Satria areo dia nanjary taigna tiànay. ⁹Satria tsaroanareo, ry rahalahiky, ny asanay ndraiky ny fijalianay. Andro aman'aligny no niasanay mbô tsy ahavitanay mampitonga mavaisatra ny araiky aminareo. Tamin-jany fotoagna zany, dia nitôry ny vaovao maharavoravon-Jagnahary taminareo zahay. ¹⁰Areo no tomoa, aveo Zagnahary ndraiky koa, fao masigny, ndraiky marigny, avekeo tsy manan-tsigny ny fitondran-tainganay teo aminareo zay mino. ¹¹Mitôvy zany ndraiky koa dia hainareo hoe nanankory no natanay taminareo tsiraikiraiky karaha ny atan'ny baba amin'ny zanany natairany, ¹²nangavigny ndraiky nankahery aveo namporisiky areo zahay, mbô handaiha amin'ny fomba zay magnaiva an-Jagnahary, zay magnantso areo handaiha akao amin'ny fanjakagnany ndraiky ny voninahitrinazy manôkagna. ¹³Fao zany antony zany no isaoranay indraiky koa an-Jagnahary lalan-dava. Fao areo koafa nahazo avy taminay ny hafatran-Jagnahary zay regninareo, dia niraisinareo zany tsy karaha ny volagn'ologno. Fao naifa, niraisinareo zany araka zay marigny, dia ny volagnan-Jagnahary. Zany volagna zany ndraiky koa no miasa akeo aminareo zay mino. ¹⁴Satria areo, ry rahalahiky, dia nanjary karaha reo fiangonan-Jagnahary akagny Jodia zay amin'i Jesôsy Kristy. Fao areo ndraiky koa dia nijaly tamin'ny reo raha reo koa nohiny natan'ny reo tanindrazagna araiky aminareo, mitôvy ny nahazo zareo koa noho ny natan'ny Jiosy taminazy. ¹⁵Zareo Jiosy no namono na an'i Jesôsy Kristy na zareo mpagnazary. Zareo Jiosy no nandroaka zahay. Tsy nisaotra an-Jagnahary zareo. Fao naifa, zareo dia fahavalon'ologno jiaby. ¹⁶Zareo dia nagnadraova zahay tsy hivolagna amin-jareo Jentilisa mbô tsy hamonjiagna zareo regny. Vokatra zany dia mamano ny fahotan'ny aigniny lalan-dava zareo. Na fahavigniragna dia tsy maintsy avy akeo amin-jareo amin'ny farany. ¹⁷Tafisaraka taminareo zahay, ry rahalahiky, nandritra ny fotoagna fohy, tamin'ny fagna traihagna fao tsy tamin'ny fô. Taigna nazôto fatatra zahay, nagniry mafy, ny hahita ny sôranareo. ¹⁸Satria nagniry ny handaiha aminareo zahay, zaho, Paoly, mazagna, naifa nanakagna zahay i Masantôko. ¹⁹Fao ino moa fanantenagnanay hy ho avy, na aravoagna, na satro-bogninahitry ny fandrasiagna akeo agnatraihan'i Jesôsy Tompontsika amin'ny fiaviagnany? Moa tsy areo karaha zareo hafa koa moa? ²⁰Fao areo no vogninahitrinay ndraiky aravoagnanay.

Chapter 3

¹Nony zany , koafa tsy afaka niaritry zany eky zahay, dia neritreretinay fao tsara ny mipaitraka manaokagna tao Atena.² Nagnandaifa an'i Timoty zahay, rahalahinay ndraiky mpiara-miasa ho an-Jagnahary ao amin'ny vaovao mahafalin'i Kristy, mbô hagnamafy ndraiky hankahery momban'ny finoagnanareo. [Fagnamarihagna: ny dikan-teny sasany hafa talôha dia mivaky hoe: "Nagnandaifa an'i Timoty zahay, rahalahinay ary mpanompon-Jagnahary ao amin'ny vavao mahafalin'ny Kristy." ³Natanay zany mbô tsy hisy ôlogno ho taitry noho ny fahoriagna reo. Fao ny taignanareo dia mahay fao zany no nagnirahagna atsika.⁴Marigny tatôbe, koafa niaraka taminareo zahay, dia nivolagna mialôha taminareo fao atsika dia tsy maintsy ampahoriagna, ary niboaka zany, araka ny hainareo. ⁵Noho zany antony zany, koafa tsy nahadigny zany eky zaho, dia nagniraka mbo ahaizako ny finoagnanareo. Angamba ny mpalaka fagnahy dia afa nalaka fagnahy areo, ary ho tsisy dikany ny asantsika.⁶Fao homby tatô aminay avy tagny aminareo i Timoty ary nitondra ny vaovao maharavoravon'ny finoagna ndraiky fitiavanareo ho nihinay. Nivôlagna taminay izy fao areo dia managna fahatsiarovagna tsara zahay foagna, ary areo dia magniry mafy ny hahita zahay karaha ny fagnirianay hahita areo. ⁷Noho zany, ry rahalahiky, zahay dia nampaherezinareo nohon'ny finoagnanareo, tao agnatin'ny fitaintaignagna ndraiky fahoriagnanay jiaby.⁸Fao avaizo velogno zahay, izikoa mirikitry mafy amin'ny Tompo areo. ⁹Fao fisaoragna manakory no azonay amegny an-Jagnahary ny aminareo, tamin'ny aravoagna jiaby zay anagnanay teo agnatraihan-Jagnaharinay avy aminareo? ¹⁰Mivavaka mafy andro aman'aligny zahay biaka hahita ny endrikareo ndraiky hamatsy zay tsy ampy ao amin'ny finoagnanareo. ¹¹Zagnahary Babantsika vokany, ary Jesôsy Tompontosika anie, hagnitsy ny lalagnanay ho aminareo. ¹²Ny Tômpo anie hampômbo ndraiky hampiditry amin'ny fifankatiavanareo amin'ny hafa ndraiky ôlogno jiaby, hotry ny atanay aminareo koa. ¹³Izy anie hagnamafy ny fônareo, kay mbô tsy hanantsigny amin'ny fahamasignagna zareo akeo agnatrehana-Jagnahary Babantsika, amin'ny fiavian'i Jesôsy Tompontosika mboanjareo masigny jiaby.

Chapter 4

¹Ary farany, oà rahalahy, mampahery ndraiky magnanatra are zahay aka amin' ny Tompo Jesôsy. Raha nahazo reo fampianaragna avy aminay are mahakasiky ny fomba tsy maintsy handihiananare ndraiky hampiravoravoagnare an' i Zagnahary, ny amin' io lalâgna andianagna io fogna koa, dia mbô hagnanaovanare mihoatra zany. ²Fao are dia mahay fampianaragna zay namenay are tamin' ny alalan' ny Jesôsy Tompo. ³Fao zao no sitran-Jagnahary, dia ny hagnamasigny areo, mbô hialanareo amin'ny fijangajanganareo, ⁴lehy ahaizan'ny tsiraikeraiky avy aminareo ny fomba azahoagna ny fanaka ny aigniny akao amin'ny fahamasignagna vogninahitra, ⁵tsy amin'ny filan-dratsy(tôtroto reo jentilisa lehy tsy mahay zagnahary.) ⁶Aoka tsy hisy ôlognohandika na hagnaratsy ny rahalahiny amin-jany. Fao ny Tômpo no namaly amin'ny regny raha jiaby regny, karaha ny nampitandtraimanay mialôha ndraiky nitsangananay tomoa taminareo. ⁷Fao Zagnahary tsy nagnantso zahay ho amin'ny fahalotoagna, fao amin'ny fahamasinagna. ⁸Noho zany lehy tsy magneky zany dia tsy magneky olôgno, fao Zagnahary, lehy nagnamia Fagnahy Masigny hoanareo⁹Mahakasiky ny fifankatiavan'ny mpirahay, tsy mila olôgnon-kafa areo hanôratra hoanareo, fao areo aignynareo dia nampianarin-Jagnahary mbô hifankatia. ¹⁰Atanareo tatô zany, hanareo rahalahy jiaby zay airan'iMakedonia. Fao zahay dia magnanatra areo, oà rahalahy, mbô hagnano mihoatra. ¹¹Magnanatra areo koa zahay mbô hagnandragna hiaigny ampilaminagna, handiniky ny raharahanareo manokagna, aveo hiasa amin'ny aigninareo, araka ny nagnirahanay areo, ¹²mbô hanagnanareo fitondrantaigina tsara ake alohaka reo tsy mankatô avake tsy hanagna raha hampijaly. ¹³Fao tsy tianay tsy ho hanareo, oa rahalahy, ny mahakasika reo lehy afa naty, mbô tsy haharavagna areo tôtrotrô reo ambiny lehy tsy managna antoko ny amin'ny hoavy. ¹⁴Fao raha mankato atsika fa Jesôsy dia maty ave nitsangagna ndraiky, dia karha zany koa no hitognoasan-Jagnahary miaraka amin'i Jesôsy reo lehy afa naty tao aminazy. ¹⁵Fao tô no nambaranay aminareo tamin'ny tenin'ny TOMPO, fao atsika lehy veligno, zay mbôla tavaila amin'ny faviagnan'ny Tompo, dia tsy hialôha tatô reo lehy afa maty. ¹⁶Fao ny aignin'ny Tômpo hirôrogno avy agny andagnitry. Ho tonga miaraka amin'ny feo ambony Izy, miaraka amin'ny feon'ny Arkanjely, aveo amin'ny trompetran-Jagnahary, ave ny maty akao amin'ny Kristy no hitsagnagna voalohany. ¹⁷Aveo atsika lehy velogno, lehy mbôla tavaila,hiaraka hiakatra aminjareo agny amin'ny rondro kay hitratro amin'ny Tompo agny amin'ny habakabaka. Aminjany die hiaraka amin'ny Tômpo lalandava atsika. ¹⁸Noho zany, mifankaheraiza amireo teny reo.

Chapter 5

¹Avaizo mikasiky reo fotoagna ndraiky reo vanim-potoagna, ry rahalahy, tsy mila na ino na ino voasaoratra hoareo areo. ²Fao areo haiginareo mahay tsara fao ny andron'ny Tompo dia ho avy mitôvy ny mpangalatra amin'ny aligny. ³Koafa mivolagna zareo, "Miadagna sy milamigny," dia fahapotaihagna tsy hampoizigny no hoavy amin-jareo. Hitôvy ny fahararian'ny vaiavy bikibo koafa mitairaka zany. Tsy hoafaka hilaifa laste zareo. ⁴Fa areo, ry rahalahy, dia tsy agnatiny haizigny kay hahatakatra areo tsy hampoizigny ny mpangalatra ny andro. ⁵Fa areo jiaby dia zanaky ny mazava ndraiky zanaky ny andro. Tsy zanaky ny haligny atsika na ny mahizigny. ⁶Amin-jany, alôhy atsika tsy hoandry mitôvy ny fatan'ny ambiny. Fao naifa aoka atsika hiambigny ndraiky hahonon-taigna. ⁷Fa reo zay mandry dia magnano zany amin'ny aligny, ary reo zay mamono dia magnano zany fogna koa amin'ny haligny. ⁸Fa raha mbôla an'ny andro atsika, dia tsy matsy mahonon-taigna atsika ary misikigny finoagna ndraiky fitiavagna ho fiarovana-tratra, ary ny antony ny famonjiagna amin'ny hoavy ho fiarovandaohan-tsika. ⁹Fao Zagnahary tsy nagniraka atsika ho amin'ny fahatezairagna, fa hahazoagna ny famonjiagna amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy Tompontosika. ¹⁰Izy lehy maty ho antsika, na mifoha atsika na mandry, dia afaka miara-miaigny aminy. ¹¹Kay noho zany mifampionôgna ary mifampaheraiza areo, hotry ny afa nitsabonare. ¹²Mangataka aminareo zahay, ry rahalahy, mbô hagnikaiharenao zay mikely aigny aminareo sy mitondra areo amin'ny Tompo ary zay magnanatra areo. ¹³Mangataka areo fogna koa zahay mbô hagnaja zareo am-pitiavagna noho ny asan-jareo. Mihavàgna amin'ny haiginareo. ¹⁴Magnanatra areo zahay, ry rahalahy: mampitandraima ny fikorontanagna, hampaherezo reo kivy, ampià reo malemy, maharaita amin'ny jiaby. ¹⁵Indro tsisy ôlogno mamaly ratsy ny ratsy na amin-jôvy na amin-jôvy. Fao naifa, mitsakaraha zay tsara ho an'ny tsiraikiaraiaky sy hoan'ny jiaby. ¹⁶Miravoa lalandava. ¹⁷Aza mijanogno mivavaka. ¹⁸Mankasitraha amin'ny raha jiaby. Fao zany no sitrapon-Jagnahary ao amin'i Jesôsy Kristy aminareo. ¹⁹Aza mamono ny Fagnahy. ²⁰Aza magnano tsinotsinona reo faminaniagna. ²¹Andramo ny raha jiaby. Mifikira amin'ny zay tsara. ²²Alao reo fisehoagnan'ny ratsy jiaby. ²³Zagnahary ny fiadanagna anie hampamasigny anao tantairaka. Aoka ny fagnahinareo jiaby, ny aigny, aveo ny vatagna dia hakajigny tsy hanantsigny ho amin'ny fahatongavan'ny Jesôsy Kristy Tompontosika. ²⁴Mahatoky lehy magnantso anao, lehy ariaky zay hagnano zany fogna koa. ²⁵Ry rahalahy, mivavaha fogna koa hoanay. ²⁶Arabaio amin'ny fagnoraohagna masigny ny rahalahy jiaby. ²⁷Mangataka aminareo amin'ny Tompo zaho mbô ho vakigny amin'ny rahalahy jiaby tô taratasy tô. ²⁸Ho aminareo anie ny fahasoagna ny Jesôsy Kristy.

2 Thessalonians

Chapter 1

¹Paoly, ndraiky Silasy, aveo Timoty, hoagny amin'ny fiangonan-jareo Tesaloniana ao amin-Jagnahary Babantsika sy Jesôsy Kristy Tompo. ²Hoaminareo anie ny Fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary Babantsika ndraiky Jesôsy Kristy Tompo. ³Zahay dia tôkony hagnamia fisaoragna Zagnahary hoanareo fogna, ry rahalahy. Fao zany no tsara tsabogny, satria tegna mitômbô fatatra ny finoagnanareo, ndraiky ny fitiavagna areo tsiraikiaraiaky dia mitômbô ho an'ny hafa. ⁴Noho zany dia zahay haiginay dia mivolagna am-piraiharaihagna mahakasiky areo eo amin'reo fiangonan-Jagnahary. Zahay dia mikoragna ny mahakasika ny faharaitanareo aveo ny finoagnanareo tamin'ny zay raha jiaby nagninjaihagna areo. Mikoragna mahakasiky reo fahoriagna zay niaraitanareo. ⁵Zany dia famantaragna ny fitsaragna marin-Jagnahary. Ny vokany dia hiraisigny ho mendriky ny fanjakan-Jagnahary zay nijalinareo areo. ⁶Marigny amin-Jagnahary ny hamaly fahoriagna reo zay nampijaly areo, ⁷ary hagnamia fitsaharagna aminareo zay nampahoriagna niaraka taminay. Hotsabony zany amin'ny fiboahan'i Jesôsy Tompo avy agny andangitry miaraka amin'reo anjelin'ny ngôvony. ⁸Ao amin'ny môtô milolalola no hagnanaovany ny valifaty amin'reo zay tsy mahay Zagnahary ndraiky amin'reo zay tsy mamaly ny vaovao maharavoravon'i Jesôsy Tompontosika. ⁹Zareo dia hijaly amin'ny famaizagna ny fandranganagna bariky ditany lavitry ny fagnatraihan'ny tompo ndraiky vogninahirty ny ngôvony. ¹⁰Hitsabo zany zany Izy koafa avy amin'ny zany andro zany mbô hagnamaizan'ny ôlogno anazy vogninahitry Azy ndraiky reo jiaby zay nino. Fao ny fijoroagnanay vavolombelogo aminareo dia ninoagna. ¹¹Noho zany mivavaka lalandava areo fogna koa zahay. Mivavaka zahay mbô ho mendriky ny hiraisin-Jagnaharintsika amin'ny fagnantsaovagana areo. Mivavaka zahay mbô hitantanterahiny amin'ny ngôvo ny fagniriagnanareo ny fahatsaragna ndraiky asan'ny finoagna jiaby. ¹²Mivavaka

ho an'reo raha reo zahay mbô amianareo vogninahitry ny agnaragna Jesôsy Tompontosika. Mivavaka zahay mbô hamiazany vogninahitry areo, nohon'ny fahasoavan-Jagnaharintsika ndraiky Jesôsy Kristy Tompo.

Chapter 2

¹Avaizo ny mahakasikin'ny fahatongavan'i Jesôsy Kristy Tômpontsika sindraiky namoriagna atsika hiaraka aminazy: magnontany areo zahay, oa rahalahy, ²mbô tsy fôntry tabataba na hangôrohôro areo, na amin'ny totry, na amin'ny hafatra, na amin'ny taratasy lehy karaha ny hoe ho tonga aminay, noho ny vokatry ny fahatongavan'ny zany andron'ny Tômpo zany.³Aza ambaila hisy ôlogno hamadiky areo na amin'ny fomba karakôry. Fa tsy hoavy zany izy koa tsy avafaran'ny fahatongavan'ny fahalavoagna, avakeo ny lalahy mpanôratra lalâgna dia abolaiginy, ny zanaka ny faharatagna. [Fanamariahagna: ny dikan-tsôratra talôha sasany dia mivaky hoe: "ary ny lalahy mpagnano raha tsy manjary dia abolaiginy"]. ⁴Izy lehy mamaly ndraiky mampiakatra ny haignianazy amin'ny raha jiaby antsôvigny hoe Zagnahary na lehy ivavahagna. Vokatra zany, dia nantotry tao amin'ny Tempolin-Jagnahary izy ary nagnambara haignianazy ho karaha Zagnahary.⁵Tsy tsaroanareo moa fao letry zaho niaraka taminareo dia afa nivôlagna reo raha reo?⁶ Avaizo hainareo ino no mitagna azy, mbô hiboahany amin'ny fotoagna mety araiky fôgna. ⁷Fao ny raha-mivôn'ny fandikan-dalâgna dia afa miasa, misy ôlogno araiky fôgna manakagna azy avai zo papiky angalagna azy teo amin'ny lalagna.⁸Avakeo lehy taigina mpanôratra lalâgna dia habolaiginy, zay hovanon'i Jesôsy Tômpo amin'ny fofokaigin'ny vavany. Ny tômpo dia hinday azy amin'ny taisy dikany amin'ny alalan'ny fihoahan'ny faviagnanazy.⁹ Ny faviagnan'ny lehy taigina mpanôratra lalâgna dia noho ny asan'ny Masantôko miaraka amin'ny ngôvo jiaby, reo famantaragna, ary reo fahagagagna tsy mitombigny, ¹⁰avakeo miaraka amin'ny vandy jiaby ny amin'ny tsy fahamarinagna. Reo raha reo dia ho an'ny reo lehy very, satria zareo dia tsy nangala ny fitiavan'ny fahamarinagna mbô hahavoavonjy zareo. ¹¹Noho zany antony zany dia magnandaifa asan'ny fahadisoagna Zagnahary mbô hinoan-jareo vandy.¹² Vokatra zany dia hatsaraigny aby izy jiaby, reo lehy mankatô ny fahamarinagna fao kanaifa mangala fahafinaraitagna amin'ny tsy fahamarinagna.¹³Fao zahay dia tôkony magnamia fisaoragna an-Jagnahary fôgna aminareo, oa rahalahy nitiavin'ny Tômpo. Fa Zagnahary no nisafidy areo karaha reo voalôham-bokatra ho an'ny fagnavotagna amin'ny fagnamasianagna ny Fagnahy sindraiky ny fankatoavagna ny fahamarinagna. [Fanamariahagna: ny dikan-tsaoratra sasany dia magnan-jao: "Fa Zagnahary dia nisafidy areo rango tamin'ny voalôhany tagny ho an'ny fagnavotagna"]. ¹⁴Zany no nagnantsôvany areo tamin'ny alala'ny vaovao maharavoravo mbô hazahoantsika ny vogninahitr'i Jesôsy Kristy Tômpontsika.¹⁵ Kay noho zany, ry rahalahy, mitsangana mafy. Tano reo fahamarinagna lehy nagnanaragna areo. Na tamin'ny vôlagna na tamin'ny taratasinay.¹⁶ Avaizo aoka i Jesôsy Kristy Tômpontsika taigany, avakeo Zagnahary Babantsika lehy tiantika sindraiky nagnamia atsika fampaheraizagna baroko dintany sindraiky ny fahatokisagna tsara ho an'ny ho avy amin'ny alalan'ny fahasoavagna,¹⁷ hampahery avakeo hamaitraka ny fônareo amin'ny asa tsara jiaby ndraiky vôlagna.

Chapter 3

¹Avaïzo, ry rahalahiky, mivavaha hoanay, mbô ho diraigny ndraiky hamem-bogninahitry ny vilagnan'ny Tompo, dia mitovy zany koa ny aminareo. ²Mivavaha mbô ho afaka amin'ny reo ratsy fagnahy ndraiky olon-dratsy zahay, fao tsy ny jiaby no manam-pinoagna. ³Fao ny Tompo dia mafatoky, zay magnamafy origny ndraiky miambigny areo amin'ny lay ratsy. ⁴Managna fahatokisagna amin'ny Tompo mitahy areo zahay, mbô sady hanaovanareo no nanohizanareo reo raha zay nandiagna zahay areo. ⁵Ny Tompo anie hitariky ny fônareo ho amin'ny fitiavan-Jagnahary ndraiky ny fiaraitan'i Kristy. ⁶Avaïzo magniraka areo zahay, ry rahalahiky, amin'ny agnaran'i Jesôsy Kristy Tompontosika, mbô hiala amin-jareo rahalahy jiaby zay miaigny akao agnatin'ny hakamoagna ndraiky tsy araka reo fomban-drazagna zay nalainareo taminay. ⁷Fao areo taignanareo dia mahay fao manjary aminareo ny mangala tahaka zahay. Tsy niaigny teo agnivonareo karaha reo zay tsy nanagna fitsipiky zahay. ⁸Tsy nihinagna hanignin'ologno tsy nahaloa vôla zahay. Fao naifa, niasa andro aman'aligny tamin'ny asa sarotro ndraiky ny zava-tsarotro zahay, mbô tsy ho ainta-mavaisatra ho an'ny tsiraikiraiky aminareo. ⁹Tsy hoe avy amin'ny tsy fanagnagna fahefagna no nagnanaovanay zany. Fao naifa, nagnano zany zahay mbô ho fitaratra hoanareo, kay mbô hangalatahaka zahay areo. ¹⁰Koafa niaraka taminareo zahay, dia nandidy areo hoe: "Koa misy araiky tsy ti-hiasa, dia tsy tôkony hihinagna izy." Fao maharegny zahay fao miraviravy tagnagna ¹¹ny sanany aminareo. Tsi miasa zareo fao mpitsabaka. ¹²Avaïzo reo ologno karaha zany dia hirahinay ndraiky hagnarianay amin'i Jesôsy Kristy Tompo, mbô hiasa am-panginagna ndraiky hihinagna ny hanin-jareo manôkagna. ¹³Fao areo, ry rahalahiky, aza mamono taïna amin'ny fanaovagna zay marigny. ¹⁴Koa misy tsy magneky ny volagnantsika amin'ny tô taratasy tô, hamariho akeo amimason'ologno izy ary aza managna fifandraisagna aminazy, kay mety ho maingatra izy. ¹⁵Aza raisigny ho fahavalo izy, fao anaro mitovy ny rahalahy. ¹⁶Fao lay Tompon'ny fiadagnagna anie hagnamia fiadagnagna areo amin'ny reo fotoagna ndraiky amin'ny reo fomba jiaby. Ho aminareo jiaby anie ny Tompo. ¹⁷Tô no fagnanaovako veloma, zaho Paoly, tamin'ny tagnagnanaha, zay famantaragna amin'ny taratasy jiaby. Zao no soroatako. ¹⁸Ny fahasoavan'i Jesôsy Jesôsy Kristy Tompontosika anie ho aminareo jiaby.

1 Timothy

Chapter 1

¹Paoly, apostolin'i Kristy Jesôsy araka ny didin-Jagnahary mpagnavotro atsika ndraiky Kristy Jesôsy tokintsika, ²hoan'i Timoty, zanaka lahy marigny amin'ny finoagna: Fahatsaragna, famindram-pô, aveo fiadanagna avy amin-Jagnahary Iada ndraiky Kristy Jesôsy Tompontosika. ³Araka ny nangatahiky mafy ho tsabonao koafa niala tao Makedonia zaho, mibidôha ao Efesosy mbô hahafahanao mibeko reo ôlogno sasany tsy hampianatra foto-pampianaragna hafa. ⁴tsy tokony hitandrigny reo tantara ndraiky tetiarana tsisy fahatapairany zareo. Reo dia nitairaka adi-hevitry fao tsy magnapy drafitry Zagnahary, zay amin'ny alalan'ny finoagna. ⁵Avakeo ny tanjon'didy dia fitiavagna amin'ny fô madio, avy amn'ny feon'ny fieritreretagna tsara, ary avy amin'finoagna tsy miatsaravelatsihy. ⁶Ny ôlogno sanany dia tsy nahatakatra ny tanjogno aveo niala tamin'ny reo raha reo hoagny amin'ny lahateny laifadaifaka. ⁷Zareo dia te ho mpampianan-dàlagna, kanaifa zareo tsy mahazo zay koragniny ndraiky hizingizin-jareo. ⁸Fao atsika ndraiky mahay fao ny lalàgna dia tsara raha misy araiky mampiasa azy amin'ny ara-dalàgna. ⁹Atsika dia mahay zany, fao ny lalàgna dia tsy natao hoan'ôlogno marigny, fao hoan'ny mpandika lalàgna ndraiky ôlogno mpikomy, hoan-jareo ratsy fagnahy ndraiky mpanota, avakeo hoan'ny reo zagnaharin-diso ndraiky tsy masigny. Zany dia natao hoan'ny reo mpamono ôlogno, ¹⁰hoan'ny reo ratsy fitondran-taigna ara-nôfo, hoan'ny reo Sodomitana, hoan'ny reo mpangala ankeriny ôlogno mbô hoandevozigny, hoan'ny reo mpavandy, hoan'ny reo antomoa tsy marigny, aveo na ino na ino hafa manohitry ny fampianaragna mahatoky. ¹¹Io fampianaragna io mifagnarakana amin'ny vava mahafalin'ny vogninahitry Zagnahary voatahy zay nankignigny taminaha. ¹²Isaorako Kristy Jesôsy Tompontosika. Nampahery zaho Izy, fao natany mahatoky zaho, aveo nanendry zaho hoamin'ny fanompoagna Izy. ¹³Zaho dia mpivaolagna ratsy, mpagnenjiky, avake lalahy mahery setra. kanaifa nahazo famindram-pô zaho satria tamin'ny tsy fahaizagna no nitsaboako zany noho ny tsy finoagna. ¹⁴Fao ny fahasoavan'ny Tompontosika no nandrakotro tamin'ny finoagna ndraiky zay ao amin'i Kristy Jesôsy. ¹⁵Zao hafatra zao dia azo antoko ndraiky magnaiva ny fangnikiagna jiaby, fao Kristy Jesôsy dia tonga teto antany hagnavotro reo mpanota. Zaho no taïna ratsy tamin'ny reo. ¹⁶Fao nohony zany antony zany no namindragna fô taminaha, mbô amin'ny alalako, ny taïna lehibe, Kristy Jesôsy dia mety hagnaboaka ny fahiraitany jiaby. Nitsabo zany Izy ho aohatra hoan'ny reo zay magniry hatoky Azy hoamin'ny fiainagna bariky dintany. ¹⁷Aveo hoan'ny mpanjakan'ny tagno, tsy mety maty, tsy hita maso, ny Zagnahary taokagna, anie ny laza ndraiky vogninahitry

bariky dintany doria. Amena.¹⁸ Zao didy zao no amiako anao, Timoty, zanako, araka reo faminaniagna natao mahakasiky anao tagny alaoha, fao anao mety hiady ny ady tsara, ¹⁹ ny fitanagna ny finoagna ndraiky ny feon'ny fieritreraitagna tsara. Tamin'ny fandavagna zany, misy ny nagnano sambo vaky ny finoany. ²⁰ Rango tamin'i Hymeneo ndraiky Aleksandro, zay natôlotro hoan'i Satana mbô ampianarigny zareo tsy hivaolagna ratsy.

Chapter 2

¹Taigna voalahany noho zany, mapirisiky zaho fao reo fangatahagna, vavaka, finoagna, aveo fisaoragna dia natao hoan'ny ôlogno jiaby, ²hoan'ny reo mpanjaka ndraiky reo jiaby eo amin'ny fahefagna, mbô ahafahantsika miaigny am-piadanagna ndraiky miaigny milamigny amin'ny toe-pagnahy araka Zagnahary ndraiky fahamendriahagna jiaby. ³Zany dia tsara ndraiky azo kehigny eo agnatraihan-Jagnahary mpanjakantsika. ⁴Iriany mbô ho avaotagna jiaby ny ôlogno jaby aveo ho tonga amin'ny fahaizagna ny marigny. ⁵Fao araiky faogna Zagnahary, aveo araiky faogna mpagnailagnailagna Zagnahary ndraiky ny ôlogno, dia lehy lalahy Kristy Jesôsy. ⁶Izy nagnamia haigniny ho vidim-pagnavaotagna hoan'ny reo jiaby, hotra ny fitsanganagna antomoa amin'ny fotoagna tôkony ho izy. ⁷Fao natao ho mpitory ndraiky ho apostoly. Mivaolagna marigny zaho. Tsy mavandy zaho. Mpampianatra reo jentilisa amin'ny finoagna ndraiky fahamarinagna zaho. ⁸Noho zany, tiako ny lalahy na aiza na aiza mbô hivavaka ndraiky hagnainjantagnagna masigny tsy am-pavigniragna na amin'ny fifandiragna. ⁹Karaha zany koa, tiako ny vaiavy mbô hagnanolamba magnaiva haigniny, amin'ny fahamaontignagna ndraiky fahafihaizan-taigna. Tsy tôkony hagnano volo mirandragna, na volamaina, na voahangy, na ankanjo lafo vidy. ¹⁰Tiako zareo hitsabo lamba amin'zay mety hoan'reo vaiavy zay magnaboaka toe-pagnahy araka Zagnahary amin'ny alalan'ny reo asa tsara. ¹¹Ny Vaiavy tôkony hianatra am-pahanginagna aveo hagneky tantairaka. ¹²Tsy ambailako hampianatra vaiavy na hampianatra fahefagna amin'ny lalahy, fao hijanogno agnaty fahanginagna ¹³Fao Adama no niforônigny voalaohany, aveo Eva. ¹⁴Adama tsy voafitaka, fao ny vaiavy no voafitaka tantairaka tamin'ny fandikan-dalàgna. ¹⁵Na zany aby, ho avaotagna izy amin'ny alalan'ny fitirahan-jaza, raha mitôhy amin'ny finoagna ndraiky fitiavagna aveo fahamasinagna miaraka amin'ny fahononan-taigna.

Chapter 3

¹Matokia zao vaolagna zao: Raha misy ôlogno araiky magniry ny ho mpiandraikitry, dia magniry asa tsara izy.² Noho zany ny mpiandraikitry tsy maintsy tsy managna tsigny. Tsy maintsy manam-bady vaiavy araiky izy. Izy tôkony hahay handanjanja, misy fagnahy, tia filaminagna, tia mandray ôlogno. Tsy maintsy mahay mampianatra izy. ³Tsy tôkony za-dratsy amin'ny divay izy, tsy mpila ady, fao ndraiky malemy fagnahy, feno fiadagna-pô. Izy tsy tôkony ho tia vaola.⁴Tôkony hitantagna tsara ny tokantragnony izy, aveo reo zanany tôkony hagneky azy am-pagnajagna tatôbe. ⁵Fao raha tsy mahay mitantagna tokatragnony izy, akôry no hikarakarany fiangonan-Jagnahary?⁶Tsy tôkony ho ôlogno vao niaova fô izy, mbô tsy hiebohebo kay ho lavo amin'ny fagnamelohagna ny devoly.⁷Izy fagna koa tsy maintsy tsara laza amin'ny reo ôlogno egny ambailany, mbô tsy ho lavo agnaty fahafaham-baraka ndraiky fandriky ny devoly.⁸Reo Diakona, hotra zany faogna koa, dia tôkony ho mendriky. Zareo tsy tôkony higiaka divay maro loatra na tsy mahay onona ara-kanigny. ⁹Tôkony hitagna fahamarignan'ny finoagna nambara miaraka amin'ny feon'ny fieritreraitagna madio.¹⁰Zareo faogna koa dia tôkony ho sedraigny alaoha, avakeo tôkony hanompo satria tsy manantsigny zareo.¹¹Reo vaiavy faogna koa tôkony ho magnaiva hotra zany. Tsy tôkony ho mpagnendrikendriky zareo. Tôkony hahay handanjanja aveo mahatoky amin'ny raha jiaby. ¹²Reo Diakona dia tôkony hanambady vaiavy araiky. Tsy maintsy mitantagna tsara reo zanany ndraiky tokatragnon-jareo. ¹³Fao reo zay nanompo tsara dia handray laza tsara ndraiky fahatokisagna gaida amin'ny finoagna hoan'ny haignin-jareo zay ao amin'i Jesôsy Kristy.¹⁴Manaoratra reto raha reto aminao zaho, avakeo magnantaigna ny hoavy tsy hoaila akagny aminao zaho.¹⁵Fao raha tara zaho, dia manaoratra mbô hahazanareo ny fitondran-taigna ao amin'ny tokatragnon-Jagnahary velogno, lehy vato fehizoro ndraiky fioraignan'ny fahamarinagna.¹⁶Tsy azo lavigny fao ny fahamarinagna nambara zay araka Zagnahary dia gaida: "Izy dia niboaka tamin'ny nôfo, nihamarignan'ny Fagnahy, hitan'ny anjely, nambara tagnivon'ny reo firenena, ninoan'izao tontolo zao, avakeo nasandratra tamim-bogninahitry."

Chapter 4

¹Avaizo, mivaolagna tsara ny Fagnahy fao amin'ny fotoagna afara agny hiala amin'ny finoagna ny ôlogno sasany aveo mitandraima tsara ny amin'ny reo fagnahy mpamitaka ndraiky reo fampianaran'ny reo masantôko ²amin'ny fiatsaram-belatsihin'ny mpavandy. Fao voamarika amin'ny vy mahamay ny feon'ny fieritreraitan-jareo.³Ho araovan-jareo ny manam-bady ndraiky ny mandray reo hanigny zay niforônin-Jagnahary ho zaraiginy miaraka amin'ny fisaoragna amin'ny reo zay mino ndraiky zay mahay ny marigny. ⁴Fao tsara raha jiaby zay niforôgnin-Jagnahary. Tsisy holavigny ny raha niraisintsika tamim-pisaoragna. ⁵Fao nihamasiniginy tamin'ny koragnan-Jagnahary ndraiky vavaka zany. ⁶Raha apaitraka agnatraihany reo rahalahy raha reo, dia ho mpanompo tsaran'i Jesôsy Kristy areo. Fao nitezaiginy tamin'ny reo koragnam-pinoagna ndraiky tamin'ny fampianaragna tsara zay narahinareo areo. ⁷Fao lavo ny angano tantarain'ny vavy hantitry. Fao ndraiky, tarito hagnamia vogninahitry Zagnahary ny haigninareo. ⁸Fao ny vatagna ho fanigny dia hely faogna no azo ampiasaina azy, naifa fampiasa amin'ny raha jiaby ny toaitra araka Zagnahary. Mitagna ny fampanantenagna amin'ny tô fiainagna avaizo tô ndraiky ny fiainagna hoavy.⁹Tô hafatra tô magnaiva atokisagna ndraiky magnaiva fahafinoan'ny fagninkiagna.¹⁰Fao noho zany dia hitôlogno ndraiky hiasa mafy atsika. Fa mahatoky ao amin-Jagnahary velogno atsika, zay Mpagnavotro ny ôlogno jiaby, indrindra zareo mino.¹¹Ambarao ndraiky ampianaro reo raha reo.¹²Aoka tsy hoisy ôlogno hagnano tsinotsinona ny fahatanoragnanao. Fao ndraiky, aoka ho aohatra hoan'ny reo zay mino, amin'ny fivolagnagna, fitondrantaigina, fitiavagna, finoagna, aveo fahadiovagna. ¹³Mandra-paviako, tohizo ny famakiagna, ny fagnanaragna, ndraiky ny fampianaragna.¹⁴Aza ato tsinotsinona ny fagnomaizam-pahasoavagna zay ao aminao, zay namiagna anao tamin'ny alalan'ny faminaniagna, niaraka tamin'ny fambilagna tagnagna reo sojabe.¹⁵Tandremo regny raha regny. Meteza hoa akao aminjareo, mbô hibaribary amin'ny ôlogno jiaby ny fandrosoagnanao. ¹⁶Tandremo tsara ny haigninao ndraiky fampianaragna. Tohizo regny raha regny. Fao raha magnano hotra zany, dia ho vonjegy ny haigninao ndraiky reo zay mitandregny anao.

Chapter 5

¹Aza masiaka amin'gny antilahy. Fao ndraiky, anaro hotra ny iada izy. Anaro hotra ny rahalahy reo lalahy tanora. ²Anaro hotra ny niny reo antiboavy, aveo reo vaiavy tanora hotra ny anabavy ao amin'ny fahadiovagna jiaby. ³Magnajà reo mpitondrataigna, reo taigna mpitondrataigna. ⁴Fao raha mananjanaka na zafikely ny mpitondrataigna araiky, dia ambilao zareo alaoha hianatra hagnamboaka fagnajagna amin'ny tokatragony. Aoka zareo hamaly babiagna reo ray aman-dreny, satria ankasitrahin-jagnahary zany. ⁵Fao ny taigna mpitondrataigna dia nambaila taokagna. Mamaitraka fitokisany amin-jagnahary izy. Mitoaitra lalandava amin'ny reo fangatahagna ndraiky vavaka andro aman'aligny. ⁶Na zany aby, ny vaiavy zay miaigny hoan'ny fahafinaraitagna dia maty, na dia mbôla velogno aby izy. ⁷Torio zany raha zany mbô tsy anagnan-jareo tsigny. ⁸Fao raha misy ôlogno tsy magnamia hoan'ny reo havany marikitry, indrindra hoan'ny reo zay amin'ny fianakaviany, dia nandà ny finoagna izy aveo ratsy mandilatra noho ny tsy mpino. ⁹Aoka ho soroatagna ho mpitondrataigna ny vaiavy zay tsy latsaky enimpôlo tagno, vaiavy araiky zay vadin'ny lalahy araiky. ¹⁰Tôkony ho hay noho reo asa tsara izy, na nikarakara reo zaza, na koa nampiantragno reo mpivahiny, na nanasa hongotro reo mpino, na nagnamaivagna ny ory, na nanolo-taigna tamin'ny asa tsara jiaby. ¹¹Fao hoan'ny reo mpitondra-taigna mbôla tanora ndraiky, aza magneky hanaoratra zareo agnaty lisitry. Fao koafa milavo-lefogno amin'ny nôfo hanohitr'i Kristy izareo, dia tehanambady. ¹²Amin'ny zany zareo hahazo fagnamelahagna satria namadiky fanolôrantagnany voalahany. ¹³Kay nanjary zatra kamo koa zare. Mandaihandaiha mitety tragno. Tsy hoe nanjary kamo faogna zareo, fao nanjary mpifaosa ndraiky mpila ady faogna koa. Mivaolagna raha zay tsy tôkony ho volagnigny zareo. ¹⁴Noho zany tiako hanambady reo vaiavy mbôla tanora, hitairaka, hikarakara tokantragno, mbô tsy ahafahany magnamia irika gny fahavalo hagnampanga zahay ho nagnano ratsy. ¹⁵Fao ny sanany afa nivily edy hagnaraka Satana. ¹⁶Raha misy vaiavy mino managna mpitondrataigna, aoka izy hagnampy zareo, mbô tsy hagnavaisatra ny fiangonagna, mbô hafahany hagnampy reo taigna mpitondrataigna marigny. ¹⁷Aoka reo sojabe zay manapaka tsara mbô ho raisigny ho mendrimbogninahitry indroan'ny tômbony, indrindra reo zay miasa miaraka amin'ny vaolagna ndraiky amin'ny fampianaragna. ¹⁸Fao hoizy Saoratra Masigny magnanjao: "Tsy tôkony hagnisy fehiny vavan'aomby anao raha mbôla mihinagna voa izy." Aveo koa: "Ny mpiasa dia mendriky ny karamany." ¹⁹Aza malaka fiampangagna manohitry sojabe araiky raha tsisy antomoa aroa na telo. ²⁰Ahitsio agnatraihan'ny jiaby reo mpanota mbô hatahotro ny sasany. ²¹Mandidy anao mafy zaho agnatraihan-jagnahary ndraiky agnatraihan'i Kristy Jesôsy avakeo reo anjely voafidy, mbô hitananao reo didy reo tsisy fitsaratsaragna aveo mbô tsy hanaovanao na ino na ino amin'ny fiangaranga. ²²Aza malaky mamaitra-tanagna amin-jôvy na zôvy. Aza mikambagna amin'ny fahotagnan'ny ôlon-kafa. Tôkony hitagna ny haigninao hadio anao. ²³Tôkony tsy higiaka rano eky anao. Fao naifa, tôkony halaka divay hely anao hoan'ny vavony ndraiky reo aretigniao mateti-mitranga. ²⁴Ny fahotagnan'ny reo ôlogno sasany hay mibaribary, aveo zareo mandaiha alaohan'ny reo akao amin'ny fitsaragna. Fao ny ota sasany hagnaraka avy atoy afara. ²⁵Hotra zany faogna koa, misy asa tsara hay mibaribary, naifa reo sasany aby tsy azo avôny.

Chapter 6

¹Aoka reo jiaby zay ambanin'ny zioga hotra reo andevo mbô hagnano tòmpony ho magnaiva haja jiaby. Zareo tókony hagnano zany mbô tsy hivolagnagna ratsy ny agnaran-jagnahary ndraiky fampianaragna. ²Reo andevo zay managna tompo mino dia tsy tókony hagnano tsinotsinona zareo satria mpirahalaha aminazy. Fao ndraiky, zareo tókony hanompo hatragny hatragny. Fao reo tompo zay nampiagna tamin'ny asan-jareo dia mpino sady tiavigny. Ampianaro aveo ambarao reo raha reo. ³Hevero fao ny ôlogno mampianatra amin'ny fomba hafa aveo tsy magneky fanoroantsika ara-pinoagna, zay, koragnan'i Jesôsy Kristy Tompontosika. Hevero fao zareo tsy magneky fampianaragna zay mitondra akagny amin'ny toairagna araka Zagnahary. ⁴Zany ôlogno zany miraiharaiha aveo tsy mahay na ino na ino. Fao ndraiky, izy laifaka adihevity ndraiky reo fandrasiandahatra mahakasiky reo koragna. Regny koragna regny dia mitairaka fialonagna, fanevataivagna, ahiahy ratsy, ⁵aveo ny fifandonagna eo amin'ny reo ôlogno maloto fisainagna. Miala amin'ny marigny zareo. Mihevity izy fao toaitra araka Zagnahary no fomba ahatongavagna ho mpanankariagna. [Fagnamarihagna: Ny fandikagna talaoha sasany dia manôsoko zao: "Miala amin'ny raha hotra zany." Fao ny fandikagna talaoha taina tsara tsy manôsoko.] ⁶Avakeo ny toaitra araka Zagnahary miaraka amin'ny fahafaham-pô dia tòmpony goalahy. ⁷Satria atsika tsy nitondra na ino na ino amin'izao tontolo zao. Tsy hahavita hitondra na ino na ino atsika. ⁸Fao ndraiky, aoka atsika ho afa-pô amin'ny hanigny ndraiky ny fitafigna. ⁹Aveo reo zay te hanjary mpanan-kariagna dia latsaka agnatin'ny fakam-pagnahy agnatin'ny fandriky. Latsaka tagnatin'ny halifahagna ndraiky reo filâgna mampidi-doza maro zareo, aveo koa reo hafa mandetiky reo ôlogno amin'ny faharavagna ndraiky ny fandriganagna. ¹⁰Satria fôtotr'reo karazan-dratsy jiaby ny fitiavam-baola. Ny ôlogno sasany zay magniry zany dia afa voavily niala tamin'ny finoagna aveo nanindrogno ny haignin-jareo tamin'ny fahoriagna gaida. ¹¹Fao anao, ry lalalin-jagnahary, milifasa reo raha reo. Miezaha mitady fahamarinagna, ny toaitra araka Zagnahary, ny fahatokisagna, ny fitiavagna, ny faharaitagna, aveo ny hatsaram-pagnahy. ¹²Miadia ny ady tsaran'ny finoagna. Tano ny fiainagna bariky dintany fao hoamin'ny zany no nagnantsaovagna anao. Zany dia mahakasiky ny nitsangananao antomoa ny amin'zay inoanao tagnaitrahan'reo antomoa maro tamin'ny zay tsara. ¹³Zaho magnamia anao zany didy zany eto agnatrahan-jagnahary, zay nahatonga raha jiaby ho velogno, aveo agnatrahan'i Kristy Jesôsy, zay nivaolagna marigny tagnatrahan'i Pontio Pilato: ¹⁴Akajio tsara ny didy, tsy manan-tsiny, mandra-piboahan'ny Tompontosika Jesôsy Kristy. ¹⁵Zagnahary magnaboaka fisehoany amin'ny fotoagna tókony ho izy—Zagnahary, lehy araiky zay nitahigny, lehy ngôvo taokagna, lehy Mpanjaka zay manjaka, aveo lehy Tompo zay manapaka. ¹⁶Izy zeraiky faogna managna tsy fahafataisagna aveo midôko amin'ny hazavagna tsy azo hatôgnigny. Tsisy ôlombelogno mahita azy na afaka mizaha Azy. Hoazy tatô ny vogninahitry ndraiky angôvo bariky dintany. Amena. ¹⁷Volagno ny mpanan-kariagna amin'izao tontolo zao mbô tsy hiraiharaiha, ndraiky magnantaina hariagna, zay tsy azo antoko. Fao ndraiky, tókony hagnantaina Zagnahary zareo. Magnamia atsika hariagna marigny jiaby Izy mbô hiravoantsika. ¹⁸Volagno zareo mbô hagnano tsara, mbô hanan-kariagna amin'ny asa tsara, mbô halala-tagnagna, aveo vôgnogno hizara. ¹⁹Amin'ny zany fomba zany, dia ho hakajin-jareo ny fôtotro tsara hoan'ny haigniny amin'izay hoavy, kay hitanantsika ny taina fiainagna. ²⁰Ry Timoty, arovy zay namiagna anao. Ialao ny koragna alifahagna ndraiky ny fandrision-dahatra mifanohitry mahakasiky ny fagnantsaovagna diso ny amin'zay atao fahaizagna. ²¹Ny ôlogno sasany mivaolagna raha zany kay tsy nahatsiaro finoagan-jareo. Hoaminareo tatô ny fahasoavagna.

2 Timothy

Chapter 1

¹Paoly, apostolin'i Kristy Jesôsy tamin'ny alalagna sitrapôn-jagnahary, araka ny fampagnantainan'ny fiainagna zay akao amin'i Kristy Jesôsy, ²hoan'i Timoty, zanaka tiagna: Fahasoavagna, fiantragna, avakeo fiadanagna avy amin-jagnahary lehy lada ndraiky Kristy Jesôsy Tompontosika. ³Misaotra Zagnahary zaho, zay vavahako avy amin'ny reo razambenaha, miaraka amin'ny feon'ny fieritrieraitagna madio, karaha hatsaroavako anao lalan-dava amin'ny fivavahagnanaha andro aman'aligny. ⁴Karaha ny hatsaroavako reo ranomasonao, magniry mafy ny hizaha anao zaho, kay mety ho feno haravoagna zaho. ⁵Nampitsaroavigny taminaha ny fankatoavagnao marigny, zay niaigny somoilany tamin'ny ninibenao Loisa ndraiky ny nininao Eonisa, avakeo resy lahatra zaho ze io fao miaigny akao aminao koa zany. ⁶Zany no dikany ampahatsaraovako anao mbô hampiasanao ndraiky ny fagnampian-jagnahary akao aminao amin'ny alalan'ny famitrahako tagnagna. ⁷Foa Zagnahary tsy nagnamia fagnahin'ny amboriagna

atsika, fao ny ngôvo ndraiky fitiavagna avakeo fifihaizan-taigna.⁸Kay aza maignatra amin'ny fitsanganagna tomoa momban'ny Tompontsika, na aminaha, Paoly, lehy gadrany. Fao naifa, mirasà amin'ny fahoriagna ny vava maharavoravo araka ny ngôvon-Jagnahary.⁹ Fao Zagnahary no nagnavotro atsika ndraiky nagnantso atsika tamin'ny ansto masigny. Nagnano zany Izy, tsy noho reo asantsika, fao nohon'ny drafitry zay afa natany ndraiky ny fahasoavagnanazy. Na dia mbôla tsy nantomboko aby ny fotoagna dia afa nagnamia atsika regny raha regny tao amin'i Kristy Jesôsy Izy.¹⁰ Fao avaizo ny fagnavaotan-Jagnahary dia nambara tamin'ny alalan'ny fiboahan'ny Jasôsy Mpagnavotro atsika. Kristy zay nagnafoagna ny fahafataisagna avakeo ninday fiainagna zay tsy ho tapitry bariky dintany mbô hagnazava amin'ny alalan'ny vava maharavoravo. ¹¹Noho zany, dia voatôndro ho mpitory teny zaho, ho apostoly, avakeo ho mpagnanatra. [Fagnamarihagna: Reo dikan-tsaoratra talaoha sasany dia magnampy zao: "Ho an'ny Jentilisa."¹²Fao noho zany antony zany dia mijaly amin'ny regny raha regny koa zaho. Fao tsy maignatra zaho, satria haiky Izy lehy ninoako. Resy lahatra zaho fao afaka mitagna zay afa nankigniky taminazy Izy papiky tonga zany andro zany.¹³ Tano ny aohatra mahakasiky reo hafatra ny fankatoavagna zay regninreo taminaha, miaraka amin'ny fankatoavagna ndraiky fitiavagna zay akao amin'i Kristy Jesôsy.¹⁴ Ny raha tsara zay nitsabon-Jagnahary taminao, iambaiso amin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny zany, zay miaigny akao amintsika. ¹⁵Hainareo zany, fao ragha jiaby zay nipaitraka tagny Azia dia nivadiky taminaha. Akao amin'io fikambanagna io reo Fizelio ndraiky reo Hermozena. ¹⁶ Ano raha Tômpo hagnamia famindram-pô amin'ny tokantragnon'i Onesiforo, satria namelombelogny zaho mazagna izy avakeo tsy maignatra tamin'ny gadranaha. ¹⁷ Fao naifa, koafa tagny Roma izy, dia nizaha zaho mafy, kay hitany zaho. ¹⁸ Ny Tompo hagnabolaigany azy kay hahitany famindram-pô avy aminazy amin'ny zany andro zany. Reo faomba jiaby nagnampiany zaho tao Efesosy, dia hainareo tsara.

Chapter 2

¹Noho zany anao, zanako, maheraiza ao amin'ny fahasoavagna zay ao amin'i Jesôsy Kristy. ²Reo raha regninareo avy aminaha t'agnatraihan'ny antomoa maro, dia hankigno amin'ny ôlogno mahatoky zay afaka hampianatra ny sasany koa. ³Miaraita raha sarotro miaraka aminaha, tôtôtro ny miaramila tsaran'i Jesôsy Kristy. ⁴Tsisy miaramila manompo raha mbôla voafandriky reo raharahan'ny zao fiainagna zao, mbô hafahany mampiravo ny lehibeny. ⁵Avakeo, koa misy ôlogno mifaninagna hotra ny atleta, dia tsy mandray ny satro-boninahitry izy raha tsy mifaninagna amin'ny alalan'ny reo fitsipiky. ⁶Iaigny ny fandraisan'ny leha mpamboly zay miasa mafy ny anjara vokatra voalaohany. ⁷Diniho ny momba zay koragniky, fa ny Tompo no hagnamia areo ny fahatakaragna amin'ny raha jiaby. ⁸Tsarovy Jesôsy Kristy, avy amin'ny tamingan'i Davida, zay natsangagna tamin'ny maty. Zany dia araka ny hafatra ny vava maharavo naha, ⁹zay mampijaly zaho ny amin'ny famatoragna hotra ny mpamono ôlogno. Fao ny tenin-Jagnahary dia tsy voafatotro. ¹⁰Noho zany hiaraitako ny raha jiaby ho amin'ny reo voafidy, biaka ho afaka halaka ny fanavaotagna zay ao amin'i Kristy Jesôsy faogna koa zareo, miaraka amin'ny vogninahitry bariky ditany. ¹¹Tô vaolagna tô dia mendri-pitokisagna: "Raha maty niaraka taminazy atsika, dia ho velona hiraka aminazy faogna koa. ¹²Raha miaritra atsika, dia hanjaka hiaraka aminazy faogna koa. Raha mandà Azy atsika, dia handà atsika faogna koa Izy. ¹³Raha tsy mahatoky atsika, dia hahatoky faogna Izy, satria tsy afaka mandà ny haignianazy Izy. ¹⁴Ampahatsaraovy zareo lalandava reo raha reo. Ampitandremo eo agnatraihan-Jagnahary zareo biaka tsy hifamaly momba reo teny. Noho io dia tsisy raha ilagna. Noho io dia misy faharatisagna amin-jareo zay mitandregny. [Fagnamarihagna: ny dikan-teny sasany dia mivaky magnanjao: "Ampitandremo eo agnatraihan-Jagnahary zareo.] ¹⁵Amiazo ny tsara avy aminao mbô hanoloranao tena ho amin-Jagnahary hotra leha ankatoavigny, mpiasa zay tsy managna antony hahamaingatra, zay mampianatra ny tenin'ny fahamarinagna amin'ny tôkony ho izy. ¹⁶Ialao ny teny fanaivataivagna, zay mitondra agny amin'ny faharatsiam-pagnahy. ¹⁷Ny koragnan-jareo dia hiparitaka hotra ny fery mandoaka. Eo agnivoron'ny reo Hymeneo ndraiky Fileto. ¹⁸Zareo no lalahy tsy mbô nahay ny marigny. Mivaolagna zareo fao ny fitsanganagna amin'ny maty dia afa nisy. Narantin-jareo ny finoagnan'ny sasany. ¹⁹Na dia zany ndraiky, ny fôtorto mafy horigny Zagnahary dia mijoro. Managna tô saoratra tô: "Ny Tompo dia mahay reo zay nihinazy" avakeo "Zay jiaby manognogno ny agnaragna Tompo dia tsy maintsy miala amin'ny tsy fahamarinagna." ²⁰Ao amin'ny tragnon'ny mpanan-kariagna, dia tsy reo fipitrahan'ny vaola maina ndraiky vaola fôtsy faogna ny akao. Misy faogna koa reo fipitrahan'ny kakazo ndraiky tanimanga. Ny sasany amin-jareo dia ho ampiasaigny amim-bogninahitry, aveo ny sasany ho amin'ny fagnalam-baraka. ²¹Koa misy ôlogno magnadio ny haignianazy ho afaka amin'ny fahafaham-baraka, dia fipitrahagna manankaja izy. Izy dia voataokagna, ilain'ny Tompony, avakeo voahomagna amin'ny asa tsara jiaby. ²²Milifasa reo filàn'ny tanora. Mitadiava fahamarinagna, finoagna, fitiavagna, aveo fihavanagna miaraka amin'ny reo zay miantso ny Tompo amin'ny fô madio. ²³Naifa mandàva reo fagnontaniagna adala salakady ndraiky tsisy fôtony. Hainareo fao mitairaka ady reo. ²⁴Ny mpanompony Tompo dia tsy tôkony mifamaly. Fao ndraiky tsy maintsy malemy fagnahy amin'ny jiaby izy, mahay mampianatra, avakeo maharitra. ²⁵Tsy maintsy ao amin'ny fahalemam-pagnahy no ampianarany reo zay manohitry azy. Fao angamba Zagnahary mety hagnamia zareo fibaibahagna ho an'ny fahalalagna ny marigny. ²⁶Mety hôdy indraiky ny fisaignan-jareo aveo handao ny fandriky ny devoly, koafa avy nisambôrigny tamin'ny sitrapôny.

Chapter 3

¹Fao hainareo zao: amin'ny reo andro farany dia hisy reo fotoan-tsarotro. ²Satria ny ôlogno ho tia taigna, tia vaola, ho mpiraiharaiha, ho mpandoka taigna, tsy manôhotro iada ndraiky niny, tsy misaotra, avakeo tsy masigny. ³Tsy hanam-pitiavagna ny fianakaviagnanazy zireo, mpagnozonkôzogno, ho mpagnendrikendriky, tsy hahafehy taigna, hahery setra, tsy ho tia raha tsara. ⁴Ho mpamadiky zareo, tsisy eritreritry, mpagnambony taigna, tia fahafinaraitagna mihoatra noho reo tia Zagnahary. ⁵Hanagna ny toaitra karaha nihin-Jagnahary zareo, kanaifa tsy hagneky angôvoanazy. Mialà amin'ny regny ôlogno regny. ⁶Satria ny sasany tamin'ny reo dia reo lalaha zay miditry akao an-tokantragny avakeo mambabo reo vaiavy laifaka. Reo no vaiavy zay tsy afaka amin'ny fahotagna ndraiky voatariky amin'ny reo filàgna samihafa. ⁷Reo vaiavy reo dia mianatra faogna, kanaifa tsy ho avy amin'ny fahaizagna ny fahamarinagna velively. ⁸Karaha zany koa i Jana sindraiky i Jambra nitsangagna nanohitry i Mosesy. Tamin'ny zany dia nitsangagna koa reo mpagnanatra sandoko reo hanohitry ny marigny. Zareo dia lalahy maratra fisainagna, tsy nankasitrahiginy tamin'ny fankatoavagna. ⁹Fao tsy handroso lavitry zareo. Satria ny halifahagnanazy dia ho hita mazava amin'ny ôlogno jiaby, karaha ny reo lalaha reo. ¹⁰Fao izy koa areo ndraiky, dia afa nagnaraka ny fagnanarako, ny fitondragna, ny fikasagna, ny finoagna, ny faharaitam-pô, ny fitiavagna, ny faharaitagna, ¹¹reo fagnindriagna, reo fijaliagna, avakeo zay niboaka taminaha tagny Antiokia, tagny Ikonioma avakeo tagny Lystra. Niaritry reo fagninjaihagna zaho. Avy amin'ny reo raha jiaby reo, dia nagnavotro zaho ny Tompo. ¹²Zay jiaby ti-hiaigny araka ny faomban-Jagnahary akao amin'i Kristy Jesôsy dia hirindrigny. ¹³Reo ôlon-dratsy ndraiky reo mpisantoko dia ho agny amin'ny ratsy lalandava. Zareo dia hitariky reo ôlon-kafa handaiha agny amin'ny lalagna tsy manjary. Avakeo zareo haigniny dia ho voatariky amin'ny zany. ¹⁴Fao izy koa areo ndraiky, mipitraha akao amin'ny reo raha zay afa nianaranareo ndraiky zay afa nankatoavinareo mafy hoe avy amin-jôvy no afa nianaranareo. ¹⁵Hainareo fao rango fahazazagna dia afa nahay reo asa saoratra masigny areo. Regny hahafa hampahisy fagnaha areo ho amin'ny fagnavaotagna amin'ny alalan'ny finoagna Jesôsy Kristy. ¹⁶Ny Saoratra Masigny jiaby dia avy amin'ny nôfin-Jagnahary. Zany dia tômbony amin'ny fotoam-pagnanaragna, ho an'ny fanondroagna reo diso, ho an'ny fagnitsiagna, avakeo ho an'ny fagnofanagna amin'ny fahamarinagna. ¹⁷Zany dia mbô hahatonga ny lalahin-Jagnahary hahay tsara, ndraiky ho voahomagna tantairaka amin'ny asa tsara jiaby.

Chapter 4

¹Zaho dia magnamia tôle didy hainjagna tôle akeo ankilan-Jagnahary ndraiky Jesôsy Kristy, zay hitsara ny velogno ndraiky ny maty, avakeo noho ny fiboahany ndraiky ny fanjakagnanazy.² Magnambarao ny Teny. Mivognaosa na amin'ny fotoagna na tsy amin'ny fotoagna. Magnanàra, mivolàgna mafy, mampirisiaha, amim-paharaitagna ndraiky fampianaragna jiaby.³ Satria ho avy ny fotoagna zay tsy hadignaisan'ôlogno ny feon'ny fampianaragna. Fao naifa, zareo dia hisafidy mpagnanatra zareo araka reo fagniriagnan-jareo manaokagna. Reo dia hagnitikitiky sôfignin-jareo.⁴ Halaka sôfignin-jareo amin'ny fahamarinagna reo, avakeo hivezigny akagny amin'ny reo angano.⁵ Kanaifa areo, minimineo tsara ny raha jiaby. Hiaraito ny raha sarotro; atôvo ny asan'ny evanjelista; tantiraho ny fanompoagnanareo.⁶ Satria afa hamiagna zaho edy. Afa tonga ny fotoagna hialako.⁷ Zaho dia afa nahavita ny ady tsara; afa nahaifa ny lomoay zaho; afa nitanako ny finoagna.⁸ Ny satro-bogninahitry ny fahamarinagna dia afa voataokagna hamiagna zaho, zay hamian'ny Tompo, lehy mpitsara marigny, ho nihinaha amin'ny zany andro zany, avakeo tsy ho ninaha zeraiky faogna, fao hoan'ny reo jiaby zay nitia ny fisehoagnanazy koa.⁹ Amezo zay tsara jiaby avy aminao mbô handihanagna atô aminaha malaky.¹⁰ Satria i Demasy afa niala zaho. Tiany zao tontolo zao avakeo afa nandaiha tagny Tesalonika izy. Kreska dia nandaiha akagny Galatia, avakeo Titosy nandaiha agny Dalmatia.¹¹ Lioka zieraiky edy miaraka aminaha. Alaivo i Marka avakeo ndeso izy miaraka aminao satria ilaiky amin'ny asa izy.¹² Tykiko dia nalaifako tagny Efesosy.¹³ Lehy saimbo zay nambailako tao Troasy miaraka amin'ny Karpo, ndeso igny koa tonga anao, avakeo reo boky, indrindra reo mifôgno hôditry.¹⁴ Aleksandro lehy mpanefy varahigny dia nagnabaribary asa ratsy maro taminaha. Ny Tompo dia hamaly azy araka reo asanazy.¹⁵ Anao koa dia tôkony hitandrigny ny haiginao aminazy, satria izy dia manohitry mafy reo koragnanay.¹⁶ Tamin'ny fiaraovan-taignanaha somoilany, tsisy nanaohagna zaho. Fao naifa, ny ôlogno jiaby niala zaho. Aoka mbô ho voaheloko amin'ny zany zareo.¹⁷ Fao ny Tompo dia nitsangagna tankilako avakeo nankahery zaho mbô, amin'ny alalagnanaha, ny fagnambaragna dia afaka atao tantairaka, avakeo mbô afaka haharegny reo Jaintilisa jiaby. Zaho dia avotro tamin'ny vavan'ny liona.¹⁸ Ny Tompo dia hagnavotro zaho amin'ny asa ratsy jiaby avakeo hagnavotro zaho amin'ny fanjakagnanazy akagny an-dangitry. Ho nihinazy ny vogninahitry bariky dintany. Amena¹⁹ Atôvo veloma i Prisila, i Akoila, avakeo reo fianakaviagnan'i Onesiforosy.²⁰ Erasto dia nipaitraka tao Korinto, fao i Trofimo dia nilahaosako fao narary akao Mileto.²¹ Amezo lehy taigna tsara avy aminao mbô hahatongavagna alaohan'ny rirignigny. Magnano veloma anao i Eolobolo, avakeo Poda koa, Lino, Klaodio, avakeo reo rahalahy jiaby.²² Ano raha hiaraka amin'ny fagnahinao ny Tompo. Ano raha hoavy aminareo ny fahasoavagna.

Titus

Chapter 1

¹Paoly, mpanompon-Jagnahary avakeo Apostolin'i Jesôsy Kristy, hagnamafy ny finoagnan'ny ôlom-boafidin-Jagnahary ndraiky ny fahaizagna ny marigny zay magnaraka ny toe-pagnaha araka nihin-Jagnahary,² amin'ny fahatokisagna ny fiainagna bariky dintany, zay nampanantainin-Jagnahary, lehy tsy mavandy, rango fahagola.³ Tamin'ny fotoagna voatôndro, dia naboakany ny koragnany tamin'ny hafatra zay natokisany ho ambarako. Nataoko zany araka ny didin-Jagnahary lehy Mpagnavotro atsika.⁴ Ho an'i Titosy, zanaka marigny ao amin'ny fankatoavagna hitambarantsika. Fahasoavagna ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary lehy Iada ndraiky Jesôsy Kristy Mpagnavotro atsika.⁵ Nohon'ny zao antony zao no nambilako anao tagny Kreta, dia mbô handaminanao reo raha mbôla tsy vita ndraiky hanendry sojabe isaka ny tanàgna araka zay afa nagnirahako anao.⁶ Ny sojabe dia tsy tôkony hanan-tsigny velively, vadin'ny vaiavy araiky, managna zanaka mankatô tsy voambara ho magnara-pô amin'ny ratsy na maditry.⁷ Ilain'ny mpitandrigny, amin'ny maha-mpagnano ny asan-Jagnahary, ny tsy fanagnan-tsigny. Tsy tôkony hahery fininagnagna na miraiharaiha. Tsy tôkony ho maora vingitry, tsy mpimamo, tsy tia ady, avakeo tsy ôlogno tia vaola.⁸ Fao, tôkony hampandroso antragno izy, naman'ny zay tsara. Tsy maintsy mahonon-taigna, marigny, masigny, avakeo mahafehy taigna.⁹ Tôkony mitagna mafy ny hafatra zay afa nampianarigny izy, mbô ahafahany mampahery reo hafa amin'ny fagnanaragna tsara avakeo hagnitsy reo zay manohitry azy.¹⁰ Fao maro ny ôlogno mpikoragna, indrindra reo zay voafaora. Tsisy lanjany ny koragnanjareo. Mandiso fanantinagna ndraiky mitariky ôlogno agny amin'ny lalandiso zareo.¹¹ Ilaigny ny manakagna ziregny. Mampianatra zareo mbô hazahoagna hariagna maloto avakeo mandravagna ny fianakaviagna jiaby.¹² Nisy araiky taminjareo, zay lalaha misy fagnahinjareo, nivaolagna: "Ny Kretana dia mpavandy lalandava, ratsy avakeo biby mandoza, kamo bitaïnda."¹³ Marigny zany voavaolagna zany, noho zany anaro mafy zareo mbô hatanjaka amin'ny finoagna.¹⁴ Aza

miraharaha reo anganon'ny Jiosy na reo didin'ny ôlogno zay niala tamin'ny fahamarinagna.¹⁵ Ho an'ny reo zay madio, dia madio raha jiaby. Fao ho an'ny reo zay voaloto ndraiky tsy mankatô ndraiky, dia tsisy madio na ino na ino. Noho ny saigny ndraiky ny fieritriaraitagnanazy afa voaloto.¹⁶ Mankatô fao mahay Zagnahary zareo, kanaifa tsy magneky Azy amin'ny reo asany. Mpalaigny ndraiky mpandika lalàgna zareo. Tsy mahavita asa tsara na ino na ino.

Chapter 2

¹Fao anao ndraiky, mininàgna ze mifangnaraka amin'ny fagnanaragna marigny.²Reo lalaha afa nahazo tagno dia tsy maintsy mahay mitondra taigna, maotigny, mahonon-taigna, matanjaka amin'ny finoagna, amin'ny fitiavagna, avakeo amin'ny faharaitagna.³Karaha zany koa reo vaiavy afa nahazo tagno dia tôkony hagnaboaka lalandava ny haigninjareo ho tsara fitondran-taigna, fao tsy mpivaolagn'ôlogno. Tsy tôkony ho andevozin'ny divay be zareo. Tôkony hampianatra zay tsara zareo⁴ mbô hagnofagna reo vaiavy tanora ho taigna tia ny vady aman-janany manaokagna.⁵Tôkony hampianatra zareo hahonon-taigna, hadio, hikarakara tokantragno tsara, avakeo hankatô ny vadiny zareo. Tôkony hagnano zany zavatra jiaby zany zareo mbô tsy ho voaheso ny Koragnan-Jagnahary.⁶Karaha zany, ampaherezo reo lalahy mbôla tanora mbô hahonon-taigna.⁷Amin'ny fomba jiaby dia aboaho ny haigninao ho môdelin'ny reo asa tsara; avakeo izy koafa mampianatra anao, dia mampisehoa fahitsiagna ndraiky fahamendraitagna.⁸Mivaolagna hafatra salama ndraiky tsisy tsigny, mbô ho maignamaignatra zay manohitry na zôvy na zôvy, satria tsy managna na ino na ino ratsy hivolagnigny mahakasiky atsika izy.⁹Reo mpanompo dia tôkony hagneky ny tompony amin'ny raha jiaby. Hagnano zay sitrapôny fao tsy hifamaly aminazy.¹⁰Tsy tôkony hangalangalatra zareo. Fao, tôkony hampibaribary ny finoagna tsara jiaby zareo, mbô hampagnaiva ny fampianarantsika mahakasiky Zagnahary mpagnavotro atsika amin'ny lafiny jiaby.¹¹Fao afa nihoaka tamin'ny ôlogno jiaby ny fahatsaran-Jagnahary.¹²Mampianatra atsika tsy hagneky ny totry tsy araka an-Jagnahary ndraiky ny filagnan'ny zao tontolo zao zany. Mampianatra atsika hiaigny am-pihononagna, am-pahamarinagna, avakeo araka ny lalagnan-Jagnahary amin'ny zao vanimpotoagna avazo zany¹³eo am-pandigniaisantsika fatatra zay hangalantsika ny fagnantinagna mafitsaratsara, ny fiboahan'ny vogninahitrin'ny Zagnahary goalahy ndraiky Mpagnavotro Jesôsy Kristy.¹⁴Jesôsy dia nagnamia ny haigniny atsika mbô hagnavotro atsika hiala amin'ny tsy fagnarahan-dalàgna jiaby ndraiky hagnadiovagna, ho an'ny haignianazy, ôlogno araiky manaokagna zay taigna mazôto hagnano asa tsara.¹⁵Ambarao avakeo ndeso ampaherezigny reo raha reo. Magnamaiza fagnitsiagna amin'ny fahefagna jiaby. Aza ambaila hoisy ôlogno hagnano anao tsisy dikany.

Chapter 3

¹Ampaherezo zareo hagneky reo mpanapaka ndraiky reo manam-pahaifagna, hankatô zareo, ho vôgnogno amin'ny asa tsara jiaby.² Ampitsaroavo zareo tsy haniratsira na zôvy na zôvy, hiala amin'ny adihevitra, hagnambaila ny hafa hagnaraka ny lalagnanazy, avakeo hagnabaribary fanetrailhan-taigna amin'ny ôlogno jiaby.³Fao talaoha ny haingintsika dia tsy nanan-tsaigany avakeo tsy nankatô. Voatariky tamin'ny lalan-diso atsika avakeo nandevozin'ny filâgna ndraiky fahafinaraitagna isankarazany. Niaigany tao amin'ny faharatsiagna ndraiky fialonagna atsika. Natao halagna zahay avakeo nifampalaigany atsika.⁴Fao izy koafafa niboaka ny hatsaram-pagnahin-Jagnahary mpagnavotro atsika ndraiky ny fitiavany ny ôlombelgno,⁵dia tsy tamin'ny asan'ny fahamarinagna natantsika zany, fao tamin'ny famindram-pôny no nagnavaotany atsika. Izy dia nagnavotro atsika tamin'ny alalan'ny fagnadiovan'ny fahatiraham-bavà ndraiky fagnavaozagna tamin'ny Fagnahy Masigny.⁶Zagnahary nandatsaka fôntry tamintsika ny Fagnaha Masigny tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy Mpagnavotro atsika.⁷Natany zany mbô, ho voamarigany tamin'ny fahatsaragna, dia ho tonga mpandaova atsika amin'ny alalan'ny fahatokisagna ny fiainagna bariky dintany.⁸Zany hafatra zany dia magnaiva atokisagna. Tiako hivaolagna mahakasiky zany raha zany am-pahatokisagna areo, mbô reo zay mahatoky Zagnahary dia hikasa hagnano reo asa tsara zay afa napaitrany teo alaohan-jareo. Zany raha zany dia salakady tsara aveo mahatsara ho an'ny ôlogno jiaby.⁹Fao ialao ny adihevitra laifaka ndraiky ny tantaram-pirazanagna avakeo ny fifandiragna ndraiky ny ady mahakasiky ny lalâgna. Reo raha reo dia zava-poagna ndraiky tsy mahatsara.¹⁰Tsy magneky zay ôlogno jiaby mitairaka fizarazaragna eo agnivorareo, avafaran'ny fampitandrimagna indraiky na indroa,¹¹avakeo alaivo honogno fao ny ôlogno karaha zany dia niala tamin'ny lalagna marigany avakeo manota ndraiky magnameloko ny hainginy.¹²Koafa nagniraka i Artema na Tykiko agny aminareo zaho, dia malakilaky avakeo mandiana akagany aminaha agny Nikopolia, zay nanapahako hevitra andaniagna ny ririgniny.¹³Malakilaky avakeo alifaso Zena, lehy mpahay lalâgna, ndraiky Apolosy, mbô tsy hanan-draha-mampijaly zareo.¹⁴Ny ôlogno atsika dia tsy maintsy mianatra magnano asa tsara zay ilaigany malaky mbô tsy ahatonga zareo tsy hamokatra.¹⁵Reo jiaby miaraka aminaha dia magnano veloma areo. Manaova veloma reo zay tia atsika amin'ny finoagna. Hoaminareo tonga jiaby ny fahasavagna.

Philemon

Chapter 1

¹Paoly, voagadra an'i Jesôsy Kristy, ndraiky rahalahy Timoty ho an'i Filemona, namagna tianay aveo mpiara-miasa aminay,²avakeo ho an'i Apia anabavinay, ndraiky Arkipa miaramila namanay, ary ho an'i fiangonagna zay mivôry ao antragnonao.³Ho aminareo tatô fahasavagna ndraiky fiadanagna avy amin-Jagnahary Babantsika ndraiky Jesôsy Kristy Tômpo.⁴Misaotra Zagnahary lalandava zaho.⁵Mivaolagna anao zaho amin'ny fivavahako. Afa naharegny ny amin'ny fitiavagna ndraiky finoagna zay anagnanao ao amin'i Jesôsy Tômpo, avakeo ho an'ireo mpino jiaby zaho.⁶Mivavaka zaho mbô hahatonga fiombonagna amin'ny finoagna hahômby amin'ny fahalalagna ny raha tsara jiaby zay eo amintsika ao amin'i Kristy.⁷Fao nanagna haravovagna ndraiky fiononagna gaida zaho nohon'ny fitiavanao, satria ny fôn'ireo mpino dia nivelombelômigany tamin'ny alalanao, ry rahalahy.⁸Noho zany, na dia managna fahasakiagna jiaby ao amin'i Kristy aby zaho handidy anao mbô hagnano zay tôkony hitsabonao,⁹naifa nohony fitiavagna, dia magnantso anao faogna zaho— zaho, Paoly, lalahy antitra, ary avazo gadra ho an'i Jesôsy Kristy.¹⁰Mangataka anao zaho ny amin'ny zanako Onesimosy, zay natairako tamin'ny fatorako.¹¹Fao izy dia tsy nahatsara anao teo alaohaka, fa avazo dia mahatsara anao ndraiky zaho.¹²Nalaifako nipôdy ho agny aminao izy, izy lehy taigna tiako mandilatra.¹³Magniry ny hitagna azy miaraka aminaha zaho, mbô hahafahany manompo zaho ho anao, raha mbôla voafatotra nohon'ny vaovao maharavo zaho.¹⁴Naifa tsy te hagnano na ino na ino raha tsisy ny fagnikaihanao zaho. Tsy tiako ho an-katiriagna ny asa tsara tsabonao fao atsitra-pô.¹⁵Angamba noho zany no nisarahany taminao nanditra ny fotoagna fohy, mbô hanagnanao azy bariky dintany.¹⁶Tsy ho andevo eky izy, fao tsara mihotra noho ny andevo, dia rahalahy tiagna. Izy no tiagna tiagna aminaha, avakeo mandilatra lavitra ho anao, ao amin'ny nôfotro na ao amin'ny Tômpo.¹⁷Koa raha managna zaho ho mpira-miasa anao, dia raiso hotry zaho izy.¹⁸Raha magnano ny tsy mety izy na mitraosa na ino na ino aminao, dia atôvo ho zaho izany. Zaho, Paoly, manaoratra zao amin'ny tagnako.¹⁹Zaho no hagnaifa aminao. Tsy mivaolagna aminao hoe mitraosa ny hainginao aminaha anao.²⁰Ia, ry rahalahy, atôvy mahazo tômbony ao amin'ny Tômpo zaho; amiazao fitsaharagna ny fô-naha ao amin'i Kristy.²¹Ny toky mahakasiky ny fankatoavanao, no soroatako ho anao. Hainao fao hagnano mihoatra noho zay hangatahiko anao.²²Mandritra zany fotoagna zany faogna, amboaro ho

anaha ny tragno fandraisam-bahiny, fa magnantaigna zaho fao amin'ny alalan'ny vavakao dia hampôdy aminao ndraiky zaho.²³Epafrà, namako mpiara-migadra ao amin'i Jesôsy kristy, magnano veloma anao. ²⁴Karaha zany koa Marka, Aristarko, Demasy, avakeo Lioka, mpiara-miasa aminaha.²⁵ Ho amin'ny fagnahinareo tatô ny fahatsaran'i Jesôsy Kristy Tômpontsika. Amena.

Hebrews

Chapter 1

¹Talaoha aila be Zagnahary dia nivaolagna tamin'ny razambentsika tamin'ny alalany reo mpagnazary tamin'ny fotoagna maro ndraiky tamin'ny fomba maro. ²Fao aminy zao andro farany zao, dia nivaolagna tamintsika tamin'ny alalan'ny Zanaka lahy Izy, zay nirahiginy ho mpandaova ny raha jiaby. Tamin'ny alalany faogna koa no nagnamboaran'ny Zagnahary izao tontolo zao. ³Izy no famirapitan'ny vogninahitry Zagnahary, lehy taingna bikany. Na ny raha jiaby aby dia tanany hiaraka amin'ny alalan'ny ngôvony hainginy. Tafaran'ny nagnadiovany reo fahotagna, dia nipaitraka teo ambonin'ny tagnagna ankaheriny Lehibe agny amin'ny ambony izy.⁴Lôso ambony karaha reo anjely Izy, satria ny agnaragna nanakalavaingny dia tsara lavitry noho ny agnaragna njareo.⁵ Fao zôvy tamin'ny reo anjely no mbô nivolagnan-jagnahary magnanjao: Zanako anao, tonga iadanao Zaho niany" Aveo indray magnanjao: "Ho iada aminazy Zaho, avakeo ho zanaka hoanaha"?⁶Aveo koa, koafa nitondra ny lahimateo teto amin'ny zao tontolo zao Zagnahary, dia nivaolagna Izy nagnanjao: "Reo anjelin-Jagnahary jiaby dia tsy maintsy midaira Azy."⁷ Mahakasiky reo anjely dia niavaolagna Izy magnanjao: "Izy lehy araiky nagnano reo anjely ho fagnahy, avakeo reo mpanompony nataony laila-môtro."⁸Fao mahakasiky Zanaka dia nivaolagna Izy nagnanjao: Ny dabilio fiandriagnanao, Zagnahary, dia bariky tintany aveo ho doria. Ny tongôzon'ny fanjakananao dia tongôzany fitsaragna.⁹ Nitia ny fahamarignagna anao aveo nalaingny fandikiavan-dàlagna. Noho zany Zagnahary, dia nagnôsotro anao tamin'ny mainaka ny haravoagna mihoatra noho reo mpiara-dia aminao."¹⁰"Tagny amboalaohany, Tompo, Anao no namôrognô fôtoto tany. Reo langitry dia asan'ny tagnagnao. ¹¹Ho levogno zareo, fao Anao hanôhy. Ho triaka hotra ny tapa-damba zareo. ¹²Hamoritry zareo hotra ny fitafiagna anao, avake ho voagna karaha tapa-damba zareo. Fao anao dia hotra zany, aveo tagnonao, dia tsy hanam-pahatapairagna."¹³Fao zôvy taminy reo anjely no nivolagnan-jagnahary tamin'ny fotoagna jiaby magnanjao: "Midaoha eo amin'ny tagnan-kahery naha papiky agnanaovako reo fahavalonao ho dabiliontongotroa?"¹⁴ Moa reo anjely jiaby tsy fagnahy manompo, ndraiky nalaifa hamalavala reo zay handova ny famonjiagna?

Chapter 2

¹Noho zany atsika dia tsy maintsy mitandrigny taingna mafy amin'ny zay regnintsika, mbô tsy hagnara-drenirano amin'ny zany atsika.²Fao raha marigny ny hafatra zay nikoragnigny tamin'ny alalan'ny reo anjely, aveo ny fandikan-dalagna jiaby ndraiky ny tsy fankatoavagna dia mangala sazy ara-drariny,³dia akôry ary no hafahantsika milaifa raha tsy miraharaha zany famonjiagna goalahy loatra zany atsika? Io no famonjiagna zay nambarany Tompo voalaohany ndraiky namafisin-jareo zay naharegny zany tamintsika.⁴Tamin'io fotoagna io faogna Zagnahary dia nagnaprofo zany tamin'ny famantaragna, fahagagagna, aveo asa mafy isankarazany, avakeo tamin'ny fizaragna reo fagnomaizam-pahasoavan'ny Fagnahy Masigny araka ny sitrapôny.⁵Fao tsy tamin'ny anjely no nampagnikaihany Zagnahary izao tontolo zao hoavy, momba zay koragnintsika.⁶Fao ndraiky, nisy ôlogno nitsangagna ho antimoan'ny zany tagny hoagny, magnanjao: "Ino ny ôlogno, no mandiniky azy anao? Na ny zanak'ôlogno, no mikarakara azy anao?"⁷Anao nagnano ôlogno ambany hely noho reo anjely; nisatrohanao satro-bogninahitry tamin'ny vogninahitry ndraiky दौरा izy. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny sasany talaoha dia magnampy: "Ary anao nagnapaitraka azy ambonimbonin'ny reo asan'ny tagnagnao."]⁸Ny raha jiaby nampagnikaihinao eo ambanin'ny hongony." Fao hoazy no nampagnikaihan-Jagnahary raha jiaby. Tsy nagnambaila na ino na ino izy kay tsy nampagnikaihany azy. Fao zeo atsika tsy mbôla mahita raha nampagnikaihagna azy.⁹Fao atsika mahita lehy araiky zay nitsabony ambany noho reo anjely nanditrany fotoagna fohy: Jesôsy, zay, nohon'ny fijaliany ndraiky ny fahafataisany, dia nisatrôhagna satrobogninahitry tamin'ny vogninahitry ndraiky दौरा. Kay zeo tamin'ny alalan'ny fahatsaran-Jagnahary, no nagnandramany fahafataisagna hoan'ôlogno jiaby.¹⁰Fao mety amin-jagnahary zany, satria raha jiaby dia misy ho Azy avakeo amin'ny alalany, mbô hitondra zanaka maro hoagny amin'ny vogninahitry. Mety aminazy ny hahatonga mpitariky ny famonjiagna zareo ho feno amin'ny alalan'ny fijaliagna.¹¹Fao na ny ôlogno zay magnamasisy na reo zay voamasigny dia managna laoharano araiky. Noho zany dia tsy maingatra magnantso reo hoe rahilahy Izy.¹²Nivaolagna Izy magnanjao: "Hagnambara ny agnaragnao amin'ny reo rahilahiko Zaho, hihira mahakasiky anao avy ao agnatin'ny fivondronagna Zaho."¹³Avake koa, "Hatoky azy zaho." Ary koa: "Tô, aketo zaho ndraiky reo zanaka zay namianjagnahary zaho."¹⁴Noho zany, satria nôfo aman-drà reo zanaka Zagnahary, dia nirasa raha karaha zany niaraka tamin-jareo faogna Jesôsy, mbô hoamin'ny alalan'ny fahafataisagna no hagnafoagnany ny araiky zay managna ny ngôvon'ny fahafataisagna, dia ny devoly zany.¹⁵Zany dia mbô hahafahany reo jiaby zay nohon'ny tahotro ny fahafataisagna dia niaigny fiaignan'izy jiaby reo tao amin'ny fagnandevoznagna.¹⁶Fao mazava hoazy fao tsy reo anjely no vonjegny; fao naifa, ny taranak'i Abrahama.¹⁷Noho zany dia magnaiva Azy ny atao hotra reo rahilahiny amin'ny fomba jiaby, mbô ho mpisoronabe feno famindram-pô ndraiky fahatokisagna Izy amin'ny fifandraisagna amin'ny reo rahan-Jagnahary, aveo mbô hitondra momban'ny fambilagna reo fahotagnan'ôlogno.¹⁸Satria Jesôsy lasite no nijaly ndraiky nalaigny fagnahy, dia afaka magnampy reo zay alaim-pagnahy Izy.

Chapter 3

¹Noho zany, rahalahy masigny, nandrasa ny antson'ny langitry areo. Diniho ny momban'i Jesôsy, ny apostoly ndraiky mpisoronabe zay kehintsika. ²Izy dia nahatoky Zagnahary, zay nagniraka Azy, hotra Mosesy zay nahatoky tao antragnon-Jagnahary faogna koa. ³Fao Jesôsy afa niraisigny magnaiva ny voagninahitry lehibe noho Mosesy, satria zay magnorigny tragno no taigna manan-kaja ohoarigny amin'ny lehy tragno. ⁴Fao ny tragno jiaby zay nahorigny dia nisy ôlogno nagnorigny, fao ny araiky zay nagnorigny raha jiaby dia Zagnahary. ⁵Amin'ny lafiny araiky, Mosesy dia natokisagna karaha mpanompo tao atn-tragnon-Jagnahary araiky manontolo. Izy no antomoa mahakasiky reo raha zay tôkony afa nikoragnigny amin'ny hoavy. ⁶Fao Kristy no Zanaka bariky dintany ny tragnon-Jagnahary. Atsika no tragnony raha aohatra kay mitagna mafy ny angôvom-pô ndraiky ny fahatokisantsika atsika. ⁷Noho zany, zany dia hotran'ny koragnin'ny Fagnahy Masigny magnanjao: "Amizeo, raha mitandregny feonazy areo ⁸dia aza magnamafy fônareo hotra ny tamin'ny fikomiagna, tamin'ny fotoagnan'ny fitsapagna agny antany maty. ⁹Karaha zany ny razambenareo koafa nikomy tamin'ny alalan'ny fitsapagna Zaho, ary koafa, nandritry ny aifapôlo taogno, dia hitan-jareo ny asanaha. ¹⁰Noho zany dia tsy ravoravo Zaho amin'io taminga io. ¹¹Hoizy izy Zaho: 'Zareo dia voatariky lalandava akagny amin'ny lalan-diso ao am-pônazy. Tsy nahay lalagnanaha zareo. Hotra zany no nifantako tamin'ny fahavignirako nagnanjao: 'Tsy hiditry ao amin'ny fitsaharako velively zareo.'"¹²Mitandraima, rahalahy, biaka tsy hoisy na araiky aminareo aza hanagna fô ratsin'ny tsy finoagna, fao zay miala amin-Jagnahary velogno. ¹³Fao ndraiky, mifampahereza isan'andro, raha mbôla misy ny antsôvigny hoe: "Niany," mbô tsy hoisy aminareo ho mafy fô amin'ny alalan'ny vandy ny fahotagna. ¹⁴Fao atsika dia tonga mpiara-miasa amin'i Kristy raha aohatra kay mitagna mafy ny fahatokisantsika Azy hatragny amboalaohany kay zisiky amin'ny fiafaragna: ¹⁵Fao ny mahakasiky zany dia afa nivolagniky nagnanjao: "Zeo, Raha mitanregny feonazy areo, dia aza magnamafy ny fonareo hotra ny amin'ny fikomiagna."¹⁶Zôvy zay afa naharegny Zagnahary kay nikomy? Fao tsy reo jiaby zay niboaka avy tagny Egypta tamin'ny alalan'i Mosesy moa zany?¹⁷ Zôvy no nahavingitry azy nandritra ny aifa-pôlo tagno? Tsy reo zay nanota moa, zay lavo tagny antanaty maty ny fatin-jareo?¹⁸ Ho nihinjôvy no nifantany fao tsy hiditry ao amni'ny fitsaharagna zareo, raha tsy hoanjarahao zay tsy nankatô Azy? ¹⁹Hitantsika fao tsy afaka niditry tao amin'ny fitsaharany zareo nohon'ny tsy finoagna.

Chapter 4

¹Noho zany, aoka hitandrigny tsara atsika mbô tsy hoisy aminareo tsy afaka hahatakatra ny vaolagna fampanantenagna nambaila hoanareo mbô hidiranareo ao amin'ny fitsaharan-Jagahary. ²Fao atsika dia nagnambaragna vava maharavo hotra zareo reo. Fao zany hafatra zany dia tsisy tagnambo amin-jareo zay tsy nipaitaka tao amin'ny finoaga niaraka taminy reo zay nankatô . ('Fagnamarihagna: ny dikan-teny sasany dia mivaky hotra zao: "Fao zany hafatra zany dia tsisy tômbony hoanareo zay nitandregny azy tamin'ny tsy finoagna.")³Fao atsika zay nino dia reo zay hiditry amin'ny zany fitsaharagna zany, araka zay afa nikoragnigny nagnanjao: "Tôrotro ny nifantako tamin'ny havingiragnako, dia tsy hiditry velively amin'ny fitsaharako zareo." Fao na zany koa aby, ny asa famoraonagna dia vita tamin'ny fagnoraignagna izao tontolo zao. ⁴Fao izy nivaolagna tagny hoagny mahakasiky ny andro faha fito magnanjao: "Zagnahary nijanogno tamin'ny andro fahafito tamin'ny asa jiaby." ⁵Aveo mbôla nivaolaga ndraiky izy: "Zareo dia tsy hiditry velively ao amin'ny fitsaharako." ⁶Noho zany, satria mbôla voataokagna hoany sasany ny fidiragna ao amin'ny fitsaharagna nazy, avakeo satria maro reo Israelita naharegny vava maharavo tsy niditry tao nohon'ny tsy fagnikaihagna,⁷ dia nagnambaila andro araiky idraiky nantsôvigny hoe: "Niany" Zagnahary. Tafarany andro maro, dia nikoragna tamin'ny alalan'ny Davidy Izy, karaha zay nivolagniny talaoha magnanjao: "Niany raha mitandregny feonazy areo, dia aza magnamafy fônareo."⁸Fao raha Josoa no magnamia fitsaharagna zareo, dia tsy nikoragna mahakasiky ny andro araiky hafa Zagnahary. ⁹Noho zany dia mbôla misy Sabata fitsaharagna voataokagna hoany vahoakan-Jagnahary. ¹⁰Fao zay miditry ao amin'ny fitsaharan-Jagnahary dia nijanogno tamin'ny asany faogna koa, hotra ny natan-Jagnahary taminazy. ¹¹Noho zany aoka atsika hazôto hiditry amin'ny zany fitsaharagna zany, biaka tsy hoisy na araiky aby ho tafilatsaka amin'ny karazagna tsy fagnikaihagna zay natanjareo. ¹²Fao ny vaolagna Zagnahary dia velogno aveo mandaitry aveo marangitry noho ny meso aroa lailany. Zany dia manindrogno hatramin'ny fagnasarahagna ny aigny amin'ny fagnahy, ndraiky ny tognogno amin'ny tsoka lasite. Kay afaka fantarigny menimeny ny fô ndraiky reo fikasagnany.¹³ Tsisy famoraonagna nivôny teo agnatraihan-Jagnahary. Fao naifa, ny raha jiaby dia mibaribary ndraiky misaokatra eo imason'ny lehy araiky zay tsy maintsy hagnaboahantsika.¹⁴Noho zany, satria atsika dia managna mpisoronabe goalahy zay lôsogno namaky langitry, Jesôsy zanaka Zagnahary, dia nandaiha atsika hipaitaka mafy amin'ny finoagnantsika.¹⁵ Fao atsika dia tsy managna mpisoronabe zay tsy mahatsapa fangorahagna amin'ny fahalimiagnantsika.¹⁶ Fao naifa, atsika dia managna ôlogno araiky zay afa nalaim-pagnahy tamin'ny fomba jiaby hotra atsika, naifa Izy tsisy ota. Aoka atsika andaiha amin'ny fahatokisagna hoagny amin'ny dabilio fiandrianan'ny fahasovavagna, mbô handraisantsika famindram-pô ndraiky hahita fahasovavagna hagnampy amin'ny fotoagna ilagna zany.

Chapter 5

¹Fao ny mpisoronabe jiaby, voafidy avy tamin'ny ôlogno, dia nitindregny mbô hiasa amin'ny agnaran'ny ôlogno amin'ny reo raha mahakasiky Zagnahary, kay mbô hanolorany fagnomaizagna ndraiky fagnatitry hoan'ny ota. ²Izy dia afaka mifagnaraka mora amin'ny tsy mahay ndraiky ny maniasia satria izy haigniny faogna koa dia voadidin'ny fahalemiagna. ³Noho zany, izy faogna koa dia nitakiagna hanôlotro sôrognô hoan'ny reo otany manaokagna, karaha ny natany hoan'ny reo otan'ny ôlogno. ⁴Tsy hoan'ny haigniny no handraisana ôlogno zany vogninahitry zany. Fao naifa, izy dia nantsôvin-Jagnahary, karaha Arona. ⁵Dia hotra zany, Kristy tsy mbô nagnamia haja ny haigniny lasite tamin'ny fagnanaovagna ny haigniny ho mpisorognobe. Fao naifa, lehy araiky zay nivaolagna tamin'ny nivaolagna nagnanjao: "Zanako Anao; niany dia tonga Iadanao Zaho." ⁶Karaha zany faogna koa no nivolagnany tagny amin'ny toeragna hafa: "Anao dia mpisôrognô bariky dintany araka ny fomban'i Melkizedeka." ⁷Nandritran'ny reo andron'ny nôfony, Kristy nanôlotro vavaka ndraiky fangatahagna niaraka tamin'ny haiky mafy ndraiky ranomaso amin'ny Zagnahary, lehy araiky zay afaka magnavotro Azy amin'ny fahafataisagna. Regny Izy nohon'ny fangorahany. ⁸Na dia zanaka aby Izy, dia nianatra fankatoavagna tamin'ny reo raha zay niaraitany. ⁹Natao ho tonga lafatra Izy kay tonga, hoan'ny ôlogno jiaby zay magneky Azy, lehy laoharanon'ny famonjiagna bariky dintany. ¹⁰Dia nitindren-Jagnahary hotra ny mpisoronabe Izy araka ny fomban'i Melkizedeka. ¹¹Managna raha volagnigny maro mahakasiky Jesôsy zahay, fao sarotro ny magnazava zany hatramin'ny nahalalindalaovana ny fandrignaisanareo. ¹²Fao amin'ny zao fotoagna zao dia tôkony ho mpampianatra areo, areo dia mbôla mila ôlogno hampianatra areo reo fitsipiky fôtotry ny hafatra Zagnahary. Ronono no ilainareo, fao tsy ventinkanigny! ¹³Fao ny ôlogno zay migiaka ronono faogna dia tsy ampy traikaifa amin'ny hafatry ny fahamarignagna, satria izy dia mbôla zaza madiniky. ¹⁴Fao ny ventinkanigny dia hoan-jareo gaida. Reo dia zay voahaofagna tamin'ny fagnavahagna ny tsara amin'ny ratsy ny fahatakarany nohon'ny fahamatoran-jareo.

Chapter 6

¹Noho zany, andaiha havailantsika ny fiantomboahan'ny hafatr'i Kristy kay hagnatogno amin'ny fahamatoragna. Andaiha atsika tsy hagnambaila indraiky ny fôtotro ny fibaibahagna nohon'ny asan'ny maty ndraiky ny finoagna Zagnahary, ²na ny fôtotry ny fampianaragna mahakasiky batisa, ny famitrahan-tagnagna, ny fitsanganan'ny reo ôlogno maty, avakeo ny fitsaragna bariky dintany. ³Hagnano zany faogna koa atsika raha ambailan-Jagnahary. ⁴Fao tsy hay tsabogny hoan-jareo zay afa nazavaigny indrai-mandaiha zany, zay nagnandragna fagnimaizagna avy agny an-dangitry, zay nalaka Fagnahy Masigny, ⁵avakeo zay nagnandragna ny vaolagna tsaran-Jagnahary ndraiky reo ngôvony vanim-potoagna hoavy, ⁶naifa aveo dia lavo—tsy hay atao ny magnam-pôdy zareo amin'ny fibaibahagna indraiky. Zany dia satria nomboan-jareo hoan'ny haignin-jareo indraiky ny zanaka Zagnahary, avakeo nalaigny baraka ampahibemaso. ⁷Fao ny tany zay misy mahalegny mazagna avy amin'ny zany, ndraiky zay mamokatra reo raha maniry ilain-jareo ôlogno zay niasagna ny tany—io no tany zay mangala fitahiagna avy amin-Jagnahary. ⁸Fao raha mamokatra fatsiky zany, dia tsisy ilavagna azy avakeo afa marikitry ny fagnozaonagna. Ny fiafarany zany dia amin'ny firehaitagna. ⁹Fao zahay dia resy lahatra ny amin'reo raha taigna tsara mahakasiky areo, ô tiagna, raha zay mahakasiky famonjiagna, na dia mivaolagna hotra zany aby zahay.¹⁰ Fao Zagnahary dia tsy mbô tsy marigny kay hagnadigno ny asanareo ndraiky ny fitiavagna zay naboakanareo nohon'ny agnarany, satria areo dia nanompo reo mpino avakeo mbôla manompo zareo faogna. ¹¹Magniry mafy zahay mbô hagnaboaka fahazotoagna hotra zany hatramin'ny farany ny tsiraikiaraiky aminareo hoan'ny antoky ny fahatokiagna feno.¹² Zany dia mbô tsy ho lôso kamo areo, fao ho mpangalatahaka reo zay mandova reo fampagnantenagna amin'ny finoagna ndraiky faharaitagna. ¹³Fao tamin-Jagnahary nagnano ny fampagnantenany tamin'ny Abrahama, dia nifanta tamin'ny Haigniny Izy, koafa tsy afaka nifanta tamin'ny ôlogno taigna gaida.¹⁴ Nivaolagna Izy nagnanjao: "Zaho dia taigna hitahy anao, avakeo taigna hampamaro anao."¹⁵ Tamin'ny zany fomba zany, dia nahazo zay nampagnantenany tafaran'ny nandigniasany tamim-paharaitagna Abrahama. ¹⁶Fao ny ôlogno dia mifanta amin'ny ôlogno zay taigna gaida noho ny haignin-jareo. Isaka tapitry ny fifamaliagnan-jareo, dia misy voady araiky tsabogny ho fagnamasinagna. ¹⁷Koafa nanapa-kevitry ny hagnaboaka taigna mazava tamin'ny reo mpandaovan'ny fampanantenagna ny tsy fiovoan'ny lanjan'ny tanjony Zagnahary, dia namiany antoko tamin'ny voady zany. ¹⁸Natany zany biaka ho amin'ny alalan'ny raha tsy azo soafagna aroa—zay tsy hain-Jagnahary ny mavandy amin'ny zany—dia hanagna fampaheraizagna mantanjaka mbô hitanagna mafy ny fahatokiagna zay nambaila teo agnatraihantsika, atsika, zay nilaifa mbô hanagna fialofagna. ¹⁹Managna zany toky zany atsika ho aroa ndraiky vatofantsiky azo hiankinagna hoan'ny fagnahintsika, fahatokiagna zay miditry ao amin'ny fitoeragna agnatiny ao ambadiky ny lamba. ²⁰Jesôsy niditry tao amin'ny zany fitoeragna zany hotra ny mpialaoha lalagna hoantsika, kay tonga mpisoronabe bariky dintany magnaraka ny fomban'i Melkizedeka.

Chapter 7

¹Melkizedeka zany, mpanjakan'ny Salema, mpisôrognon-Jagnahary Taigna Agnambo, zay fanôjy tamin'i Abrahama koafa nimpôdy avy nandresy reo mpanjaka avakeo nitahy azy. ²Izy no namian'i Abrahama ny ampahafôlon'ny raha jiaby. Ny agnarany hoe: "Melkizedeka" dia midika hoe: "mpanjakan'ny fahamarinagna." Ny agnarany hafa dia "mpanjakan'i Salema," zany dia: "mpanjakan'ny fiadanagna." ³Izy dia tsy managna iada, tsy managna niny, tsy mangna razam-be, aveo tsy managna fahatapairan'ny fiainagna. Fao naifa, mitôvy amin'ny Zanaka Zagnahary izy, satria mipaitraka ho mpisôrognon bariky dintany. ⁴Zahavo ny hagdidasan'ny io lalahy io. Ny razambentsika Abrahama dia nagnamia ampahafôlon'ny reo raha zay azony tamin'ny ady. ⁵Amin'ny lafiny araiky, reo zanaka lahin'i Levy zay mandray ny fisorognagna dia managna beko avy amin'ny lalàgna mbô hamôry ny ampahafôlon-kariagna avy agny amin'ny reo ôlogno, zany dia avy amin'ny reo rahilahin-jareo, na zany aby zareo, faoagna koa, dia avy amin'ny vatan'i Abrahama. ⁶Fao amin'ny lafiny araiky, Melkizedeka, zay tsy voasaoritra avy amin-jareo ny taranany, dia nalaka ampahafôlon-kariagna avy amin'i Abrahama, avakeo nagnamia tso-drano azy, lehy araiky zay nanagna reo fampanantenagna. ⁷Tsisy fandavagna fao ny ôlogno taigna ambany dia amian'ny ôlogno taigna ambony tso-drano. ⁸Amin'ny zany tranga zany, ny ôlogno mety maty dia malaka ampahafôlon-kariagna, fao amin'ny tô tranga tô dia voaprofo fao mbôla velogno izy. ⁹Avake, amin'ny fomba fikoragnagna, levy, zay nalaka am-pahafôlon-kariagna, dia nagnaifa am-pahafôlon-kariagna tamin'ny alalan'ny Abrahama faogna koa, ¹⁰satria levy dia tao agnatiny haingindrazambeny koafa nitandregny tamin'i Abrahama i Melkizedeka. ¹¹Avaizo raha azo atao amin'ny alalan'ny fisoraognagna levitika ny fahatantirahagna (fao tao ambanin'ny zany ny ôlogno no nangala ny lalàgna), dia filàgna taigna goalahy ino no mety hisy hoan'ny mpisôrognon hafa mbô hitsanganagna araka ny fomban'i Melkizedeka, avakeo tsy rariny araka ny fomban'i Araona? ¹²Fao koafa nivoagna ny fisoraognagna, dia tsy maintsy hovoagna faogna koa ny lalàgna. ¹³Fao lehy araiky zay nivaolagna mahakasiky reo raha reo dia nihin'ny foko hafa, zay tsisy ôlogno manompo eo amin'ny alitara lasiteo. ¹⁴Fao mazava amizeo, fao avy amin'i Joda no nahatirahan'ny Tompotsika, foko tsy nikoragni'i Mosesy lasite ny mahakasiky reo mpisôrognon. ¹⁵Zay koragnintsika dia afa taigna mazava raha misy mpisôrognon hafa mitsangagna amin'ny bikan'i Melkizedeka. ¹⁶Tsy avy tamin'ny fôtotry ny lalàgnan'ny taminga ny nôfo no nahatonga azy ho mpisôrognon, fao naifa avy tamin'ny fôtotry ny ngôvony fiainagna tsy mety levogno. ¹⁷Fao ny Saoratra Masigny dia mitsangagna antomoa mahakasiky azy magnanjo: "Anao dia mpisôrognon bariky dintany araka ny fomban'i Melkizedeka." ¹⁸Fao nisy fagnafoagnagna ny didy teo alaoha satria nalemy ndraiky tsisy dikany zany. ¹⁹Fao tsisy raha natan'ny lalàgna tonga lafatra. Kanaifa, misy fampidiragna fahatokiagna taigna tsara hoan'ny hoavy zay hagnataognantsika Zagnahary. ²⁰Tsy niboaka zany raha tsisy ny fandraisagna fiainagna. Amin'ny lafiny araiky, reo hafa reo dia tonga mpisôrognon tsy nila fiainagna. ²¹Fao amin'ny lafiny araiky hafa, tô araiky tô, Jesôsy, dia tonga mpisôrognon tamin'ny alalan'ny fianianagna natan'ny lehy nivaolagna taminazy nagnanjo: "Ny Tompo dia nifanta aveo tsy hiaova amin'ny heviny hoe: "Anao dia mpisôrognon bariky dintany." ²²Tamin'ny alalan'ny zany faogna koa no nagnamia antoko ny fagnikaiham-piavanagna taigna tsara. ²³Amin'ny lafiny araiky, maro no tonga mpisôrognon satria ny fahafataisagna no manakagna zareo hanôhy. ²⁴Amin'ny lafiny araiky hafa, satria Jesôsy mibidô bariky dintany, dia managna fisorognagna bariky dintany izy. ²⁵Noho zany izy faogna dia afaka magnavotro tantairaka reo zay magnatogno Zagnahary amin'ny alalany, satria izy dia miaigny foagna mbô hagnailagnailagna hoazy reo. ²⁶Fao ny mpisoronabe hotra zany dia mety hoantsika. Izy dia tsy manam-pahotagna, tsy managna tsigny, madio, nisarahigny tamin'ny reo mpanota, aveo tonga ambony noho reo langitry. ²⁷Tsy mila izy, tsy hotra reo mpisoronabe, nanôlotro sôrognon isan'andro, ny voalaohany hoan'ny reo fahotagnany manaokagna, avakeo hoan'ny reo fahotagnan'ôlogno. Afa nitsabo zany indray mandaiha hoany jiaby izy, koafa nanôlotro ny hainginy. ²⁸Fao ny lalàgna manôndro ny ôlogno zay managna fahalimiagna ho mpisorognobe. Fao ny vaolagnan'ny fianianagna, zay tonga tafaran'ny lalàgna, dia nanendry Zanaka lalahy, zay natao tonga lafatra bariky dintany.

Chapter 8

¹Ary ny fôtotro ny raha jiaby volagninay dia zao: Atsika dia managna mpisôrognô be zay nipaitraka teo antagnank'ankaherin'ny dabilio fiandriagnan'ny lehy be vogninahitry agny andangitry. ²Izy dia mpanompo ao amin'ny toairagna masigny, lehy taberinakely marigny zay ny Tompo, fao tsy ny ôlogno, na nagnorigny azy. ³Fao ny mpisorognobe dia nitindregny hanôlotro fagnomaizagna ndraiky sôrognô. Noho zany dia ilaigny ny managna raha ho atôlotro. ⁴Ary raha teto an-tany Kristy, dia tsy ho mpisôrognô aby Izy, satria misy reo zay manôlotro fagnomaizagna araka ny lalâgna. ⁵Izy reo dia manompo ao amin'ny taberinakely zay kandindagna ndraiky aloky ny raha akagny an-dangitry. Zany dia hotra ny nampitandraiman-Jagnahary i Mosesy raha izy handaiha hagnamboatra taberinakely: hoizy izy Zagnahary magnanjao: "Zahavo mbô hotsabonareo araka ny môdely zay afa naboaka anao tegny an-tanety ny raha jiaby." ⁶Fao avazo Kristy dia nalaka asa fanompoagna tsara lavitry. Zany dia noho izy mpagnailagnailagna faogna koa amin'ny fampanantenagna taigina tsara. ⁷Fao raha tsy nanantsigny zany fagnikiagna voalaohany zany, dia tsisy nilagna fagnikiagna faharoa. ⁸Fao koafa nahita tsigny tamin'ny ôlogno Zagnahary, dia hoy Izy: "Tô, ho avy ny andro—hoizy ny Tompo—koafa hitsabo fagnikiagna vava amin'ny ôlon'Israely ndraiky ny ôlon'i Joda Zaho. ⁹Dia tsy hotra ny fagnikiagna zay nitsaboky niaraka tamin'ny razagna njareo tamin'ny andro zay nindaisako zareo tamin'ny taniny hiala avy tamin'ny tany Egipta zany. Fao zareo dia tsy nibidôko tao amin'ny fagnikiako, aveo Zaho tsy niraharaha zareo—hoizy ny Tompo. ¹⁰Fao zao no fagnikiagna zay ho tsaboky amin'ny ôlon'ny Israely afarany regny andro regny hoizy ny Tompo. Hataoko ao antsainin-jareo ny lalâgnanaha, aveo ho soroatako am-pôn-jareo faogna koa zany. Ho Zagnaharin-jareo Zaho, ary zareo ho ôlognonaha. ¹¹Zareo dia tsy hampianatra ny mpiara-monigny aveo ny rahalahy aby, hivaolagna magnanjao: 'Haiky ny Tompo.' Fao hahay Zaho jiaby, manomboko amin'ny taigina hely kay zisiky amin'ny taigina gaida aminjareo. ¹²Fao Zaho dia hamindra fô amin'ny tsy fahamarignan-jareo, avakeo tsy hahatsiaro reo fahotagnany eky. ¹³Amin'ny fivolagnagna magnanjao: "Vava," dia nagnano fagnikiagna voalaohany ho talaoha izy, avakeo zay afa lany andro ndraiky hantitry dia afa marikitry ho levogno.

Chapter 9

¹Ary na dia fagnikiagna voalaohany aby dia nanagna fitsipi-pivavahagna ndraiky fitoaiaragna masigny aketo antany. ²Fao nisy taberinakely zay nomanigny. Ny efitry voalaohany, zay nisy ny fitoeran-jiro, ny latabatra, avakeo ny môfon'ny fagnatrainahagna. dia nantsôvigny hoe fitoeragna masigny.³Ao ambadiky ny lamba faharoa dia nisy aifatra araiky hafa, antsôvigny hoe toeragna taigna masigny.⁴ Nisy alitara vaolamaina ho nihin'ny ditin-kakazo mangitry zany. Nisy fiaran'ny fagnikiagna faogna koa, zay badaofany vaolamaina tantairaka. Tao agnatin'ny zany dia nisy seho vaolamaina zay nisy ny mana, ny tongôzon'i Arona zay naniry, aveo reo vato fisaka ny fagnikiagna.⁵ Egny ambonin'ny fiaran'ny fagnikiagna, dia kerobima be vogninahitry maro no magnaloko ny sarogno fambadagna, zay tsy afaka koragninay amin'ny antsipiriany amizeo.⁶Koafa voahomagna reo raha reo dia niditry tao amin'ny hefitry ambailan'ny taberinakely foana reo mpisôrognô mbô hagnano fanompoagnan-jareo. ⁷Fao ny mpisôgnobe faogna no niditry ndraimandaiha isantagno tao amin'ny hefitry faharoa, avakeo niaraka tamin'ny lio zay natôlotro ho an'ngy haigany sy ho an'ireo fahotana tsy kiniany reo ôlogno.⁸Naboakan'ny Fagnahy Masigny fao ny lalagna mandaiha amin'ny toeragna taigna masigny dia mbôla tsy naboaka raha mbôla mitsangagna ny taberinakely voalaohany. ⁹Zany dia fagnoharagna ho amizao fotoagna avaizo zao. Reo fagmomaizagna ndraiky reo sôrognô zay atôlotro zao dia samy tsy afaka hahatantairaka ny fieritreraitan'ny mpivavaka araiky.

¹⁰Mifantoko amin'ny hanigny ndraiky raha figiahigny ndraiky karazam-pomba fiodiovagna maro faogna reo. Reo jiaby reo dia fitsipiky ho nihin'ny nôfo jiaby zay namiagna papiky hagnamboaragna ny fandaminagna vava.

¹¹Kristy dia havany hotra ny mpisôrognoben-jareo raha tsara zay tonga. Nandaiha tamin'ny alalan'ny taberinakely taigna gaida ndraiky taigna lafatra zay tsy nitsabon-tagnagn'ôlombelogo Izy, zay tsy nihin'ny zao tontolo voahary zao. [Fagnamarigna: Reo dika-teny sasany dia mivaky hotra zao: "Jesôsy dia tonga hotra ny mpisôrognobe n-jareo raha tsara zay ho avy."]¹²Tsy tamin'ny lion-jareo osy lahy ndraiky vantotr'Ombay vavy zany, fao tamin'ny lin'ny manaokagna zay niditry tao amin'ny toeragna taigna masigny ndraiky mandaiha monja ho nihin'ny jiaby aveo niaro ny famonjiantika bariky ditany.¹³Fao raha ny lin'ny osy ndraiky reo aomby lahy aveo famafazagna ny lavenon'ny vantotr'omby vavy eo amin'ny reo zay nanjary maloto no manaokagna zareo amin-Jagnahary ho fagnadiovagna ny nôfon-jareo, ¹⁴hotra ny akôry ny fihooaran'ny lin'i Kristy, zay nanôlotro ny haigany tsisy kilaima ho amin-Jagnahary tamin'ny alalan'ny Fagnahy bariky dintany, hagnadio ny fieritreraitantsika hiala amin'ny asa maty mbô hanompoagna lehy Zagnahary velogno? ¹⁵Noho zany antony zany, dia Izy no mpagnalàlagna ny fangikiagna vava. Zany dia, satria nisy fahafataisagna araiky niboaka mbô hagnafaka reo zay ambanin'ny fagnikiagna voalaohany amin'ny fahotan-jareo, dia halaka ny fampanantenagnan'ny laova bariky dintany reo zay voahantso.¹⁶Fao raha misy didim-panagnagna, ny fahafataisan'ny lehy ôlogno zay nagnano zany dia tsy maintsy voaprofo.¹⁷ Fao koafa misy fahafataisagna faogna vao manan-kery ny didim-panagnagna, satria tsy manan-kery zany raha toa ka mbôla velogno lehy ôlogno zay nagnano zany.¹⁸Kay na dia ny fagnikiagna voalaohany aby tsy natao raha tsisy lio.¹⁹ Fao koafa nagnamia ny didy jiaby tao amin'ny lalàgna tamin'ny reo ôlogno jiaby Mosesy, dia nalaka ny lion'ny reo aomby ndraiky reo osy, niaraka tamin'ny rano, voalahan'ondry jaky maina, ndraiky hysopa izy, aveo namafy teo amin'ny boky ndraiky ny ôlogno jiaby.²⁰ Avakeo izy nivaolagna nagnanjao: "Tô no lin'ny fagnikiagna zay nandidian-Jagnahary aminareo."²¹Hotra zany koa, dia namafy ny lio teo amin'ny taberinakely ndraky reo fibidaohan-draha jiaby hampiasaigny amin'ny fanompoagna izy. ²²Araka ny lalàgna, dia tsiky ny raha jiaby no vadio tamin'ny lio. Raha tsisy fandatsahan-dio dia tsisy famotsaoran-keloko.²³Noho zany dia nilaigny ny tandindon'ny reo raha akagny andangitry mbô ho voadion'ny sôrognô reo biby reo. Na zany aby, reo raha ny langitry lasiteky no nila nodiovigny tamin'ny sôrognô taigna tsara.²⁴ Fao Kristy dia tsy niditry tao amin'ny toeragna taigna masigny zay natan'ny tagnagna, zay tandindony lehy araiky zay taigna izy faogna. Fao ndraiky niditry tandangitry lasiteky Izy. Mbô hiboaka akeo amin'ny fagnatrainhan-jagnahary ho amintsika zeo.²⁵Tsy nandaiha tao mbô hanôlotro ny haigany mazagna Izy, hotra ny fatan'ny mpisôrognô be, zay miditry ao amin'ny toairagna taigna masigny isantaogno niaraka tamin'ny lion'ny hafa. ²⁶Fao raha zany ny raha niboaka dia nila nijaly matetiky nanomboko tamin'ny fagnoraignagna zao tontolo zao Izy. Fao zeo dia ndray mandaiha faogna no nagnaboahagna Azy mbô hangala ny fahotagna amin'ny alalan'ny sôrognô ny haigany faogna.²⁷Afa natao hooaty ndraimandaiha ny ôlogno jiaby, aveo afaran'ny zany no hoavy ny fitsaragna. ²⁸Hotra zany faogna koa, Kristy, zay nanôlotro ndraimandaiha mbô hangala reo fahotagnan'ny maro, dia niboaka fagnindroany, tsy handraraha ny ota, fao ho nihiny famonjiagna reo zay mandigny Azy amim-paharaitagna.

Chapter 10

¹Fao ny lalàgna dia alok' reo raha tsara ho avy faogna, fao tsy taigna endrik' reo raha reo. Reo zay magnatgno Zagnahary dia tsy afaka ny ho lafatra amin'ny alalan'ny sôrognô mitôvy amin'ny zay entin'ny reo mpisôrognô isantagno.² Raha zany tsy afa nijanogno ny nanôlotro regny sorogno regny moa zareo? Amin'ny zany tranga zany, raha afa nidiovigny indray mandaiha faogna zareo, dia tsy mbô hahay ota eky reo mpivavaka.³ Fao amin'ny reo sorogn reo, dia misy fampahatsiahivagna reo ota isantagno.⁴ Satria ny lin'aomby lahy ndraiky osy lahy dia tsy mahavita mangala reo ota.⁵ Koafa tonga teto amin'ny zao tontolo zao Kristy, dia nivaolagna Izy nagnanjao: "Tsy sôrognô na koa fagnatitry no nirinareo. Fao naifa, haigny zay afa nomaninareo hoanaha. ⁶Ny fagnatitry niroagna na sôrognô ho nihin'ny ota dia tsy niravoanareo. ⁷Ary hoizy Zaho: "Zahavo, tô Zaho araka zay voasaoratra mahakasiky Zaho ao amin'ny Saoratra Massigny, mbô hagnano ny sitrakareo."⁸Voalohany nivaolagna izy nagnanjao: "Tsy sôrognô, na koa fagnatitry, na fagnatitry niroagna, na sôrognô ho nihin'ny ota no nirinareo. Avakeo Anao tsy niravo tao amin'ny ziregny." Iregny dia sôrognô zay atôlotro araka ny lalàgna.⁹ Avakeo nivaolagna izy nagnanjao: "Zahavo, tô Zaho hitsabo ny sitrakareo." Izy dia nalaka fampihargna voalaohany mbô hampitrahagna ny fampiharagna faharoa.¹⁰ Tamin'ny zany sitraka zany, atsika dia nihamasinigny tamin'ny alalan'ny fagnatitry ny haignin'ny Kristy ndraimandaiha faogna.¹¹ Amin'ny lafiny araiky, ny mpisôrognô jiaby dia mitsangagna isan'andro manompo Zagnahary. Izy dia manôlotro sôrognô mitôvy hatragny, na zany ndraiky zareo dia tsy afaka malaka reo ota velively. ¹²Amin'ny lafiny araiky hafa, Kristy dia nanôlotro sôrognô araiky ho nihin'ny ota bariky dintany, nidôko teo antagnankaherin-Jagahary Izy. ¹³Izy dia mandigny papiky hanaovagna reo fahavalon'ny ho fibidaohan'ny hongotro ho nihin'ny hongotroanazy. ¹⁴Fao tamin'ny fgnatitry araiky izy dia nahalavorary bariky dintany reo zay nihamasinigny.¹⁵ Ny Fagnahy Massigny koa dia mitsangagna antomoa ho amintsika. Fao tamin'ny voalaohany Izy nivaolagna nagnanjao: ¹⁶"Tô no fagnikiagna zay ho tsaboky miaraka amin-jareo afaran'ny reo andro reo, hoizy Tompo. Hapaitrako am-pônjareo ny lalàgnanaha, avakeo hanaoratra zany antsaingninareo Zaho.¹⁷Tsy hahatsaro ota ndraiky reo heloko njareo eky Zaho." ¹⁸Aveo na aiza misy famelagna zany, dia tsisy sôrognô ho nihin'ny ota eky.¹⁹ Noho zany, rahalahy, atsika dia managna fahatokiagna ny hitsôfotro akao amin'ny toeragna taigna masigny tamin'ny lin'ny Jesôsy.²⁰ Zany no lalagna vava salakady velogno zay nisokoafigny ho nihintsika tamin'ny alalan'ny ankanjo, zany hoe, tamin'ny alalan'y nôfotroanazy.²¹ Satria atsika dia managna mpisôrognô gaida mitandrigny ny tragnon-Jagnahary,²² aoka atsika hagnatogno amin'ny fô madio amin'ny finoagna feno fahatokisagna, mbô hanagnantsika fô madio amin'ny fieritreraitagna ratsy avakeo hanagnantsika haigny voadio tamin'ny rano madio.²³ Aoka atsika hitagna mafy ny fagnikiagna ny fiandrandragna mahatokintsika, tsy amim-pihozongozognagna, satria Zagnahary, zay nampagnantaigna, dia mahatoky.²⁴ Aoka atsika handiniky ny fomba handrisihagna ny tsiraikiaraiiky amin'ny fitiavagna ndraiky reo asa tsara.²⁵ Aoka atsika tsy hagnajanogno ny fiarahagna mivôry, hotra ny nitsabon'ny sasany. Fao ndraiky mifankaheraiza hatragny, aveo maika fao hitanareo fao marikitry ny andro.²⁶ Fao raha aohatra atsika kinia manota koafa avy nalaka ny fahalalagna ny marigny, dia tsisy fagnatitry ho nihin'ny ota eky.²⁷ Fao ndraiky, taokagna faogna ny fiandrasagna mahatohitry ny fitsaragna, avakeo fahatizairagna mirehitry zay hagnapotiky reo fahavalon-Jagnahary.²⁸ Na zôvy na zôvy niala ny lalàn'i Mosesy dia hifoaty tsisy indra-fô amin'ny fitsanganagna antomoa reo aroa na telo zay nagnatri-maso. ²⁹Fagnasaziagna ratsy lavitry hotra ny ino no eritreritry areo fao magnaiva reo zay nandia ny Zanaka Zagnahary, zay nagnano ny lin'ny fifagnikiagna ho tsy masigny—Lehy lio zay namasinigny Azy—aveo naniratsiara ny fagnahin'ny fahasoavagna?³⁰ Fao atsika mahay lehy araiky zay nivaolagna nagnanjao: "Nihinaha ny valifaty; Zaho no hamaly." Aveo koa: "Ny Tompo dia hitsara ny ôlognoanazy." ³¹Raha mampambory no hilatsaka akeo antagnan-Jagnahary velogno!³² Fao Tsarovy reo andro talaoha, koafa nazavaigny areo, ny fomba niaraitanareo ny ady mafy tamin'ny fijaliagna.³³ Areo dia nalaiginy baraka ampahibemaso tamin'ny fagnaratsiagna ndraiky tamin'ny fagninjaihagna, avakeo areo dia niaraka nizara tamin-jareo zay nandalo fijaliagna hotra zany.³⁴ Satria areo dia nanagna fangororam-pô taminjareo zay nigadara, aveo areo dia nagneky taminkaravoagna ny fangalàgna ny fanagnagnareo. Dia nahay areo fao ny haigninareo dia managna fanagnagna taigna tsara ndraiky maharitry bariky dintany. [Fagnamarignagna: Ny dikan-teny talaoha dia tsy hahitagna ny voambaolagna magnanjao: Fa areo dia nanagna fangoraham-pô tamin'ny gadranaha."]³⁵ Noho zany dia aza ariagna ny fatokisanareo, zay managna valisoa gaida.³⁶ Fao areo dia mila faharaitagna, mbô hazahoanareo zay nampanantenain-Jagnahary, koafa nagnano sitra-pônazy areo.³⁷ Fao tsy hoela aby, lehy araiky zay hoavy dia taigna hoavy aveo tsy ho tara.³⁸ Ny ôlognoanaha marigny dia hivelogno amin'ny finoagna. Raha mihemotro izy, Zaho dia tsy ho ravo aminazy.³⁹ Fao atsika dia tsy agnisany reo zay mihemotro ho amin'ny faharavagna. Fao ndraiky, atsika dia agnisany reo zay managna finoagna ho amin'ny fitanagna ny fagnahintsika.

Chapter 11

¹Ary ny finoagna no antoka amin'ny reo raha nandrasagna tamim-pahatokiagna. Io no profon'ny reo raha mitranga zay mbôla tsy hita. ²Fao noho zany reo razambe dia nankatoavigny nohon'ny finoagnan-jareo. ³Amin'ny finoagna no hahazantsika fao ny didin-Jagnahary no namoronagna izao tontolo zao, kay zay hita maso dia tsy nitsabogny tamin'ny raha zay hita maso. ⁴Tamin'ny finoagna no nanolaoran'i Abela fagnatitry taigna tsara ho nihin-Jagnahary nohon'ny nihin'ny Kaina, tamin'ny alalan'ny zany no nagnambarany azy ho marigny, avakeo Zagnahary nivaolagna tsara azy noho reo fagnatiny, avakeo amin'ny finoagna no mbôla hivolagnan'i Abela, na dia afa maty aby izy. ⁵Tamin'ny finoagna no namindragna Enoka mbô tsy ahita fahafataisagna. "Tsy hita izy, satria nalain-Jagnahary." Fao talaohan'ny nangalagna azy, dia nitsanganagna antomoa fa nankasitrahin-Jagnahary izy. ⁶Avakeo koafa tsisy finoagna dia tsy mety ho ankasitrahiny. Satria ilaiginy zay magnatogno Zagnahary dia tsy maintsy mino fao misy Izy avakeo Izy no mamaly tsara amin'ny reo zay mitady Azy. ⁷Tamin'ny finoagna Noa, gnamiana hafatra avy amin-Jagnahary mahakasiky reo raha zay mbôla tsy hita, niaraka tamin'ny fagnajagna Zagahary no nagnamboarany sambo zay namonjiagna ankohonany. Fao tamin'ny fanaovagna zany, no nagnamilaohany zao tontolo zao ndraiky nahatongavany ho mpandaova ny fahamarignagna araka ny finoagna. ⁸Tamin'ny finoagna Abrahama, koafa natsôvigny, nankatô ndraiky nandaiha tagny amin'ny lehy toeragna zay hahazoany ho laova. Nandaiha izy, tsy nialasala zay tany nomboany. ⁹Tamin'ny finoagna no nianianany tagny amin'ny lehy tany nampanantenaiginy hotra ny vahiny. Niaiginy tao agnaty tragno lay izy niaraka tamin'Isaka ndraiky Jakoba, reo mpiara-mandova amin'ny lehy fampanantenagna mitôvy. ¹⁰Fao izy nizaha lehy tanàgna zay managna reo fagnoraignagna, lehy tanàgna zay Zagnahary no mpamarin-tragno ndraiky mpagnorin-tragno. ¹¹Tamin'ny finoagna, na dia Saraha izy haiginy zay momba aby, no nazahoan'i Abrahama ny fahafahagna ho araiky. Nitranga zany na dia afa taigna hantitry aby izy, satria niheveriny ho karaha lehy mahatoky namiagna lehy fampanantenagna izy [Fagnamarihagna: Misy fagnontaniagna mahakasiky ny hoe ny finoan'i Abrahama sa ny finoan'i Saraha no nahômby. "Tamin'ny finoagnan'i Saraha, na dia afa antitry aby izy, no nazahoany ngôvo hanagn'anaka, na dia afa taigna hantiry aby izy hitondra zaza, satria nihevity lehy nagnamia lehy fampanantenagna azy ho mahatoky."] ¹²Noho zany, avy amin'ny zany lalahy zany, zay afa hifoaty, no nahatirahanjareo zay hotra reo la kintagna egnny an-dangitry ny hafontrizany ndraiky hotra alagnagna môrony ranomasigny, zay tsy voahisa. ¹³Tao amin'ny finoagna regny jiaby regny no maty tsy nandray reo fampanantenagna. Fao ndraiky, tafaran'ny nahitagna ndraiky niarabagna zareo avy egnny lavitry, dia nagneky zareo fao vahiny ndraiky sesi-tany atoy antany. ¹⁴Ho amijareo zay mivaolagna hotra zany raha zany dia magnazava fao mitady tanindrazagna zareo. ¹⁵Raha nieritreritry ny firenena zay nialanjareo, dia mety nanagna fahafahagna himpôdy. ¹⁶Fao hotra zany, nagniry firenena tsaratsara zareo, kay zany, lehy akagny andangitry. Noho zany tsy mahamaingatra Zagnahary ny voahantso hoe Zagnaharin-jareo, kay nagnomagna tanàgna ho nihinjareo. ¹⁷Tamin'ny finoagna Abrahama, koafa nitsapaigny, dia nanôlotro Isaka. Io no zanany lalahy taokagna zay natôlony, izy lehy nahazo reo fampanantenagna. ¹⁸Tamin'i Abrahama no nivolagnany nagnanjao: "Amin'ny alalan'Isaka no hagnisahagna reo taminganao." ¹⁹Abrahama dia nisaiginy fa Zagnahary dia hahavita hanangagna Isaka amin'ny reo maty, avakeo amin'ny heviny amin'ny aohatra, avy tamin-jareo no hazahoany azy ndraiky. ²⁰Tamin'ny finoagna mahakasiky reo raha hoavy koa no nitsofan'Isaka rano i Jakoba ndraiky Esao. ²¹Tamin'ny finoagna Jakoba, tamin'izy afa hifoaty, no nitso-drano reo zanak'i Josefa tsiraikaiky aby. Nivavaka Jakoba, nitehagna tamin'ny laohany tongôzo. ²²Tamin'ny finoagna Josefa, koafa narikitry ny fiasarany, no nikoragna ny fialan'ny zanak'Israely avy akagny Egipta aveo nagnafarany ny amin'ny talaohany. ²³Tamin'ny finoagna Mosesy, koafa tairaka izy, dia navôniny reo ray aman-dreniny nandritrany ny telo volagna satria hitan-jareo fa zaza tsara izy. Tsy natahotro ny didin'ny mpanjaka zareo. ²⁴Tamin'ny finoagna Mosesy, tafara'ny naha gaida azy, no nandà ny hagnantsaovagna azy ho zanaka lalahini'ny zanaka vavin'ny Farao. ²⁵Fao ndraiky, nisafidy ny hijaly niaraka tamin'ny vahoakan-Jagnahary izy, hotra zay hankafy reo fahafinaraitan'ny fahotagna mandritra ny fotoagna fohy. ²⁶Nivaolagna izy nagnanjao ny fahafaham-baraka amin'ny fagnarahagna Kristy dia hariagna goalahy noho reo hariagnan'i Egipta. Satria nampifantoko reo masony tamin'ny valisoany izy. ²⁷Tamin'ny finoagna no nialan'i Mosesy tagny Egipta. Tsy natahotro fahatizairan'ny mpanjaka izy, fao niaritry zany hotra ny nahita lehy tsy hita maso. ²⁸Tamin'ny finoagna no nitandriman'ny Paska ndraiky ny famafazagna ny lio, mbô tsy hikasiky ny zanaka lahimatoan-jareo Israelita ny mpandringagna ny zanaka lahimatoa. ²⁹Tamin'ny finoagna no nitsahan-jareo ranomasigny maina hotra ny mandia tany maigny. Koafa nagnandragna nagnano zany reo Egipta, dia voateligny zareo. ³⁰Tamin'ny finoagna no nirodagnan'ny mandan'i Jeriko, koafa avy nihodidigny nandritry ny fito andro zareo. ³¹Tamin'ny finoagna no tsy nahafaty i Rahaba lehy mpivaro-taigna niaraka tamin'ny reo mpaniasia, satria nalaka reo mpisafy tagny tamin'ny fiadanagna izy. ³²Ino faogna koa no afaka volagniky? Fao ho lany ny

fotoagnako raha mikoragna mahakasiky Gideona, Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, avakeo mahakasiky reo mpagnazary zaho.³³ Tami'ny alalan'ny finoagna no nazahoan-jareo fanjakagna, niasa ara-drariny, aveo nalaka reo fampanantenagna. Nagnidy ny vavan'ny reo liona zareo,³⁴ namono ny ngôvon'ny môtôro, nilaifa ny lailameso, nahivagna tamin'ny reo aretigny, nanjary nahery tamin'ny ady, avakeo nandresy reo tafiky vahiny.³⁵ Nitsangagna tamin'ny maty tamin'ny fanangana-ko velogno reo vaiavy. Reo hafa dia nampijalegny, tamin'ny tsy fagnikaihagna ny famotsaoragna taigna tsara.³⁶ Ny hafa dia nitsapaigny tamin'ny fagnesoagna ndraiky reo fikapohagna, ia fao na dia ny fehy ndraiky reo fagnagadragna aby.³⁷ Nitopiam-bato zareo. Nivakigny hizara aroa zareo. Nivonogny tamin'ny meso zareo. Nivaindravaindra tamin'ny hôditr'ondry ndraiky hôditr'osy zareo. Nahantra zareo, nampihorohorogny, nampijalegny. [Fagnamarihagna: ny dikan-teny sasany talaoha dia mivaky magnanjao: "Nitopiagna vato zareo. Nivakigny hizara roa. Nampandalovigny fitsapagna. Nivonogny tamin'ny meso."]³⁸ Zao tontolo zao dia tsy magnaiva zareo. Nivendrивendry tagny an-tany maty, tagny amin'ny reo tanety, tagny amin'ny reo lava-bato, aveo tagny amin'ny reo lavaka ambanin'ny tany zareo.³⁹ Kanaifa regny ôlogno jiaby regny dia nikehin-Jagnahary nohon'ny finoagnan-jareo, tsy nalaka ny fampanantenagna zareo.⁴⁰ Nagnomagna raha taigna tsara hoantsika Zagnahary, mbô tsy ho lavorary zareo, raha tsisy atsika.

Chapter 12

¹Noho zany, satria atsika voakodidigny antomoa maro hotra ny zavogno, dia andaiaha atsika hagnambaila vaisatra jiaby ndraiky ny fahotagna mora magnodidigny atsika.² Andaiha atsika hilomoay am-paharaitagna ny filomoahizagna zay napaitraka teo alaohantsika. Andaiha atsika hitandrigny amin'i Jesôsy, ny mpiantoko ndraiky mpagnatantairaka ny finoagna. Fao nohon'ny haravoagna zay napaitraka teo agnatraihany, dia niaritra ny kakazofijaliagna Izy, tsy niraharaha ny haingatra zany, aveo nidôko teo an-tanankaherin'ny dabilio fiandrianan-Jagnahary.³ Noho zany diniho ny mahakasiky Azy, lehy araiky zay niaritra fanoheragna hotra zany aby tamin-jareo mpanota hanohitra ny haingany, mbô tsy ho rairaka ao am-pônareo areo kay hilavo lefogno.⁴ Tsy mbôla nanohitra areo na niaizaka hanohitra ny fahotagna zisiky fandatsahan-drà, ⁵aveo hadignonareo ny fampaheraizagna zay nampianarigny areo hotra ny amin'ny reo zanaka magnanjao: "Oa zanako lahy, aza magnamaivagna ny fitsipiky ny Tompo, na miharairaka raha ahitsy areo."⁶ Fao ny Tompo magnafay ny jiaby zay tiany, aveo Izy magnasazy ny zanaka tsiaraikearaiky zay raisiny.⁷ Miaraita fijaliagna hotra ny fitsipiky. Zagnahary dia mitondra areo hotra ny zanaka. Fao zanaka ino no teo kay tsy nifaizin'ny iadany?⁸ Fao raha tsy managna fitsipiky areo, zay anagnan'ôlogno jiaby, dia zazitany areo fao tsy zanany.⁹ Ary koa, nanagna ny iada ara-nôfo hotra ny mpagnafay atsika, aveo nagnaja zareo atsika. Tsy tôkony taingna hankatô ny iadan'ny fagnahy moa atsika avakeo ho velogno?¹⁰ Fao eto ankilany, reo iadantsika nagnafay atsika nandritrin'ny andro vitsy araka zay marigny tamin-jareo.¹¹ Naifa eto ankilany, Zagnahary nagnano zany ho nihin'ny zay tsara hoantsika mbô hafahantsika managna anjara amin'ny fahasasignagna. Tsisy famaizagna miboaka ho mahafinaritra, fao manaintaigany aby. Kanaifa zany afara hely dia mamokatra ny vaokatra feno fiadanany ny fahamarignagna ho nihin-jareo zay nizarigny tamizany.¹² Noho zany hatanjaho reo tagnagnanareo zay miraviravy ndraiky reo lohoalitra malemy.¹³ Manaova lalagna mahitsy ho nihin'ny hongotroareo, mbô zay malemy dia tsy hibitsiky fao hahivagna aby.¹⁴ Magninjaiha fiadanagna miaraka amin'ny ôlogno jiaby, aveo ny fahasasinagna faogna koa zay tsy nahita na zôvy na zôvy ny Tompo raha tsy miaraka amin'ny zany.¹⁵ Mitandraima mbô tsy hisy na zôvy na zôvy tsy hanagna fahasoavan-Jagnahary, avakeo tsy hoisy vahany fahangidiagna mitômbo hitairaka korontagna, mbô tsy ho maro no manjary voaloto amin'ny zany.¹⁶ Mitandraima mbô tsy hoisy fijangajangagna na ôlogno tsy nihin-Jagnahary hotra Esao, zay nivarotro fizokiany ho nihin'ny hanigny araiky.¹⁷ Fao areo mahay fao koafa afaka zany, koafa nagniry handova ny fitahiagna izy, dia nilavigny, satria tsy nitahy iraka amin'ny fibaibahagna izy, na dia nitsakaraka zany tamin-dranomaso aby.¹⁸ Fao areo tsy tonga teo amin'ny tanety zay tsy azo kasihigny, tanety ny môtro magnoro, hizigny, fahamainagna, aveo tafiotra.¹⁹ Areo dia tsy tonga teo amin'ny trompetra magneno mafy, na teo amin'ny feo zay minainagna reo vaolagna zay ny mpitandregny zany dia nangataka mbô tsy hoisy teny hafa ho koragnigny amin-jareo.²⁰ Fao zareo tsy afaka niaritra zay nodidiagna magnanjao: "Fao na dia ny biby mikasiky tanety aby, dia tsy maintsy ho topiagna vato zany." [Fagnamarihagna: Reo dikan-teny sasany talaoha dia mivaky hotra zao: ""Fao na dia biby araiky zay mikasiky tanety aby, dia tsy maintsy ho topiagna vato zany na ho vonogny amin'ny zana-tsipika."""]²¹ Fao mamptahotro loatra lehy fahitagna zay nikoragnin'i Mosesy magnanjao: "Mihorohoro zaho aveo mangitakitaka."²² Fao areo ndraiky, dia havy teo amin'ny tanety ziona aveo teo amin'ny tagnan-Jagnahary velogno, ny Jerosalema agny andangitry, avakeo teo amin'ny reo anjely agnalignaligany tamin'ny fankalazagna.²³ Areo dia tonga teo amin'ny antokon'ôlon'ny voalaohantairaka, zay voasaoratra agnaragna agny an-dangitry. Areo dia tonga teo amin-Jagnahary, lehy mpitsara ny jiaby aveo teo amin'ny reo fagnahin'ny reo ôlon'ny fahamarignagna zay natao tonga lafatra.²⁴ Areo dia tonga amin'i Jesôsy, lehy mpanalalagna ny fagnikiagna vava, aveo teo amin'ny lio latsaka zay tsara noho ny lion'i Abela.²⁵ Aoka areo tsy handà lehy araiky zay mivaolagna. Fao raha tsy nilaifa zareo tamin-jareo nandà ny araiky zay nampitandrigny zareo teto antany, dia taingna hely no hilifasantsika raha mihodigny amin'ny lehy araiky zay mampitandrigny atsika avy andangitry atsika.²⁶ Tamin'ny fotoagna araiky, ny feonazy nagnôzonkôzogno ny tany. Fao zeo Izy nampagnantaigna ndraiky ninainagna nagnanjao: "Mbôla hagnôzonkôzogno indray mandaiha tsy ny tany faogna zaho, fao ny langitry faogna koa."²⁷ Reo koragna reo, "Indray mandaiha koa," dia midika ny famindragna reo raha zay afaka hôzonkozônigany, zany dia, reo raha zay nohariagna, mbô hitoaitra reo raha zay tsy azo hôzonkozônigany.²⁸ Noho zany, satria malaka fanjakagna zay tsy azo hôzonkozônigany, dia aoka ho mpankasitraka atsika aveo amin'ny zany fomba zany dia hidaira Zagnahary taingna am-pagnajagna ndraiky aminkamboriagna.²⁹ Fao ny Zagnaharintsika dia môtro mandevogno.

Chapter 13

¹Aoka hitôhy ny fitiavagna ara-pirahilahiagna.² Aza magnadigno mifampiantragny reo vahiny. Fao tamin'ny alalan'ny zany no nanehoan'ny sasany fampiantranoagna reo anjely naifa tsy hainy zany.³ Tsarovy reo voagadra, hotra ny niara-nifehy taminjareo areo. Tsarovy reo zay nampahorigny, hotra ny hoe zareo faogna koa areo amin'ny vatagna.⁴ Aoka ho hajain'ny tsiairaikiaraiky ny fanambadiagna. Aoka ny fandriagn'ny fanambadiana mbô hadio, fao Zagnahary dia hitsara reo mpangala-badin'ôlogno ndraiky reo mpijangajanga.⁵ Ambilao ny fitondrantainganareo ho afaka amin'ny fitiavam-bola. Mifalia amin'ny reo raha zay anagnanareo, satria Zagnahary hagniny dia nivaolagna nagnanjao: "Zaho dia tsy hiala areo velively, na hahafoy areo."⁶ Aleo atsika ho ravo mbô ho mahasaiky hivaolagna magnanjao: "Ny Tompo no Mpamonjinaha; kay tsy hatahotro zaho. Ino no azon'ny ôlogno atao aminaha?"⁷ Diniho reo mpitariky areo, reo zay minainagna ny vaolagna Zagnahary taminareo, avakeo dinoh ny vokatriny ny fihetsikin-jareo. Alay tahaka ny finoagnanjareo.⁸ Jesôsy Kristy dia tsy miova nomoaly, ndraiky niany aveo bariky dintany.⁹ Aza magneky tahômigny amin'ny reo karazagna fampianaragna hafahafa. Fao tsara raha tôkony hamafisigny amin'ny fahasoavagna ny fô, fao tsy amin'ny hanigny zay tsy magnampy reo zay mandaiha miaraka aminjareo.¹⁰ Atsika dia managna alitara zay tsy anagnanjareo zay manompo ny taberinakely fahefagna hihinagna.¹¹ Fao ny lin'ny reo biby nivonogno atao fagnatitry ho nihin'ny ota dia nindessin'ny mpisorognobe tao amin'ny toeragna masigny nandritran'ny zany ny hainginjareo dia niroagna tagny ambailan'ny toby.¹² Noho zany Jesôsy faogna koa nijaly tagny ambailan'ny vavahadin'ny tanàna, mbô hamasinigny reo vahoaka amin'ny alalan'ny liny manaokagna.¹³ Andaiha atsika noho zany ho agny Aminazy agny ambailany toby, hinday ny fahafahambarakanazy.¹⁴ Fao tsy managna tanàna maharitra atsika atoy. Fao naifa, miambigny lehy araiky zay hoavy atsika.¹⁵ Amin'ny alalany, aveo, dia niala atsika hanôlotro reo fagnatipideragna ho amin-Jagnahary hatragny, fideragna vokatry ny môlotro zay magneky ny agnarany.¹⁶ Aleo tsy adignontsika ny magnano tsara ndraiky magnampy ny tsiairaikiaraiky aby, fao amin'ny fagnatitry hotra zany no taina maharavoravo Zagnahary.¹⁷ Mankatoava ndraiky magnikaiha reo mpitariky areo, fao zareo no miaro ny fagnahinareo, hotra reo zay hagnano tatitry. Mankatoava mbô hagnano zany am-piravoagna reo mpitondra areo, fao tsy am-pisentoagna, zay manjary tsisy dikany aminareo.¹⁸ Mivavaha zahay, fao zahay dia nino fao managna feon'ny fieritraitaitagna madio aveo magniry hiaigny am-pahamarignagna ny raha jiaby.¹⁹ Mandrisiky areo mafimafy aby zaho mbô hagnano zany, kay mbô himpôdy malaky aminareo zaho.²⁰ Ary lehy Zagnahary ny fiadanagna, zay nagnatsangagna tamin'ny maty lehy mpiambigny ondry lehibe, ny Tompontsika Jesôsy, tamin'ny alalan'ny lin'ny fagnikiagna bariky dintany,²¹ dia hagnatsara areo amin'ny asa tsara jiaby mbô hanaovagna ny sitrapoôny. Izy hiasa akao agnatintsika, amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy, zay hamiagna vogninahitry bariky dintany. Amena.²² Ary mankahery areo zaho, rahalahy, mbô hizaka ny vaolagnan'ny fampaheraizagna zay nisoroatako fohy ho aminareo.²³ Haiko fao afa nafahagna Timoty rahalahintsika, zay hiaraka aminaha hizaha areo raha tonga alaoha izy.²⁴ Atôvy veloma reo mpitariky areo jiaby ndraiky reo mpino jiaby. Reo zay avy akagny Italia dia magnano veloma areo.²⁵ Ho aminareo jiaby ny fahasoavagna.

James

Chapter 1

¹Jakoba, mpanompon-Jagnahary ndaiky Tompo Jesôsy Kristy, ho an-jareo foko aroa ambin'ny folo nipariaka: arahaba.² Alaivo ho aravoagna aby zany, ry rahalahy, koafa fanôjy olagna isan-karazany areo.³ Hainareo fao ny fitsapagna ny finoagnanareo dia mahatonga faharaitagna.⁴ Ambilao ny faharaitagna hagnatantairaka ny asanazy, mbo taina hivoatra ndraiky ho feno tantairaka areo, ka tsy hijaly na ino na ino.⁵ Izikoa misy aminareo mila fahindriagna, aoka izy hangaho zany amin-Jagnahary, lay araiky zay magnamia an-tsitrappô ndraiky tsy mandatsa zay lehy mangaho, ary amiany azy zany.⁶ Fa ambilao izy hangaha amin'ny finoagna tsy misalasala dia karaha daroban-dranomasigny zay entin'ny rivotra sy mitopatopa.⁷ Fa zany ôlogno zany dia tsy tokony ny handiniky ny hangala na ino na ino avy amin'ny tômpo.⁸ Ny ôlogno tôtroto zany dia miroa saigny miovaova amin'ny lalagnazy jiaby.⁹ Aoka ny rahalahy mijaly hagnano ny fisandratany ho raiharaihan'ny.¹⁰ Fa ny ôlogno manan-kariagna amin'ny fizitriany, satria izy dia hidolaigny tôtroto vonikaz-dy amin'ny asitry.¹¹ Fa ny masôva dia mipiaka amin'ny hafanagna mahamay aveo magnamaigny ny asitry. Ny voninkazo dia mihintsagna, aveo ny hatsarany dia ho levogno. Karaha zany koa ny ôlogno manan-kariagna dia halazo eny amin'ny atsasaka ny diany.¹² Sambatra ny ôlogno zay miaritra ny fitsapagna. Satria koafa avy nandalo fitsapagna izy, dia hangala ny satroboninahitry ny fiagnagna, lehy nampagnantenainy tamin'ny reo lehy tia zagnahary.¹³ Izy koa fa misy halaim-pagnahy dia aoka

izy tsy hivôlagna hoe: "Zagnahary no nalaka fagnaha zaho," satria Zagnahary tsy azon'ny ratsy alaigny fagnahy, salakady tsy mbô malaka fagnahy na zôvy na zôvy.¹⁴ Fa samby alaim-pagnahy amin'ny fagniriany manôkagna ny ôlogno tsiraikeraiky, lehy mampiemotro ndraiky mandresy azy.¹⁵ Koafa avy nandiniky ny fagniriagna, dia mitairaka fahotagna zany. Ary koafa mitômbô tantairaka ny ota, dia mitairaka fahafataisagna.¹⁶ Aza magneky havandiagna, rahalahiky tiako.¹⁷ Ny fagnomiazagna tsara jiaby ndraiky ny fagnomiazagna tonga lafatra jiaby dia avy agny agnambo. Zany dia nijôtso avy amin'ny Baban'ny fahazavagna. Miaraka aminazy dia tsisy fivoagna na kandindagna nohon'ny fimpodianagna.¹⁸ Zagnahary dia nifidy ny hagnomia fahaterahagna atsika amin'ny volagna ny fahamarinagna, mbo ho karazagna voaloham-bokatry reo raha jiaby zay nifirôgniny atsika.¹⁹ Hainareo zany, rahalahiky tiako: aoka ny ologno jiaby halaky hitandragny, tsy hivolagn malaky, salakady tsy halaky ho vingitry.²⁰ Fao ny fahavigniran'ologno dia tsy avitagna nyfahamarignan-Jagnahary.²¹ Kay alao ny falotoagna jiaby ndraiky faratsiagna jiaby. Amim-panetrian-taigna dia alaivo ny volagna afa napaitraka, zay afaka mamonjy ny fagnahinareo.²² Aoka ho mpankatô ny volagna areo fao tsy mpitandregny foagna, kay mavandy amin'ny haigninareo.²³ Fao raha misy mitamndregny ny volagna naifa tsy mpankatô, dia hotry ologno araiky mandiniky ny sôrany voajanahary agnaty taratra izy.²⁴ Mandiniky ny aigninazy izy kay mandaiha avy eo saalakady magnadigna samby akeo ny mahakasiky azy.²⁵ Fao ny ologno zay mandiniky tsara ny lalagnan'ny fahafahagna tonga lafatra, ndraiky manohy magnano zany, fao tsy hoe mpitandregny foagna zay magnadigno, dia hitahiginy amin-jareo asany zany ologno zany.²⁶ Koa misy mihevi-taigna ho mpivavaka, naifa tsy mifehy ny lailany, dia mavandy amin'ny fôny izy, ary tsisy vidiny ny fivavahany.²⁷ Ny fivavahagna madio ndraiky tsisy pentigny ake alohan-Jagnaharintsika ndriky ny Babantsika dia zao: hagnampy reo kamboty ndraiky reo mpitondrataigna amin'ny jalin-jareo, ary miaro ny aigny mbo tsy hisy pentigny avy amin'izao tontolo izao.

Chapter 2

¹Oa rahalahiky, aza mitagna ny finoagna an'i Tompontsika Jesôsy Kristy Tompontsika, lehy Tompon'ny vogninahitry, amin'ny fiangaragna amin'ny ôlogno sasany. ²Ataovo hoe misy ôlogno mitsôfotro ao amin'ny fivoriagna magnano peratra volamena, ndraiky ankanjo tsara, ary misy lalahy mijaly koa mitsôfotro magnano lamba maloto. ³Raha mizaha lehy ôlogno magnano lamba tsara anao key mivolagna hoe: Azafady mantaira eto amin'ny toeragna tsara," fa hivolagna amin'lehy lalahy mijaly ndraiky anao hoe: "Mitsangàna anao aroho, na hoe: Mantaira eketo antongotro," ⁴Moa tssy mifampitsara aminareo areo? Moa tsy lasa mpitsara amin'ny eritreri-dratsy areo? ⁵Mitandrignaisa, ry rahalahiko tiako, tsy afa nifidin-Jagnahary moa ny mijalin'izao tontolo izao mbô hanankariagna amin'ny finoagna aveo mbô ho biaka ho mpandaova ny fajakagna zay nampanantenainy zareo zay tia Azy? ⁶Fao areo dia nagnala baraka ny mijaly! moa tsy ny mpanankariagna moa no mampijaly areo? Moa tsy reo moa no mitariaky areo hoe amin'ny fitsaragna? ⁷Moa tsy zareo moa no naggনারত্স্য ny agnaragna tsara zay nihinareo? ⁸Na zany ndraiky, raha magnatantairaka ny lalâgmamy mpanjaka areo, araka ny Soratra Masigny hoe: "Tiavo ny namanao mitôvy amin'ny vatagnao," dia magnano ny tsara areo. ⁹Fao raha magnamia sitraka ny ôlogno sasany ndraiky areo, dia manota, kay voaheloko mitovy ny mpandika lalâgna. ¹⁰Fa na zôvy na zôvy mankatô ny lalâgna jiaby, kanaifa lavo amin'ny lalâgna araiky fogna, dia ho meloko amin'ny lalâgna jiaby. ¹¹Fa lehy nivolagna hoe: "Aza mijangajagna," dia nivolagna koa hoe "Aza mamono ôlogno." Raha tsy mijangajanga areo, kanaifa mamono ôlogno, dia lasa mpadika lalâgna. ¹²Noho zany mivolâgna aveo manaova hotra zareo zay ho tsaraigny amin'ny lalâgna ny fahafahagna. ¹³Fa ny fitsarâgna dia avy tsy misy famindram-po amin'zareo tsy naharegny famindram-po. Ary ny famindram-po dia mandresy ny fitsaragna. ¹⁴Ino no tsara, ry rahalahiko, raha mivolagna ny ôlogno araiky fa manampinoagna izy, kanaifa tsy misy asa? Afaka magnavotro azy moa zany finoagna zany? ¹⁵Ataovo hoe misy rahalahy na rôkovavy ratsy fisikinagna ndraiky tsy ampy hanigny isan'andro. Ataovo hoe: ¹⁶"Ataovo hoe misy araiky aminareo mivolagna amin'ny zareo hoe: "Mandihiàna am-piadanagna, manaova mafana aveo mivokisa." Raha tsy magnamia azy reo ny raha ilainy ho an'ny vatagna areo, ino moa mahatsara zany? ¹⁷Dia mitôvy zany koa ny finoagna, raha tsy misy asa zany, dia maty ¹⁸Nefa mety misy ôlogno mivolagna hoe: "Manam-pinoagna anao, ary zaho managna asa." Aboaho zaho ny finoagnanao tsisy asa, dia haboakako anao koa ny fin oagnanaha amin'ny alalan'ny asako. ¹⁹Anao ndraiky mageky fao araiky fogna ny Zagnahary, tsara zany ataonao zany. Fao na reo masantôko aby magneky zany, kay dia matahotra zareo. ²⁰Tianareo ho hay moa, ry lalahy laifaka, fao ny finoagnaa tsisy asa dia tsisy ilagna azy? [Fanamarihagna: Ny dikan-teny talaoha sasany dia mamaky hoe: "Tianaoreo ho hay moa, ry lalahy laifaka, hoe nagnino ny finoagna tsisy asa no maty?""] ²¹Tsy tamin'ny asa koa moa no nagnamarinagan an'i Abrahama babantsika koafa nanôltro an'i Isaka zanany lalahy teo amin'ny alitara izy? ²²Hitanao fao finoagna dia niasa niaraka tamin'ny asany, ary amin'ny asa dia nivoatra tanteraka ny finoagnany. ²³Dia tanteraka ny Soratra Masigy zay magnano hoe: "Abrahama nino Zagnahary, kay nisaigny taminy ho fahamarinagna zany," aveo izy nantsôvigny hoe kômaradin-Jagnahary. ²⁴Hitanareo zao fa amin'ny asa no hanamarinagna ny ôlogno, fao tsy amin'ny finoagna fogna. ²⁵Mitôvy amin'ny zany koa, Rahaba mpivaro-taigna tsy nohamarinigny tamin'ny asa koa moa izy, koafa nandray reo iraka ndraiky nagnandaifa zareo tamin'ny lâlagna hafa? ²⁶Fa maty ny vatagna raha misaraka amin'ny fagnahy, dia mitôvy amin'ny zany koa, ny finoagna tsisy asa dia maty.

Chapter 3

¹Tsy ologno maro no tôkony hanjary mpagnanatra, ry rahalahiky. Haintsika fao hahazo fitsaragna mafimafy atsika. ²Fao atsika jiaby dia tafintôhigny amin'ny fomba maro. Koa misy tsy tafintôhigny amin'ny regny volagna, dia lalahy matotro tantairaka izy, afaka mamehy na dia ny taignanazy jiaby aby. ³Ary koa atantsika lamboridy eo am-bavan'ny regny savaly mbo hagnikaihan-jareo atsika, dia afaka mitonga ny vatagnan-jareo jiaby koa atsika. ⁴Mbo zahavo koa fao regny sambo, na dia gaida aby aza izy regny ary ndesin'ny rivotro mafy, dia voahaolakan'ny fagnolahagna taigna madiniky agny amin'ny ze jiaby tiàn'ny mpagnamory. ⁵Mitôvy zany koa laila dia rantsagna madiniky amin'ny vatagna, kanaifa izy dia mihambo raha maro. Mbô zahavo koa ny hahilaizan'ny môtro zay magnoro hatihiala. ⁶Ny laila ndraiky koa dia môtro, tranom-pahotagna napaitraka teo amin'ny ratsam-batantsika. Zany dia mampisy petipentigny ny vatagna jiaby ave magnoro ny lalam-piainagna. Ampirihetin'ny helo ny taignanazy. ⁷Fao ny karazam-bibidia jiaby, vorogno, biby mandady, ave zava-boarin-dranomasigny dia faolaka avake nifolahin'ny olombelogno. ⁸Fao momban'ny laila, tsisy ôlogno mahaifa mamaolaka zany. Zy dia ratsy tsy hay fihazigany, feno poizigany mahafaty. ⁹Amin'io no hiderantsika ny Tompo ndraiky Baba, ary amin'io no hagnozaognantsika ôlogno, lehy natao mitôvy tamin-Jagnahary. ¹⁰Avy amin-jany vava zany no hiboahan'ny fitahiagna ndraiky fagnozaognagna. Ry rahalahiky, tsy tôkony hiboaka reo raha reo. ¹¹Zy moa lôharano magnaboaka rano mamy ndraiky mafaiky avy amin'ny fiboahany? ¹²Zy moa kakazon'ny aviavy, ry rahalahiky, mamoa oliva? Na ny voaloboka, mamoa aviavy? Ny rano masigny koa tsy afaka hagnamia rano mamy. ¹³Zôvy no misy fagnahy sady mahay eo agnivonareo? Ambilao ôlogno zany hagnaboaka fiainagna tsara amin'ny asanazy amin'ny fanetrentaignan'ny fahendrena. ¹⁴Fao raha managna fialaonagna mangidy areo, ary fanirian-daza ao am-pônareo, dia aza miambo na mavandy manohitry ny marigny. ¹⁵Zany dia tsy fahendrena lehy nilatsaka avy agny ambony. Fao naifa, avy amin'ny tany, ny tsy ara-pagnahy, ny masantôko zany. ¹⁶Fao agny amin'ny lehy misy fialaonagna ndraiky fanirian-daza, dia misy fifanjevona ndraiky fanaovagna ny ratsy jiaby. ¹⁷Fao ny fahendrena avy agny ambony dia madio alohaka, avy eo feno fiadanagna, malemy fagnahy, mihevitra ny hafa, feno famindram-pô ndraiky vokatry tsara, tsy malemy, ary tsotra. ¹⁸Ny vokatry ny fahamarignagna dia voafafy ampiadanagna eo agnivon-jareo zay mampihavagna.

Chapter 4

¹Avy aiza moa naviany reo ady sindraiky reo tsy fankazahoagna akeo aminareo? Zany moa tsy avy amin'ny fagniriagnanareo lehy miady amin'ny mpikambagna akeo agnivonareo? ²Magniry areo naifa tsy managna. Mamono sy magniry areo, naifa tsy afaka ny ahazo. miady aveo mimalo areo. Tsy managna areo satria tsy mangaho. ³Mangaho areo naifa tsy mahazo satria ratsy fangahoagna, mbô hahavitanareo zany ho amin'ny fagniriagnanareo. ⁴Areo zay Mpijangajanga! Kay tsy hainareo moa fa ny finamanagna amin'ny tô tany tô dia fampirafaisagna manohitry zagnahary? Kay na zovy na zovy tiho sakaizany tany tô dia magnano haignianazy ho fahavalon-jagnahary. ⁵Sa areo moa mieritreritry fa ny sôratra masigny mivôlagna raha foagna hoe: "Ny totry lehy nitsabony niaigny tao amintsika dia sarôtondraha loatra"? ⁶Fa zagnahary magnomia fahasoavagna fôtry kokoa, noho zany dia nivôlagna soratra masigny hoe: "Zagnahary manohitry ny mpiraiharaiha, fa magnomia fahasoavagna ny mpanetry taigna" Ky magnikia zagnahary. ⁷Sohero ny masantôko, kay hilaifa areo izy. ⁸Magnatôgna zagnahary, dia hagnatogno areo izy. Sasao ny tagnagna areo, areo mpagnano raha tsy manjary, aveo sasao ny fônareo, zay mpiroa saigny. ⁹Malahelôva, mandalà aveo mitomoagniza, aoka ny famohaizagnareo hody fitomagnia, avakeo haravoagnanareo ho havigniragna.

¹¹Aza mifagnaratsy areo, ry rahalahy. Ny ôlogno lehy magnaratsy ny rahalahiny na mitsra ny rahalahiny dia manohitry ny lalàgna aveo mitsara ny lalàgna. Raha mitsara lalàgna areo, dia tsy mankariginy ny lalàgna avakeo mitsara. ¹²Araiky fôgna afaka magnomia lalàgna sindraiky mitsara. Izy lehy araiky afaka mamonjy sindraiky mandravagna. Zôvy moa anao, kay mitsara ny namanao? ¹³Kay mitandrignaisa, areo lehy mivôlagna hoe: "Niany na amaraigny hitsôfotro amin'ny tô tanàgna tô atsika, hibidôko hirintaogna agny, hagnano varotro, avakeo halaka tômbony." ¹⁴Zôvy moa mahay raha hiboaka amaraigny, aveo ino ny fiainagnareo? Fa rondro miboaka malaky areo aveo dia tsy hita. ¹⁵Kanaifa, tôkony hivôlagna areo hoe: "Raha fagniriagnany tômpo, dia ho velogno atsika aveo hagnano atô na hagnano agny." ¹⁶Fa avaizo areo dia mivôhavôha amin'ny reo tetiky mipoairapoaira. Ny firaiharaihagna jiaby tôrotro zany dia ratsy. ¹⁷Kay ho an'ny lehy jiaby mahay magnano tsara naifa tsy magnano zany, dia heloko hoanazy zany.

Chapter 5

¹Aviatô, areo lehy manan-kariagna, mitomoagnia aveo mihaikiakia noho ny reo fahoriagna homby amireo. ²Ny hariagnanareo afa lô, aveo ny fitafiagnanareo afa lanin'ny kalalao. ³Ny vôlamainanareo sindraiky vôlafôtsinareo dia afa harefisigny. Ny harefisigny dia tomoa hagnambaragna areo. Hagnoro ny fônareo tôtroto motro zany. Nakajinareo ny hariazgnanareo ho amin'ny reo andro farany. ⁴Tô, karaman'ny reo mpiasa dia mitaraigny ny karama lehy nitananareo tsy ho an'ny reo lehy mpamokatra ny sahanareo, avakeo reo fitaraignan'ny reo mpamboly afa homby agny amin'ny Tômpo. ⁵Niaigny tamin'ny hariagna teto an-tany areo avakeo nagnairam-pô tamin'ny haiginanareo. Nigidazinareo ny fônareo mba ho agny amin'ny andro famonoagna. ⁶Nagnameloka sindraiky namono ôlogno marigny areo. Tsy nanohitry areo izy. ⁷Koa maharaita, ry rahalahy, papiky havian'ny Tômpo. Kay tô, ny mpamboly mandigny ny vaokatra tsara avy amin'ny tany. Mandigny mipaharaitagna zany izy, papiky ny hazaoagna zany ny voanaloahany sindraiky faran'ny oragna. ⁸Areo, koa mbô, maharaita. Hamafiso ny fônareo, satri afa marikitry ny fahavian'ny Tômpo. ⁹Aza mifampitaraigny, ry rahalahy, mbô tsy hitsaraigny areo. Tô, ny mpitsara mitsangagna akeo an-tamiagna. ¹⁰Malaka ohatra, ry rahalahy, avy amin'ny fijaliagna ndraiky faharaitagna reo mpagnazary, reo lehy nivôlagna tamin'ny agnaragna Tômpo. ¹¹Regny, atantsika karaha ny sambatra zareo lehy afa niaritry. Afa regninareo ny fiaraitan'i Joba, avakeo hainareo fikasagnany Tômpo, ny maha-feno fangorahagna ndraiky famindram-pô Azy. ¹²Fa agnambon'ny raha jiaby, ry rahalahiko, aza mifanta, na amin'ny lagnitry na amin'ny tany, na mifanta amin'ny hafa. Fa naifa, aoka ny vôlagnareo hoe: "Ia" ho "Ia" aveo ny "Tsia" ho "Tsia," mbô tsy hitsôfotro amin'ny fitsaragna areo. ¹³Misy ôlogno moa aminareo sahiragna amin'ny andro sarotra? aoka izy hivavaka. Misy ôlogno ravoravo moa? Aoka izy hihira fideragna. ¹⁴Misy marary moa akeo agnivonareo? Aoka izy hagnantso ny lôhologno ny fiangonagna, aveo aoka zareo hivavaka azy. Aoka zareo hagnôsotro menaka azy amin'ny agnaragna tômpo. ¹⁵Ny fivavaka ny finoagna no hampahivagna lehy ôlogno marary, avakeo ny Tômpo hampitsangagna azy. Raha nanota izy, dia hamôtotro azy zagnahary. ¹⁶Kay mifagnikia heloka areo, avakeo mifampivavaha, mbô hahivagna areo. Ny vavaka ataon'ny ôlogno marigny dia bahery matanjaka amin'ny fiasany. ¹⁷Elia dia lalahy tôtroto atsika fôgna. Nivavaka mafy izy mbô tsy hilatsahan'ny ranon'ôragna aveo tsy nilatsaka tamin'ny tany nandritry ny telo tagno sy enim-bôlagna zany. ¹⁸Aviteo nivavaka ndraiky Elia. Ny lagnitra dia nagnomia ranon'ôragna, aveo ny tany namoa ny vokany. ¹⁹Oa rahalahiky, izy koa misy akeo aminareo mitsipaka amin'ny fahamarignagna, aveo misy araiky magnampôdy azy, ²⁰dia tôkony ho hain'io ôlogno io fa na zôvy na zôvy mangala ny mpanota araiky amin'ny lalagna diso hagnavotro azy amin'ny fahafataisagna, aveo hanarogno fahontagno fôntry.

1 Peter

Chapter 1

¹Petera, apostolin'i Jesôsy Kristy, hoan'ny reo zanaka am-pelezagna, reo zay voafidy, magnairagna Ponto, Galatia, Kapadokia, Asia, ary Bitynia. ²Zany dia araka ny hain-jagnahary Iada mialaoha, voatoka ny Fagnahy ho fankatoavagna ndraiky ho fagnaparahagna ny lin'i Jesôsy Kristy. Ho aminareo ny fahasoavagna, ary hitômbô ny fiadanagn'areo. ³Ho tahiny Zagnahary ndraiky Iadan'i Jesôsy Kristy Tompotsika. Tamin'ny famindram-pôny, no nagnomaizany atsika fahatirahagna vava amin'ny fahatokisan'ny laova. Zany laova zany dia tamin'ny alalan'ny fitsanganan'i Jesôsy Kristy tamin'ny maty. ⁴Zany dia hoan'ny laova zay tsy hofotaty, tsy haratra, avakeo tsy levogno. Zany dia voataokagna ho anareo akagny an-dangitry. ⁵Areo dia arovan'ny angôvon-jagnahary amin'ny alalan'ny finoagna, ho an'ny fagnavaotagna zay afa vôgnogno ho ambara amin'ny fotoagna farany. ⁶Taigna ravoravo mahakasiky zany areo, na dia ilainareo aby ny hahatsiaro malahelo amin'ny olagna maro isankarazany avaizo. ⁷Zany dia ho fagnaprofoagna ny finoagnanareo, zay taigna sarobidy noho ny volamaina zay naratra, na dia nisedraigny tamin'ny môtro aby. Miboaka zany mbô ho hita ny vokatry ny finoagnanareo amin'ny fideragna, vogninahitry, ary haja amin'ny hiboahan'i Jesôsy Kristy. ⁸Tsy nahita Azy areo, naifa tia Azy. Tsy mahita azy areo avaizo, naifa mino Azy aveo taigna ravo amin'ny haravoagna tsy hay volagnigny, mafitsaratsara. ⁹Raisinareo avaizo ny vokatry ny finoagnanareo, dia ny fagnavaotagna ny fagnahinareo. ¹⁰Reo mpagnazary dia nandiniky ndraiky nagnontany tsara ny mahakasiky zany fagnavaotagna zany, ny mahakasiky ny fahasoavagna zay ho areo. ¹¹Zareo dia nitady ny hahay ny mahakasiky ny hoe zôvy ndraiky afriagna ny Fagnahin'i Kristy ao amin-jareo no nivaolagna tamin-jareo. Zany dia niboaka karaha ny nivolagniny zareo mialaoha mahakasiky reo fijalian'i Kristy ndraiky vogninahiny magnaraka zany. ¹²Nambara tamin-jareo zany mbô tsy hanompo ny haigin-jareo, fao

areo, koafa nivaolagna reo raha zay nambara taminareo avai zo zareo tamin'ny alalan'ny reo zay nitory ny vava maharavo taminareo tamin'ny alalan'ny Fagnahy Masigny nalaifa avy akag ny an-dangitry raha zay tian'ny reo anjely ho hay.¹³ Noho zany homàno ny saigninareo. Mahonóna taigna. Mamaitraka fitokiagna amin'ny fahasoavagna zay hoentigny aminareo amin'ny hiboahan'i Jesôsy Kristy.¹⁴ Amin'ny maha-zanaka mpankatô, aza mampifagnaraka ny hainginareo amin'ny reo fagniriagna zay narahinareo tamin'ny mbôla tsy nahay areo.¹⁵ Fao mitôvy lehy araiky zay nagnantso areo hoe masigny, areo faogna koa, aoka ho masigny amin'ny fitondran-taignanareo jiaby.¹⁶ Fao voasaoratra magnanjao: "Aoka ho masigny, satria masigny Zaho."¹⁷ Kay raha magnantso lehy araiky zay mitsara tsisy fagnavakavahagna araka ny asan'ôlogno tsiraikiraiky avy hoe: "Tada" areo, dia handany ny fotoan'andronareo amin'ny fanehoagna fagnajagna.¹⁸ Hainareo fao tsy avy tamin'ny vaolafôtsy na vaolamaina mety levogno no nagnavaotagna areo tamin'ny fitondran-taigna laifaka zay nianaranareo tamin'ny reo razagn'areo.¹⁹ Fao ndraiky, navaotagna tamin'ny lio sarobidin'i Kristy areo, zay mitôvy zanak'ondry tsisy kilaima na tsigny.²⁰ Voafidy talaohan'ny nananganagna zao tontolo zao Kristy, fao avai zo dia tamin'ny reo fotoagna farany no nagnambaraña Azy taminareo.²¹ Amin'ny alalany no hinoanareo Zagnahary, zay nanangagna Azy tamin'ny maty ndraiky tamin'ny reo namaizany vogninahitry mbô ho ao amin-jagnahary ny finoagna ndraiky fahatokisanareo.²² Nagnadío ny fagnahinareo tamin'ny fankatoavagna ny fahamarinagna areo. Zany dia ho an'ny fitiavagna ara-pirahilahiagna madio; noho zany taigna mifankatiava amin'ny fô. [Fagnamarihagna: Reo dikan-teny sasany dia mivaky magnanjao: "Nagnadío ny fagnahinareo tamin'ny fankatoavagna ny fahamarinagna tamin'ny alalan'ny Fagnahy areo"]²³ Natairaka indraiky areo, tsy avy amin'ny voa mety maty, fao avy amin'ny voa tsy mety maty, amin'ny alalan'ny vaolagna Zagnahary velogno ndraiky mitoaitra.²⁴ Fao "ny nôfo jiaby dia karaha ahitry, aveo ny vogninahiny jiaby dia tôtroto vognokazon'ny ahitry. Maigny ny ahitry, avakeo malazo ny vognon-kazo,²⁵ fao ny koragnan'ny Tompo dia midôko bari ky dintany." Zany ny vava maharavo zay nivolagny taminareo.

Chapter 2

¹Noho zany ariào ny ratsy jiaby, ny fahadisoam-panantenagna jiaby, ny fiatsarambelatsihy, ny fagniriagna, aveo ny fagnindrikindraihagna jiaby.²Karaha zaza voh tairaka, magniry ronono ara-pagnahy madío, mbô hahafahanareo mitombo ao amin'ny fagnavaotagna amin'ny alalany zany, ³raha nahatsapa areo fao tsara fagnahy ny Tompo.⁴Magnatogno azy lehy vato velogno zay narian'ôlogno, fao voafidin-Jagnahary ho manan-danja Aminazy. ⁵Areo faogna koa dia mitôvy reo vato velogno zay voahorigny ho tragno ara-pagnahy, mbô ho mpisôrognô masigny zay manôlotro ny sôrognô ara-pagnahy kehin-Jagnahary amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy.⁶Ny Saoratra Masigny dia ahitagna zao: "Tô, Zaho midôko amin'ny Ziona vato fehizoro, voafidy ndraiky manan-danja. Zay jiaby mino azy dia tsy ho maingatra."⁷Ny vogninahitry noho zany dia hoanào zay mankatô. Naifa, "ny vato narian'ny reo mpagnorin-tragno, zany dia tonga laohan'ny fehizoro"—⁸aveo vato mahatafintôhigny ndraiky vatolampy mahalavo. Tafintôhigny zareo, tsy nankatô ny vaolagna, zay voataokagna ho nihinjareo faogna koa. ⁹Fao anao dia ôlom-boafidy, mpisôron'ny mpanjaka, firenena masigny, ôlogno zagnahary, mbô hoafaka hagnambara ny hatsaran'ny reo asan'ny lehy araiky zay nagnantso anao avy tao amni'ny hizigny hagnagny amin'ny hazavany mahatalanjogno anao. ¹⁰Talaoha anao tsy ôlogno, kanaifa avaizo anao dia ôlon-Jagnahary. Tsy nandray famindram-pô anao, fao avaizo anao nandray famindram-pô.¹¹Ry tiagna, magnantso areo karaha vahiny ndraiky mpandaihandaiha zaho mbô hifady ny filan'ny nôfo, zay mahatonga ady manohitry ny fagnahinareo. ¹²Tôkony managna fitondran-taigna tsara areo eo amin'ny reo Jentilisa, mbô ho raha mikoragna mahakasiky areo ho nagnano raha ratsy zareo, dia tôkony hahita reo asa tsaranareo ndraiky hankalaza Zagnahary amin'ny andro zay hahatongavany.¹³Ankatoavy ny fahefan'ny ôlombelogno jiaby noho ny amin'ny Tompo. Ankatoavy karaha ny taigna agnambo ny mpanjaka, ¹⁴ndraiky reo governora faogna koa, zay nalaifa mbô hagnasazy reo mpitsabo ratsy ndraiky hankalaza reo zay mitsabo tsara. ¹⁵Fao zany no sitrapôn-Jagnahary amin'ny fanaovagna ny tsara areo dia mampangigny ny koragna tsy mahay fomban'ny ôlogno laifaka. ¹⁶Hotran'ny maha-ôlon'afaka, aza ampiasainy ho mitôvy ny fanaronagna fahalemiagna ny fahafahagnào, fao aoka ho karaha ny mpanompon-Jagnahary. ¹⁷Amiazo vogninahitry ny ôlogno jiaby. Tiavo ny firahilahiagna. Matahora Zagnahary. Amia vogninahitry ny mpanjaka.¹⁸Ry mpanompo, samia hagneky ny tomponareo amin'ny fagnajagna jiaby. Aza magneky ho mpanompon'ny tsara ndraiky ho tompony tsara fagnahy, fao hoan'ny reo ratsy toaitra faogna koa.¹⁹Satria magnaiva fideragna zany raha misy miaritry fanaintaignagna koafa mijaly amin'ny tsy rariny noho ny fanantenany Zagnahary. ²⁰Fao hoatrino ny vaola raha manota aveo miaritry mandritry ny fagnasaziagna anao aveo? Fao raha nagnano tsara anao avakeo miaritry mandritry ny fagnasaziagna anao, dia mendri-pideragna amin-Jagnahary zany.²¹Fao nohony tô no nagnantsaovagna anao, satria Kristy faogna koa dia nijaly hoanao. Nagnambaila aohatra hoanao Izy mbô hagnarahagna reo lalagna nazy. ²²Tsy nanota Izy, na nisy vandy tam-bavany. ²³Koafa nivolagnagna ratsy Izy, dia tsy mbô namaly ratsy. Koafa nijaly Izy, dia tsy nandrahogno, fao nanôlotro ny haigniny tamin'ny lehy araiky zay Mpitsara am-pahamarignagna.²⁴Izy haigniny dia nitondra reo fahotantsika tao amin'ny tempoly ho eo agnambony kakazo, mbô tsy hanagna anjara amin'ny fahotagna eky, aveo mbô hiaigny hoamin'ny fahamarignagna. Tamin'ny alalan'ny ratrany no nampahivagna areo. ²⁵Nandaihandaiha karaha ondry very areo jiaby, fao avaizo areo nimpôdy tamin'ny mpiambigny ondry ndraiky mpiambigny ny fagnahinareo.

Chapter 3

¹Amin'ny zany fomba zany, areo vaiavy dia tókony hagneky vadinareo. Atôvy zany na dia misy lalahy maro aby tsy mankatô ny vaolagna, aveo mety hoazo zareo na tsisy aby ny vaolagna, amin'ny alalan'ny fitondran-taignan'ny vadin-jareo. ²Fao zareo dia hahita ny fitondran-taigna magnaiva areo am-pagnajagna. ³Aoka zany ho tantairaka tsy miaraka amin'ny reo bika ambailany: singam-bolo, ravaka vaolamaina, na akanjo lamôdy. ⁴Fao ndraiky, aoka zany ho tantairaka miaraka amin'ny zay ao am-pôn'ny ôlogno, ndraiky ny hatsaragna mahadignin'ny fagnahy tsara ndraiky mangina, zay tsara eo agnatraihan-Jagnahary. ⁵Fao reo vaiavy masigny talaoha no nandravaka ny haignin-jareo karaha zany. Nanagna fahatokisagna Zagnahary zareo ary nankatô vadiny aby. ⁶Mitôvy zany fomba zany no nangnikaihan'i Abrahama Saraha ndraiky nagnantsaovany azy ho tompony. Areo dia zanany avaizo raha magnano zay tsara ndraiky tsy matahotro olagna areo. ⁷Mitôvy zany faogna, areo lalahy dia miaigny miaraka amin'ny vadinareo araka ny fahazavan-tsaigany, mitôvy ny fanaka taigna malemy, ny vaiavy. Tókony amianareo vagninahitry zareo karaha ny mpiara-mandaova ny fagnomaizan'ny fiainagna. Atôvy zany mbô tsy ho voasakagna ny vavakareo. ⁸Farany, areo jiaby, aoka hiray saigny, hangoraka, hifankatia karaha ny mpirahalalahy, ho tso-pô, avakeo hanetri-taigna. ⁹Aza mamaly ratsy ny ratsy na manaivataiva ny mpagnavaitavaita. Mifanohitry amin'ny zay aby, mitahià lalandava, fao noho zany no nagnantsaovagna areo, mbô hahafahanareo mandaova fitahiagna. ¹⁰"Lehy araiky zay te-hankafy fiainagna ndraiky te-hahita andro tsara dia tókony hagnajanogno ny lailany amin'ny ratsy ndraiky ny sôgnony amin'ny fivolagnagna vandy. ¹¹Aoka izy hiala amin'ny atao hoe ratsy aveo hitsabo zay tsara. Aoka izy hitady fiadanagna ndraiky hitaky zany. ¹²Ny mason'ny Tompo mahita ny marigny, avakeo ny sôfigny mitandregny reo fangatahan-jareo. Fao ny haignin'ny Tompo dia manohitry reo zay mitsabo ratsy. ¹³Zôvy lehy araiky zay hamely areo raha magniry ny hagnano tsara areo? ¹⁴Naifa raha mijaly nohon'ny fahamarignagna areo, dia sambatra. Aza matahotro zay hatahaoran-jareo. Aza mangôrohôro. ¹⁵Fao naifa, atokano karaha ny masigny ao am-pônareo lehy Tompo Kristy. Vôgnogno lalandava hamaly ny ôlogno jiaby zay magnontany areo ny antony hatokisanareo Zagnahary. Atôvy amin'ny halemiam-pagnahy ndraiky fagnajagna zany. ¹⁶Manàgna feon'ny fieritreraitagna madio mbô ny ôlogno zay manaivataiva fiainagna tsaranareo ao amin'i Kristy dia mety maingatra staria mivaolagna manohitry areo zareo mitôvy ny hoe mpitsabo ratsy areo. ¹⁷Taigna tsara, raha Zagnahary no magniry, fao mijaly areo amin'ny fanaovagna tsara nohon'ny fanaovan-dratsy. ¹⁸Afa nijaly nohon'ny fahotagna faogna koa Kristy. Izy zay marigny dia nijaly hoantsika, zay tsy marigny, mbô hitondrasany atsika eo amin-Jagnahary. Nivonogny tamin'ny nôfo Izy, fao nivilômin'ny Fagnahy. ¹⁹Tamin'ny alalan'ny Fagnahy, dia nandaiha izy avakeo nitory hoan'ny reo fagnahy zay agny angadra avaizo. ²⁰Tsy nankatô zareo koafa nandigny ny faharaitan-Jagnahary tamin'ny andron'i Noa, tamin'ny andron'ny fagnamboaragna sambofiara, aveo Zagnahary namonjy ôlogno vitsy_fagnahy valo_ tamin'ny rano. ²¹Zany no famantaragna ny batisa zay magnavotro areo avaizo_tsy karaha ny fagnadiovagna ny loto amin'ny haigny, fao mitôvy ny antson'ny feon'ny fieritreraitagna ho amin-Jagnahary_tamin'ny alalan'ny fitsanganan'i Jesôsy Kristy tamin'ny maty. ²²Kristy dia eo an-tagnagna an-kaherin-Jagnahary. Nakatra akagny an-dangitry Izy. Reo anjely, reo manam-pahefagna, aveo ny angôvo dia tsy maintsy magneky Azy.

Chapter 4

¹Noho zany, satria nijaly tamin'ny nôfo Kristy, dia atôvy fiadian'ny hainginareo zany tanjogno zany. Fao zay jiaby nijaly tami'ny nôfo dia nijanogno tamin'ny fahotagna. ²Vokatry zany, ny ôlogno mitôvy zany, mandritry ny fotoagna tavailla hiaignany, dia tsy hiaigny hoan'ny fagniriana ôlogno eky, fao hoan'ny sitrapôn-Jagnahary. ³Fao fanaoko zay ny fotoagna lôsogno nanaovagna zay tian'ny Jentilisa atao haravoan'ny nôfo, fijejojejoagna, fimamoagna, fitondran-taigna mahamaingatra, fisomoan-dratsy, ary avakeo reo asan'ny fanompoantsampy maharikoriko. ⁴Sambaranjareo fao hafahafa satria tsy mikambagna amin-jareo ao amin'ny zany fagnaranam-pô be zany areo, noho zany dia hivaolagna ratsy mahakasiky areo zareo. ⁵Hamaly ny araiky zay vôgnogno hitsara ny velogno ndraiky maty zareo. ⁶Noho zany antony zany no nitriana vava maharavo tamin'ny reo maty faogna koa, mbô na dia nitsaraigny tamin'ny nôfo mitôvy ny ôlogno aby zareo, dia hiaigny karaha Zagnahary ao amin'ny fagnahy. ⁷Magnatogno ny faran'ny raha jiaby. Noho zany misia fagnahy, aveo mahonona taigna amin'ny eritreritrago hoan'ny fitiavam-bavaka. ⁸Agnambony raha jiaby, manàgna fitiavagna feno hoan'ny tsiraikiraiky aby, fao ny fitiavagna mamôgno fahotagna maro. ⁹Mifampiantragnao tsy am-itaraignagna. ¹⁰Fao ny tsiraikiraiky aminareo dia nagala fagnomaizam-pahasoavagna, ampiasay hifanompoagna zany. Manaova zany mitôvy ny mpitagna raharahan'ny fagnomaizam-pahasoavagna maro maimaimpoagna amin-Jagnahary. ¹¹Raha misy mivaolagna, aoka izy hagnano zany mitôvy ny araiky mivaolagna ny koragnan-Jagnahary. Raha misy manompo, aoka zany hoavy amin'ny angôvo zay vatsian-Jagnahary. Manaova reo raha reo mbô hamiam-bogninahitry amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy amin'ny fomba jiaby Zagnahary. Aoka hoan'i Jesôsy Kristy ny vogninahitry ndraiky angôvo bariky dintany. Amena. ¹²Ry tiagna, aza alaigny ho hafahafa ny fitsapagna amin'ny môtôro zay niboaka taminareo, mitôvy nisy raha hafahafa niboaka taminareo. ¹³Fao ndraiky, na dia maro aby ny hiaignanareo reo fijalian'i Kristy, miravoa, mbô hoafaka hiravo faogna koa areo aveo ho ravoravo amin'ny fagnambaragna ny vogninahiny. ¹⁴Raha nitevatevaigny noho ny agnaran'i Kristy areo, dia voatahy, satria ny Fagnahin'ny vogninahitry sy ndraiky Fagnahin-Jagnahary dia midôko ao aminareo. ¹⁵Fao aoka tsy hoisy na zôvy na zôvy aminareo hijaly karaha ny mpamono ôlogno, mpangalatra, mpagno ratsy, na mpiraharaha ny an'ny hafa. ¹⁶Fao raha misy mijaly fao Kristiana, aoka izy tsy ho maingatra; fao ndraiky, aoka hagnamia vogninahitry Zagnahary amin'ny zany agnargna zany izy. ¹⁷Fao fotoagna zao hanombohagna ny fitsaragna miaraka amin'ny tamingan-Jagnahary. Raha manomboko amintsika zany, ino no ho vokatra hoan'reo zay tsy mankatô ny vava maharavon-Jagnahary? ¹⁸Avakeo raha "ny ôlo-marigny aby lehy tsy ho voavotro, amin'ny fomba akôry no hiboahan'ny ôlogno tsy nihin-Jagnahary ndraiky mpanota?" ¹⁹Noho zany aoka reo zay mijaly noho ny sitrapôn-Jagnahary hagnankigny ny fagnahin-jareo amin'ny Mpamôrognô mahatoky amin'ny fanaovagna tsara.

Chapter 5

¹Magnanatra reo sojabe aminareo zaho, zaho, zay sojabe namagna. Zaho faogna koa dia antomoan'ny reo fijalian'i Kristy, aveo koa mpiômbogno ao amin'ny vogninahitry zay afa haboaka. ²Noho zany, magnanatra areo zaho, ry sojabe, iambaiso ny ondrin-Jagnahary zay eo aminareo. Araho maso izy regny, tsy amin'ny fagnitiritiriagna, fao amin'ny sitrapônareo, araka ny sitrapôn-Jagnahary. Araho maso izy regny, tsy amin'ny vaola maloto, fao amin'ny sitrapô. ³Aza manjakazaka amin'ny ôlogno zay tandraimanareo. Fao ndraiky, aoka ho fitaratra hoan'ny ondry. ⁴Aveo koafa miboaka lehy Laohan'ny mpiambigny ondry, dia hahazo satro-bogninahitry tsy mety maratra areo. ⁵Mitôvy zany koa, areo tanora fagnahy, keho ny ôlogno gaida. Areo jiaby, tafia fanetren-taigna ny haigninareo aveo mifanompoa. Fao Zagnahary manohitry ny mpiraiharaiha, fao magnamia fahasoavagna ny mpanetry taigna. ⁶Noho zany manetre taigna eo ambanin'ny tagnamaherin-Jagnahary mbô hampakarany areo amin'ny zany fotoagna zany. ⁷Apitraho aminazy ny fanahianareo jiaby satria Izy no mikarakara areo. ⁸Mahonona taigna, mandrasa. Ny fahavalonareo, dia ny devoly, mihôdinkôdigny mitôvy liona masiaka, mitady zay ôlogno ho hoaniny. ⁹Manohera azy. Mihoraigna amin'ny finoanareo. Hainareo fao zany fahoriagna zany dia mahazo ny firaisan'ny reo mpino magnairantany faogna koa. ¹⁰Koafa avy nijaly nandritra ny fotoagna fohy areo, ny Zagnahary ny fahatsaragna jiaby zay nagnantso areo hoamin'ny vogninahiny bariky dintany ao amin'i Kristy, dia hahatantairaka areo, hanangagna areo, aveo hampahery areo. ¹¹Nihinazy ny fanjakagna bariky dintany. Amena. ¹²Alaiky mitôvy ny rahalahy mahatoky i Silasy, aveo nanaoratra teny fohifohy aminareo tamin'ny alalany zaho. Magnanatra areo zaho avakeo mivaolagna areo fao zay nisoroatako dia fahasoavagna marin-Jagnahary. Mitsangàna amin'ny zany. ¹³Ny vaiavy zay akagny Babylona, zay voafidy niaraka taminareo, magnano veloma areo. Aveo Marka, zanako lalahy, magnano veloma areo. ¹⁴Mifagnanaova veloma amin'ny fagnoraoham-pitiavagna. Ho aminareo jiaby ny fiadanagna zay ao amin'i Kristy.

2 Peter

Chapter 1

¹Simona Petera, mpanompo ave apostolin'i Jesôsy Kristy, hoan'ny reo zay nahazo finoagna sarobidy tôtroto zay niraisinay, finoagna ao amin'ny fahamarignan-Jagnaharintsika ndraiky Jesôsy Kristy Mpagnavotro. ²Hampitombôsigny aminareo ny fahasoavagna ndraiky fiadanagna nohon'ny fahalalagna Zagnahary ndraiky Jesôsy Kristy Tômpontsika. ³Reo raha jiaby mahakasiky ngôvon-Jagnahary hoan'ny fiainagna ndraiky toe-pagnahy dia namiagna tasika tamin'ny alalan'ny fahaizagna Zagnahary, zay nagnantso atsika tamin'ny alalan'ny vogninahiny ndraiky fahatsarany zeraiky. ⁴Tamin'ny alalan'ireo, namaizany vaolagna fikasagna tsara sady taigna goalahy atsika, mbô ho tonga mpizara amin'ny fomban-Jagnahary areo, raha milaifa fahalotoagna zay aketo antany nohony filagna ratsy. ⁵Noho zany, mitsaboa ny taigna tsara mbô hagnampiagna fahatsaragna amin'ny alalan'ny finoagnanare, avakeo amin'ny alalan'ny fahatsaragnanareo, ny fahaizagna. ⁶Amin'ny alalan'ny fahaizanareo, magnampia fahononam-pô, aveo amin'ny alalan'ny fahononam-pô nareo, magnampia fiaraitagna, ave amin'ny alalan'ny fiaraitanareo, magnampia toe-pagnahy. ⁷Amin'ny alalan'ny toe-pagnahinareo, magnampia fitiavagna rahalahy, avakeo amin'ny alalan'ny fitiavagna rahalahy, magnampia fitiavagna. ⁸Raha akao aminareo reo avake mitômbo ao aminareo, dia tsy hamoa na tsy hamoa amin'ny fahaizagna Jesôsy Kristy Tômpontsika areo. ⁹Fao na zôvy na zôvy tsy ampy reo raha reo dia tsy mahita koa tsy zay marikitry; gila izy. Nadignany fagnadiovagna azy tamin'ny reo fahotagnany talaoha. ¹⁰Noho zany, ry rahalahy, atôvy jiaby mbô hahazoagna toky ny fagnantsaovagna ndraiky fifidianagna areo. Raha magnano reo raha reo areo, dia tsy ho voarava. ¹¹Amin'izay dia malalaka aminareo ny fidiragna amin'ny fanjakagna bariky ditany zay nihin'ny Tômpontsika ndraiky Jesôsy Kristy Mpagnavotro. ¹²Noho zany vôgnogno faogna zaho hampahatsaro areo reo raha reo, na dia hainareo aby reo, aveo na dia matanjaka ao amin'ny marigny aby areo avazo. ¹³Zaho mieritreritry fao rariny aminaha ny mamaoha amin'ny fampahatsiavagna reo raha reo, koa mbôla aketo amin'ny tô tragno-lay tô zaho. ¹⁴Satria haiky fao tsy ho aila dia halàko ny tragno-lay naha, karaha zay naboakan'i Jesôsy Kristy Tômpontsika zaho. ¹⁵Avake ho tsaboky zay farany vitako mbô hahatsaraovanareo lalandava reo raha reo koafa lôsogno zaho. ¹⁶Fao zahay dia tsy nagnaraka angano tsara lahatra zay niforônigny koafa nikoragna taminareo mahakasiky ny angôvo ndraiky fiboahan'i Jesôsy Kristy Tômpontsika. Fao naifa, zahay dia vavolombelogno nahita lapany. ¹⁷Fao Izy dia nahazo laza amam-bogninahitry avy tamin-Jagnahary lada koafa nisy feo avy taminazy tamin'lehy vogninahitry taigna goalahy nagnanjao: "Tô no Zanako tiako, zay taigna foky." ¹⁸Naharegny zany feo avy tagny andagnitry zany zahay, koafa niaraka Taminazy tagny an-tampotanety masigny. ¹⁹Atsika dia managna tô vaolagna faminaniagna zay afa

natao mafy originy tôle. Tôkony hitandrigny zany tsara areo. Zany dia karaha jiro mazava ao agnaty hizigny mandra-pahatongan'ny marandrainy ndraiky lakitan'ny marainy mazava ao am-pônaireo.²⁰Haiky alaoha zao, fao tsisy faminaniagna avy amin'ny famoahan-kevitry ny ôlogno.²¹Fao tsisy faminaniagna avy tamin'ny sitrapôn'ôlogno. Fao naifa, nitarihin'ny Fagnahy Masigny izy regny mbô hivaolagna zay nivolagnin-Jagnahary.

Chapter 2

¹Ny mpagnazary sandoko dia avy teo amin'ôlogno, aveo ny mpagnanatra sandoko faogna koa dia ho avy eo aminareo. Hinday manginginy sain-diso mamotiky zareo, avakeo tsy hagneky Tômpo zay nividy zareo. Zareo dia minday fahapotaihagna malaky amin-jareo. ²Maro no hagnaraka fijejojejoagnan-jareo, aveo amin'ny alalan'iregny no hivolagnan-dratsy ny lalan'ny fahamaringna. ³Amin'ny fieremagna no hagnararaotany areo miaraka amin'ny vaolagna mamitaka. Tsy ho aila ny fagnamelohagna izy regny; tsy mandry ny fahapotehan'izy regny. ⁴Fao Zagnahary tsy namindra fô reo anjely zay nanota. Fao naifa natôlony ho amin'ny vilagny tany zareo mbô ho voasambotro amin'ny gadran'ny fahamaizinagna mandrapatongan'ny fitsaràgna. (Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talaoha sasany dia mivaolagna karaha zao: "Mbô ho tadiagna ao amin'ny lavaky ny fahamaizinagna mandrapatongan'ny fitsaràgna.") ⁵Avakeo koa, tsy nagnambaila izao tontolo izao talaoha Izy. Fao naifa, nagnavotro Noa, zay mpitôry fahamarinagna, miaraka amin'ny fito hafa, koafa nitondra safo-drano tamin'ny ratsy fagnahy teto amin'izao tontoo izao izy. ⁶Zagnahary faogna koa nitsabo reo tanagnan'i Sodoma ndraiky Gomora ho potehigny avakeo nagnameloko zareo ho amin'ny fahapotaihagna, ho mitôvy ny ohatra amin'izay hiboaka amin'ny ratsy fagnahy. ⁷Fao Lota marigny, zay nampijalegny tamin'ny fitondran-tegnan'ny reo ôlogno tsy marigny tamin'ny fijejojejoagna, dia navaotan-jagnahary. ⁸Fao zany lalahy marigny zany, zay niaigny niaraka tamin-jareo isan'andro, dia fadiranovagna tamin'ny fagnahin'ny fahamarinany noho zay hitany ndraiky regniny. ⁹Hain'i Tômpo ny fomba hamonjiagna reo ôlogno tsara fagnahy amin'ny reo fitsapagna, ndraiky fomba hitanany reo ôlogno tsy marigny ho amin'ny famaizagna amin'ny andron'ny fitsaràgna. ¹⁰Taigna marigny zany ho amin'ny reo zay manôhy amin'ny fagniriagna ratsin'ny nôfo ndraiky magnano tsinotsinona fahefagna. Mahasaky aveo taigna mitompo vaolagna marigny zareo. Zareo dia tsy matahotro hivaolagna reo be vogninahitry. ¹¹Reo anjely dia managna angôvo ndraiky fahefagna gaida, fao zareo tsy mitondra fitsaragna maniratsira manohitry zareo amin'ny Tômpo. ¹²Fao reo biby tsy manan-tsaigany reo dia natao ho sambôrigny ndraiky potehigny. Tsy hain-jareo zay tsiratsirain-jareo. Ho potiky zareo. ¹³Hangala valisoan'ny raha ratsy nitsabony zareo. Mieritreritry zareo fao ny tsy fiafiagna mandritran'ny andro dia fahafinaraitagna. Zareo dia maro tasitasy ndraiky tsigny. Mafitsaratsara zareo ny asa famitahan-jareo koafa mihianagna miaraka aminareo. (Fagnamarihagna: Reo dikan-teny sasany dia mivaky karaha zao: "Mafitsaratsara zareo ny asan-jareo koafa mihinagna miaraka aminareo amin'ny hanimpifankatiavagna".) ¹⁴Laifaka amin'ny vaiavy mijangajanga zareo; tsy afa-pô amin'ny fahotagna velively zareo. Mitariky fagnahy tsy mety maty ho amin'ny fanaovan-dratsy zareo, avakeo managna fô voahaofagna amin'ny fitsiriritagna zareo. Zanakany ny fagnozaonagna izy regny! ¹⁵Niala tamin'ny lalagna mahitsy zareo. Nanjary nivily zareo, aveo nagnaraka lalagna Balama zanak'i Beora, zay tia tambin'ny tsy fahamaringna. (Fagnamarihagna: Reo dikan-teny sasany dia mivaky karaha zao: "Balama, zanak'i Bosora.") ¹⁶Fao nahazo vaolagna mafy izy nohon'ny fandikan-dàlagna manaokagna. Nisy Boriky môa nivaolagna tamin'ny feon'ôlombellogno nagnajanogno hadalagnan'ny lehy mpagnazary. ¹⁷Reo ôlogno reo dia karaha laohotagno tsisy mahalegny. Tôtroto rahogno ndesin'ny valolan-drivotro zareo. Nataokagna zareo ny hizigny matevigny. ¹⁸Mivaolagna tsy am-piheveragna zareo. Managno ôlogno amin'ny alalan'ny filan'ny nôfo zareo. Zareo dia managno ôlogno zay miaizaka milaifa reo zay miaigny amin'ny fahadisoagna. ¹⁹Zareo dia mampagnantaigna fahafahagna amin-jareo, kanaifa izy haigniny ary andevon'ny fahalotoagna. Fao ny ôlogno dia andevon'zay raha jiaby maharesy azy. ²⁰Na zôvy na zôvy afaka amin'ny reo fahalotoagnan'izao tontolo zao amin'ny alalan'ny fahaizagna Tômpo ndraiky Jesôsy Kristy Mpagnavotro, ary avakeo mipôdy amin'ny reo fahalotoagna ndraiky, dia hanjary ratsy noho lehy raha voalaohany lehy toe-draha farany. ²¹Taigna tsara amin-jareo ny tsy mahay lalan'ny fahamarinagna nohon'ny mahay zany dia hivadiky amin'ny didy masigny natôlotro zareo. ²²Marigny amin-jareo tô ôhobaolagna tô: "Ny amboa no mipôdy amin'ny loany. Ny kisoa afa nadio mipôdy mihôsi-paotaka."

Chapter 3

¹Avaizo, ry tiagna, manaoratra aminareo tō taratasy faharoa tō zaho ho fampahatsiahivagna ndesigny hampirisihagna ny saigninareo madio,²mbô hahatsaraovanareo reo vaolagna nivolagni'ny mpagnazary masigny tagny talaoha ndraiky didin'i Tômpo ndraiky Mpagnavotro atsika zay namian'ireo apostolinareo.³Haiky alaoha zao, fao ny mpaniratsira dia ho avy amin'ny andro farany. Zareo dia hagneso avakeo handaiha araka ny filagna-jareo zeraiky.⁴Zareo dia hivaolagna magnanjao: "Aiza ny fampanantenagna ny amin'ny fimpodianany? Fao letry zay nodian'ny razambe mandry, dia tsy niaova ny raha jiaby, ya fao rango fiantombohan'izao tontolo izao aby."⁵Zareo dia minia magnadigno fao ny langitry ndraiky tany dia nisy avy tamin'ny rano avakeo tamin'ny alalan'ny rano, fotoagna haila, ⁶nohon'ny didin-Jagnahary, aveo tamin'ny alalan'ireo raha reo, no nandravagna ny tontolo tamin'ny zany fotoagna zany, tamin'ny rano boe.⁷Fao avaizo ny langitry ndraiky tany dia nataokagna ho amin'ny môtro amin'ny alalan'io didy io faogna. Zareo dia voataokagna ho amin'ny andron'ny fitsaragna ndraiky ny fandranganagana ny ôlogno ratsy tottry.⁸Aoka tsy ho adignanareo, ry tiagna, fao ny andro araiky amin'ny Tômpo dia karaha arivo tagno, avake ny arivo tagno karaha andro araiky.⁹Ny Tômpo dia tsy aila amin'ny fagnatanterahagna reo fampanantenagnany, karaha zay koragnin'ny sasany ho fahailany. Fao naifa, Izy dia maharitry aminareo. Tsy tiany hisy ho very areo, fao mbô ho tonga amin'ny fibebahagna jiaby.¹⁰Na zany ndraiky, ho avy karaha mpangalatra ny andron'ny Tompo: Ny langitry dia hanjavogno miaraka amin'ny feo mafy. Ny raha jiaby dia ho amin'ny môtro, aveo tany ndraiky reo asa ao aminazy dia hambara. (Fagnamarihagna: ireo dikan-teny sasany dia mivaky karaha zao: "Ny raha jiaby dia ho amin'ny môtro, avakeo ny tany ndraiky reo asa ao aminazy dia hiroagna jiaby.")¹¹Koa raha ho levogno tōtrotro zany zao raha jiaby zao, dia tōkony ho ôlogno magnankôry areo?¹²Tōkony hiaigny amin'ny fahamasinagna ndraiky fiainagna araka Zagnahary areo. Tōkony hagnantaigna avakeo hampalaky fahavian'ny andron-Jagnahary areo. Amin'izany andro zany, ny langitry dia ho levon'ny môtro, ary ny raha jiaby dia hiempo amin'ny hafanagna mafy.¹³Fao araka ny fampanantenagnany, dia mandigny langitry vava ndraiky tany vava atsika, zay hidaohan'ny fahamarinagna.¹⁴Noho zany, ry tiagna, satria magnantaigna zany raha zany areo, manaova ny taigna tsara, avy agny aminareo biaka tsy hoisy tasy ndraiky tsy hanantsigny eo agnatraihany am-pidanagna.¹⁵Avakeo koa, dinidiniho ny faharaitan'ny Tompontsika amin'ny fagnavaotagna, karaha ny nisoroatan'i Paoly rahalahy tiantika taminareo, araka ny fahendriagna zay namiagna azy.¹⁶Paoly dia mikoragna zany raha zany ao amin'ny taratasiny jiaby, zay misy raha sarotro takarigny. Ôlogno tsisy fahaizagna avakeo tsy miorigny sady magaova iregny raha iregny, karaha ny hanaovany reo saoratra masigny hafa faogna koa, kay mahatonga fahaviraizagna ho an'ny haigniny.¹⁷Noho zany, ry tiagna, satria hainareo raha zany, tandremo ny haigninareo mbô tsy ho voafandriky ny fitakian'ny ôlogno ratsy tottry kay ho very ny fahamarinanareo.¹⁸Fao mtiomboha amin'ny fahasoavagna ndraiky fahaizagna ny Tompontsika ndraiky Jesôsy Kristy Mpagnavotro atsika. Ho nihinazy ny vogninahitry avaizo ary bariky ditany. Amena!

1 John

Chapter 1

¹Zay rango tamboalaohany_zay afa regninay, zay afa hitanay tamin'reo masonay, zay afa nizahavanay, ary zay afa nikasihan'ny tagnagnay_zany dia mahakasiky ny Koragnan'ny fiainagna.²Karaha zany koa, ny fiainagna dia nambara, ave afa hitanay zany, kay mitsangagna antomoa amin'ny zany zahay. Zahay dia magnambara aminare ny fiainagna bariky dintany, zay tao amin'ny lada, avake zay afa nambara zahay.³Zay afa hitanay ndraiky regninay dia ambaranay aminare faogna koa, mbô hanagnanare fifandraisagna aminay faogna koa. Ny fifandraisagna misy aminay dia amin'ny lada ndraiky amin'ny Zanany, Jesôsy Kristy.⁴Mitôvy zany faogna koa, manaoratra reo raha reo aminare zahay mbô ho tantairaka ny haravoagnantsika. [Fagnamarihagna: Reo dikan-teny talaoha sasany dia mivaky karaha zao: "Ary manaoratra reo raha reo zahay mbô ho tantairaka ny haravoaganare."]⁵Zao no hafatra zay afa regninay avy taminazy kay ambaranay aminare: Zagnahary dia fahazavagna, ary ao Aminazy dia tsisy hizigny velively.⁶Raha mivaolagna atsika fao managna fifandraisagna Aminazy ave mandaiha ao agnatin'ny hizigny, dia mavandy atsika ave tsy magano ny marigny.⁷Kanaifa raha mandaiha ao amin'ny fahazavagna atsika karaha Azy ao amin'ny fahazavagna, dia managna fifandraisagna amin'ny tsiraikiaraiky avy atsika, ary ny lin'i Jesôsy Zanany no magnadio atsika amin'ny fahotagna jiaby.⁸Raha mivaolagna atsika fao tsy manam-pahotagna, dia mavandy aminy vatagna atsika, ave ny fahamarinagna dia tsy ao amintsika.⁹Naifa raha miaiky reo fahotagnantsika atsika, Izy dia mahatoky ndraiky marigny amin'ny

fahalimiagna reo fahotagnantsika ave magnadio atsika amin'ny tsy fahamarinagna jiaby.¹⁰Raha mivaolagna
atsika fao tsary nanota, dia magnano Azy ho mpavandy, avake tsy ao amintsika ny vaolagna nazy.

Chapter 2

¹Zanaka, manaoratra reto raha reto zaho mbô tsy hanotanare. Naifa raha misy manota, dia managna mpisolo vava atsika miaraka amin'ny Iada, Jesôsy Kristy, lehy marigny. ²Izy no fagnavaotagna reo fahotangnantsika, ave tsy nihintsika faogna, fao nihin'ny zao tontolo zao jiaby koa. ³Amin'ny zany no ahaizantsika fao mahay Azy atsika: raha mitandrigny reo didiny atsika. ⁴Lehy mivaolagna: "Mahay Zagnahary zaho," fao tsy mitandrigny reo didiny, dia mpavandy, ave ny marigny tsy ao aminazy. ⁵Fao na zôvy na zôvy mitandregny koragnanazy, marigny tatô be, dia ao amin'ny zany ôlogno zany no nagnatantirahagna ny fitiavan-Jagnahary. Amin'ny zany no ahaizantsika fao ao Amizay atsika. ⁶Lehy araiky zay mivaolagna fao midôko ao amin-Jagnahary dia tôkony andaiha faogna koa izy karaha ny andihanany i Jesôsy Kristy. ⁷Ry tiagna, tsy manaoratra didy vava aminare zaho, fao didy talaoha zay afa nanagnanare rango voalaohany. Ny didy talaoha dia ny vaolagna zay regninare. ⁸Fao manaoratra didy vava ho nihinare zaho, zay marigny ao amin'i Kristy ndraiky ao aminare, satria ny hizigny dia mandalo, fao ny fahazavagna marigny dia afa mangilatra. ⁹Lehy araiky zay mivaolagna fao amin'ny mazava izy ave malaigny rahalahiny dia ao agnaty hizigny zizisky aminjeke. ¹⁰Lehy araiky zay mitia rahalahiny dia midôko ao amin'ny mazava ave tsy hoisy fotoagna hagnafintohinagna azy. ¹¹Fao lehy araiky zay malaigny rahalahiny ao amin'ny hizigny dia mandaiha ao amin'ny hizigny; izy dia tsy mahay zay andihanany, satria ny hizigny dia afa naha gila masony. ¹²Manaoratra aminare zaho, ry zanaka tiagna, satria reo fahotagnanare dia navotsotro nohon'ny agnarany. ¹³Manaoratra aminare zaho, ry iada, satria hainare lehy araiky avy amin'ny voalaohany. Manaoratra aminare zaho, ry zatovo, satria nirisenare lehy ratsy. Afa nanaoratra aminare zaho, ry zaza madiniky, satria are dia mahay ny Iada. ¹⁴Afa nanaoratra aminare zaho, ry iada, satria, hainare lehy avy amin'ny voalaohany. Afa nanaoratra aminare zaho, ry zatovo, satria mafy are, ary ny koragnan-Jagnahary dia midôko ao aminare, ave are afa nandresy lehy ratsy. ¹⁵Aza mitia na izao tontolo zao na reo raha aminazy. Raha misy mitia zao tontolo zao, dia tsy ao aminazy ny fitiavan'ny Iada. ¹⁶Fao ny raha jiaby zay ao amin'ny zao tontolo zao—dia ny filan'ny nôfo, ny filan'ny maso, ave ny fiebohebon'ny fiainagna—zay tsy avy amin'ny Iada fao avy amin'ny zao tontolo zao. ¹⁷Zao tontolo zao ndraiky fagniriany dia mandalo. Fao na zôvy na zôvy magnano sitrapôn-Jagnahary dia hidôko bariko dintany. ¹⁸Zaza madiniky, tô no fotoagna farany. Karaha afa regninare fao hoavy ny antiKristy, avazo maro reo antiKristy zay afa tonga. Amin'ny zany no ahaizantsika fao tô no fotoagna farany. ¹⁹Niala tamintsika zare, kanaifa tsy avy amintsika. Fao raha tamintsika zare dia nidôko niaraka tamintsika. Fao koafa niala zare, dia nagnaboaka fao tsy tamintsika. ²⁰Fao managna fagnosaoragna avy amin'ny lehy Araiky Masigny are, ave hainare jiaby ny marigny. [Fagnamarihagna: misy dikantenany hafa sasany vava zay mivaky magnanjao: "managna ny fahaizagna jiaby are." Ny dikantenany sasany talaoha dia mivaky magnanjao: "ary hainare raha jiaby."] ²¹Tsy nanaoratra aminare zaho satria are dia tsy mahay ny marigny, fao satria are dia tsy mahay ny marigny, fao satria hainare zany avake tsisy vandy avy amin'ny marigny. ²²Zôvy no mpavandy fao tsy lehy araiky zay tsy magneky fao Jesôsy no Kristy? Zay ôlogno zay dia lehy antiKristy, koafa tsy magneky ny Iada ndraiky ny Zanaka izy. ²³Tsisy ôlogno zay tsy magneky Zanaka kay hanagna ny Iada. Na zôvy na zôvy magneky Zanaka faogna koa dia managna Iada. ²⁴Fao are, aoka zay regninare rango tamin'ny voalaohany hidôko ao aminare. Raha zay regninare rango tamin'ny nanombaohagna no midôko ao aminare, dia hidôko ao amin'ny Zanaka ndraiky ao amin'ny Iada faogna koa are. ²⁵Zany no fampanantenagna namiany atsika: dia ny fiainagna bariko dintany. ²⁶Afa nanaoratra zany raha zany aminare zaho mahakasiky reo zay hinday are amin'ny lalan-diso. ²⁷Fao are, lehy higiaka zay niraisinare avy taminazy dia hidôko ao aminare, ary are tsy mila ôlogno mampianatra are. Fao karaha zay nampianarin'ny fagnosaoragna are ny raha jiaby dia marigny ave tsy vandy, ary mitôvy zay afa nampianarigny zany are, dia midôko ao Aminazy. ²⁸Avazo, ry zanaka tiagna, midôha ao aminazy, mbô koafa miboaka Izy, dia hanagna fahasakiagna atsika ave tsy ho maingatra eo agnatraihany amin'ny fiaviany. ²⁹Raha hainare fao izy no marigny hainare fao zay jiaby magnano raha manjary dia tairaka taminazy.

Chapter 3

¹Tô karaha ino ny fitiavagna namian'ny Iada atsika, mbô hagnantsaovagna atsika hoe Zanaka Zagnahary, ary zany atsika. Noho zany antony zany, zao tontolo zao dia tsy mahay atsika, satria tsy mahay azy zany. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talaoha dia tsy magnampaitaka hoe: "ary zany atsika."] ²Ry tiagna, Zanaka Zagnahary atsika avazo, ave zany mbôla tsy namabara karaha ino atsika. Atsika dia mahay fao koafa miboaka Kristy, dia tôrotro Azy atsika, satria hahita Azy karaha Azy atsika. ³Jiaby zay managna zany fahatokiagna mahakasiky ny ho avy mihorigny amin'ny zany dia magnadio ny haigniny mbô hadio tôrotro Azy. ⁴Zay jiaby manota dia magnano zay tsy manjary; fao ny fahotagna dia tsy manjary. ⁵Are dia mahay fao Kristy dia nambara mbô hangala reo fahotagna, ave aminazy dia tsisy fahotagna. ⁶Tsisy ôlogno zay midôko aminazy kay mbôla hanota lalandava. Tsisy ôlogno mbôla manota nahita azy na nahay azy. ⁷Ry zanaka tiagna, aza ambaila hoisy ôlogno hamitaka are. Lehy araiky zay magnano ny fahamarinagna dia marigny, mitôvy ny mahamarigny Kristy. ⁸Lehy araiky zay manota dia avy amin'ny devoly, fao devoly dia nanota rango am-piandohagna. Noho zany antony zany ny Zanaka Zagnahary dia naboaka, mbô hahafahany mamotiky reo asan'ny devoly. ⁹Na zôvy na zôvy natairaka Zagnahary dia tsy hanôhy fahotagna satria ny voa avy tamin-Jagnahary dia midôko ao aminazy. Tsy afaka manôhy fahotagna izy satria natairaka Zagnahary. ¹⁰Ao amin'ny zany no hagnamboahagna reo zanaka Zagnahary ndraiky reo zanaky ny devoly. Na zôvy na zôvy tsy magnano marigny dia tsy avy amin-Jagnahary; na ny araiky tsy tia ny rahalahiny faogna koa aby. ¹¹Fao zany no hafatra zay afa regninare rango tamboalaohany: fao atsika dia tôkony mifankatia, ¹²fao tsy karaha Kaina, zay avy amin'ny lehy ratsy ndraiky namono rahalahiny. Fao nagnino izy namono azy? Satria reo asany dia ratsy, ary nihin'ny rahalahiny dia marigny. ¹³Aza gaga, ry rahalahiko, raha malaigny are ny tany. ¹⁴Haintsika fao afa niala tamin'ny fahafataisagna magnagny amin'ny fiainagna atsika, satria tia reo rahalahy atsika. Zay tsy tia dia midôko agny amin'ny fahafataisagna. ¹⁵Zay malaigny rahalahiny dia mpamono ôlogno. Hainare fao tsisy mpamono ôlogno managna fiainagna bariky dintany midôko ao aminazy. ¹⁶Amin'zany no hahazantsika ny fitiavagna, satria Kristy nanôlotro ny aigniny amintsika. Atsika faogna koa dia tôkony manôlotro aignitsika amin'reo rahalahy. ¹⁷Fao na zôvy na zôvy managna ny harian'ny zao tontolo zao, kay mahita fijalian'ny rahalahiny, ave mamôdy fôn'ny fangorahany azy, amin'ny fomba akôry no idaohan'ny fitiavan-Jagnahary ao aminazy? ¹⁸Ry zanako tiako, aoka atsika tsy hitia amin'ny vaolagna na koa amin'ny vava, fao amin'ny asa ndraiky fahamarinagna. ¹⁹Avy amin'zany no hahazantsika fao avy amin'ny fahamarinagna atsika, avake mampatoky fôntsika eo agnatraihany atsika. ²⁰Fao raha magnameloko atsika ny fôntsika, Zagnahary dia goalahy ohoarigny fôntsika, avake mahay raha jiaby Izy. ²¹Ry tiagna, raha tsy magnameloko atsika ny fôntsika, dia managna fahatokisagna amin-Jagnahary atsika. ²²Na ino na ino angatahintsika dia hoazontsika avy aminazy, satria atsika mitandrigny reo didiny ndraiky magnano zay ankasitrahiny eo agnatraihany. ²³Zao no didy: Tôkony mino ny agnaran'ny Zanany Jesôsy Kristy ave mifankatia atsika, karaha ny afa namaizany atsika zany didy zany. ²⁴Ny araiky zay mitagna reo didin-Jagnahary dia midôko ao aminazy, ary Zagnahary midôko ao aminazy. Amin'ny zany no hahazantsika fao izy dia midôko ao amintsika, amin'ny Fagnahy zay namiany atsika.

Chapter 4

¹Ry tiagna, aza mino ny fagnahy jiaby. Fao ndraiky, tsapay reo fagnahy mbô hahita fao avy amin-Jagnahary zare, satria mpagnazary sandoko maro no afa niala tamin'ny zao tontolo zao. ²Amin'ny zany no ahaizanare ny Fagnahin-Jagnahary ny fagnahy jiaby zay magneky fao Jesôsy Kristy zay tonga nôfo dia avy amin-Jagnahary,³ ave ny fagnahy jiaby zay tsy magneky fao Jesôsy dia tsy avy amin-Jagnahary. Dia zany ny fagnahin'ny antiKristy, zay afa regninare fao hoavy, ave avaizo dia afa aketo an-tany. [Fagnamariahagna: misy dikan-teny talaoha sasany dia mivaky magnanjao: "Ary ny fagnahy jiaby zay tsy magneky fao Jesôsy tonga nôfo dia tsy avy amin-Jagnahary. Zany dia fagnahin'ny antiKristy, zay afa regninare fao hoavy, ave avaizo dia afa aketo an-tany."] ⁴Are dia avy amin-Jagnahary, ry zanaka tiagna, ary afa nandresy zare, satria lehy araiky zay ao aminare dia goalahy mihoatra noho lehy araiky zay aketo amin'ny zao tontolo zao. ⁵Izy reo dia avy amin'ny zao tontolo zao; noho zany zay jiaby koragnin-jare dia avy amin'ny zao tontolo zao, ave zao tontolo zao dia mitandregny zare. ⁶Avy amin-Jagnahary atsika. Zay mahay Tompo dia magnaboaka atsika. Izy zay tsy avy amin-Jagnahary dia tsy magnaboaka atsika. Amin'ny zany no ahaizantsika ny fagnahin'ny fahamarinagna ndraiky ny fagnahin'ny fahadisoagna. ⁷Ry tiagna, aoka atsika hifankatia, fao ny fitiavagna dia avy amin-Jagnahary, ave zay jiaby mitia dia natairaka Zagnahary ndraiky mahay Zagnahary. ⁸Ny ôlogno zay tsy mitia dia tsy mahay Zagnahary, satria Zagnahary dia fitiavagna. ⁹Noho zany ny fitiavan-Jagnahary dia nambara tamintsika, fao Zagnahary dia nandaifa Zanany lalahy taokagna amin'ny zao tontolo zao mbô ho velogno noho Izy atsika. ¹⁰Ao amin'ny zany fitiavagna zany, tsy ny nitiavantsika Zagnahary, fao ny nitiavany atsika, ary ny nandifasany ny Zanany lalahy ho fagnavaotagna reo fahotagnantsika. ¹¹Ry tiagna, raha tia loatra atsika Zagnahary, dia tôkony hifankatia faogna koa atsika. ¹²Tsy mbôla nisy nahita Zagnahary. Fao raha mifankatia atsika, dia midôko ao amintsika Zagnahary ave ny fitiavany dia tantairaka ao amintsika. ¹³Amin'ny zany no ahaizantsika fao midôko ao aminazy atsika ary izy ao amintsika, satria izy dia nagnamia atsika ny sasany amin'ny Fagnahy. ¹⁴Ary koafa nahita atsika ndraiky afa mitsangagna antomoa fao ny lada dia afa nandaifa ny Zanany lalahy ho mpagnavotro zao tontolo zao. ¹⁵Na zôvy na zôvy magneky fao Jesôsy dia Zanaka lahin-Jagnahary, dia midôko ao aminazy Zagnahary avake izy ao amin-Jagnahary. ¹⁶Atsika faogna koa dia nahay ave nino ny fitiavagna zay afa nanagnan-Jagnahary hoantsika. Zagnahary dia fitiavagna, ave lehy araiky zay midôko amin'ny zany fitiavagna zany dia midôko ao amin-Jagnahary, ave Zagnahary dia midôko ao aminazy. ¹⁷Noho zany, zany fitiavagna zany dia nitantirahiagny tamintsika, mbô hanagnantsika toky amin'ny androny fitsaragna, satria tôtôro Azy, dia karaha zany faogna koa atsika aketo amin'ny tô tany tô. ¹⁸Tsisy hamboriagna ao amin'ny fitiavagna. Fao ndraiky, ny fitiavagna tantairaka dia magnala hamboriagna, satria ny hamboriagna dia tsy maintsy miaraka amin'ny sazy. Fao lehy araiky zay ambory dia tsy natà ho tantairaka ao amin'ny fitiavagna. ¹⁹Mitia atsika satria Zagnahary nitia atsika voalaohany. ²⁰Raha misy ôlogno mivaolagna: "Tiako Zagnahary" naifa malaigny rahalahiny, dia mpavandy izy. Fao lehy zay tsy mitia ny rahalahiny, zay hitany, dia tsy afaka ny hitia Zagnahary, zay tsy hitany. ²¹Ary, zany faogna koa no didy zay anagnantsika dia avy aminazy: Na zôvy na zôvy mitia Zagnahary dia tsy maintsy mitia ny rahalahiny faogna koa.

Chapter 5

¹Na zôvy na zôvy mino fao Jesôsy no Kristy dia natairaka Zagnahary, ave na zôvy na zôvy tia ny Iada faogna koa dia tia ny zanaka natairany. ²Noho zany no ahafahantsika fao tiantsika reo zanaka Zagnahary: koafa tia Zagnahary ndraiky magnatantairaka reo didiny atsika. ³Satria zany no fitiavagna ho nihin-Jagnahary: dia ny hagnatantirahantsika reo didiny. Ave re didiny dia tsy mavaisatra. ⁴Fao ny ôlogno jiaby zay natairaka Zagnahary dia mandresy zao tontolo zao. Avake zany dia fandrasiagna zay afa nandresy zao tontolo zao: ny finoagnantsika. ⁵Zôvy lehy araiky zay mandresy zao tontolo zao? Lehy araiky zay mino fao Jesôsy dia Zanaka Zagnahary. ⁶Zany dia lehy araiky zay tonga tamin'ny rano ndraiky lio: Jesôsy Kristy. Izy dia tonga tsy tamin'ny rano faogna, fao tamin'ny rano ndraiky lio. ⁷Fao misy teo zay mitsangagna antomoa: ⁸ny Fagnahy, ny rano, ary ny lio. Reo telo reo dia mifagnaraka. [Fagnamarihagna: Ny dikan-teny talaoha sasany dia mivaky karaha zao: "Fao misy telo zay mitsangagna antomoa agny an-dangitry: ny Iada, ndraiky ny Vaolagna, avake ny Fagnahy Masigny; ary reo telo reo dia araiky. Ary misy telo zay mitsangagna antomoa aketo ambonin'ny tany: ny Fagnahy, ny rano, avake ny lio; ave reo telo reo dia karaha ny araiky." Na zany aby, reo dikan-teny bahery tsara dia tsy mivaky karaha zany.] ⁹Raha mangala ny fitsanganagna antomoan'ôlogno atsika, dia ho goalahy tatô ny fitsanganagna antomoan-Jagnahary. Fao ny fitsanganagna antomoan-Jagnahary dia zao: izy dia mitsangagna antomoa mahakasiky Zanany. ¹⁰Na zôvy na zôvy mino zanaka Zagnahary dia managna fitsanganagna antomoa ao amin'izy hagniny. Zay tsy mino Zagnahary dia magnano Azy ho mpavandy, satria izy tsy nino ny fitsanganagna antomoa zay afa namian-Jagnahary mahakasiky Zanany. ¹¹Ary ny fitsanganagna antomoa dia zao: Zagnahary dia magnamia atsika fiainagna bariko dintany, ave zany fiainagna zany dia ao amin'ny Zanany. ¹²Lehy araiky zay managna ny Zanaka dia managna fiainagna. Ny ôlogno zay tsy managna Zanaka Zagnahary dia tsy managna fiainagna. ¹³Afa nanaoratra reto raha reto aminare zaho mbô hahazanare fao managna fiainagna bariky dintany are- hoanare zay mino ny agnaran'ny Zanaka Zagnahary. ¹⁴Karaha zany faogna koa, zao no fagnikiagna zay anagnantsika eo agnatraihany, fao na ino na ino angatahintsika araka ny sitrapôny, dia maharegny atsika Izy. ¹⁵Tôtro zany faogna koa, raha haintsika fao maharegny atsika Izy, na ino na ino angatahintsika Aminazy dia haintsika fao azontsika zay jiaby nangatahinsika taminazy. ¹⁶Raha misy ôlogno araiky mahita rahalahiny magnano fahotagna zay tsy mitairaka fahafataisagna, tsy maintsy mivavaka izy, ave Zagnahary hagnamia fiainagna azy. Zaho dia mampitôvy reo zay managna fahotagna tsy mitairaka fahafataisagna. Misy fahotagna zay mitairaka fahafataisagna; tsy mivaolagna zaho magnanjao tôkony hivavaka amin'ny zany izy. ¹⁷Ny tsy fahamarinagna jiaby dia fahotagna, naifa misy fahotagna tsy mitairaka fahafataisagna. ¹⁸Haintsika fao na zôvy na zôvy natairaka Zagnahary dia tsy manota. Naifa lehy araiky zay natairaka Zagnahary dia miaro hagniny, ave ny ratsy tsy afaka hikasiky azy. ¹⁹Haintsika fao avy amin-Jagnahary atsika, ave zao tontolo zao dia midôko ao amin'ny ratsy. ²⁰Kanaifa haintsika fao ny Zanaka Zagnahary dia afa tonga ary afa nagnamia atsika fahazavan-tsaigany mbô ahaizantsika lehy araiky zay taigna marigny. Karaha zany faogna koa, atsika dia ao amin'ny lehy araika zay marigny, ao amin'ny Jesôsy Kristy Zanany. Izy no Zagnahary marigny ave fiainagna bariko dintany. ²¹Zanaka, arôvy amin'ny reo sampy ny hagninare.

2 John

Chapter 1

¹Avy amin'ny ôlogno kay zisiky amin'ny vaiavy voafidy ndraiky reo zanany, zay tiako amin'ny fahamarinagna—ave tsy zaho faogna, fao reo jiaby zay nahay ny marigny faogna koa— ²nohon'ny fahamarinagna zay midôko ao agnatintsika ave hiaraka amintsika bariky dintany. ³Hoamintsika ny fahasoavagna, ny famindram-pô, ny fiadanagna avy amin-Jagnahary Iada ndraiky avy amin'i Jesôsy Kristy, Zanaky Iada, amin'ny fahamarinagna ndraiky fitiavagna. ⁴Taigna ravo zaho satria nahita sasany aminare zanakà mandaiha amin'ny fahamarinagna, karaha ny nandraisantsika zany didy zany avy tamin'ny Iada. ⁵Ave mangataka amianao zaho, ravehivavy—tsy karaha ny manaoratra didy vava aminao zaho, fao zay nanagnantsika rangno tamboalaohany—dia ny tôkony hifankatiavantsika samby atsika. ⁶Zao no fitiavagna, dia ny mbô handihanantsika araka reo didiny. Zao no didy, araka ny regninare rangno tamboalaohany, dia ny tôkony handihanare amin'ny zany. ⁷Fao fôntry reo mpamitaka afa lôso agny amin'ny zao tontolo zao, ave zare dia tsy magneky fao Jesôsy Kristy dia tonga tamin'ny nôfo. Zany no mpamitaka ndraiky antiKristy. ⁸Zahavo ny hagninare, mbô tsy hahavery reo raha zay afa vitantsika jiaby, fao mbô handraisan-Jare valimpitia feno. ⁹Na zôvy na zôvy mandaiha alaoha ave tsy midôko ao amin'ny

fampianaran'i Kristy dia tsy managna Zagnahary. Lehy araiky zay midôko ao amin'ny fampianaragna, zany araiky zany dia managna lada ndraiky Zanaka.¹⁰ Raha misy ôlogno havy aminao ave tsy minday zany fampianaragna zany, dia aza mampandroso azy ho an-tragnonao avake aza magnamia finaritry azy.¹¹ Fao zay magnamia finaritry azy dia miômbogno amin'ny ratsy tsabony.¹² Managna raha maro ho soroatagna aminare zaho, kanaifa zaho tsy magniry hanaoratra zany amin'ny taratasy ndraiky ranomainty. Na zany ndraiky, magnantaigna ho avy agny aminare zaho ave hikoragna mifagnatriky, mbô ho tantairaka ny haravoagnanare.¹³ Magnano veloma anao reo zanaky ny rahavavinao voafidy.

3 John

Chapter 1

¹Izaho soja be mamangy Galo tiagna, lehy tiako amin'ny fahamarinagna. ²Ry tiagna, mivavaka zaho mbô hambinigny amin'ny raha jiaby anao ave ho salama, karaha ny hanambinagna fagnahinao. ³Fao taigna niravo tatô be zaho tamin'ny nisy rahalahy avy ave nitsangagna ho antomo tamin'ny fahamarignanao, karaha ny andihananao amin'ny marigny. ⁴Tsy managna haravoagna goalahy noho tô zaho, dia ny maharegny fao mandaiha amin'ny fahamarinagna ireo zanako. ⁵Ry tiagna, magnano asa mahatoky anao na amin'ny ino na amin'ny ino asa tsabonao ho amin'ny reo rahalahy ndraiky reo vahiny, ⁶zay nitsangagna ho vavolombelogo ny fitiavanao t'agnatraihan'ny fiangonagna. Tsara no natanao raha alaifanao mandaiha amin'ny fomba mendriky Zagnahary zare, ⁷satria nohon'ny agnaragna no nialany, tsy nitondra na ino na ino avy tamin'ny reo jentilisa. ⁸Noho zany, atsika dia tókony handray karaha zany, mbô ho mpiara-miasa amin'ny fahamarinagna atsika. ⁹Nanaoratra raha tamin'ny fiangonagna zaho, kanaifa Diotrefa, lehy te-ho laohany aminare, dia tsy nandray zahay. ¹⁰Noho zany, raha avy zaho, dia hotsaroako reo asa zay nitsabony, ny fomba nagnambarany raha mahatsiravigny manohitry zahay miaraka amin'ny vaolagna ratsy. Tsy afa-pô tamin'ny reo asa, dia tsy nandray reo rahalahy izy. Nandrara reo zay te-hagnano karaha zany izy avake nandroaka zare hiboaka fiangonagna. ¹¹Ry tiagna, aza mangalatahaka zay ratsy fao zay tsara. Lehy araiky zay magnano tsara dia nihin-Jagnahary; lehy araiky zay mitsabo ratsy dia tsy nahita Zagnahary. ¹²Ny Jiaby ndraiky ny fahamarinagna dia antomoa magnambara Dimetrio. Zahay faogna koa dia mitsangagna antomo, ave hainao fao marigny ny fagnambaranay. ¹³Nanagna raha maro ho soroatagna aminare zaho, fao tsy magniry hanaoratra reo aminare amin'ny stilô ndraiky ranomainty zaho. ¹⁴Kanaifa zaho magnantaigna hahita are tsy ho aila, ave hikoragna mifagnatriky atsika. ¹⁵Ho aminare ny fiadanagna. Magnano viloma anao reo sakaiza atoy. Viloma agny amin'ny reo sakaiza tsiarakiaraiky araka ny agnarany avy.

Jude

Chapter 1

¹Joda, mpanompon'i Jesôsy Kristy araiky, rahalahin'i Jakoba, hoan-jareo zay antsôvigny hoe tiagna ao amin-Jagnahary lehy lada, ndraiky voakajy ho nihin'i Jesôsy Kristy: ²Hampitombôsigny aminareo ny famindram-pô ndraiky fiadanagna avakeo fitiavagna. ³Ry tiagna, raha igny nagnano aizaka jiaby hanaoratra aminareo ny mahakasiky ny famonjiagna hiarahantsika zaho, dia nanoratra aminareo zaho mbô hanosiky areo hiady mafy ho amin'ny lehy finoagna zay afa natôlotro ndraiky faogna ho an'ireo mino. ⁴Fao ho an'ny ôlogno sasany nisisiky antsôkosôko eo aminareo. Zareo dia ôlogno voamariky ho an'ny fagnamelaohagna. Zareo dia ôlogno ratsy totry zay maniratsira ny fahatsaran-Jagnahary amin'ny fijejojejoagna, avakeo tsy magneky Andriana ndraiky Tompo taokantsika, Jesôsy Kristy. ⁵Avaizo zaho dia te-hampahitsiaro areo na dia afa hainareo tatô boe zany—fa ny Tompo dia nagnavotro ny ôlogno avy tao amin'ny tany Egypta, fao tafarany zany dia nivonony zay jiaby tsy nino. ⁶Aveo reo anjely zay tsy nitagna ny fahefagna zay nambaila tamin-jareo, fao zay niala ny tobinjareo—Zagnahary dia nanady zareo tamin'ny fehy bariko ditany, ao amin'ny hizin-kitroko tatô be, ho amin'ny andron'ny fitsaragna goalahy. ⁷Tôlotro tamin'ny Sodoma ndraiky Gomora aveo reo tanàgna magnodidigny zareo, zay nanôlotro haignin-jareo amin'ny fijangajangagna ndraiky fanaovagna filagna tsy voa-Jagnahary. Dia ntsabogny aohatra amin'ireo zay mijaly amin'ny fagnasaziagna agny amin'ny môtro bariko ditany zareo. ⁸Kanaifa karaha zany faogna, reo mpagninôfinôfy reo dia mandoto faogna koa ny haignin-jareo, aveo mivaolagna raha ratsy manohitry reo manankaja. ⁹Fao na dia Mikaela arikanjely aby, koafa niady tamin'ny devoly ndraiky nimalo tamin'ny amin'ny fatin'i Mosesy dia, tsy nahasaiky nivaolagna ratsy hagnameloko azy. Fao nivaolagna faogna izy: "Hagnanatra anao ny Tompo!" ¹⁰Fao reo ôlogno reo dia mivaolagna ratsy ny raha jiaby tsy hainy. Avake zay hainy

— karaha ny fahaizan'ny biby tsy manan-tsaigany—zany no mandratra zareo. ¹¹Loza amin-jareo! Fao raha nandaiha tao amin'ny tanàn'i Kaina zareo, avakeo nagnaraka ny fahadisoagnan'i Balama hahazoagna tambiny. Dia ringagna tao amin'ny fikomian'i Kora zareo. ¹²Reo dia lehy ôlogno zay harambato mivôny akao amin'ny hanim-pitiavanareo. Haomagna amin'ny haingatra, mamôky ny haignin-jareo faogna. Zareo dia rahogno tsisy rano, indesin'ny rivotro. Kakazo fararano tsisy taigany—idroa maty, niala vahany. ¹³Zareo dia onjan-dranomasigny mafy, mitopatopa mamorivory fahamignaran-jareo. laKintagna mandaihandaiha zareo, kay voakajy ho azy bariky ditany ny fahamaintisan'ny mahizigany. ¹⁴Ary Enoka, lehy fahafiton'i Adama, dia afa naminagny mahakasiky reo, volagna magnanjabo: "Tô! ho avy ny Tômpo miaraka amin'ireo masigny agn'align'aligny." ¹⁵Ho avy Izy mbô hagnatantairaka ny fitsaragna ny ôlogno jiaby. Ho avy Izy hampagneky ny ôlogno ratsy totry jiaby tamin'ny asa haifany tamin'ny haratsiam-pagnahy, avakeo reo koragna mafy jiaby zay nivolagnin'ny ôlogno ratsy totry hanohitry Azy. ¹⁶Reo dia mpimonimonigny, ndraiky mpivaolambaolagna, zay magnaraka ny filan-dratsin-jareo. Zareo dia bahery mpieboebo, izay, nohon'ny tombontsoan-jareo zeraiky, dia mandoka ny hafa. ¹⁷Fao areo, ry tiagna, tsarovy reo koragna nivolagnin'ny reo apositolin'i Jesôsy Kristy Tompontsika fahiny. ¹⁸Hoizy zare taminare: "Fao amin'andro farany dia hoisy mpaniratsira zay hagnaraka ny filan'ny haratsian-totriny." ¹⁹Reo ôlogno reo dia mitariky fisarahagna. Zare dia ôlogno araka ny nôfotro, avakeo tsy managna Fagnahy. ²⁰Fao areo, ry tiagna, mioraigna tsara eo amin'ny finoagnanareo bahery masigny, avakeo nivavaha amin'ny Fagnahy Masigny. ²¹Mipitraha areo ao amin'ny fitiavan-Jagnahary, aveo andraso ny famindram-pôn'i Jesôsy Kristy Tompontsika zay mitondra anao ho amin'ny fiainagna bariky ditany. ²²Mamindrà fô, amin'ny reo zay misalasala. ²³Avaoto avakeo tariho hiala amin'ny môtôro ny ôlogno sasany. Aveo ny sasany ndraiky amindrà fô amin'ny hamboriagna. Malaigna na dia ny akanjo niloton'ny nôfotro aby. ²⁴Aveo ho an'izay miaro areo biaka tsy ho tafintohigany, avakeo hahatonga anao hitsangagna eo angnatraihan'ny vogninahitriny, tsisy tsigany avakeo an-karavoagna goalahy, ²⁵amin-Jagnahary zeraiky Mpagnavotro atsika tamin'ny alalan'i Jesôsy Kristy Tompontsika ny vogninahitry, ny fahagidasagna, ny fahefagna, ny angôvo, talaohan'ny fotoagna jiaby, avaizo, aveo bariky ditany. Amena.

Revelation

Chapter 6

⁵Koafa nanaokatra ny tombo-kase fahatelo ny Zanak'ondry, dia naharegny ny raha managn'aigny fahatelo zaho nivaolagna nagnanjabo: "Avial!" Nahita savaly mahintigny zaho, avakeo ny mpitikigny zany dia nitàgna mizàgna tegny amin'ny tagnany. ⁶Naharegny karaha ny feo tamin'ny raha-managn'aigny aifatra zaho nivaolagna nagnanjabo: "Ny vary airan'ny fatram-bary hamiagna ho derania araiky, aveo ny hordea intelon'ny fatram-bary ho an'ny denaria araiky. Fao aza mandratra ny mainaka ndraiky divay."

Chapter 8

¹²Niala ny trompetrany lehy anjely fahaifatra, avakeo niaova ampahatelon'ny masaova, tôtôtro ampahatelon'ny davaolagna ndraiky ny ampahatelon'ny reo lakintagna. Noho zany nanjary nahintigny ny ampahatelon'ny reo; tsisy hazavagna ny ampahatelon'ny andro ndraiky ny ampahatelon'ny aligny.

Chapter 10

³Avakeo izy dia nangaiky tamin'ny feo mafy karaha ny fieron'ny lona. Koafa nangaiky izy, dia nikotroko mafy tamin'ny henony ny korogno fito. ⁴Koafa nikotroko korogno fito, dia teo andalam-panoroatagna zaho nivaolagna nagnanjao: "Tano ho tsiambaratelo zay nivolagnin'ny korogno fito. Aza soroatagna zany."

Chapter 12

¹¹Zareo dia naharesy azy tamin'ny lion'ny Zanak'ondry ndraiky tamin'ny koragna fitsanganan-jareo tomoa, fao tsy nankamamy ny fiainany eky zareo na dia hofiaty aby. ¹²Noho zany, miravoravao, areo langitry, ndraiky raha jiaby mipaitraka akao aminazy. Fao mitandraima amin'ny tany ndraiky ranomasigny satria ny masantôko dia nijôtso akagny aminareo. Rakotro avigniragna izy agny, satria hainy fao fotoagna fohy hely tavaila no hanagnany.

Chapter 13

¹¹Avakeo nahita bibi-dia hafa zaho nakatra avy tamin'ny tany. Zany dia nanagna ampôndo aroa tôroto zanak'ondry, avakeo ninainagna karaha dragona. ¹²Nampihariny jiaby ny fahefagna jiaby nihin'ny bibi-dia voalohany akeo ankilany, avakeo ny tany ndraiky reo zay mibidôko akeo aminazy dia irahiny mondriky akeo amin'ny lehy bibi-dia voalohany—lehy araiky zay nahivagna tamin'ny fahavoazagna afa tsoko nahafaty azy.

Chapter 19

⁶Kay naharegny raha taokagna feon'ôlogno maro isa, karaha ny kasôkony rano fôntry, ndraiky filatsahambaratra mafy zaho, nagnanjao: "Aeloia! Fao manjaka ny Tompo, Zagnahary zay manapaka amin'ny raha jiaby."

Chapter 21

¹⁶Mibika efatra zôrony lehy tanàgna; mitôvy ny lavany ndraiky ny ampohiny. Nandrefy ny tanàgna tamin'ny lehy fandrifesagna vôtara izy, roa arivo stadio ny halavany (mitôvy ny lavany, ampohiny, ary ny hambaosany).

¹⁷Nandrefy ny rimban'ny zany koa izy, 114 metatra raha refin'ôlogno (zay refin'ny anjely koa).

Chapter 22

¹Ary niboahan'ny lehy anjely zaho lehy matsabôrin'ny ranon'ny fiaignagna, madio taokagna kristaly. Zany dia mivaolagna avy akagny amin'ny dabilio fiandrianan-Jagnahary ndraiky ny Zanak'Ondry ²mamakivaky akeo agnivor'ny lalagnan'ny tanàgna. Avakeo ny andagniny aroa amin'ny matsabôry dia samby misy lehy kakazon'ny fiaignagna, mamoa karagna voa aroa ambin'ny fôlo, ary zany dia mamoa ny voany isam-baolagna. Ny raviny zany kakazo zany dia nitsabogny hampahivagna firenena jiaby.